# I JESOSY

## NO LALANA SY FAHAMARINANA ARY FIAINANA





jy-MG
190516

**Tsy natao hamidy ity boky ity. Navoaka izy ity mba hampianarana Baiboly maneran-tany, ary tohanana amin'ny alalan'ny fanomezana an-tsitrapo.**

**Midira ao amin'ny donate.jw.org, raha te hanao fanomezana ianao.**

Raha tsy misy fanamarihana manokana, dia avy amin'ilay dikan-teny maoderina hoe *Ny Soratra Masina—Fandikan-tenin'ny Tontolo Vaovao* ny andinin-teny ato.

*I Jesosy no Lalana sy Fahamarinana ary Fiainana*

*Jesus—The Way, the Truth, the Life*
Pirinty natao tamin'ny April 2019

Malagasy (*jy*-MG)

© 2015
WATCH TOWER BIBLE AND TRACT
SOCIETY OF PENNSYLVANIA

Mpampanonta
Nadikan'ny Fikambanan'ny Mpianatra
ny Baiboly eto Madagasikara,
BP 116, 105 Ivato.

Natao teto Madagasikara.

# TOERANA NIPETRAHAN'I JESOSY SY NAMPIANARANY




TOERANA NIPETRAHAN'I JESOSY SY NAMPIANARANY
FARITR'I JEROSALEMA
Rama
Emaosy
6
Tendrombohitra Oliva
Betifaga
Jerosalema
Betania
Betlehema
0 km 5
Sidona
Zarefata
Tyro
FENISIA
T. Hermona
Damaskosy
Kaisaria-Filipo
GALILIA
3
Korazina
Betsaida
Kapernaomy
Magadana
Kana
Tiberiasy
Ranomasin'i Galilia
Gergesa
Hippo (Hippos)
Rafana
Diona
Kanata
Nazareta
2
Abila
Gadara
Naina
DEKAPOLISY
Skytopolisy (Beti-sana)
Betania? (ampitan'i Jordana)
Pela
Saleima
Ainona
SAMARIA
Sebasta (Samaria)
Sykara
T. Gerizima
Fantsakan'i Jakoba
Gerasa
PERE
Reniranon'i Jordana
Arimatia
5
Efraima
Filadelfia (Raba)
Jeriko
Emaosy
6
Rama
Betifaga
Jerosalema
Betania
Betlehema
JODIA
1
4
Hebrona
Tany Efitr'i Jodia
Ranomasin-tsira (Ranomasina Maty)
Tanàna anisan'i Dekapolisy
Lalam-be
0 km 20
Mifanitsy amin'ny fizarana ato amin'ity boky ity ireo tarehimarika
1 2 3 4 5 6
1 T.K.
1 A.K.
2
FOTOANA VOARESAKA
29
30
31
32
33 A.K.

# I JESOSY

## NO LALANA SY FAHAMARINANA ARY FIAINANA

Tantaraina ato ny fiainan'i Jesosy sy ny fanompoany. Hanampy anao izany mba hahalala ny toetrany, ny zavatra nampianariny sy nataony, ary ny soa raisinao avy amin'izany.

Bokin'i



# LOHA HEVITRA ATO ANATINY


## 1 NY TALOHAN'NY FANOMPOAN'I JESOSY

PEJY

1 Hafatra Roa avy Amin'Andriamanitra 10
2 Mbola Tsy Teraka i Jesosy dia Efa Nomem-boninahitra 12
3 Teraka Ilay Hanomana ny Lalana 14
4 Bevohoka i Maria Nefa Tsy Nanambady 16
5 Taiza i Jesosy no Teraka ary Oviana? 18
6 Ilay Zaza Nampanantenaina 20
7 Nitsidika An'i Jesosy Ireo Mpanandro 22
8 Tsy Tratran'ilay Mpanjaka Ratsy Fanahy Izy Ireo 24
9 Nihalehibe tao Nazareta i Jesosy 26
10 Nankany Jerosalema i Jesosy sy ny Fianakaviany 28
11 Nanomana ny Lalana i Jaona Mpanao Batisa 30

## 2 NY FANOMBOHAN'NY FANOMPOAN'I JESOSY

12 Natao Batisa i Jesosy 34
13 Ianaro ny Fomba Niatrehan'i Jesosy Fakam-panahy 36
14 Nanomboka Nanao Mpianatra i Jesosy 38
15 Ny Fahagagana Voalohany Nataon'i Jesosy 40
16 Nafana Fo Tamin'ny Fivavahana Marina i Jesosy 42
17 Nampianatra An'i Nikodemosy Tamin'ny Andro Alina i Jesosy 44
18 Nandroso ny Asan'i Jesosy fa Nihena ny Asan'i Jaona 46
19 Nampianatra Vehivavy Samaritanina Iray i Jesosy 48

## 3 NY FANOMPOANA LEHIBE NATAON'I JESOSY TANY GALILIA

20 Fahagagana Faharoa tao Kana 54
21 Tao Amin'ny Synagoga Tany Nazareta 56
22 Ho Lasa Mpanarato Olona ny Mpianatra Efatra 58
23 Nanao Fahagagana tao Kapernaomy i Jesosy 60
24 Nitory Nanerana An'i Galilia i Jesosy 62
25 Nangoraka An'ilay Boka i Jesosy ka Nanasitrana Azy 64
26 "Voavela ny Helokao" 66
27 Niantso An'i Matio i Jesosy 68
28 Nahoana no Tsy Nifady Hanina ny Mpianatr'i Jesosy? 70
29 Azo Atao ve ny Manao Soa Rehefa Sabata? 72

PEJY

30 Ny Fifandraisan'i Jesosy sy ny Rainy 74
31 Nioty Varimbazaha Tamin'ny Sabata Izy Ireo 76
32 Inona no Azo Atao Amin'ny Sabata? 78
33 Nanatanteraka ny Faminanian'i Isaia i Jesosy 80
34 Nifidy An'ireo Apostoly 12 i Jesosy 82
35 Ilay Toriteny Malaza teo An-tendrombohitra 84
36 Manamboninahitra Iray Tena Nanam-pinoana 92
37 Natsangan'i Jesosy Tamin'ny Maty ny Zanakalahin'ny Mpitondratena Iray 94
38 Te Hahafantatra ny Hevitr'i Jesosy i Jaona 96
39 Loza no Hanjo An'ilay Taranaka Tsy Nety Niova 98
40 Nampianatra Momba ny Famelan-keloka i Jesosy 100
41 Iza no Nanome Hery An'i Jesosy mba Hanaovany Fahagagana? 102
42 Niteny Mafy An'ireo Fariseo i Jesosy 104
43 Fanoharana Momba An'ilay Fanjakana 106
44 Nampitsahatra Tafio-drivotra Teny An-dranomasina i Jesosy 112
45 Nahavita Nifehy Demonia Maro i Jesosy 114
46 Nikasika ny Akanjon'i Jesosy Izy ka Sitrana 116
47 Velona Indray Ilay Ankizivavy! 118
48 Nanao Fahagagana Izy Nefa Nolavin'ny Olona tao Nazareta 120
49 Nitory Tany Galilia sy Nampiofana ny Apostoly Izy 122
50 Nampiomanina mba Hitory na Misy Fanenjehana Aza 124
51 Fitsingerenan'ny Andro Nahaterahana Nisy Vonoan'olona 126
52 Namahana Olona An'arivony Tamin'ny Mofo sy Trondro Vitsivitsy 128
53 Mpitondra Iray Mahavita Mifehy ny Toetrandro 130
54 I Jesosy no "Mofon'aina" 132
55 Nanafintohina Olona Maro ny Tenin'i Jesosy 134
56 Inona no Tena Mandoto ny Olona? 136
57 Nanasitrana Zazavavy Iray sy Lehilahy Marenina i Jesosy 138
58 Nampitombo ny Mofo i Jesosy ary Nampitandrina Tamin'ny Lalivay 140
59 Iza ny Zanak'olona? 142
60 Ilay Fiovan-tarehy Nahitana An'i Kristy Nomem-boninahitra 144
61 Nanasitrana Zazalahy Nisy Demonia i Jesosy 146
62 Lesona Lehibe Momba ny Fanetren-tena 148
63 Inona no Hatao Raha Misy Manafintohina na Manota? 150
64 Ilaina ny Mamela Heloka 152
65 Nampianatra i Jesosy Teny An-dalana ho any Jerosalema 154





## 4 NY FANOMPOAN’I JESOSY FARAMPARANY TANY JODIA

PEJY


66 Tamin’ny Fetin’ny Tranolay tao Jerosalema 158
67 “Mbola Tsy Nisy Olona Niteny Tahaka Izany Mihitsy” 160
68 Ny Zanak’Andriamanitra no “Fahazavan’izao Tontolo Izao” 162
69 Abrahama sa ny Devoly no Rain’izy Ireo? 164
70 Nanasitrana Lehilahy Teraka Jamba i Jesosy 166
71 Niady Hevitra Tamin’ilay Lehilahy Jamba Taloha ny Fariseo 168
72 Naniraka Mpianatra 70 mba Hitory i Jesosy 170
73 Nasehon’ny Samaritanina Iray fa Tena Namana Izy 172
74 Lesona Momba ny Fandraisam-bahiny sy ny Vavaka 174
75 Nolazain’i Jesosy hoe Inona no Mahasambatra 176
76 Nisakafo tao Amin’ny Fariseo Iray 178
77 Nanome Torohevitra Momba ny Harena i Jesosy 180
78 Tokony ho Vonona Foana ny Mpanompo Mendri-pitokisana 182
79 Nahoana Izy Ireo no Horinganina? 184
80 Ilay Mpiandry Tena Tsara sy ny Valan’ondry 186
81 Inona no Dikan’ny hoe Iray Ihany i Jesosy sy ny Ray? 188


## 5 NY FANOMPOAN’I JESOSY TANY ATSINANAN’I JORDANA


82 Ny Fanompoan’i Jesosy Tany Pere 192
83 Fanasana Hisakafo 194
84 Andraikitra Lehibe ny Manara-dia An’i Jesosy 196
85 Fifaliana Noho Ilay Mpanota Nibebaka 198
86 Niverina Ilay Zanaka Very 200
87 Miezaha ho Malina ka Tsinjovy ny Hoavy 204
88 Ny Fiovana teo Amin’ilay Mpanankarena sy Lazarosy 206
89 Nampianatra tao Pere i Jesosy Tamin’izy ho any Jodia 210
90 “Fananganana ny Maty sy Fiainana” 212
91 Natsangana Tamin’ny Maty i Lazarosy 214
92 Nahay Nankasitraka ny Boka Iray 216
93 Haharihary ny Zanak’olona 218
94 Tena Ilaina ny Mivavaka sy Manetry Tena 220
95 Ny Fisaraham-panambadiana sy ny Fitiavana ny Ankizy 222
96 Namaly ny Fanontanian’ny Tovolahy Iray Mpanankarena i Jesosy 224
97 Fanoharana Momba Ireo Mpiasa tao An-tanimboaloboka 226
98 Te ho Ambony Indray Ireo Apostoly 228
99 Nanasitrana Jamba sy Nanampy An’i Zakaiosy i Jesosy 230
100 Ilay Fanoharana Momba ny Farantsa Folo 232

# 6 NY FANOMPOAN'I JESOSY FARANY


| | | PEJY |
|---|---|---|
| 101 | Nisakafo tao An-tranon'i Simona tao Betania | 236 |
| 102 | Niditra tao Jerosalema Nitaingina Zanak'ampondra Ilay Mpanjaka | 238 |
| 103 | Nanadio ny Tempoly Indray Izy | 240 |
| 104 | Naneho Finoana ve ny Jiosy Rehefa Nandre ny Feon'Andriamanitra? | 242 |
| 105 | Nampiasa Aviavy Izy mba Hampianarana Momba ny Finoana | 244 |
| 106 | Fanoharana Roa Momba ny Tanimboaloboka | 246 |
| 107 | Nanasa Olona Hanatrika Fanasambe Amin'ny Fampakaram-bady Ilay Mpanjaka | 248 |
| 108 | Vitan'i Jesosy ny Niala Tamin'ny Fandrik'ireo Nanohitra Azy | 250 |
| 109 | Nomelohin'i Jesosy Ireo Mpanohitra Azy | 252 |
| 110 | Ny Andro Farany Nankanesan'i Jesosy tao Amin'ny Tempoly | 254 |
| 111 | Nangataka Famantarana ny Apostoly | 256 |
| 112 | Mampianatra Antsika ho Mailo Ilay Fanoharana Momba ny Virjiny | 260 |
| 113 | Mampianatra Antsika Hazoto Ilay Fanoharana Momba ny Talenta | 262 |
| 114 | Hitsara ny Ondry sy ny Osy i Kristy Mpanjaka | 264 |
| 115 | Efa Akaiky Ilay Paska Farany Natrehin'i Jesosy | 266 |
| 116 | Nampianatra Hanetry Tena Izy Tamin'ilay Paska Farany | 268 |
| 117 | Ny Sakafo Harivan'ny Tompo | 270 |
| 118 | Niady Izy Ireo hoe Iza no Lehibe | 272 |
| 119 | I Jesosy no Lalana sy Fahamarinana ary Fiainana | 274 |
| 120 | Sampany Mamokatra Izy Ireo Sady Naman'i Jesosy | 276 |
| 121 | "Mahereza! Izaho Efa Naharesy An'izao Tontolo Izao" | 278 |
| 122 | Vavaka Famaranana tao Amin'ilay Efitra Ambony Rihana | 280 |
| 123 | Vonton'alahelo Izy ka Nivavaka | 282 |
| 124 | Nisy Namadika i Kristy ary Nosamborina | 284 |
| 125 | Nentina Tany Amin'i Anasy i Jesosy ary avy eo Tany Amin'i Kaiafa | 286 |
| 126 | Nanda An'i Jesosy i Petera | 288 |
| 127 | Notsarain'ny Fitsarana Avo Jiosy ary Nalefa Tany Amin'i Pilato | 290 |
| 128 | Hitan'i Pilato sy Heroda hoe Tsy Nanan-tsiny Izy | 292 |
| 129 | "Indro ny Lehilahy!" | 294 |
| 130 | Natolotra ny Jiosy i Jesosy ary Nentina Hovonoina | 296 |
| 131 | Nijaly teo Amin'ny Hazo Fijaliana Ilay Mpanjaka Tsy Manan-tsiny | 298 |
| 132 | "Zanak'Andriamanitra Tokoa Io" | 300 |
| 133 | Nokarakaraina ny Vatan'i Jesosy ary Nalevina | 302 |
| 134 | Foana ny Fasana fa Velona i Jesosy! | 304 |
| 135 | Niseho Tamin'ny Olona Maro i Jesosy Efa Natsangana Tamin'ny Maty | 306 |
| 136 | Teo Amoron'ny Ranomasin'i Galilia | 308 |
| 137 | Olona An-jatony no Nahita Azy Talohan'ny Pentekosta | 310 |
| 138 | Teo Ankavanan'Andriamanitra i Kristy | 312 |
| 139 | Hanova ny Tany ho Paradisa i Jesosy ary Hamita ny Asa Nasaina Nataony | 314 |


8, 9 NISANA

9 NISANA

10 NISANA

11 NISANA

12, 13 NISANA

14 NISANA (alina)

14 NISANA (andro)

15 NISANA

16 NISANA

# LALANA SY FAHAMARINANA ARY FIAINANA

Azo inoana fa tia mahazo vaovao tsara ianao. Misy vaovao tsara be ho anao sy ny havan-tianao.

Ao amin'ny Baiboly izy io. I Jehovah Andriamanitra, Mpamorona an'izao rehetra izao, no nampanoratra ny Baiboly, taona maro lasa izay. Boky efatra ao no tena horesahina ato, ary misy vaovao faran'izay tsara ho antsika rehetra ao amin'izy ireo. Ny anaran'ny olona nasain'Andriamanitra nanoratra azy no iantsoana an'ireo boky ireo. Izany dia ny bokin'i Matio, Marka, Lioka, ary Jaona.

Maro no miantso azy ireo hoe Filazantsara. Mirakitra filazantsara na vaovao tsara momba an'i Jesosy izy ireo. Izao ilay vaovao tsara: I Jesosy no ampiasain'Andriamanitra hamonjena ny olombelona. Izy koa no Mpanjakan'ny Fanjakan'Andriamanitra any an-danitra, ary hitondra soa mandrakizay ho an'ireo rehetra maneho finoana azy izy.—Marka 10: 17, 30; 13:13.

## NAHOANA NO NATAO EFATRA?

Mieritreritra angamba ianao hoe nahoana no boky efatra no nasain'Andriamanitra nanoratana ny tantaram-piainan'i Jesosy sy izay nampianariny.

Tena mety ny nanoratana an'izay nolazain'i Jesosy sy nataony, tao amin'ny boky samihafa. Eritrereto, ohatra, hoe misy lehilahy efatra mijoro eo akaikin'ny mpampianatra malaza iray. Manana birao famorian-ketra ilay eo anoloany. Dokotera ilay eo ankavanany. Ilay eo ankaviany mpanarato sady namany akaiky. Ilay ao aoriany kosa mpandinika izay mitranga, ary tanora kokoa noho izy telo. Samy milaza ny marina izy ireo, ary samy manana ny mahaliana azy sy izay ifantohany. Azo inoana fa tsy hitovy ny tsipiriany sy ny zava-mitranga horesahin' izy ireo rehefa manoratra an'izay nolazain'ilay mpampianatra sy nataony. Hahazo an-tsaina tsara an' izay nolazain'ilay mpampianatra sy nataony isika, raha mandinika an'izay nosoratan'izy efatra, ary mitadidy fa samy hafa ny fomba fijeriny sy ny tanjony. Tena mety àry ny hoe nosoratana tao amin'ny boky efatra samy hafa ny tantaram-piainan'i Jesosy, ilay Mpampianatra Lehibe.

Ny Jiosy no tena nokendren'ilay mpamory hetra,



ka izay fampianarana na zava-nitranga hanampy azy ireo no natambany tao amin'ny bokiny. Ilay dokotera indray nanasongadina ny fanasitranana ny marary sy kilemaina. Tsy noresahiny àry ny tsipiriany sasany nosoratan'ilay mpamory hetra, na tsy nitovy ny fomba nandaharany azy. Ilay namana akaiky indray nanasongadina ny fihetseham-pon'ilay mpampianatra sy ny toetrany. Fohy kokoa sy voafintina kosa ny fitantaran'ilay tovolahy. Marina daholo anefa izay nosoratan'izy efatra. Lasa fantatsika kokoa àry izay nataon'i Jesosy sy nampianariny ary ny toetrany, noho ireo fitantarana efatra momba ny fiainany.

Mety hisy hiteny hoe 'Filazantsaran'i Matio' na 'Filazantsaran'i Jaona.' Tsy diso izany satria samy mirakitra *"vaovao tsara* momba an'i Jesosy Kristy" ireo. (Marka 1:1) Azo lazaina ho filazantsara na vaovao tsara iray anefa no ao amin'ireo fitantarana efatra.

Nampitaha sy nampifanaraka ny zava-mitranga voatantara ao amin'ny Matio sy Marka ary Lioka sy Jaona ny olona maro nianatra ny Tenin'Andriamanitra. Nanao izany i Tatien, mpanoratra avy any Syria, tamin'ny taona 170 tany ho any. Hitany fa marina tsara sy avy amin'ny fanahy masina ireo boky efatra ireo. Nampifanarahiny àry ireo fitantarana momba ny fiainan'i Jesosy sy ny fanompoany, ary natambany ho boky iray antsoina hoe *Diatessaron.*

Toy izany koa no natao rehefa nanoratra an' ity boky ity. Marina kokoa anefa izy ity sady feno kokoa ny fanazavana raketiny. Azontsika kokoa mantsy izao ny fahatanterahan'ny faminaniana sy ny fanoharana maro noresahin'i Jesosy. Lasa mazava kokoa àry izay nolazainy sy nataony ary ny filaharan'ny zava-nitranga tamin'ny androny. Nisy zavatra hitan'ny mpikaroka ny any ambanin'ny tany koa, ka vao mainka mazava ny tsipiriany sasany ao amin'ny Filazantsara sy ny fomba fihevitr'ireo mpanoratra. Marina fa tsy misy afaka manizingizina ny tena filaharan'ny zava-mitranga rehetra voaresaka ao. Mitombina tsara anefa ny fomba nandaharana azy ireo ato amin'ity boky ity.

## LALANA SY FAHAMARINANA ARY FIAINANA

Tadidio ny hafatra lehibe indrindra tiana hampitaina aminao sy ny havan-tianao, rehefa mamaky an'ity boky ity ianao. I Jesosy Kristy mihitsy no nilaza azy io tamin'ny apostoly Tomasy. Hoy izy: "Izaho no lalana sy fahamarinana ary fiainana. Tsy misy olona mankany amin'ny Ray afa-tsy amin'ny alalako."—Jaona 14:6.

Ho hitanao ato hoe nahoana i Jesosy no antsoina hoe "lalana." Amin'ny alalany ihany no ahafahana manatona an'i Jehovah Andriamanitra rehefa mivavaka. Izy koa no manampy antsika hihavana amin' Andriamanitra. (Jaona 16:23; Romanina 5:8) Amin' ny alalany ihany àry no ahafahana mifandray amin' Andriamanitra sy mahazo sitraka aminy.

I Jesosy koa no "fahamarinana." Nifanaraka tanteraka tamin'ny fahamarinana ny fiainany sy ny zavatra nolazainy. Nanatanteraka faminaniana maro be izy, ka 'tonga Eny ireny tamin'ny alalany.' (2 Korintianina 1:20; Jaona 1:14) Hitantsika amin'izy ireny fa manana anjara lehibe amin'ny fanatanterahana ny fikasan'Andriamanitra i Jesosy.—Apokalypsy 19:10.

I Jesosy Kristy koa no "fiainana." Nanome ny vidim-panavotana izy, izany hoe nahafoy ny ainy sy ny rany lavorary, ka afaka mahazo ny "tena fiainana" na "fiainana mandrakizay" isika. (1 Timoty 6: 12, 19; Efesianina 1:7; 1 Jaona 1:7) "Fiainana" ho an' ny olona an-tapitrisany efa maty koa izy, satria hatsangany amin'ny maty izy ireny ka ho afaka hiaina mandrakizay ao amin'ny Paradisa.—Jaona 5:28, 29.

Tokony ho azontsika rehetra sy hankasitrahantsika ny anjara asan'i Jesosy amin'ny fanatanterahana ny fikasan'Andriamanitra. Enga anie ianao ka hazoto hianatra bebe kokoa momba an'i Jesosy, ilay "lalana sy fahamarinana ary fiainana."





FIZARANA

# 1

# NY TALOHAN'NY FANOMPOAN'I JESOSY

"HO LEHIBE IZY."
—LIOKA 1:32

# HAFATRA ROA AVY AMIN'ANDRIAMANITRA

LIOKA 1:5-33

Hafatra avy amin'Andriamanitra ny Baiboly manontolo. Nanome azy io ilay Raintsika any an-danitra mba hampianarana antsika. Nisy hafatra lehibe roa nampitainy, 2000 taona mahery izay. Anjely iray "mitsangana eo anatrehan'Andriamanitra" no nampitondrainy an'ireo hafatra ireo. Gabriela no anarany. (Lioka 1:19) Inona no zavanisy tamin'ny fotoana nampitan'ilay anjely an' ireo hafatra miavaka ireo?

Taona 3 T.K.* tamin'izay. Taiza no nampitan'i Gabriela ny hafatra voalohany? Tany amin'ny havoanan'i Jodia, angamba tsy lavitra an'i Jerosalema. Tao no nipetraka i Zakaria, mpisoron'i Jehovah. Efa zokinjokiny izy sy Elizabeta vadiny, ary tsy nanan-janaka. Anjaran'i Zakaria tamin'izay ny nanao ny asan'ny mpisorona tao amin'ny tempolin'i Jehovah tao Jerosalema. Nipoitra tampoka teo akaikin'ny alitaran'ny emboka manitra i Gabriela, raha mbola tao amin'ny tempoly i Zakaria.

Azo antoka fa natahotra i Zakaria. Nampitony azy anefa ilay anjely, ka niteny hoe: "Aza matahotra, ry Zakaria, fa efa nohenoin'Andriamanitra ny fitalahoanao. Koa hiteraka zazalahy aminao i Elizabeta vadinao, ary Jaona no hataonao anarany." Nilaza koa i Gabriela fa "ho lehibe eo anatrehan'i Jehovah" i Jaona ary "hanomana vahoaka ho an'i Jehovah, eny, vahoaka voaomana."—Lioka 1:13-17.

Tsy nino anefa i Zakaria, satria efa be taona izy sy Elizabeta. Hoy àry i Gabriela: 'Noho ny tsy ninoanao ny teniko, dia ho moana ianao ka tsy ho afa-miteny mandra-pahatanterak'izany.'—Lioka 1:20.

Lasa saina ny olona tetỳ ivelany hoe naninona i Zakaria no ela be tao amin'ny tempoly. Nivoaka ihany izy tamin'ny farany, saingy tsy afa-niteny ka nanao fihetsika tamin'ny tanany. Hita hoe nisy zava-mahagaga hitany tao amin'ny tempoly.

Nody i Zakaria rehefa vita ny fanompoany tao amin'ny tempoly. Bevohoka i Elizabeta taoriana kelin'izay. Niandry ny hahaterahany i Elizabeta ary tsy niala tao an-trano nandritra ny dimy volana.

Niseho fanindroany i Gabriela, fa tamin'i Maria, tovovavy mbola tsy nanambady. Tao Nazareta any Galilia, izay any avaratr'i Jerosalema i Maria no nipetraka. Hoy i Gabriela taminy: "Efa nankasitrahan'Andriamanitra ianao. Ary hitoejaza ianao ka hiteraka zazalahy, ary ny anarany hataonao hoe Jesosy." Hoy koa i Gabriela: "Ho lehibe izy ka hantsoina hoe Zanaky ny Avo Indrindra ... ary ho mpanjaka eo amin'ny taranak'i Jakoba mandrakizay izy, ary tsy hifarana mihitsy ny fanjakany."—Lioka 1:30-33.

Azo antoka fa faly erỳ i Gabriela rehefa nomena tombontsoa hampita an'ireo hafatra roa ireo. Ho hitantsika fa tena lehibe ireo hafatra avy any an-danitra ireo, rehefa hianatra bebe kokoa momba an'i Jaona sy Jesosy isika.

* Ny hoe "T.K." dia midika hoe "Talohan'i Kristy", ary ny "A.K." hoe "Aorian'i Kristy."

---

◊ Iza no nampita hafatra roa lehibe avy any an-danitra?

◊ Ho an'iza avy ireo hafatra ireo?

◊ Araka ny hevitrao, nahoana no tsy nampino ireo hafatra ireo?

# 1

• NILAZA NY HAHATERAHAN'I JAONA MPANAO BATISA NY ANJELY GABRIELA
• NILAZA TAMIN'I MARIA I GABRIELA FA HO TERAKA I JESOSY



# MBOLA TSY TERAKA I JESOSY DIA EFA NOMEM-BONINAHITRA

LIOKA 1:34-56

Rehefa avy nilaza tamin'i Maria ny anjely Gabriela fa hiteraka an'i Jesosy izy ary ho Mpanjaka mandrakizay i Jesosy, dia hoy i Maria: "Ahoana no hetezan'izany, nefa izaho tsy nanao firaisana tamin-dehilahy?"—Lioka 1:34.

Hoy i Gabriela: "Ho tonga aminao ny fanahy masina ary ny herin'ny Avo Indrindra hanaloka anao. Izany no antony hiantsoana an'ilay haterakao hoe masina, Zanak'Andriamanitra."—Lioka 1:35.

Te hanampy an'i Maria hino an'ilay hafatra angamba i Gabriela, ka niteny hoe: "I Elizabeta havanao koa efa mitoe-jaza na dia efa antitra aza, ary efa mandray enim-bolana izao ny kibony, dia izy ilay nantsoina hoe vehivavy momba. Tsy hisy tsy ho tanteraka mantsy izay lazain' Andriamanitra."—Lioka 1:36, 37.

Neken'i Maria ny tenin'i Gabriela, araka ilay nolazainy hoe: "Intỳ aho mpanompovavin'i Jehovah! Enga anie ho tanteraka amiko izany araka ny teninao!"—Lioka 1:38.

Niomana hitsidika an'i Elizabeta havany i Maria, raha vao lasa i Gabriela. Nipetraka tsy lavitra an'i Jerosalema, tany amin'ny havoanan'i Jodia, i Elizabeta sy Zakaria. Telo na efatra andro angamba vao tonga tany, raha avy tao Nazareta nisy an'i Maria.

Tonga tany amin-dry Zakaria i Maria tamin'ny farany. Niditra ny trano izy ary niarahaba an'i Elizabeta. Feno fanahy masina i Elizabeta, ka niteny taminy hoe: "Tahin'Andriamanitra ianao amin'ny vehivavy rehetra, ary tahina ilay hateraky ny kibonao! Ahoana no mba nahatongavan' izao voninahitra izao amiko, fa ny renin'ny Tompoko no tonga ato amiko? Jereo fa raha vao ren'ny sofiko ny feonao niarahaba, dia nibitaka noho ny hafaliana be ny zaza ato an-kiboko!" —Lioka 1:42-44.

Tena faly i Maria ka hoy izy: "Mankalaza an'i Jehovah aho, ary tsy tanako ny hafaliako amin' Andriamanitra Mpamonjy ahy, satria nijery ny fahambanian'ny mpanompovaviny izy. Manomboka izao, dia hilaza ahy ho sambatra ny taranaka rehetra, satria nanao asa lehibe ho ahy Ilay mahery." I Jehovah no nomen'i Maria voninahitra, na teo aza ny tombontsoa azony. Hoy izy: "Masina ny anarany. Hatramin'ny taranaka fara mandimby ny famindram-pony, dia amin' izay matahotra azy."—Lioka 1:46-50.

Nahazo fanahy masina i Maria ka naminany toy izao, ho fiderana an'Andriamanitra: "Nanao asa lehibe tamin'ny sandriny mahery izy, ary nampiely ny mpirehareha, dia ireo mirehareha noho ny fikasan'ny fony. Naetriny hiala tamin'ny seza fiandrianany ny manana fahefana, fa nasandrany kosa ny ambany. Nataony voky zavatsoa ny noana, ary noroahiny hiala maina ny manankarena. Nanampy ny Israely mpanompony izy, mba hotsaroany ny famindram-pony, araka izay nolazainy tamin'ny razantsika, dia i Abrahama sy ny taranany, mandrakizay."—Lioka 1:51-55.

Nijanona telo volana teo ho eo tao amin'i Elizabeta i Maria. Azo inoana fa nanampy an' i Elizabeta izy nandritra ireo herinandro faramparany talohan'ny hahaterahany. Azo antoka fa nahafinaritra erỳ ny fiarahan'ireo vehivavy roa tsy mivadika ireo, izay samy bevohoka noho ny fanampian'Andriamanitra.

Mariho fa mbola tsy teraka i Jesosy dia efa nomem-boninahitra. Nantsoin'i Elizabeta hoe "Tompoko" izy. "Nibitaka noho ny hafaliana" koa ilay zaza tao an-kibon'i Elizabeta raha vao nipoitra i Maria. Tsy toy izany mihitsy anefa no nitondran'ny olona an'i Maria sy ilay zaza haterany, araka ny ho hitantsika.



◊ Inona no nolazain'i Gabriela mba ho azon'i Maria hoe ahoana no hahabevohoka azy?
◊ Ahoana no nanomezam-boninahitra an'i Jesosy na dia mbola tsy teraka aza izy?
◊ Nijanona hafiriana tao amin'i Elizabeta i Maria, ary nahoana?

# TERAKA ILAY HANOMANA NY LALANA

LIOKA 1:57-79

Efa akaiky hiteraka i Elizabeta. Nijanona tao aminy telo volana i Maria havany. Handao azy izao i Maria, ka hanao dia lavitra mianavaratra mankany Nazareta. Enim-bolana eo ho eo koa sisa dia hiteraka zazalahy izy.

Teraka soa aman-tsara i Elizabeta tsy ela taorian'ny nandehanan'i Maria, ary salama tsara izy sy ilay zazakely. Nasehony tamin'ny mpiara-monina taminy sy ny havany ilay zanany lahikely, ka niara-paly taminy izy ireo.

Voalazan'ny Lalàna nomen'Andriamanitra ny Israely fa tokony hoforana ny zazalahy rehefa feno valo andro. (Levitikosy 12:2, 3) Tamin'io koa izy no nomena anarana. Tian'ny olona sasany hatao hoe Zakaria ny anaran'ilay zaza, hoatran'ny rainy. Hoy anefa i Elizabeta: "Tsy izany mihitsy! Jaona no hatao anarany." (Lioka 1:60) Tadidinao angamba fa Jaona no tokony ho anaran'ilay zaza, araka ny tenin'ny anjely Gabriela.

Tsy nanaiky anefa ny mpiara-monina sy ny havan'i Elizabeta fa nilaza hoe: "Tsy misy manana izany anarana izany ange ny havanao e!" (Lioka 1:61) Nanao fihetsika izy ireo nanontany an'i Zakaria hoe iza no hatao anaran-janany. Nangataka takela-kazo i Zakaria ary nanoratra hoe: "Jaona no anarany."—Lioka 1:63.

Lasa afaka niteny indray i Zakaria taorian'izay. Tsaroanao angamba fa lasa moana izy rehefa tsy nino ny tenin'ilay anjely hoe hiteraka zazalahy i Elizabeta. Gaga ny mpiara-monina hoe niteny indray i Zakaria, ka hoy izy ireo: "Ho zaza hanao ahoana loatra re io e?" (Lioka 1:66) Hitan'izy ireo tamin'ny fomba nanomezana anarana an'i Jaona fa nomba azy ny tanan'Andriamanitra.

Feno fanahy masina i Zakaria avy eo, ka niteny hoe: "Hisaorana anie i Jehovah, Andriamanitry ny Israely, satria nitsinjo sy nanafaka ny vahoakany izy! Ary nanangana tandroka famonjena ho antsika tao amin'ny taranak'i Davida mpanompony izy." (Lioka 1:68, 69) I Jesosy Tompo, izay mbola ho te-



raka, no nantsoiny hoe "tandroka famonjena." Nilaza i Zakaria fa hampiasain'Andriamanitra i Jesosy mba 'hanomezana antsika an'ilay voninahitra hanao fanompoana masina ho azy, rehefa avy nafahana teo an-tanan'ny fahavalontsika isika. Hanao fanompoana masina tsy amin-tahotra isika, ka tsy hivadika ary hanao ny marina eo anatrehany, mandritra ny androm-piainantsika.'—Lioka 1:74, 75.

Naminany toy izao momba an'ilay zanany lahy i Zakaria: 'Hantsoina hoe mpaminanin'ny Avo Indrindra ianao. Ary handeha eo alohan'i Jehovah ianao, eny, hialoha azy hanomana ny lalany, ka hanome ho an'ny vahoakany fahalalana momba ny famonjena, amin'ny alalan'ny famelan-keloka, noho ny halehiben'ny fangoraham-pon'Andriamanitsika. Hisy mazava hiposaka ho antsika avy any amin'ny avo, noho izany fangoraham-po izany, mba hanome fahazavana ho an'izay mipetraka ao amin'ny haizina sy ny aloky ny fahafatesana, mba hitarika ny diantsika ka handehanantsika soa aman-tsara ao amin'ny lalan'ny fiadanana.' (Lioka 1:76-79) Tena mampahery io faminaniana io.

Efa tonga tany aminy tany Nazareta i Maria tamin'izay, ary mbola tsy nanambady izy. Inona àry no hanjo azy rehefa ho hitan'ny olona fa bevohoka izy?

---

- ◇ Zandrin'i Jaona firy volana i Jesosy?
- ◇ Inona no nitranga rehefa feno valo andro i Jaona?
- ◇ Nirahin'Andriamanitra hanao inona i Jaona?



## BEVOHOKA I MARIA NEFA TSY NANAMBADY

MATIO 1:18-25   LIOKA 1:56

Bevohoka efa-bolana izao i Maria. Tsaroanao angamba fa nitsidika an'i Elizabeta havany tany amin'ny havoanan'i Jodia izy, tamin'izy vao bevohoka. Efa any Nazareta izy izao. Tsy ho ela dia ho hitan'ny olona ny kibony, ka tsy maintsy ho niady saina be izy.

Nisy olana iray koa anefa. Efa fofombadin'ny mpandrafitra iray atao hoe Josefa i Maria. Fantany ny Lalàn'Andriamanitra ho an'ny Israely hoe tokony hotoraham-bato ho faty izay vehivavy fofombadin'olona nefa minia manao firaisana amin'ny lehilahy hafa. (Deoteronomia 22:23, 24) Tsy nijangajanga i Maria, nefa azo inoana fa sahiran-tsaina izy nieritreritra ny fomba hilazana amin'i Josefa ny nahabevohoka azy. Nety ho nampiasa saina azy koa izay hitranga aorian' izay.

Telo volana i Maria no tsy teo, ka azo antoka fa efa tsy andrin'i Josefa ny hahita azy. Azo inoana fa nolazain'i Maria taminy hoe bevohoka izy, rehefa nihaona izy ireo. Niezaka mafy izy nanazava hoe ny fanahy masin'Andriamanitra no nahatonga izany. Tsy azon'i Josefa anefa ilay izy ary tena sarotra taminy ny hino an'i Maria.

Fantatr'i Josefa fa vehivavy tsara toetra sy tsara laza i Maria. Tena tiany koa izy. Na teo aza anefa ny fanazavan'i Maria, dia tsy maintsy ho nieritreritra i Josefa hoe nisy lehilahy nahabevohoka an'i Maria. Tsy tiany hotoraham-bato ho faty i Maria na ho afa-baraka, ka nanapa-kevitra izy fa hisaraka taminy mangingina. Noheverina ho toy ny efa mpivady ny mpifamofo tamin'izany, ka nila nanao taratasy fisarahana raha te hisaraka.



Raha mbola niasa saina tamin'izany i Josefa dia nandeha natory. Niseho taminy tao amin'ny nofy ny anjelin'i Jehovah ka niteny hoe: "Aza matahotra ny hitondra an'i Maria vadinao ho ao an-tranonao, fa avy tamin'ny fanahy masina ny zaza ao an-kibony. Hiteraka zazalahy izy, ary ataovy hoe Jesosy ny anarany, fa izy no hamonjy ny fireneny ho afaka amin'ny fahotan'izy ireo."—Matio 1:20, 21.

Faly erỳ i Josefa rehefa nifoha satria lasa nazava kokoa ny zava-nitranga. Tsy nangataka andro izy nanaraka ny tenin'ilay anjely, ka nentiny tany an-tranony i Maria. Fampisehoana amin' ny besinimaro izany fa mampakatra an'i Maria ho vadiny i Josefa ary mpivady izy ireo manomboka eo. Tsy nanao firaisana tamin'i Maria anefa i Josefa raha mbola bevohoka an'i Jesosy i Maria.

Efa bevohoka be i Maria volana maromaro taorian'izay. Tsy maintsy niainga avy tao Nazareta anefa izy sy Josefa ary nanao dia lavitra. Fa nila nankaiza izy ireo nefa i Maria efa ho teraka?

---

◊ Inona no azo antoka fa noeritreretin'i Josefa rehefa fantany hoe bevohoka i Maria, ary nahoana?
◊ Nahoana i Josefa no afaka nanome taratasy fisarahana an'i Maria, nefa izy ireo mbola tsy mpivady?
◊ Inona no nataon'i Josefa mba hampisehoana tamin'ny besinimaro fa mpivady izy sy Maria?



# TAIZA I JESOSY NO TERAKA ARY OVIANA?

LIOKA 2:1-20

Namoaka didy i Aogosto Kaisara, mpanjaka romanina, fa tsy maintsy misoratra anarana ny vahoaka rehetra. Tsy maintsy nankany Betlehema, any atsimon'i Jerosalema, àry i Josefa sy Maria, satria tany no nahaterahan'i Josefa.

Maro no tonga hisoratra anarana tao Betlehema. Tsy nisy trano azon'i Josefa sy Maria nipetrahana intsony, afa-tsy tany amin'ny tranom-biby, izay nisy ampondra sy biby hafa. Tao i Jesosy no teraka. Nofonosin'i Maria lamba ilay zazakely ary nampatoriny teo amin'ny fihinanam-bilona.



Tsy maintsy ho Andriamanitra no nahatonga an' i Aogosto Kaisara hampanao an'ilay fisoratana anarana. Nahoana? Satria izany no nahatonga an' i Jesosy ho teraka tao Betlehema, tanànan'i Davida Mpanjaka razambeny. Efa ela ny Soratra Masina no nilaza fa ao amin'io tanàna io no ho teraka ilay Mpitondra nampanantenaina.—Mika 5:2.

Alina miavaka tamin'izay! Nisy hazavana nanjelanjelatra nanodidina ny mpiandry ondry maromaro tany an-tsaha. Tsy inona izany fa ny voninahitr' i Jehovah. Hoy ny anjely iray tamin'izy ireo: "Aza matahotra fa tonga hilaza vaovao tsara aminareo aho, dia fifaliana lehibe ho an'ny olona rehetra. Fa Mpamonjy no teraka ho anareo androany ao an-tanànan'i Davida, dia i Kristy Tompo. Ary izao no famantarana ho anareo: Hahita zaza menavava nofehezina lamba sady mandry ao anaty fihinanam-bilona ianareo." Tampoka teo dia nisy anjely maro nipoitra ka niteny hoe: "Voninahitra any amin'ny avo indrindra ho an'Andriamanitra, ary fiadanana etỳ ambonin'ny tany eo amin'ny olona ankasitrahany."—Lioka 2:10-14.

Hoy ireo mpiandry ondry rehefa lasa ireo anjely: "Andao ho any Betlehema avy hatrany mba hijery izany zava-nitranga nampahafantarin'i Jehovah antsika izany." (Lioka 2:15) Lasa haingana àry izy ireo, ka hitany teo amin'ilay toerana natoron' ilay anjely i Jesosy vao teraka. Gaga ny rehetra rehefa nandre an'ireo mpiandry ondry nitantara an' izay nolazain'ilay anjely. Notadidin'i Maria izay rehetra nolazain'izy ireo ary nosaintsaininy.

Maro no mino fa teraka tamin'ny 25 Desambra i Jesosy. Manorana sy mamirifiry anefa ny andro any amin'ny faritra misy an'i Betlehema rehefa Desambra. Misy lanezy mihitsy aza indraindray. Mahalana vao hisy mpiandry ondry hiandry ny ondriny eny an-tsaha amin'ny alina, amin'io fotoana io. Azo inoana koa fa tsy amin'ny ririnina be ny mpanjaka romanina no handidy ny vahoakany hanao dia mandritra ny andro maromaro mba hisoratra anarana. Efa mora mikomy mantsy ireo vahoaka ireo. Azo inoana fa tamin'ny volana Oktobra tany ho any i Jesosy no teraka.

---

◊ Nahoana i Josefa sy Maria no tsy maintsy nankany Betlehema?

◊ Inona no zava-mahagaga nitranga ny alina nahaterahan'i Jesosy?

◊ Nahoana no tsy mitombina ny hoe teraka tamin'ny 25 Desambra i Jesosy?

5

• TERAKA TAO BETLEHEMA I JESOSY
• NITSIDIKA AN'I JESOSY IREO MPIANDRY ONDRY



# ILAY ZAZA NAMPANANTENAINA

LIOKA 2:21-39

Nijanona tao Betlehema i Josefa sy Maria fa tsy nody tany Nazareta. Noforana i Jesosy rehefa feno valo andro, araka ny Lalàn'Andriamanitra ho an'ny Israely. (Levitikosy 12:2, 3) Fanao koa ny manome anarana ny zazalahikely amin'io andro io. Nataon' izy ireo hoe Jesosy ilay zanany, araka ny nolazain' ny anjely Gabriela.

Iray volana mahery no lasa, ary feno 40 andro i Jesosy. Nentin'ny ray aman-dreniny niakatra tany amin'ny tempolin'i Jerosalema izy tamin'izay. Tsy dia lavitra ny nisy azy ireo izany. Milaza ny Lalàna fa tokony hitondra fanati-panadiovana any amin' ny tempoly ny vehivavy iray tera-dahy, 40 andro aorian'ny ahaterahany.—Levitikosy 12:4-8.



**TONGA "NY ANDRO FIDIOVAN'IZY IREO"** Noheverina ho naloto nandritra ny andro maromaro ny vehivavy israelita avy niteraka. Nila nanolotra fanatitra dorana ho fanati-panadiovana izy, rehefa nifarana ireo andro ireo. Nampahatsiahy ny rehetra izany fa nampita aina tsy lavorary na nisy ota ilay vehivavy. Lavorary sy masina i Jesosy. (Lioka 1:35) Nentin'i Maria sy Josefa "niakatra tany" amin'ny tempoly ihany anefa izy, satria nankatò ny Lalàna momba ny 'fidiovana' izy ireo.—Lioka 2:22.

Nanao izany i Maria. Nitondra vorona kely roa izy hatao fanatitra. Hita amin'izany fa nahantra i Josefa sy Maria. Ondrilahy kely iray sy vorona iray mantsy no nasain'ny Lalàna natolotra. Raha tsy afaka nividy ondrilahy anefa ilay reny, dia afaka nanome voromailala roa na domohina roa. Tsy afaka nividy ondrilahy i Maria, ka vorona no nomeny.

Nisy lehilahy be taona nanatona an'i Josefa sy Maria, tao amin'ny tempoly. Simeona no anarany. Nambaran'Andriamanitra taminy fa hahita an'i Kristy na ny Mesia nampanantenain'i Jehovah izy, alohan'ny hahafatesany. Notarihin'ny fanahy masina ho ao amin'ny tempoly i Simeona tamin'io andro io, ka nahita an'i Josefa sy Maria niaraka tamin'ilay zanany kely. Noraisin'i Simeona ilay zaza.

Nisaotra an'Andriamanitra i Simeona rehefa nitrotro an'i Jesosy, ary hoy izy: "Ry Tompo Fara Tampony ô, avelanao handeha amim-piadanana amin'izay ankehitriny ny mpanomponao, araka ny efa teninao, satria efa hitan'ny masoko ny fomba hitondranao famonjena, izay nomaninao teo imason'ny firenena rehetra, dia hazavana izay hanala ny zavatra manarona ny firenena sady voninahitry ny Israely olonao."—Lioka 2:29-32.

Gaga i Josefa sy Maria nandre izany. Nitso-drano azy ireo i Simeona ary nilaza tamin'i Maria fa "atao ho fandavoana sy fananganana ny maro amin'ny Israely" ilay zaza. Halahelo be koa i Maria, hoy izy, ka ho toy ny voatrobaky ny sabatra.—Lioka 2:34.

Teo koa i Ana, mpaminanivavy 84 taona. Tonga tsy tapaka tao amin'ny tempoly izy. Nanatona an' i Josefa sy Maria ary Jesosy izy tamin'izay, ary nisaotra an'Andriamanitra sy niresaka momba an'i Jesosy tamin'izay rehetra nihaino azy.

Azonao an-tsaina angamba ny hafalian'i Josefa sy Maria, noho ireo zava-nitranga tao amin'ny tempoly ireo. Nanome toky azy ireo izany fa ilay zaza nampanantenain'Andriamanitra tokoa ilay zanany.

# 6



- Araka ny fanaon'ny Israelita, oviana no nomena anarana ny zazalahikely?
- Inona no tokony hataon'ny reny iray rehefa feno 40 andro ny zanany lahy? Nanao ahoana ny fari-piainan'i Maria rehefa jerena ny fanatitra nataony?
- Iza tao amin'ny tempoly no nahalala hoe iza i Jesosy? Ahoana no nampisehoan'izy ireo izany?

# NITSIDIKA AN'I JESOSY IREO MPANANDRO

MATIO 2:1-12

Nisy lehilahy mpanandro tonga avy any atsinanana. Mandinika ny toeran'ny kintana ny mpanandro, satria mihevitra fa manampy azy izany mba hamantatra ny dikan'ny zava-mitranga eo amin'ny fiainan'ny olona. (Isaia 47:13) Nahita "kintana" iray izy ireo tany aminy, ka nanao dia an-jatony kilaometatra nanaraka azy io. Tsy nitondra azy ireo tany Betlehema ilay kintana fa tany Jerosalema.

Hoy ireo mpanandro rehefa tonga tany: "Aiza ilay nateraka ho mpanjakan'ny Jiosy? Fa hitanay ny kintany fony izahay tany atsinanana, ka tonga hiankohoka eo anatrehany izahay."—Matio 2:1, 2.

Tezitra be i Heroda, mpanjaka tao Jerosalema, rehefa nandre izany. Nantsoiny àry ny lehiben'ny mpisorona sy ny mpitondra fivavahana jiosy ary nanontaniany hoe aiza i Kristy no ho teraka. Namaly araka ny Soratra Masina izy ireo hoe: "Ao Betlehema." (Matio 2:5; Mika 5:2) Nampiantso mangingina an'ireo mpanandro i Heroda, ka niteny hoe: "Mandehana, karohy tsara ilay zaza, ary rehefa hitanareo izy, dia ilazao aho mba handehanako hiankohoka eo anatrehany koa." (Matio 2:8) Te hamono an'ilay zaza anefa izy.



Nisy zava-mahagaga nitranga rehefa niainga ireo mpanandro. Nialoha azy ireo ilay "kintana" hitany tany atsinanana. Tsy toy ny kintana rehetra izy io, fa natao hitarihana azy ireo mihitsy. Narahiny ilay "kintana", mandra-pijanony teo ambonin'ny trano nisy an'i Josefa sy Maria ary ny zanany lahikely.

Rehefa niditra ny trano ireo mpanandro, dia nahita an'i Maria sy Jesosy, izay efa ankizilahikely. Niankohoka teo anatrehan'i Jesosy izy ireo ary nanome azy volamena sy ditin-kazo manitra ary miora. Saika hiverina tany amin'i Heroda izy ireo taorian'izay, nefa nampitandreman'Andriamanitra tamin'ny nofy mba tsy ho any. Lalankafa àry no nandehanany nody tany aminy.

Araka ny hevitrao, avy amin'iza ilay "kintana"? Tadidio fa tsy tonga dia nitarika an'ireo mpanandro tany amin'i Jesosy tany Betlehema izy io. Nitarika azy ireo tany Jerosalema kosa ilay izy, ka nahatonga azy ireo hihaona tamin'i Heroda Mpanjaka, izay te hamono an'i Jesosy. Ho vitan'i Heroda izany raha tsy nosakanan' Andriamanitra ireo mpanandro mba tsy hiteny aminy hoe aiza i Jesosy. I Satana fahavalon' Andriamanitra àry no nampiasa an'ilay kintana, satria te hamono an'i Jesosy izy.

---

- ◇ Ahoana no ahalalantsika fa tsy toy ny kintana rehetra ilay "kintana" hitan'ireo mpanandro?
- ◇ Taiza i Jesosy no nipetraka tamin'ny fotoana nahitan'ireo mpanandro azy?
- ◇ Nahoana isika no milaza fa i Satana no nitarika an'ireo mpanandro?



# TSY TRATRAN'ILAY MPANJAKA RATSY FANAHY IZY IREO

MATIO 2:13-23



Nofohazin'i Josefa i Maria fa nisy vaovao maika. Vao avy niseho tamin'i Josefa tamin'ny nofy ny anjelin'i Jehovah ary nilaza taminy hoe: "Mitsangàna! Ento mandositra any Ejipta ny zaza sy ny reniny, ka aza miala any raha tsy efa milaza aminao aho. Efa hikaroka an'ilay zaza mantsy i Heroda mba hamonoany azy."—Matio 2:13.

Soa ihany fa tonga dia nandositra tamin'iny alina iny izy telo mianaka. Fantatr'i Heroda mantsy izao fa voafitak'ireo mpanandro izy. Nasainy niverina tany aminy mba hilaza izay fantany ireo mpanandro, nefa nody fa tsy niverina. Romotry ny hatezerana i Heroda. Mbola te hamono an'i Jesosy izy ka namoaka didy fa tokony hovonoina ny zazalahikely rehetra roa taona no ho midina, tao Betlehema sy ny manodidina. Ny zavatra nolazain'ireo mpanandro no namantarany hoe tokotokony ho firy taona i Jesosy.

Nahatsiravina ny fandripahana an'ireo zazalahikely. Tsy fantatsika hoe firy no novonoina, fa dia nitomany sy nidradradradra aloha ireo reny namoy ny zanany. Tanteraka àry ny faminaniana ara-baiboly iray nolazain'i Jeremia mpaminanin'Andriamanitra.—Jeremia 31:15.



Efa nandositra nankany Ejipta ry Josefa telo mianaka tamin'izay ary nipetraka tany. Niseho tamin'i Josefa tamin'ny nofy indray ny anjelin'i Jehovah indray alina, ka nilaza hoe: "Mitsangàna! Ento ho any amin'ny tanin'ny Israely ny zaza sy ny reniny, fa efa maty ireo nifofo ny ain'ilay zaza." (Matio 2:20) Hitan'i Josefa àry fa afaka miverina any an-tanindrazany ry zareo. Nahatanteraka faminaniana ara-baiboly iray koa izany, dia ilay hoe nantsoina hiala avy tany Ejipta ny Zanak'Andriamanitra.—Hosea 11:1.

Toa nikasa hipetraka tany Jodia i Josefa sy ny



fianakaviany. Angamba tsy lavitra an'i Betlehema izany, tany amin'ilay nisy azy ireo talohan'ny nandosirany tany Ejipta. Fantatr'i Josefa anefa fa i Arkelaosy zanakalahin'i Heroda no mpanjakan'i Jodia, ary ratsy fanahy izy io. Nampitandrina an'i Josefa tamin'ny nofy indray i Jehovah. Nankany avaratra kokoa àry izy mianakavy ary nipetraka tao Nazareta any Galilia. Lavitra an'i Jerosalema, foiben'ny fivavahana jiosy, tao. Lehibe tao Nazareta i Jesosy, ka tanteraka ilay faminaniana hoe: "Hantsoina hoe Nazareanina izy."—Matio 2:23.

◇ Inona no nataon'i Heroda rehefa tsy niverina ireo mpanandro, ary ahoana no niarovana an'i Jesosy?
◇ Nahoana i Josefa sy ny fianakaviany no tsy niverina tany Betlehema, rehefa tafaverina avy tany Ejipta?
◇ Inona avy no faminanian'ny Baiboly tanteraka tao anatin'izany fotoana izany?

# NIHALEHIBE TAO NAZARETA I JESOSY

MATIO 13:55, 56 MARKA 6:3

Nihalehibe tao Nazareta, tanàna kely tsy dia nalaza, i Jesosy. Tany avaratr'i Jodia izy io, tany amin'ny havoanan'i Galilia, izay any andrefan' ilay farihy lehibe atao hoe Ranomasin'i Galilia.

Roa taona teo ho eo angamba i Jesosy rehefa nentin'i Josefa sy Maria tao Nazareta, tamin'izy ireo avy tany Ejipta. Toa izy irery no zanak'izy ireo tamin'izay. Nanan-jandry lahy anefa i Jesosy tatỳ aoriana, dia i Jakoba, Josefa, Simona, ary Jodasy. Nanan-janakavavy koa i Josefa sy Maria. Enina, fara fahakeliny, ny zandrin'i Jesosy.

Nanana havana koa i Jesosy. Efa fantatsika i Elizabeta sy Jaona zanany lahy. Nipetraka lavitra an-dry Jesosy, tany Jodia tany atsimo, izy ireo. Tsy dia lavitra kosa ry Salome fa tao Galilia ihany. Toa rahavavin'i Maria izy, izany hoe nenitoan'i Jesosy, ary i Zebedio no vadiny. Nanan-janaka roa lahy atao hoe Jakoba sy Jaona izy mivady. Tsy fantatsika raha niaraka be tamin'izy roa lahy i Jesosy, tamin'izy ireo nihalehibe. Lasa naman'i Jesosy akaiky anefa izy ireo tatỳ aoriana, satria lasa apostoliny.

Nihamaro ny ankohonan'i Josefa. Tsy maintsy niasa mafy izy mba hamelomana azy ireo, ary mpandrafitra no asany. Notezain'i Josefa toy ny zanany i Jesosy ka lasa nantsoina hoe "ilay zanaky ny mpandrafitra." (Matio 13:55) Nampianariny nandrafitra koa i Jesosy ary nahay tsara.



Niantso azy hoe "mpandrafitra" mihitsy ny olona tatỳ aoriana.—Marka 6:3.

Ny fanompoana an'i Jehovah no nataon'ny fianakavian'i Josefa loha laharana. Nankatò ny Lalàn'Andriamanitra i Josefa sy Maria ka nampianariny momba an'i Jehovah ny zanany, na 'nipetraka tao an-trano izy, na nandeha teny an-dalana, na nandry, na nifoha.' (Deoteronomia 6:6-9) Nisy synagoga tao Nazareta, ka azo antoka fa nentin'i Josefa tao tsy tapaka ny fianakaviany mba hanompo an'i Jehovah. Voalaza tatỳ aoriana fa nankao amin'ny synagoga "toy ny fanaony rehefa sabata" i Jesosy. (Lioka 4:16) Tena nahafaly azy mianakavy koa ny nandeha tsy tapaka tany amin'ny tempolin'i Jehovah tao Jerosalema.

---

◊ Firy, fara fahakeliny, ny zandrin'i Jesosy?

◊ Inona no asa nianaran'i Jesosy ary nahoana?

◊ Inona no zava-dehibe nampianarin'i Josefa ny fianakaviany?



# NANKANY JEROSALEMA I JESOSY SY NY FIANAKAVIANY

LIOKA 2:40-52

Lohataona tamin'izay. Tonga ny fotoana handehanan-dry Josefa sy ny namany ary ny havany tany Jerosalema mba hankalaza ny Paska, araka ny notakin'ny Lalàna. Fanaon-dry Josefa isan-taona izany. (Deoteronomia 16:16) Tokotokony ho 120 kilaometatra avy teo Nazareta i Jerosalema. Be atao sy falifaly ny rehetra amin' io. Efa 12 taona i Jesosy, ary tena tsy andriny ilay fety sy ilay ho any akaikin'ny tempoly indray.

Tsy vita iray andro ny Paska, ho an'i Jesosy sy ny fianakaviany. Ny ampitson'ny Paska no andro voalohany amin'ny Fetin'ny Mofo Tsy Misy Lalivay, izay naharitra fito andro. (Marka 14:1) Noheverina ho anisan'ny Paska izy io. Tapa-bolana teo ho eo àry ny dia niala avy tao Nazareta nankany Jerosalema, sy ny fijanonana tao Jerosalema, ary ny dia niverina. Ela kokoa anefa ilay dia tamin'ity indray mandeha ity, noho ny zava-nitranga nisy ifandraisany tamin'i Jesosy. Nisy olana mantsy rehefa teny an-dalana hody.


Nihevitra i Josefa sy Maria teny an-dalana avy tany Jerosalema hoe niara-dia tamin'ny havany sy ny namany i Jesosy. Tsy hitan'izy mivady anefa izy rehefa nijanona ry zareo tamin'ny alina. Notadiaviny tany amin'ireo niara-dia taminy i Jesosy, nefa tsy tany. Tsy hita izay nisy azy. Niverina tany Jerosalema i Josefa sy Maria mba hitady azy.

Nitady an'i Jesosy nandritra ny iray andro maninjitra izy ireo fa tsy nahita. Toy izany koa tamin'ny andro faharoa. Tamin'ny andro fahatelo vao hitan'izy ireo ilay zanany lahy, tao amin' ny tempoly, izay nisy efitra maro. Nipetraka teo afovoan'ireo mpampianatra jiosy i Jesosy. Nihaino izy sady nanontany, ary nahagaga an'ireo mpampianatra ny fahaizany.

Hoy i Maria: "Fa nahoana ianao, anaka, no manao anay toy izao? Jereo fa tena nitebiteby be nitady anao izaho sy rainao."—Lioka 2:48.

Gaga i Jesosy hoe tsy fantatr'izy ireo izay nisy azy. Hoy izy: "Fa maninona no nitady ahy ianareo? Tsy fantatrareo ve fa tsy maintsy ho ato an-tranon'ny Raiko aho?"—Lioka 2:49.

Tafaraka indray izy ireo, ary niara-nody tamin'i Josefa sy Maria tany Nazareta i Jesosy. Nankatò azy ireo foana izy, ary nitombo fahendrena sy nihalehibe. Nahazo sitraka tamin'Andriamanitra sy ny olona izy, na dia mbola kely aza. Namela ohatra tsara tokoa i Jesosy nanomboka tamin'izy mbola kely, satria tia ny Soratra Masina sady nanaja ray amandreny.



**DIA NAHAFINARITRA** Nahafaly ny rehetra ireo dia nankany Jerosalema isaky ny hanatrika an'ireo fety telo fanao isan-taona. (Deoteronomia 16:15) Nianatra ny mombamomba an'ilay faritra sy ny toerana samihafa tany i Jesosy tamin'ireny dia ireny. Nihaona tamin'ny mpanompon'Andriamanitra avy any amin'ny faritra hafa koa izy. Namela fahatsiarovana mamy ireny dia ireny!

# 10



- Nankaiza i Jesosy sy ny fianakaviany isaky ny lohataona, ary nahoana?
- Inona no tsikaritr'i Josefa sy Maria rehefa teny an-dalana hody avy tany Jerosalema ry zareo, tamin'i Jesosy 12 taona? Taiza no nahitan'izy ireo an'i Jesosy?
- Inona no ohatra tsara navelan'i Jesosy ho an'ny ankizy sy ny tanora ankehitriny?

## NANOMANA NY LALANA I JAONA MPANAO BATISA

MATIO 3:1-12   MARKA 1:1-8   LIOKA 3:1-18   JAONA 1:6-8, 15-28

Efa 17 taona teo ho eo izay no lasa hatramin'ny nanontanian'i Jesosy an'ireo mpampianatra tao amin'ny tempoly, tamin'izy 12 taona. Lohataonan' ny taona 29 izao. Maro no niresaka momba an'i Jaona havan'i Jesosy. Nitory tany amin'ny tanàna rehetra tany amin'ny faritra andrefan'ny Reniranon'i Jordana izy.

Manaitra be ny paozin'i Jaona sy ny zavatra nolazainy. Volon-drameva mantsy ny fitafiany, fehikibo hoditra no teo amin'ny andilany, ary valala sy tantelidia no sakafony. Ary inona no hafatra notoriny? "Mibebaha, fa efa manakaiky ny fanjakan'ny lanitra."—Matio 3:2.

Faly be ny olona nandre an'i Jaona. Maro no nahatsapa fa nilaina ny mibebaka, izany hoe manova ny toe-tsaina sy ny fomba fiaina, ka miala amin'ireo zava-dratsy fanao taloha. Avy tany 'Jerosalema sy eran'i Jodia ary ny faritra rehetra nanodidina ny Reniranon'i Jordana' izy ireo. (Matio 3:5) Maro taminy no nibebaka. Nataon'i Jaona batisa izy ireo, ka narobony tao amin'ny ranon'i Jordana. Nahoana?

Batisa mariky ny fibebahana no nataon'i Jaona. Nasehon'ireo olona nataony batisa fa tena nibebaka izy ireo noho ny fahotany, izany hoe ny fandikany ny fifaneken'ny Lalàn'Andriamanitra. (Asan'ny Apostoly 19:4) Tsy ny rehetra anefa no nahafeno fepetra hatao batisa. Nisy mpitondra fivavahana atao hoe Fariseo sy Sadoseo nankeo amin'i Jaona ka nantsoiny hoe "taranaky ny menarana." Hoy izy: "Mamoaza voa mifanentana amin'ny fibebahana, ary aza mihambo anakampo hoe: 'Manana an'i Abrahama ho rainay izahay.' Lazaiko aminareo fa hain'Andriamanitra ny manova ireto vato ireto ho lasa zanak'i Abrahama. Efa mipetraka eo am-pototry ny hazo sahady ny famaky, ka ny hazo rehetra tsy mamoa voa tsara dia hokapaina ary hatsipy ao anaty afo."—Matio 3:7-10.

Nahasarika olona maro i Jaona, nafonja ny hafatra nambarany, ary maro no nataony batisa. Nisy mpisorona sy Levita nirahin'ny Jiosy hanontany azy àry hoe: "Iza moa ianao?"

Niaiky i Jaona hoe: "Tsy Kristy aho."

Hoy indray izy ireo: "Iza àry e? I Elia ve?"

"Tsy izy aho", hoy i Jaona.

"Ianao ve Ilay Mpaminany?", izany hoe ilay Mpaminany lehibe nambaran'i Mosesy fa ho avy.—Deoteronomia 18:15, 18.

"Tsia!", hoy i Jaona.

Nisisika ihany izy ireo nanontany hoe: "Iza àry ianao e? Lazao aminay mba hisy valin-teny hoentinay any amin'izay naniraka anay! Inona no lazainao momba anao?" Hoy i Jaona: "Izaho ilay miantso mafy any an-tany efitra hoe: 'Ataovy mahitsy ny lalana halehan'i Jehovah', araka ny nolazain'i Isaia mpaminany."—Jaona 1:19-23.

Hoy indray izy ireo: "Koa nahoana àry ianao no manao batisa raha tsy ianao no Kristy na Elia na Ilay Mpaminany?" Hoy i Jaona: "Izaho manao batisa amin'ny rano, fa eo aminareo kosa misy olona iray mitsangana, izay tsy fantatrareo. Izy ilay ho avy ao aoriako." (Jaona 1:25-27) Misy heviny lehibe ireo teny ireo.

Nanaiky i Jaona fa nanomana ny lalana izy, izany hoe nanampy ny olona hanana toe-po tsara hahafahan'izy ireo hanaiky ny Mesia nampanantenaina, izay ho lasa Mpanjaka. Hoy i Jaona momba ny Mesia: 'Mahery noho izaho ilay ho avy ao aoriako, ka tsy mendrika hanala ny kapany akory aza aho.' (Matio 3:11) Nilaza aza izy hoe: "Ilay ho avy ao aoriako no nialoha ahy, satria efa nisy talohako izy."—Jaona 1:15.

Nety tsara àry ilay hafatra notorin'i Jaona hoe: "Mibebaha, fa efa manakaiky ny fanjakan'ny lanitra." (Matio 3:2) Nampahafantatra ny olona izany fa kely sisa dia hanomboka ny fanompoany i Jesosy Kristy, ilay Mpanjaka voatendrin'i Jehovah.

# 11



◊ Lehilahy nanao ahoana i Jaona ary inona no nataony?

◊ Nahoana i Jaona no nanao batisa?

◊ Inona no hafatra notorin'i Jaona ary nahoana izany no nety tsara?





FIZARANA

# 2

# NY FANOMBOHAN'NY FANOMPOAN'I JESOSY

'INY ILAY ZANAK'ONDRIN' ANDRIAMANITRA IZAY MANAISOTRA NY FAHOTANA.'
—JAONA 1:29

# NATAO BATISA I JESOSY

MATIO 3:13-17   MARKA 1:9-11   LIOKA 3:21, 22   JAONA 1:32-34

Tokotokony ho 30 taona izao i Jesosy. Tonga teo amin'i Jaona Mpanao Batisa teo amin'ny Reniranon'i Jordana izy, enim-bolana teo ho eo taorian' ny nanombohan'i Jaona nitory. Tsy hoe te hitsidika fotsiny izy na te hahita ny fandrosoan'ny asan' i Jaona, fa nangataka ny hatao batisa.

Nanda i Jaona ary tsy mahagaga izany. Hoy izy: "Izaho no tokony hataonao batisa, ka ianao indray ve no manatona ahy?" (Matio 3:14) Fantany fa Zanak'Andriamanitra i Jesosy. Tsaroanao ve fa nibitaka noho ny hafaliana i Jaona tao an-kibon'i Elizabeta reniny, rehefa nitsidika azy io i Maria, izay bevohoka an'i Jesosy? Azo inoana fa notantarain'ny reniny azy izany. Tsy maintsy ho nolazaina taminy koa fa nisy anjely nilaza ny haterahan'i Jesosy, ary nisy anjely niseho tamin' ny mpiandry ondry tamin'ny alina nahaterahany.

Fantatr'i Jaona fa ho an'ireo mibebaka noho ny fahotany ny batisany. Tsy misy ota anefa i Jesosy. Tsy nety nanao batisa an'i Jesosy àry izy, nefa hoy i Jesosy: "Ataovy ihany aloha amin'ity indray mandeha ity, fa izao no fomba tsara hanatanterahantsika an'izay rehetra marina."—Matio 3:15.

Nahoana no nety ny nanaovana batisa an'i Jesosy? Tsy hoe natao batisa i Jesosy satria nibebaka noho ny fahotany. Nasehony tamin'ny batisany kosa fa vonona hanao ny sitrapon'ny Rainy izy. (Hebreo 10:5-7) Mpandrafitra izy, nefa tonga izao ny fotoana hanombohany ny fanompoany. Izany no nanirahan'ny Rainy azy ho etỳ an-tany. Araka ny hevitrao, nanantena hahita zava-mahagaga ve i Jaona rehefa nanao batisa an'i Jesosy?

Hoy i Jaona tatỳ aoriana: "Ilay naniraka ahy hanao batisa amin'ny rano mihitsy no nilaza tamiko hoe: 'Izay olona hitanao idinan'ny fanahy sy itoerany, dia izy ilay manao batisa amin'ny fanahy masina.' " (Jaona 1:33) Efa nanantena àry izy fa hirotsaka eo amin'ny olona iray hataony batisa ny fanahin'Andriamanitra. Nety tsy ho gaga izy nahita ny "fanahin'Andriamanitra, nidina toy ny voromailala nankeo ambonin'i Jesosy", raha vao nivoaka avy tao anaty rano i Jesosy.—Matio 3:16.

Tsy izay ihany anefa no nitranga. "Nisokatra [koa] ny lanitra." Midika angamba izany hoe rehefa natao batisa i Jesosy, dia niverina tao antsainy ny fiainany tany an-danitra talohan'ny



naha olombelona azy. Tsaroany àry ny fiainany tamin'izy anjely zanak'i Jehovah. Tadidiny, ohatra, ny fahamarinana nampianarin'Andriamanitra azy tany an-danitra talohan'ny nidinany tetỳ an-tany.

Nisy feo koa avy tany an-danitra nilaza hoe: "Io no Zanako malalako, izay sitrako." (Matio 3:17) Tsy feon'i Jesosy io, satria izy aza niaraka tamin'i Jaona teo. Feon'Andriamanitra ilay izy. Hita amin'izany fa Zanak'Andriamanitra i Jesosy, fa tsy Andriamanitra.

Tsara homarihina fa olombelona i Jesosy sady zanak'Andriamanitra, toa an'i Adama lehilahy voalohany. Hoy i Lioka mpianatr'i Jesosy rehefa avy nitantara ny batisan'i Jesosy: "Telopolo taona teo ho eo i Jesosy rehefa nanomboka ny asany. Izy ilay zanak'i Josefa, araka ny fiheveran'ny olona, ary Josefa zanak'i Hely, ... zanak'i Davida, ... zanak'i Abrahama, ... zanak'i Noa, ... zanak'i Adama, ... zanak'Andriamanitra."—Lioka 3:23-38.

Olombelona sady "zanak'Andriamanitra" toa an'i Adama i Jesosy. Niova ny fifandraisany tamin'Andriamanitra rehefa natao batisa izy. Lasa Zanak'Andriamanitra ara-panahy izy, ka afaka nampianatra ny fahamarinana avy amin'Andriamanitra sy nanoro izay tokony hatao mba hahazoana ny fiainana. Hafa mihitsy ny fiainany nanomboka teo, ary nanao sorona ny ainy mba hamonjena ny olombelona mpanota izy tamin'ny farany.



---

◊ Nahoana i Jesosy no efa fantatr'i Jaona?

◊ Nahoana no nataon'i Jaona batisa i Jesosy, nefa izy tsy nanota?

◊ Nahoana i Jaona no nety tsy ho gaga rehefa nidina teo amin'i Jesosy ny fanahin'Andriamanitra?

---

# IANARO NY FOMBA NIATREHAN'I JESOSY FAKAM-PANAHY

MATIO 4:1-11   MARKA 1:12, 13   LIOKA 4:1-13

Nentin'ny fanahin'Andriamanitra nankany an-tany efitr'i Jodia i Jesosy raha vao avy nataon' i Jaona batisa. Maro ny zavatra tokony hoeritreretiny. "Nisokatra ny lanitra" tamin'izy natao batisa, ka tadidiny izay nianarany sy nataony tamin'izy tany an-danitra. (Matio 3:16) Tena nila nisaintsaina zavatra betsaka izy.

Nijanona 40 andro sy 40 alina tany an-tany efitra i Jesosy, ary tsy nihinana na inona na inona. Noana be izy avy eo. Naka fanahy azy àry i Satana Devoly ka niteny hoe: "Raha zanak' Andriamanitra ianao, dia teneno ho tonga mofo ireto vato ireto." (Matio 4:3) Nolavin'i Jesosy ilay fakam-panahy, satria fantany fa ratsy ny mampiasa ny fahaizany manao fahagagana mba hahazoana izay iriny.

Tsy nijanona hatreo ny Devoly, fa nitady tetika hafa. Nasainy nianjera avy teny an-tampon' ny tempoly i Jesosy. Tsy voasarika hanao an'izany zavatra mampitolagaga izany anefa izy. Nanonona teny avy tao amin'ny Soratra Masina izy, mba hampisehoana fa ratsy ny mitsapa toetra an'Andriamanitra toy izany.

Tamin'ilay fakam-panahy fahatelo, dia nisy fomba nampisehoan'ny Devoly an'i Jesosy "ny fanjakana rehetra eo amin'izao tontolo izao sy ny voninahitr'ireny fanjakana ireny." Hoy izy avy eo: "Homeko anao ireo rehetra ireo, raha miankohoka indray mandeha eto anatrehako ianao." Nanda an-kitsirano indray i Jesosy ka niteny hoe: "Mandehana ianao, ry Satana." (Matio 4:8-10) Tsy nanaiky ho resin'ny fakam-panahy hanao ratsy izy, satria fantany fa i Jehovah irery ihany no tsy maintsy anaovana fanompoana masina. Naleony tsy nivadika tamin'Andriamanitra.

Misy lesona raisintsika avy amin'ireo fakam-panahy ireo sy izay nataon'i Jesosy. Tena nisy ireo fakam-panahy ireo. Diso àry ny fiheveran' ny sasany hoe ny faharatsiana ao amin'ny olona fotsiny ny Devoly. Tena misy izy fa tsy hita maso. Asehon'io tantara io koa fa an'ny Devoly ny fitondram-panjakana eto amin'ity tontolo ity ary izy no mifehy azy ireo. Raha tsy izany mantsy, ahoana moa no nahafahany nanolotra azy ireo an'i Jesosy mba hakana fanahy azy?

Nilaza koa ny Devoly fa homeny valisoa i Jesosy raha miankohoka indray mandeha eo anatrehany. Homeny azy hatramin'ny *fanjakana rehetra eo amin'izao tontolo izao.* Mety ho tojo fakam-panahy toy izany koa isika. Mety hataon' ny Devoly, ohatra, izay hahafahantsika hahazo harena na fahefana na toerana ambony eo amin'ity tontolo ity, ary ataony manintona be izany. Tena hendry isika raha manahaka an'i Jesosy ka tsy mivadika amin'Andriamanitra mihitsy, na inona na inona fakam-panahy mahazo antsika. Tadidio fa nandao an'i Jesosy ny Devoly, "mandra-pahatongan'ny fotoana hafa mety indray." (Lioka 4:13) Mety ho toy izany koa no hataony amintsika, ka tokony ho mailo foana isika.

---

◊ Inona avy no mety ho nosaintsainin'i Jesosy tamin'izy tany an-tany efitra nandritra ny 40 andro?

◊ Inona avy no nataon'ny Devoly mba hakana fanahy an'i Jesosy?

◊ Inona no ianarantsika avy amin'ny fakam-panahy nahazo an'i Jesosy sy izay nataony?

# 13



# NANOMBOKA NANAO MPIANATRA I JESOSY

JAONA 1:29-51

Nankany Galilia i Jesosy taorian'ilay 40 andro tany an-tany efitra. Nankany amin'i Jaona anefa aloha izy, ka hoy i Jaona tamin'ny olona teo aminy: "Iny ilay Zanak'ondrin'Andriamanitra izay manaisotra ny fahotan'izao tontolo izao! Izy ilay nolazaiko hoe: Misy olona ho avy ao aoriako, nefa efa nialoha ahy izy, satria efa nisy talohako." (Jaona 1:29, 30) Zokin'i Jesosy i Jaona nefa nahalala fa efa nisy talohany i Jesosy, saingy anjely tany an-danitra.

Toa tsy tena azon'i Jaona antoka hoe i Jesosy no ho Mesia, tamin'i Jesosy nanatona azy mba hatao batisa, herinandro vitsivitsy talohan' izay. Niaiky izy hoe: "Izaho aza tsy nahalala azy akory, fa ny mba hampisehoana azy amin'ny Israely no anaovako batisa amin'ny rano."—Jaona 1:31.

Nanohy nitantara ny batisan'i Jesosy izy ka nilaza hoe: "Hitako nidina toy ny voromailala avy tany an-danitra ny fanahy, ka nitoetra teo amboniny. Izaho aza tsy nahalala azy akory, fa Ilay naniraka ahy hanao batisa amin'ny rano mihitsy no nilaza tamiko hoe: 'Izay olona hitanao idinan'ny fanahy sy itoerany, dia izy ilay manao batisa amin'ny fanahy masina.' Efa hitako izany, ka nanaporofo aho fa izy no Zanak'Andriamanitra."—Jaona 1:32-34.

Niaraka tamin'ny mpianany roa lahy i Jaona ny ampitso. Nanatona azy ireo indray i Jesosy ka hoy i Jaona: "Iny ilay Zanak'ondrin'Andriamanitra!" (Jaona 1:36) Tonga dia nanaraka an'i Jesosy ireo mpianatr'i Jaona Mpanao Batisa ireo. I Andrea ny iray, ary Jaona koa no anaran'ilay iray. Mety ho io Jaona io no nanoratra an'ilay fitantarana. Toa zanak'olo-mpiray tam-po izy sy Jesosy, satria zanak'i Salome i Jaona. Rahavavin'i Maria angamba i Salome ary vadin'i Zebedio.



Hitan'i Jesosy nanaraka azy i Andrea sy Jaona, ka hoy izy: "Inona no tadiavinareo?"

Hoy ireo: 'Raby, aiza ianao no mipetraka?'

Hoy i Jesosy: "Avia, dia ho hitanareo."—Jaona 1:37-39.

Tamin'ny efatra tolakandro teo ho eo tamin' izay, ary nijanona tao amin'i Jesosy i Andrea sy Jaona tamin'iny andro iny. Faly be i Andrea ka hoy izy rehefa nahita an'i Simona na Petera rahalahiny: "Efa hitanay ny Mesia!" (Jaona 1:41) Dia nentiny tany amin'i Jesosy i Petera. Toa hitan'i Jaona koa i Jakoba rahalahiny ary nentiny tany amin'i Jesosy, rehefa jerena ny nitranga taorian'izay. Tsy noresahin'i Jaona tao amin'ny fitantarany anefa izany.

Nihaona tamin'i Filipo avy any Betsaida i Jesosy ny ampitso. Eo akaikin'ny morontsiraka avaratry ny Ranomasin'i Galilia i Betsaida ary tao no niavian'i Andrea sy Petera. Hoy i Jesosy



tamin'i Filipo: "Andao hanara-dia ahy."—Jaona 1:43.

Hitan'i Filipo i Natanaela na Bartolomeo, ka hoy izy taminy: "Efa hitanay ilay olona voasoratr'i Mosesy ao amin'ny Lalàna sy voasoratry ny mpaminany, dia i Jesosy, zanak'i Josefa avy any Nazareta." Tsy nino anefa i Natanaela ka hoy izy tamin'i Filipo: "Mba misy zavatra tsara angaha moa avy any Nazareta?"

Hoy i Filipo: "Avia ange jereo e!" Hitan'i Jesosy nanatona azy i Natanaela, ka hoy izy: "Izany ka tena Israelita, sady olona tsy misy fitaka."

Nanontany i Natanaela hoe: "Ahoana no ahafantaranao ahy?"

Hoy i Jesosy: "Efa hitako ianao talohan'ny niantsoan'i Filipo anao, tamin'ianao teo ambany aviavy."

Gaga i Natanaela ka niteny hoe: "Raby ô, Zanak'Andriamanitra ianao! Mpanjakan'ny Israely ianao!"

Hoy i Jesosy: "Ny nilazako taminao ve hoe hitako teo ambany aviavy ianao no mahatonga anao hino? Mbola hahita zavatra lehibe noho izany ianao." Nampanantena izy avy eo hoe: "Lazaiko aminareo marina dia marina tokoa fa ho hitanareo ny lanitra misokatra, sy ny anjelin'Andriamanitra hiakatra sy hidina mankatỳ amin'ny Zanak'olona."—Jaona 1:45-51.

Niala tany amin'ny Lohasahan'i Jordana i Jesosy sy ireo mpianany vaovao taoriana kelin' izay, ary nankany Galilia.

---

- ◊ Iza avy no mpianatr'i Jesosy voalohany?
- ◊ Ahoana no nahalalan'i Petera sy Jakoba an'i Jesosy?
- ◊ Inona no naharesy lahatra an'i Natanaela hoe Zanak'Andriamanitra i Jesosy?

# NY FAHAGAGANA VOALOHANY NATAON'I JESOSY

JAONA 2:1-12



Telo andro izay no naha mpianatr'i Jesosy an'i Natanaela. Niaraka tamin'ny sasany tamin'ireo mpianany voalohany i Jesosy, ary nianavaratra nankany Galilia, faritra niavian'izy ireo. Ho any Kana, tanàna nahaterahan'i Natanaela, izy ireo, satria voasa tamin'ny fampakaram-bady iray tao. Teo amin'ny havoana eo avaratr'i Nazareta, tanàna nahalehibe an'i Jesosy, i Kana.

Namonjy an'ilay fety koa i Maria, renin'i Jesosy. Toa nikarakara an'ireo vahiny maro tonga tao izy, satria naman'ny fianakavian'ny mpanambady. Tonga dia tsikariny àry fa nisy zavatra tsy ampy ka hoy izy tamin'i Jesosy: "Tsy manana divay ry zareo."—Jaona 2:3.

Te hilaza i Maria hoe mila manao zavatra i Jesosy. Hoy anefa i Jesosy: "Misy zavatra iombonako aminao angaha moa, ravehivavy?" (Jaona 2:4) Nampiasa an'io fomba fiteny io i Jesosy mba handavana ny soso-kevitr'i Maria. Mpanjaka voatendrin'Andriamanitra izy, ka ilay Rainy any an-danitra no tokony hibaiko azy amin'izay ataony, fa tsy ny fianakaviany na ny namany. Hendry i Maria ka nankininy tamin-janany ilay raharaha. Hoy fotsiny àry izy tamin'ireo mpanompo: "Ataovy izay rehetra lazainy aminareo."—Jaona 2:5.

Nisy sinibe vato enina fitoeran-drano teo, ary nahalany rano 40 litatra mahery avy izy ireo. Hoy i Jesosy tamin'ireo mpanompo: "Fenoy rano ireo sinibe ireo." Hoy izy avy eo: "Tovozy amin' izay, ka itondray ny mpiandraikitra an'ity fanasana ity."—Jaona 2:7, 8.

Gaga ilay mpiandraikitra hoe tsara be ilay divay. Tsy fantany fa fahagagana no nahazoana azy io. Niantso ny mpampakatra izy, ka nilaza hoe: "Ny an'ny olona rehetra, ny divay tsara aloha no avoaka, ary rehefa mamo ny olona vao avoaka ny ratsiratsy. Ny anao kosa, ny divay tsara no notehirizinao hatramin'izao."—Jaona 2:10.

Io no fahagagana voalohany nataon'i Jesosy. Vao mainka nino azy ny mpianany vaovao rehefa nahita azy io. Nankany Kapernaomy, tanàna eo avaratrandrefan'ny Ranomasin'i Galilia, i Jesosy sy ny reniny ary ireo rahalahiny taorian' izay.



◇ Oviana ilay fampakaram-bady tao Kana?
◇ Inona no nolazain'i Jesosy rehefa nanome soso-kevitra momba ny divay ny reniny?
◇ Inona no fahagagana nataon'i Jesosy, ary inona no vokatr'izany?

# NAFANA FO TAMIN'NY FIVAVAHANA MARINA I JESOSY

JAONA 2:12-22



Nankao Kapernaomy i Jesosy taorian'ilay fampakaram-bady tany Kana. Niaraka taminy ny reniny sy ny rahalahiny, dia i Jakoba, Josefa, Simona, ary Jodasy.

Nahoana i Jesosy no nankao Kapernaomy? Toa lehibe kokoa io tanàna io sady mahavantana ny olona kokoa ny mankao noho ny mankany Nazareta na Kana. Maro tamin'ireo mpianany vaovao koa no nipetraka tao na teny akaiky teny. Afaka nampiofana azy ireo tao amin'ny faritra niavian'izy ireo àry i Jesosy.

Nanao fahagagana koa i Jesosy tamin'izy tao Kapernaomy. Nandre momba izay nataony àry ny olona maro tao sy teny amin'ny manodidina. Tsy ela anefa dia tsy maintsy nankany Jerosalema i Jesosy sy ny namany mba hanatrika ny Paska taona 30. Jiosy tia fivavahana mantsy izy ireo.

Nisy zavatra tena miavaka voamarik'ireo mpianatra tamin'i Jesosy, rehefa tao amin'ny tempoly tao Jerosalema izy ireo. Mbola tsy nahita hoatr'izany mihitsy izy ireo taloha.

Tokony hanao sorona biby tao amin'ny tempoly ny Israelita, araka ny Lalàn'Andriamanitra. Nila sakafo ireo olona avy lavitra, nandritra ny fotoana nijanonany tao Jerosalema. Neken'ny Lalàna àry raha nitondra vola izy ireo mba hividianana "omby na ondry na osy" ary izay nilainy nandritra ny fijanonany tao. (Deoteronomia 14:24-26) Nivarotra biby na vorona tao amin'ny tokotany malalaky ny tempoly ny mpivarotra, vokatr'izany. Nanambaka olona ny sasany ka nataony lafo be ny zavatra namidiny.

Tezitra be i Jesosy ka nararany ny vola madiniky ny mpanakalo vola, nazerany ny latabany, ary noroahiny izy ireo. Hoy izy avy eo: "Ento mivoaka any ireo! Aza atao trano fivarotana intsony ny tranon'ny Raiko!"—Jaona 2:16.

Rehefa nahita an'izany ny mpianany, dia nahatadidy an'ilay faminaniana momba ny Zanak' Andriamanitra hoe: "Handany tanteraka ny heriko ny hafanam-poko ho an'ny tranonao." Hoy anefa ny Jiosy: "Inona àry no famantarana hasehonao anay mba hanaporofoanao fa manana fahefana hanao izao ianao?" Namaly i Jesosy hoe: "Ravao ity tempoly ity, fa hatsangako izy ao anatin'ny telo andro."—Jaona 2:17-19; Salamo 69:9.

Nieritreritra ny Jiosy hoe ny tempolin'i Jerosalema no tiany horesahina. Hoy àry izy ireo: "Enina amby efapolo taona ange no nanorenana ity tempoly ity e! Koa ianao ve hahatsangana azy ao anatin'ny telo andro?" (Jaona 2:20) Ny vatany anefa no tao an-tsain'i Jesosy tamin'ilay hoe tempoly. Tadidin'ny mpianany ireo teniny ireo rehefa natsangana tamin'ny maty izy, telo taona tatỳ aoriana.

---

◇ Taiza avy no nalehan'i Jesosy taorian'ilay fampakaram-bady tany Kana?
◇ Nahoana i Jesosy no tezitra noho izay hitany tao amin'ny tempoly, ary inona no nataony?
◇ Inona no tao an-tsain'i Jesosy tamin'ilay hoe "ity tempoly ity", ary inona no tiany holazaina tamin'izany?

## NAMPIANATRA AN'I NIKODEMOSY TAMIN'NY ANDRO ALINA I JESOSY

JAONA 2:23–3:21

Nanao famantarana miavaka na fahagagana i Jesosy tao Jerosalema, nandritra ny Paska taona 30. Maro àry no nino azy. Talanjona i Nikodemosy, Fariseo anisan'ny Fitsarana Avo Jiosy. Te hahalala bebe kokoa izy ka nitsidika an'i Jesosy. Maizina izy vao nankany, angamba satria natahotra hoe ho afa-baraka amin'ny mpitondra fivavahana jiosy raha nisy nahita.

Hoy i Nikodemosy: "Raby ô, fantatray fa mpampianatra avy amin'Andriamanitra ianao, satria tsy misy mahavita ireny famantarana nataonao ireny raha tsy Andriamanitra no momba azy." Nilaza taminy i Jesosy hoe tsy maintsy "ateraka indray" izay te hiditra ao amin'ny Fanjakan' Andriamanitra.—Jaona 3:2, 3.

Ahoana anefa no hampety an'izany? Hoy i Nikodemosy: 'Fa angaha moa ny olona afaka miditra indray ao an-kibon-dreniny mba hateraka?' —Jaona 3:4.

Tsia, ary tsy izany no dikan'ny hoe ateraka indray. Hoy i Jesosy: "Tsy afaka miditra ao amin' ny fanjakan'Andriamanitra ny olona raha tsy ateraky ny rano sy ny fanahy." (Jaona 3:5) 'Nateraky ny rano sy ny fanahy' i Jesosy rehefa natao batisa sy nilatsahan'ny fanahy masina. Nisy feo avy tany an-danitra koa tamin'izay nanao hoe: "Io no Zanako malalako, izay sitrako." (Matio 3:16, 17) Te hilaza Andriamanitra teo fa lasa zanany ara-panahy i Jesosy, ka afaka manantena ny hiditra ao amin'ilay Fanjakana any an-danitra. Nisy olona efa vita batisa koa nilatsahan'ny fanahy masina, tamin'ny Pentekosta taona 33. Nateraka indray àry izy ireo ka lasa zanak' Andriamanitra voahosotry ny fanahy.—Asan'ny Apostoly 2:1-4.

Tsy azon'i Nikodemosy izay nampianarin'i Jesosy azy momba an'ilay Fanjakana. Nohazavain'i Jesosy bebe kokoa àry ny anjara asany, noho izy olombelona Zanak'Andriamanitra. Hoy izy: "Tahaka ny nanandratan'i Mosesy an'ilay bibilava tany an-tany efitra no tsy maintsy anandratana koa ny Zanak'olona, mba hahazo fiainana mandrakizay izay rehetra mino azy." —Jaona 3:14, 15.



Nokaikerin'ny bibilava misy poizina ny Israelita fahiny, ka tsy maintsy nijery an'ilay bibilava varahina mba ho velona. (Nomery 21:9) Mila maneho finoana ny Zanak'Andriamanitra koa izay rehetra tsy te ho faty sy te hiaina mandrakizay. Tsy tanteraka izany raha tsy noho ny fitiavan'i Jehovah, araka ny nasongadin'i Jesosy tamin'i Nikodemosy. Hoy izy: "Lehibe tokoa ny fitiavan' Andriamanitra an'izao tontolo izao, ka nomeny ny Zanany lahitokana mba tsy ho ringana izay rehetra maneho finoana azy, fa hanana fiainana mandrakizay." (Jaona 3:16) Nolazain'i Jesosy mazava tsara fa izy no hamonjy ny olombelona. Tao Jerosalema no nilazany izany, enim-bolana teo ho eo taorian'ny nanombohany ny fanompoany.

Hoy ihany i Jesosy: "Tsy ny hanameloka an' izao tontolo izao no nanirahan'Andriamanitra ny Zanany ho amin'izao tontolo izao." Midika izany fa tsy nirahina hanambara izy hoe meloka na tokony horinganina ny olona rehetra. Nilaza kosa izy fa nirahina mba 'hamonjy izao tontolo izao amin'ny alalany.'—Jaona 3:17.

Natahotra i Nikodemosy ka maizina izy vao nankao amin'i Jesosy. Mahaliana àry ny famaranan-tenin'i Jesosy. Hoy izy: "Izao no fototry ny fanamelohana: Tonga teo amin'izao tontolo izao ny mazava, saingy naleon'ny olona ny haizina toy



izay ny mazava, satria ratsy ny ataony. Fa izay zatra manao ratsy dia mankahala ny mazava, sady tsy manatona ny mazava sao hibaribary ny ataony. Izay manao ny marina kosa dia manatona ny mazava mba haseho izay ataony, ka ho hita fa natao araka ny sitrapon'Andriamanitra izany." I Jesosy io "mazava" io ary hita teo amin'ny fiainany sy ny fampianarany izany.—Jaona 3:19-21.

Anjaran'io Fariseo sy mpampianatra ny Israely io àry ny misaintsaina an'izay reny momba ny zavatra hataon'i Jesosy mba hanatanterahana ny fikasan'Andriamanitra.

◇ Nahoana i Nikodemosy no nankao amin'i Jesosy, ary nahoana izy no tamin'ny alina no tonga tao?
◇ Inona no dikan'ny hoe "ateraka indray"?
◇ Nahoana no lazaina fa tsy tonga "hanameloka an'izao tontolo izao" i Jesosy?

## NANDROSO NY ASAN'I JESOSY FA NIHENA NY ASAN'I JAONA

MATIO 4:12 MARKA 6:17-20 LIOKA 3:19, 20 JAONA 3:22–4:3

Niala tao Jerosalema i Jesosy sy ny mpianany, rehefa avy nankalaza ny Paska tamin'ny lohataonan'ny taona 30. Tsy tonga dia nody tany Galilia anefa izy ireo fa nankany Jodia. Nanao batisa olona maro izy ireo tany. Efa herintaona teo ho eo koa izay no nanao batisa i Jaona Mpanao Batisa, ary angamba tany amin'ny lohasaha akaikin'ny Reniranon'i Jordana. Mbola niaraka taminy ny mpianany sasany.

Nanome toromarika ny mpianany mba hanao batisa i Jesosy, fa tsy izy no nanao izany mivantana. Samy nampianatra an'ireo Jiosy nibebaka noho ny nandikany ny fifaneken'ny Làn'Andriamanitra i Jesosy sy Jaona, tamin'io fotoana io.—Asan'ny Apostoly 19:4.

Nialona ireo mpianatr'i Jaona ka nitaraina hoe: 'Hitanao ilay lehilahy [Jesosy] niaraka taminao iny? Manao batisa izy ary mankany aminy daholo ny olona.' (Jaona 3:26) I Jaona kosa tsy nialona an'i Jesosy. Faly izy fa nandroso ny asan'i Jesosy ary tiany mba hifaly koa ny mpianany. Nampahatsiahy azy ireo izy hoe: "Ianareo mihitsy no vavolombelona fa efa nilaza aho hoe: 'Tsy izaho no Kristy, fa nirahina hialoha azy fotsiny aho.'" Nilaza fanoharana izy avy eo mba hahazoan'ny rehetra ny teniny. Hoy izy: "Izay manana ny ampakarina no mpampakatra. Na izany aza, dia faly be ny naman'ny mpampakatra rehefa mitsangana ka mandre ny feon'ny mpampakatra. Ary efa feno ankehitriny izany fifaliako izany."—Jaona 3:28, 29.

Toy ny naman'ilay mpampakatra i Jaona, satria faly izy nampahafantatra an'i Jesosy tamin' ny mpianany, volana maromaro talohan'izay. Nanara-dia an'i Jesosy ny sasany tamin'izy ireo ary nohosorana ny fanahy masina tatỳ aoriana. Tian'i Jaona hanara-dia an'i Jesosy koa ny mpianany hafa. Ny hampiomana ny olona mba handray tsara ny hafatr'i Kristy mantsy no tena tanjon'i Jaona. Hoy izy: "Tsy maintsy mitombo iny olona iny, fa izaho kosa tsy maintsy mihena."—Jaona 3:30.

Nisy Jaona iray hafa efa nanomboka nanara-dia an'i Jesosy talohan'izay. Nilaza ny fiavian'i Jesosy izy ary nilaza fa nisy zava-dehibe nataon'i Jesosy mba hamonjena ny olona. Hoy izy: "Izay avy any ambony dia ambonin'ny hafa rehetra. ... Ny Ray tia ny Zanaka ka nomeny ho eo am-pelatanany ny zava-drehetra. Izay maneho finoana ny Zanaka dia manana fiainana mandrakizay. Izay tsy mankatò ny Zanaka kosa tsy hahita fiainana, fa ny fahatezeran'Andriamanitra no mitoetra eo aminy." (Jaona 3:31, 35, 36) Tena ilain'ny olona ny mahalala an'izany.

Nosamborin'i Heroda Mpanjaka i Jaona Mpanao Batisa, taoriana kelin'ny nilazany fa hihena ny andraikiny sy ny asany. Nogadrainy i Jaona satria nampiharihary fa naka vadin'olona izy. Nalain'i Heroda ho vadiny mantsy i Herodiasy vadin'i Filipo rahalahiny. Ren'i Jesosy fa nosamborina i Jaona, ka niala tao Jodia izy sy ny mpianany ary nankany Galilia.—Matio 4:12; Marka 1:14.

# 18



- Inona no dikan'ny batisa nataon'i Jaona sy ny batisa nasain'i Jesosy nataon'ny mpianany talohan'ny nitsanganany tamin'ny maty?
- Ahoana no nampisehoan'i Jaona tamin'ny mpianany fa tsy tokony hialona an'i Jesosy izy ireo?
- Nahoana i Jaona no nogadraina?

# NAMPIANATRA VEHIVAVY SAMARITANINA IRAY I JESOSY

JAONA 4:3-43

Avy tany Jodia i Jesosy sy ny mpianany ary ho any Galilia, ka nianavaratra namakivaky ny faritr' i Samaria. Reraka izy ireo ka nijanona teo amin' ny fantsakana iray, rehefa mitataovovonana teo ho eo. Teo akaikin'ny tanànan'i Sykara ilay fantsakana, ary i Jakoba angamba no nandavaka azy io na olona nokaramainy, taonjato maro talohan'izay. Mbola hita any akaikin'ny tanànan'i Naplouse izy io.

Naka aina teo i Jesosy, fa ny mpianany kosa lasa nividy sakafo tao amin'ny tanàna tsy lavitra teo. Nisy vehivavy samaritanina tonga hantsaka tamin'izay. Hoy i Jesosy taminy: "Mba omeo rano aho hosotroiko."—Jaona 4:7.

Tsy nifandray ny Jiosy sy ny Samaritanina tamin'ny ankapobeny, satria efa hatramin'ny ela izy ireo no nifampitsaratsara. Gaga àry ilay vehivavy ka nilaza hoe: "Jiosy ianao, koa nahoana no mangataka amiko rano hosotroina, nefa izaho vehivavy samaritanina?" Hoy i Jesosy: "Raha mba fantatrao mantsy ny fanomezana maimaim-poana avy amin'Andriamanitra, sy ilay milaza aminao hoe: 'Mba omeo rano aho hosotroiko', dia ianao no ho nangataka taminy, ka ho nomeny rano velona." Hoy ilay vehivavy: "Tsy manana fanovozana ianao, tompoko, sady lalina ny lavadrano, koa avy aiza no ahazoanao izany rano velona izany? Ianao angaha lehibe noho i Jakoba razanay, izay nanome anay ity lavadrano ity, sady izy sy ny zanany ary ny biby fiompiny no nisotro teto?"—Jaona 4:9-12.

Namaly i Jesosy hoe: "Izay rehetra misotro ity rano ity dia mbola hangetaheta indray, fa izay rehetra misotro ny rano homeko azy kosa tsy hangetaheta intsony mihitsy. Fa ilay rano homeko azy dia ho loharano ao anatiny, izay hiboiboika mba hanome fiainana mandrakizay." (Jaona 4: 13, 14) Nazoto niresaka ny fahamarinana mano-



me fiainana tamin'ilay Samaritanina i Jesosy, na efa reraka aza.

Hoy indray ilay vehivavy: "Omeo izany rano izany aho, tompoko, mba tsy hangetaheta na hiverimberina hantsaka eto intsony." Toa nanova resaka i Jesosy avy eo, ka nilaza hoe: "Mandehana, antsoy ny vadinao ary mankanesa atỳ." Namaly ilay vehivavy hoe: "Tsy manambady aho." Tsy maintsy ho talanjona izy avy eo noho ny zavatra fantatr'i Jesosy. Hoy mantsy i Jesosy: "Marina ny teninao hoe: 'Tsy manambady aho.' Fa efa nanana vady dimy ianao, ary tsy vadinao ilay lehilahy miara-mipetraka aminao izao."—Jaona 4:15-18.

Azony ny tian'i Jesosy hambara ka gaga izy ary niteny hoe: "Fantatro izao fa mpaminany ianao, tompoko." Hita hoe liana tamin'ny fivavahana izy, satria hoy izy: "Ny razanay [Samaritanina] nivavaka teto amin'ity tendrombohitra ity [Tendrombohitra Gerizima tsy lavitra teo], nefa ianareo [Jiosy] milaza fa any Jerosalema no tokony hivavahana."—Jaona 4:19, 20.

Nohazavain'i Jesosy anefa fa tsy ny toerana ivavahana no zava-dehibe. Hoy izy: "Ho avy ny fotoana, ary tonga izany ankehitriny, ka ny tena mpivavaka hivavaka amin'ny Ray araka ny fanahy sy ny fahamarinana. Fa olona toy izany tokoa no

# 19



◊ Nahoana ilay vehivavy samaritanina no gaga hoe niresaka taminy i Jesosy?

◊ Inona no nampianarin'i Jesosy an'ilay vehivavy momba ny rano velona sy ny toerana ivavahana amin'Andriamanitra?

◊ Ahoana no nahafantaran'ilay vehivavy samaritanina ny momba an'i Jesosy, ary inona no nolazain'i Jesosy fa tokony hataon'ny tena mpivavaka?

**IZA IREO SAMARITANINA?** Eo anelanelan'i Jodia sy Galilia i Samaria. I Jodia no eo atsimo ary i Galilia no eo avaratra. Nisaraka tamin' ny fokon'i Joda sy Benjamina ny foko folon'ny Israely tany avaratra, rehefa maty i Solomona Mpanjaka.

Lasa nivavaka tamin'ny zanak'omby ireo foko folo. Navelan'i Jehovah hotafihin'ny Asyrianina àry i Samaria renivohiny, tamin'ny 740 T.K. Maro ny mponina nentin'ny Asyrianina ho babo, ka olona avy tany amin'ny faritra hafa nanjakany no napetrany tao Samaria. Nanompo sampy izy ireny ary nanambady an' ireo Israelita tavela tao. Tatỳ aoriana, dia narahin'ny mponin'i Samaria ny fampianarana sy fanao sasany tao amin'ny Lalàn'Andriamanitra, anisan'izany ny famorana. Tsy azo lazaina hoe fivavahana marina anefa ny narahin'izy ireo.—2 Mpanjaka 17:9-33; Isaia 9:9.

Nanaiky ny boky nosoratan'i Mosesy ny Samaritanina tamin'ny andron'i Jesosy, fa tsy nivavaka tao amin'ny tempolin'i Jerosalema. Efa an-taonany maro izy ireo no nivavaka tao amin'ny tempoly iray teo amin'ny Tendrombohitra Gerizima, tsy lavitra an'i Sykara. Mbola nivavaka teny izy ireo na efa rava aza io tempoly io. Hita hoe nifankahala ny Samaritanina sy ny Jiosy nandritra ny fanompoan'i Jesosy.—Jaona 8:48.



tadiavin'ny Ray mba hivavaka aminy."—Jaona 4: 21, 23, 24.

Tsy ny toerana ivavahan'ireo tena mpanompony no zava-dehibe amin'ny Ray, fa ny fomba ivavahan'izy ireo. Gaga ilay vehivavy! Hoy izy: "Fantatro fa ho avy ny Mesia, izay atao hoe Kristy, ary rehefa tonga izy, dia hambarany mazava amintsika ny zava-drehetra."—Jaona 4:25.

Hoy àry i Jesosy: "Izaho izay miresaka aminao izao no izy." (Jaona 4:26) Eritrereto ange e! Hantsaka no nahatongavan'ilay vehivavy teo tamin' ny mitataovovonana, nefa nomen'i Jesosy tombontsoa miavaka izy. Nolazainy mazava taminy fa izy no Mesia. Toa mbola tsy nisy olon-kafa nilazany an'izany mihitsy.

### MARO NY SAMARITANINA LASA MPINO

Tafaverina avy tany Sykara ny mpianatr'i Jesosy, ary nitondra sakafo. Mbola teo amin'ilay fantsakan'i Jakoba i Jesosy no hitan'izy ireo, saingy niresaka tamin'ny vehivavy samaritanina iray. Navelan'ilay vehivavy teo ny sininy rehefa tonga ny mpianatra, ary nankany an-tanàna izy.

Notantarainy tamin'ny olona ny zavatra nolazain'i Jesosy taminy, rehefa tonga tao Sykara izy. Nafana fo erỳ izy niteny hoe: "Avia ange ianareo e! Atsy misy lehilahy nilaza tamiko ny zavadrehetra nataoko." Hoy koa izy: "Izy angamba no Kristy!" (Jaona 4:29) Nety ho te hanaitra ny sain' izy ireo izy tamin'izay. Efa hatramin'ny andron'i Mosesy mantsy no nanitikitika ny sain'ny olona ny hoe iza i Kristy. (Deoteronomia 18:18) Nivoaka hijery an'i Jesosy àry ny olona tao an-tanàna.

Nandritra izany fotoana izany, dia nasain'ny mpianany hihinana ny sakafo nentin'izy ireo i Jesosy. Hoy anefa izy: "Izaho manan-kanina izay tsy fantatrareo." Gaga ny mpianany ka nifanontany hoe: "Fa angaha nisy nitondra zavatra hohaniny teo?" Nanazava tamin-katsaram-panahy àry i Jesosy hoe: "Ny haniko dia ny manao ny sitrapon' ilay naniraka ahy sy ny mahavita ny asany." (Jaona 4:32-34) Misy heviny lehibe ho an'ireo rehetra manara-dia an'i Jesosy io teniny io.



Asa fijinjana no tian'i Jesosy horesahina eo, nefa tsy fijinjana ara-bakiteny. Efa-bolana teo ho eo taorian'izay mantsy vao nanomboka ny fijinjana. Fijinjana ara-panahy no tiany horesahina, araka ny nolazainy hoe: "Atopazo ny masonareo ka jereo ny saha, fa efa masaka hojinjaina ny vokatra. Efa mahazo karama sahady ny mpijinja sady efa mamory ny vokatra ho amin'ny fiainana mandrakizay, mba hiara-miravoravo ny mpamafy sy ny mpijinja."—Jaona 4:35, 36.

Mety ho efa fantatr'i Jesosy ny vokatry ny nihaonany tamin'ilay vehivavy samaritanina. Maro tamin'ny olona tao Sykara no nino azy noho ny fitantaran'ilay vehivavy, izay nilaza hoe: "Nolazainy tamiko daholo ny zava-drehetra nataoko." (Jaona 4:39) Rehefa tonga teo amin'ilay fantsakana àry ny olona tao Sykara, dia nangataka an'i Jesosy mba hijanona sy hiresaka bebe kokoa tamin'izy ireo. Nanaiky i Jesosy ary nijanona roa andro tao Samaria.

Nihaino an'i Jesosy ireo Samaritanina, ka maro no nino azy. Hoy izy ireo tamin'ilay vehivavy: "Tsy noho ny filazanao intsony izao no inoanay, fa ny tenanay mihitsy no nandre, ka fantatray fa io tokoa no mpamonjy an'izao tontolo izao." (Jaona 4:42) Afaka manahaka an'io vehivavy samaritanina io isika rehefa mitory momba an'i Kristy. Miezaka hanaitra ny sain'ny mpihaino antsika isika, mba hahatonga azy ireo ho vonona handray fanazavana bebe kokoa.

Tadidio fa efa-bolana talohan'ny fijinjana tamin'izay. Toa fijinjana orza ilay izy, ary rehefa lohataona izany no natao tany amin'io faritra io. Mety ho Novambra na Desambra àry tamin'izay. Midika izany fa nijanona valo volana teo ho eo tao Jodia i Jesosy sy ny mpianany taorian'ny Paska taona 30, ka nampianatra sy nanao batisa. Nianavaratra izy ireo taorian'izay fa hody tany Galilia. Inona no niandry azy ireo tany?

◊ Inona no neken'ilay vehivavy samaritanina momba an'i Jesosy, ary inona no nataony vokatr'izany?

◊ Inona no nataon'i Jesosy sy ny mpianany taorian'ny Paska taona 30?





FIZARANA

# 3

# NY FANOMPOANA LEHIBE NATAON'I JESOSY TANY GALILIA

'NANOMBOKA NITORY I JESOSY HOE: "MIBEBAHA IANAREO, FA EFA MANAKAIKY NY FANJAKAN'NY LANITRA."'
—MATIO 4:17

# FAHAGAGANA FAHAROA TAO KANA

MARKA 1:14, 15 LIOKA 4:14, 15 JAONA 4:43-54

Nody tany Galilia, faritra niaviany, i Jesosy rehefa avy nijanona roa andro tao Samaria. Efa nitory elaela tany Jodia izy, nefa tsy nody mba hiala sasatra. Vao mainka aza izy nitory bebe kokoa tao amin'ilay faritra nahalehibe azy. Angamba izy tsy nanantena hoe handray azy tsara ny olona, satria efa nilaza izy fa "tsy hajaina ny mpaminany raha ao amin'ny taniny." (Jaona 4:44) Tsy niaraka taminy ny mpianany fa nody tany amin'ny fianakaviany sy niverina tamin'ny asany.

Inona no hafatra notorin'i Jesosy? "Efa manakaiky ny fanjakan'Andriamanitra. Mibebaha ianareo, ka minoa ny vaovao tsara." (Marka 1:15) Ahoana no fihetsiky ny olona tao Galilia? Maro no nandray tsara an'i Jesosy sy nanome voninahitra azy. Tsy noho ny hafatra notoriny fotsiny anefa izany. Nisy tamin'izy ireo mantsy tany Jerosalema tamin'ny Paska, volana vitsivitsy talohan'izay, ka nahita ny famantarana mahagaga nataon'i Jesosy.—Jaona 2:23.

Taiza tao Galilia i Jesosy no nanomboka nitory? Tao Kana angamba. Tao izy no nanova ny rano ho divay tamin'ny fampakaram-bady iray. Ren'i Jesosy tamin'ity indray mandeha ity fa nisy zazalahy iray narary efa ho faty. Tsy iza izany fa ny zanaky ny tandapan'i Heroda Antipasy, ilay mpanjaka nanapaka ny lohan'i Jaona Mpanao Batisa tatỳ aoriana. Ren'io tandapa io fa niala tany Jodia i Jesosy ary tonga tao Kana. Te hahita an'i Jesosy izy ka niainga tany aminy tany Kapernaomy mba ho any Kana. Nalahelo be izy niteny tamin'i Jesosy hoe: "Midìna re, Tompo ô, dieny mbola tsy maty ny zanako."—Jaona 4:49.

Gaga angamba ilay tandapa rehefa namaly i Jesosy hoe: "Mandehana fa velona ny zanakao." (Jaona 4:50) Nino an'i Jesosy izy ka niverina nody. Nisy mpanompony nifanena taminy teny an-dalana. Nihazakazaka hilaza vaovao tsara taminy izy ireo. Velona tokoa ilay zanany sady salama! Tiany ho fantatra tsara izay nitranga ka nanontany izy hoe: 'Oviana izy no sitrana?'

Hoy izy ireo: "Omaly tamin'ny ora fahafito no nialan'ny fanaviana taminy."—Jaona 4:52.

Fantatr'ilay tandapa fa tamin'izay fotoana izay mihitsy i Jesosy no niteny hoe: "Velona ny zanakao." Lasa mpianatr'i Kristy io mpanankarena nanana mpanompo maro io sy ny ankohonany manontolo.

Indroa àry i Jesosy no nanao fahagagana tao Kana. Nanova rano ho divay izy tao, ary nanasitrana zazalahy tany amin'ny 26 kilaometatra teo ho eo. Tsy ireo ihany ny fahagagana nataony. Miavaka anefa io fanasitranana io satria izy io no nahalalana fa niverina tao Galilia izy. Hita tokoa fa mpaminany nankasitrahan'Andriamanitra izy. Hohajaina foana ve anefa io mpaminany io "ao amin'ny taniny"?

Niharihary ny valin'izany rehefa tonga tao Nazareta, tanàna niaviany, i Jesosy. Inona no niandry azy tao?

---

◊ Inona no hafatra notorin'i Jesosy tany Galilia, ary ahoana no nandraisan'ny olona azy?

◊ Inona no fahagagana nataon'i Jesosy rehefa niverina tao Kana izy, ary inona no vokatr'izany?

◊ Inona no nampiavaka ny fomba nanasitranan'i Jesosy an'ilay zazalahy tao Kapernaomy?

# 20

• NITORY I JESOSY HOE "EFA MANAKAIKY NY FANJAKAN'ANDRIAMANITRA"
• NANASITRANA ZAZALAHY IRAY TANY LAVITRA I JESOSY



# TAO AMIN'NY SYNAGOGA TANY NAZARETA

LIOKA 4:16-31

Azo inoana fa faly be ny mponin'i Nazareta. Mpandrafitra i Jesosy talohan'ny nialany tao mba hataon'i Jaona batisa, herintaona mahery izay. Mpanao fahagagana anefa no ahalalana azy izao, ka may ny hahita azy hanao fahagagana ny olona.

Vao mainka tsy andrin'izy ireo izany, rehefa tonga tao amin'ny synagoga toy ny fanaony i Jesosy. Nisy vavaka sy famakiana ny boky nosoratan'i Mosesy tao, araka ny efa fanao "tao amin'ny synagoga isan-tsabata." (Asan'ny Apostoly 15:21) Novakina koa ny ampahany amin'ny bokin'ireo mpaminany. Tsy vaovao tamin'i Jesosy angamba ny olona maro tao, rehefa nitsangana hamaky teny izy. Efa taona maro mantsy izy no mpankao amin' ny synagoga. Natolotra azy ny horonam-bokin'i Isaia mpaminany, ka notadiaviny ilay andininy miresaka an'ilay Voahosotry ny fanahin'i Jehovah. Ao amin'ny Isaia 61:1, 2 izy io ankehitriny.

Novakin'i Jesosy tao fa hitory fahafahana amin' ny babo io Voahosotra io, hanambara fa hampahiratina ny jamba, ary hilaza fa ho avy ny taona anehoan'i Jehovah fankasitrahana. Naverin'i Jesosy tamin'ny mpikarakara ilay horonana avy eo ary nipetraka izy. Nibanjina azy ny rehetra. Niteny izy avy eo ary angamba elaela. Nilaza izao teny miavaka izao izy: "Androany no tanteraka izany andinin-teny vao renareo izany."—Lioka 4:21.

Gaga ny olona "noho ny teny mahafinaritra naloaky ny vavany" ka nifampiresaka hoe: "Tsy zanak'i Josefa ve io e?" Fantatr'i Jesosy anefa fa te hahita azy hanao fahagagana izy ireo, toy izay efa reny. Hoy àry izy: "Hampiharinareo amiko tokoa izao ilay fitenenana hoe: 'Dokotera ô, sitrano aloha ny tenanao', ka hilaza amiko ianareo hoe: 'Efa renay izay efa nataonao tany Kapernaomy ka ataovy eto amin'ny taninao koa izany.' " (Lioka 4:22, 23) Inona no nety ho noeritreretin'ireo mpiray tanàna tamin'i Jesosy taloha ireo? Angamba hoe tokony ho tao amin'ny tanàna niaviany i Jesosy no nanasitrana voalohany, mba hahasoa ny mpiray tanindrazana taminy. Nety ho nihevitra àry izy ireo fa nataon'i Jesosy tsinontsinona.

Fantatr'i Jesosy ny tao an-tsain'izy ireo ka nitantara zava-nitranga tamin'ny lasa izy. Maro, hoy izy, ny mpitondratena teo amin'ny Israely tamin'ny andron'i Elia. Tsy nirahina tany amin'izy ireny anefa i Elia, fa tany amin'ny mpitondratena iray tsy israelita tany Zarefata, tsy lavitra an'i Sidona. Nanao fahagagana namonjy aina izy tany. (1 Mpanjaka 17:8-16) Maro koa, hoy izy, ny boka teo amin'ny Israely tamin'ny andron'i Elisa mpaminany, nefa i Namàna Syrianina no nositraniny.—2 Mpanjaka 5: 1, 8-14.

Nety ho nieritreritra ny mpiray tanindrazana tamin'i Jesosy fa nanaratsy azy ireo ny fampitahana nataon'i Jesosy, satria nampiharihary fa tia tena sy tsy manam-pinoana izy ireo. Tezitra be àry ireo tao amin'ny synagoga, ka nitsangana ary nandroaka an'i Jesosy tany ivelan'ny tanàna. Nentin' izy ireo teny an-tampon'ilay tendrombohitra nisy an'i Nazareta izy ary saika hazerany teo amin'ny tevana. Afaka anefa izy ary tsy naninona. Nidina tany Kapernaomy, tany amin'ny morony avaratrandrefan'ny Ranomasin'i Galilia, izy avy eo.

- ◊ Nahoana no faly be ny mponin'i Nazareta, tanàna niavian'i Jesosy?
- ◊ Ahoana no nandraisan'ny olona ny tenin'i Jesosy? Inona anefa no tena nampahatezitra azy ireo avy eo?
- ◊ Inona no saika nataon'ny mponin'i Nazareta tamin'i Jesosy?



# HO LASA MPANARATO OLONA NY MPIANATRA EFATRA

MATIO 4:13-22   MARKA 1:16-20   LIOKA 5:1-11



Nankany Kapernaomy i Jesosy rehefa saika novonoin'ny mponin'i Nazareta. Teo akaiky teo ny Ranomasin'i Galilia, izay antsoina koa hoe "farihin'i Genesareta." (Lioka 5:1) Tanteraka àry ilay faminanian'i Isaia hoe hahita hazavana lehibe ny mponin'i Galilia, eny amoron-dranomasina.—Isaia 9:1, 2.

Mbola nitory foana i Jesosy tao Galilia hoe: "Efa manakaiky ny fanjakan'ny lanitra." (Matio 4:17) Nahita ny mpianany efa-dahy izy tao. Efa niaraka taminy izy ireo, saingy niverina nanarato indray rehefa avy tany Jodia niaraka tamin'i Jesosy. (Jaona 1:35-42) Tokony hiaraka aminy foana anefa izy ireo izao mba hampiofaniny. Izy ireo mantsy no hanohy ny fitoriana rehefa tsy ho eo intsony izy.

Nankeny amoron-dranomasina i Jesosy, ary nahita an'i Simona Petera sy Andrea rahalahiny ary ny naman'izy ireo nanasa harato. Nanatona i Jesosy, niakatra tao amin'ny sambokelin'i Petera, ary nangataka azy hihataka kely amin'ny morony. Nipetraka i Jesosy avy eo ary nampianariny momba an'ilay Fanjakana ny vahoaka teo amoron-drano.

Hoy i Jesosy avy eo tamin'i Petera: "Mirosoa any amin'ny lalina, ary alatsaho ny haratonareo hahazoanareo trondro!" Hoy anefa i Petera: "Mpampianatra ô, efa niasa mafy nandritra ny alina manontolo izahay, saingy tsy nahazo mihitsy. Noho ny teninao anefa, dia halatsako ihany ny harato." —Lioka 5:4, 5.

Nalatsak'izy ireo ny haratony ary nahazo trondro be dia be izy ireo ka rovitra ny harato. Nila mpanampy izy ireo, ka nanao fihetsika mba hiantsoana haingana ny namany teny amin'ny sambokely hafa. Vetivety dia feno trondro ireo sambokely roa ka nanomboka nilentika. Nandohalika teo anoloan'i Jesosy i Petera rehefa nahita izany ka nilaza hoe: "Tompo ô, mialà amiko fa mpanota aho." Hoy i Jesosy: "Aza matahotra, fa manomboka izao dia olona velona no ho azonao."—Lioka 5:8, 10.



Hoy koa izy tamin'i Petera sy Andrea: "Andao hanaraka ahy, fa hataoko mpanarato olona ianareo." (Matio 4:19) Notaominy koa ireo mpanarato hafa, dia i Jakoba sy Jaona, zanak'i Zebedio. Tsy nisalasala izy ireo fa tonga dia nanaraka azy. Samy namela ny fanaratoana izy efa-dahy ireo. Izy ireo no voalohany niaraka tamin'i Jesosy foana.

◇ Inona no asan'ireo lehilahy nantsoin'i Jesosy hanara-dia azy foana, ary iza avy izy ireo?
◇ Inona no fahagagana nampahatahotra an'i Petera?
◇ Ho lasa mpanarato inona indray izao izy efa-dahy mpianatr'i Jesosy?

# NANAO FAHAGAGANA TAO KAPERNAOMY I JESOSY

MATIO 8:14-17 MARKA 1:21-34 LIOKA 4:31-41

Nasain'i Jesosy hanarato olona ny mpianany efatra, dia i Petera, Andrea, Jakoba, ary Jaona. Niaraka nankany amin'ny synagoga iray tany Kapernaomy izy ireo taorian'izay. Sabata ny andro ary nampianatra tao i Jesosy. Talanjona noho ny fomba fampianarany indray ny olona. Nampianatra toy izay manana fahefana mantsy izy, fa tsy toy ny mpanora-dalàna.

Nisy lehilahy nisy demonia tao amin'ny synagoga. Niantsoantso izy io hoe: "Misy zavatra iombonanay aminao angaha moa, ry Jesosy avy any Nazareta? Tonga mba handringana anay ve ianao? Fantatro tsara ange fa ianao Ilay Masin' Andriamanitra e!" Niteny mafy an'ilay demonia nifehy an'io lehilahy io i Jesosy, nanao hoe: "Mangìna, ary mivoaha aminy!"—Marka 1:24, 25.

Nanjera an'ilay lehilahy tamin'ny tany ilay fanahy ratsy sady nampifanintontsintona azy. Nikiakiaka mafy izy avy eo ary nivoaka tamin'ilay lehilahy, nefa "tsy nandratra azy." (Lioka 4:35) Gaga ny olona nanodidina an'ilay lehilahy ka niteny hoe: "Fa ahoana izao? ... Na ny fanahy maloto aza baikoiny sady ananany fahefana, ka mankatò azy." (Marka 1:27) Tsy mahagaga raha niely eran'i Galilia ny resaka momba an'io zavanitranga miavaka io.

Nankany an-tranon'i Simona na Petera i Jesosy sy ny mpianany, rehefa niala tao amin'ny synagoga. Tao ny rafozambavin'i Petera ary nanavy be. Niangavy an'i Jesosy izy ireo mba hanasitrana azy. Nanatona an-dravehivavy àry i Jesosy, nandray ny tanany ary nanarina azy. Sitrana avy hatrany izy ka nikarakara an'i Jesosy sy ny mpianany. Nahandro sakafo ho azy ireo angamba izy.

Maro no nitondra marary tao an-tranon'i Petera, rehefa hilentika ny masoandro. Hoatran'ny hoe ny iray tanàna mihitsy no nitangorona teo am-baravarany. Nahoana? Nitady mpanasitrana izy ireo. "Izay rehetra nanana olona mararin'ny aretina samihafa dia nitondra ny marariny" tany amin'i Jesosy. "Nametra-tanana tamin'ny tsirairay taminy izy mba hanasitranany azy." (Lioka 4:40) Nositraniny daholo ny aretina nentina teo aminy, araka ny efa voalazan'ny faminaniana. (Isaia 53:4) Namoaka demonia mihitsy aza izy. Rehefa nivoaka ireny demonia ireny dia niantso mafy hoe: "Ianao no Zanak'Andriamanitra." (Lioka 4:41) Fantatr'izy ireny fa i Jesosy no Kristy. Tsy tian'i Jesosy hiseho ho manompo an'Andriamanitra anefa izy ireo, ka noteneniny mafy mba hangina.

**OLONA NISY DEMONIA** Rehefa niditra tao amin'ny olona ny demonia iray na maromaro, dia nampijaly azy mafy. (Matio 17:14-18) Sitrana sy salama saina indray anefa ilay olona, rehefa niala ilay demonia. Imbetsaka i Jesosy no nampiasa ny heriny mba hamoahana demonia. Nanampy azy ny fanahy masin'Andriamanitra.—Lioka 8:39; 11:20.

- ◇ Inona no nitranga tao amin'ny synagoga iray tany Kapernaomy, indray Sabata?
- ◇ Nankaiza i Jesosy rehefa niala tao amin'ny synagoga, ary inona no nataony tao?
- ◇ Inona no nataon'ny olona tao an-tanàna rehefa nahita ny nataon'i Jesosy izy ireo?

# 23

• NAMOAKA DEMONIA I JESOSY
• NOSITRANINA NY RAFOZAMBAVIN'I PETERA



# NITORY NANERANA AN'I GALILIA I JESOSY

MATIO 4:23-25 MARKA 1:35-39 LIOKA 4:42, 43

Be atao i Jesosy sy ny mpianany efa-dahy tao Kapernaomy. Nentin'ny mponina nankeo amin'i Jesosy ny marary mba hositraniny, tamin'ny hariva. Zara raha afaka nitokana izy.

Nifoha maraina be i Jesosy ny ampitson'iny, raha mbola maizina ny andro. Nankany amin'ny toerana mitokana izy mba hivavaka tamin'ny Rainy. Fotoana fohy ihany anefa izy no afaka nijanona irery tany. Rehefa hitan'i "Simona sy ireo niaraka taminy" mantsy fa tsy teo izy, dia nandeha nitady azy izy ireo. I Petera angamba no nitarika azy ireo satria vahininy i Jesosy.—Marka 1:36; Lioka 4:38.

Hoy i Petera rehefa hitan'izy ireo i Jesosy: "Mitady anao ny olona rehetra." (Marka 1:37) Tsy mahagaga raha tsy tian'ny mponin'i Kapernaomy handeha i Jesosy. Tena tian'ny olona ny zavatra nataony, ka nataon'izy ireo izay "tsy hialany teo amin'izy ireo." (Lioka 4:42) Ny hanao fanasitranana mahagaga ve anefa no tena nahatongavan' i Jesosy tetỳ an-tany? Tao amin'io tanàna io ihany ve izy no tokony hanao ny fanompoany? Inona no nolazainy momba izany?

Hoy i Jesosy tamin'ny mpianany: "Andao isika ho any an-toeran-kafa, ho any amin'ny tanàna manodidina, mba hitoriako any koa, fa izany no nahatongavako." Nilaza tamin'ny olona te hitazona azy mihitsy izy hoe: "Tsy maintsy mitory ny vaovao tsaran'ny fanjakan'Andriamanitra any amin'ny tanàna hafa koa aho, fa izany no nanirahana ahy."—Marka 1:38; Lioka 4:43.

Ny hitory momba ny Fanjakan'Andriamanitra no tena nahatongavan'i Jesosy tetỳ an-tany. Hanamasina ny anaran'ny Rainy io Fanjakana io ary hamaha tanteraka ny olana mahazo ny olombelona. Noporofoin'i Jesosy tamin'ireo fanasitranana mahagaga nataony fa Andriamanitra no naniraka azy. Nanao fahagagana koa i Mosesy taonjato maro talohan'izay, mba hanaporofoana fa irak' Andriamanitra izy.—Eksodosy 4:1-9, 30, 31.

Niala tao Kapernaomy àry i Jesosy mba hitory tany amin'ny tanàna hafa. Niaraka taminy ny mpianany efatra, dia i Petera sy Andrea rahalahiny, ary i Jaona sy Jakoba rahalahiny. Notaomin'i Jesosy hitety tanàna mba hiara-mitory aminy izy ireo, herinandro talohan'izay. Izy ireo no voalohany nanao izany.

Tena nahomby ny fitorian'i Jesosy sy ny mpianany efatra tao Galilia, ka niely hatraiza hatraiza ny momba an'i Jesosy. "Niely nanerana an'i Syria ny lazany", izany hoe hatrany amin'ilay faritra nisy an'ireo tanàna folo nantsoina hoe Dekapolisy ka hatrany ampitan'ny Reniranon'i Jordana. (Matio 4:24, 25) Nisy vahoaka be nanaraka an'i Jesosy sy ny mpianany avy tany amin'ireo faritra ireo sy avy tany Jodia. Maro no nitondra marary tany amin'i Jesosy mba hositraniny. Nanome fahafaham-po azy ireo izy, ka nanasitrana ny marary sy namoaka demonia.

---

- ◊ Inona no nataon'i Jesosy vao maraina be, ny ampitson'ilay niasany mafy tao Kapernaomy?
- ◊ Nahoana i Jesosy no nirahina tetỳ an-tany, ary nahoana izy no nanao fahagagana?
- ◊ Iza avy no niara-nitory tamin'i Jesosy tany Galilia, ary nanao ahoana ny fihetsiky ny olona rehefa nahita ny zavatra nataony?

# 24

• NITETY AN'I GALILIA NIARAKA TAMIN'NY MPIANANY EFATRA I JESOSY
• LASA BE MPAHALALA NY FITORIANA SY NY FAHAGAGANA NATAON'I JESOSY



## NANGORAKA AN'ILAY BOKA I JESOSY KA NANASITRANA AZY

MATIO 8:1-4   MARKA 1:40-45   LIOKA 5:12-16



Niely be ny vaovao momba ny zava-mahagaga nataon'i Jesosy, tamin'izy sy ireo mpianany efatra nitory tany amin'ny "synagoga nanerana an' i Galilia manontolo." (Marka 1:39) Tonga hatrany amin'ny tanàna iray nisy lehilahy boka izany vaovao izany. "Rakotry ny habokana" ilay lehilahy, hoy i Lioka dokotera. (Lioka 5:12) Manimba tsikelikely ny faritra samihafa amin'ny vatana io aretina io rehefa mitatra.

Nampalahelo be io boka io ary tsy maintsy nitoka-monina. Nila niantsoantso koa izy hoe: "Maloto e! Maloto e!" Amin'izay ny olona tsy hanatona azy akaiky loatra ka mety hifindran'ny aretiny. (Levitikosy 13:45, 46) Inona anefa no nataon'ilay boka? Nanatona an'i Jesosy izy, niankohoka teo anatrehany, ary nitalaho hoe: "Tompo ô, raha mba sitrakao fotsiny mantsy ny hanadio ahy, dia ho vitanao izany."—Matio 8:2.

Tena nino an'i Jesosy ilay lehilahy! Tsy maintsy ho nampalahelo be ny nijery azy, noho ilay aretina. Ahoana no nataon'i Jesosy? Inona no ho nataonao raha ianao no teo? Nangoraka an' ilay lehilahy i Jesosy ka nanatsotra ny tanany sy nikasika azy, ary niteny hoe: "Sitrako tokoa. Madiova ianao." (Matio 8:3) Toa tsy nampino izay nitranga: Sitrana avy hatrany ilay boka.

Tianao ve raha manana mpanjaka mahay mangoraka sy mahavita zavatra toa an'i Jesosy ianao? Manome toky antsika ny fomba nanasitranany an'ilay boka fa ho tanteraka ity faminaniana ity, rehefa ho Mpanjakan'ny tany manontolo izy: "Hangoraka ny olona ambany sy ny mahantra izy, ary hamonjy ny ain'ny mahantra." (Salamo 72:13) Hotanterahin'i Jesosy amin'izay ny faniriany hanampy an'ireo *rehetra* mijaly.

Tadidinao ve fa tena nahafaly ny olona ny fanompoan'i Jesosy, na dia talohan'ny nanasitranany an'io boka io aza? Handre momba an'io fahagagana io koa izao ny olona. Tsy tian'i Jesosy hino azy noho ny zavatra reny fotsiny anefa ny olona. Fantany ilay faminaniana hoe "tsy hataony re eny an-dalana ny feony", izany hoe tsy hampitolagaga. (Isaia 42:1, 2) Hoy àry izy tamin' ilay lehilahy nositraniny: "Tandremo sao milazalaza amin'olona, fa mandehana miseho any amin'ny mpisorona, ka atolory ny fanomezana nandidian'i Mosesy."—Matio 8:4.

Azonao an-tsaina angamba anefa hoe faly loatra ilay lehilahy sitrana ka tsy nahatam-bava. Lasa izy ary nampiely an'ilay vaovao tetsy sy teroa. Vao mainka àry ny olona te hahalala an'izay nitranga. Lasa tsy afaka nipoipoitra tao an-tanàna i Jesosy tamin'ny farany, ka nijanona kelikely tany amin'ny toerana mitokana. Tonga tany aminy ihany anefa ny olona avy any amin'ny faritra rehetra, mba hampianariny sy hositraniny.

---

◇ Inona no vokatry ny habokana eo amin'ny olona iray, ary inona no tsy maintsy nataon'ny olona boka?

◇ Inona no nangatahin'ilay boka tamin'i Jesosy? Inona no ianarantsika avy amin'izay nataon'i Jesosy taminy?

◇ Inona no nataon'ilay boka rehefa avy nositranin'i Jesosy izy ary inona no vokatr'izany?

# “VOAVELA NY HELOKAO”

MATIO 9:1-8  MARKA 2:1-12  LIOKA 5:17-26



Nandre ny momba an'i Jesosy izao ny olona tany amin'ny faritra maro. Olona maro avy any amin'ny faritra mitokana no tonga hihaino ny fampianarany sy hijery ny fahagagana ataony. Niverina tao Kapernaomy i Jesosy rehefa afaka andro vitsivitsy, satria tao no toerana nandaminany ny fanompoany. Vetivety dia ren'ny olona fa tonga tao amin'io tanàna eo amoron'ny Ranomasin'i Galilia io izy. Maro àry no tonga tao amin'ny trano nisy azy. Fariseo sy mpampianatra Lalàna ny sasany ary avy any amin'ny faritra rehetra tany Galilia sy Jodia, anisan'izany i Jerosalema.

"Maro be ny olona tafangona tao, ka tsy nisy toerana intsony na teo akaikin'ny varavarana aza. Dia nanomboka nitory ny vaovao tsara tamin'ny olona izy." (Marka 2:2) Nisy zavatra tena niavaka taorian' izay. Hita amin'izy io fa manana hery hanesorana an'izay mahatonga ny fijaliana i Jesosy sady afaka manasitrana an'izay rehetra tiany hositranina.

Nisy lehilahy efatra tonga nitondra lehilahy malemy teo ambony fandriana, raha mbola nampianatra tao amin'ilay efitra feno olona i Jesosy. Tian' izy ireo hositranin'i Jesosy ilay namany. Tsy afaka "nitondra azy teo amin'i Jesosy" anefa izy ireo, satria feno olona ilay trano. (Marka 2:4) Angamba izy ireo kivy be. Nianika tany amin'ny tafo àry izy ireo, noloahany ny tafo, ary nampidininy teo ny fandriana nisy an'ilay lehilahy.

Tezitra ve i Jesosy satria voahelingelina? Tsia. Nampiaiky azy ny finoan'izy ireo ary hoy izy tamin' ilay lehilahy malemy: "Voavela ny helokao." (Matio 9:2) Tena afaka mamela heloka ve anefa i Jesosy? Tsy nanaiky an'izany ny mpanora-dalàna sy ny Fariseo ka nieritreritra hoe: "Nahoana ilehio no miteny toy izany? Manevateva an'Andriamanitra izy. Fa iza no afaka mamela heloka afa-tsy Andriamanitra ihany?"—Marka 2:7.

Fantatr'i Jesosy ny tao an-tsain'izy ireo ka hoy izy: "Nahoana ianareo no mieritreritra izany ao am-ponareo? Inona no mora kokoa: Ny milaza amin'ilay malemy hoe: 'Voavela ny helokao', sa ny milaza hoe: 'Mitsangàna ka batao ny fandriananao ary mandehana?' " (Marka 2:8, 9) Afaka namela ny helok'ilay lehilahy tokoa i Jesosy, noho ilay sorona mbola hataony.

Nasehon'i Jesosy tamin'ny vahoaka sy ireo nanakiana azy avy eo fa manana fahefana hamela heloka eto an-tany izy. Hoy izy tamin'ilay lehilahy malemy: "Mitsangàna, batao ny fandriananao, ary modia any an-tranonao." Tonga dia nitsangana ilay lehilahy ary lasa nivoaka nitondra ny fandriany, teo imason'ny olona rehetra. Gaga ny olona ka nidera an'Andriamanitra sady niteny hoe: "Mbola tsy nahita ny toy izao mihitsy isika."—Marka 2: 11, 12.

Mariho fa nampifandraisin'i Jesosy ny fahotana sy ny aretina, ary ny famelan-keloka sy ny fahasalamana. Milaza ny Baiboly fa nanota i Adama razambentsika ary nandova ny vokatry ny fahotana isika rehetra, ka marary sy maty. Hamela ny helok'izay rehetra tia sy manompo an'Andriamanitra anefa i Jesosy, rehefa hitondra ny Fanjakan' Andriamanitra. Tsy hisy aretina intsony aorian' izay.—Romanina 5:12, 18, 19.

---

◊ Inona no nahatonga an'i Jesosy hanasitrana an'ilay lehilahy malemy tany Kapernaomy?
◊ Ahoana no nahatongavan'ilay lehilahy teo amin'i Jesosy?
◊ Inona no ifandraisan'ny ota sy ny aretina, araka io tantara io? Manantena inona isika noho izany?

# NIANTSO AN'I MATIO I JESOSY

MATIO 9:9-13   MARKA 2:13-17   LIOKA 5:27-32

Nijanona kelikely tao Kapernaomy eo amoron'ny Ranomasin'i Galilia i Jesosy rehefa avy nanasitrana an'ilay lehilahy malemy. Tonga teo aminy indray ny vahoaka ary nanomboka nampianatra azy ireo izy. Rehefa niala teo izy, dia hitany nipetraka teo amin'ny birao famorian-ketra i Matio na Levy, ka hoy izy taminy: "Andao hanaradia ahy." (Matio 9:9) Fanasana miavaka tokoa izany!

Efa nahafantapantatra momba ny fampianaran'i Jesosy sy ny asa nataony tao Kapernaomy angamba i Matio, toa an-dry Petera, Andrea, Jakoba, ary Jaona. Nanao toa azy ireo i Matio, satria 'nitsangana avy hatrany ka nanaraka an'i Jesosy', araka ny nolazainy tao amin'ny Filazantsarany. (Matio 9:9) Niala tsy ho mpamory hetra izy ary lasa mpianatr'i Jesosy.

Nanao fanasam-be i Matio tatỳ aoriana, angamba ho fankasitrahana ny nitaoman'i Jesosy azy ho mpianany. Iza no nasainy, ankoatra an'i Jesosy sy ny mpianany? Nanasa mpamory hetra maro niara-niasa taminy taloha izy. Izy ireny no nanangona ny hetra ho an'ny Fanjakana Romanina, izay halan'ny olona. Nakana hetra ny sambo tonga tany an-tseranana, ny mpanao dia lavitra nandalo tamin'ny lalambe tao an-tanàna, ary ny entana avy tany an-toeran-kafa. Ahoana no niheveran'ny ankamaroan'ny Jiosy ny mpamory hetra? Tsy tian'ny olona izy ireny satria matetika no nitaky vola mihoatra noho ny tokony ho izy. Nisy "mpanota" koa tao amin'ilay fanasana, izany hoe olona malaza ho mpanao ratsy.—Lioka 7:37-39.

Nahita an'i Jesosy niaraka tamin'ny olona toy ireny tao amin'ilay fanasana ireo Fariseo nihevitena ho marina, ka niteny tamin'ny mpianatr'i Jesosy hoe: "Fa nahoana ny mpampianatra anareo no miara-mihinana amin'ny mpamory hetra sy ny mpanota?" (Matio 9:11) Ren'i Jesosy izany ka hoy izy: "Tsy ny olona salama no mila dokotera, fa ny marary. Mandehana àry, ka ianaro ny dikan'ny hoe: 'Famindram-po no sitrako, fa tsy sorona.' Fa tsy tonga hiantso ny marina aho, fa ny mpanota." (Matio 9:12, 13; Hosea 6:6) Nantsoin'ny Fariseo hoe "mpampianatra" i Jesosy nefa tsy tena neken'izy ireo izany. Afaka nianatra tamin'i Jesosy momba ny atao hoe marina anefa izy ireo.

Toa nasain'i Matio ireo mpamory hetra sy mpanota, satria tiany handre an'i Jesosy sy hampiany. Maro tamin'izy ireo no lasa "mpanaradia an'i Jesosy." (Marka 2:15) Te hanampy azy ireo hifandray tsara amin'Andriamanitra i Jesosy. Tsy nanambany azy ireo izy, toa an'ireo Fariseo nihevi-tena ho marina. Nangoraka sy namindra fo kosa izy. Afaka nanampy an'izay tsy nifandray tsara tamin'Andriamanitra izy, toy ny dokotera afaka manasitrana marary.

Nahoana i Jesosy no namindra fo tamin'ny mpamory hetra sy mpanota? Tsy hoe tsy niraharaha ny fahotan'izy ireo izy fa te hampiseho fitiavana, toy ny nataony tamin'ireo marary nositraniny. Tadidio, ohatra, ilay izy nangoraka sy nikasika an'ilay lehilahy boka sady niteny hoe: "Sitrako tokoa. Madiova ianao." (Matio 8:3) Tokony hamindra fo koa isika, ka hanampy an'ireo mila fanampiana. Ny hanampy azy ireo hifandray tsara amin'Andriamanitra no tena tokony hataontsika.

---

- ◇ Inona no nataon'i Matio tamin'izy hitan'i Jesosy?
- ◇ Nahoana no halan'ny Jiosy ny mpamory hetra?
- ◇ Nahoana i Jesosy no niaraka tamin'ny mpanota?

# 27

• NIANTSO AN'I MATIO MPAMORY HETRA I JESOSY
• NIARAKA TAMIN'NY MPANOTA I KRISTY MBA HANAMPIANA AZY IREO



# NAHOANA NO TSY NIFADY HANINA NY MPIANATR'I JESOSY?

MATIO 9:14-17   MARKA 2:18-22   LIOKA 5:33-39

Nigadra i Jaona Mpanao Batisa taoriana kelin'ny nankalazan'i Jesosy ny Paska taona 30. Tiany ho lasa mpanara-dia an'i Jesosy ny mpianany. Tsy izy rehetra anefa no nanao izany.

Efa akaiky ny Paska taona 31 tamin'izay. Nisy mpianatr'i Jaona nanontany an'i Jesosy hoe: "Nahoana izahay sy ny Fariseo no mifady hanina matetika, fa ny mpianatrao kosa tsy mba mifady?" (Matio 9:14) Fombafomba ara-pivavahana ny fifadian-kanina nataon'ny Fariseo. Nivavaka toy izao ny Fariseo nihevi-tena ho marina tao amin'ny fanoharan'i Jesosy: 'Andriamanitra ô, misaotra anao aho fa tsy mba toy ny olon-kafa rehetra. Mifady hanina indroa isan-kerinandro aho.' (Lioka 18:11, 12) Nety ho nifady hanina ny mpianatr'i Jaona satria nanao fombafomba, na nalahelo an'i Jaona nigadra. Gaga izy ireo hoe tsy nifady hanina ny mpianatr'i Jesosy. Noheveriny fa tokony hampiseho ny alahelony an'i Jaona toy ny hafa angamba izy ireo.

Nilaza an'izao ohatra izao àry i Jesosy: "Misy antony tokony hampalahelo ny naman'ny mpampakatra ve, raha mbola eo aminy ny mpampakatra? Ho avy anefa ny andro hanesorana ny mpampakatra tsy ho eo aminy, ka amin'izany andro izany izy ireo vao hifady hanina."—Matio 9:15.

Noharin'i Jaona tamin'ny mpampakatra i Jesosy. (Jaona 3:28, 29) Tsy nifady hanina àry ny mpianatr'i Jesosy raha mbola teo i Jesosy. Halahelo sy tsy te hihinan-kanina kosa izy ireo rehefa maty izy. Hiova anefa izany rehefa hatsangana amin'ny maty izy. Tsy halahelo intsony izy ireo ka tsy hila hifady hanina.

Nilaza fanoharana roa i Jesosy avy eo. Hoy izy: "Tsy misy manampina akanjo tonta amin'ny tapadamba vaovao. Hisintona be mantsy ilay tapadamba, ka handrirotra an'ilay akanjo ary vao mainka hitatra ny rovitra. Ary tsy misy olona manisy divay vaovao ao anaty siny hoditra efa tonta. Raha izany mantsy, dia ho vaky ilay siny hoditra ka ho raraka ny divay ary ho simba ny siny. Fa atao ao anaty siny hoditra vaovao ny divay vaovao." (Matio 9:16, 17) Inona no tiany hambara?

Tian'i Jesosy haseho an'ireo mpianatr'i Jaona fa tsy tokony hisy hanantena hoe hanaraka ny fanaon'ny Fivavahana Jiosy, toy ny fifadian-kanina, ny mpanara-dia azy. Tsy tonga hanatsara na hanohy an'io fivavahana io izy. Efa lany andro mantsy izy io sady efa hialana. Hafa mihitsy ny fivavahana nasainy narahina, fa tsy toy ny Fivavahana Jiosy izay nanantitrantitra fampianaran' olombelona. Tsy nanampina akanjo tonta tamin'ny tapa-damba vaovao izy, na nanisy divay vaovao tao anaty siny hoditra efa tonta sy henjana be.

**FANOHARANA MIFANDRAY AMIN'NY FIFADIAN-KANINA** Nampiasa fanoharana momba ny fanjairana i Jesosy. Mora azon'ny olona maro izany. Ahoana raha misy manampina akanjo na lamba tonta amin'ny tapa-damba vaovao? Rehefa sasana ilay akanjo, dia hisintona ilay tapadamba vaovao ka handrirotra an'ilay akanjo ary handrovitra azy amin'ny farany.

Natao tao anaty siny vita tamin'ny hodi-biby koa ny divay indraindray. Tsy nalefaka intsony ilay hoditra rehefa elaela. Tsy mety ny manisy divay vaovao ao anaty siny hoditra toy izany satria mety mbola hiova sy hamoaka alkaola ny divay vaovao, ka hirirotra ilay siny hoditra efa mafy ary ho triatra.





- Iza no nifady hanina tamin'ny andron'i Jesosy, ary nahoana?
- Nahoana no tsy nifady hanina ny mpianatr'i Jesosy tamin'izy mbola teo, ary inona no mety hahatonga azy ireo hifady hanina any aoriana?
- Inona no dikan'ny fanoharan'i Jesosy momba ny tapa-damba vaovao sy divay vaovao?

# AZO ATAO VE NY MANAO SOA REHEFA SABATA?

JAONA 5:1-16

Be dia be ny zava-bitan'i Jesosy nandritra ny fanompoany tao Galilia. Tsy tao Galilia ihany anefa izy no nieritreritra ny hitory. Hoy mantsy izy: "Tsy maintsy mitory ny vaovao tsaran'ny fanjakan' Andriamanitra any amin'ny tanàna hafa koa aho." Nitory "tao amin'ireo synagoga tany Jodia" àry izy. (Lioka 4:43, 44) Ara-dalàna izany satria efa lohataona tamin'izay ary efa akaiky ny fankalazana ny Paska tao Jerosalema.

Miresaka betsaka momba ny fanompoan'i Jesosy tao Galilia ny Filazantsara. Tsy dia resahina ao kosa ny fanompoany tao Jodia. Tsy nandray tsara ny ankamaroan'ny olona tao, nefa nazoto nitory sy nanao soa foana i Jesosy, na taiza na taiza.

Nankany Jerosalema, tanàna lehibe indrindra tany Jodia, i Jesosy taoriana kelin'izay mba hankalaza ny Paska taona 31. Nisy dobo lehibe nantsoina hoe Betesda teo amin'ny toerana be olona teo akaikin'ny Vavahadin'ondry. Nisy lala-mitafo teo amin'ilay dobo ary maro ny marary sy jamba ary malemy tongotra tonga teo. Nihevitra mantsy izy ireny fa ho sitrana raha mankao anatin'ilay dobo, rehefa mihetsika ny rano.

Sabata tamin'izay ary nisy lehilahy efa narary nandritra ny 38 taona hitan'i Jesosy teo amin'ilay dobo. Hoy i Jesosy: "Te ho sitrana ve ianao?" Namaly ilay lehilahy hoe: "Tsy mba misy olona mametraka ahy ao anaty dobo, tompoko, rehefa mihetsika ny rano. Fa raha vao manatona aho, dia misy olona misosoka midina eo alohako."—Jaona 5:6, 7.

Hoy àry i Jesosy: "Mitsangàna, batao ny fandriananao ka mandehana." (Jaona 5:8) Tsy maintsy ho gaga ilay lehilahy sy izay nandre izany. Nankatò an'i Jesosy izy ka sitrana avy hatrany. Nobatainy ny fandrianany ary nandeha izy.

Tsy faly ny Jiosy rehefa nahita an'ilay fahagagana, ka nanome tsiny an'ilay lehilahy hoe: "Sabata ny andro, ka tsy azo atao izao mitondra fandriana izao." Hoy ilay lehilahy: "Ka ilay nanasitrana ahy mihitsy ange no nilaza tamiko hoe: 'Batao ny fandriananao ka mandehana' e!" (Jaona 5:10, 11) Nokianin'ireo Jiosy ireo ilay olona nanasitrana tamin'ny Sabata.

Hoy izy ireo: "Iza izany olona nilaza taminao izany hoe: 'Batao ny fandriananao ka mandehana'?" Nahoana izy ireo no nanontany an'izany? Satria "efa niala teo i Jesosy" ary feno vahoaka teo. Tsy fantatr'ilay lehilahy koa ny anaran'i Jesosy. (Jaona 5:12, 13) Mbola nihaona tao amin'ny tempoly anefa izy ireo tatỳ aoriana, ka fantany ilay nanasitrana azy.

Nankany amin'ireo Jiosy nanontany azy ilay lehilahy avy eo, ary nilaza fa i Jesosy no nanasitrana azy. Nankany amin'i Jesosy àry ireo Jiosy. Tsy mba hahalalana hoe ahoana no nahavitan'i Jesosy an'ireny zava-mahagaga ireny anefa, fa mba hanakianana azy noho izy nanao soa tamin'ny Sabata. Nanomboka nanenjika azy mihitsy izy ireo.

---

- ◊ Nahoana i Jesosy no nankany Jodia ary inona foana no nataony?
- ◊ Nahoana ny olona maro no nankeo amin'ilay dobo atao hoe Betesda?
- ◊ Inona no fahagagana nataon'i Jesosy teo amin'ilay dobo, ary inona no nataon'ny Jiosy sasany rehefa nahita izany?



# NY FIFANDRAISAN'I JESOSY SY NY RAINY

JAONA 5:17-47

Nisy Jiosy nilaza fa nandika ny Sabata i Jesosy rehefa nanasitrana lehilahy iray tamin'ny Sabata. Hoy àry izy: "Ny Raiko tsy mitsahatra miasa mandraka ankehitriny, ary izaho koa tsy mitsahatra miasa."—Jaona 5:17.

Tsy voararan'ny lalàn'Andriamanitra momba ny Sabata ny zavatra nataon'i Jesosy. Nanao asa soa toa an'Andriamanitra izy rehefa nitory sy nanasitrana. Nanao zavatra tsara foana àry izy isan'andro. Vao mainka tezitra tamin'ny valin-teniny ireo nanakiana azy, ka nitady hamono azy. Nahoana?

Efa diso izy ireo rehefa nilaza hoe nandika ny Sabata i Jesosy. Mbola tezitra be koa anefa izy ireo noho i Jesosy nilaza ho Zanak'Andriamanitra. Nihevitra izy ireo fa nanevateva an'Andriamanitra izy rehefa nilaza fa Andriamanitra no Rainy. Noheverin'izy ireo fa nampitovy ny tenany tamin'i Jehovah izy tamin'izany. Tsy natahotra anefa i Jesosy ary niresaka bebe kokoa momba ny fifandraisany manokana amin'Andriamanitra. Hoy izy: "Ny Ray tia ny Zanaka ary mampiseho aminy ny zava-drehetra ataon'ny tenany."—Jaona 5:20.

Ny Ray no Mpanome aina, ary nasehony izany taloha rehefa nomeny hery hananganana ny maty ny olona sasany. Hoy i Jesosy: "Toy ny ananganan'ny Ray ny maty ka amelomany azy indray, dia toy izany koa no ameloman'ny Zanaka an'izay tiany hovelomina." (Jaona 5:21) Manome fanantenana tokoa izany! Hoy koa i Jesosy: "Izay mandre ny teniko ka mino an'ilay naniraka ahy no manana fiainana mandrakizay, ary tsy melohina izy fa efa niala tamin'ny fahafatesana ho amin'ny fiainana." (Jaona 5:24) Toy ny hoe efa nanangana ny maty àry ny Zanaka.

Mbola tsy nisy fitantarana tamin'izay hoe efa nisy olona maty novelomin'i Jesosy. Niteny tamin'ireo mpanakiana azy anefa izy fa tena hitsangana ny maty. Nilaza izy fa "ho avy ny fotoana handrenesan'izay rehetra any am-pasana ny feony, dia hivoaka izy ireo."—Jaona 5:28, 29.

Tena miavaka ny anjara asan'i Jesosy, nefa nilaza mazava izy fa mbola ambany noho ny Rainy. Hoy izy: 'Tsy manao na inona na inona araka ny nahim-poko aho. Tsy ny sitrapoko no tiako hatao, fa ny sitrapon'ilay naniraka ahy.' (Jaona 5:30) Noresahin'i Jesosy anefa ny anjara asa lehibe tanany amin'ny fanatanterahana ny fikasan'i Jehovah, ary sambany izy no niresaka an'izany ankarihary. Tsy izy irery anefa no nanambara an'izany tamin'ireo Jiosy mpanakiana azy. Nampahatsiahy azy ireo izy fa "naniraka olona tany amin'i Jaona" Mpanao Batisa izy ireo, ary "nanambara ny marina" i Jaona.—Jaona 5:33.

Roa taona teo ho eo talohan'izay, dia nilaza tamin'ny mpitondra fivavahana jiosy i Jaona fa hisy ho avy ao aoriany. "Mpaminany" sy "Kristy" izy io. (Jaona 1:20-25) Mety ho nahalala tsara an'izany ireo mpanakiana ireo. Nampahatsiahy azy ireo i Jesosy fa tena nohajain'izy ireo i Jaona, izay efa any am-ponja. Hoy izy: "Naniry hiravoravo vetivety tamin'ny fahazavany ianareo." (Jaona 5:35) Nanana porofo lehibe noho ny porofo nomen'i Jaona Mpanao Batisa anefa i Jesosy.

Hoy izy: "Izany asa izany [anisan'izany ilay fanasitranana vao nataony] no manaporofo fa nirahin'ny Ray aho. Ny Ray izay naniraka ahy mihitsy koa no nanome porofo momba ahy." (Jaona 5:36, 37) Nilaza, ohatra, Andriamanitra rehefa natao batisa i Jesosy fa Zanany izy.—Matio 3:17.

Tsy misy antony tokony handavan'ireo mpanakiana ireo an'i Jesosy mihitsy àry. Manome porofo momba azy ny Soratra Masina, izay nolazain'izy ireo fa nokarohiny. Hoy i Jesosy namarana ny teniny: "Raha nino an'i Mosesy ianareo, dia ho nino ahy, satria nanoratra momba ahy i Mosesy. Fa raha tsy mino izay nosoratany ianareo, ahoana moa no hinoanareo ny teniko?"—Jaona 5:46, 47.



◇ Nahoana i Jesosy no tsy nandika ny Sabata rehefa nanao soa tamin'io andro io?
◇ Inona no nolazain'i Jesosy fa anjara asa lehibe tanany amin'ny fanatanterahana ny fikasan'i Jehovah?
◇ Inona no manaporofo fa Zanak'Andriamanitra i Jesosy?

# NIOTY VARIMBAZAHA TAMIN'NY SABATA IZY IREO

MATIO 12:1-8   MARKA 2:23-28   LIOKA 6:1-5

Nianavaratra ho any Galilia i Jesosy sy ny mpianany. Lohataona tamin'izay ary efa nisy vary ny salohim-bary teny an-tsaha. Noana ny mpianatra ka nioty salohim-barimbazaha ary nihinana. Sabata anefa ny andro, ka nandinika azy ireo ny Fariseo.

Tadidinao ve fa nisy Jiosy niampanga an'i Jesosy ho nandika ny Sabata tao Jerosalema, ka te hamono azy? Ny nataon'ny mpianany indray izao no niampangan'ny Fariseo azy. Hoy izy ireo: "Jereo fa manao izay tsy azo atao amin'ny sabata ny mpianatrao."—Matio 12:2.

Nilaza ny Fariseo fa toy ny mijinja sy mively vary ihany ny mioty varimbazaha sy mikosoka azy amin'ny tanana mba hohanina. (Eksodosy 34:21) Hentitra loatra ny fiheveran'izy ireo ny atao hoe miasa, ka lasa nampahory ny nitandrina ny Sabata. Tokony ho fotoana nampahery sy nahafaly anefa izy io. Nahitsin'i Jesosy ny hevidison'izy ireo. Nilaza ohatra vitsivitsy izy mba hampisehoana fa tsy tian'Andriamanitra hampiharina amin'ny fomba hentitra toy izany ny lalàny momba ny Sabata.

Notantarain'i Jesosy, ohatra, fa noana i Davida sy ny namany indray mandeha, ka nankao amin'ny tranolay masina ary nihinana ny mofo aseho. Natokana hohanin'ny mpisorona ireo mofo ireo, izay efa nesorina teo anatrehan' i Jehovah ary nosoloana vaovao. Tsy meloka anefa i Davida sy ny namany tamin'io, na dia nihinana an'ireo mofo aza.—Levitikosy 24:5-9; 1 Samoela 21:1-6.



Hoy koa i Jesosy: "Sa, mbola tsy novakinareo tao amin'ny Lalàna fa miasa amin'ny andro sabata ny mpisorona ao amin'ny tempoly nefa tsy meloka?" Te hilaza izy fa namono biby hatao fanatitra sy niasa tao amin'ny tempoly ny mpisorona, na tamin'ny Sabata aza. Hoy izy avy eo: "Lazaiko aminareo anefa fa misy lehibe noho ny tempoly eto."—Matio 12:5, 6; Nomery 28:9.

Nampiasa ny Soratra Masina i Jesosy avy eo mba hanamafisana ny heviny. Hoy izy: "Raha mba azonareo mantsy ny hevitry ny hoe: 'Famindram-po no sitrako fa tsy sorona', dia tsy ho nomelohinareo izay tsy meloka." Namarana ny teniny izy hoe: "Fa Tompon'ny sabata ny Zanak' olona." Ny Fanjakany Arivo Taona izay hitondra fiadanana no tao an-tsainy tamin'izay.—Matio 12:7, 8; Hosea 6:6.

Efa ela ny olombelona no nijaly satria nandevozin'i Satana. Miely hatraiza hatraiza ny ady sy herisetra. Tena mila fiadanana àry isika ary miandrandra mafy an'izany. Hanjaka izany mandritra an'ilay Sabata lehibe amin'ny fitondran'i Kristy.

---

- Inona no niampangan'ny Fariseo an'ireo mpianatr'i Jesosy, ary nahoana?
- Inona no nataon'i Jesosy mba hanitsiana an'ireo Fariseo?
- Nahoana i Jesosy no lazaina fa "Tompon'ny sabata"?



# INONA NO AZO ATAO AMIN'NY SABATA?

MATIO 12:9-14   MARKA 3:1-6   LIOKA 6:6-11

Nankao amin'ny synagoga iray i Jesosy, indray Sabata, angamba tao Galilia. Nahita lehilahy iray maty tanana izy tao. (Lioka 6:6) Nijery tsara azy ny mpanora-dalàna sy Fariseo. Nahoana? Niharihary ny tena tanjon'izy ireo rehefa nanontany izy ireo hoe: "Azo atao ve ny manasitrana amin'ny sabata?"—Matio 12:10.

Nihevitra ny mpitondra fivavahana jiosy fa tsy azo atao ny manasitrana amin'ny Sabata *raha tsy* misy aina tandindomin-doza. Nilaza, ohatra, izy ireo fa tsy azo atao ny mamerina taolana amin'ny laoniny na mamatotra taolana na hozatra folaka rehefa Sabata, satria tsy atahorana hahafaty ireo. Tsy noho izy ireo nalahelo an'ilay lehilahy mijaly àry no nahatonga an'ireo mpanora-dalàna sy Fariseo hanontany an'i Jesosy. Nitady hirika hanamelohana an'i Jesosy kosa izy ireo.

Hitan'i Jesosy anefa hoe ratsy saina izy ireo. Fantany fa hentitra loatra izy ireo sady tsy nanaraka ny Soratra Masina, rehefa nampihatra ny lalàna momba izay tsy azo atao amin'ny Sabata. (Eksodosy 20:8-10) Efa nokianina tsy amin'antony i Jesosy noho ny asa soa nataony. Vonona ny hifanandrina tamin'izy ireo àry izy, ka niteny tamin'ilay lehilahy maty tanana hoe: "Mitsangàna ka mankanesa etsy afovoany etsy."—Marka 3:3.

Hoy i Jesosy tamin'ny mpanora-dalàna sy Fariseo: "Iza aminareo raha manana ondry iray latsaka any anaty lavaka amin'ny sabata, no tsy haka azy sy hampiakatra azy?" (Matio 12:11) Nampidi-bola ny ondry, ka tsy havelan'izy ireo ao an-davaka hatramin'ny ampitso, sao ho faty ao ka hahafaty antoka azy. Milaza koa ny Soratra Masina hoe: "Mitsimbina ny ain'ny biby fiompiny ny marina."—Ohabolana 12:10.

Nanatsoaka hevitra mety tsara i Jesosy avy eo. Hoy izy: "Rehefa dinihina anefa, dia sarobidy lavitra noho ny ondry ny olona! Koa azo atao ny manao soa amin'ny sabata." (Matio 12:12) Tsy nandika ny Sabata àry i Jesosy raha nanasitrana an'ilay lehilahy. Hita hoe be fangorahana izy sady nitombina tsara ny fanazavany. Tsy nahatohitra azy ny mpitondra fivavahana ka nangina fotsiny.

Sady tezitra i Jesosy no nalahelo noho ny toetsain'izy ireo, ka niteny tamin'ilay lehilahy hoe: "Atsory ny tananao." (Matio 12:13) Natsotrany ny tanany ka sitrana ary faly be izy. Nanao ahoana kosa ireo namandrika an'i Jesosy?

Tsy mba faly ireo Fariseo hoe sitrana ny tanan'ilay lehilahy. Lasa nivoaka kosa izy ireo ary avy hatrany dia nikaon-doha "niaraka tamin' ireo mpomba an'i Heroda ny amin'ny fomba hamonoana an'i Jesosy." (Marka 3:6) Toa anisan' ireo mpomba an'i Heroda ilay antokom-pivavahana atao hoe Sadoseo. Mpifahavalo ny Fariseo sy ny Sadoseo tamin'ny ankapobeny, nefa niray saina tsara mba hanohitra an'i Jesosy tamin' izay.





- ◊ Inona no zava-nitranga nampifanandrina an'i Jesosy sy ny mpitondra fivavahana jiosy?
- ◊ Inona no hevi-diso nananan'ny mpitondra fivavahana jiosy momba ny Sabata?
- ◊ Ahoana no nanaporofoan'i Jesosy fa diso hevitra ireo mpitondra fivavahana?

# NANATANTERAKA NY FAMINANIAN'I ISAIA I JESOSY

MATIO 12:15-21 MARKA 3:7-12

Nankany amin'ny Ranomasin'i Galilia i Jesosy sy ny mpianany rehefa nahalala fa te hamono azy ny Fariseo sy ny mpomba an'i Heroda. Tonga teo aminy ny vahoaka be. Nisy avy any Galilia, Tyro sy Sidona izay tanàna amoron-tsiraka, Jerosalema, Idomea izay any amin'ny farany atsimo, ary avy any amin'ny faritra atsinanan'ny Reniranon'i Jordana. Nanasitrana olona maro i Jesosy. Nifanesika teo aminy àry ny marary mafy. Tsy niandry hokasihin'i Jesosy izy ireo, fa izy ireo indray no maika hikasika azy.—Marka 3:9, 10.

Be loatra ny olona ka nasain'i Jesosy nanomana sambokely hiandry azy ny mpianany. Ho afaka hankao izy amin'izay ary hihataka ny morona mba tsy hifanesika eo aminy ny vahoaka. Afaka nampianatra azy ireo avy teo ambony sambo koa izy, na nankany amin'ny faritra hafa amoron-drano mba hanampy olon-kafa.

Nilaza i Matio mpianatr'i Jesosy fa nanatanteraka "izay nolazaina tamin'ny alalan'i Isaia mpaminany" i Jesosy. (Matio 12:17) Izao ilay faminaniana:

"Io ny mpanompoko izay nofidiko, ny malalako izay sitrako! Hampitoeriko ao aminy ny fanahiko, ary hasehony mazava amin'ireo firenena ny atao hoe rariny. Tsy hifanditra amin'olona izy, na hiantso mafy, ary tsy hisy handre ny feony eny an-dalambe. Tsy hotorotoroiny ny bararata folaka, ary tsy hovonoiny ny lahin-jiro manetroka, mandra-pamoakany ny rariny ho mpandresy. Ny anarany tokoa no hantenain'ny firenena."—Matio 12:18-21; Isaia 42:1-4.

I Jesosy no mpanompo malalan'Andriamanitra sady ankasitrahany. Nasehon'i Jesosy ny atao hoe tena rariny, izay takon'ireo fombafomban'ny fivavahan-diso. Nampihatra ny Lalàn'Andriamanitra araka izay nitiavany azy ny Fariseo fa tsy araka ny rariny. Tsy hanampy olona marary mihitsy àry izy ireo rehefa Sabata. I Jesosy kosa nanafaka ny olona tamin'ireny fombafomba nampijaly ireny. Naharihariny mantsy fa manana ny fanahin'Andriamanitra izy ary manao ny rariny Andriamanitra. Te hamono azy àry ny mpitondra fivavahana. Loza tokoa izany!



Inona no dikan'ilay hoe "tsy hifanditra amin'olona izy, na hiantso mafy, ary tsy hisy handre ny feony eny an-dalambe"? Tsy navelan'i Jesosy "hilazalaza ny momba azy" ny olona nositraniny na ny demonia. (Marka 3:12) Mety hitabataba hiresaka momba azy ny olona eny an-dalana. Mety ho faly be hanao tatitra momba azy koa ny olona ary hia-



mpitampita ny resaka ka hiova. Tsy tian'i Jesosy anefa raha izany no fomba ahalalana azy.

Nitorian'i Jesosy hafatra mampahery koa ny olona ory, izay toy ny bararata folaka sy potipotika. Toy ny lahin-jiro manetroka izy ireny, ka mitsilopilopy efa ho faty. Tsy notorotoroin'i Jesosy ny bararata folaka ary tsy novonoiny ireny lahin-jiro ireny. Tsara fanahy sy be fitiavana kosa izy ka nahay nampitraka an'ireo mpandefitra. I Jesosy tokoa àry no azon'ireo firenena antenaina.

---

◇ Ahoana no nampisehoan'i Jesosy ny atao hoe rariny nefa izy tsy nifanditra tamin'olona na niantso mafy teny an-dalambe?

◇ Iza no toy ny bararata folaka sy lahin-jiro mitsilopilopy, ary ahoana no nitondran'i Jesosy azy ireny?

# NIFIDY AN'IREO APOSTOLY 12 I JESOSY

MARKA 3:13-19 LIOKA 6:12-16

Herintaona sy tapany teo ho eo izay no lasa hatramin'ny nilazan'i Jaona Mpanao Batisa fa i Jesosy no Zanak'ondrin'Andriamanitra. Rehefa nanomboka ny fanompoany i Jesosy dia lasa mpianany ny lehilahy vitsivitsy tso-po toa an'i Andrea, Simona Petera, Jaona, Jakoba (rahalahin'i Jaona) angamba, Filipo, ary Bartolomeo (na Natanaela). Nisy maro hafa koa lasa mpanara-dia an'i Kristy.—Jaona 1:45-47.

Vonona hifidy ny apostoliny i Jesosy tatỳ aoriana. Izy ireo no hiara-miasa akaiky aminy ary hahazo fampiofanana manokana. Nankany amin'ny tendrombohitra iray anefa izy talohan'ny nifidianany azy ireo. Teo akaikin'ny Ranomasin'i Galilia angamba izany, ary tsy lavitra an'i Kapernaomy. Nivavaka nandritra ny alina manontolo i Jesosy ary azo inoana fa nangataka fahendrena sy fitahiana tamin'Andriamanitra. Niantso ny mpianany izy ny ampitso ary nifidy 12 mba ho apostoly.



Anisan'ny nofidin'i Jesosy ireo enina voalaza terỳ aloha. Nofidiny koa i Matio, izay nantsoiny teo amin'ny birao famorian-ketra. Ny dimy hafa indray dia i Jodasy (nantsoina koa hoe Tadeo sy "zanak'i Jakoba"), Simona Kananeanina, Tomasy, Jakoba zanak'i Alfeo, ary Jodasy Iskariota. —Matio 10:2-4; Lioka 6:16.

Efa niaraka tamin'i Jesosy izy 12 ireo ary fantany tsara. Havany koa ny sasany taminy. Toa zanak'olo-mpiray tam-po izy sy Jakoba sy Jaona, izay mpirahalahy. Ary raha marina ny noeritreretin'ny olona sasany hoe rahalahin'i Josefa ray nitaiza an'i Jesosy i Alfeo, dia zanak'olo-mpiray tam-po koa i Jesosy sy Jakoba zanak'i Alfeo.

Tsy sarotra tamin'i Jesosy ny nitadidy ny anaran'ny apostoliny. Ary ianao? Afaka manampy anao izao: Misy Simona roa, Jakoba roa, ary Jodasy roa. Manana rahalahy atao hoe Andrea i Simona (Petera), ary manana rahalahy atao hoe Jaona i Jakoba (zanak'i Zebedio). Efa valo izay no tadidinao. Ireto kosa ny efatra ambiny: Ilay mpamory hetra (Matio), ilay nisalasala tatỳ aoriana (Tomasy), ilay nantsoina teo ambany hazo (Natanaela), ary ilay naman'i Natanaela (Filipo).

Avy tao Galilia, faritra niavian'i Jesosy, ny apostoly 11. Avy any Kana i Natanaela, ary avy any Betsaida i Filipo sy Petera ary Andrea. Nifindra tany Kapernaomy i Petera sy Andrea tatỳ aoriana, ary toa tao koa i Matio no nipetraka. Nipetraka tao Kapernaomy na teo akaiky teo i Jakoba sy Jaona, ary tsy lavitra teo izy ireo no nanao ny asan'ny mpanarato. Toa i Jodasy Iskariota irery no apostoly avy any Jodia. Izy ilay namadika an'i Jesosy tatỳ aoriana.

---

◊ Inona no fanapahan-kevitra lehibe noraisin'i Jesosy rehefa avy nivavaka nandritra ny alina manontolo izy?

◊ Iza avy ireo apostolin'i Jesosy, ary ahoana no hitadidianao ny anaran'izy ireo?



# ILAY TORITENY MALAZA TEO AN-TENDROMBOHITRA

MATIO 5:1–7:29   LIOKA 6:17-49



Azo antoka fa reraka i Jesosy rehefa avy nivavaka nandritra ny alina manontolo sy nifidy ny apostoly 12. Mbola nanana hery sy naniry hanampy olona anefa izy rehefa maraina. Nanao izany izy teo amin'ny tendrombohitra iray tany Galilia, izay angamba tsy lavitra an'i Kapernaomy, toerana nandaminany ny fanompoany.

Nankeo aminy ny olona maro be avy lavitra. Avy any Jerosalema sy Jodia any atsimo ny sasany. Nisy koa avy any Tyro sy Sidona, tanàna amorontsiraka any avaratrandrefana. Tonga teo amin'i Jesosy izy ireo mba "hihaino azy sy hositraniny tamin'ny aretiny", ary "nahasitrana azy rehetra" izy. Eritrereto ange e! Ireo narary *rehetra* no sitrana. Nampian'i Jesosy koa ireo "nampahorin'ny fanahy maloto" na anjelin'i Satana.—Lioka 6:17-19.

Nitady toerana marimarina teo amin'ilay tendrombohitra i Jesosy avy eo, ary nanodidina azy ny vahoaka. Teo akaikiny angamba ny mpianany, ary ny apostoly 12 no tena nanakaiky azy. Tena te hihaino an'io mpampianatra mahay fahagagana io ny rehetra. Nanao toriteny nahasoa ny mpihaino azy i Jesosy. Maro koa no mandray soa amin'izy io atỳ aoriana, anisan'izany isika. Miresaka hevitra lalina mantsy ilay izy, nefa tsotra sy mazava. Zavatra nahazatra sy fahita no noresahin'i Jesosy. Nahazo an'izay nolazainy àry ny olona te hanana fiainana tsara kokoa sy niezaka nankatò an'Andriamanitra. Inona no hevi-dehibe ao amin'ilay toritenin'i Jesosy ka mahatonga azy io hahasoa?

## IZA NO TENA SAMBATRA?

Te ho sambatra daholo ny olona. Fantatr'i Jesosy izany ka vao nanomboka izy, dia noresahiny hoe iza no tena sambatra. Tena nahaliana ny mpihaino izany. Nisy zavatra nahagaga azy ireo anefa.

Hoy i Jesosy: "Sambatra ny mahatsapa fa mila an'Andriamanitra, fa azy ny fanjakan'ny lanitra. Sambatra ny ory, fa izy no hampiononina. ... Sambatra ny noana sy mangetaheta ny fahamarinana, fa izy no homena fahafaham-po. ... Sambatra izay enjehina noho ny fahamarinana, fa azy ny fanjakan'ny lanitra. Sambatra ianareo raha tevatevain'ny olona sy enjehiny ... noho ny amiko. Mifalia sy miravoravoa fatratra."—Matio 5:3-12.

Tsy ilay falifaly toy ny rehefa manao zavatra mahafinaritra no tian'i Jesosy holazaina amin'ny hoe "sambatra." Lalina kokoa ny tena fahasambarana. Midika izy io hoe tena faly sady afa-po amin'ny fiainana.

Iza àry no tena sambatra? Ireo mahatsapa fa mila an'Andriamanitra, sy malahelo satria mpanota, ary lasa mahafantatra an'Andriamanitra sy manompo azy. Halan'ny olona sy enjehina izy ireo satria manao ny sitrapon'Andriamanitra. Sambatra anefa izy ireo satria mahalala fa mampifaly azy sady homeny fiainana mandrakizay ho valisoa.

Maro no mihevitra fa ny harena sy ny fahafinaretana no mahasambatra. Ny mifanohitra amin'izany anefa no nolazain'i Jesosy. Azo antoka fa nampieritreritra ny maro tamin'ireo nihaino azy ilay teniny hoe: 'Lozanareo manankarena, satria efa azonareo daholo izay nahafa-po anareo. Lozanareo izay voky ankehitriny, fa mbola ho noana ianareo. Lozanareo izay mihomehy ankehitriny, fa halahelo sy hitomany ianareo. Lozanareo raha

---

◇ Taiza i Jesosy no nanao an'ilay toriteniny miavaka indrindra, ary iza avy no teo tamin'izay?

◇ Nahoana no tena mahasoa io toritenin'i Jesosy io?

◇ Iza no tena sambatra ary nahoana?

milaza soa momba anareo daholo ny rehetra, fa izany koa no nataon'ny razanareo tamin'ny mpaminany sandoka.'—Lioka 6:24-26.

Nahoana no mitondra loza ny hoe manankarena sy mihomehy ary mahazo teny fiderana? Satria rehefa mankafy an'ireo ny olona, dia mety hanao an-tsirambina ny fanompoana an'Andriamanitra ka tsy ho tena sambatra. Tsy te hilaza i Jesosy hoe rehefa mahantra na noana ny olona dia sambatra. Ireo sahirana anefa matetika no mandray tsara ny fampianarany ka tena sambatra.



Hoy i Jesosy momba ny mpianany: "Ianareo no siran'ny tany." (Matio 5:13) Tsy sira ara-bakiteny akory izy ireo. Miaro ny sakafo tsy ho simba ny sira. Nisy sira be dia be notehirizina teo akaikin' ny alitara tao amin'ny tempolin'Andriamanitra, mba hatao amin'ny fanatitra. Ilazana zavatra tsy simba na tsy lo koa ny sira. (Levitikosy 2:13; Ezekiela 43:23, 24) Toy ny "siran'ny tany" ny mpianatr'i Jesosy satria miaro ny olona, izany hoe manampy azy ireo hifandray tsara amin'Andriamanitra sy tsy ho ratsy fitondran-tena. Mety ho voaro ny ain'izay mandray tsara ny hafatr'izy ireo.

Hoy koa i Jesosy tamin'ny mpianany: "Ianareo no fahazavan'izao tontolo izao." Tsy atao ao ambany sobika ny jiro fa atao eo amin'ny fitoeran-jiro mba hanazava. Nampirisika ny mpianany àry izy hoe: 'Aoka hamirapiratra eo anatrehan'ny olona ny fahazavanareo, mba hahitany ny asa tsara ataonareo ka hanomezany voninahitra ny Rainareo izay any an-danitra.'—Matio 5:14-16.



### NOMENY FITSIPIKA AMBONY NY MPANARA-DIA AZY

Nihevitra an'i Jesosy ho mpandika ny Lalàn'Andriamanitra ny mpitondra fivavahana jiosy, ka vao haingana no nikaon-doha hamono azy. Sahy nilaza àry i Jesosy hoe: "Aza mihevitra hoe tonga hanafoana ny Lalàna na ny Mpaminany aho. Tsy tonga hanafoana aho, fa hanatanteraka." —Matio 5:17.

Tena nanaja ny Lalàn'Andriamanitra i Jesosy, ary nampirisika ny hafa hanao izany. Hoy izy: "Izay mandika ny iray amin'ireo didy kely indrindra ireo ka mampianatra ny olona hanao toy izany koa, dia tsy mendrika hiditra ao amin'ny fanjakan'ny lanitra." Hoy koa izy: "Izay mitandrina sy mampianatra ireo didy ireo kosa no mendri-



ka hiditra ao amin'ny fanjakan'ny lanitra."—Matio 5:19.

Nolazain'i Jesosy fa ratsy na dia ny toe-tsaina mahatonga ny olona handika ny Lalàn'Andriamanitra aza. Notononiny ilay didy hoe "aza mamono olona", ary hoy izy: "Izay rehetra mitahiry fahatezerana amin'ny rahalahiny, dia hatao ampamoaka eo anatrehan'ny fitsarana." (Matio 5:21, 22) Tena ratsy ny mitahiry fahatezerana, satria mety hahatonga ny olona iray hamono olona. Nohazavain'i Jesosy izay tokony hatao mba hihavanana amin'ny hafa. Hoy izy: "Raha mitondra fanomezana ho eo amin'ny alitara àry ianao, ka eo no mahatsiaro fa manana alahelo aminao ny rahalahinao, dia avelao eo anoloan'ny alitara eo ny fanomezanao, ka mandehana aloha mihavana amin'ny rahalahinao. Rehefa miverina ianao vao atolory ny fanomezanao."—Matio 5:23, 24.

Mandrara ny fanitsakitsaham-bady koa ny Lalàna. Hoy i Jesosy: "Efa renareo fa voalaza hoe: 'Aza manitsakitsa-bady.' Izaho kosa anefa milaza aminareo fa izay rehetra tsy mitsahatra mijery vehivavy ka maniry hanao firaisana aminy, dia efa nanitsakitsa-bady tao am-pony sahady." (Matio 5:27, 28) Tsy eritreri-dratsy sendra mandalo fotsiny no tiany horesahina. Tiany hasongadina kosa fa tena ratsy ny hoe "tsy mitsahatra mijery." Miteraka faniriana mafy matetika ny fijerena maharitra. Mety hanitsakitsa-bady ny olona tsy mitsahatra mijery vehivavy, raha vao mahita hirika. Ahoana no isorohana an'izany? Mety hilaina ny mandray fepetra hentitra. Hoy i Jesosy: "Raha ny masonao havanana àry no mahatonga anao hanota, dia esory ka ario lavitra anao. ... Raha ny tananao havanana koa no mahatonga anao hanota, dia tapaho ka ario lavitra anao."—Matio 5:29, 30.

Misy manaiky ny hanesorana ny tongony na ny tanany marary mafy, mba hamonjena ny ainy. Rariny àry raha nilaza i Jesosy hoe aleo 'ariana lavitra' ny zavatra iray, *na inona io na inona,* mba hialana amin'ny eritreri-dratsy sy izay mety ho vokatr'ilay izy. Mety ho zava-tsarobidy hoatran'ny maso sy tanana mihitsy no hafointsika amin'izany. Nanazava izy avy eo hoe: "Mahasoa anao kokoa ny hamoy rantsambatana iray, toy izay ny vatanao manontolo no ho lasa any amin'ny Gehena." (Ny Gehena dia toerana nisy fako miavosa sady mirehitra, tao ivelan'i Jerosalema.)



Natoron'i Jesosy koa ny tokony hatao raha misy manisy ratsy na mampahatezitra antsika. Hoy izy: "Aza manohitra an'izay manisy ratsy anao, fa na iza na iza mamely tehamaina ny takolakao havanana, dia atodiho any aminy koa ny takolakao ilany." (Matio 5:39) Tsy hoe tsy mahazo miaro tena akory ny olona iray raha misy manafika izy na ny mpianakaviny. Tehamaina no noresahin'i Jesosy, izany hoe zavatra manala baraka fa tsy mandratra mafy na mahafaty. Te hilaza izy fa tsy tokony hamaly faty isika, raha misy mila ady



- ◊ Iza no idiran-doza fa tsy tena sambatra, ary nahoana?
- ◊ Nahoana ny mpianatr'i Jesosy no lazaina fa "siran'ny tany" sy "fahazavan'izao tontolo izao"?
- ◊ Inona no mampiseho fa tena manaja ny Lalàn'Andriamanitra i Jesosy?
- ◊ Ahoana no anampian'i Jesosy antsika mba tsy hamono olona sy tsy hanitsakitsa-bady?



amintsika na mampahatezitra antsika, ohatra hoe mamelaka na manao teny manambany.

Mifanaraka amin'ilay lalàn'Andriamanitra mandidy antsika ho tia namana io torohevitra io. Hoy àry i Jesosy: "Tiavo foana ny fahavalonareo, ary mivavaha foana ho an'izay manenjika anareo." Misy antony lehibe tokony hanaovana izany, satria hoy izy: "Mba ho tonga zanaky ny Rainareo izay any an-danitra ianareo. Izy mantsy mampiposaka ny masoandrony amin'ny ratsy fanahy sy ny tsara fanahy."—Matio 5:44, 45.

Hoy i Jesosy namintina an'iny ampahany amin' ilay toriteniny iny: "Koa tsy maintsy lavorary ianareo, tahaka ny Rainareo any an-danitra izay lavorary." (Matio 5:48) Tsy te hilaza izy hoe afaka ny ho lavorary tanteraka isika. Afaka manana fitiavana bebe kokoa anefa isika raha manahaka an' Andriamanitra, ka ho tiantsika hatramin'ny fahavalontsika. Raha lazaina amin'ny teny hafa, dia hoe: "Mamindrà fo hatrany, toy ny Rainareo izay mpamindra fo."—Lioka 6:36.

VAVAKA SY FATOKISANA AN'ANDRIAMANITRA

Nampirisika ny mpihaino azy i Jesosy avy eo hoe: "Mitandrema sao ny mba ho hitan'ny olona fotsiny no antony anaovanareo ny marina eo anatrehany." Nasehony fa tsy mety ny mihatsaravelatsihy ka miseho ho mpivavaka. Hoy izy: "Rehefa manome zavatra ianao ho fiantrana ny mahantra, dia aza mitsoka trompetra eo alohanao, toy ny ataon'ny mpihatsaravelatsihy." (Matio 6:1, 2) Tsara kokoa raha tsy ampahafantarina ny besinimaro hoe niantra ny mahantra isika.

Hoy i Jesosy avy eo: "Rehefa mivavaka koa ianareo, dia aza manao toy ny mpihatsaravelatsihy, izay tia ny mivavaka mitsangana ao amin'ny synagoga sy eny an-joron-dalambe mba ho hitan'ny olona." Hoy kosa izy: 'Rehefa mivavaka ianao, dia midira ao amin'ny efitranonao, ary rehefa voakatonao ny varavarana, dia mivavaha amin'ny Rainao izay ao amin'ny miafina.' (Matio 6:5, 6) Tsy nandrara ny fanaovana vavaka eny imason'olona i Jesosy satria na izy aza nanao izany. Te hilaza kosa izy fa tsy mety ny vavaka atao mba hampitolagaga sy mba hahazoana dera fotsiny.



Nanoro hevitra ny vahoaka i Jesosy hoe: 'Rehefa mivavaka ianareo, dia aza mamerimberina zavatra mitovy foana, toy ny ataon'ny olona eo amin'izao tontolo izao.' (Matio 6:7) Tsy te hilaza izy hoe tsy mety ny mamerimberina zavatra iray amin'ny vavaka. Nolazainy kosa fa tsy tsara ny vavaka tsianjery na "mitovy foana." Nilaza vavaka modely izy avy eo, ary misy zavatra fito angatahina amin'izy io. Ireto ny telo voalohany: Mba hohamasinina ny anaran'Andriamanitra, ho tonga ny Fanjakany, ary hatao ny sitrapony. Hita amin'ireo fa manaiky ny zon'i Jehovah hitondra isika sady mahalala ny fikasany. Aorian'izay isika vao tokony hangataka zavatra ho antsika, izany hoe ny sakafo hohanina mandritra ny andro, ny famelan-keloka,

◇ Inona no tian'i Jesosy holazaina rehefa nilaza izy hoe atolory koa ny takolaka ilany?


◇ Inona no hahatonga antsika ho lavorary hoatran'Andriamanitra?

◇ Inona avy no nolazain'i Jesosy momba ny vavaka?



ny mba tsy halaim-panahy mihoatra noho izay zaka, ary ny mba hafahana amin'ilay ratsy.

Ahoana no tokony hiheverantsika ny fananantsika? Hoy i Jesosy: "Aza manangona harena ho anareo intsony etỳ an-tany, izay misy bibikely sy harafesina manimba, ary misy mpangalatra mamaky trano sy mangalatra." Torohevitra tena mety izany. Mety ho simba mantsy ny fananana, ary simba tokoa izy ireny. Tsy mahatonga antsika hankasitrahan'Andriamanitra koa izy ireny. Hoy àry i Jesosy: 'Manangòna harena ho anareo any an-danitra.' Manao izany isika raha manao loha laharana ny fanompoana an'Andriamanitra. Tsy misy afaka manala amintsika ny fankasitrahan'Andriamanitra na maka an'ilay valisoa ampanantenainy, dia ny fiainana mandrakizay. Marina ilay tenin'i Jesosy hoe: "Any amin'izay misy ny harenanao, dia ho any koa ny fonao."—Matio 6:19-21.




Hoy i Jesosy mba hanamafisana an'izany: "Ny maso no jiron'ny vatana. Koa raha tsotra ny masonao, dia hazava tsara ny tenanao manontolo, fa raha mifantoka amin'ny zava-dratsy kosa ny masonao, dia ho maizina ny tenanao manontolo." (Matio 6:22, 23) Toy ny jiro manazava antsika ny masontsika an'ohatra, raha miasa tsara. Tsy maintsy mifantoka amin'ny zavatra tokana anefa izy io, raha tsy te ho diso hevitra isika. Raha ny vola sy harena mantsy no ifantohantsika fa tsy ny fanompoana an'Andriamanitra, dia midika izany hoe 'maizina ny tenantsika manontolo', satria angamba voasarika hanao zavatra maizimaizina isika.

Hoy indray i Jesosy: "Tsy misy mahay manompo tompo roa, fa ny iray ho halany ary ny iray ho tiany, na ny iray hifikirany ary ny iray hohamavoiny. Tsy mahay manompo an'Andriamanitra sy ny Harena ianareo."—Matio 6:24.

Mety ho nanahy ny olona sasany teo hoe: 'Dia ahoana ny fivelomana?' Nanome toky azy ireo

**NAMERIMBERINA IZY** Namerimberina ny zavadehibe sasany nampianariny i Jesosy indraindray. Nampianatra ny olona ny fomba fivavaka sy nanampy azy ireo hahay handanjalanja eo amin'ny resaka vola sy harena, ohatra, izy tao amin'ilay Toriteny teo An-tendrombohitra.—Matio 6:9-13, 25-34.

Niresaka an'ireo indray izy, herintaona sy tapany teo ho eo tatỳ aoriana. (Lioka 11:1-4; 12:22-31) Nandray soa tamin'izany izay tsy teo tamin'ilay fotoana voalohany niresahany an'ireo. Nanampy ny mpianany hitadidy ny hevidehibe koa izany.



i Jesosy fa tsy misy tokony hampanahy rehefa atao loha laharana ny fanompoana an'Andriamanitra. "Jereo tsara ny voro-manidina: Tsy mba mamafy na mijinja na manangona ho ao an-trano fitehirizam-bokatra ireny, nefa ny Rainareo izay any an-danitra manome sakafo azy."—Matio 6:26.

Nomarihin'i Jesosy koa ny lisy teo amin'ilay tendrombohitra. Nilaza izy fa "na i Solomona tamin' ny voninahiny rehetra aza tsy nitafy toy ny iray amin'ireny." Izao no tiany hambara: "Raha ny zavamaniry any an-tsaha, izay any ihany anio ary hatsipy ao anaty afo rahampitso, no ampitafian' Andriamanitra toy izany, tsy mainka ve ianareo?" (Matio 6:29, 30) Hoy izy avy eo: "Aza manahy mihitsy ianareo hoe: 'Inona no hohaninay?', na 'Inona no hosotroinay?', na 'Inona no hotafinay?' ... Fa fantatry ny Rainareo any an-danitra fa ilainareo izany rehetra izany. Katsaho foana àry aloha ny fanjakany sy ny fahamarinany, dia homena anareo koa izany rehetra izany."—Matio 6:31-33.

## AHOANA NO HAHAZOANA NY FIAINANA?

Te hampifaly an'Andriamanitra ny apostoly sy ny olon-kafa tso-po nefa tsy mora izany. Maro, ohatra, ny Fariseo tia nanakiana sy nitsaratsara ny hafa, ka hoy i Jesosy tamin'ny mpihaino azy: "Aza mitsara intsony mba tsy hotsaraina, fa araka ny fitsarana ataonareo no hitsarana anareo."—Matio 7: 1, 2.

Nampidi-doza ny nanaiky hotarihin'ireo Fariseo tia manakiana, araka ity tenin'i Jesosy ity: "Ny jamba angaha afaka mitarika jamba? Tsy ho latsaka any an-kady ve izy roa?" Ahoana àry no tokony hiheverana ny hafa? Tsy mety ny manakiana satria fahadisoana lehibe izany. Hoy i Jesosy: "Ahoana no ilazanao amin'ny rahalahinao hoe: 'Aleo hesoriko ny sombin-kazo eo amin'ny masonao, ry rahalahy', nefa ianao tsy mijery ny vatan-kazo eo amin' ny masonao? Ry mpihatsaravelatsihy! Esory aloha ny vatan-kazo eo amin'ny masonao, dia ho hitanao tsara ny hanesorana ny sombin-kazo eo amin'ny mason'ny rahalahinao."—Lioka 6:39-42.

Nila nahay nandinika anefa ny mpianatr'i Jesosy, na dia tsy tokony hitsaratsara ny hafa aza. Hoy i Jesosy tamin'izy ireo: "Aza omena ny alika ny zava-masina, ary aza atsipy eo anoloan'ny kisoa ny perla any aminareo." (Matio 7:6) Sarobidy toy ny perla ireo fahamarinana ao amin'ny Tenin'Andriamanitra. Raha misy olona tsy mankasitraka azy ireny àry, dia tokony hiala ny mpianatra ka hitady an'ireo vonona hihaino.

Niresaka momba ny vavaka indray i Jesosy ka nanasongadina fa ilaina ny maharitra amin'ny va-



vaka. Hoy izy: "Mangataha foana, dia homena ianareo." Vonona hamaly vavaka Andriamanitra, araka ny nasongadin'i Jesosy hoe: 'Iza aminareo raha angatahan'ny zanany mofo no hanome azy vato? Koa raha ianareo, na dia ratsy fanahy aza, mahalala hanome zava-tsoa ho an'ny zanakareo, mainka fa ny Rainareo izay any an-danitra! Hanome zava-tsoa ho an'izay mangataka aminy izy.' —Matio 7:7-11.

Nanome toro lalana lasa malaza be i Jesosy avy eo. Hoy izy: "Koa izay rehetra tianareo hataon'ny olona aminareo àry, dia mba ataovy aminy koa." Tsy isika rehetra ve no tokony handray am-po sy hampihatra an'izany, rehefa mifandray amin'ny hafa? Tsy mora foana anefa izany satria hoy i Jesosy: "Midira amin'ny vavahady tery. Fa lehibe



sady malalaka ny lalana mankany amin'ny fandringanana, ka maro no miditra any. Tery kosa ny vavahady ary ety ny lalana mankany amin'ny fiainana, ka vitsy no mahita azy."—Matio 7:12-14.

Hisy hitaona an'ireo mpianatr'i Jesosy hiala amin'ny lalana mankany amin'ny fiainana, ka nampitandrina izy hoe: "Mitandrema amin'ny mpaminany sandoka tonga eo aminareo, fa mitafy hodi-janak'ondry izy ireny nefa ao anatiny ao amboadia mpiremby." (Matio 7:15) Nilaza i Jesosy fa ny voan'ny hazo no ahalalana raha tsara ilay hazo na ratsy. Toy izany koa ny olona. Ny fampianaran'ny mpaminany sandoka sy ny zavatra ataony ary no ahalalana azy. Te hilaza i Jesosy fa tsy izay *lazain'ny* olona fotsiny no amantarana hoe mpianany izy, fa ny *ataony* koa. Misy mihambo ho manana azy ho Tompo. Ahoana anefa raha tsy manao ny sitrapon'Andriamanitra izy? Hoy i Jesosy: 'Hotsoriko aminy amin' izay fotoana izay hoe: Tsy fantatro mihitsy ianareo! Mialà amiko, ianareo mpandika lalàna.'—Matio 7:23.



Hoy i Jesosy namarana an'ilay toriteny: "Izay rehetra mandre izany teniko izany ka mankatò, dia hoharina amin'ny lehilahy malina izay nanorina ny tranony teo ambony vatolampy. Ary latsaka ny orana ka nisy riaka be, sady nifofofofo ny rivotra namely izany trano izany. Tsy nirodana anefa ilay trano, satria naorina teo ambony vatolampy." (Matio 7:24, 25) "Nihady lalina" ilay lehilahy "vao nandatsaka fototra teo ambony vatolampy", ka tsy nirodana ilay trano. (Lioka 6:48) Tsy ampy àry ny mandre ny tenin'i Jesosy. Tsy maintsy miezaka mafy "mankatò" azy ireny koa isika.

Ary ahoana ireo 'mandre ny tenin'i Jesosy' nefa "tsy mankatò"? Toy ny "lehilahy adala izay nanorina ny tranony teo ambony fasika" izy ireo. (Matio 7:26) Mirodana ny trano toy izany rehefa tratran' ny orana sy tondra-drano ary rivotra.

Talanjona tamin'ny fomba fampianatr'i Jesosy ny vahoaka nihaino an'ilay toriteny. Nampianatra toy ny manana fahefana mantsy izy fa tsy toy ny mpitondra fivavahana. Maro tamin'ireo nihaino azy angamba no lasa mpianany.

---

- ◇ Nahoana no sarobidy noho ny harena hafa ny harena ara-panahy, ary ahoana no hahazoana azy io?
- ◇ Nahoana ny mpianatr'i Jesosy no tsy tokony hanahy?
- ◇ Inona no nolazain'i Jesosy momba ny fitsarana ny hafa, nefa nahoana isika indraindray no mila mahay mandinika?
- ◇ Inona no mbola nolazain'i Jesosy momba ny vavaka ary inona no toro lalana malaza nomeny?
- ◇ Ahoana no nilazan'i Jesosy hoe tsy mora ny manara-dia azy sy hoe mety ho voafitaka isika?

# MANAMBONINAHITRA IRAY TENA NANAM-PINOANA

MATIO 8:5-13 LIOKA 7:1-10



Nankany Kapernaomy i Jesosy taorian'ilay toriteny. Nisy anti-panahin'ny Jiosy nanatona azy tany. Manamboninahitry ny tafika romanina no naniraka azy ireo, izany hoe lehilahy tsy mitovy fiaviana amin'izy ireo.

Tsy Jiosy ilay manamboninahitra nefa nitady fanampiana tamin'i Jesosy. Narary mafy efa ho faty mantsy ny mpanompony iray tena tiany. Nilaza tamin'i Jesosy ireo anti-panahy fa 'nandry tao an-trano' ilay mpanompo ary 'nalemy ka nijaly mafy', izany hoe nanaintaina be angamba. (Matio 8:6) Nilaza izy ireo fa mendrika ny hampiana ilay manamboninahitra. Hoy izy ireo: "Tia ny firenentsika izy sady nanorina synagoga teto."—Lioka 7:4, 5.

Nanaraka an'ireo anti-panahy àry i Jesosy. Rehefa akaiky ho tonga izy ireo dia naniraka ny namany hilaza toy izao ilay manamboninahitra: "Aza misahirana mankatỳ amiko, tompoko, fa tsy mendrika ny handray anao ao ambany tafontranoko aho. Izany no antony nieritreretako hoe tsy mendrika hankeny aminao aho." (Lioka 7:6, 7) Efa zatra nibaiko io manamboninahitra io, ka hita amin'ny teniny fa tena nanetry tena izy. Hita koa fa tsy toy ny Romanina hafa izay nasiaka tamin'ny mpanompony izy.—Matio 8:9.

Azo antoka fa fantany hoe tsy tia niaraka tamin'ny tsy Jiosy ny Jiosy. (Asan'ny Apostoly 10:28) Izany angamba no nahatonga azy haniraka ny namany hilaza tamin'i Jesosy hoe: "Mitenena fotsiny, dia ho sitrana ny mpanompoko."—Lioka 7:7.

Nahagaga an'i Jesosy izany ka hoy izy: "Lazaiko aminareo fa mbola tsy nahita finoana lehibe toy izany aho, na teo amin'ny Israely aza." (Lioka 7:9) Rehefa niverina ireo iraka dia nahita fa efa sitrana ilay mpanompo narary mafy.

Nohamafisin'i Jesosy avy eo fa hahazo fitahiana ny tsy Jiosy manam-pinoana. Hoy izy: "Maro ny avy any atsinanana sy ny avy any andrefana no ho tonga, ka handry ilika hisakafo miaraka amin'i Abrahama sy Isaka ary Jakoba ao amin'ny fanjakan'ny lanitra." Ary ireo Jiosy tsy manam-pinoana? Nilaza i Jesosy fa "hatsipy any amin'ny haizina any ivelany" izy ireo. "Any izy no hitomany sy hitoloko."—Matio 8:11, 12.



Ny Jiosy no voalohany nantsoina hiara-manjaka amin'i Kristy. Nolavin'Andriamanitra àry izay Jiosy tsy nankasitraka an'io tombontsoa io. Ny hafa firenena kosa no nekena ho "ao amin'ny fanjakan'ny lanitra", ka toy ny hoe hiara-misakafo amin'i Jesosy.

---

◇ Nahoana ny Jiosy no niangavy an'i Jesosy hanaiky ny fangatahan'ny manamboninahitra tsy Jiosy?
◇ Inona no nety ho antony nangatahan'ilay manamboninahitra an'i Jesosy mba tsy hiditra ny tranony?
◇ Inona no tombontsoa nolazain'i Jesosy fa azon'ny hafa firenena antenaina?

# NATSANGAN'I JESOSY TAMIN'NY MATY NY ZANAKALAHIN'NY MPITONDRATENA IRAY

LIOKA 7:11-17

Niala tao Kapernaomy i Jesosy taoriana kelin'ny nanasitranany ny mpanompon'ilay manamboninahitra. Nankany Naina, any amin'ny 32 kilaometatra mahery any atsimoandrefana, izy. Nisy vahoaka be nanaraka azy, ankoatra ny mpianany. Toa efa hariva rehefa nanatona an'ilay tanàna izy ireo. Nifanena tamin'izy ireo ny Jiosy maro be ho any ivelan'ny tanàna mba handevina tovolahy iray.

Ny renin'ilay tovolahy no tena vonton'alahelo. Mpitondratena izy nefa maty koa izao ny zanany lahitokana. Mbola mba nanana an'io zanany malalany io izy rehefa maty ny vadiny. Tsy maintsy ho tena tiany izy io satria andry niankinany sy hany fanantenany. Maty koa anefa izy io. Iza indray àry izao no mba ho namany sy mpikarakara azy?

Tena nalahelo i Jesosy nieritreritra ny nanjo an'ilay vehivavy sy nahita azy vontom-pahoriana. Hoy àry izy taminy: "Aza mitomany intsony." Tsara fanahy izy nilaza izany nefa tsy nisalasala mihitsy, ka nahazo toky ilay vehivavy. Nanatona an'ilay filanjana faty koa izy ka nikasika an'ilay izy. (Lioka 7:13, 14) Nahagaga be ny zavatra nataony ka nijanona tampoka ireo mpandevina. Maro no tsy maintsy nieritreritra hoe: 'Inona àry no hataony?'

Ary ireo niara-dia tamin'i Jesosy? Efa nahita azy nanao fahagagana izy ireo, ohatra hoe nanasitrana aretina maro, nefa toa mbola tsy nahita azy nanangana ny maty. Marina fa efa nisy olona natsangana tamin'ny maty taloha ela be. Hahavita izany ve anefa i Jesosy? (1 Mpanjaka 17:17-23; 2 Mpanjaka 4:32-37) Hoy i Jesosy: "Ry tovolahy, hoy aho aminao: Miarena!" (Lioka 7:14) Niarina tokoa ilay tovolahy ary nanomboka niteny. Natolotr'i Jesosy an-dreniny izy ka gaga be ilay reniny sady faly be. Tsy irery intsony izy.

Nidera an'i Jehovah, ilay Mpanome aina, ny olona rehefa nahita fa velona ilay tovolahy. Hoy izy ireo: "Mpaminany lehibe no efa mitsangana eto amintsika." Ny hafa kosa nahazo ny antony



nanaovan'i Jesosy an'ilay fahagagana ka niteny hoe: "Mitsinjo ny vahoakany Andriamanitra." (Lioka 7:16) Niely haingana be tany amin'ny tanàna manodidina ny momba an'io fahagagana io. Toa nandre azy io koa ny tao Nazareta tanàna niavian' i Jesosy, izay folo kilaometatra teo ho eo avy tao Naina. Re hatrany Jodia tany atsimo aza ilay vaovao.

Mbola nigadra i Jaona Mpanao Batisa tamin' izay ary tena te hahalala momba ny asa nataon'i Jesosy. Notantarain'ny mpianany taminy àry ny fahagagana nataon'i Jesosy. Nanao ahoana ny fihetsik'i Jaona?



---

◊ Inona no nitranga rehefa nanatona ny tanànan'i Naina i Jesosy?

◊ Inona no tsapan'i Jesosy rehefa nahita ny alahelon'ilay vehivavy izy, ary inona no nataony?

◊ Nanao ahoana ny fihetsiky ny olona rehefa nahita izay nataon'i Jesosy?



# TE HAHAFANTATRA NY HEVITR'I JESOSY I JAONA

MATIO 11:2-15 LIOKA 7:18-30

Herintaona teo ho eo izay i Jaona Mpanao Batisa no nigadra. Henony anefa ny fahagagana nataon' i Jesosy. Eritrereto ny hafaliany rehefa nitantara ny mpianany fa nanangana ny zanakalahin'ilay mpitondratena tao Naina i Jesosy. I Jesosy mihitsy anefa no tiany hilaza aminy ny dikan'izany rehetra izany. Nantsoiny àry ny mpianany roa ka nasainy nanontany an'i Jesosy hoe: "Ianao ve Ilay ho avy, sa hafa no tokony handrasanay?"—Lioka 7:19.

Hafahafa ve ilay fanontanian'i Jaona? Nanana finoana matanjaka izy. Hitany nidina teo amin'i Jesosy ny fanahin'Andriamanitra tamin'izy nanao batisa azy, efa ho roa taona izay. Henony koa ny feon'Andriamanitra nilaza hoe nankasitrahany i Jesosy. Tsy misy antony hieritreretantsika àry hoe nihanalemy finoana i Jaona. Tena nidera azy mantsy i Jesosy, ary tsy ho nanao izany izy raha nihanalemy finoana i Jaona. Raha tsy nisy nampisalasala an'i Jaona àry, nahoana izy no naniraka ny mpianany hanontany an'i Jesosy?


I Jesosy mihitsy angamba no tiany hiteny hoe izy no Mesia. Hampahery azy izany satria izy mbola nijaly tao am-ponja. Toa nisy heviny hafa koa ilay fanontaniany. Fantany ireo faminanian' ny Baiboly hoe ho mpanjaka sy mpanafaka ilay Voahosotr'Andriamanitra. Mbola nigadra anefa i Jaona, volana maromaro taorian'ny nanaovana batisa an'i Jesosy. Te hanontany àry izy raha mbola hisy olon-kafa handimby an'i Jesosy ka hanatanteraka ny faminaniana rehetra momba ny Mesia.

Tsy nilaza tamin'ny mpianatr'i Jaona fotsiny i Jesosy hoe: 'Ie! Izaho tokoa Ilay ho avy.' Nanasitrana olona maro tratran'ny karazan'aretina rehetra kosa izy, mba hanaporofoana fa nanohana azy Andriamanitra. Hoy izy avy eo tamin'ny mpianatr'i Jaona: "Mandehana, lazao amin'i Jaona izao renareo sy hitanareo izao: Mahiratra ny jamba, mandeha ny malemy, voadio ny boka, mandre ny marenina, atsangana ny maty, ary itoriana ny vaovao tsara ny mahantra."—Matio 11:4, 5.

Nety ho nidika ilay fanontanian'i Jaona hoe nanantena izy fa hanao zavatra betsaka kokoa i Jesosy ary mety hanafaka azy tao am-ponja. Nilaza taminy anefa i Jesosy mba tsy hanantena fahagagana mihoatra noho izay efa ataony.

Rehefa lasa ny mpianatr'i Jaona, dia nanome toky an'ilay vahoaka i Jesosy fa tsy mpaminany fotsiny i Jaona. Izy ilay 'irak'i Jehovah' voalazan' ny faminaniana ao amin'ny Malakia 3:1. Izy koa ilay Elia mpaminany nolazaina mialoha ao amin' ny Malakia 4:5, 6. Hoy i Jesosy: "Lazaiko aminareo marina tokoa fa amin'izay natera-behivavy, dia mbola tsy nisy lehibe noho i Jaona Mpanao Batisa. Izay kely indrindra ao amin'ny fanjakan'ny lanitra anefa dia lehibe noho izy."—Matio 11:11.

Inona no tian'i Jesosy holazaina tamin'ilay hoe izay kely indrindra ao amin'ny Fanjakan'ny lanitra dia lehibe noho i Jaona? Te hilaza izy fa tsy ho any amin'ilay Fanjakana any an-danitra i Jaona. Nanomana ny lalana ho an'i Jesosy izy, nefa maty talohan'ny nanokafan'i Kristy ny lalana mankany an-danitra. (Hebreo 10:19, 20) Mpaminany tsy nivadika anefa i Jaona ary ho anisan'ny olom-pehezin'ny Fanjakan'Andriamanitra eto an-tany.



# 38



- ◇ Nahoana i Jaona no nanontany hoe i Jesosy ve Ilay ho avy sa tokony hanantena olon-kafa izy?
- ◇ Inona avy ny faminaniana nolazain'i Jesosy fa tanteraka tamin'i Jaona Mpanao Batisa?
- ◇ Nahoana i Jaona Mpanao Batisa no tsy hiaraka amin'i Jesosy any an-danitra?

# LOZA NO HANJO AN'ILAY TARANAKA TSY NETY NIOVA

MATIO 11:16-30 LIOKA 7:31-35

Tena nanaja an'i Jaona Mpanao Batisa i Jesosy. Ary ny ankamaroan'ny olona? Hoy i Jesosy: 'Ity taranaka ity dia toy ny ankizy mipetraka eny antsena sady miantsoantso an'ireo mpiara-milalao aminy, hoe: "Efa nitsoka sodina taminareo izahay, nefa tsy nandihy ianareo. Efa nidradradradra izahay, nefa tsy nikapo-tratra noho ny alahelo ianareo."'—Matio 11:16, 17.

Inona no tian'i Jesosy holazaina? Hoy izy: "Tonga i Jaona, tsy nihinana na nisotro, nefa hoy ny olona: 'Misy demonia izy.' Tonga kosa ny Zanak' olona, nihinana sy nisotro, nefa hoy ihany ny olona: 'Olona tendan-kanina sy mpiboboka divay izy, sady naman'ny mpamory hetra sy ny mpanota!' " (Matio 11:18, 19) Nazirita i Jaona ka nanana fiainana tsotra ary nifady divay mihitsy. Nisy nilaza anefa fa nisy demonia izy. (Nomery 6:2, 3; Lioka 1:15) I Jesosy kosa niaina toy ny olona rehetra. Nihinana sy nisotro araka ny antonony izy nefa nampangaina ho tsy nahalala onony. Toa tsy nety afa-po mihitsy ny olona.

Nampitovin'i Jesosy tamin'ny ankizy teny antsena ny taranaka niara-belona taminy. Tsy nety nandihy ireo ankizy ireo rehefa nitsoka sodina ny ankizy hafa, ary tsy mba nalahelo rehefa nidradradradra ny ankizy sasany. Hoy i Jesosy avy eo: "Ny fahendren'ny olona anefa dia hamarinin'izay ataony." (Matio 11:16, 19) Noporofoin'i Jaona sy Jesosy tamin'izay nataony fa diso ny fiampangana azy ireo.

Rehefa avy nilaza i Jesosy fa tsy nety niova ny mpiara-belona taminy, dia nomelohiny i Korazina sy Betsaida ary Kapernaomy, tanàna nanaovany fahagagana. Nilaza izy fa ho nibebaka i Tyro sy Sidona, tanàna fenisianina, raha nanao fahagagana tany izy. Notononiny i Kapernaomy, toerana famantanany tamin'ny fotoana sasany. Tsy nandray azy tsara ny ankamaroan'ny olona tao. Hoy i Jesosy momba an'io tanàna io: "Ho mora kokoa ny hanjo ny tanin'i Sodoma amin'ny Andro Fitsarana, noho ny hanjo anao."—Matio 11:24.

Nidera ny Rainy i Jesosy avy eo. Nafenin'ny Rainy "tamin'ny hendry sy ny mahira-tsaina" mantsy ny fahamarinana sarobidy, fa naharihariny tamin'ny olona manetry tena toy ny zaza. (Matio 11:25) Nanasa azy ireny hanatona azy i Jesosy. Hoy izy: "Mankanesa atỳ amiko ianareo rehetra miasa mafy sy mavesatra entana, fa hamelombelona anareo aho. Ento ny ziogako ka mianara amiko, fa malemy fanahy sy manetry tena aho, dia ho velombelona ianareo. Fa mora entina ny ziogako, ary maivana ny entako."—Matio 11: 28-30.

Nampitondra enta-mavesatra ny vahoaka ny mpitondra fivavahana satria nandidy azy ireo hanaraka fombafomba manandevo, toy ny fitsipika hentitra be momba ny Sabata. Namelombelona azy ireo kosa i Jesosy rehefa nampianatra ny fahamarinana avy amin'Andriamanitra, izay tsy nisy an'ireny fombafomba ireny. Ary ahoana no nanampian'i Jesosy an'ireo nijaly noho ny fanjakazakan'ny mpitondra sy ireo kivy be noho ny fahotana nataony? Natorony azy ireo hoe ahoana no ahazoany fanamaivanana. Nasehony azy ireo ny fomba ahazoana famelan-keloka sy ny tokony hatao mba hihavanana amin'Andriamanitra.

Afaka manokan-tena ho an'Andriamanitra izay rehetra vonona hitondra an'ilay zioga mora entina atolotr'i Jesosy. Afaka manompo an'ilay Raintsika any an-danitra, izay mahay mangoraka sy be famindram-po, izy ireo. Tsy manavesatra azy satria tsy mitaky zavatra sarotra Andriamanitra.—1 Jaona 5:3.



- ◇ Nahoana ilay taranaka niara-belona tamin'i Jesosy no toy ny ankizy?
- ◇ Nahoana i Jesosy no nidera an'ilay Rainy any an-danitra?
- ◇ Inona avy no nanavesatra ny olona maro, ary inona no fanamaivanana nomen'i Jesosy azy ireo?

# NAMPIANATRA MOMBA NY FAMELAN-KELOKA I JESOSY

LIOKA 7:36-50

Niova arakaraka ny toe-pon'ny olona ny fandraisan'izy ireo ny tenin'i Jesosy sy izay nataony. Voaporofo izany tany Galilia, tao an-tranon'ny Fariseo atao hoe Simona. Nanasa an'i Jesosy hisakafo izy satria angamba te hahita akaiky an'io mpanao fahagagana io. Nihevitra i Jesosy fa ho afaka hitory amin'izay ho tonga, ka nanaiky. Efa nanaiky fanasana hiara-misakafo tamin'ny mpamory hetra sy mpanota koa izy.

Tsy noraisina tsara toy ny fanao rehefa misy vahiny anefa i Jesosy. Be vovoka ny lalana tany Palestina ary nikapa ny olona, ka nafana sy naloto ny tongony. Fanao àry ny nanasa ny tongotry ny vahiny tamin'ny rano mangatsiatsiaka. Fanao koa ny nanoroka azy. Nanisy menaka ny volon'ny vahininy koa izay tsara fanahy sy nahay nandray vahiny. Tsy nisy natao tamin'i Jesosy anefa ireo. Tena faly nandray azy àry ve i Simona?

Nandry ilika hisakafo ny olona nasaina, ary nisy vehivavy tsy voasa niditra tsimoramora tao amin'ilay efitra. 'Nalaza ho mpanota izy tao amin' ilay tanàna.' (Lioka 7:37) Mpanota daholo ny olona tsy lavorary. Toa ratsy fitondran-tena anefa io vehivavy io, angamba mpivaro-tena. Nety ho reny ny fampianaran'i Jesosy, anisan'izany ilay fanasany hoe: 'Mankanesa atỳ amiko ianareo rehetra mavesatra entana dia ho velombelona ianareo.' (Matio 11:28, 29) Toa nanohina ny fony ny tenin'i Jesosy sy ny nataony ka nitady azy izy.

Nanatona avy tao aorian'i Jesosy izy ary nandohalika teo an-tongony. Nirotsaka tamin'ny tongotr'i Jesosy ny ranomasony ka nofafany tamin' ny volony. Norohany koa ny tongotr'i Jesosy ary nohosorany tamin'ilay menaka manitra nentiny. Tsy faly i Simona nahita an'izany, ka nieritreritra hoe: "Raha mpaminany ity, dia ho nahalala hoe iza io mikasika azy io, ary karazam-behivavy toy inona. Tokony ho fantany fa mpanota io."—Lioka 7:39.

Fantatr'i Jesosy ny tao an-tsain'i Simona ka hoy izy: "Ry Simona, manan-kolazaina aminao aho." Dia hoy i Simona: "Lazao àry, Mpampianatra ô!" Hoy i Jesosy: "Nisy roa lahy nananan'olona trosa. Ny an'ny anankiray denaria dimanjato fa ny an'ny anankiray kosa dimampolo. Rehefa tsy nanan-kaloa ireo, dia namela tanteraka ny trosan'izy roa lahy izy. Koa iza amin'izy roa lahy àry no ho tia azy bebe kokoa?" Tsy rototra akory angamba i Simona namaly hoe: "Ilay namoizany bebe kokoa."—Lioka 7:40-43.

"Marina ny anao", hoy i Jesosy. Nitodika tany amin'ilay vehivavy izy avy eo, ka niteny tamin'i Simona hoe: "Hitanao io vehivavy io? Niditra tato an-tranonao aho, nefa tsy nanome rano ahy hanasana ny tongotro ianao. Fa io vehivavy io kosa nahakotsa ny tongotro tamin'ny ranomasony, ary nanamaina izany tamin'ny volon-dohany. Ianao tsy nanoroka ahy, nefa io vehivavy io tsy nitsahatra nanoroka ny tongotro hatramin'ny nidirako tato. Ianao tsy nanisy menaka ny lohako, nefa io vehivavy io nanisy menaka manitra ny tongotro." Hitan'i Jesosy fa tena nibebaka noho ny fitondran-tena ratsiny ilay vehivavy. Namarana ny teniny àry izy hoe: "Lazaiko aminao fa voavela ny helony, na dia betsaka aza, satria be fitiavana izy. Fa izay voavela tamin'ny kely, dia kely fitiavana." —Lioka 7:44-47.

Tsy nanala tsiny ny fitondran-tena ratsy akory i Jesosy. Nasehony kosa fa mangoraka izy ary takany ny manjo ny olona nanao fahotana lehibe nefa manenina ka mitady fanamaivanana any aminy. Azo antoka fa maivamaivana erỳ ilay vehivavy rehefa nilaza taminy i Jesosy hoe: "Voavela ny helokao. ... Ny finoanao no efa namonjy anao. Mirary soa ho anao aho."—Lioka 7:48, 50.

# 40



◊ Ahoana no nandraisan'i Simona an'i Jesosy rehefa nivahiny tao aminy izy?
◊ Nahoana ny vehivavy iray teo an-tanàna no nitady an'i Jesosy?
◊ Inona no fanoharana nolazain'i Jesosy ary ahoana no nanazavany azy io?

# IZA NO NANOME HERY AN'I JESOSY MBA HANAOVANY FAHAGAGANA?

MATIO 12:22-32 MARKA 3:19-30 LIOKA 8:1-3

Nitory tao Galilia indray i Jesosy taoriana kelin'ny niresahany momba ny famelan-keloka, tao an-tranon'ilay Fariseo atao hoe Simona. Ny taona faharoa nanaovany ny fanompoany izao. Niara-dia taminy ny apostoly 12 sy ny vehivavy sasany namoahany demonia sy nositraniny. (Lioka 8:2) Anisan'izany i Maria Magdalena sy Sosana ary Johana, izay vadin'ny manamboninahitr'i Heroda Antipasy Mpanjaka.

Nihamaro ny olona nahalala ny momba an'i Jesosy ka vao mainka nitombo ny adihevitra mahakasika ny zavatra nataony. Hita izany rehefa nositraniny ny lehilahy iray nentina teo aminy. Nisy demonia izy io ary jamba sy moana. Niala taminy ilay demonia ka nahita sy niteny izy. Talanjona ny olona ary niteny hoe: "Sao mba io àry no Zanak'i Davida?"—Matio 12:23.

Be loatra ny olona nitangorona teo amin'ilay trano nisy an'i Jesosy ka tsy afaka nisakafo akory izy sy ny mpianany. Tsy ny rehetra no nihevitra an'i Jesosy ho ilay "Zanak'i Davida" voalaza mialoha. Tonga avy any Jerosalema mihitsy ny mpanora-dalàna sy Fariseo sasany, nefa tsy hoe te hampianarin'i Jesosy na te hanohana azy. Hoy izy ireo tamin'ny olona: "I Belzeboba no ao aminy." Te hilaza izy ireo fa miara-miasa amin'ilay "lehiben' ny demonia" i Jesosy. (Marka 3:22) Tonga hisambotra an'i Jesosy ny havany, rehefa nandre an' ilay tabataba. Nahoana?

Mbola tsy nino ny rahalahin'i Jesosy tamin' izay hoe Zanak'Andriamanitra izy. (Jaona 7:5) Toa tsy ilay Jesosy niara-lehibe tamin'izy ireo tao Nazareta ilay Jesosy noheverina fa nahatonga korontana. Nieritreritra àry izy ireo fa narary saina izy, ka hoy izy ireo: "Voa ny sainy."—Marka 3:21.



Inona anefa no nasehon'ny zava-misy? Vao avy nanasitrana lehilahy nisy demonia i Jesosy ka nahita sy niteny ilay lehilahy. Tsy nisy afaka nanda izany. Te hanaratsy an'i Jesosy ny mpanora-dalàna sy Fariseo ka nanendrikendrika azy hoe: "Tsy misy amoahan'ilehio demonia, afa-tsy amin'ny alalan'i Belzeboba, lehiben'ny demonia."—Matio 12:24.

Fantatr'i Jesosy ny tao an-tsain'izy ireo ka hoy izy: "Ho foana izay fanjakana miady an-trano, ary tsy haharitra izay tanàna na ankohonana miady an-trano. Toy izany koa fa raha i Satana no mamoaka an'i Satana, dia miady an-trano izy, koa ahoana no haharetan'ny fanjakany?"—Matio 12:25, 26.

Mitombina tokoa ilay fampisaintsainana. Fantatr'ireo Fariseo fa mamoaka demonia ny Jiosy sasany. (Asan'ny Apostoly 19:13) Nanontany àry i Jesosy hoe: "Raha amin'ny alalan'i Belzeboba no amoahako demonia, amin'ny alalan'iza kosa no amoahan'ny zanakareo azy?" Te hilaza izy fa i Belzeboba koa no amoahan'izy ireo demonia. Hoy ihany i Jesosy: "Fa raha amin'ny alalan'ny fanahin'Andriamanitra kosa no amoahako demonia, dia efa eo aminareo tokoa ny fanjakan'Andriamanitra nefa tsy fantatrareo."—Matio 12:27, 28.

Nilaza fanoharana i Jesosy mba hanaporofoana fa maharesy an'i Satana izy matoa mahavita mamoaka demonia. Hoy izy: "Ahoana no hidiran' ny olona ao an-tranon'ny lehilahy matanjaka iray ka hakany an-keriny ny entany, raha tsy fatorany aloha ralehilahy? Amin'izay izy vao handroba ny ao an-tranony. Koa izay tsy momba ahy dia manohitra ahy, ary izay tsy miara-manangona amiko, dia manaparitaka." (Matio 12:29, 30) Miharihary fa nanohitra an'i Jesosy ny mpanora-dalàna sy Fariseo, ka voaporofo fa solontenan'i Satana. Manaparitaka ny olona izy ireo mba tsy hanatonan' ny olona ny Zanak'Andriamanitra. Manohana an' io Zanany io anefa i Jehovah.

Nampitandrina an'ireo mpanohana an'i Satana ireo i Jesosy hoe: "Ho voavela avokoa ny zavadrehetra ataon'ny zanak'olombelona, na inona na inona fahotana sy fanevatevana zava-masina ataony. Fa na iza na iza kosa manevateva ny fanahy masina, dia tsy hahazo famelan-keloka mihitsy na rahoviana na rahoviana, fa meloka noho ny ota mandrakizay izy." (Marka 3:28, 29) Loza tokoa no hanjo an'ireo milaza fa avy amin'i Satana ny zavatra efa hita fa asan'ny fanahin'Andriamanitra.



◊ Iza no niaraka tamin'i Jesosy rehefa nitory tao Galilia indray izy?

◊ Nahoana ny havan'i Jesosy no saika hisambotra azy?

◊ Inona no nolazain'ny Fariseo mba hanaratsiana an'i Jesosy, ary ahoana no nanaporofoan'i Jesosy fa diso izy ireo?

# NITENY MAFY AN'IREO FARISEO I JESOSY

MATIO 12:33-50 MARKA 3:31-35 LIOKA 8:19-21

Nolavin'ny mpanora-dalàna sy Fariseo hoe avy amin'Andriamanitra ny hery amoahan'i Jesosy demonia. Efa nitady hanevateva ny fanahy masina izy ireo. Andriamanitra àry sa Satana no notohanan'izy ireo? Hoy i Jesosy: "Izay iray ambolenareo: Na hazo tsara mamoa voa tsara, na hazo ratsy mamoa voa ratsy, fa ny voany no ahafantarana ny hazo." —Matio 12:33.



Toy ny namoa voa tsara i Jesosy rehefa namoaka demonia, ka adala izay nilaza fa manompo an'i Satana izy matoa nahavita an'izany. Nohazavain'i Jesosy tamin'ilay Toriteny teo An-tendrombohitra fa tsara ny hazo fa tsy ratsy raha tsara ny voany. Hita tamin'ilay fiampangana tsy mitombina nolazain' ny Fariseo àry fa namoa voa ratsy izy ireo. Hoy i Jesosy tamin'izy ireo: "Ry taranaky ny menarana, ahoana moa no ahaizanareo milaza zavatra tsara nefa ianareo ratsy fanahy? Fa izay mameno ny fon'ny olona no lazain'ny vavany."—Matio 7:16, 17; 12:34.

Hita amin'ny tenintsika tokoa ny ao am-pontsika, ary azo itsarana antsika izany. Hoy i Jesosy: "Lazaiko aminareo fa izay teny tsy mahasoa rehetra lazain'ny olona, dia hampamoahana azy amin'ny Andro Fitsarana. Fa ny teninao no hanambarana anao ho marina, ary ny teninao no hanamelohana anao."—Matio 12:36, 37.

Efa maro ny fahagagana nataon'i Jesosy, nefa mbola nilaza ny mpanora-dalàna sy Fariseo hoe: "Mpampianatra ô, te hahita famantarana avy aminao izahay." Efa ampy ny vavolombelona nanatri-maso ny fahagagana nataon'i Jesosy, na hitan'ireo lohandohany tamin'ny Jiosy ireo izany na tsia. Namaly àry i Jesosy hoe: "Mitady famantarana foana ny taranaka ratsy fanahy sy mpanitsakitsa-bady, nefa tsy hisy famantarana homena azy afa-tsy ilay famantarana ny amin'i Jona mpaminany."—Matio 12:38, 39.

Nohazavain'i Jesosy ny teniny ka hoy izy: "Tahaka ny nitoeran'i Jona telo andro sy telo alina tao an-kibon'ilay trondro goavana, no hitoeran'ny Zanak'olona telo andro sy telo alina ao an-kibon' ny tany koa." Natelin'ny trondro goavam-be i Jona ary navoakany avy eo, ka toy ny natsangana tamin'ny maty. Te hilaza àry i Jesosy fa ho faty izy ary hatsangana amin'ny andro fahatelo. Tanteraka izany tatỳ aoriana, nefa tsy nino an'ilay "famantarana ny amin'i Jona" ny lohandohany tamin' ny Jiosy. Tsy nety nibebaka sy niova izy ireo. (Matio 27:63-66; 28:12-15) "Ny mponin'i Ninive" anefa nibebaka rehefa nitory tamin'izy ireo i Jona. Homelohin'izy ireo àry ilay taranaka tamin' ny andron'i Jesosy. Nilaza koa i Jesosy fa hana-



meloka an'ilay taranaka ny mpanjakavavin'i Sheba. Naniry hihaino ny fahendren'i Solomona mantsy izy ary talanjona tamin'izany. "Misy lehibe noho i Solomona anefa eto", hoy i Jesosy.—Matio 12:40-42.

Nampitovin'i Jesosy tamin'ny lehilahy iray nivoahan'ny fanahy maloto ilay taranaka ratsy fanahy. (Matio 12:45) Tsy nofenoin'ilay lehilahy zavatra tsara ny toerana banga, ka niverina ilay fanahy maloto. Nitondra fanahy fito ratsy noho izy ilay fanahy, ary nifehy an'ilay lehilahy izy ireo. Toa an'io lehilahy io ny firenen'Israely satria nodiovina ka niova. Nolaviny anefa ny mpaminanin' Andriamanitra. Vitany mihitsy ny nanohitra an'i Jesosy, nefa niharihary fa nanana ny fanahin' Andriamanitra izy. Hita àry fa ratsy noho ny tamin'ny voalohany ilay firenena.

Raha mbola niteny i Jesosy, dia tonga tao aorian'ilay vahoaka ny reniny sy ny rahalahiny. Nisy olona niteny teo akaikin'i Jesosy hoe: "Mijoro ao ivelany ao ny reninao sy ny rahalahinao, te hihaona aminao." Nasehon'i Jesosy taorian'izay fa tena tiany ny mpianany, ka noraisiny ho toy ny rahalahiny sy anabaviny ary reniny. Nanondro ny mpianany izy sady nilaza hoe: "Ireto mihaino sy mankatò ny tenin'Andriamanitra ireto no reniko sy rahalahiko." (Lioka 8:20, 21) Nasehony fa na dia sarobidy taminy aza ny havany, dia mbola sarobidy kokoa ny mpianany. Mampahery tokoa ny manana fianakaviana ara-panahy toy izany, indrindra rehefa tsy matoky antsika ny hafa na manakiana antsika sy ny asa tsara ataontsika.



◇ Nahoana no azo lazaina fa toy ny hazo ratsy ny Fariseo?
◇ Inona "ilay famantarana ny amin'i Jona", ary ahoana no nandavan'ny Jiosy an'ilay izy?
◇ Nahoana ny firenen'Israely tamin'ny taonjato voalohany no toy ny lehilahy nivoahan'ny fanahy maloto?
◇ Ahoana no nampisehoan'i Jesosy fa tena tiany ny mpianany?

# FANOHARANA MOMBA AN'ILAY FANJAKANA

MATIO 13:1-53 MARKA 4:1-34 LIOKA 8:4-18

Nety ho tao Kapernaomy i Jesosy tamin'izy niteny mafy an'ireo Fariseo. Rehefa niala tao amin'ilay trano izy tamin'io andro io, dia nankeo amin'ny Ranomasin'i Galilia. Nisy vahoaka niangona teo aminy. Niakatra tao amin'ny sambokely iray izy, ary nihataka ny morony ka nanomboka nampianatra momba ny Fanjakan'ny lanitra. Nilaza fanoharana maromaro izy tamin' izay. Fantatry ny mpihaino tsara ny maro tamin' ny zavatra noresahiny, ka mora kokoa tamin'izy ireo ny nahazo an'ireo lafiny mampiavaka an' ilay Fanjakana.

Niresaka momba ny mpamafy namafy voa i Jesosy. Latsaka teny amoron-dalana ny voa sasany ka lanin'ny vorona. Ny hafa kosa latsaka teny amin'ny toerana be vato, izay tsy nisy nofon-tany firy. Tsy lasa lavitra ny fakany ary main' ny masoandro ilay zavamaniry ka nalazo. Nisy koa latsaka teny amin'ny tsilo ka voagejan'ny tsilo rehefa naniry. Ny sasany kosa latsaka teny amin'ny tany tsara, ka namoa. "Nisy avo zato heny, nisy enimpolo heny, ary nisy telopolo heny."—Matio 13:8.

Nampitovin'i Jesosy tamin'ny lehilahy namafy ilay Fanjakana, tao amin'ny fanoharana iray hafa. Na natory ilay lehilahy na nifoha dia nitombo foana ilay voa, 'nefa tsy fantany hoe tamin' ny fomba ahoana.' (Marka 4:27) Naniry tamin' izao fotsiny ireo voa ary namoa ka azo nojinjaina.

Mbola momba ny famafazana voa ny fanoharana fahatelo. Namafy vary ny lehilahy iray, nefa nisy fahavalo namafy tsimparifary teo amin'ilay izy, "raha mbola natory ny olona." Nanontany



◇ Oviana ary taiza i Jesosy no nilaza fanoharana tamin'ny vahoaka?

# 43



an'ilay lehilahy ny mpanompony raha tokony hongotana ny tsimparifary. Hoy izy: "Tsia! Sao manongotra ny vary koa ianareo rehefa manangona ny tsimparifary. Avelao ihany hiara-maniry izy roa tonta mandra-pahatongan'ny fotoam-pijinjana. Amin'izay fotoana izay aho no hilaza amin'ny mpijinja hoe: Angony aloha ny tsimparifary ka afatory ho amboarany mba hodorana, ary avy eo vao angony ny vary ka ataovy ao antrano fitehirizako vokatra."—Matio 13:24-30.

Maro tamin'ireo nihaino an'i Jesosy no nahalala momba ny fambolena. Fantatr'izy ireo tsara ny voan-tsinapy, ka noresahin'i Jesosy koa. Lasa hazo be izy io ary afaka maka toerana eny amin'ny sampany ny vorona. Hoy i Jesosy: "Ny fanjakan'ny lanitra dia tahaka ny voan-tsinapy, izay nalain'olona ka namboleny tany an-tsahany." (Matio 13:31) Tsy nampianatra momba ny zavamaniry anefa izy teo. Tiany haseho kosa fa afaka mitombo ho ngezabe ny zavatra tena kely.

Niresaka zavatra nahazatra ny maro tamin'ny mpihaino azy i Jesosy avy eo. Nilaza izy fa ny Fanjakan'ny lanitra dia toy ny "lalivay nalain'ny vehivavy iray ka nampifangaroiny tamin'ny lafarinina intelon'ny famarana lehibe." (Matio 13: 33) Tsy hita maso ilay lalivay nefa niely tamin' ilay koba manontolo ka nampitombo azy. Lasa ngezabe ilay koba ary nisy fiovana tsy tonga dia hitan'ny maso tao aminy.

Noravan'i Jesosy ny vahoaka taorian'izay, ary niverina tany amin'ilay trano nipetrahany izy. Tsy ela dia tonga teo aminy ny mpianany, satria te hahalala izay tiany hambara.

NAHASOA NY MPIANANY NY FAMPIANARANY

Efa nandre an'i Jesosy nilaza fanoharana ny mpianatra, saingy mbola tsy be dia be toy ny tamin'ity indray mandeha ity. Hoy àry izy ireo taminy: "Nahoana no fanoharana no itenenanao aminy?"—Matio 13:10.

Mba hahatanteraka ny faminanian'ny Baiboly ny antony iray. Hoy i Matio: 'Tsy niteny taminy izy raha tsy tamin'ny fanoharana, mba ho tanteraka izay nolazaina tamin'ny alalan'ny mpaminany hoe: "Hilaza fanoharana aho, ary hanambara zavatra nafenina hatramin'ny nanorenana izao tontolo izao."'—Matio 13:34, 35; Salamo 78:2.

Nilaza fanoharana koa i Jesosy mba hahalalana ny toe-tsain'ny olona. Maro no te hahalala azy, satria mahay mitantara izy sady manao fahagagana. Tsy nihevitra azy ho Tompo tokony hankatoavina izy ireo ary tsy nieritreritra ny hahafoy tena ka hanara-dia azy. (Lioka 6:46, 47) Tsy te hanova ny toe-tsainy sy ny fomba fiainany izy ireo. Tsy tiany hisy vokany be toy izany ilay hafatra.

Hoy i Jesosy namaly ny fanontanian'ny mpianany: 'Noho izany, dia fanoharana no itenenako aminy, satria mijery izy fa tsy mahita, mandre izy fa tsy mihaino, sady tsy mahazo ny hevitr'izany. Koa tanteraka aminy ny faminanian'i Isaia hoe: "Fa efa nanjary donto ny fon'ity vahoaka ity."'—Matio 13:13-15; Isaia 6:9, 10.

Tsy izay rehetra nihaino an'i Jesosy anefa no toy izany. Hoy izy: 'Sambatra ianareo, satria mahita ny masonareo, ary mandre ny sofinareo. Lazaiko aminareo marina tokoa fa maro ny mpaminany sy olo-marina naniry hahita izay hitanareo nefa tsy nahita, ary naniry handre izay renareo nefa tsy nandre.'—Matio 13:16, 17.

Vonona hihaino ny fanazavan'i Jesosy ny apostoly 12 sy ny mpianatra hafa tsy mivadika, ka hoy izy: "Ianareo no navela hahazo ny hevitry

---

◊ Inona ireo fanoharana dimy noresahin'i Jesosy voalohany?

◊ Nahoana i Jesosy no nilaza fanoharana?

◊ Nahoana ireo mpianatr'i Jesosy no tsy nitovy tamin'ireo vahoaka?

◊ Ahoana no nanazavan'i Jesosy an'ilay fanoharana momba ny mpamafy?

ny zava-miafina masina momba ny fanjakan'ny lanitra, fa ireny kosa tsy navela." (Matio 13:11) Tena te hahazo izay tian'i Jesosy hambara ny mpianany, ka nohazavainy tamin'izy ireo ny hevitr'ilay fanoharana momba ny mpamafy.

Nilaza i Jesosy fa "ny voa dia ny tenin'Andriamanitra" ary ilay tany dia ny fo. (Lioka 8:11) Tena manampy antsika hahazo ny hevitr'ilay fanoharana izany.

Hoy i Jesosy momba an'ireo voa latsaka teny amoron-dalana, izay toerana voahitsakitsaky ny olona: "Avy ny Devoly ka manaisotra ny teny tsy ho ao am-pony, sao hino izy ka ho voavonjy." (Lioka 8:12) Ary inona no tiany horesahina amin'ilay voa latsaka teny amin'ny tany be vato? Te hilaza izy fa misy olona faly mandray ny teny nefa tsy mamaka ao am-pony izany. Mihemotra izy ireo "raha vao mipoitra ny fahoriana na ny fanenjehana noho ny teny." Miala izy ireo rehefa "tojo fotoam-pitsapana", izay angamba fanoheran'ny mpianakavy na olon-kafa. —Matio 13:21; Lioka 8:13.

Nanazava i Jesosy avy eo fa ireo voa latsaka teny amin'ny tsilo, dia ireo olona mandre ny teny nefa tototry ny "fanahiana eto amin'ity tontolo ity sy ny famitahan'ny harena." (Matio 13:22) Latsaka ao am-pony ny teny nefa voageja ka tsy mamoa.

Ilay tany tsara no noresahin'i Jesosy farany. Izany dia ireo olona mandre ny teny sy mandray am-po an'izany satria mahazo ny tena hevitr' ilay izy. Inona no vokany? "Mamoa" izy ireo. Tsy mitovy anefa ny habetsahan'ny vokatra satria samy hafa ny zavatra iainan'ny olona, ohatra hoe ny taonany na ny fahasalamany. Misy mamoa avo 100 heny, misy 60 heny, ary misy 30 heny. Mandray fitahiana tokoa ireo manompo an'i Jehovah, izany hoe ireo "mandre ny



teny amin'ny fo tsara sy mahitsy, ka mitahiry izany ao am-pony, ary mamoa amin'ny fiaretana."—Lioka 8:15.

Azo antoka fa tena gaga tamin'izany ireo mpianatr'i Jesosy nangataka fanazavana. Tena azon'izy ireo tsara mantsy izao ireo fanoharana. Tian'i Jesosy hazava amin'izy ireo izany, mba hahafahan'izy ireo hizara ny fahamarinana. Nanontany i Jesosy hoe: "Hapetraka ao ambany sobika famarana na any ambany fandriana ve ny jiro? Tsy hapetraka eo ambony fitoeran-jiro ve izany?" Hoy àry izy: "Izay manan-tsofina hoenti-mihaino, aoka izy hihaino."—Marka 4:21-23.



NAHAZO FAHALALANA BEBE KOKOA IZY IREO

Mbola nangataka fanazavana ny mpianatra rehefa avy nohazavain'i Jesosy ilay fanoharana momba ny mpamafy. Hoy izy ireo: "Hazavao aminay ny hevitr'ilay fanoharana momba ny tsimparifary teny an-tanimbary."—Matio 13:36.


Hita fa tena tsy toy ny an'ireo vahoaka teo amoron-drano ny toe-tsain'ireo mpianatra. Nihaino ireo vahoaka ireo saingy tsy tena tiany ho fantatra ny hevitr'ireo fanoharana sy ny fomba ampiharana azy. Efa nahafa-po azy ireo ny hevitra ankapobeny. Nasehon'i Jesosy fa tsy toa azy ireo ny mpianany satria tonga teo aminy mba hahazo fanazavana bebe kokoa. Hoy izy:

"Tandremo izay renareo. Araka izay famarana ampiasainareo no hamarana ho anareo, eny, hahazo fanampiny aza ianareo." (Marka 4:24) 'Nitandrina' na nifantoka tsara tamin'izay nolazain'i Jesosy ny mpianany, ka toy ny hoe nampiasa famarana lehibe. Nomen'i Jesosy fanazavana bebe kokoa izy ireo, vokatr'izany. Hoy àry izy rehefa nanontany ny dikan'ilay fanoharana momba ny vary sy tsimparifary izy ireo:

"Ny mpamafy ny voa tsara dia ny Zanak'olona, ny tanimbary dia izao tontolo izao, ny voa tsara dia ny zanak'ilay fanjakana, fa ny tsimparifary kosa dia ny zanak'ilay ratsy, ary ny fahavalo namafy izany dia ny Devoly. Ny fotoam-pijinjana dia ny fifaranan'ny rafitr'ity tontolo ity, ary ny mpijinja dia anjely."—Matio 13:37-39.

Nilaza ny fiafaran'ilay fanoharana i Jesosy avy eo. Nilaza izy fa amin'ny fifaranan'ny rafitr' ity tontolo ity dia hosarahin'ireo mpijinja na ny anjely ireo Kristianina sandoka toy ny tsimparifary sy ireo tena "zanak'ilay fanjakana." Hangonina ireo "olo-marina" ary hamirapiratra "ao amin'ny fanjakan'ny Rainy." Horinganina kosa "ny zanak'ilay ratsy" ka tsy mahagaga raha "hitomany sy hitoloko."—Matio 13:41-43.

Nilaza fanoharana telo tamin'ny mpianany i Jesosy avy eo. Izao no voalohany: "Ny fanjakan' ny lanitra dia tahaka ny harena nafenina tany an-tsaha, izay hitan'olona ka nafeniny. Ary noho ny hafaliany, dia lasa izy nivarotra izay nananany ka nividy izany saha izany."—Matio 13:44.





Izao no faharoa: 'Ny fanjakan'ny lanitra dia tahaka ny mpivaro-mandeha mitady perla faran'izay tsara. Rehefa nahita perla iray sarobidy izy, dia lasa nivarotra avy hatrany an'izay rehetra nananany ka nividy an'ilay perla.'—Matio 13:45, 46.

Nasongadin'i Jesosy tamin'ireo fanoharana roa ireo fa vonona hanao sorona ny olona iray mba hahazoana zavatra tena sarobidy. Azon'ny mpianany ilay ohatra momba ny perla. Nivarotra avy hatrany "an'izay rehetra nananany" ilay mpivarotra, mba hahazoany an'ilay perla. Nivarotra "izay nananany" rehetra koa ilay lehilahy nahita harena nafenina, mba hahazoany an'ilay harena. Samy afaka nahazo zava-tsarobidy sy nankamamy izany ny olona resahin'ireo fanoharana ireo. Azo oharina amin'izany ny sorona ataon'ny olona iray mba hifandraisana akaiky amin'Andriamanitra. (Matio 5:3) Efa niezaka be mba hifandray akaiky amin'Andriamanitra sy ho tena mpanara-dia an'i Jesosy ny olona sasany nandre an'ireo fanoharana ireo.—Matio 4:19, 20; 19:27.

Nampitovin'i Jesosy tamin'ny harato tarihina manangona ny karazan-trondro rehetra ny Fanjakan'ny lanitra, tao amin'ilay fanoharana fahatelo. (Matio 13:47) Navahana ireo trondro ka notehirizina izay tsara fa nariana izay ratsy. Nilaza i Jesosy fa toy izany no hitranga amin'ny fifaranan'ny rafitr'ity tontolo ity. Hanavaka ny ratsy fanahy amin'ny olo-marina ny anjely.

Toy ny hoe nanarato i Jesosy, rehefa niantso an'ireo mpianany voalohany mba ho lasa "mpanarato olona." (Marka 1:17) Nilaza anefa izy fa ho tanteraka amin'ny hoavy ilay fanoharana momba ny harato tarihina, izany hoe "amin'ny fifaranan'ny rafitr'ity tontolo ity." (Matio 13:49) Azon'ireo apostoly sy ny mpianatra hafa nihaino an'i Jesosy àry fa hisy zavatra tena mahaliana mbola hitranga.

Nahazo tombontsoa hafa ireo nihaino ny fanoharana nolazain'i Jesosy avy tao an-tsambokely. Nasehon'i Jesosy fa vonona 'hanazava tamin'ny mpianany ny zava-drehetra' izy, "rehefa nitokana izy ireo." (Marka 4:34) "Tahaka ny tompon-trano izay mamoaka zavatra vaovao sy tranainy avy ao amin'ny trano fitehirizany" izy. (Matio 13:52) Tsy nampidera ny fahaizany mampianatra i Jesosy tamin'izy nilaza an'ireo fanoharana ireo, fa nampita fahamarinana tena sarobidy tamin'ny mpianany. "Mpampianatra ampahibemaso" miavaka tokoa izy!

---

◇ Tao amin'ilay fanoharana momba ny vary sy tsimparifary, mifanitsy amin'ny inona na amin'iza ilay mpamafy, ny tanimbary, ny voa tsara, ny tsimparifary, ilay fahavalo, ny fotoam-pijinjana, ary ny mpijinja?

◇ Inona ireo fanoharana telo hafa nolazain'i Jesosy, ary inona no ianarantsika avy amin'izy ireo?

# NAMPITSAHATRA TAFIO-DRIVOTRA TENY AN-DRANOMASINA I JESOSY

MATIO 8:18, 23-27   MARKA 4:35-41   LIOKA 8:22-25



Be atao i Jesosy nandritra ny andro ka reraka. Hoy izy tamin'ny mpianany rehefa hariva: "Andao ho eny ampita", izany hoe teny ampitan'ilay faritra nisy an'i Kapernaomy.—Marka 4:35.

Faritra nisy ny Gerasianina ny teny ampita atsinanan'ny Ranomasin'i Galilia, ary nantsoina hoe Dekapolisy. Foiben'ny kolontsaina grika ny tanàna tany, na dia be Jiosy aza.

Voamariky ny olona ny nialan'i Jesosy tao Kapernaomy. Nisy sambokely hafa koa nanomboka niampita an'ilay farihy. (Marka 4:36) Tsy dia lavitra ny teny ampita, raha ny marina. Farihy lehibe ny Ranomasin'i Galilia, ka 21 kilaometatra eo ho eo ny lavany, 12 kilaometatra eo ho eo ny sakany lehibe indrindra, ary lalina ilay izy.

Ara-dalàna raha reraka i Jesosy na dia lavorary aza, satria be atao tamin'ny fanompoana. Nitsotra teny amin'ny vodisambo àry izy rehefa niainga ilay sambo. Nataony teo ambony ondana ny lohany dia resin-tory izy.

Maromaro tamin'ny apostoly no efa tantsambo za-draharaha, nefa tsy mora ny dia tamin'io. Misy tendrombohitra eo amin'ny manodidina ary matetika no mafana ny fanambonin'ilay farihy. Mifofofofo indraindray ny rivotra mangatsiaka avy eny an-tendrombohitra ary mihaona amin'ny rano mafana eo amin'ilay farihy, ka miteraka tafiotra tampoka. Izany no nitranga tamin'izay. Tsy ela dia nidona tamin'ilay sambokely ny onja. Nanomboka "nihafeno rano ilay sambokely, ary nananontanona ny loza." (Lioka 8:23) Mbola natory anefa i Jesosy.

Nanezakezaka namily an'ilay sambo ireo mpianatra. Efa niatrika tafio-drivotra izy ireo ka nampiasainy ny traikefa azony. Hafa mihitsy anefa ity indray mitoraka ity. Natahotra ny ho faty izy ireo ka namoha an'i Jesosy sady niteny hoe: "Tompo ô, vonjeo fa ho faty isika!" (Matio 8:25) Natahotra ny hilentika izy ireo.

Hoy i Jesosy rehefa taitra: "Nahoana ianareo no saro-tahotra, ry kely finoana?" (Matio 8:26) Nandidy ny rivotra sy ny rano izy avy eo hoe: "Mangìna! Mitonia!" (Marka 4:39) Dia nitsahatra ilay rivo-mahery ary tony indray ilay rano. (Nitantara an'io zava-nitranga nahatalanjona io koa i Marka sy Lioka. Notantarainy hoe nampitony ny rano tamin'ny fomba mahagaga i Jesosy, izay vao noresahiny ny momba ireo mpianatra tsy ampy finoana.)

Eritrereto ange ny fihetseham-pon'ireo mpianatra e! Vao teo ry zareo no nahita tafio-drivotra be, nefa tony tanteraka ny rano izao. Raiki-tahotra izy ireo ka nifampiresaka hoe: "Fa iza marina àry izy ity, fa hatramin'ny rivotra sy ny ranomasina aza mankatò azy?" Tonga soa aman-tsara teny ampita ry zareo. (Marka 4:41–5:1) Tafaverina teny andrefana kosa angamba ireo sambo niara-niainga taminy.

Mampahery tokoa ny mahalala fa afaka mibaiko ny toetrandro ny Zanak'Andriamanitra. Hifantoka tanteraka amin'ny tanintsika izy rehefa hanjaka, ka tsy hanana ahiahy ny rehetra satria tsy hisy loza mampahatahotra intsony eo amin'ny natiora.

- ◇ Inona no nety ho nahatonga an'ilay rivo-mahery teo amin'ny Ranomasin'i Galilia?
- ◇ Inona no nataon'ny mpianatr'i Jesosy rehefa tsy nahita hevitra intsony izy ireo?
- ◇ Nahoana no mampahery antsika io zava-nitranga io?

# NAHAVITA NIFEHY DEMONIA MARO I JESOSY

MATIO 8:28-34   MARKA 5:1-20   LIOKA 8:26-39

Tody teo amoron-drano ny mpianatr'i Jesosy taorian'ilay tafiotra. Taitra be izy ireo, satria nihazakazaka nanatona an'i Jesosy ny lehilahy roa nahery setra be sy nisy demonia. Avy teny amin'ny fasana teo akaiky teo izy ireo. Ny iray ihany no tena noresahina, satria angamba nahery setra kokoa sady efa ela kokoa no nisy demonia.

Nampalahelo io lehilahy io. Nandehandeha tsy niakanjo izy sady 'niantsoantso mafy tsy an-kijanona teny am-pasana sy teny an-tendrombohitra, na andro na alina, ary nodidididiany tamin'ny vato ny tenany.' (Marka 5:5) Nahery setra be izy ka natahotra ny handalo teny akaiky teny ny olona. Efa nisy nanandrana namatotra azy, nefa notapahiny ny rojo vy ary nopotipotehiny ny gadra vy tamin' ny tongony. Tsy nisy nahafehy azy.

Nanatona an'i Jesosy ilay lehilahy ary niankohoka teo an-tongony. Nataon'ireo demonia nikiakiaka àry izy ka niteny hoe: "Misy zavatra iombonako aminao angaha moa, ry Jesosy Zanak'ilay Andriamanitra Avo Indrindra? Miangavy anao aho hianiana amin'ny anaran'Andriamanitra mba tsy hampijaly ahy." Nasehon'i Jesosy fa manana fahefana amin'ny demonia izy, ka hoy izy: "Mivoaha amin'ity lehilahy ity, ry fanahy maloto."—Marka 5: 7, 8.

Demonia maro no nifehy an'ilay lehilahy. Rehefa nanontany i Jesosy hoe: "Iza no anaranao?", dia hoy izy: "Andian-tafika no anarako, satria maro izahay." (Marka 5:9) Nisy miaramila an'arivony ny andian-tafika romanina. Demonia maro àry no nifehy an'ilay lehilahy, ka faly erỳ nahita azy nijaly. Niangavy an'i Jesosy izy ireo "mba tsy handidy ny handefasana azy ao amin'ny lavaka mangitsokitsoka." Toa efa fantatr'izy ireo ny miandry azy sy Satana filohany.—Lioka 8:31.

Nisy kisoa 2000 teo ho eo nandrasana teo akaiky teo. Nilaza ny Lalàna fa biby maloto ny kisoa ary tsy tokony hompian'ny Jiosy. Hoy ireo demonia: "Mba avelao hiditra ao amin'iretsy kisoa iretsy izahay." (Marka 5:12) Nanaiky i Jesosy ka niditra tao amin'ireo kisoa izy ireo. Nirifatra nankeo amin' ny hantsana àry ireo kisoa rehetra ka nianjera tany an-dranomasina ary maty.





Nahita izany ireo mpiandry kisoa, ka nihazakazaka nitantara izany tany an-tanàna sy tany ambanivohitra. Tonga nijery izay nitranga ny olona. Rehefa tonga izy ireo, dia nahita fa efa sitrana ilay lehilahy nivoahan'ny demonia ary salama saina tsara. Efa niakanjo izy ary nipetraka teo an-tongotr'i Jesosy!

Natahotra be ny olona, na ireo nandre izay nitranga na ireo nahita an'ilay lehilahy. Tsy fantany mantsy izay mbola hataon'i Jesosy. Nasain'izy ireo niala tao amin'ilay faritra àry izy. Rehefa niakatra tao an-tsambokely i Jesosy, dia niangavy ny hiaraka taminy ilay lehilahy nivoahan'ny demonia. Hoy anefa i Jesosy: "Modia any amin'ny havanao, ka lazao aminy izay rehetra nataon'i Jehovah taminao sy ny namindrany fo taminao."—Marka 5:19.

Fanaon'i Jesosy ny mandrara an'izay nositraniny mba tsy hitantara amin'iza na iza. Tsy tiany mantsy raha tatitra mampitolagaga no hahatonga ny olona hino azy. Tsy izany anefa no nataony tamin' ilay lehilahy nivoahan'ny demonia. Izy io mantsy no porofo tsy azo lavina fa mahery i Jesosy. Afaka nitantara an'izay nitranga tamin'ireo olona tsy tafahaona tamin'i Jesosy izy. Raha misy manao tatitra diso momba ny nahafatesan'ireo kisoa koa, dia ho afaka hanaporofo ilay lehilahy hoe tsy marina ilay izy. Lasa àry izy nandeha eran'i Dekapolisy ka nitantara an'izay nataon'i Jesosy taminy.



- ◇ Ny iray tamin'ireo lehilahy roa nisy demonia ihany no tena noresahina. Nahoana?
- ◇ Inona no fantatr'ireo demonia fa miandry azy?
- ◇ Nahoana ilay lehilahy nivoahan'ny demonia no nasain'i Jesosy nitantara izay natao taminy?

# NIKASIKA NY AKANJON'I JESOSY IZY KA SITRANA

MATIO 9:18-22 MARKA 5:21-34 LIOKA 8:40-48

Niely tamin'ireo Jiosy nipetraka teo amin'ny morony avaratrandrefan'ny Ranomasin'i Galilia ny vaovao hoe niverina avy tany Dekapolisy i Jesosy. Azo inoana fa maro no nahalala hoe vao avy nampitony tafio-drivotra izy. Nety ho nisy nahalala koa fa nanasitrana lehilahy roa nisy demonia izy. Nisy "vahoaka be" niangona hitsena an'i Jesosy àry teo amoron-drano, angamba tao amin'ny faritr'i Kapernaomy. (Marka 5:21) Efa tsindrian-daona izy ireo rehefa nidina ny sambokely i Jesosy.

Anisan'izy ireo i Jairo, mpitantana ny synagoga, angamba ilay synagoga tao Kapernaomy. Niankohoka teo an-tongotr'i Jesosy izy, ka niangavy azy imbetsaka hoe: "Efa ho faty ny zanako vavikely. Mba afaka mankany ve ianao, hametra-tanana aminy mba ho sitrana izy ka ho velona?" (Marka 5:23) Vao 12 taona io zanaka vavitokan'i Jairo io ary tena sarobidy taminy. Inona àry no hataon'i Jesosy rehefa nitalaho taminy mba hanampy azy io i Jairo?—Lioka 8:42.

Nisy zavatra hafa nampihetsi-po, tamin'i Jesosy teny an-dalana ho any an-tranon'i Jairo. Nientanentana ny olona maro nanaraka an'i Jesosy ary nieritreritra raha hanao fahagagana indray izy na tsia. Nisy vehivavy iray tao amin' ilay vahoaka anefa tsy nieritreritra afa-tsy ny aretina mafy nahazo azy.

Efa nijaly nandritra ny 12 taona io vehivavy jiosy io satria nandeha ra. Dokotera maro no efa nalehany ary lany tamin'ny fitsaboana samihafa nasain'izy ireo natao ny volany rehetra. Tsy sitrana anefa izy fa "vao mainka aza niharatsy" ny fahasalamany.—Marka 5:26.

Takatrao angamba fa sady nandreraka azy ilay aretiny no nahamenatra. Tsy miresaka ampahibemaso ny aretina toy izany ny olona matetika. Nilaza koa ny Lalàn'i Mosesy fa maloto ny vehivavy iray rehefa mandeha ra. Tsy maintsy misasa izay mikasika azy na mikasika ny akanjony misy ra, ary maloto mandra-paharivan'ny andro.—Levitikosy 15:25-27.

Nandre "ny momba an'i Jesosy" ilay vehivavy ka nitady azy. Naloto anefa izy ka niafinafina araka izay azo natao rehefa nanavatsava an'ilay vahoaka. Nieritreritra izy hoe: "Raha mikasika ny akanjony ivelany fotsiny aho, dia ho sitrana." Vao nikasika ny mikiramborambo tamin'ny morontongotry ny akanjon'i Jesosy izy, dia tsapany fa nijanona ilay ra. "Sitrana tamin'ilay aretina nampijaly izy."—Marka 5:27-29.

Hoy i Jesosy avy eo: "Iza no nikasika ahy teo?" Inona re no tsapan'ilay vehivavy tamin' izay e? Toa nanome tsiny an'i Jesosy i Petera, ka niteny hoe: "Ny vahoaka no manery anao manodidina sady mifanesika eo aminao!" Nahoana àry i Jesosy no nanontany hoe: "Iza no nikasika ahy teo?" Hoy izy: "Nisy olona nikasika ahy teo, satria tsapako fa nisy hery nivoaka tamiko." (Lioka 8:45, 46) Nisy hery niala taminy matoa sitrana ilay vehivavy.

Hitan'ilay vehivavy fa nisy nahalala ny nataony. Natahotra sy nangovitra izy ary nandohalika teo anatrehan'i Jesosy. Notsoriny teo imason' ny olona rehetra ny aretiny sy ilay izy vao sitrana. Tsara fanahy i Jesosy ary nampahery azy ka nilaza hoe: "Ny finoanao no nahasitrana anao, anaka. Mirary soa ho anao aho, ary ho sitrana amin'iny aretina nampijaly anao iny anie ianao!" —Marka 5:34.

Be fitiavana sy mahay mangoraka tokoa ilay nofidin'Andriamanitra hitondra ny tany. Sady miahy ny olona izy no manana hery hanampiana azy ireo.



◊ Nahoana ny olona no niangona mba hitsena an'i Jesosy rehefa niverina tao Kapernaomy izy?
◊ Inona no nanjo ny vehivavy iray, ary nahoana izy no nitady ny fanampian'i Jesosy?
◊ Ahoana no nahasitrana an'ilay vehivavy, ary ahoana no nampaherezan'i Jesosy azy?

# VELONA INDRAY ILAY ANKIZIVAVY!

MATIO 9:18, 23-26   MARKA 5:22-24, 35-43   LIOKA 8:40-42, 49-56

Nahita an'i Jesosy nanasitrana an'ilay vehivavy nandeha ra i Jairo. Azony antoka àry fa afaka manao zavatra ho an'ny zanany vavy i Jesosy, na dia nieritreritra aza izy fa nety ho "efa maty" izy io tamin'izay. (Matio 9:18) Mbola nisy azo natao ve?

Raha mbola niresaka tamin'ilay vehivavy nositraniny i Jesosy, dia nisy lehilahy maromaro tonga avy tany an-tranon'i Jairo ary nilaza hoe: "Maty ny zanakao! Nahoana no mbola manahirana ny mpampianatra ihany ianao?"—Marka 5:35.

Vaovao nampalahelo tokoa izany! Tsy afa-nanoatra i Jairo, izay lehilahy nohajain'ny fiarahamonina. Maty ilay zanany vavitokana. Henon'i Jesosy anefa ilay vaovao ka nitodika tany amin' i Jairo izy ary nampahery azy hoe: "Aza matahotra fa minoa fotsiny."—Marka 5:36.



Niaraka tamin'i Jairo nankany an-tranony i Jesosy avy eo. Nisy tabataba be tao satria nitomany sy nidradradradra ary nikapo-tratra noho ny alahelo ny olona. Niditra i Jesosy ary nilaza hoe: "Tsy maty ilay zaza fa matory." (Marka 5:39) Gaga ny olona ka nihomehy azy. Fantatr' izy ireo mantsy fa tena maty ilay zaza. Nasehon' i Jesosy taorian'izay anefa fa noho ny hery nomen'Andriamanitra azy, dia afaka manangana ny maty izy, toy ny mamoha olona matory be.

Nasain'i Jesosy nivoaka daholo ny olona, afatsy i Petera, Jakoba, Jaona, ary ny ray amandrenin'ilay zaza. Nentiny niaraka taminy tao amin'ny nisy an'ilay zaza izy dimy. Noraisiny ny tanan'ilay zaza ka hoy izy: *"Talita komy",* izany hoe "ry zazavavy, hoy aho aminao: Miarena!" (Marka 5:41) Niarina avy hatrany ilay zazavavy ary nanomboka nandeha. Alao sary an-tsaina ange ny hafalian'i Jairo sy ny vadiny e! Tian'i Jesosy hoporofoina fa tena velona ilay zaza ka nasainy nomena sakafo.

Nandidy an'ireo olona nositraniny i Jesosy talohan'izay mba tsy hitantara ny zavatra nataony ho azy ireo. Izany koa no nataony teto. Faly loatra anefa i Jairo mivady sy ny olon-kafa ka nampiely an'ilay vaovao "eran'ilay faritra." (Matio 9:26) Raha ny havanao no natsangana tamin'ny maty, tsy ho faly be koa ve ianao ka hitantara izany? Ny zanakavavin'i Jairo no olona faharoa tantarain'ny Baiboly hoe natsangan'i Jesosy tamin'ny maty.

◊ Inona no tatitra voarain'i Jairo, ary ahoana no nampaherezan'i Jesosy azy?
◊ Inona no hitan'i Jesosy sy Jairo rehefa tonga tao an-tranon'i Jairo izy ireo?
◊ Nahoana i Jesosy no nilaza fa matory ilay zazavavy efa maty?



# NANAO FAHAGAGANA IZY NEFA NOLAVIN'NY OLONA TAO NAZARETA

MATIO 9:27-34; 13:54-58 MARKA 6:1-6



Be atao i Jesosy nandritra an'ilay andro. Nanasitrana vehivavy nandeha ra izy ary nanangana ny zanakavavin'i Jairo, rehefa avy tany Dekapolisy. Mbola nisy zavatra nataony anefa tamin' io andro io. Nisy jamba roa lahy nanaraka azy rehefa niala tao amin'i Jairo izy. Hoy izy ireo: "Mba iantrao izahay, ry Zanak'i Davida ô!"—Matio 9:27.

Niantso an'i Jesosy hoe "Zanak'i Davida" ireo jamba, satria nino fa izy no Mesia mpandova ny seza fiandrianan'i Davida. Toa nodian'i Jesosy tsy re izy ireo, satria angamba tiany ho hita raha hisisika hiantso. Izany tokoa no nataon'ireo jamba. Nanaraka an'i Jesosy izy ireo rehefa niditra tao amin'ny trano iray izy. Hoy i Jesosy: "Mino ve ianareo fa mahay manao izany aho?" Tsy nisalasala izy ireo namaly hoe: "Eny, Tompoko." Nokasihin' i Jesosy àry ny mason'izy ireo ary hoy izy: "Aoka ho tonga aminareo izany, araka ny finoanareo." —Matio 9:28, 29.

Tampoka teo dia nahita izy roa lahy. Nandrara azy ireo tsy hitantara izay nataony i Jesosy, toy ny fanaony. Faly be anefa izy roa lahy ka niresaka momba azy hatraiza hatraiza.

Nony lasa izy roa lahy dia nentin'ny olona nankeo amin'i Jesosy ny lehilahy nisy demonia sady moana. Navoakan'i Jesosy ilay demonia ary afaka niteny avy hatrany ilay lehilahy. Talanjona ny vahoaka ka niteny hoe: "Mbola tsy nisy toy izao mihitsy teto amin'ny Israely." Teo koa ny Fariseo, ary tsy afaka nanda hoe nahavita fahagagana i Jesosy. Nampangainy indray àry i Jesosy hoe: "Hery avy amin'ny lehiben'ny demonia no amoahany demonia."—Matio 9:33, 34.

Nankany Nazareta tanàna niaviany i Jesosy tsy ela taorian'izay, ary nanaraka azy ny mpianany. Nampianatra tao amin'ny synagoga tao izy, herintaona teo ho eo talohan'io. Nampitolagaga ny olona izay nolazainy tamin'izay. Sosotra tamin'ny fampianarany anefa izy ireo, ka nitady hamono azy. Niezaka nanampy azy ireo indray izao i Jesosy.

Nampianatra tao amin'ny synagoga izy tamin' ny Sabata. Gaga be ny olona maro ka niteny hoe: "Taiza no nahazoan'ilehio fahendrena toy izany sy fahaiza-manao fahagagana toy izao? Tsy io ve ilay zanaky ny mpandrafitra? Tsy Maria ve no anaran-dreniny, ary tsy i Jakoba sy Josefa sy Simona ary Jodasy ve no rahalahiny? Ary tsy eto amintsika avokoa ve ny anabaviny? Taiza àry no nahazoan' ilehio izany rehetra izany?"—Matio 13:54-56.

Nihevitra ny olona fa avy teo an-tanàna ihany i Jesosy. Nieritreritra izy ireo hoe: 'Hitantsika ny nahalehibe azy, ka nahoana no hoe izy no Mesia?' Nolavin'izy ireo i Jesosy, na dia teo aza ny porofo maro, ohatra hoe tena hendry sy nahay fahagagana izy. Efa nifankazatra taminy ny havany, ka na izy ireo aza tafintohina taminy. Hoy àry i Jesosy: "Ao amin'ny faritra niaviany sy ao an-tranony ihany ny mpaminany no tsy mba hajaina."—Matio 13:57.

Gaga i Jesosy hoe tsy nanam-pinoana izy ireo. Tsy nanao fahagagana tao àry izy, "afa-tsy nametrahan-tanana tamin'ny marary vitsivitsy" mba hahasitrana azy ireo.—Marka 6:5, 6.

---

◊ Inona no ninoan'ireo jamba roa lahy matoa izy ireo niantso an'i Jesosy hoe "Zanak'i Davida"?
◊ Inona no nolazain'ny Fariseo rehefa nahita ny fahagagana nataon'i Jesosy izy ireo?
◊ Ahoana no nandraisan'ny olona tao Nazareta an'i Jesosy ary nahoana?

# NITORY TANY GALILIA SY NAMPIOFANA NY APOSTOLY IZY

MATIO 9:35–10:15 MARKA 6:6-11 LIOKA 9:1-5

Tena nazoto nitory i Jesosy nandritra ny roa taona teo ho eo. Naka aina amin'izay ve izy? Vao mainka aza izy nitory bebe kokoa ary "nitety ny tanàna rehetra [tany Galilia], na kely na lehibe, ka nampianatra tany amin'ny synagoga sy nitory ny vaovao tsaran'ilay fanjakana ary nanasitrana ny karazan' aretina rehetra sy ny karazana kilema rehetra." (Matio 9:35) Tsapany avy amin'ny zavatra hitany fa ilaina ny mitory amin'ny faritra maro kokoa. Ahoana no hahavitany izany?

Hitan'i Jesosy tamin'ny dia nataony fa nila fampaherezana sy nila nampianana hifandray amin' Andriamanitra ny olona. Toy ny ondry tsy misy mpiandry izy ireo ka naparitaka sy nampahorina. Nangoraka azy ireo izy ka niteny tamin'ny mpianany hoe: "Eny, be ny vokatra fa ny mpiasa no vitsy. Koa iangavio ny Tompon'ny vokatra haniraka mpiasa hijinja ny vokatra."—Matio 9:37, 38.

Fantatr'i Jesosy ny fomba hahavitana an'ilay fitoriana. Nantsoiny ny apostoly 12 ary nampiarahiny tsiroaroa ka lasa ekipa enina. Nomeny izao toromarika mazava izao izy ireo: "Aza mandeha any amin'ny lalan'ny hafa firenena, ary aza miditra ao amin'ny tanànan'ny Samaritanina, fa any amin'ny ondry very eo amin'ny taranak'Israely ihany mandeha. Rehefa mandeha ianareo, dia mitoria hoe: 'Efa manakaiky ny fanjakan'ny lanitra.' "—Matio 10: 5-7.

Ilay Fanjakana noresahin'i Jesosy tao amin'ny vavaka modely no nasainy notorina. Ilay hoe 'efa manakaiky ilay Fanjakana' dia midika hoe efa eo i Jesosy Kristy, ilay notendren'Andriamanitra ho



Mpanjaka. Inona anefa no porofo fa solontenan'io Fanjakana io tokoa ny mpianany? Nomen'i Jesosy hery izy ireo mba hanaovana fahagagana maimaim-poana, toy ny manasitrana sy manangana ny maty. Ahoana anefa no hahazoan'izy ireo izay nilainy, toy ny sakafo isan'andro?

Nilaza i Jesosy fa tsy tokony hitondra vatsy izy ireo rehefa handeha hitory. Tsy tokony hitady volamena na volafotsy na varahina hatao ao anaty kitapony koa izy ireo. Tsy nila kitapom-batsy izy ireo na akanjo sy kapa fanampiny. Nahoana? Satria nanome toky i Jesosy hoe: "Ny mpiasa mendrika hahazo ny sakafony." (Matio 10:10) Hanome izay tena ilain'ireo mpianatra ny olona mankasitraka ny hafatra entiny. Hoy i Jesosy: "Na aiza na aiza trano hidiranareo, dia mitoera ao mandra-pialanareo amin'izany faritra izany."—Marka 6:10.

Natoron'i Jesosy koa ny fomba anatonana ny olona rehefa mitory ny hafatra momba ilay Fanjakana. Hoy izy: "Rehefa miditra ao an-trano ianareo, dia arahabao ny ao. Raha mendrika ny ao antrano, dia aoka ho tonga aminy ny fiadanana irinareo ho azony, fa raha tsy mendrika kosa, dia aoka hiverina aminareo ny fiadananareo. Na aiza na aiza misy tsy mandray anareo na tsy mihaino ny teninareo, dia ahintsano ny vovoka amin'ny tongotrareo rehefa miala ao amin'izany trano na tanàna izany ianareo."—Matio 10:12-14.

Mety ho ny iray tanàna mihitsy koa no handa an' ilay hafatra. Nilaza i Jesosy fa ho mafy ny famelohana miandry ny tanàna toy izany. Hoy izy: "Lazaiko aminareo marina tokoa fa ho mora kokoa ny hanjo ny tanin'i Sodoma sy Gomora amin'ny Andro Fitsarana, noho ny hanjo izany tanàna izany."—Matio 10:15.



◇ Oviana i Jesosy no nitory tao Galilia indray, ary inona no hitany momba ny olona tao?

◇ Ahoana no nandaminan'i Jesosy ny apostoly 12 rehefa nirahiny hitory izy ireo? Inona no toromarika nomeny azy ireo?

◇ Inona no dikan'ilay hoe 'efa manakaiky ilay Fanjakana'?

# NAMPIOMANINA MBA HITORY NA MISY FANENJEHANA AZA

MATIO 10:16–11:1 MARKA 6:12, 13 LIOKA 9:6

Nirahin'i Jesosy tsiroaroa ny apostoliny sady nomeny toromarika tena tsara momba ny fitoriana. Nampiomaniny koa izy ireo fa hisy hanohitra. Hoy izy: "Maniraka anareo aho, ka ho toy ny ondry eo afovoan'ny amboadia ianareo. ... Mitandrema amin'ny olona, fa hatolony amin'ny fitsarana eo an-toerana ianareo, ary hokaravasiny any amin'ny synagogany. Hotaritarihina hankeo anatrehan'ny governora sy ny mpanjaka ianareo noho ny amiko."—Matio 10:16-18.

Mety ho tojo fanenjehana mafy ny mpanara-dia an'i Jesosy, nefa nanome toky izy hoe: 'Rehefa atolony ianareo, dia aza manahy ny amin'ny fomba hitenenanareo sy izay holazainareo, fa homena anareo amin'izany ora izany izay tokony holazainareo. Tsy hoe ianareo fotsiny mantsy no miteny, fa ny fanahin'ny Rainareo no miteny amin'ny alalanareo.' Hoy koa izy: 'Ny rahalahy hanolotra ny rahalahiny ho faty, ny ray hanolotra ny zanany, ary ny zanaka hitsangana hanohitra ny ray aman-dreniny ka hampamono azy ho faty. Ary ho halan'ny olona rehetra ianareo noho ny anarako. Fa izay miaritra hatramin'ny farany no hovonjena.'—Matio 10:19-22.

Zava-dehibe ny fitoriana ka nilaza i Jesosy fa tokony ho malina ny mpanara-dia azy mba ho afaka hitory an-kalalahana foana. Hoy izy: "Rehefa enjehiny ao amin'ny tanàna iray ianareo, dia mandosira any amin'ny tanàna hafa. Fa lazaiko aminareo marina tokoa fa tsy ho tapitra voatetinareo daholo ny tanànan'ny Israely, mandra-pahatongan'ny Zanak'olona."—Matio 10:23.

Tena tsara ny toromarika sy fampitandremana ary fampaherezana nomen'i Jesosy an'ireo apostoly 12. Ekenao angamba fa mila an'ireo koa izay hitory aorian'ny hahafatesan'i Jesosy sy hitsanganany amin'ny maty. Nilaza mantsy izy fa "ny olona *rehetra"* no hankahala ny mpianany, fa tsy ireo nitorian'ny apostoly fotsiny. Tsy milaza ny Baiboly hoe nentina teo anatrehan'ny governora sy ny mpanjaka ny apostoly, nandritra ny fotoana fohy nitoriany tao Galilia. Tsy voalaza koa hoe nampamono azy ireo ho faty ny mpianakaviny.

Hita fa nieritreritra ny hoavy i Jesosy rehefa nilaza an'ireo toromarika ireo tamin'ny apostoly. Nilaza izy fa tsy ho tapitra voatetin'ny mpianany ny faritra itoriana, "mandra-pahatongan'ny Zanak'olona." Midika izany fa mbola tsy ho voatetin'ny mpitory ny faritra rehetra tokony hitoriana, dia efa ho avy i Jesosy Kristy Mpanjaka nomem-boninahitra, izay notendren'Andriamanitra ho Mpitsara.

Tsy tokony ho gaga ny apostoly raha nisy na-



nohitra. Hoy mantsy i Jesosy: “Ny mpianatra tsy mihoatra noho ny mpampianatra azy, na ny mpanompo noho ny tompony.” Mazava ny teniny. Nampijalina sy nenjehina izy satria nitory ny Fanjakan’Andriamanitra, ka izany koa no hanjo ny mpianany. Hoy anefa i Jesosy: “Aza matahotra an’izay mamono mahafaty anareo, nefa tsy mahafoana ny fiainanareo ho avy, fa aleo matahotra an’ilay mahavita mandringana anareo ao amin’ny Gehena.”—Matio 10:24, 28.

Ohatra tsara i Jesosy. Be herim-po izy ka naleony maty toy izay hivadika tamin’i Jehovah, izay manana ny hery rehetra. Ilay Mahery Indrindra no mahavita manafoana ny fiainan’ny olona amin’ny hoavy, na manangana azy amin’ny maty mba hiaina mandrakizay. Tena nampahery ny apostoly izany.

Nilaza fanoharana i Jesosy mba hampisehoana fa tena tia sy miahy ny mpanara-dia azy Andriamanitra. Hoy izy: “Tsy vola madinika kely vidy ve no ivarotana fody roa? Tsy hisy ho latsaka amin’ny tany anefa ireny na iray aza, ka tsy ho fantatry ny Rainareo. ... Koa aza matahotra, fa sarobidy noho ny fody maro ianareo.”—Matio 10: 29, 31.

Hampisaraka ny mpianakavy ny hafatra hotorin’ny mpianatr’i Jesosy, satria hisy hanaiky izany ary hisy tsy hanaiky. Hoy i Jesosy: “Aza mihevitra fa tonga hitondra fihavanana eto an-tany aho.” Ilana herim-po tokoa ny manaiky ny fahamarinana ara-baiboly. Nilaza i Jesosy hoe: “Izay



tia ray na reny mihoatra noho ny fitiavany ahy dia tsy mendrika ahy, ary izay tia zanakalahy na zanakavavy mihoatra noho ny fitiavany ahy dia tsy mendrika ahy.”—Matio 10:34, 37.

Hisy handray tsara an’ireo mpianatra kosa anefa, araka ny tenin’i Jesosy hoe: “Izay manome rano mangatsiaka na eran’ny kaopy fotsiny aza, hosotroin’ny iray amin’ireto madinika ireto satria fantany fa mpianatro ilay omeny, dia lazaiko aminareo marina tokoa fa tsy ho very mihitsy ny valisoany.”—Matio 10:42.

Vonona tsara izao ny apostoly satria nomen’i Jesosy toromarika sy fampitandremana ary fampaherezana. Lasa àry izy ireo “namakivaky an’ilay faritany ka nandeha isan-tanàna, nitory ny vaovao tsara ary nanasitrana teny rehetra teny.” —Lioka 9:6.

---

◇ Inona no fampitandremana nolazain’i Jesosy an’ireo mpianany?
◇ Ahoana no nampaherezany azy ireo?
◇ Nahoana no mila an’ireo toromarik’i Jesosy ireo koa isika ankehitriny?

# FITSINGERENAN'NY ANDRO NAHATERAHANA NISY VONOAN'OLONA

MATIO 14:1-12   MARKA 6:14-29   LIOKA 9:7-9

Nanompo tao Galilia ny apostolin'i Jesosy. Tsy mba afaka nanao toy izany kosa i Jaona Mpanao Batisa, ilay nampahafantatra an'i Jesosy. Efa ho roa taona izy izao no nigadra.

Sahy nilaza i Jaona hoe tsy nety ny nataon'i Heroda Antipasy Mpanjaka, rehefa nalainy ho vadiny i Herodiasy vadin'i Filipo rahalahiny. Nisaraka tamin'ny vadiny voalohany mantsy i Heroda mba hanambadiana an'i Herodiasy. Tsy ara-dalàna sady fijangajangana ny nataony, araka ny Lalàn'i Mosesy izay nolazainy fa narahiny. Nogadrain'i Heroda àry i Jaona, ary i Herodiasy angamba no nampirisika azy hanao izany.

Tsy hitan'i Heroda izay hatao amin'i Jaona satria 'nihevitra azy ho mpaminany' ny olona. (Matio 14:5) Efa masaka tao an-tsain'i Herodiasy kosa ny tiany hatao. "Nitahiry lolompo tamin'i Jaona" izy ka nitady fomba hamonoana azy foana. (Marka 6:19) Nahita hirika ihany izy.

Nanao fety be i Heroda rehefa nitsingerina ny andro nahaterahany, taloha kelin'ny Paska taona 32. Tonga daholo ny manam-pahefana ambony sy ny manamboninahitry ny tafika ary ny lohandohany tao Galilia. Nasaina nandihy ho an'ireo vahiny i Salome, zanak'i Herodiasy tamin'i Filipo vadiny voalohany. Variana erỳ izy ireo nijery azy.

Faly be tamin'ilay zana-badiny i Heroda ka niteny hoe: "Angataho amiko izay rehetra tianao, fa homeko anao." Nianiana mihitsy izy hoe: "Na inona na inona angatahinao, dia homeko anao, eny fa na dia hatramin'ny antsasaky ny fanjakako aza." Nanontany ny reniny àry aloha i Salome hoe: "Inona no tokony hangatahiko?"—Marka 6: 22-24.

Tonga ilay fotoana efa nandrasan'i Herodiasy mafy. Namaly avy hatrany izy hoe: "Ny lohan'i Jaona Mpanao Batisa." Niverina haingana tany amin'i Heroda i Salome ka niteny hoe: "Tiako raha homenao ahy izao ankehitriny izao eo ambony vilia ny lohan'i Jaona Mpanao Batisa." —Marka 6:24, 25.

Nalahelo be i Heroda. Efa ren'ny vahiny rehetra anefa ilay fianianany, ka ho afa-baraka izy raha mivadika amin'ny teniny. Tsy sahy nanda àry izy na dia voatery hamono olona tsy manantsiny aza. Naniraka ny mpiambina ny fonja izy mba hanao izany zavatra mahatsiravina izany. Tsy ela dia nitondra ny lohan'i Jaona teo ambony vilia izy io. Natolony an'i Salome ilay izy ary nentin'i Salome tany amin'ny reniny.

Ren'ny mpianatr'i Jaona izay nitranga ka tonga izy ireo naka ilay faty ary nandevina azy. Notantarainy tamin'i Jesosy avy eo izay nitranga.

Raiki-tahotra i Heroda tatỳ aoriana rehefa henony fa nanasitrana sy namoaka demonia i Jesosy. Lasa saina izy hoe sao dia mba i Jaona Mpanao Batisa "nitsangana tamin'ny maty" i Jesosy. (Lioka 9:7) Te hihaona mafy taminy àry i Heroda. Tsy te hihaino ny fampianaran'i Jesosy anefa izy, fa te hanamarina raha i Jaona tokoa io.

---

◇ Nahoana i Jaona Mpanao Batisa no nigadra?

◇ Ahoana no nahafahan'i Herodiasy namono an'i Jaona Mpanao Batisa?

◇ Nahoana i Heroda Antipasy no te hahita an'i Jesosy, taorian'ny nahafatesan'i Jaona?

# • NASAIN'I HERODA NOTAPAHINA NY LOHAN'I JAONA MPANAO BATISA 51



# NAMAHANA OLONA AN'ARIVONY TAMIN'NY MOFO SY TRONDRO VITSIVITSY

MATIO 14:13-21 MARKA 6:30-44 LIOKA 9:10-17 JAONA 6:1-13

Nahafaly an'ireo apostoly 12 ny nitory eran'i Galilia, ary notantarainy tamin'i Jesosy "izay rehetra nataon'izy ireo sy nampianariny." Reraka izy ireo avy any. Maro anefa no nivezivezy teo aminy, ka tsy nanam-potoana hisakafoanana akory izy ireo. Hoy àry i Jesosy: "Andao hitokana any amin'ny toerana mangina, dia mialà sasatra kely."—Marka 6:30, 31.

Nandray sambokely izy ireo, angamba tany akaikin'i Kapernaomy, ary nankany amin'ny toerana mangina tany atsinanan'ny Reniranon'i Jordana, lavidavitra an'i Betsaida. Maro anefa no nahita azy ireo niainga ary maro koa no nahalala izany. Nihazakazaka nanaraka ny moron-drano izy ireny ka tonga talohan'ilay sambokely.

Nidina ny sambokely i Jesosy ary nahita an'ilay vahoaka. Nangoraka azy ireo izy satria toy ny ondry tsy misy mpiandry ireo. Nanomboka "nampianatra azy zavatra maro" momba an'ilay Fanjakana àry izy. (Marka 6:34) Nositraniny koa izay "nila fanasitranana." (Lioka 9:11) Hoy ny mpianany rehefa nandeha ny fotoana: "Mitokana ity toerana ity, ary efa hariva sahady ny andro. Koa ravao ny vahoaka mba handehanany eny an-tanàna hividy zavatra hohanina."—Matio 14:15.



Hoy anefa i Jesosy: "Tsy voatery handeha izy, fa omeo zavatra hohanina." (Matio 14:16) Efa fantatr'i Jesosy izay hataony, nefa te hitsapa an'i Filipo izy ka nanontany azy hoe: "Aiza isika no hividy mofo hohanin'ireto?" Avy tao Betsaida teo akaiky teo i Filipo ka nety tsara raha izy no nanontaniana. Tsy ho voavaha anefa ny olana na hividy mofo aza. Lehilahy 5 000 teo ho eo mantsy no teo. Mety ho indroan'izany aza ny isan'ny olona raha nisaina ny zaza amam-behivavy. Hoy àry i Filipo: "Na mofo azon'ny denaria roanjato aza tsy ampy hahazoan'ny tsirairay sombiny kely avy." (Jaona 6:5-7) Karama iray andro ny denaria iray.

Tian'i Andrea haseho angamba fa tsy ho vita ny hanome sakafo an'ilay vahoaka, ka hoy izy: "Intỳ misy zazalahikely manana mofo dimy sy trondro madinika roa. Saingy inona no ho vitan'izany ho an'ireto vahoaka maro be ireto?"—Jaona 6:9.

Taloha kelin'ny Paska taona 32 tamin'izay ary lohataona, ka rakotra ahi-maitso ilay havoana. Nirahin'i Jesosy ny mpianany hilaza tamin'ny olona mba hizarazara ho 50 sy 100, ary handry ilika. Noraisiny ny mofo dimy sy trondro roa ary nisaotra an'Andriamanitra izy. Notapahiny ireo mofo ary nasainy nozarain'ny mpianany niaraka tamin'ny trondro. Nahagaga fa nihinana ny rehetra ka voky.

Nilaza tamin'ny mpianany i Jesosy taorian'izay hoe: "Angony ny sombintsombiny sisa tsy lany mba tsy hisy ho verivery fotsiny." (Jaona 6:12) Nahafeno harona 12 ny ambiny rehefa voangona.



◊ Nahoana i Jesosy no nitady toerana mitokana ho an'ny apostoliny?

◊ Nankaiza i Jesosy sy ny mpianany, ary inona no nitranga rehefa tonga tany izy ireo?

◊ Inona no nasain'ireo mpianatra nataon'i Jesosy, nefa ahoana no nikarakaran'i Jesosy an'ilay vahoaka?

# MPITONDRA IRAY MAHAVITA MIFEHY NY TOETRANDRO

MATIO 14:22-36 MARKA 6:45-56 JAONA 6:14-25



Tena nisy vokany ny nanaovan'i Jesosy fahagagana mba hanomezana sakafo olona an'arivony. Niaiky ny olona hoe izy "ilay mpaminany ho tonga amin'izao tontolo izao", na ny Mesia. (Jaona 6:14; Deoteronomia 18:18) Nihevitra àry izy ireo fa hahay hitondra izy. Nitady hevitra hakana azy an-keriny mba hatao mpanjaka izy ireo.

Fantatr'i Jesosy ilay tetika. Noravany àry ny vahoaka ary nasainy niverina tao an-tsambokely ny mpianany, mba ho any Betsaida ary avy eo ho any Kapernaomy. Izy kosa nandeha nitokana tany an-tendrombohitra mba hivavaka, ny alin'iny.

Nazava ny volana rehefa haraina ny andro ary nitazana an'ilay sambokely i Jesosy. Nifofofofo ny rivotra ka nanonja be ny rano. "Sahirana mafy nivoy" àry ny apostoly satria "notoherin'ny rivotra." (Marka 6:48) Nidina avy teny an-tendrombohitra i Jesosy ary nanomboka namakivaky ny onja mba ho eny amin'izy ireo. Efa "nivoy tokony ho dimy na enina kilaometatra" izy ireo tamin'izay. (Jaona 6:19) Rehefa hitan'ireo apostoly fa toa hisongona azy i Jesosy, dia natahotra izy ireo ka niantsoantso hoe: "Misy zavatra hafahafa iny!"—Marka 6:49.

Nampitony azy ireo i Jesosy ka nilaza hoe: "Mahereza fa izaho ihany ity. Aza matahotra." Hoy anefa i Petera: "Raha ianao tokoa io, Tompoko, dia asaivo manatona anao eny ambony rano aho." Hoy i Jesosy: "Avia àry!" Dia nidina avy tao an-tsambokely i Petera, ka nandeha teo ambony rano ary nanatona an'i Jesosy. Natahotra anefa izy rehefa nijery an'ilay tafio-drivotra, ka nanomboka nilentika. Niantsoantso izy hoe: "Tompo ô, vonjeo aho!" Nanatsotra ny tanany àry i Jesosy ka nihazona azy, sady niteny hoe: "Ry kely finoana, nahoana ianao no nanjary nisalasala?"—Matio 14:27-31.

Nankao an-tsambokely i Jesosy sy Petera, ary nitsahatra ny rivotra. Gaga be ny mpianatra hoe afaka nandeha teo ambony rano i Jesosy sady nampitony ny rivotra! Tsy tokony ho gaga anefa izy ireo, raha azony ny tian'i Jesosy hampitaina tamin' izy namahana olona an'arivony, ora vitsy talohan' izay. Niankohoka teo anatrehan'i Jesosy izy ireo ka niteny hoe: "Zanak'Andriamanitra tokoa ianao." —Marka 6:52; Matio 14:33.

Tsy ela izy ireo dia tonga tao Genesareta, lemaka kanto sy mamokatra tany atsimon'i Kapernaomy. Najanony teo ilay sambokely ary niakatra antanety izy ireo. Fantatry ny olona i Jesosy, ka nitondra marary teo aminy izy ireo sy ny olona avy teny amin'ny manodidina. Vao nikasika ny mikiramborambo tamin'ny akanjo ivelan'i Jesosy ny marary dia sitrana tanteraka.

Tsikaritr'ilay vahoaka nahita ny nanomezan'i Jesosy sakafo olona an'arivony fa tsy teo intsony izy. Rehefa tonga àry ny sambokely avy tany Tiberiasy, dia niditra tao izy ireo ary nankany Kapernaomy mba hitady an'i Jesosy. Hoy izy ireo rehefa nahita azy: "Raby ô, fa oviana ianao no tonga teto?" (Jaona 6:25) Nibedy azy ireo i Jesosy, ary nisy antony tsara nanaovany an'izany araka ny ho hitantsika.

---

◇ Tian'ny vahoaka hatao inona i Jesosy rehefa avy nanome sakafo olona an'arivony?

◇ Nahoana ny mpianatra no tsy tokony ho gaga hoe vitan'i Jesosy ny nandeha teo ambony rano sy nampitony ny rivotra?

◇ Inona no nitranga rehefa tonga teo amoron-drano teo akaikin'i Kapernaomy i Jesosy?

# I JESOSY NO “MOFON’AINA”

JAONA 6:25-48

Nanome sakafo olona an’arivony i Jesosy teny ampita atsinanan’ny Ranomasin’i Galilia. Notadiavin’izy ireo hatao mpanjaka izy nefa afaka nandositra. Nandeha teo ambony rano misamboaravoara izy ny alin’io ary namonjy an’i Petera. Nandeha teo ambony rano koa i Petera nefa nanomboka nilentika rehefa nihena ny finoany. Nampitony ny rivotra i Jesosy ka angamba afaka niaro ny mpianany mba tsy ho vaky sambo.

Niverina tao amin’ny faritr’i Kapernaomy tany andrefan’ilay farihy i Jesosy avy eo. Hoy ireo olona nomeny sakafo rehefa nahita azy: “Oviana ianao no tonga teto?” Nibedy azy ireo i Jesosy ka nilaza fa te hahazo sakafo indray izy ireo matoa mitady azy. Nampirisika azy ireo izy mba ‘hiasa hahazoana sakafo maharitra izay mitondra fiainana mandrakizay.’ Hoy àry izy ireo: “Inona no tokony hataonay mba hanaovanay ny asan’Andriamanitra?”—Jaona 6:25-28.

Ny asa voalazan’ny Lalàna angamba no tao antsain’izy ireo, nefa ny asa lehibe indrindra no tian’ i Jesosy holazaina. Hoy izy: “Izao no asan’Andriamanitra, dia ny hinoanareo Ilay nirahiny.” Tsy nino an’i Jesosy ny olona na dia maro aza ny zavatra efa nataony. Nangataka famantarana izy ireo mba hinoany azy ka niteny hoe: “Inona no asa ataonao? Ny razantsika mantsy nihinana ny mana tany antany efitra, araka ny voasoratra hoe: ‘Mofo avy any an-danitra no nomeny hohanin’izy ireo.’ ”—Jaona 6:29-31; Salamo 78:24.

Niresaka momba an’ilay Loharanon’ny fahagagana i Jesosy mba hamaliana azy ireo. Hoy izy: ‘Lazaiko aminareo fa tsy i Mosesy no nanome anareo ny mofo avy any an-danitra, fa ny Raiko no manome anareo ny tena mofo avy any an-danitra. Ilay midina avy any an-danitra sy manome fiainana ho an’izao tontolo izao mantsy no mofon’Andriamanitra.’ Tsy azon’izy ireo ny tiany holazaina ka hoy izy ireo: “Omeo izany mofo izany foana izahay, Tompo ô!” (Jaona 6:32-34) Inona ilay “mofo” noresahin’i Jesosy?

Nanazava izy hoe: “Izaho no mofon’aina. Izay manatona ahy tsy mba ho noana mihitsy, ary izay maneho finoana ahy tsy hangetaheta intsony mihitsy. Efa nilaza taminareo anefa aho hoe: Efa nahita ahy ianareo, nefa tsy mino. ... Tsy ny hanao ny sitrapoko no nidinako avy any an-danitra, fa ny hanao ny sitrapon’ilay naniraka ahy. Ary izao no sitrapon’ilay naniraka ahy: Tsy tokony havelako hisy ho very izay rehetra nomeny ahy, fa tokony hatsangako amin’ny maty kosa amin’ny andro farany. Fa izao no sitrapon’ny Raiko: Tokony hahazo fiainana mandrakizay izay rehetra mijery ny Zanaka ka mino azy.”—Jaona 6:35-40.

Nahatezitra ny Jiosy izany ka nimenomenona izy ireo. Nahoana moa i Jesosy no nilaza fa izy no “mofo nidina avy any an-danitra”? (Jaona 6:41) Nihevitra izy ireo fa zanak’olona avy any Nazareta any Galilia fotsiny izy. Hoy izy ireo: “Tsy i Jesosy zanak’i Josefa ve io e? Fantatsika ny ray aman-dreniny.”—Jaona 6:42.

Namaly i Jesosy hoe: “Aza mimenomenona ianareo! Tsy misy mahay manatona ahy raha tsy taomin’ny Ray izay naniraka ahy; ary izaho hanangana azy amin’ny maty amin’ny andro farany. Voasoratra ao amin’ny Mpaminany hoe: ‘Ary hampianarin’i Jehovah izy rehetra.’ Koa izay nandre tamin’ny Ray ka nianatra taminy, dia manatona ahy. Tsy nisy nahita ny Ray, afa-tsy ilay avy amin’Andriamanitra. Izy no nahita ny Ray. Lazaiko aminareo marina dia marina tokoa fa izay mino no manana fiainana mandrakizay.”—Jaona 6:43-47; Isaia 54:13.

Efa nilaza tamin’i Nikodemosy i Jesosy fa ilaina ny maneho finoana ny Zanak’olona raha te hiaina mandrakizay. Hoy izy tamin’izay: “Tsy ho ringana izay rehetra maneho finoana [ny Zanak’Andriamanitra lahitokana], fa hanana fiainana mandrakizay.” (Jaona 3:15, 16) Niresaka tamin’ny olona maro kosa izy teto ary nilaza fa afaka manampy



azy ireo hiaina mandrakizay. Tsy mahavita izany anefa ny mana na ny mofo fahita tany Galilia. Ahoana àry no hahazoana ny fiainana mandrakizay? Namerina nilaza i Jesosy hoe: “Izaho no mofon’aina.”—Jaona 6:48.

Nitohy ilay adihevitra momba ny mofo avy any an-danitra, ary vao mainka nafana izany rehefa nampianatra tao amin’ny synagoga iray tao Kapernaomy i Jesosy.

◊ Nahoana ny Jiosy no tsy tokony ho nangataka famantarana tamin’i Jesosy, rehefa jerena izay nitranga taloha kelin’izay?

◊ Ahoana no fihetsiky ny Jiosy rehefa nilaza i Jesosy fa izy no tena “mofo avy any an-danitra”?

◊ Nahoana no tsara lavitra noho ny mana sy ny mofo ilay mofo noresahin’i Jesosy?

# NANAFINTOHINA OLONA MARO NY TENIN'I JESOSY

JAONA 6:48-71

Nampianatra tao amin'ny synagoga iray tany Kapernaomy i Jesosy hoe izy no tena mofo avy any an-danitra. Toa tohin'ny zavatra efa nolazainy tany aloha izany, tamin'izy nampianatra an'ilay vahoaka nizarany mofo sy trondro, teny amin'ny faritra atsinanan'ny Reniranon'i Jordana.

Hoy ihany i Jesosy tao amin'ilay synagoga: "Nihinana ny mana ny razanareo tany an-tany efitra, nefa maty ihany." Hoy koa anefa izy: "Izaho no mofo velona izay nidina avy any an-danitra. Raha misy mihinana an'ity mofo ity dia ho velona mandrakizay izy, ary ny mofo izay homeko dia ny nofoko ho fiainan'izao tontolo izao." —Jaona 6:48-51.

Tamin'i Jesosy sy Nikodemosy nifampiresaka tamin'ny lohataonan'ny taona 30, dia nilaza i Jesosy fa tena tia ny olombelona Andriamanitra ka nanome ny Zanany ho Mpamonjy. Nilaza izy izao fa tena ilaina ny mihinana ny nofony, izany hoe maneho finoana ny sorona hataony. Hiaina mandrakizay izay manao izany.

Nahasorena ny olona anefa ny tenin'i Jesosy, ka hoy izy ireo: "Hataon'io lehilahy io ahoana ny hanome ny nofony hohanintsika?" (Jaona 6:52) Tian'i Jesosy ho azon'izy ireo fa tsy ara-bakiteny ny teniny, ka hoy izy:

"Raha tsy mihinana ny nofon'ny Zanak'olona sy misotro ny rany ianareo, dia tsy manana fiainana ao anatinareo. Izay mihinana ny nofoko sy misotro ny rako dia manana fiainana mandrakizay. ... Fa tena sakafo ny nofoko, ary tena fisotro ny rako. Izay mihinana ny nofoko sy misotro ny rako dia tafaray foana amiko."—Jaona 6:53-56.

Azo antoka fa nahatsiravina ny Jiosy izany. Nihevitra angamba izy ireo hoe nampirisihin'i Jesosy hihinan'olona na handika ilay lalàn'Andriamanitra mandrara ny fihinanana ra. (Genesisy 9:4; Levitikosy 17:10, 11) Tsy ara-bakiteny anefa ilay tenin'i Jesosy. Te hilaza kosa izy fa tsy maintsy maneho finoana ny sorona hataony izay rehetra te hiaina mandrakizay. Hanolotra ny vatany lavorary sy handatsaka ny rany mantsy izy. Maro tamin'ny mpianany koa no tsy nahazo an'io fampianarana io. Hoy ny sasany: "Manafintohina izany teny izany. Iza no mahahaino izany?"—Jaona 6:60.

Fantatr'i Jesosy fa nimenomenona ny mpianany sasany, ka hoy izy: "Manafintohina anareo ve izany? Koa hanao ahoana re raha mahita ny Zanak'olona miakatra ho any amin'izay nisy azy teo aloha ianareo e? ... Ny teny nolazaiko taminareo dia avy amin'ny fanahy ary manome fiainana. Misy aminareo anefa tsy mino." Maro àry ny mpianany niala teo ary tsy nanaraka azy intsony.—Jaona 6:61-64.

Nanontany an'ireo apostoliny 12 i Jesosy hoe: "Ianareo koa ve mba te hiala?" Hoy i Petera: "Tompo ô, hankany amin'iza moa izahay? Ianao no manana ny tenin'ny fiainana mandrakizay. Ary izahay efa mino sy mahalala fa ianao Ilay Masin' Andriamanitra." (Jaona 6:67-69) Hita tamin'izany fa tsy nivadika i Petera sy ny apostoly hafa, na dia mbola tsy azony tsara aza ny tian'i Jesosy holazaina.

Nahafaly an'i Jesosy ny tenin'i Petera, nefa hoy izy: "Nifidy anareo roa ambin'ny folo lahy tokoa aho, nefa ny anankiray aminareo dia mpanendrikendrika." (Jaona 6:70) I Jodasy Iskariota no tiany holazaina. Nety ho efa tsikariny fa nanomboka nanao zavatra araka ny fanirian-dratsiny i Jodasy.

Azo antoka anefa fa faly i Jesosy hoe tsy nandao azy i Petera sy ny apostoly hafa, fa niaraka taminy foana nanao an'ilay asa mamonjy aina.



- Ahoana no nanomezan'i Jesosy ny nofony, ary ahoana no ahafahan'ny olona iray "mihinana" an'izany?
- Nahoana ny olona no tezitra tamin'ny tenin'i Jesosy momba ny nofony sy ny rany? Inona anefa no tiany holazaina?
- Ahoana no fihetsik'i Petera rehefa nandao an'i Jesosy ny olona maro?

# INONA NO TENA MANDOTO NY OLONA?

MATIO 15:1-20 MARKA 7:1-23 JAONA 7:1

Vao mainka nitory tao Galilia i Jesosy rehefa nanakaiky ny Paska taona 32. Azo inoana fa nankany Jerosalema izy avy eo mba hamonjy ny Paska, araka ny notakin'ny Lalàn'Andriamanitra. Mailo izy tamin'izay satria nitady hamono azy ny Jiosy. (Jaona 7:1) Niverina tany Galilia izy taorian'izay.

Tao Kapernaomy angamba i Jesosy rehefa nankeo aminy ny Fariseo sy ny mpanora-dalàna avy tany Jerosalema. Nitady hevitra hiampangana azy ho manota amin'Andriamanitra izy ireo, ka niteny hoe: "Nahoana ny mpianatrao no tsy manaraka ny fomban-drazana? Tsy manasa tanana izy, ohatra, rehefa hisakafo." (Matio 15:2) Tsy nodidian'Andriamanitra mihitsy ny vahoakany hoe tsy mila manao an'io fomba io, izany hoe 'manasa tanana hatreo amin'ny kiho.' (Marka 7:3) Nihevitra anefa ny Fariseo fa manao fahotana lehibe izay tsy manao izany.

Tsy namaly mivantana ny fiampangan'ny Fariseo i Jesosy, fa nasehony hoe minia mandika ny Lalàn'Andriamanitra izy ireo. Hoy izy: "Nahoana kosa ianareo no mandika ny didin'Andriamanitra noho ny fomban-drazanareo? Nilaza, ohatra, Andriamanitra hoe: 'Hajao ny rainao sy ny reninao', ary hoe: 'Aoka ho faty izay manevateva ny rainy na ny reniny.' Fa hoy kosa ianareo: 'Izay miteny amin'ny rainy na ny reniny hoe: "Efa fanomezana voatokana ho an'Andriamanitra ny fananako rehetra azonao andraisan-tsoa avy amiko", dia tsy voatery hanaja an-drainy.' "—Matio 15:3-6; Eksodosy 20:12; 21:17.

Nilaza ny Fariseo fa an'ny tempoly izay vola na fananana na zavatra hafa natokana ho fanomezana ho an'Andriamanitra, ka tsy azo ampiasaina amin-javatra hafa. Mbola an'ny tompony anefa ilay fanomezana, raha ny marina. Mety hilaza, ohatra, ny olona iray fa efa "korbana", na fanomezana voatokana ho an'Andriamanitra na ho an'ny tempoly, ny volany na ny fananany. Te hilaza ilay olona fa ny tempoly no tena tompon'ilay izy. Mbola an'azy ilay vola na ilay fananana ary mbola azony ampiasaina, nefa lazainy fa tsy azony anampiana ny ray aman-dreniny be taona sy sahirana. Mitsoaka adidy izy amin'izany.—Marka 7:11.

Nandika vilana ny Lalàn'Andriamanitra ny Fariseo, ka rariny raha tezitra i Jesosy. Hoy izy: "Ataonareo tsy manan-kery ny tenin'Andriamanitra noho ny fomban-drazanareo. Ry mpihatsaravelatsihy, marina ny naminanian'i Isaia momba anareo hoe: 'Manaja ahy an-tendro-molotra fotsiny ity vahoaka ity, fa ny fony kosa lavitra ahy. Koa very maina ny mbola ivavahany foana amiko, satria didin'olombelona no ampianariny.' " Mafy tamin'ny Fariseo ny tenin'i Jesosy ka tsy nahateny izy ireo. Nasain'i Jesosy nanatona azy ny vahoaka ka hoy izy: "Mihainoa ka fantaro ny hevitr'izao: Tsy izay miditra amin'ny vavany no mandoto ny olona, fa izay mivoaka avy amin'ny vavany no mandoto azy."—Matio 15:6-11; Isaia 29:13.

Tao amin'ny trano iray i Jesosy taorian'izay, ary hoy ny mpianany: "Fantatrao ve fa tafintohina ny Fariseo nony nandre izay nolazainao?" Hoy i Jesosy: "Hongotana ny zavamaniry rehetra tsy nambolen'ny Raiko izay any an-danitra. Avelao izy, fa mpitarika jamba. Koa raha jamba no mitarika jamba, dia samy hianjera any an-kady izy ireo."—Matio 15:12-14.

Nangataka fanazavana momba an'ilay hoe mandoto ny olona i Petera, mba ho an'ny mpianatra teo. Gaga i Jesosy ka hoy izy: "Tsy fantatrareo ve fa izay rehetra miditra ao am-bava dia mandalo ao amin'ny tsinay ary mivoaka, ka mankany amin' ny lavaka fanariana maloto? Izay mivoaka avy amin'ny vava kosa anefa dia avy ao am-po, ka izany no mandoto ny olona. Avy ao am-po, ohatra, no ivoahan'ny eritreri-dratsy, ny vonoan'olona, ny fanitsakitsaham-bady, ny fijangajangana, ny halatra, ny fijoroana ho vavolombelona mandainga,



ary ny fanevatevana zava-masina. Izany no mandoto ny olona, fa ny mihinana amin'ny tanana tsy misasa tsy mandoto ny olona."—Matio 15: 17-20.

Tsy nampirisika ny olona tsy ho tia fahadiovana i Jesosy, ary tsy nilaza hoe tsy ilaina ny manasa tanana rehefa hikarakara na hihinana sakafo. Nomelohiny kosa ny mpitondra fivavahana mihatsaravelatsihy, satria ataon'izy ireo fialan-tsiny mba tsy hanarahana ny lalàna marin'Andriamanitra ny fomban-drazana. Avy ao am-po tokoa ny fanaovan-dratsy ary izany no mandoto ny olona.

---

◇ Inona no fiampangan'ny mpanora-dalàna sy ny Fariseo?

◇ Ahoana no nampisehoan'i Jesosy fa minia mandika ny Lalàn'Andriamanitra ny Fariseo?

◇ Inona avy no tena mandoto ny olona?

# NANASITRANA ZAZAVAVY IRAY SY LEHILAHY MARENINA I JESOSY

MATIO 15:21-31 MARKA 7:24-37

Avy nanameloka ny Fariseo i Jesosy noho izy ireo tia tena ka nanaraka fomban-drazana. Nandeha kilaometatra maro tany avaratrandrefana izy sy ny mpianany avy eo, mba ho any Tyro sy Sidona tany amin'ny faritr'i Fenisia.

Nahita trano hipetrahana i Jesosy nefa tsy tiany hisy hahalala hoe tao izy. Nahita azy ihany anefa ny vehivavy grika iray teraka tao amin' io faritra io. Nitalaho taminy izy io hoe: "Mba iantrao aho, ry Tompo Zanak'i Davida ô! Marary mafy ny zanako vavy fa azon'ny demonia." —Matio 15:22; Marka 7:26.

Hoy ny mpianatr'i Jesosy rehefa elaela: "Asaivo mandeha any izy fa miantsoantso foana ao aoriantsika ao." Nahoana i Jesosy no tsy niraharaha an'ilay vehivavy? Hoy izy: "Tsy nirahina afa-tsy ho amin'ny ondry very amin'ny taranak'Israely aho." Tsy kivy anefa ilay vehivavy. Nanatona an'i Jesosy izy ary niankohoka ka niangavy azy hoe: "Tompo ô, ampio aho!"—Matio 15:23-25.

Angamba te hitsapa ny finoany i Jesosy ka nilaza hoe: "Tsy mety raha alaina ny mofon-jaza ka atsipy ho an'ny alikakely." (Matio 15:26) Nihevitra ny hafa firenena ho ambany ny Jiosy ary niresaka an-kolaka an'izany i Jesosy teo. Hita amin'ilay teny hoe *"alikakely"* anefa fa tia sy mangoraka ny hafa firenena izy. Azo antoka fa hita teny amin'ny endriny sy tsapa tamin'ny feony izany.

Tsy tezitra ilay vehivavy fa nanetry tena. Nampiasainy koa ilay fihevitry ny Jiosy, ka hoy izy: "Marina izany, Tompo ô, kanefa ny alikakely koa mba mihinana ihany amin'ny poti-mofo latsaka avy amin'ny latabatry ny tompony." Hitan'i Jesosy fa tsara ny toe-pony ka hoy izy: "Ravehivavy, lehibe ny finoanao. Aoka ho tonga aminao izany araka izay irinao." (Matio 15:27, 28) Sitrana avy hatrany ilay zanany vavy na dia tsy teo aza. "Efa niala ilay demonia" ka sitrana tanteraka ilay zazavavy, rehefa hitan'ny reniny nandry teo am-pandriana, tamin'izy tonga tao antrano.—Marka 7:30.

Namakivaky ny faritr'i Fenisia i Jesosy sy ny mpianany avy eo, ka nankany amin'ny faritra avaratry ny Reniranon'i Jordana. Toa niampita an'ilay renirano izy ireo rehefa tany avaratry ny Ranomasin'i Galilia, ary nankany Dekapolisy. Nankany an-tendrombohitra izy ireo nefa hitan'ny vahoaka indray. Nentin'ny vahoaka teo amin'i Jesosy ny malemy tongotra, kilemaina, jamba, ary ny moana. Napetrak'izy ireo teo antongony ireny ary nositraniny. Gaga ny olona ka nanome voninahitra an'Andriamanitry ny Israely.

Nokarakarain'i Jesosy manokana ny lehilahy iray marenina sady niraiki-dela. Angamba tsapanao ny nahazo an'io lehilahy io tamin'izy tao anaty vahoaka. Hitan'i Jesosy angamba fa tsy nahazo aina izy. Nentiny niala teo àry ilay lehilahy ary nasehony azy izay hataony rehefa nitokana izy ireo. Nampidiriny tao an-tsofin'ilay lehilahy ny rantsantanany, nandrora izy, ary nokasihiny ny lelan'ilay lehilahy. Niandrandra ny lanitra izy avy eo ary niteny hoe *"Efata",* izay midika hoe "Misokafa." Lasa afaka nandre sy niteny tsara indray ilay lehilahy. Tsy tian'i Jesosy holazalazaina ny nataony, satria tiany hino azy noho ny zavatra hitany sy reny mivantana ny olona.—Marka 7:32-36.

Nisy vokany be tamin'ny olona ny fanasitranana nataon'i Jesosy. "Gaga tsy nisy toy izany" izy ireo ka nilaza hoe: "Tsara avokoa izay rehetra ataony. Vitany mihitsy aza ny manao izay handrenesan'ny marenina sy hitenenan'ny moana."—Marka 7:37.

# 57



- ◊ Nahoana no tsy nositranin'i Jesosy avy hatrany ny zanak'ilay vehivavy fenisianina?
- ◊ Nankaiza i Jesosy sy ny mpianany rehefa niala tao Fenisia?
- ◊ Ahoana no nampisehoan'i Jesosy fa nangoraka an'ilay lehilahy moana sady marenina izy?

# NAMPITOMBO NY MOFO I JESOSY ARY NAMPITANDRINA TAMIN'NY LALIVAY

MATIO 15:32–16:12 MARKA 8:1-21

Nisy vahoaka be nanatona an'i Jesosy, tamin'izy tao amin'ny faritr'i Dekapolisy teo amorony atsinanan'ny Ranomasin'i Galilia. Te hihaino azy sy hositraniny izy ireo, ary nivimbina harona lehibe na sobika nisy vatsy.

Hoy i Jesosy tamin'ny mpianany rehefa elaela: "Mampalahelo ahy ny vahoaka, fa efa telo andro izao no nitoerany teto amiko ary tsy manan-kohanina izy. Raha alefako mody tsy mihinan-kanina ireo, dia ho reraka eny an-dalana. Avy lavitra anefa ny sasany." Hoy ny mpianany: "Aiza atỳ amin'ity toerana mitokana ity no hahitana mofo hahavoky ireo olona ireo?"—Marka 8: 2-4.

Namaly i Jesosy hoe: "Manana mofo firy ianareo?" Hoy ny mpianany: "Fito. Ary misy trondro madinika vitsivitsy koa." (Matio 15:34) Nasain'i Jesosy nandry ilika teo amin'ny tany àry ny vahoaka. Noraisiny ny mofo sy ny trondro, nivavaka izy, ary nasainy nozarain'ny mpianany izany. Mahagaga fa nihinana ny rehetra ary voky. Nangonina ny sisa tsy lany ka nahafeno sobika



fito, nefa lehilahy 4 000 teo ho eo no nihinana, ankoatra ny zaza sy ny vehivavy!

Noravan'i Jesosy ny vahoaka ary nandeha sambokely izy sy ny mpianany niampita nankany Magadana, tany amorony andrefan'ny Ranomasin'i Galilia. Te hamandrika azy ny Fariseo sy ny olona sasany avy amin'ny sektan'ny Sadoseo, ka nangataka famantarana avy any an-danitra.

Fantatr'i Jesosy ny tian'izy ireo hatao ka hoy izy: "Rehefa hariva ny andro, dia mahazatra anareo ny miteny hoe: 'Ho tsara ny andro, fa mena ny lanitra.' Ary rehefa maraina, dia hoy ianareo: 'Hangatsiaka sy hanorana anio, fa mena ny lanitra saingy manjombona.' Hainareo fantarina avy amin'ny endriky ny lanitra ny toetrandro, nefa tsy hainareo fantarina ny dikan'ny famantarana ny fotoana voatondro." (Matio 16:2, 3) Nilaza tamin'ny Fariseo sy ny Sadoseo izy avy eo fa tsy misy famantarana homena azy ireo afa-tsy ny famantarana ny amin'i Jona.

Nandray sambokely i Jesosy sy ny mpianany avy eo ary nankany Betsaida, any amorony avaratratsinanan'ilay farihy. Tonga saina ny mpianatra teny an-dalana hoe nanadino nitondra mofo ary tsy nanana afa-tsy mofo iray. Mbola tao antsain'i Jesosy kosa ny fihaonany tamin'ny Fariseo sy ny Sadoseo mpanohana an'i Heroda, ka nampitandrina izy hoe: "Aoka ho mailo hatrany ianareo, ka mitandrema amin'ny lalivain'ny Fariseo sy ny lalivain'i Heroda." Nihevitra ny mpianany fa mifandray amin'ilay izy ireo nanadino nitondra mofo ilay tenin'i Jesosy momba ny lalivay. Hitan'i Jesosy fa diso hevitra izy ireo ka hoy izy: "Nahoana ianareo no miady hevitra noho ny tsy fanananareo mofo?"—Marka 8:15-17.

Vao avy nanome mofo ho an'ny olona an'arivony i Jesosy, ka tokony ho fantatry ny mpianany fa tsy nanahy izy hoe tsy ampy ny mofo. Hoy izy: "Tsy tadidinareo ve ny nanapahako mofo

dimy ho an'ny dimy arivo lahy? Nahafeno harona firy ny sombintsombiny voangonareo?" Hoy ireo: "Roa ambin'ny folo." Hoy koa i Jesosy: "Ary rehefa nanapaka ny mofo fito ho an'ny efatra arivo lahy aho, nahafeno sobika firy ny sombintsombiny voangonareo?" Namaly ireo hoe: "Fito." —Marka 8:18-20.

Nilaza àry i Jesosy hoe: "Koa nahoana no tsy takatrareo fa tsy mofo no noresahiko taminareo? Fa mitandrema amin'ny lalivain'ny Fariseo sy ny Sadoseo."—Matio 16:11.

Tamin'izay vao azon'ny mpianatra ny tiany holazaina. Natao mba hampisy fiovana simika eo amin'ny koba sy hampitombo azy io ny lalivay. Nampiasa ny hoe lalivay i Jesosy teo mba hilazana fahasimbana. Nasainy nitandrina tamin' ny *"fampianaran'ny* Fariseo sy ny Sadoseo" ny mpianany satria manimba izany.—Matio 16:12.



◇ Nahoana ny vahoaka no nanatona an'i Jesosy?
◇ Inona no tao an-tsain'ny mpianatr'i Jesosy rehefa niresaka momba ny lalivay izy?
◇ Inona no tian'i Jesosy holazaina amin'ilay hoe "lalivain'ny Fariseo sy ny Sadoseo"?

# IZA NY ZANAK'OLONA?

MATIO 16:13-27   MARKA 8:22-38   LIOKA 9:18-26

Tonga tao Betsaida i Jesosy sy ny mpianany. Nentin'ny olona teo amin'i Jesosy ny lehilahy iray jamba, ary niangavian'ireo izy mba hikasika azy ka hanasitrana azy.

Notantanan'i Jesosy ilay lehilahy ka nentiny tany ivelan'ny tanàna. Nororany ny masony avy eo ary hoy izy: "Misy zavatra hitanao ve?" Hoy ilay lehilahy: "Olona no hitako, satria toy ny hazo no hitako nefa mandehandeha." (Marka 8:23, 24) Napetrak'i Jesosy teo amin'ny mason'ilay lehilahy ny tanany, ka nahita tsara izy. Nasainy nody ilay lehilahy avy eo ary norarany tsy hiditra tao an-tanàna.

I Jesosy sy ny mpianany kosa nianavaratra nankany amin'ny faritr'i Kaisaria-Filipo. Lalana 40 kilaometatra teo ho eo ilay dia ary fiakarana be. Teny amin'ny 350 metatra ambonin'ny haabon'ny ranomasina ilay tanàna. Teo avaratratsinanan'izy io ny Tendrombohitra Hermona, ary rakotra lanezy ny tampony. Nety ho naharitra roa andro na mahery ilay dia.

Nitokana mba hivavaka i Jesosy teny an-dalana. Sivy na folo volana teo ho eo sisa izy dia ho faty ka nanahy ny amin'ny mpianany. Vao haingana mantsy ny maro taminy no nandao azy. Nisy koa sahirantsaina na diso fanantenana. Gaga angamba izy ireo hoe nahoana i Jesosy no tsy nanaiky hatao mpanjaka ary tsy nety nanao famantarana mba hampisehoana hoe iza marina izy.

Nanatona an'i Jesosy ny mpianany tamin'izy nivavaka ka nanontaniany hoe: "Lazain'ny olona ho iza moa ny Zanak'olona?" Hoy izy ireo: "Ny sasany milaza hoe Jaona Mpanao Batisa, ny hafa hoe Elia, ary misy koa manao hoe Jeremia na ny iray amin'ny mpaminany." Nisy tokoa nihevitra fa iray amin'ireo lehilahy ireo natsangana tamin'ny maty i Jesosy. Te hahalala ny hevitry ny mpianany i Jesosy ka hoy izy: "Fa ianareo kosa milaza hoe iza aho?" Tonga dia namaly i Petera hoe: "Ianao no Kristy, Zanak'ilay Andriamanitra velona."—Matio 16:13-16.

Nilaza i Jesosy fa tokony ho faly i Petera hoe nampahafantarin'Andriamanitra azy izany. Hoy izy: 'Lazaiko aminao fa ianao no Petera, ary eo ambonin'ity vatolampy ity no hanorenako ny fiangonako, ka tsy haharesy azy ny vavahadin'ny Fasana.' Te hilaza i Jesosy fa hanorina fiangonana iray izy, ary na ny Fasana aza tsy hahavita hangeja maharitra ny olona anisan'izy io raha tsy mivadika izy ireo mandritra ny fiainany eto an-tany. Nampanantena an'i Petera izy hoe: "Homeko anao ny lakilen'ny fanjakan'ny lanitra."—Matio 16:18, 19.

Tsy midika akory izany hoe i Petera no nataon'i Jesosy ambony indrindra tamin'ny apostoly, na hoe izy no hiorenan'ny fiangonana. I Jesosy no Vatolampy hiorenan'ny fiangonany. (1 Korintianina 3:11; Efesianina 2:20) Homena lakile telo anefa i Petera. Homena tombontsoa hanampy antokon'olona samihafa mba hiditra ao amin'ny Fanjakan'ny lanitra mantsy izy, ka toy ny hoe hanokatra varavarana.

Nampiasa ny lakile voalohany i Petera tamin' ny Pentekosta taona 33. Nampahafantariny an'ireo



Jiosy nibebaka sy ireo niova ho amin'ny Fivavahana Jiosy ny tokony hatao mba ho voavonjy. Nampiasa ny lakile faharoa izy mba hanampiana an'ireo Samaritanina mpino hiditra ao amin'ny Fanjakan' Andriamanitra. Tamin'ny taona 36 kosa izy no nampiasa ny lakile fahatelo, mba hahafahan'ireo hafa firenena tsy voafora hiditra ao amin'ilay Fanjakana. I Kornelio sy ny havany ary ny namany no voalohany tamin'ireo.—Asan'ny Apostoly 2:37, 38; 8:14-17; 10:44-48.

Nilaza i Jesosy fa kely sisa izy dia hampijaliana sy ho faty any Jerosalema, ka niady saina ny apostoliny. Tsy azon'i Petera hoe hatsangana amin'ny maty ho any an-danitra i Jesosy ka nentiny nihataka kely ary noteneniny mafy hoe: "Tokony mba ho tsara fanahy amin'ny tenanao ianao, Tompo ô! Tsy hanjo anao mihitsy izany." Nihodina anefa i Jesosy ka nilaza hoe: "Mankanesa ato ivohoko, ry Satana! Vato mahatafintohina eo anoloako ianao, satria tsy ny hevitr'Andriamanitra no eritreretinao, fa ny an'ny olombelona."—Matio 16:22, 23.

Niantso olon-kafa ankoatra ny apostoliny i Jesosy avy eo ary nohazavainy fa tsy ho mora ny hanara-dia azy. Hoy izy: "Raha misy te hanaraka ahy, aoka izy handa ny tenany ka hitondra ny hazo fijaliany ary hanaraka ahy mandrakariva. Fa izay te hamonjy ny ainy dia hamoy azy, ary izay mamoy ny ainy noho ny amiko sy ny vaovao tsara kosa dia hamonjy azy."—Marka 8:34, 35.

Tsy maintsy mahafoy tena sy be herim-po tokoa ny mpanara-dia an'i Jesosy raha te ho mendrika ny fankasitrahany. Nilaza i Jesosy hoe: "Na iza na iza menatra noho ny amiko sy ny teniko, eto amin'ity



taranaka mpanitsakitsa-bady sy mpanota ity, dia ho menatra noho ny aminy koa ny Zanak'olona rehefa tonga amin'ny voninahitry ny Rainy izy, miaraka amin'ny anjely masina." (Marka 8:38) "Hamaly ny tsirairay araka ny fitondran-tenany avy" tokoa i Jesosy rehefa ho tonga.—Matio 16:27.

- ◇ Nihevitra an'i Jesosy ho iza ny olona sasany? Nihevitra an'i Jesosy ho iza kosa ny apostoly?
- ◇ Inona ny lakile nomena an'i Petera, ary ahoana no tokony hampiasany azy ireo?
- ◇ Ahoana no nanitsian'i Jesosy an'i Petera, ary nahoana?

# ILAY FIOVAN-TAREHY NAHITANA AN'I KRISTY NOMEM-BONINAHITRA

MATIO 16:28–17:13 MARKA 9:1-13 LIOKA 9:27-36

Nisy zavatra nanaitra nolazain'i Jesosy tamin'ny apostoliny, tamin'izy nampianatra tany amin'ny faritr'i Kaisaria-Filipo, izay 25 kilaometatra teo ho eo niala ny Tendrombohitra Hermona. Hoy izy: "Lazaiko aminareo marina tokoa fa misy amin'izay mijoro eto tsy handia fahafatesana mihitsy, mandra-pahitany ny Zanak'olona ho tonga ao amin'ny fanjakany."—Matio 16:28.

Azo antoka fa lasa saina ny mpianatra hoe inona no dikan'izany. Nentin'i Jesosy niakatra tany an-tendrombohitra avo i Petera sy Jakoba ary Jaona, herinandro teo ho eo taorian'izay. Alina angamba tamin'izay satria rendremana izy telo lahy. Nisy fiovana nitranga tamin'i Jesosy raha mbola nivavaka teo anatrehan'izy ireo izy. Hitan'ireo apostoly ireo fa lasa namirapiratra toy ny masoandro ny tarehiny ary lasa fotsy nanjelanjelatra ny akanjony.

Nipoitra avy eo i "Mosesy sy Elia." Nanomboka niresaka tamin'i Jesosy momba 'ny hahalasanany, izay hitranga any Jerosalema' izy ireo. (Lioka 9:30, 31) Ny fahafatesan'i Jesosy sy ny fitsanganany amin'ny maty ilay hoe "hahalasanany." Noresahiny vao haingana izany. (Matio 16:21) Hita àry fa tsy azo nialana ilay fahafatesana manala baraka niandry an'i Jesosy, ka diso ny tenin'i Petera.

Nisava tanteraka ny torimason'ireo apostoly. Nahagaga azy ireo izay hitany sy reny. Fahitana ilay izy nefa hoatran'ny tena izy ka lasa nandray anjara i Petera. Hoy izy: "Raby ô, tsara ho antsika eto, koa avelao izahay hanangana tranolay telo, ka ny iray ho anao, ny iray ho an'i Mosesy, ary ny iray ho an'i Elia." (Marka 9:5) Te hanangana tranolay ve i Petera satria tiany hitohy ilay fahitana?

Nisy rahona namirapiratra nanaloka azy ireo raha mbola niteny i Petera. Nisy feo avy tao amin'ilay rahona nilaza hoe: "Io no Zanako malalako izay sitrako. Henoy izy." Natahotra ireo apostoly rehefa nandre ny feon'Andriamanitra ka niankohoka tamin'ny tany. Hoy anefa i Jesosy: "Mitsangàna fa aza matahotra." (Matio 17:5-7) Tsy nahita afa-tsy i Jesosy izy ireo rehefa niarina. Tapitra ilay fahitana. Nidina avy teny an-tendrombohitra izy ireo rehefa maraina ary hoy i Jesosy: "Aza lazaina na amin'iza na amin'iza iny fahitana iny, mandra-pitsangan'ny Zanak'olona amin'ny maty."—Matio 17:9.

Niteraka fanontaniana ny nahitana an'i Elia tao amin'ilay fahitana. Hoy ny apostoly: 'Nahoana no milaza ny mpanora-dalàna fa tsy maintsy ho avy aloha i Elia?' Hoy i Jesosy: "Efa tonga i Elia, nefa tsy fantatry ny olona." (Matio 17:10-12) I Jaona Mpanao Batisa no tian'i Jesosy horesahina. Nanao asa nitovy tamin'ny an'i Elia mantsy izy. Nanomana ny olona mba handray an'i Elisa i Elia ary nanomana ny olona mba handray an'i Kristy i Jaona.

Tena nampahery an'i Jesosy sy ny apostoly iny fahitana iny. Hita tamin'iny ny ho voninahitry ny Fanjakan'i Kristy. Nahita 'ny Zanak'olona tonga tao amin'ny fanjakany' ireo apostoly tamin'izay, araka ny nampanantenain'i Jesosy. (Matio 16:28) "Nahita maso ny fahamboniany" izy ireo tany an-tendrombohitra. Nitady famantarana ireo Fariseo mba hanamarinana fa i Jesosy tokoa no nofidin'Andriamanitra ho Mpanjaka. Tsy nomen'i Jesosy famantarana anefa izy ireo. Ny mpianany akaiky azy kosa no navela hahita an'ilay fiovan-tarehy, izay nanaporofo fa ho tanteraka ireo faminaniana momba an'ilay Fanjakana. Afaka nilaza àry i Petera tatỳ aoriana hoe: "Manana ny teny faminaniana isika, ary natao azo antoka kokoa izy io."—2 Petera 1:16-19.

# 60



- ◇ Inona no nitranga ka lasa nahita an'i Jesosy tonga tao amin'ny Fanjakany ny olona sasany mbola tsy nandia fahafatesana?
- ◇ Inona no noresahin'i Mosesy sy Elia tamin'i Jesosy, tao amin'ilay fahitana?
- ◇ Nahoana ilay fiovan-tarehy no nampahery ny mpanara-dia an'i Kristy?

# NANASITRANA ZAZALAHY NISY DEMONIA I JESOSY

MATIO 17:14-20 MARKA 9:14-29 LIOKA 9:37-43

Nifanena tamin'ny vahoaka i Jesosy sy Petera ary Jakoba sy Jaona rehefa avy tany an-tendrombohitra. Nisy olana tamin'izay. Nitangoronan'ny mpanora-dalàna sy niadiany hevitra ny mpianatra. Faly be ny olona nahita an'i Jesosy ka nihazakazaka niarahaba azy. Hoy i Jesosy: "Inona no iadianareo hevitra amin'ireo?"—Marka 9:16.

Nandohalika teo amin'i Jesosy ny lehilahy iray anisan'ny vahoaka ary niteny hoe: "Mpampianatra ô, nentiko atỳ aminao ny zanako lahy fa misy fanahy mampahamoana ao aminy. Na aiza na aiza no ahazoan'ilay fanahy azy, dia atontany amin'ny tany izy, ka mamoaka roatram-bava sy mihidy vazana ary lany hery. Nilazako ny mpianatrao mba hamoaka azy, saingy tsy vitany."—Marka 9: 17, 18.

Toa nokianin'ny mpanora-dalàna ny mpianatra ary angamba nihomehezany, satria tsy nahavita nanasitrana an'ilay zazalahy. Tsy namaly an'ilay lehilahy efa kivy i Jesosy fa niteny tamin'ny vahoaka hoe: "Ry taranaka tsy manam-pinoana sy ratsy fanahy, mandra-pahoviana no tsy maintsy mbola hitoerako eto aminareo? Mandra-pahoviana no tsy maintsy handeferako aminareo?" Tena mihatra amin'ny mpanora-dalàna ireo teny ireo, satria nahatonga olana tamin'ny mpianatr'i Jesosy izy ireo tamin'izy tsy teo. Hoy i Jesosy tamin'ny rain'ilay zazalahy: "Ento atỳ amiko izy."—Matio 17:17.

Rehefa nanatona an'i Jesosy ilay zazalahy dia nazeran'ilay demonia tamin'ny tany sy nataony nifanintontsintona. Nikodiadia izy sady namoaka roatram-bava. Hoy i Jesosy tamin'ilay rainy: "Hafiriana izay no nitrangan'izao taminy?" Dia hoy izy: "Hatramin'ny fahazazany. Atsipin'ilay fanahy matetika ao anaty afo sy ao anaty rano izy mba hamonoany azy." Niangavy azy ilay lehilahy hoe: "Raha mba misy azonao atao re, dia mba iantrao izahay ka ampio e!"—Marka 9:21, 22.



Kivy be izy satria na ny mpianatr'i Jesosy aza tsy nahasitrana ny zanany. Nitalaho mafy izy ka nampahery azy i Jesosy hoe: "'Raha misy azonao atao' hoe? Tsy misy tsy vitan'ny manam-pinoana ange e!" Tonga dia niteny mafy ny rain'ilay zazalahy hoe: "Manam-pinoana aho! Ampio aho eo amin' izay mbola tsy ampy amin'ny finoako!"—Marka 9: 23, 24.

Hitan'i Jesosy nihazakazaka nankeny aminy ny vahoaka ary nijery azy. Noteneniny mafy ilay demonia tamin'izay hoe: "Ry fanahy mampahamoana sy mampaharenina, mandidy anao aho: Mivoaha ao aminy ka aza miditra ao intsony." Nivoaka ilay demonia ka niantsoantso ilay zazalahy sady nifanintontsintona be ary avy eo tsy nihetsika tamin'ny tany. Hoy ny olona maro rehefa nahita an' izany: "Maty izy!" (Marka 9:25, 26) Noraisin'i Jesosy anefa ny tanan'ilay zazalahy ary nitsangana izy ka 'sitrana tamin'izay ora izay.' (Matio 17:18) Tsy mahagaga raha talanjona ny olona.



Nahavita namoaka demonia ny mpianatr'i Jesosy rehefa nirahiny hitory talohan'izay. Nanontany an'i Jesosy àry izy ireo rehefa nitokana tao amin' ny trano iray hoe: "Nahoana no tsy vitanay ny namoaka an'iny?" Nasehon'i Jesosy fa tsy ampy finoana izy ireo ka hoy izy: "Tsy tafavoaka iny karazany iny raha tsy amin'ny vavaka ihany." (Marka 9:28, 29) Nila nanana finoana matanjaka sy nampian'Andriamanitra ny olona iray vao nahavita namoaka an'ilay demonia mahery be.

Namarana ny teniny i Jesosy hoe: "Lazaiko aminareo marina tokoa fa raha manam-pinoana ianareo, na bitika toy ny voan-tsinapy aza, ary hilaza amin'irỳ tendrombohitra irỳ hoe: 'Mifindrà erỳ', dia hifindra izy ary tsy hisy tsy ho vitanareo." (Matio 17:20) Tena mahery tokoa ny finoana!

Hoatran'ny tsy ho voavaha ny olana sasany manakana ny olona tsy handroso eo amin'ny fanompoana an'i Jehovah, ka toy ny tendrombohitra tsy ho voanika na tsy ho voafindra. Afaka mandresy an'ireny olana ireny anefa isika raha miezaka hanam-pinoana.

◊ Inona no zava-nitranga hitan'i Jesosy rehefa avy tany an-tendrombohitra izy?
◊ Nahoana ny mpianatr'i Jesosy no tsy nahavita namoaka an'ilay demonia tamin'ilay zazalahy?
◊ Inona no mety ho vokany raha matanjaka ny finoantsika?

# LESONA LEHIBE MOMBA NY FANETREN-TENA

MATIO 17:22–18:5   MARKA 9:30-37   LIOKA 9:43-48

Nankany Kapernaomy i Jesosy taorian'ilay fiovan-tarehy sy rehefa avy nanasitrana zazalahy iray nisy demonia tany Kaisaria-Filipo. "Tsy tiany hisy hahafantatra izany" ka ny mpianany ihany no nentiny. (Marka 9:30) Afaka nampiomana kokoa ny mpianany izy tamin'izay fa ho faty. Afaka nanampy azy ireo koa izy mba ho vonona amin'ilay asa miandry azy ireo. Hoy izy: "Efa voatendry hatolotra eo an-tanan'ny olona ny Zanak'olona, ka hovonoiny ho faty, ary hatsangana amin'ny andro fahatelo."—Matio 17:22, 23.

Tsy tokony ho vaovao tamin'ny mpianany izany. Efa nilaza i Jesosy talohan'izay hoe ho faty izy, na dia tsy nety nino aza i Petera hoe hitranga izany. (Matio 16:21, 22) Nisy apostoly telo koa nahita an'ilay fiovan-tarehy sy naheno an' i Jesosy niresaka momba ny 'hahalasanany.' (Lioka 9:31) Nampalahelo be an'ireo mpanaradia azy ny teniny, na dia mbola tsy azon'izy ireo tsara aza ny tena dikany. (Matio 17:23) Natahotra ny hanontany azy momba izany anefa izy ireo.

Tonga tany Kapernaomy izy ireo taorian'izay. Tao no toerana nandaminan'i Jesosy ny fanompoany ary maromaro ny apostoly avy tao. Nanatona an'i Petera ireo lehilahy mpanangona ny hetran'ny tempoly. Angamba izy ireo te hiampanga an'i Jesosy ho tsy mandoa hetra, ka nilaza hoe: "Tsy mba mandoa [hetran'ny tempoly] angaha ny mpampianatra anareo?"—Matio 17:24.

Hoy i Petera: "Mandoa izy." Efa fantatr'i Jesosy izay nitranga rehefa tonga tao an-trano izy. Tsy niandry an'i Petera hitantara àry izy fa tonga dia nanontany hoe: "Ahoana ny hevitrao, ry Simona? Avy amin'iza no ahazoan'ny mpanjaka etỳ an-tany ny haba na ny hetra isan-dahy? Avy amin'ny zanany sa avy amin'ny olon-kafa?" Hoy i Petera: "Avy amin'ny olon-kafa." Niteny àry i Jesosy hoe: "Koa afaka amin'ny fandoavan-ketra àry ny zanaka."—Matio 17:25, 26.



Mpanjakan'izao rehetra izao ilay Rain'i Jesosy ary izy no nivavahana tao amin'ny tempoly. Aradalàna àry raha tsy tokony handoa ny hetran'ny tempoly ny Zanak'Andriamanitra. Hoy anefa i Jesosy: "Fa mba tsy hanafintohinantsika azy, dia mankanesa any an-dranomasina ary manipaza lelam-pintana, ka raiso izay trondro azonao voalohany. Ary rehefa sokafanao ny vavany, dia hahita statera [tetradrakma] iray ianao. Alao izany ka omeo azy, ho avy amiko sy avy aminao."—Matio 17:27.

Tafaraka ireo mpianatra taoriana kelin'izay ary te hanontany an'i Jesosy hoe iza no ho lehibe indrindra ao amin'ilay Fanjakana. Tsy sahy nanontany an'i Jesosy momba ny hahafatesany izy ireo taloha kelin'izay, nefa sahy niresaka momba ny hoavin'izy ireo teto. Fantatr'i Jesosy ny tao an-tsain'izy ireo. Efa niady hevitra momba an'ilay izy mantsy izy ireo rehefa niaraka taminy teny an-dalana hiverina ho any Kapernaomy. Nanontany àry i Jesosy hoe: "Inona no nifandiranareo teny an-dalana?" (Marka 9:33) Menatra izy ireo ka nangina. Nifanditra mantsy izy ireo hoe iza no lehibe indrindra aminy. Napetrak'ireo apostoly tamin'i Jesosy ihany anefa ity fanontaniana nampiady hevitra azy ireo ity: "Iza marina no lehibe indrindra ao amin'ny fanjakan'ny lanitra?"—Matio 18:1.

Mahagaga hoe mbola nifanditra toy izany izy ireo nefa efa ho telo taona no nandinika sy ni-

haino an'i Jesosy. Tsy lavorary anefa izy ireo ary nanantitrantitra be ny voninahitra sy ny toerana ambony ny fivavahana nanabeazana azy. Vao haingana koa i Petera no nampanantenain' i Jesosy hoe homena "ny lakilen'ny" Fanjakana. Nety ho nahatonga azy hihevi-tena ho ambony izany. Nety ho nahatsapa izany koa i Jakoba sy Jaona noho izy ireo nahita an'i Jesosy niova tarehy.

Na inona na inona anefa antony nampifanditra azy ireo, dia nanitsy azy ireo i Jesosy. Nantsoiny ho eo afovoan'izy ireo ny zaza iray ary hoy izy: "Tsy hiditra ao amin'ny fanjakan'ny lanitra mihitsy ianareo, raha tsy miova ho toy ny zaza. Noho izany, izay manetry tena tahaka ity zaza ity no ho lehibe indrindra ao amin'ny fanjakan'ny lanitra. Ary izay mandray zaza tahaka ity amin'ny anarako, dia mandray ahy."—Matio 18: 3-5.

Nahafinaritra tokoa ny fomba fampianatr'i Jesosy! Sady tsy tezitra tamin'ny mpianany izy no tsy nilaza hoe tia tena na matin-kambo izy ireo. Nampiasa ohatra kosa izy mba hanitsiana azy ireo. Tsy manana toerana ambony na voninahitra ny zaza. Tian'i Jesosy haseho tamin'ny mpianany fa tokony ho hoatr'izany koa izy ireo. Hoy izy tamin'ny farany: "Izay mitondra tena toy ny kely indrindra aminareo rehetra dia izy no lehibe."—Lioka 9:48.



◇ Inona no zava-dehibe nolazain'i Jesosy indray rehefa niverina tao Kapernaomy izy? Inona no vokatr'izany tamin'ny mpianany?

◇ Nahoana i Jesosy no tsy voatery handoa hetra, nefa nahoana izy no nandoa an'ilay izy ihany?

◇ Inona no nety ho nahatonga ny mpianatra hifanditra momba ny hoe iza no lehibe? Ahoana no nanitsian'i Jesosy azy ireo?

# INONA NO HATAO RAHA MISY MANAFINTOHINA NA MANOTA?

MATIO 18:6-20 MARKA 9:38-50 LIOKA 9:49, 50

Vao avy nampiseho ohatra i Jesosy mba hahalalan'ny mpianany ny toe-tsaina mety. Raha 'mandray zaza amin'ny anaran'i Jesosy izy ireo, dia handray an'i Jesosy' koa. (Matio 18:5) Tokony hihevi-tena ho toy ny zaza izy ireo, satria tsy manana toerana ambony na voninahitra ny zaza.

Vao haingana ny apostoly no nifanditra hoe iza no lehibe indrindra ka nety ho nihevitra izy ireo hoe nibedy azy i Jesosy. Nilaza zavatra vao nitranga ny apostoly Jaona avy eo. Hoy izy: "Nisy lehilahy hitanay namoaka demonia tamin' ny anaranao, ka nandramanay nosakanana izy satria tsy anisantsika."—Lioka 9:49.

Nihevitra ve i Jaona fa ny apostoly ihany no mahazo manasitrana sy mamoaka demonia? Nahoana àry io lehilahy jiosy io no nahavita namoaka fanahy ratsy? Nihevitra angamba i Jaona fa tsy tokony ho nanao fahagagana ilay lehilahy satria tsy niaraka tamin'i Jesosy sy ny apostoly.

Gaga i Jaona satria hoy i Jesosy: "Aza mitady hisakana azy, fa tsy misy hanao fahagagana amin'ny anarako ka vetivety eo dia ho afaka hanevateva ahy. Fa izay tsy manohitra antsika dia momba antsika. Na iza na iza manome rano eran'ny kaopy hosotroinareo satria an'i Kristy ianareo, dia lazaiko aminareo marina tokoa fa tsy ho very mihitsy ny valisoany."—Marka 9:39-41.

Tsy voatery ho niaraka tamin'i Kristy ilay lehilahy vao azo lazaina hoe nomba azy. Mbola vao haorina ny fiangonana kristianina tamin'io fotoana io, ka tsy nanohitra izy na nampandroso fivavahan-diso raha tsy niaraka tamin'i Jesosy. Niharihary fa nino ny anaran'i Jesosy izy, ary hita tamin'ny tenin'i Jesosy fa tsy ho very ny valisoan'ilay lehilahy.

Tena ho ratsy koa raha manafintohina an'ilay lehilahy ny tenin'ny apostoly sy izay ataony. Hoy mantsy i Jesosy: 'Na iza na iza mametraka vato mahatafintohina eo anoloan'ny iray amin'ireny madinika mino ireny, dia tsara kokoa ho azy ny hanantonana vato lehibe fikosoham-bary eo amin'ny vozony ka hatsipy any an-dranomasina.' (Marka 9:42) Nilaza izy avy eo fa tokony hahafoy zava-tsarobidy toy ny tanana na tongotra na maso ny mpanara-dia azy, raha mahatonga azy hanota izany. Aleo mahafoy an'ireo nefa miditra



ao amin'ny Fanjakan'Andriamanitra toy izay manana an'ireo nefa ho any amin'ny Gehena (Lohasahan'i Hinoma). Lohasaha tany akaikin'i Jerosalema izy io ka azo inoana fa efa hitan'ny apostoly. Fandoroana fako tao, ka azon'izy ireo fa fandringanana mandrakizay ny hoe Gehena.

Nilaza koa i Jesosy hoe: "Tandremo sao manao tsinontsinona ny iray amin'ireny madinika ireny ianareo. Fa lazaiko aminareo fa ny anjelin'izy ireo any an-danitra, dia mahita mandrakariva ny tavan'ny Raiko." Tena sarobidy amin'ny Rainy ireny "madinika" ireny. Niresaka momba ny lehilahy nanana ondry 100 i Jesosy avy eo. Very ny iray ka

navelan'ilay lehilahy ireo ondry 99 ary lasa izy nitady azy io. Rehefa hitany izy io dia nahafaly azy kokoa noho ireo 99. Hoy ihany i Jesosy: "Tsy tian' ny Raiko any an-danitra hisy ho very ny iray amin' ireny madinika ireny."—Matio 18:10, 14.

Tao an-tsain'i Jesosy angamba ny fifandiran' ny apostoly momba ny hoe iza no ho lehibe indrindra, ka nampirisika azy ireo izy hoe: "Manàna sira ao anatinareo, ka mihavàna tsara hatrany ianareo." (Marka 9:50) Mampahatsiro kokoa ny sakafo ny sira. Toy izany koa fa ho mora ekena kokoa ny teny raha asiana sira an'ohatra, ka hampisy fihavanana. (Kolosianina 4:6) Tsy mahavita izany kosa ny fifandirana.

Hoy i Jesosy momba izay tokony hatao rehefa misy olana lehibe: "Raha manota ny rahalahinao, dia mankanesa any aminy, ka rehefa mitokana ianareo, dia ampahafantaro azy ny fahadisoany. Raha mihaino anao izy, dia hahatafaverina ny rahalahinao ianao." Ary raha tsy mihaino izy? Nanoro hevitra i Jesosy hoe: "Ento miaraka aminao ny olona iray na roa, mba ho marim-pototra amin' ny tenin'ny vavolombelona roa na telo ny raharaha rehetra." Raha mbola tsy milamina anefa ilay izy dia tokony horesahina amin'ny "fiangonana", izany hoe amin'ny anti-panahy, satria izy ireo no afaka manapa-kevitra. Raha mbola tsy mihaino ihany izy, dia "ataovy toy ny olon'izao tontolo izao sy toy ny mpamory hetra", izany hoe olona tsy nifandraisan'ny Jiosy.—Matio 18:15-17.

Mila manaraka ny Tenin'Andriamanitra ireo



anti-panahy. "Ho efa voafatotra any an-danitra" ny fanapahan-kevitr'izy ireo raha hitany fa meloka ny olona iray ary mila famaizana. "Ho efa voavaha any an-danitra" kosa ny fanapahan-kevitr' izy ireo raha hitany fa tsy diso ilay olona. Tena hilaina ireo toro lalana ireo rehefa hiorina ny fiangonana kristianina. Hoy i Jesosy momba ny fanapahan-kevitra lehibe toy izany: "Na aiza na aiza ivorian'ny roa na telo amin'ny anarako, dia eo afovoany aho."—Matio 18:18-20.

◊ Nahoana ilay lehilahy namoaka demonia no tsy azo lazaina ho mpanohitra?

◊ Inona no mampiseho fa tena ratsy ny manafintohina ny madinika? Inona ny fanoharan'i Jesosy mampiseho fa sarobidy ireny madinika ireny?

◊ Inona no nolazain'i Jesosy fa tokony hatao raha misy rahalahy manota?

# ILAINA NY MAMELA HELOKA

MATIO 18:21-35

Ren'i Petera ilay torohevitr'i Jesosy hoe mila alamina mitokana ny olana eo amin'ny samy rahalahy. Toa tiany ho fantatra anefa hoe impiry izy no mila miezaka manao izany.

Hoy i Petera: "Tompoko, raha manota amiko impiry ny rahalahiko no havelako ny helony? Hatramin'ny impito ve?" Nisy mpitondra fivavahana nampianatra fa tokony ho intelo ihany no mamela heloka. Nety ho nihevitra àry i Petera fa efa tena tsara fanahy izy raha mamela heloka "hatramin'ny impito."—Matio 18:21.

Mifanohitra amin'ny fampianaran'i Jesosy anefa ny manisa fahadisoana. Nanitsy an'i Petera àry izy ka niteny hoe: "Tsy hilaza aminao aho hoe hatramin'ny impito, fa hatramin'ny impito amby fitopolo." (Matio 18:22) Tsy misy fetrany no dikan'izany. Tsy tokony hasian'i Petera fetrany àry ny famelany ny heloky ny rahalahiny.

Nilaza fanoharana i Jesosy avy eo mba hampisehoana tamin'i Petera sy ny hafa fa tsy maintsy mamela heloka izy ireo. Momba ny mpanompo iray izy io. Namindra fo taminy ny mpanjaka tompony nefa tsy nanahaka azy izy. Te hanao ampamoaka an'ireo mpanompony momba ny trosan'izy ireo ilay mpanjaka. Nentina teo aminy ny mpanompo iray nananany trosa be mitentina talenta 10 000 (60 000 000 denaria). Tsy ho voaloany mihitsy io vola io, ka nasain'ilay mpanjaka namidy izy sy ny vady aman-janany mba handoavana ny trosany. Niankohoka teo anatrehany àry ilay mpanompo ka niteny hoe: "Mahareta re fa haloako avokoa ny volanao rehetra e!"—Matio 18:26.

Nangoraka azy ilay mpanjaka ka namindra fo taminy ary nahafoy an'ilay trosa be. Nitady ny mpanompo namany, izay nananany denaria 100, anefa ilay mpanompo avy eo. Nisambotra azy izy, nanakenda azy, ary niteny hoe: "Aloavy ny volako rehetra any aminao." Niankohoka teo anatrehany ilay mpanompo namany sady niangavy hoe: "Mahareta re fa haloako ny volanao e!" (Matio 18:28, 29)





Mampianatra antsika hamela heloka tokoa izany! Mpanota isika ka toy ny hoe mahafoy trosa be amintsika Andriamanitra. Kely izay fahadisoana rehetra ataon'ny Kristianina hafa amintsika, raha oharina amin'izany. Tsy indray mandeha anefa i Jehovah no mamela antsika fa imbetsaka! Tsy tokony hamela ny rahalahintsika imbetsaka àry ve isika, na dia manana antony hitarainana aza? Nampianarin'i Jesosy tao amin'ny Toriteny teo Antendrombohitra fa 'hamela ny helotsika' Andriamanitra, 'tahaka ny amelantsika an'izay meloka tamintsika.'—Matio 6:12.

Tsy mba nanahaka an'ilay mpanjaka izay namela ny trosany anefa izy. Kely noho ny azy ny trosan' ilay namany, nefa nogadrainy izy io mandra-pandoany ny volany.

Nisy mpanompo hafa nahita ny haratsiam-panahin'ilay mpanompo, ka nitantara izany tamin'ny mpanjaka. Tezitra ny mpanjaka ka nampiantso an' ilay mpanompo. Hoy izy taminy: "Ry mpanompo ratsy fanahy, nafoiko ny trosa rehetra tany aminao, noho ny fiangavianao. Tsy mba tokony hamindra fo amin'ny mpanompo namanao koa ve ianao, toy ny namindrako fo taminao?" Nanolotra azy tamin'ny mpiambina ny fonja àry ilay mpanjaka, mandra-pandoany ny trosany rehetra. Namarana ny teniny i Jesosy hoe: "Toy izany koa no hataon'ny Raiko any an-danitra aminareo, raha tsy samy mamela ny rahalahinareo amin'ny fonareo avy ianareo."—Matio 18:32-35.



◊ Inona no nahatonga an'i Petera hanontany momba ny famelan-keloka? Nahoana izy no nety ho nihevitra fa efa tena tsara fanahy raha mamela heloka impito?

◊ Inona no nataon'ilay mpanjaka rehefa nitalaho famindram-po taminy ilay mpanompo? Inona anefa no nataon'io mpanompo io tamin'ny mpanompo namany?

◊ Inona no ianarantsika avy amin'ilay fanoharan'i Jesosy?

# NAMPIANATRA I JESOSY TENY AN-DALANA HO ANY JEROSALEMA

MATIO 8:19-22 LIOKA 9:51-62 JAONA 7:2-10

Nisy fotoana nitorian'i Jesosy elaela tany Galilia. Nandray azy kokoa ny olona tany noho ny tany Jodia. Nanasitrana lehilahy iray tamin'ny Sabata koa izy tao Jerosalema, ka "vao mainka nitady hamono azy" ny Jiosy.—Jaona 5:18; 7:1.

Fararanon'ny taona 32 izao ary efa akaiky ny Fetin'ny Tranolay (na Trano Rantsankazo). Fito andro io fety io, ary nisy fivoriambe manetriketrika ny andro fahavalo. Io fety io no namarana ny asa fambolena tao anatin'ny taona, ka nifaly sy nisaotra an'i Jehovah ny Israelita tamin'io.

Hoy i Jakoba sy Simona sy Josefa sy Jodasy, izay samy rahalahin'i Jesosy: "Mialà eto ianao ka mankanesa any Jodia." I Jerosalema no foiben'ny fivavahana tany Israely. Feno olona tao nandritra ireo fety telo fanao isan-taona. Hoy ireo rahalahin'i Jesosy: "Tsy misy olona te ho fanta-bahoaka nefa manao zavatra ao amin'ny miafina. Koa raha manao ireny zavatra ireny ianao, dia misehoa amin'izao tontolo izao."—Jaona 7:3, 4.

"Tsy nino azy" ho Mesia ny rahalahiny raha ny marina. Tian'izy ireo hahita azy manao fahagagana anefa ny olona tonga tamin'ilay fety. Fantatr'i Jesosy fa mampidi-doza izany, ka hoy izy: "Tsy misy antony ankahalan'izao tontolo izao anareo. Fa izaho kosa halany, satria manaporofo fa ratsy ny ataony. Mandehana ianareo mamonjy ny fety, fa izaho mbola tsy handeha satria mbola tsy tena tonga ny fotoana voatondro ho ahy."—Jaona 7: 5-8.

Lasa niaraka tamin'ny ankamaroan'ny olona hamonjy an'ilay fety ny rahalahin'i Jesosy. Andro vitsivitsy taorian'izay izy sy ny mpianany vao nandeha, ary niafinafina mba tsy ho tsikaritra. Nanitsy nankany Samaria izy ireo, fa tsy tany amin'ny lalana nahazatra teo akaikin'i Jordana. Nila trano hilasiana izy ireo tany Samaria ka naniraka olona hanomana an'izany. Tsy nety nandray azy ireo na nanao ny fomba fanao rehefa misy vahiny anefa ny olona tao amin'ny toerana iray, satria ho any Jerosalema mba hankalaza fety jiosy i Jesosy. Tezitra i Jakoba sy Jaona ka nilaza hoe: "Tompo ô, tianao ve ny hitenenanay mba hisy afo hilatsaka avy any an-danitra handringana an'ireo?" (Lioka 9:54) Niteny mafy azy roa lahy i Jesosy ary nanohy ny diany izy ireo.



Nisy mpanora-dalàna iray niteny tamin'i Jesosy teny an-dalana hoe: "Mpampianatra ô, hanaraka anao aho na aiza na aiza halehanao." Namaly i Jesosy hoe: "Ny amboadia manan-davaka hisitrihana, ary ny voro-manidina manam-pialofana, fa ny Zanak'olona kosa tsy mba manana izay hametrahany ny lohany." (Matio 8:19, 20) Te hilaza izy fa hiatrika zava-tsarotra ilay mpanora-





dalàna raha lasa mpanara-dia azy. Toa nanambony tena loatra izy io ka tsy nanaiky hiatrika an' izany. Eritrereto àry hoe: 'Tena vonona hanara-dia an'i Jesosy ve ianao?'

Hoy i Jesosy tamin'ny lehilahy iray hafa: "Andao hanara-dia ahy." Hoy anefa izy io: "Avelao aho aloha handeha handevina ny raiko." Fantatr'i Jesosy ny fiainan'io lehilahy io ka hoy izy: "Avelao ny maty handevina ny maty eo aminy, fa ianao kosa mandehana ka torio hatraiza hatraiza ny fanjakan'Andriamanitra." (Lioka 9:59, 60) Toa mbola tsy maty ny rain'ilay lehilahy, matoa izy mbola niresaka tamin'i Jesosy teo. Tsy vonona hanao loha laharana ny Fanjakan'Andriamanitra izy.

Nisy lehilahy iray koa niresaka tamin'i Jesosy, rehefa lasa lavidavitra izy ireo. Hoy izy io: "Hanaraka anao ihany aho, Tompo ô, fa avelao aloha aho hanao veloma ny ao an-tranoko." Hoy i Jesosy: "Tsy misy olona mitana angadinomby ary mitodika any aoriana, ka mendrika ny fanjakan' Andriamanitra."—Lioka 9:61, 62.

Tsy maintsy mifantoka amin'ny fanompoana an'Andriamanitra izay tena te ho mpianatr'i Jesosy. Azo inoana fa hivilana ny soritra ataon'ny mpamboly raha miherikerika izy. Ho tara koa ny asa eny an-tsaha, raha apetrany ny angadinomby ary ilaozany mijery any aoriana. Toy izany koa fa mety hiala amin'ny lalana mankany amin'ny fiainana izay miherika any amin'ity tontolo tranainy ity.

---

- ◊ Ahoana no niheveran'ireo rahalahin'i Jesosy azy?
- ◊ Ahoana no nataon'ny Samaritanina tamin'i Jesosy, ary inona no saika hataon'i Jakoba sy Jaona?
- ◊ Inona avy ireo resaka telo nataon'i Jesosy teny an-dalana? Ahoana no nampisehoany fa zava-dehibe ny fanompoana an'Andriamanitra?







FIZARANA

4

# NY FANOMPOAN'I JESOSY FARAMPARANY TANY JODIA

"IANGAVIO NY TOMPON'NY VOKATRA MBA HANIRAKA MPIASA."
—LIOKA 10:2

# TAMIN'NY FETIN'NY TRANOLAY TAO JEROSALEMA

JAONA 7:11-32

Lasa nalaza be i Jesosy taorian'ny batisany. Jiosy an'arivony no nahita ny fahagagana vitany ary niely eran'ilay firenena ny resaka momba izay nataony. Namonjy ny Fetin'ny Tranolay (na Trano Rantsankazo) ny olona ary maro no nitady azy.

Nizarazara be ny hevitry ny olona momba an'i Jesosy. Nisy nilaza hoe: "Olona tsara fanahy izy." Nisy koa niteny hoe: "Tsy tsara fanahy izy, fa mpamita-bahoaka." (Jaona 7:12) Nitakoritsika be momba izany ny olona nandritra ireo andro voalohany tamin'ilay fety. Tsy nisy sahy niaro an'i Jesosy teo anatrehan'ny vahoaka anefa, satria maro no natahotra ny mpitondra jiosy.

Niseho tao amin'ny tempoly i Jesosy rehefa nisasaka ilay fety. Maro no gaga satria tena nahay nampianatra izy. Tsy nianatra tany amin'ny sekolin'ireo raby izy ka talanjona ny Jiosy ary niteny hoe: "Ahoana koa no mba ananan'io fahaizana sy fahalalana hoatr'izany, nefa tsy nianatra tany amin'ny sekolintsika izy?"—Jaona 7:15.

Nanazava i Jesosy hoe: "Tsy ahy ny fampianarako, fa an'ilay naniraka ahy. Raha misy olona te hanao ny sitrapon'Andriamanitra, dia ho fantatr' izany olona izany raha avy amin'Andriamanitra ny fampianarako, na miteny araka ny nahim-poko fotsiny aho." (Jaona 7:16, 17) Mifanaraka amin'ny Lalàn'Andriamanitra ny fampianaran'i Jesosy ka tokony hiharihary fa te hanome voninahitra an' Andriamanitra izy fa tsy nitady laza.

Hoy ihany i Jesosy: "Tsy i Mosesy ve no nanome anareo ny Lalàna? Tsy misy mankatò ny Lalàna anefa ianareo. Nahoana no tadiavinareo hovonoina aho?" Vahiny angamba ny sasany tamin'ny vahoaka ka tsy nahalala fa nisy nikasa hamono i Jesosy. Tsy nino izy ireo hoe mpampianatra mahay be hoatr'azy dia hisy hamono. Nihevitra àry izy ireo fa hafahafa i Jesosy matoa nilaza an'izany. Hoy izy ireo: "Misy demonia ianao. Iza koa izao no mitady hamono anao eo?"—Jaona 7:19, 20.

Nitady hamono an'i Jesosy ny mpitondra jiosy, herintaona sy tapany talohan'izay. Avy nanasitrana lehilahy iray tamin'ny Sabata izy tamin' izay. Nampisaintsaina azy ireo i Jesosy tamin'ity indray mandeha ity ary nasehony fa tsy misaina tsara izy ireo. Nampahatsiahiviny fa takin'ny Lalàna ny hamorana ny zazalahy amin'ny andro fahavalo, na dia Sabata aza. Nanontany izy avy eo hoe: "Koa raha amin'ny sabata aza no anaovana famorana mba tsy handikana ny lalàn'i Mosesy, dia tezitra mafy amiko ve ianareo, satria nositraniko tanteraka ny olona iray, tamin'ny andro sabata? Aza mitsara ivelany intsony, fa mba mitsarà araka ny rariny."—Jaona 7:23, 24.

Nahalala ny zava-nitranga ny mponin'i Jerosalema ka niteny hoe: "Tsy io moa ilay tadiavin-dry zareo [mpitondra] hovonoina? Jereo anefa fa miteny ampahibemaso izy, kanefa tsy miteny na inona na inona aminy ry zareo. Sao dia efa tena fantatr'ireo lohandohany eto amintsika àry fa izy no Kristy?" Nahoana àry no mbola tsy nino ihany ny olona fa i Jesosy no Kristy? Hoy izy ireo: 'Isika mahalala izay niavian'io lehilahy io. Rehefa tonga anefa i Kristy, dia tsy misy mahalala izay iaviany.' —Jaona 7:25-27.

Mbola tao amin'ny tempoly i Jesosy no namaly hoe: "Fantatrareo aho, ary fantatrareo koa izay niaviako. Sady tsy tonga araka ny nahim-poko aho. Tena misy ilay naniraka ahy, fa ianareo no tsy mahalala azy. Izaho mahalala azy, satria izaho no solontenany ary Izy no naniraka ahy." (Jaona 7:28, 29) Nazava ny teniny ka nisy te hisambotra azy, angamba mba hanagadrana na hamonoana azy. Tsy nahavita izany anefa izy ireo satria mbola tsy tonga ny fotoana hahafatesan'i Jesosy.

Maro no nino an'i Jesosy na izany aza, ary izany no tokony ho izy. Efa nandeha teo ambony rano izy, nampitony rivotra, nampiasa mofo sy



trondro vitsivitsy mba hanomezana sakafo olona an'arivony, nanasitrana ny marary toy ny malemy tongotra sy ny jamba ary ny boka, ary nananganana ny maty mihitsy. Rariny raha nanontany izy ireo hoe: "Rehefa tonga i Kristy, hanao famantarana maro noho ny vitan'ity lehilahy ity ve izy?" —Jaona 7:31.

Nandre ny vahoaka nilaza izany ny Fariseo ka naniraka mpiambina hisambotra an'i Jesosy izy ireo sy ny lehiben'ny mpisorona.

---

◇ Inona no nolazain'ny olona momba an'i Jesosy rehefa tonga tao amin'ilay fety izy?
◇ Ahoana no nanaporofoan'i Jesosy fa tsy nandika ny Lalàn'Andriamanitra izy?
◇ Nahoana no maro no nino an'i Jesosy?

# “MBOLA TSY NISY OLONA NITENY TAHAKA IZANY MIHITSY”

JAONA 7:32-52

Mbola namonjy ny Fetin’ny Tranolay (na Trano Rantsankazo) tany Jerosalema i Jesosy. Faly izy fa “nino azy ny ankamaroan’ny vahoaka.” Tsy nahafaly ny mpitondra fivavahana anefa izany. Naniraka olona hisambotra an’i Jesosy àry izy ireo. (Jaona 7:31, 32) Tsy niafina i Jesosy na izany aza.

Mbola nampianatra an-karihary tao Jerosalema izy. Hoy izy: “Mbola hijanona kelikely eto aminareo aho, alohan’ny handehanako any amin’ilay naniraka ahy. Hitady ahy ianareo fa tsy hahita ahy, ary izay misy ahy tsy azonareo aleha.” (Jaona 7:33, 34) Tsy azon’ny Jiosy ny teniny, ka nifampiresaka izy ireo hoe: “Mikasa ho aiza àry izy io, ka tsy ho hitantsika? Ary sao dia mikasa hankany amin’ny Jiosy miely patrana any amin’ny Grika àry izy, ka hampianatra ny Grika? Inona no dikan’ny teniny hoe: ‘Hitady ahy ianareo fa tsy hahita ahy, ary izay misy ahy tsy azonareo aleha’?” (Jaona 7:35, 36) Te hilaza anefa i Jesosy fa ho faty izy ary hatsangana amin’ny maty ho any an-danitra, ka tsy ho afaka hanaraka azy any ny fahavalony.

Tonga ny andro fahafito tamin’ilay fety. Nandraraka rano avy tao amin’ny Dobon’i Siloama ny mpisorona iray isa-maraina, nandritra an’ilay fety. Nikoriana nankeo am-pototry ny alitaran’ ny tempoly ilay rano. Te hampahatsiahy an’io fanao io angamba i Jesosy ka niteny mafy hoe: “Raha misy mangetaheta, aoka izy hanatona ahy ka hisotro. Izay mino ahy, dia ‘hisy rano velona hikoriana avy ao anatiny ao’, araka ny voalazan’ny Soratra Masina.”—Jaona 7:37, 38.

Ny tian’i Jesosy holazaina dia izay hitranga rehefa ho voahosotry ny fanahy masina sy ho voantso ho any an-danitra ny mpianany. Aorian’ ny hahafatesan’i Jesosy no hitranga izany fanosorana fanahy masina izany. Toy ny nisy rano



manome aina nanomboka nikoriana, tamin'ny Pentekosta taona 33. Nanomboka nitory ny fahamarinana mantsy ireo mpianatra voahosotry ny fanahy tamin'izay.

Gaga tamin'ny fampianaran'i Jesosy ny sasany ka nilaza hoe: "Tena io mihitsy Ilay Mpaminany!" Toa ilay mpaminany voalazan'ny faminaniana hoe lehibe noho i Mosesy no tao an-tsainy. Nisy koa niteny hoe: "Io no Kristy!" Nisy anefa nilaza hoe: "Avy any Galilia angaha moa no iavian'i Kristy? Fa angaha moa ny Soratra Masina tsy nilaza an'i Kristy ho avy amin'ny taranak'i Davida, avy any Betlehema, tanàna kely nonenan'i Davida?"—Jaona 7:40-42.

Nizarazara àry ny vahoaka. Nisy te hisambotra an'i Jesosy, nefa tsy nisy sahy nikasika azy. Niverina tany amin'ny lehiben'ny mpisorona sy ny Fariseo ireo mpiambina, nefa tsy nitondra an'i Jesosy. Hoy àry ny Fariseo: "Nahoana no tsy nentinareo atỳ izy?" Namaly ireo hoe: "Mbola tsy nisy olona niteny tahaka izany mihitsy." Tezitra ny mpitondra fivavahana ka naneso hoe: "Voafitaka koa angaha ianareo? Fa angaha moa mba misy mino azy ny lohandohany eo amin'ny Jiosy na ny Fariseo? Fa olom-boaozona ireo vahoaka tsy mahalala ny Lalàna ireo."—Jaona 7:45-49.

Sahy niaro an'i Jesosy anefa i Nikodemosy, Fariseo anisan'ny Fitsarana Avo Jiosy. Nankany amin'i Jesosy tamin'ny alina izy, roa taona sy tapany teo ho eo talohan'izay, ary nampiseho fa nino azy. Hoy izy tamin'ity indray mandeha ity: "Angaha moa ny lalàntsika manameloka olona, raha tsy efa re aloha ny teniny ka fantatra izay ataony?" Niaro tena ny Fariseo ka nilaza hoe: "Angaha koa ianao avy any Galilia? Diniho dia ho hitanao fa tsy misy mpaminany avy any Galilia."—Jaona 7:51, 52.

Tsy milaza mivantana ny Soratra Masina hoe hisy mpaminany avy any Galilia. Milaza anefa ny Tenin'Andriamanitra fa avy any no hiavian'i Kristy. Voalaza ao mantsy fa hisy "hazavana lehibe" ho hitan'ny olona any "Galilian'ireo hafa firenena." (Isaia 9:1, 2; Matio 4:13-17) Teraka tao Betlehema sy taranak'i Davida koa i Jesosy, araka ny faminaniana. Nety ho efa nahalala an'izany ny Fariseo, nefa toa izy ireo no nahatonga ny olona hanana hevi-diso maro momba an'i Jesosy.



◇ Inona no nolazain'i Jesosy ka nampahatsiaro ny olona an'ilay zavatra iray natao isa-maraina nandritra an'ilay fety?

◇ Nahoana ireo mpiambina no tsy nisambotra an'i Jesosy, ary ahoana no fihetsik'ireo mpitondra fivavahana tamin'izay?

◇ Inona no porofo fa ho avy ao Galilia i Kristy?

# NY ZANAK'ANDRIAMANITRA NO "FAHAZAVAN'IZAO TONTOLO IZAO"

JAONA 8:12-36

Nampianatra tao amin'ny "toerana fitehirizambola sy zava-tsarobidy", tao amin'ny tempoly, i Jesosy tamin'ny andro fahafito na andro faran' ilay Fetin'ny Tranolay. (Jaona 8:20; Lioka 21:1) Toa tao amin'ny Tokotanin'ny Vehivavy izy io. Tao no fandatsahan'ny olona fanomezana.

Nasiana jiro manokana io faritry ny tempoly io nandritra ny alina tamin'ilay fety. Nisy fitoeranjiro lehibe efatra, izay samy nisy koveta lehibe efatra feno menaka, tao. Nahavita nanazava hatrany amin'ny faritra lavitra ireo jiro. Izany angamba no tao an-tsain'ny mpihaino an'i Jesosy rehefa nilaza izy hoe: "Izaho no fahazavan'izao tontolo izao. Izay manaraka ahy, tsy mba handeha ao amin'ny maizina mihitsy, fa hanana ny fahazavana manome fiainana."—Jaona 8:12.

Namaly anefa ny Fariseo hoe: "Ianao mijoro ho vavolombelon'ny tenanao, koa tsy marina ny fanambaranao." Namaly i Jesosy hoe: "Na dia mijoro ho vavolombelon'ny tenako aza aho, dia marina ny fanambarako, satria fantatro izay niaviako sy izay alehako. Fa ianareo tsy mahalala izay niaviako sy izay alehako." Hoy ihany izy: "Voasoratra ao amin'ny Lalànareo koa hoe: 'Marina ny tenin'ny vavolombelona roa.' Izaho mijoro ho vavolombelon'ny tenako ary ny Ray izay naniraka ahy mijoro ho vavolombeloko."—Jaona 8:13-18.

Tsy nanaiky izany ny Fariseo ka nanontany hoe: "Aiza ny Rainao?" Tsy niolakolaka i Jesosy namaly hoe: "Samy tsy fantatrareo na izaho na ny Raiko. Raha nahalala ahy ianareo, dia ho fantatrareo koa ny Raiko." (Jaona 8:19) Mbola te hisambotra an'i Jesosy ny Fariseo nefa tsy sahy nikasika azy.

Namerina nilaza zavatra efa nolazainy tany aloha i Jesosy hoe: "Andeha aho, ary hitady ahy ianareo, kanefa ho faty ao amin'ny fahotanareo ianareo. Ary izay alehako tsy azonareo aleha." Tsy azon'ireo Jiosy mihitsy ny tian'i Jesosy



holazaina ka hoy izy ireo: "Hamono tena angaha izy no manao hoe: 'Izay alehako tsy azonareo aleha'?" Tsy azon'izy ireo ny tenin'i Jesosy satria tsy hain'izy ireo hoe avy aiza izy. Nanazava i Jesosy hoe: "Ianareo avy atỳ ambany, izaho avy any ambony. Ianareo avy amin'ity tontolo ity, izaho tsy avy amin'ity tontolo ity."—Jaona 8:21-23.

Te hilaza i Jesosy teo fa efa nisy tany an-danitra izy tamin'izy mbola tsy olombelona. Tiany holazaina koa fa izy no Mesia na Kristy, ary tokony ho fantatr'ireo mpitondra fivavahana ireo izany. Naneso azy ihany anefa izy ireo hoe: "Iza àry ianao e?"—Jaona 8:25.

Hoy i Jesosy tamin'ireo olona ireo, izay nanda sy nanohitra azy: "Tsy misy antony tokony hiresahako aminareo akory!" Niresaka momba ny Rainy ihany anefa izy ary nanazava hoe nahoana ny Jiosy no tokony hihaino ny Zanaka. Hoy izy: "Marina ilay naniraka ahy, ary izay efa reko taminy no lazaiko amin'izao tontolo izao."—Jaona 8:25, 26.

Nasehon'i Jesosy avy eo fa matoky ny Rainy izy fa tsy toy ireo Jiosy ireo. Hoy izy: "Rehefa asandratrareo ny Zanak'olona vao ho fantatrareo fa izaho no izy. Ary tsy manao na inona na inona araka ny nahim-poko aho, fa araka izay nampianarin'ny Ray ahy no ilazako izany. Ary miaraka amiko ilay naniraka ahy, fa tsy nandao ahy ho irery izy, satria manao izay sitrany foana aho." —Jaona 8:28, 29.

Nisy Jiosy nino an'i Jesosy ihany anefa, ka nilazany hoe: "Raha tsy miala amin'ny teniko ianareo dia tena mpianatro tokoa, ary ho fantatrareo ny marina, ary ny marina hanafaka anareo."—Jaona 8:31, 32.

Toa hafahafa tamin'ny sasany ilay tenin'i Jesosy hoe "hanafaka anareo." Hoy izy ireo: "Taranak' i Abrahama ange izahay e, ary mbola tsy andevon'iza na iza mihitsy. Koa nahoana ianao no milaza hoe: 'Ho afaka ianareo'?" Tsy nanaiky nantsoina hoe andevo ny Jiosy, na dia fantany aza fa nisy fotoana izy ireo nofehezin'ny firenen-kafa. Nasehon'i Jesosy anefa fa mbola andevo izy ireo. Hoy izy: "Lazaiko aminareo marina dia marina tokoa fa andevon'ny ota ireo zatra manota."—Jaona 8:33, 34.

Notandindomin-doza ny Jiosy satria tsy nanaiky hoe andevon'ny ota. Hoy i Jesosy: "Ny andevo tsy mitoetra mandrakariva ao an-trano, fa ny zanaka no mitoetra mandrakariva ao." (Jaona 8:35) Tsy manana zo handova ny andevo ary mety ho voaroaka izy na rahoviana na rahoviana. Ny zanaka na izay natsangana ho zanaka ihany no mijanona ao an-trano "mandrakariva", izany hoe mandra-pahafatiny.

Ny marina momba ny Zanaka àry ilay marina manafaka mandrakizay amin'ny fahotana, izay mahafaty. Hoy i Jesosy: 'Tena ho afaka ianareo, raha ny Zanaka no manafaka anareo.'—Jaona 8:36.

---

◇ Inona no nitranga tamin'ny alina nandritra ilay fety, ary inona no nifandraisan'izany tamin'ny fampianaran'i Jesosy?

◇ Inona no nolazain'i Jesosy momba ny fiaviany, ary inona no tiany holazaina?

◇ Nahoana ny Jiosy no nolazaina hoe andevo, ary inona ilay marina hanafaka azy ireo?

# ABRAHAMA SA NY DEVOLY NO RAIN'IZY IREO?

JAONA 8:37-59

Nampianatra fahamarinana lehibe hafa i Jesosy, raha mbola tao Jerosalema tamin'ny Fetin'ny Tranolay. Vao avy nilaza taminy ny Jiosy sasany hoe: 'Taranak'i Abrahama izahay, ary mbola tsy andevon'iza na iza mihitsy.' Hoy i Jesosy: "Fantatro fa taranak'i Abrahama ianareo. Mitady hamono ahy anefa ianareo, satria tsy mahazo vahana ao amponareo ny teniko. Izay efa hitako tamin'ny Raiko no lazaiko, ary ianareo manao izay efa renareo tamin'ny rainareo."—Jaona 8:33, 37, 38.

Mazava ny tiany holazaina: Tsy mitovy ny Rain' izy ireo. Tsy azon'ireo Jiosy izany ka namerina nilaza izy ireo hoe: "I Abrahama no rainay." (Jaona 8:39; Isaia 41:8) Taranak'i Abrahama, naman' Andriamanitra, tokoa izy ireo ka nihevitra fa nanompo an'Andriamanitra toa azy.

Nahagaga fa hoy i Jesosy: "Ataovy àry ny asan' i Abrahama raha zanak'i Abrahama ianareo." Manahaka ny rainy mantsy ny tena zanaka. Hoy koa i Jesosy: "Mitady hamono ahy anefa ianareo, dia izaho izay nilaza taminareo ny marina reko tamin' Andriamanitra. Tsy mba nanao izany i Abrahama." Hoy izy avy eo: "Ianareo manao ny asan'ny rainareo." (Jaona 8:39-41) Nampieritreritra izany.

Mbola tsy azon'ny Jiosy hoe iza ilay rain'izy ireo resahin'i Jesosy. Nilaza izy ireo fa zanaka ara-dalàna, ka niteny hoe: "Tsy teraka avy tamin'ny fijangajangana izahay. Iray ihany ny Rainay, dia Andriamanitra." Marina ve izany? Hoy i Jesosy: "Tokony ho tia ahy ianareo raha Andriamanitra no Rainareo, satria avy tamin'Andriamanitra no nivoahako sy nahatongavako eto. Tsy tonga araka ny nahimpoko velively aho, fa Izy no naniraka ahy." Sady nanontany i Jesosy avy eo no namaly hoe: "Nahoana no tsy azonareo izay lazaiko? Satria tsy zakanareo ny mihaino ny teniko."—Jaona 8:41-43.

Efa nasehon'i Jesosy ny vokatry ny fandavana azy. Nilaza mivantana anefa izy teto hoe: "Ianareo avy amin'ny Devoly rainareo, ary izay irin'ny rainareo no tianareo hatao." Hoatran'ny ahoana ny rain' izy ireo? Hoy i Jesosy: "Mpamono olona hatrany am-piandohana izy, ary tsy nifikitra tamin'ny marina." Hoy koa izy: "Izay avy amin'Andriamanitra dia mihaino ny tenin'Andriamanitra. Izany no tsy ihainoanareo, satria tsy avy amin'Andriamanitra ianareo."—Jaona 8:44, 47.

Tezitra ny Jiosy ka namaly hoe: "Tsy marina ve ny voalazanay fa Samaritanina tokoa ianao sady misy demonia?" Nanambany azy izy ireo rehefa niantso azy hoe "Samaritanina." Tsy niraharaha an'izany anefa i Jesosy fa hoy izy: "Tsy misy demonia aho, fa manome voninahitra ny Raiko, fa ianareo kosa tsy manome voninahitra ahy." Tena tsy nety ny nataon'izy ireo. Nampanantena mantsy i Jesosy hoe: "Raha misy olona mitandrina ny teniko, dia tsy mba ho faty mihitsy izy." Tsy midika izany hoe tsy ho faty mihitsy ny apostoly sy izay nanara-dia an'i Jesosy. Tsy hiharan'ny fandringanana mandrakizay na ny "fahafatesana faharoa" kosa izy ireo. (Jaona 8:48-51; Apokalypsy 21:8) Tsy hatsangana amin'ny maty mantsy izay hiharan'izy io.

Noraisin'ny Jiosy ara-bakiteny ny tenin'i Jesosy, ka hoy izy ireo: 'Fantatray tokoa izao fa misy demonia ianao. Efa maty i Abrahama, ary maty koa ny mpaminany, nefa ianao milaza hoe: "Raha misy mitandrina ny teniko, dia tsy handia fahafatesana mihitsy izy." Ianao angaha lehibe noho i Abrahama rainay, izay efa maty? Fa manao anao ho iza moa ianao e?'—Jaona 8:52, 53.

Tian'i Jesosy ho azon'ny olona fa izy no Mesia. Tsy tonga dia novaliany anefa ilay fanontaniana hoe iza izy. Hoy kosa izy: "Tsinontsinona ny voninahitro raha manome voninahitra ny tenako aho. Ny Raiko no manome voninahitra ahy, dia izy izay lazainareo fa Andriamanitrareo. Tsy fantatrareo anefa izy, fa izaho mahalala azy. Raha milaza aho fa tsy mahalala azy, dia mpandainga tahaka anareo koa."—Jaona 8:54, 55.



Hoy indray i Jesosy momba an'ilay razamben' izy ireo, izay tsy nivadika: "Ravoravo erỳ i Abrahama rainareo noho ny fanantenana hahita ny androko, ary nahita izy ka ravoravo." Nino ny fampanantenan'Andriamanitra i Abrahama, ka niandrandra ny hahatongavan'ny Mesia. Gaga ny Jiosy ka niteny hoe: "Mbola tsy dimampolo taona akory ianao, koa efa nahita an'i Abrahama ve?" Hoy i Jesosy: "Lazaiko aminareo marina dia marina tokoa fa mbola tsy ary akory i Abrahama, dia efa nisy aho." Anjely mahery tany an-danitra izy talohan'ny naha olombelona azy, ary izay no tiany holazaina.—Jaona 8:56-58.

Tezitra be ny Jiosy rehefa nilaza i Jesosy hoe efa nisy talohan'i Abrahama izy. Saika hitora-bato azy izy ireo, nefa lasa izy ary tsy naninona.

---

◇ Ahoana no nampisehoan'i Jesosy fa tsy mitovy ny rainy sy ny rain'ny fahavalony?
◇ Nahoana no diso ny Jiosy rehefa nanizingizina fa i Abrahama no rain'izy ireo?
◇ Nahoana no nolazaina fa "tsy handia fahafatesana mihitsy" ny mpanara-dia an'i Jesosy?

# NANASITRANA LEHILAHY TERAKA JAMBA I JESOSY

JAONA 9:1-18

Mbola tao Jerosalema i Jesosy tamin'ny Sabata. Nahita lehilahy jamba hatrany an-kibon-dreniny izy sy ny mpianany, teny an-dalana. Hoy ireo mpianatra: "Raby ô, fa iza no nanota, io lehilahy io sa ny ray aman-dreniny, no teraka jamba izy?"—Jaona 9:2.

Fantatr'ireo mpianatra hoe mbola tsy nisy tany ho any io lehilahy io, talohan'ny nahaterahany. Nety ho nieritreritra anefa izy ireo hoe sao dia efa manota ny olona iray ao am-bohoka. Hoy i Jesosy: "Tsy io lehilahy io no nanota, na ny ray aman-dreniny, fa mba hampisehoana ny asan'Andriamanitra eo aminy no anton'izany." (Jaona 9:3) Tsy fahadisoana na fahotana nataon'ilay lehilahy na ny ray aman-dreniny àry no nahajamba an'ilay lehilahy. Nanota i Adama, ka vao teraka ny olona rehetra dia tsy lavorary ary mety hanan-kilema toy ny fahajambana. Afaka nampiseho ny asan'Andriamanitra anefa i Jesosy noho io jamba io. Efa nanao izany izy rehefa nanasitrana.

Nantitranterin'i Jesosy fa ilaina maika ny manao ny asan'Andriamanitra. Hoy izy: "Tsy maintsy manao ny asan'ilay naniraka ahy isika, dieny mbola antoandro. Fa ho avy ny alina izay tsy hahafahan' ny olona hiasa. Izaho no fahazavan'izao tontolo izao raha mbola eo amin'izao tontolo izao aho." (Jaona 9:4, 5) Tsy ho ela tokoa i Jesosy dia ho faty ary ho any amin'ny haizina ao am-pasana ka tsy ho afaka hanao na inona na inona. Fahazavana ho an' izao tontolo izao anefa aloha izy mandra-pahatongan'izany.

Hositranin'i Jesosy ve anefa ilay jamba? Ahoana no hataony? Nandrora tamin'ny tany izy ka nanao feta tanimanga tamin'ny rorany. Nohosorany an'ilay izy ny mason'ilay lehilahy ary hoy izy: "Mandehana misasa any amin'ny dobon'i Siloama." (Jaona 9:7) Nanao izany ilay lehilahy ka nahiratra. Izay izy vao nahita. Eritrereto ange ny hafaliany e!

Gaga ny mpiara-monina taminy sy izay nahalala hoe jamba izy. Hoy izy ireo: "Tsy ilay lehilahy nipetraka nangataka ve ity?" Nisy namaly hoe: "Izy tokoa io." Tsy nino anefa ny sasany ka niteny hoe: "Tsy izy mihitsy io, fa olona mitovy aminy." Namaly àry ilay lehilahy hoe: "Izaho no izy."—Jaona 9: 8, 9.

Nanontany izy ireo hoe: "Ary ahoana no nahiratan'ny masonao?" Hoy izy: "Nanao feta tanimanga ilay lehilahy atao hoe Jesosy, ka nanosotra izany teo amin'ny masoko, ary nanao hoe: 'Mandehana misasa any Siloama.' Dia nandeha aho ka nisasa, ary nahiratra." Ary hoy ireo: "Aiza izany lehilahy izany?" Dia hoy izy: "Tsy fantatro."—Jaona 9:10-12.

Nentina tany amin'ny Fariseo ilay jamba. Tian' izy ireo ho fantatra ny nahasitrana azy. Hoy ilay lehilahy: "Nasiany feta tanimanga ny masoko, ary nosasako ka nahita aho." Tokony ho faly ny Fari-





seo fa sitrana ilay jamba mpangataka, nefa nanakiana an'i Jesosy ny sasany. Hoy izy ireo: "Tsy avy amin'Andriamanitra izany lehilahy izany, satria tsy mitandrina ny Sabata." Nisy koa niteny hoe: "Hataon'ny lehilahy mpanota ahoana no hahavita famantarana toy izany?" (Jaona 9:15, 16) Tsy nitovy hevitra izy ireo.

Nanontany an'ilay lehilahy àry izy ireo hoe: "Inona kosa no lazainao momba azy, noho izao nampahiratany ny masonao izao?" Tsy nisalasala niteny ilay lehilahy hoe: "Mpaminany izy."—Jaona 9:17.

Tsy nety nino an'izany ny Fariseo. Nihevitra angamba izy ireo hoe miray tetika hamitaka ny olona i Jesosy sy ilay lehilahy. Nanapa-kevitra àry izy ireo fa hanontany ny ray aman-drenin'ilay lehilahy mba hahalalana raha tena jamba izy io taloha.

---

◊ Inona no nahatonga an'ilay lehilahy ho jamba, fa tsy inona?

◊ Nanao ahoana ny fihetsik'ireo nahalala an'ilay lehilahy jamba rehefa nahita fa sitrana izy?

◊ Inona no mampiseho fa tsy nitovy hevitra ny Fariseo, momba ny nahasitrana an'ilay lehilahy?

## NIADY HEVITRA TAMIN'ILAY LEHILAHY JAMBA TALOHA NY FARISEO

JAONA 9:19-41

Tsy neken'ny Fariseo fa i Jesosy no nanasitrana an'ilay jamba, ka nantsoin'izy ireo ny ray aman-dreniny. Fantatr'izy mivady fa mety "horoahina hiala amin'ny synagoga" izy ireo. (Jaona 9:22) Tsy ho afaka hifandray amin'ny Jiosy hafa izy ireo raha izany. Hisy vokany be eo amin'ny fivelomany sy ny fifandraisany amin'ny olona izany.

Hoy ny Fariseo: "Zanakareo ve ity, ilay lazainareo hoe teraka jamba? Koa nahoana izy izao no mahita?" Hoy izy mivady: "Fantatray fa zanakay io, ary teraka jamba izy. Fa tsy fantatray kosa hoe ahoana no nahatonga azy hahita ankehitriny, na hoe iza no nampahiratra ny masony." Nety ho efa notantarain-janany tamin'izy ireo izay nitranga. Nitandrina tsara anefa izy ireo vao namaly ka nilaza hoe: "Anontanio izy e! Efa lehibe izy, ka izy ihany no tokony hilaza ny momba ny tenany."—Jaona 9:19-21.

Nantsoin'ny Fariseo indray àry ilay lehilahy. Te hampitahotra azy izy ireo ka nilaza fa manana porofo hanamelohana an'i Jesosy. Hoy izy ireo: "Omeo voninahitra Andriamanitra, ka lazao ny marina. Fantatray fa mpanota izany lehilahy izany." Tsy niditra tamin'ilay fanendrikendrehana ilay lehilahy, fa hoy izy: "Tsy fantatro aloha na mpanota izy na tsia. Izao ihany no fantatro: Jamba aho taloha, fa mahiratra aho izao."—Jaona 9:24, 25.

Tsy afa-po ny Fariseo ka niteny hoe: "Inona no nataony taminao? Ahoana no nampahiratany ny masonao?" Sahy namaly ilay lehilahy hoe: "Efa nolazaiko taminareo izany, fa tsy nihaino ianareo. Koa nahoana no tianareo hohenoina indray? Te ho tonga mpianany koa angaha ianareo?" Tezitra be ny Fariseo ka niampanga azy hoe: "Ialahy no mpianany, fa izahay mpianatr'i Mosesy. Fantatray fa niteny tamin'i Mosesy Andriamanitra, fa izany lehilahy izany kosa tsy fantatray izay niaviany."—Jaona 9:26-29.

Gaga ilay lehilahy ka niteny hoe: "Mba mahagaga koa ny tsy ahafantaranareo izay niaviany, nefa izy nampahiratra ny masoko." Nilaza izy avy eo hoe iza no henoin'Andriamanitra sy ankasitrahany. Nitombina tsara ny teniny hoe: "Fantatsika fa tsy mihaino ny mpanota Andriamanitra, fa izay matahotra azy sy manao ny sitrapony kosa no henoiny. Mbola tsy re mihitsy hatrizay hatrizay hoe nisy nampahiratra mason'olona jamba hatrany an-kibondreniny." Hoy àry izy: "Tsy mahavita na inona na inona mihitsy izany lehilahy izany raha tsy avy amin'Andriamanitra."—Jaona 9:30-33.

Tsy nahita havaly azy ny Fariseo ka nanaratsy azy hoe: "Tena teraka tao anatin'ny ota ialahy, ka ialahy indray ve no mampianatra anay?" Noroahiny ilay lehilahy avy eo.—Jaona 9:34.

Ren'i Jesosy izay nitranga, ka hoy izy rehefa hitany ilay lehilahy: "Mino ny Zanak'olona ve ianao?" Namaly izy hoe: "Iza moa izy, tompoko, mba hinoako azy?" Tsy nisalasala i Jesosy namaly hoe: "Efa hitanao izy, ary izy ilay miresaka aminao izao."—Jaona 9:35-37.

Hoy indray ilay lehilahy: "Mino azy tokoa aho, Tompo ô!" Niankohoka teo anatrehan'i Jesosy izy, ka hita fa nino azy sy nanaja azy. Misy heviny lalina ny tenin'i Jesosy taorian'izay hoe: "Noho izao fitsarana izao no nahatongavako amin'izao tontolo izao: Mba hahiratra ny tsy mahiratra, ary mba ho jamba ny mahiratra."—Jaona 9:38, 39.

Fantatr'ireo Fariseo nanatrika teo fa tsy jamba izy ireo. Nihambo ho nanampy ny olona hifandray tamin'Andriamanitra izy ireo nefa tsy nanao izany. Niaro tena izy ireo hoe: "Izahay koa ve mba jamba?" Hoy i Jesosy: "Tsy ho nanan-keloka ianareo, raha jamba. Milaza anefa ianareo hoe: 'Mahita izahay', koa tsy afaka àry ny helokareo." (Jaona 9: 40, 41) Raha tsy mpampianatra teo amin'ny Israely izy ireo, dia nety ho tsy nahagaga raha nanda an'i Jesosy ho Mesia. Nahay ny Lalàna anefa izy ireo, ka nanao fahotana lehibe rehefa nanda an'i Jesosy.



◊ Nahoana no natahotra ny ray aman-drenin'ilay lehilahy rehefa nantsoin'ny Fariseo, ary inona no navalin'izy ireo?

◊ Inona ny zavatra mitombina nolazain'ilay lehilahy ka nampahatezitra ny Fariseo?

◊ Nahoana ny Fariseo no tsy afa-tsiny rehefa nanda an'i Jesosy?

# NANIRAKA MPIANATRA 70 MBA HITORY I JESOSY

LIOKA 10:1-24

Faramparan'ny taona 32 tamin'izay, izany hoe telo taona teo ho eo taorian'ny batisan'i Jesosy. Vao haingana izy sy ny mpianany no nanatrika ny Fetin'ny Tranolay tao Jerosalema. Mbola teny akaiky teny angamba izy ireo. (Lioka 10:38; Jaona 11:1) Enim-bolana sisa dia hifarana ny fanompoan'i Jesosy. Tao Jodia izy tamin'ny ankamaroan'io fotoana io, na tany Pere, faritra ampitan'ny Reniranon'i Jordana. Tokony hitoriana koa tany.

Nitory nandritra ny volana vitsivitsy tao Jodia sy eran'i Samaria i Jesosy talohan'izay, izany hoe taorian'ny Paska taona 30. Nisy Jiosy tao Jerosalema nitady hamono azy rehefa nanakaiky ny Paska taona 31. Tany Galilia tany avaratra izy no tena nampianatra nandritra ny herintaona sy tapany taorian'izay, ary maro no lasa mpanara-dia azy. Nampiofana ny apostoliny koa i Jesosy tany ary avy eo naniraka azy ireo sady niteny hoe: "Mitoria hoe: 'Efa manakaiky ny fanjakan'ny lanitra.'" (Matio 10:5-7) Nandamina ny fitoriana tao Jodia izy izao.

Nifidy mpianatra 70 izy ary naniraka azy tsiroaroa. Nisy ekipa 35 àry ny mpitory ilay Fanjakana tao amin'ilay faritany. "Be tokoa ny vokatra, fa ny mpiasa no vitsy." (Lioka 10:2) Nalefan'i Jesosy nialoha azy tany amin'ny toerana nety ho mbola halehany ireo 70 lahy. Nasainy nanasitrana sy nampiely ny hafatra notoriny izy ireo.

Tsy tany amin'ny synagoga izy ireo no tena nirahin'i Jesosy hampianatra, fa tany an-tranon'olona. Hoy izy: "Amin'izay trano idiranareo, dia milazà aloha hoe: 'Ho amin'ity trano ity anie ny fiadanana!' Koa raha misy zanaky ny fiadanana ao, dia hitoetra eo aminy ny fiadananareo." Inona no hafatra notorin'izy ireo? Hoy i Jesosy: "Lazao foana hoe: 'Efa manakaiky anareo ny fanjakan'Andriamanitra.'"—Lioka 10:5-9.

Nitovy tamin'ny toromarika nomen'i Jesosy ny apostoly 12, herintaona teo ho eo talohan'izay, ny toromarika nomeny an'ireo 70 lahy. Nampitandrina izy fa tsy ny rehetra no handray tsara azy ireo. Hanomana an'ireo tso-po anefa izy ireo, ka maro no ho vonona handray an'i Jesosy Tompo sy hianatra aminy, rehefa ho tonga izy ao aoriana kely.

Tsy ela dia niverina tany amin'i Jesosy ireo ekipa 35, ary faly erỳ nitantara hoe: "Tompo ô, manaiky anay hatramin'ny demonia noho ny fampiasanay ny anaranao." Faly be koa i Jesosy satria hoy izy: "Hitako fa efa nazera toy ny tselatra avy any an-danitra i Satana. Efa nomeko fahefana hanitsaka bibilava sy maingoka ianareo."—Lioka 10:17-19.



Nanome toky ny mpanara-dia azy i Jesosy teo fa hahavita hiatrika zavatra mampidi-doza izy ireo, ka toy ny hoe hanitsaka bibilava sy maingoka. Afaka matoky izy ireo fa hazera avy any an-danitra i Satana amin'ny hoavy. Nasehon'i Jesosy an'ireo 70 lahy koa izay tena zava-dehibe. Hoy izy: "Aza mifaly satria hoe manjary manaiky anareo ny fanahy, fa mifalia kosa satria voasoratra any an-danitra ny anaranareo."—Lioka 10:20.

Faly be i Jesosy ary nidera ny Rainy ampahibemaso noho izy nampiasa an'ireo mpanompony manetry tena ireo mba hahavita zavatra miavaka. Hoy izy tamin'ny mpianany: "Sambatra ny maso mahita izay hitanareo. Fa lazaiko aminareo fa mpaminany sy mpanjaka maro no naniry hahita izay hitanareo ankehitriny fa tsy nahita, sy naniry handre izay renareo ankehitriny fa tsy nahare."—Lioka 10:23, 24.

---

◊ Taiza i Jesosy no nitory nandritra ny enim-bolana farany tamin'ny fanompoany, ary nahoana izy no tao no tena nitory?

◊ Inona no tokony hataon'ireo 70 lahy mba hahitana olona?

◊ Nahavita zavatra be ireo 70 lahy, nefa inona no nolazain'i Jesosy fa zava-dehibe kokoa?



# NASEHON'NY SAMARITANINA IRAY FA TENA NAMANA IZY

LIOKA 10:25-37

Nisy Jiosy nanatona an'i Jesosy raha mbola teny akaikin'i Jerosalema izy. Te hianatra aminy ny sasany, fa ny hafa te hitsapa azy. Hoy ny iray tamin' izy ireo, izay nahay Lalàna: "Mpampianatra ô, inona no hataoko mba handovako fiainana mandrakizay?"—Lioka 10:25.

Fantatr'i Jesosy fa tsy hoe te hahalala zavatra fotsiny ilay lehilahy. Angamba tiany hilaza zavatra mahatezitra ny Jiosy i Jesosy. Hain'i Jesosy fa efa nanana hevitra masaka tao an-tsainy ilay lehilahy, ka nataony izay *hamoahany* an'izany.

Hoy i Jesosy: "Inona no voasoratra ao amin'ny Lalàna? Ahoana no fahazoanao azy?" Nianatra ny Lalàn'Andriamanitra io lehilahy io, ka nalainy tao ny valin-teniny. Nilaza teny avy ao amin'ny Deoteronomia 6:5 sy Levitikosy 19:18 izy hoe: "'Tiavo i Jehovah Andriamanitrao amin'ny fonao manontolo sy ny tenanao manontolo sy ny herinao manontolo ary ny sainao manontolo', ary 'tiavo ny namanao tahaka ny tenanao.'" (Lioka 10:26, 27) Izay ve no valiny?

Hoy i Jesosy: "Marina ny navalinao. 'Izany foana atao dia hahazo ny fiainana ianao.'" Nifarana teo ve ny resaka? Tsia. Tsy ny valiny marina fotsiny no notadiavin'ilay lehilahy. Te 'hanaporofo izy fa marina ny tenany', izany hoe mety tsara ny fomba fiheviny ka mety koa ny fomba itondrany ny olona. Hoy àry izy: "Fa iza marina moa no namako?" (Lioka 10:28, 29) Toa tsotra ny fanontaniany nefa nisy heviny lalina. Nahoana?

Nihevitra ny Jiosy fa izay manaraka ny fombafomban'izy ireo ihany no atao hoe 'namana.' Toa manohana an'izany koa ny Levitikosy 19:18. Nety ho nisy Jiosy nilaza mihitsy hoe 'tsy azo atao' ny mifandray amin'ny tsy Jiosy. (Asan'ny Apostoly 10:28) Nieritreritra àry ilay lehilahy fa marina izy raha tsara fanahy tamin'ny Jiosy toa azy. Nisy mpianatr'i Jesosy koa angamba nihevitra toy izany. Nety ho tsy tsara fanahy tamin'ny tsy Jiosy anefa izy ireo, satria hoe tsy 'namany' izy ireny.


Ahoana no azon'i Jesosy anitsiana ny hevitr'io lehilahy io, nefa tsy hanafintohina azy sy ny Jiosy hafa? Nilaza izao tantara izao izy: "Nisy lehilahy nidina avy tany Jerosalema ho any Jeriko. Ary azon'ny jiolahy izy io, ka nendahany sady nokapohiny, ary nilaozany teo rehefa saika maty. Ary sendra nidina tamin'iny lalana iny ny mpisorona anankiray, kanefa niampita rehefa nahita azy ary nandalo fotsiny. Ary nidina tamin'iny toerana iny koa ny Levita anankiray ka nahita azy, ary niampita sy nandalo fotsiny koa. Fa nandeha tamin'ilay lalana kosa ny Samaritanina anankiray ka tonga teo aminy, ary nangoraka rehefa nahita azy."—Lioka 10:30-33.

Fantatr'ilay lehilahy niresahan'i Jesosy fa nipetraka tany Jeriko ny mpisorona sy Levita maro nanampy tao amin'ny tempoly. Tsy maintsy nidina tamin'ny lalana 23 kilaometatra teo ho eo izy ireo rehefa avy tany amin'ny tempoly. Nampididoza ilay lalana satria nisy mpandroba niafina. Tsy tokony hanampy ve ny mpisorona sy ny Levita raha tra-doza ny Jiosy iray toa azy? Tsy nanao izany izy ireo tao amin'ilay tantara. Samaritanina iray kosa no nanao izany, nefa halan'ny Jiosy ny Samaritanina.—Jaona 8:48.

Ahoana no nanampiany an'ilay Jiosy naratra? Hoy i Jesosy: "Nanatona izy, ary nofeheziny ny ratrany sady nasiany menaka sy divay. Avy eo, dia nataony teo ambony ampondrany izy, ka nentiny tany amin'ny tranombahiny ary nokarakarainy. Ary namoaka denaria roa izy ny ampitson'iny, ka nomeny an'ilay tompon'ny tranombahiny, dia hoy izy: 'Karakarao izy, fa haloako izay laninao ankoatra an'ireto, rehefa miverina aho.'"—Lioka 10:34, 35.

Nametraka izao fanontaniana mampisaintsaina izao i Jesosy, ilay Mpampianatra Tena Mahay: "Iza amin'izy telo ireo no heverinao fa lasa naman'ilay azon'ny jiolahy?" Tsy nahazo aina angamba ilay lehilahy raha namaly hoe "ilay Samaritanina", ka hoy izy: "Ilay niantra azy." Notsorin'i Jesosy avy eo ny lesona tiany hampitaina. Hoy izy: "Mandehana àry, ka mba manaova toy izany koa."—Lioka 10:36, 37.

Tena nandaitra ny fomba fampianaran'i Jesosy. Nety ho tsy nanaiky mantsy ilay lehilahy sy ny Jiosy hafa teo, raha tonga dia nilaza izy fa naman'izy ireo koa ny tsy Jiosy. Nilaza tantara tsotra sy nisy tsipiriany azon'ny mpihaino izy, ka nazava ny valin'ilay hoe: "Fa iza marina moa no namako?" Izay maneho fitiavana sy tsara fanahy araka ny andidian'ny Soratra Masina no azo lazaina hoe *tena namana.*



◊ Inona no nety ho nahatonga ny lehilahy iray hanontany an'i Jesosy ny fomba hahazoany fiainana mandrakizay?

◊ Iza no noheverin'ny Jiosy fa namany, ary nahoana?

◊ Ahoana no nanazavan'i Jesosy hoe iza no namantsika?

# LESONA MOMBA NY FANDRAISAM-BAHINY SY NY VAVAKA

LIOKA 10:38–11:13

Tamin'ny ilany atsinanan'ny Tendrombohitra Oliva no misy an'i Betania, ary roa kilaometatra teo ho eo avy teo Jerosalema. (Jaona 11:18) Nankany i Jesosy ary nandalo tao an-tranon'i Marta sy Maria rahavaviny. Naman'i Jesosy izy roa vavy sy i Lazarosy anadahiny, ka nandray tsara azy.

Voninahitra lehibe ny mandray ny Mesia. Tena te hikarakara tsara an'i Jesosy i Marta, ka nanomboka nanao sakafo be. Nikenonkenona teo izy, fa i Maria kosa nipetraka teo an-tongotr'i Jesosy sy nihaino azy. Hoy i Marta avy eo: "Tompo ô, tsy mampaninona anao ve ny hamelan'ny rahavaviko ahy hanao raharaha irery toy izao? Koa mba asaivo manampy ahy izy."—Lioka 10:40.

Tsy nanakiana an'i Maria i Jesosy. Notoroany hevitra kosa i Marta satria revo tamin'ny sakafo. Hoy izy: "Marta a! Marta a! Maro ahina sy sahirantsaina amin-javatra maro ianao. Zavatra vitsivitsy ihany anefa no ilaina, eny, iray monja aza. Fa i Maria kosa nifidy ny tsara kokoa, ka tsy halaina aminy izany." (Lioka 10:41, 42) Te hilaza i Jesosy fa tsy ilaina ny mandany fotoana hanaovana sakafo be. Sakafo tsotsotra iray dia ampy.

Tsara sitrapo i Marta satria te handray tsara ny vahininy. Repotra nikarakara sakafo anefa izy, ka tsy nandray ny fampianarana sarobidy avy tamin'ny Zanak'Andriamanitra. Nasongadin'i Jesosy fa nanao safidy tsara i Maria. Hitondra soa maharitra ho azy izany sady andraisantsika lesona.

Nilaza zava-dehibe hafa koa i Jesosy, indray mandeha. Hoy ny mpianatra iray: "Tompo ô, mba ampianaro mivavaka izahay, tahaka ny nampianaran'i Jaona ny mpianany." (Lioka 11:1) Efa nanao izany i Jesosy herintaona sy tapany teo ho eo talohan'izay, tamin'ny Toriteny teo An-tendrombohitra. (Matio 6:9-13) Tsy teo angamba io mpianatra io tamin'izay, ka naverin'i Jesosy ireo hevi-dehibe. Nilaza fanoharana izy avy eo mba hahitana fa ilaina ny fikirizana rehefa mivavaka.

Hoy izy: "Iza aminareo moa no mana-namana, ary hankany aminy amin'ny misasakalina, ka hanao hoe: 'Mba ampisambory mofo telo aho, ry sakaiza, fa misy namako tonga ao amiko avy tany amin'ny nalehany, nefa tsy manana haroso azy aho'? Ary mamaly ilay ao an-trano hoe: 'Aza helingelenina intsony aho, fa efa mihidy ny varavarana. Sady efa eto amiko eto am-pandriana ny zanako kely, ka tsy afa-mitsangana hanome zavatra anao aho.' Lazaiko aminareo fa na tsy hitsangana hanome zavatra azy noho ny fisakaizana aza izy, dia hitsangana ihany ka hanome izay ilainy, noho ny fikirizany sy ny fahasahiany."—Lioka 11:5-8.

Tsy te hilaza i Jesosy hoe tsy vonona hanome izay angatahin'ny olona i Jehovah, toy ilay olona tao amin'ny fanoharana. Tiany haseho kosa hoe raha ny olona malaina hanome aza manome ihany rehefa misisika mangataka ny namany, mainka moa fa ilay Raintsika be fitiavana any an-danitra! Azo antoka fa hamaly ny vavaka vokatry ny fo ataon'ny mpanompony tsy mivadika izy. Hoy i Jesosy avy eo: "Hoy aho aminareo: Mangataha foana dia homena ianareo, mitadiava foana dia hahita ianareo, dondòny foana dia hovohana ianareo. Fa izay rehetra mangataka no mahazo, ary izay rehetra mitady no mahita, ary izay rehetra mandondòna no hovohana."—Lioka 11:9, 10.

Nohamafisin'i Jesosy avy eo ny heviny. Nampitahainy tamin'ny ray olombelona i Jehovah ka hoy izy: "Ray iza eo aminareo moa no angatahan-janany trondro, kanefa hanolotra azy bibilava fa tsy trondro? Na angatahan-janany atody ka hanolotra azy maingoka? Koa raha ianareo, na dia ratsy fanahy aza, mahalala hanome zava-tsoa ho an'ny zanakareo, mainka fa ilay Ray any an-danitra! Hanome ny fanahy masina ho an'izay mangataka aminy tokoa izy!" (Lioka 11:11-13) Manome toky izany fa vonona hihaino antsika sy hanome izay ilaintsika ilay Raintsika.



- Inona no nifantohan'i Marta sy Maria ka tsy nampitovy azy ireo? Inona no ianarantsika avy amin'izany?
- Nahoana i Jesosy no namerina nampianatra momba ny vavaka?
- Inona no fanoharana nolazain'i Jesosy mba hampisehoana fa ilaina ny fikirizana rehefa mivavaka?

# NOLAZAIN'I JESOSY HOE INONA NO MAHASAMBATRA

LIOKA 11:14-36

Vao avy namerina nampianatra momba ny vavaka i Jesosy. Tsy izany ihany anefa no naveriny noresahina nandritra ny fanompoany. Nendrikendrehina izy tany Galilia hoe hery avy amin'ny lehiben'ny demonia no nahavitany fahagagana. Voaendrikendrika tamin'izany indray izy tao Jodia.

Gaga ny vahoaka rehefa namoaka ny demonia tao amin'ny lehilahy iray moana i Jesosy. Niampanga azy indray anefa ny mpanakiana hoe: "Mamoaka demonia amin'ny alalan'i Belzeboba lehiben'ny demonia izy." (Lioka 11:15) Ny hafa kosa te hahita porofo bebe kokoa hoe iza i Jesosy, ka nangataka famantarana avy any an-danitra.

Fantatr'i Jesosy fa te hitsapa azy izy ireo, ka novaliany toy ny namaliany an'ireo nanakiana azy tany Galilia. Nilaza izy fa ho rava ny fanjakana iray raha misaratsaraka ny ao anatiny. Hoy izy: "Raha mizarazara hanohitra ny tenany ihany i Satana, ahoana moa no haharetan'ny fanjakany?" Notsorin'i Jesosy avy eo hoe: 'Raha ny rantsantanan' Andriamanitra no amoahako demonia dia efa eo aminareo tokoa ny fanjakan'Andriamanitra nefa tsy fantatrareo.'—Lioka 11:18-20.


Tokony hahatsiaro an'izay nitranga teo amin'ny Israely fahiny ireo mpihaino rehefa nandre an'ilay hoe "rantsantanan'Andriamanitra." Hoy ny tao andapan'i Farao rehefa nahita an'i Mosesy nanao fahagagana: "Rantsantanan'Andriamanitra ity!" Ny "rantsantanan'Andriamanitra" koa no nanoratra ny Didy Folo tamin'ny takela-bato roa. (Eksodosy 8:19; 31:18) Izy io dia ny fanahy masina na ny hery ampiasain'Andriamanitra. Izy io no nanampy an'i Jesosy hamoaka demonia sy hanasitrana. Efa teo amin'ireo mpanohitra ireo àry ny Fanjakan'Andriamanitra nefa tsy fantany. Teo amin'izy ireo mantsy i Jesosy, ilay voatendry ho Mpanjakan'izy io, ary nanao fahagagana.

Mahafehy an'i Satana i Jesosy matoa nahavita namoaka demonia, toy ny andresen'ny lehilahy iray mahery ny mpiambina iray mirongo fiadiana. Naverin'i Jesosy koa ilay fanoharany momba ny fanahy maloto niala tamin'ny olona iray. Raha tsy fenoin'ilay olona zavatra tsara ny toerana banga, dia hiverina ilay fanahy ary hitondra fanahy fito hafa. Ho ratsy noho ny tamin'ny voalohany àry ny hanjo an'ilay olona. (Matio 12:22, 25-29, 43-45) Toy izany no nanjo ny firenen'Israely.

Hoy ny vehivavy iray nihaino an'i Jesosy: "Sambatra ny kibo izay nitondra anao, sy ny nono izay ninonoanao!" Naniry ho renin'ny mpaminany ny vehivavy jiosy, indrindra fa ny ho renin'ny Mesia. Nety ho nieritreritra àry ilay vehivavy fa tena sambatra i Maria satria renin'io mpampianatra mahay io. Nanitsy azy anefa i Jesosy ka nolazainy izay tena mahasambatra. Hoy izy: "Tsy izany mihitsy, fa izay mihaino ny tenin'Andriamanitra ka mitandrina izany kosa no sambatra!" (Lioka 11:27, 28) Tsy nilaza mihitsy i Jesosy hoe tokony homena voninahitra manokana i Maria. Ny tsy fivadihana amin' Andriamanitra no tena mahasambatra, fa tsy ny rohim-pihavanana na ny zava-bita, na lehilahy ianao na vehivavy.

Nangataka famantarana avy any an-danitra ilay vahoaka, ka niteny mafy azy ireo i Jesosy, toy ny nataony tany Galilia. Nilaza izy fa tsy hisy famantarana homena azy ireo afa-tsy "ilay famantarana ny amin'i Jona." Famantarana ho azy ireo i Jona noho izy telo andro tao an-kibon'ny trondro sy noho izy sahy nitory ka nahatonga ny Ninivita hibebaka. Hoy i Jesosy: "Misy lehibe noho i Jona anefa eto." (Lioka 11:29-32) Tonga hihaino ny fahendren'i Solomona koa ny mpanjakavavin'i Sheba, nefa lehibe noho i Solomona i Jesosy.

Hoy koa i Jesosy: "Rehefa mandrehitra jiro ny olona, dia tsy mametraka azy any anaty lakaly na ao ambany sobika famarana, fa ataony eo amin'ny fitoeran-jiro kosa izany." (Lioka 11:33) Tsy nanana maso tsotra ny olona niresahan'i Jesosy, ka tsy azon'izy ireo ny antony nanaovany ny asany. Nety ho te hilaza àry i Jesosy hoe toy ny nanafina ny ha-



zavan'ny jiro izy rehefa nampianatra azy ireo sy nanao fahagagana teo anatrehany.

Vao avy namoaka demonia tamin'ny lehilahy iray i Jesosy ary lasa afaka niteny izy io. Tokony handrisika ny olona hanome voninahitra an'Andriamanitra sy hitantara ny zavatra ataony izany. Nampitandrina an'ireo mpanakiana àry i Jesosy hoe: "Koa aoka ianao ho mailo, sao dia haizina ilay hazavana ao anatinao. Koa raha mazava ny tenanao manontolo ka tsy misy maizina mihitsy, dia hazava toy ny tarafin'ny jiro ny tenanao manontolo." —Lioka 11:35, 36.

---

◇ Ahoana no nataon'ny olona sasany tao Jodia rehefa nanasitrana lehilahy iray i Jesosy?

◇ Inona ilay "rantsantanan'Andriamanitra", ary nahoana no azo lazaina fa efa teo amin'ireo mpihaino an'i Jesosy ny Fanjakan'Andriamanitra nefa tsy fantany?

◇ Inona no tena mahasambatra?

# NISAKAFO TAO AMIN'NY FARISEO IRAY

LIOKA 11:37-54

Nanaiky hisakafo tao amin'ny Fariseo iray i Jesosy tany Jodia. Toa tsy sakafo hariva ilay izy fa antoandro. (Lioka 11:37, 38) Fanaon'ny Fariseo ny nanasa tanana hatrany amin'ny kiho rehefa hisakafo. Tsy nanao izany anefa i Jesosy. (Matio 15:1, 2) Tsy noraran'ny Lalàn'Andriamanitra io fanao io, nefa tsy nitaky izany koa Andriamanitra.

Gaga ilay Fariseo nahita an'i Jesosy tsy nanaraka an'ilay fombafomba. Tsikaritr'i Jesosy izany ka hoy izy: "Ianareo Fariseo manadio ny ivelan'ny kaopy sy ny vilia, nefa ny ao anatinareo feno fandrobana sy faharatsiana. Ry tsy misaina, tsy izay nanao ny anatiny ihany ve no nanao ny ivelany?"—Lioka 11:39, 40.

Ny fihatsarambelatsihin'izy ireo no olana, fa tsy ilay hoe tsy manasa tanana alohan'ny hisakafo. Zatra nanasa tanana ny Fariseo sy ny olonkafa, nefa tsy nanadio ny fony mba tsy hisy faharatsiana. Hoy àry i Jesosy: "Izay ao am-ponareo no omeo ho fiantrana ny mahantra, dia hadio daholo ny zava-drehetra momba anareo." (Lioka 11:41) Tena marina izany. Ny fo feno fitiavana no tokony handrisika hanome fa tsy ny fisehoana ho marina mba hampitolagaga ny hafa.

Tsy hoe tsy nanome ny Fariseo. Hoy i Jesosy: "Manome ny ampahafolon'ny anana toy ny solila sy ny rota ary ny anana hafa rehetra ianareo, nefa lalovanareo fotsiny ny rariny sy ny fitiavana an'Andriamanitra! Iretsy tsy maintsy nataonareo, nefa tsy tokony hodianareo tsy hita koa ireto." (Lioka 11:42) Nitaky ny hanomezana ny ampahafolon'ny vokatra ny Lalàn'Andriamanitra. (Deoteronomia 14:22) Anisan'izany ny solila sy ny rota, izay zavamaniry mampahatsiro sakafo. Nitandrina tsara mba handoa ny ampahafolon'ireo ny Fariseo. Tsy noraharahainy anefa ny zava-dehibe kokoa tamin'ny Lalàna, dia ny manao ny rariny sy ny manetry tena.—Mika 6:8.

Hoy ihany i Jesosy: "Lozanareo Fariseo, satria tianareo ny toerana eny aloha ao amin'ny synagoga sy ny hoarahabain'ny olona eny an-tsena! Lozanareo, satria toy ny fasana tsy miharihary ianareo, ka hitsahin'ny olona nefa tsy fantany akory!" (Lioka 11:43, 44) Nety ho nahahitsaka an'ireny fasana ireny ny olona ka naloto. Nasongadin'i Jesosy tamin'izany fa tsy miharihary ny fahalotoan'ny Fariseo.—Matio 23:27.

Nitaraina ny lehilahy iray nahay ny Lalàn' Andriamanitra hoe: "Mpampianatra ô, manala baraka anay koa ange izany teninao izany e!" Tokony ho tsapan'izy ireo anefa fa tsy nanampy ny olona izy ireo. Hoy i Jesosy: "Lozanareo mahay Lalàna koa, satria ampitondrainareo entana sarotra entina ny olona, nefa ny tenanareo tsy mikasika izany amin'ny rantsantananareo anankiray akory! Lozanareo, satria manorina ny fasan'ny mpaminany ianareo, nefa ny razanareo no namono azy ireny!"—Lioka 11:45-47.

Noharin'i Jesosy tamin'ny entana ny lovantsofina sy ny fanazavan'ny Fariseo ny fomba hampiharana ny Lalàna. Noteren'izy ireo hanaraka an' izany ny rehetra, ka lasa nitondra enta-mavesatra. Tsy nanamora ny fiainan'ny olona izy ireo. Ny razamben'izy ireo no namono ny mpaminany, nanomboka tamin'i Abela. Nanahaka ny toe-tsaina sy fanaon'ny razambeny izy ireo, nefa niseho ho nanaja ny mpaminany ka nanao fasana ho azy ireo. Tiany hovonoina aza ilay Mpaminanin' Andriamanitra lehibe indrindra. Nilaza i Jesosy fa hataon'Andriamanitra ampamoaka io taranaka io. Nitranga izany 38 taona teo ho eo tatỳ aoriana, tamin'ny taona 70.

Hoy ihany i Jesosy: "Lozanareo mahay Lalàna, satria nalainareo ny fanalahidin'ny fahalala-

na, ary ianareo tsy niditra nefa izay handeha hiditra nosakananareo!" (Lioka 11:52) Ireo lehilahy tokony hampianatra ny hevitry ny Tenin' Andriamanitra ireo indray no nanao izay tsy hahafantaran'ny olona azy io sy hahazoany ny heviny.

Nanao ahoana ny fihetsiky ny Fariseo sy ny mpanora-dalàna? Tezitra izy ireo ka nanohitra mafy an'i Jesosy rehefa niala teo izy. Nototofany fanontaniana izy nefa tsy hoe mba hahalalana zavatra. Te hamandrika azy kosa izy ireo mba hilazany zavatra azo isamborana azy.



◊ Nahoana i Jesosy no nanameloka ny Fariseo sy ny mpanora-dalàna?
◊ Inona ireo entana noterena hoentin'ny olona?
◊ Inona no niandry an'ireo nanohitra an'i Jesosy sy nitady hamono azy?

# NANOME TOROHEVITRA MOMBA NY HARENA I JESOSY

LIOKA 12:1-34

Maro no te hahita sy handre an'i Jesosy tany Jodia. Olona an'arivony no niandry azy tao ivelany, tamin'izy nisakafo tao amin'ilay Fariseo. Efa nisy toy izany tany Galilia. (Marka 1:33; 2:2; 3:9) Tsy nitovy tamin'ny an'ny Fariseo tao amin' ilay fanasana ny toe-tsain'ireo olona ireo.

Nisy heviny manokana ho an'ny mpianatr'i Jesosy ilay zavatra nolazainy voalohany hoe: "Mitandrema amin'ny lalivain'ny Fariseo, izany hoe ny fihatsarambelatsihiny." Efa nampitandrina toy izany izy taloha. Tsapany anefa fa tena nilaina io torohevitra io noho ny zavatra hitany tao amin'ilay fanasana. (Lioka 12:1; Marka 8:15) Niseho ho mpivavaka ny Fariseo mba hanafenana ny faharatsiany. Nila naharihary anefa hoe nampidi-doza izy ireo. Hoy i Jesosy: "Tsy misy zavatra tsara afina izay tsy haharihary, na zavamiafina izay tsy ho fantatra."—Lioka 12:2.

Jodianina angamba ny maro tamin'ireo niangona teo amin'i Jesosy, ary mbola tsy nandre ny fampianarany tany Galilia. Noresahiny indray àry ny hevi-dehibe efa nolazainy. Hoy izy: "Aza matahotra an'izay mamono mahafaty anareo, nefa avy eo tsy mahay manao mihoatra noho izany akory." (Lioka 12:4) Nantitranteriny toy ny efa nataony fa mila matoky ny mpanaradia azy hoe hikarakara azy ireo Andriamanitra. Mila manaiky ny Zanak'olona koa izy ireo ary mino fa afaka manampy azy ireo Andriamanitra.—Matio 10:19, 20, 26-33; 12:31, 32.

Nilaza izay nampanahy azy ny lehilahy iray ka niteny hoe: "Mpampianatra ô, teneno ny rahalahiko mba hizara lova amiko." (Lioka 12:13) Nilaza ny Lalàna fa mahazo anjaran-droa amin'ny lova ny lahimatoa ka tsy tokony hisy adihevitra intsony. (Deoteronomia 21:17) Toa nitady anjara mihoatra noho ny tokony ho azy anefa ilay lehilahy. Hendry i Jesosy ka tsy nomba ny iray tamin'izy mirahalahy. Hoy izy: "Fa iza moa, ralehilahy, no nanendry ahy ho mpitsara na mpizara fananana eo aminareo?"—Lioka 12:14.

Nampitandrina ny rehetra i Jesosy avy eo hoe: "Aoka ianareo ho mailo, ary mitandrema amin'izay rehetra mety ho fitsiriritana, satria na manam-be aza ny olona, dia tsy miankina amin' ny zavatra ananany ny ainy." (Lioka 12:15) Na manankarem-be aza ny olona iray, tsy ho faty ihany ve izy ka hamoy ny zava-drehetra? Nasongadin'i Jesosy izany ka nilaza fanoharana mora tadidina izy. Asehon'izy io fa sarobidy ny laza tsara eo anatrehan'Andriamanitra.

Hoy izy: "Namokatra be ny tanin'ny lehilahy mpanankarena anankiray. Koa hoy izy anakampo: 'Tsy misy toerana intsony hanangonako ny vokatro, ka inona re no hataoko e?' Dia hoy izy: 'Izao no hataoko: Horavako ireo trano fitehirizam-bokatro, ary hanangana hafa lehibe kokoa aho, ka ao no hanangonako ny vokatro rehetra sy ny zava-tsoako rehetra. Dia hilaza amin'ny tenako aho hoe: "Ralehilahy ô, manana zava-tsoa maro voatahiry ho amin'ny taona maro ianao. Mialà sasatra, mihinàna, misotroa, mifalia."' Fa hoy Andriamanitra taminy: 'Ry tsy misaina, anio alina no hisy hanapitra ny ainao, koa ho an'iza ireto zavatra nangoninao?' Izany koa no hanjo ny olona mihary harena ho an'ny tenany, nefa tsy mba manankarena eo imason' Andriamanitra."—Lioka 12:16-21.

Nety ho voafandrika hikatsaka harena ny mpianatr'i Jesosy sy ny olon-kafa. Nety ho lasa revo tamin'ny fanahiana eo amin'ny fiainana koa izy ireo, ka tsy hanompo an'i Jehovah. Naverin'i Jesosy àry ilay torohevitra tsara nolazainy tao amin'ny Toriteny teo An-tendrombohitra, herintaona sy tapany teo ho eo talohan' izay.

Hoy izy: "Aza manahy intsony ny amin'ny ainareo, dia izay hohaninareo, na ny amin'ny vatanareo, dia izay hotafinareo. ... Diniho tsara ange ny goaika e! Tsy mamafy na mijinja ireny, sady tsy manana sompitra na trano fitehirizambokatra, kanefa Andriamanitra mamelona azy. Tsy sarobidy lavitra noho ny vorona ve ianareo? ... Diniho tsara ange ny fanirin'ny lisy e! Tsy misasatra na manao kofehy ireny, nefa lazaiko aminareo fa na i Solomona tamin'ny voninahiny rehetra aza tsy nitafy toy ny iray amin'ireny. ... Koa aza mitady intsony izay hohaninareo na izay hosotroinareo, ary aza be fanahiana intsony. ... Ny Rainareo mahalala fa mila izany ianareo. ... Aza mitsahatra mikatsaka ny fanjakany, dia homena anareo koa izany zavatra izany." —Lioka 12:22-31; Matio 6:25-33.

Iza no hikatsaka ny Fanjakan'Andriamanitra? Nilaza i Jesosy fa hanao izany ny "ondry vitsy", izay olona vitsivitsy tsy mivadika. Nolazaina tatỳ aoriana fa 144 000 monja izy ireo. Inona no antenain'izy ireo? Nanome toky azy ireo i Jesosy hoe: "Sitraky ny Rainareo ny hanome anareo ny fanjakana." Tsy ho variana hikatsaka harena eto an-tany izay mety hisy hangalatra izy ireo. "Harena any an-danitra tsy mety lany" kosa no hiraiketan'ny fony, satria hiara-manjaka amin'i Jesosy any izy ireo.—Lioka 12:32-34.



◊ Ahoana no namalian'i Jesosy ny fangatahan'ny lehilahy iray momba ny lovany?
◊ Nahoana isika no tokony hisaintsaina tsara an'ilay fanoharana nolazain'i Jesosy?
◊ Inona no nolazain'i Jesosy momba an'ireo hiara-manjaka aminy?

# TOKONY HO VONONA FOANA NY MPANOMPO MENDRI-PITOKISANA

LIOKA 12:35-59

Nanazava i Jesosy fa ny “ondry vitsy” ihany no hahazo an’ilay Fanjakana any an-danitra. (Lioka 12:32) Tsy tokony hohamaivanina izany tombontsoa lehibe izany. Nasongadiny fa ilaina ny toe-tsaina tsara raha te ho anisan’ilay Fanjakana.

Tokony ho vonona foana ny mpianatra rehefa hiverina i Jesosy. Hoy izy: “Misikìna ary aoka hirehitra ny jironareo. Aoka koa ianareo ho tahaka ny mpanompo miandry ny fiverenan’ny tompony avy amin’ny fampakaram-bady. Amin’izay, rehefa tonga ny tompony ka mandondòna, dia hanokatra varavarana ho an’ny tompony avy hatrany ireo. Sambatra ireo mpanompo hitan’ny tompony hoe miambina rehefa tonga izy!”—Lioka 12:35-37.

Mora tamin’ny mpianatra ny nahatakatra ny toe-tsaina tian’i Jesosy horesahina. Vonona ireo mpanompo ka niandry ny fiverenan’ny tompony. Hoy i Jesosy: “Raha tonga amin’ny fiambenana faharoa [amin’ny sivy alina eo ho eo ka hatramin’ ny misasakalina] ny tompony, eny fa na amin’ny fiambenana fahatelo [amin’ny misasakalina eo ho eo ka hatramin’ny telo maraina] aza, ka mahita azy miambina, dia sambatra izany mpanompo izany!”—Lioka 12:38.

Tsy fampirisihana ny mpanompo ao an-trano na ny mpiasa mba hazoto hiasa izany. Niresaka momba ny Zanak’olona na ny tenany mantsy i Jesosy tao amin’ilay fanoharana. Hoy izy tamin’ny mpianany: “Aoka koa ianareo ho vonona lalandava, satria amin’ny ora tsy ampoizinareo no ho avy ny Zanak’olona.” (Lioka 12:40) Ho avy amin’ny fotoana tsy fantatra àry izy. Tiany ho vonona ny mpanara-dia azy, indrindra fa ny “ondry vitsy.”

Te hahazo tsara ny hevitr’i Jesosy i Petera ka niteny hoe: “Tompo ô, aminay ihany ve no ilazanao izany fanoharana izany sa amin’ny rehetra koa?” Tsy namaly azy mivantana i Jesosy fa nilaza fanoharana mifandray amin’ilay teo aloha. Hoy izy: “Iza tokoa moa ilay mpanompo mendri-pitokisana sy malina, izay hotendren’ny tompony hikarakara hatrany ny mpanompony hafa rehetra mba hanome sakafo ampy ho azy ireo, amin’ny fotoana mety? Sambatra izany mpanompo izany, raha tonga ny tompony ka mahita azy manao izany! Lazaiko aminareo marina tokoa fa hotendreny hikarakara ny fananany rehetra izy.”—Lioka 12:41-44.

I Jesosy, ilay Zanak’olona, no ‘tompo’ ao amin’ ilay fanoharana voalohany. Mitombina àry raha lehilahy anisan’ny “ondry vitsy” izay homena ny Fanjakana no tondroin’ilay hoe “mpanompo mendri-pitokisana.” (Lioka 12:32) Nilaza i Jesosy fa ny sasany amin’ny ondry vitsy no hanome ‘sakafo ampy amin’ny fotoana mety’ ho an’ny “mpanompony hafa rehetra.” Takatr’i Petera sy ny olon-kafa nampianarin’i Jesosy sy nomeny sakafo ara-panahy àry fa ho tonga ny Zanak’olona amin’ny fotoana iray amin’ny hoavy. Hisy fandaharana amin’izay mba hanomezana sakafo ara-panahy an’ireo mpanara-dia an’i Jesosy, izany hoe “ny mpanompony hafa rehetra.”

Mbola nasongadin’i Jesosy hoe nahoana ny mpianany no tokony hiambina sy hitandrina mba hanana toe-tsaina tsara. Mety hanao tsirambina mantsy ny olona iray, ary hanohitra ny mpiaramanompo aminy. Hoy i Jesosy: “Fa raha manao anakampo kosa ilay mpanompo hoe: ‘Mba ela koa ny tompoko vao tonga!’ ka manomboka mikapoka ny mpanompolahy sy mpanompovavy izy, ary mihinana sy misotro ka mamo, dia ho avy amin’ny andro tsy ampoiziny sy amin’ny ora tsy fantany ny tompony, ka hanasazy azy faran’izay mafy ary handefa azy any amin’ny olona tsy mendri-pitokisana.”—Lioka 12:45, 46.

Nilaza i Jesosy fa “tonga handrehitra afo eto an-tany” izy. Nitranga izany satria niteraka adihevitra be ny fampianarany sady nampiharihary fa

diso ny fampianaran'ny fivavahana sy ny lovantsofina. Nampisaraka ny olona tokony ho niray saina izany, 'ka ny ray nanohitra ny zanany lahy, ny zanakalahy nanohitra ny rainy, ny reny nanohitra ny zanany vavy ary ny zanakavavy nanohitra ny reniny, ny rafozambavy nanohitra ny vinantovaviny ary ny vinantovavy nanohitra ny rafozambaviny.'—Lioka 12:49, 53.

Ny mpianany no tena nilazan'i Jesosy an'ireo. Niresaka tamin'ny vahoaka izy avy eo. Tsy nety nanaiky ny porofon'ny maha Mesia azy ny ankamaroan'izy ireo, ka hoy izy: "Rehefa mahita rahona miakatra eny andrefana ianareo, dia milaza avy hatrany ianareo hoe: 'Hisy oram-baratra.' Ary tonga tokoa izany. Rehefa hitanareo fa mitsoka avy any atsimo ny rivotra, dia hoy ianareo: 'Hisy hafanam-be.' Ary izany tokoa no mitranga. Ry mpihatsaravelatsihy! Hainareo ny mandinika ny toetoetry ny tany sy ny lanitra, koa nahoana no tsy hainareo ny mandinika izao fotoana izao?" (Lioka 12:54-56) Hita fa tena tsy vonona izy ireo!



◊ Iza ilay 'tompo' ary iza ilay "mpanompo mendri-pitokisana"?

◊ Nahoana ireo mpianatra no nahatakatra fa hisy mpanompo mendri-pitokisana amin'ny hoavy, ary inona no hataon'io mpanompo io?

◊ Nahoana no tena ilaina ilay torohevitr'i Jesosy hoe: 'Aoka ianareo ho vonona lalandava'?

# NAHOANA IZY IREO NO HORINGANINA?

LIOKA 13:1-21

Efa betsaka ny nataon'i Jesosy mba hampirisihana ny olona hieritreritra ny fifandraisany amin'Andriamanitra. Nanao izany indray izy rehefa avy niresaka tamin'ny vahoaka teo ivelan' ny tranon'ilay Fariseo.

Nisy tamin'ny vahoaka nitantara ny loza nanjo ny Galilianina sasany. "Nampifangaroin'i" Pontio Pilato governora romanina "tamin'ny sorona nataon'ireo Galilianina ireo mantsy ny ran'izy ireo." (Lioka 13:1) Inona no dikan'izany?

Novonoina angamba ireo Galilianina ireo rehefa nisy Jiosy an'arivony nanohitra ny fampiasan'i Pilato ny volan'ny tempoly. Nanamboarany lakandrano nitondra rano tao Jerosalema mantsy ilay vola. Nety ho ny tompon'andraikitry ny tempoly no nanampy azy hahazo an'io vola io. Nihevitra angamba ireo nitantara an'ilay loza fa nanao ratsy ireo Galilianina ireo matoa novonoina. Tsy neken'i Jesosy izany.

Hoy i Jesosy: "Heverinareo ve fa mpanota kokoa noho ny Galilianina rehetra ireny, satria izany no nanjo azy?" Nilaza izy hoe tsy izany. Nampiasainy hampitandremana ny Jiosy anefa io loza io ka hoy izy: 'Ho ringana toa azy koa ianareo rehetra raha tsy mibebaka.' (Lioka 13:2, 3) Niresaka loza hafa i Jesosy avy eo. Vao haingana angamba izy io ary nety ho nifandray tamin' ny fanorenana an'ilay lakandrano. Hoy izy:

'Ireo olona 18 maty nianjeran'ny tilikambo tao Siloama, heverinareo ve fa mpanota kokoa noho ny mponina rehetra ao Jerosalema ireny?' (Lioka 13:4) Nety ho nihevitra ny vahoaka fa maty izy ireo satria nanao ratsy. Tsy neken'i Jesosy indray izany. Fantany fa 'mety ho azon-tsampona amin'ny fotoana tsy ampoizina' ny olona ary nety ho izany no nanjo azy ireo. (Mpitoriteny 9:11) Tokony handray lesona avy amin'izay nitranga anefa ilay vahoaka. Hoy i Jesosy: 'Ho ringana toa azy koa ianareo rehetra raha tsy mibebaka.' (Lioka 13:5) Nahoana io teny io no naveriny?

Misy ifandraisany amin'ny fotoana efa nanompoany izany. Nanazava izy hoe: "Nisy lehilahy nanana aviavy izay nambolena tao an-tanimboalobony. Dia tonga hitady voa taminy izy, saingy tsy nahita mihitsy. Ary hoy izy tamin'ny mpikarakara tanimboaloboka: 'Efa telo taona aho izao no tonga nitady voa tamin'ity aviavy ity, nefa tsy nahita mihitsy. Koa kapao any io! Nahoana io no avela eo, ka manjary tsy azo ampiasaina ny tany?' Fa namaly ilay mpikarakara tanimboaloboka hoe: 'Tompo ô, avelao eo ihany izy amin'ity taona ity, mandra-pangadiko ny manodidina azy, sy mandra-panisiko zezika azy. Koa raha hamoa izy, dia tsara! Fa raha tsy hamoa kosa izy, dia hokapainao ihany.' "—Lioka 13:6-9.



Efa telo taona mahery i Jesosy no nanao izay hananan'ny Jiosy finoana. Vitsy anefa no lasa mpianany sy azo heverina ho vokatry ny asany. Taona fahefatra nanompoany tamin'izay ary vao mainka izy niasa mafy. Nitory sy nampianatra tany Jodia sy Pere izy, ka toy ny nangady sy nanisy zezika nanodidina an'ilay aviavy na ny Jiosy. Vitsy anefa no niova. Tsy nibebaka ny ankamaroany ka mendrika horinganina.



Niharihary indray fa tsy niraika ny ankamaroan'ny Jiosy, tsy ela taorian'ny Sabata. Nampianatra tao amin'ny synagoga iray i Jesosy. Nisy vehivavy iray nampahorian'ny demonia tao ka nanjoko be nandritra ny 18 taona. Nangoraka azy i Jesosy ka niteny hoe: "Afaka amin'ny fahalemenao ianao, ravehivavy." (Lioka 13:12) Nametrahany tanana izy ka nitraka avy hatrany ary nanome voninahitra an'Andriamanitra.

Nahatezitra an'ilay mpitantana ny synagoga izany ka hoy izy: "Enina andro no natao hiasana, ka amin'ireo andro ireo ianareo no tokony ho tonga hositranina, fa tsy amin'ny andro sabata." (Lioka 13:14) Tsy nolaviny hoe nahavita nanasitrana i Jesosy. Nomelohiny kosa ireo olona tonga hositranina tamin'ny Sabata. Hoy àry i Jesosy: "Ry mpihatsaravelatsihy, tsy samy mamaha ny ombiny na ny ampondrany avy ve ianareo amin'ny sabata, ka mitondra azy hisotro rano? Koa tsy tokony hovahana ho afa-patorana amin'ny andro sabata àry ve ity vehivavy zanak'i Abrahama ity, izay efa nafatotr'i Satana nandritra ny valo ambin'ny folo taona be izao?" (Lioka 13:15, 16) Mitombina tokoa izany!

Menatra ny mpanohitra fa ny vahoaka kosa faly noho ireo zava-mahagaga nataon'i Jesosy. Nilaza fanoharana roa momba an'ilay Fanjakana izy raha mbola tany Jodia. Efa nolazainy tamin'izy tao an-tsambokely teny amin'ny Ranomasin'i Galilia izy ireo ary momba ny hoavy.—Matio 13:31-33; Lioka 13:18-21.



◊ Inona ny loza roa nampiasain'i Jesosy hampitandremana ny olona, ary inona no nampitandremany?

◊ Nahoana no mampiharihary ny nataon'ny firenena jiosy ilay fanoharana momba ny aviavy?

◊ Inona no nolazain'ilay mpitantana ny synagoga fa tsy nety, ary ahoana no nampisehoan'i Jesosy fa mpihatsaravelatsihy ilay lehilahy?

# ILAY MPIANDRY TENA TSARA SY NY VALAN'ONDRY

JAONA 10:1-21

Mbola nampianatra tany Jodia i Jesosy rehefa nilaza fanoharana momba ny ondry sy valan' ondry. Mora azon'ny mpihaino izany. Tsaroan'ny Jiosy angamba ny tenin'i Davida hoe: "I Jehovah no Mpiandry ahy. Tsy ho ory na inona na inona aho. Mampandry ahy eny amin'ny toerana rakotra ahi-maitso izy." (Salamo 23:1, 2) Nampirisika ny firenen'Israely koa i Davida hoe: "Aoka isika handohalika eo anatrehan'i Jehovah Mpanao antsika. Fa izy no Andriamanitsika, ary isika no olona karakarainy eo an-kijanany." (Salamo 95:6, 7) Efa ela àry ny Israelita teo ambanin'ny Lalàna no noharina tamin'ny andian'ondry.

Tao anaty "valan'ondry" ireo "ondry" ireo, satria vao teraka dia teo ambanin'ny fifaneken'ny Lalàn'i Mosesy. Toy ny fefy ny Lalàna satria niaro azy ireo mba tsy hanao ny fanao ratsin'ireo tsy nanana ny Lalàna. Nisy anefa Israelita nampijaly ny andian'ondrin'Andriamanitra. Hoy i Jesosy: "Lazaiko aminareo marina dia marina tokoa fa izay tsy miditra eo amin'ny vavahadin' ny valan'ondry, fa mananika any an-toeran-kafa dia mpangalatra sy mpandroba. Fa izay miditra eo amin'ny vavahady kosa no mpiandry ondry." —Jaona 10:1, 2.

Ireo nisandoka ho Mesia na Kristy angamba no tao an-tsain'ny olona. Toy ny mpangalatra sy mpandroba izy ireny. Tsy tokony hanaraka an' ireny ny olona fa hanaraka an'ilay "mpiandry ondry" nolazain'i Jesosy hoe:

"Izy no vohan'ny mpiandry vavahady, ary mihaino ny feony ny ondry. Dia antsoiny amin'ny anarany avy ny ondriny, ka tarihiny hivoaka. Koa rehefa tafavoakany daholo ny ondriny rehetra, dia mandeha eo alohan'ireo izy, ary ny ondry manaraka azy satria fantatr'ireo ny feony. Tsy hanaraka olona tsy fantany mihitsy ireo, fa handositra azy kosa satria tsy fantany ny feony."—Jaona 10:3-5.

Toy ny mpiandry vavahady i Jaona Mpanao Batisa. Efa nilaza izy fa i Jesosy no tokony harahin'ny "ondry" eo ambanin'ny Lalàna. Nahafantatra ny feon'i Jesosy tokoa ny "ondry" sasany tany Galilia sy Jodia. 'Hotarihiny hivoaka' ho aiza izy ireo? Inona no vokany raha manaraka azy izy ireo? Nety ho nieritreritra an'ireo ny olona sasany nihaino an'io fanoharana io satria 'tsy azony izay nolazain'i Jesosy taminy.'—Jaona 10:6.

Nanazava i Jesosy hoe: "Lazaiko aminareo marina dia marina tokoa fa izaho no vavahadin' ondry. Mpangalatra sy mpandroba izay rehetra naka ny toerako, nefa tsy nihaino azy ny ondry. Izaho no vavahady. Izay miditra eo amiko dia ho voavonjy, ary hiditra sy hivoaka izy ary hahita tanimbilona."—Jaona 10:7-9.

Hita hoe zava-baovao ilay noresahin'i Jesosy. Efa nisy hatramin'ny taonjato maro ny fifaneken'ny Lalàna, ary fantatry ny mpihaino fa tsy vavahady nitarika ho amin'izy io i Jesosy. Tsy maintsy ho valan'ondry hafa àry no hidiran'ny ondry tarihin'i Jesosy. Inona no soa horaisin'izy ireo amin'izany?

Hoy ihany i Jesosy momba ny andraikiny: "Izaho kosa tonga mba hananany fiainana, eny, hananany fiainana maharitra. Izaho no mpiandry tena tsara. Ny mpiandry tena tsara mahafoy ny ainy ho an'ny ondry." (Jaona 10:10, 11) Efa nampahery ny mpianany i Jesosy hoe: "Aza matahotra, ry ondry vitsy, fa sitraky ny Rainareo ny hanome anareo ny fanjakana." (Lioka 12: 32) Hotarihin'i Jesosy ao amin'ilay vala vaovao ny "ondry vitsy", mba "hananany fiainana, eny, hananany fiainana maharitra." Tombontsoa tokoa ny anisan'izy io!



Hoy ihany i Jesosy: "Manana ondry hafa tsy ao amin'ity vala ity aho. Ireny koa tsy maintsy hoentiko, ary hihaino ny feoko izy, ka ho tonga andiany iray ireo sady ho iray ihany ny mpiandry." (Jaona 10:16) Tsy ao amin'io vala io ny "ondry hafa", ka tsy maintsy ho ao amin'ny vala hafa noho ilay misy ny "ondry vitsy" handova ny Fanjakana. Tsy mitovy ny hoavin'ny ondry ao amin'ireo vala roa ireo, nefa samy handray soa amin'izay hataon'i Jesosy izy ireo. Hoy i Jesosy: "Izao no itiavan'ny Ray ahy: Satria afoiko ny aiko mba hahazoako azy indray."—Jaona 10:17.

Maro no niteny hoe: "Misy demonia izy, sady adala." Nisy anefa nihaino tsara sy vonona hanaraka an'ilay Mpiandry Tena Tsara. Hoy izy ireo: "Tsy tenin'olona misy demonia izany. Ny demonia angaha afaka mampahiratra ny mason'ny jamba?" (Jaona 10:20, 21) Azo inoana fa ny nanasitranan'i Jesosy an'ilay lehilahy teraka jamba no tian'izy ireo holazaina.

◇ Inona no takatry ny Jiosy rehefa niresaka momba ny ondry sy ny valan'ondry i Jesosy?
◇ Iza no nolazain'i Jesosy fa Mpiandry Tena Tsara ary tarihiny ho aiza ny ondriny?
◇ Inona avy ireo valan'ondry roa itarihan'i Jesosy ny ondriny?

# INONA NO DIKAN'NY HOE IRAY IHANY I JESOSY SY NY RAY?

JAONA 10:22-42

Namonjy ny Fetin'ny Fitokanana (na Hanoukka) tao Jerosalema i Jesosy. Fahatsiarovana ny nitokanana indray ny tempoly izy io. Nanao alitara teo ambonin'ilay alitara lehibe tao amin'ny tempolin' Andriamanitra mantsy i Antiokosa Faha-4 Epifana, mpanjaka syrianina, zato taona mahery talohan' izay. Azon'ny zanakalahin'ny mpisorona jiosy iray anefa i Jerosalema, ary notokanany ho an'i Jehovah indray ny tempoly. Lasa nisy fety àry isaky ny 25 Kisleo. Nanomboka tamin'ny faramparan'ny Novambra ka hatramin'ny voalohandohan'ny Desambra ny volana Kisleo.

Ririnina tamin'izay ka nangatsiaka. Nandeha teo amin'ny lala-mitafon'i Solomona tao amin'ny tempoly i Jesosy. Nitangoronan'ny Jiosy izy ary nanontaniany hoe: "Mandra-pahoviana ianao no hampisalasala anay? Tsory aminay raha ianao no Kristy." (Jaona 10:22-24) Hoy i Jesosy: "Efa nolazaiko taminareo, saingy tsy mino ianareo." Tsy nilaza *mivantana* tamin'ireo izy hoe izy no Kristy, toy ny tamin'ilay vehivavy samaritanina teo am-pantsakana. (Jaona 4:25, 26) Efa nampahafantariny anefa ny momba azy, tamin'izy niteny hoe: "Mbola tsy ary akory i Abrahama, dia efa nisy aho."—Jaona 8:58.

Tian'i Jesosy hampitaha ny asa ataony amin' izay voalaza fa hataon'i Kristy ny olona ka hiaiky fa izy no Kristy. Izany no nahatonga azy handrara ny mpianany indraindray mba tsy hilazalaza hoe izy no Mesia. Notsoriny tamin'ireo Jiosy ratsy fanahy ireo anefa izao hoe: "Ny asa izay ataoko amin' ny anaran'ny Raiko no porofo manamarina ahy. Tsy mino anefa ianareo."—Jaona 10:25, 26.

Nahoana izy ireo no tsy nino fa i Jesosy no Kristy? Hoy i Jesosy: 'Tsy mino ianareo, satria tsy anisan'ny ondriko. Ny ondriko mantsy mihaino ny feoko, ary izaho mahalala azy, ary izy manaraka ahy. Dia omeko fiainana mandrakizay izy, ary tsy ho ringana mihitsy sady tsy hisy handrombaka azy etỳ an-tanako. Izay nomen'ny Raiko ahy dia sarobidy noho ny zavatra hafa rehetra.' Nasehony fa mifandray akaiky izy sy ny Rainy. Hoy izy: "Izaho sy ny Ray dia iray ihany." (Jaona 10:26-30) Tsy iray arabakiteny i Jesosy sy ny Rainy, satria izy teto antany fa ny Rainy any an-danitra. Midika kosa izany fa miray saina izy ireo, ary iray ny fikasany.

Nahatezitra ny Jiosy ny tenin'i Jesosy, ka naka vato hitorahana azy indray izy ireo. Tsy natahotra anefa i Jesosy. Hoy izy: "Asa tsara maro avy tamin' ny Ray no nasehoko taminareo, koa iza amin'ireo no itorahanareo vato ahy?" Hoy ireo: 'Tsy noho ny asa tsara no itorahanay vato anao, fa noho ny teny fanevatevana, satria ianao manao ny tenanao ho andriamanitra.' (Jaona 10:31-33) Tsy nihambo ho andriamanitra mihitsy i Jesosy, koa nahoana izy ireo no nilaza izany?

Nisy zavatra nolazain'i Jesosy fa vitany, nefa noheverin'ny Jiosy fa Andriamanitra irery no mahavita izany. Nilaza, ohatra, i Jesosy fa 'omeny fiainana mandrakizay' ny 'ondry.' (Jaona 10:28) Tsy misy olona mahavita izany anefa. Efa nilaza an-karihary i Jesosy fa nahazo fahefana avy tamin'ny Ray, nefa tsy noraharahain'ny Jiosy izany.

Te hanaporofo i Jesosy fa diso izy ireo ka hoy izy: "Tsy voasoratra ao amin'ny Lalànareo [ao amin'ny Salamo 82:6] ve hoe: 'Hoy aho: "andriamanitra ianareo"'? Koa raha antsoiny hoe 'andriamanitra' ireo nomelohin'ny tenin'Andriamanitra, ... nahoana aho, izay nohamasinin'ny Ray sy nirahiny ho amin'izao tontolo izao, no lazainareo hoe manevateva an'Andriamanitra satria aho nilaza hoe: Zanak'Andriamanitra aho?"—Jaona 10:34-36.

Ny mpitsara olombelona manao ny tsy rariny aza antsoin'ny Soratra Masina hoe "andriamanitra." Nahoana àry ny Jiosy no nanakiana an'i Jesosy noho izy nilaza fa "Zanak'Andriamanitra"? Tokony haharesy lahatra azy ireo izao teniny izao: "Aza mino ahy raha tsy manao ny asan'ny Raiko aho. Fa raha manao izany kosa aho, na tsy mino ahy aza ianareo, dia minoa kosa noho ny asa ataoko,



mba hahafantaranareo ary mbola hahafantaranareo hatrany fa ny Ray dia tafaray amiko, ary izaho tafaray amin’ny Ray.”—Jaona 10:37, 38.

Nitady hisambotra an’i Jesosy àry ny Jiosy, saingy afa-nandositra indray izy. Niala tao Jerosalema izy ary nankany ampitan’ny Reniranon’i Jordana. Tany i Jaona no nanomboka nanao batisa, efa ho efa-taona talohan’izay. Toa tsy lavitra ny farany atsimo amin’ny Ranomasin’i Galilia izy io.

Nisy vahoaka tonga teo amin’i Jesosy ary niteny hoe: “Tsy mba nanao famantarana i Jaona na iray aza. Marina daholo anefa izay rehetra nolazainy momba ity lehilahy ity.” (Jaona 10:41) Maro àry ny Jiosy lasa nino an’i Jesosy.

---

◊ Nahoana i Jesosy no nisarika ny sain’ny olona tamin’ny asa nataony?

◊ Inona no dikan’ny hoe iray ihany i Jesosy sy ny Rainy?

◊ Nahoana ilay andininy ao amin’ny Salamo nampiasain’i Jesosy no manaporofo fa diso ny fiampangan’ny Jiosy azy hoe nanao ny tenany ho andriamanitra na mitovy amin’Andriamanitra izy?





FIZARANA

5

# NY FANOMPOAN'I JESOSY TANY ATSINANAN'I JORDANA

"MARO NO NINO AN'I JESOSY."
—JAONA 10:42

# NY FANOMPOAN'I JESOSY TANY PERE

LIOKA 13:22–14:6


Nampianatra sy nanasitrana tao Jodia sy Jerosalema i Jesosy. Niampita ny Reniranon'i Jordana izy avy eo ary nampianatra isan-tanàna tao amin' ny faritr'i Pere. Niverina tany Jerosalema anefa izy tsy ela taorian'izay.

Nisy lehilahy nanontany an'i Jesosy tany Pere hoe: "Tompo ô, vitsy ve ny hovonjena?" Fantany angamba fa niady hevitra ny mpitondra fivavahana hoe maro sa vitsy no ho voavonjy. Novan'i Jesosy anefa ny resaka. Tsy ny isan'ny hovonjena no noresahiny, fa izay tokony hatao mba ho voavonjy. Hoy izy: "Miezaha mafy dia mafy hiditra amin'ny varavarana tery." Nahoana izany no ilaina? Hoy izy: "Maro, hoy aho aminareo, no hitady hiditra nefa tsy ho afaka."—Lioka 13:23, 24.

Nilaza izao fanoharana izao i Jesosy mba hanazavana fa ilaina ny miezaka mafy: 'Raha vao mitsangana hanidy varavarana ny tompon-trano, nefa amin'izay ianareo no manomboka mijoro ao ivelany sy mandondòna ao am-baravarana, ka manao hoe: "Mba vohay re izahay, tompoko ô!", dia hilaza aminareo izy hoe: "Tsy fantatro na avy aiza ianareo, na avy aiza. Mialà amiko, ianareo mpanao ny tsy marina!"'—Lioka 13:25-27.

Mampiseho ny manjo ny olona tara ilay fanoharana. Toa tamin'ny fotoana nety taminy izy vao tonga, ka efa nihidy ny varavarana. Tokony ho tonga taloha kokoa izy, na dia tsy nety taminy aza izany. Maro koa ny olona toy izany. Tokony ho afaka nandray soa izy ireo tamin'i Jesosy mbola teo sy nampianatra azy ireo. Azony natao loha laharana ny fivavahana marina, nefa tsy izany no nataony. Tsy nanaiky ny fandaharan'Andriamanitra mba hamonjena azy ny ankamaroan'ny olona nasaina nampian'i Jesosy. Nilaza i Jesosy fa horoahina any ivelany izy ireo ary "hitomany sy hitoloko." "Handry ilika hisakafo ao amin'ny fanjakan'Andriamanitra" anefa ny olona "avy any atsinanana sy andrefana ary avaratra sy atsimo", izany hoe avy amin'ny firenena rehetra.—Lioka 13:28, 29.

Hoy i Jesosy: "Misy ny farany [toy ireo tsy Jiosy sy ireo Jiosy natao tsinontsinona] ho voalohany, ary misy ny voalohany [ireo mpitondra fivavahana nirehareha hoe taranak'i Abrahama] ho farany." (Lioka 13:30) Ireo tsy nahay nankasitraka ireo no ho "farany", izany hoe tsy handova ny Fanjakan'Andriamanitra.



Nisy Fariseo nanatona an'i Jesosy ary niteny hoe: "Mandehana ka mialà eto, fa mitady hamono anao i Heroda [Antipasy]." I Heroda Mpanjaka ihany angamba no nanely an'io tsaho io mba hialan'i Jesosy tao amin'ilay faritra. Efa nampamono an'i Jaona Mpanao Batisa izy, ka angamba natahotra ny ho voarohirohy amin'ny fahafatesan'ny mpaminany hafa indray. Hoy anefa i Jesosy: "Mandehana ka lazao amin'iny amboadia fetsy iny hoe: 'Jereo fa mandroaka demonia sy

manasitrana aho anio sy rahampitso, fa rahafakampitso dia ho vita ny asako.' " (Lioka 13:31, 32) Tena fetsy ny amboadia ka izay angamba no niantsoan'i Jesosy an'i Heroda hoe "amboadia." Tsy hahavita hanery azy an-kolaka hanao zavatra anefa i Heroda sy ny olon-kafa, sady tsy hahavita handodona azy. Hamita ny asa nampanaovin' ny Rainy azy izy, araka izay fotoana tian'Andriamanitra fa tsy araka izay tian'ny olona.

Nanohy ny diany nankany Jerosalema i Jesosy, satria hoy izy: "Ny mpaminany tsy azo vonoina any ivelan'i Jerosalema." (Lioka 13:33) Nahoana izy no nilaza fa ho faty ao Jerosalema, nefa tsy misy faminaniana milaza hoe tsy maintsy ho faty ao ny Mesia? Satria i Jerosalema no renivohitra nisy ny Fitsarana Avo Jiosy izay nisy mpikambana 71, ary tao no notsaraina izay voampanga ho mpaminany sandoka. Tao koa no nanolorana ny fanatitra biby. Takatr'i Jesosy àry fa tsy hety raha any an-kafa izy no hovonoina.

Nitaraina i Jesosy hoe: "Ry Jerosalema, ry Jerosalema, izay mpamono ny mpaminany sy mpitora-bato an'izay irahina ho any aminy! Impiry aho no te hanangona ny zanakao, tahaka ny fanangon'ny reniakoho ny zanany ao ambany elany! Tsy nety anefa ianareo. Hilaozana ny tranonareo ka havela ho anareo." (Lioka 13:34, 35) Nanda ny Zanak'Andriamanitra ilay firenena ka hijinja ny vokany.

Nasain'ny lehiben'ny Fariseo hisakafo i Jesosy, talohan'ny nahatongavany tao Jerosalema. Sabata tamin'izay. Nijery an'i Jesosy tsara ireo nasaina, satria te hahafantatra an'izay hataony. Nisy lehilahy iray voan'ny manirano mantsy teo. Feno rano ny olona voan'io aretina io, ary ao amin'ny ranjo sy ny tongotra izany matetika. Nanontany an'ireo Fariseo sy ireo nahay Lalàna i Jesosy hoe: "Azo atao sa tsia, ny manasitrana amin' ny andro sabata?"—Lioka 14:3.



Tsy nisy namaly izy ireo. Nositranin'i Jesosy ilay lehilahy ary hoy izy: "Iza aminareo, raha manana zanaka na omby latsaka ao an-davadrano, no tsy hisintona azy hivoaka avy hatrany, na dia sabata aza ny andro?" (Lioka 14:5) Nitombina tsara izany ka tsy nahita havaly indray izy ireo.

◇ Inona no nolazain'i Jesosy fa tokony hatao mba ho voavonjy, ary nahoana no maro no voahidy any ivelany?
◇ Iza ireo "farany" ho "voalohany", ary iza ireo "voalohany" ho "farany"?
◇ Inona no nety ho natahoran'i Heroda Mpanjaka?
◇ Nahoana i Jesosy no nilaza fa ho faty ao Jerosalema izy?

## FANASANA HISAKAFO

LIOKA 14:7-24

Mbola tao amin'ilay Fariseo i Jesosy rehefa avy nanasitrana an'ilay lehilahy voan'ny manirano. Hitany fa nifidy ny toerana mihaja ny olona sasany nasaina, ka nohararaotiny izany mba hampianarana momba ny fanetren-tena.

Hoy izy: "Rehefa misy manasa anao ho amin' ny fanasambe amin'ny fampakaram-bady, dia aza maka ny toerana mihaja indrindra. Mety ho nanasa olo-manan-kaja noho ianao mantsy izy. Ary ho avy eo aminao ilay nanasa anao sy io olona io, ka hanao hoe: 'Omeo an'ity olona ity ny toerana.' Dia ho menatra ianao hankeo amin' ny toerana ambany indrindra."—Lioka 14:8, 9.

Hoy i Jesosy avy eo: "Rehefa misy manasa anao kosa, dia mandehana mandry ilika eo amin'ny toerana ambany indrindra. Ary ho avy ilay nanasa anao, ka hilaza aminao hoe: 'Mandrosoa etsy amin'ny toerana ambony kokoa, ry sakaiza!' Dia hahazo voninahitra eo imason'ireo rehetra niara-nasaina taminao ianao." Tsy resaka fahalalam-pomba fotsiny no tiany horesahina. Nanazava izy hoe: "Fa izay manandra-tena no haetry, ary izay manetry tena no hasandratra." (Lioka 14:10, 11) Nampirisika ny mpihaino azy hanetry tena izy.

Nohazavain'i Jesosy tamin'ilay Fariseo nanasa azy avy eo hoe ahoana no tena hahazoana sitraka amin'Andriamanitra rehefa manasa olona. Hoy izy: "Rehefa manasa olona hisakafo antoandro na hisakafo hariva ianao, dia aza ny namanao na ny rahalahinao na ny havanao na ny mpiara-monina manankarena no asainao. Mety hanasa anao koa mantsy ireo indray andro any, ka ho voavaly izay nataonao. Fa ny mahantra sy ny kilemaina sy ny malemy tongotra ary ny jamba kosa no asao, rehefa manasa olona hisakafo ianao. Amin'izay dia ho sambatra ianao, satria tsy manan-kavaly anao ireo."—Lioka 14:12-14.

Ara-dalàna ny manasa namana na havana na mpiara-monina hisakafo. Tsy nilaza i Jesosy hoe ratsy izany. Nasongadiny kosa fa hahazo fitahiana tondraka izay manasa ny sahirana, toy ny mahantra na kilemaina na jamba. Hoy izy tamin' ilay Fariseo: 'Hovaliana ianao amin'ny fitsanganan'ny marina.' Niombon-kevitra tamin'i Jesosy ny olona iray nasaina ka niteny hoe: "Sambatra izay hisakafo ao amin'ny fanjakan'Andriamanitra." (Lioka 14:15) Hitany fa tombontsoa tokoa izany. Tsy ny rehetra anefa no nankasitraka an' izany, araka ity fanoharan'i Jesosy ity:

"Nisy lehilahy nanao fanasambe tamin'ny sakafo hariva, ka nanasa olona maro. Ary naniraka ny mpanompony izy ... mba hilaza tamin'ny nasaina hoe: 'Tongava fa efa vonona ny sakafo.' Samy nanao fialana anefa izy rehetra. Hoy ny voalohany: 'Nividy saha aho, ka tokony handeha hijery azy. Mba ialao tsiny any re aho e!' Hoy ny iray: 'Nividy omby folo aho ka handeha handinika azy ireo. Mba ialao tsiny any re aho e!' Hoy koa ny anankiray hafa: 'Vao avy nampakabady aho, ka tsy afaka ny ho tonga.' "—Lioka 14: 16-20.

Tsy nitombina ireo fialan-tsiny ireo. Matetika no alohan'ny hividy saha na biby ny olona no mandinika azy io, ka tsy ilaina maika ny mijery an'izany rehefa voavidy. Tsy vao niomana hampaka-bady koa ilay lehilahy fahatelo fa efa avy nampaka-bady, ka tokony ho afaka hanatrika fanasana lehibe. Tezitra àry ilay tompo, ka hoy izy tamin'ilay mpanompony:

"Mandehana haingana eny an-dalambe sy eny amin'ny lalankely eto an-tanàna, ka ento atỳ ny mahantra sy ny kilemaina sy ny jamba ary ny malemy tongotra." Mbola nisy toerana rehefa natao izany, ka hoy ihany ilay tompo: "Mandehana mankeny amin'ny lalana sy ny toerana mi-

fefy ka tereo ho tonga ny olona mba ho feno ny tranoko. Fa lazaiko aminareo fa tsy hisy amin' ireo nasaina ireo hanandrana ny sakafo hariva nomaniko."—Lioka 14:21-24.

Asehon'io fanoharana io fa naniraka an'i Jesosy Kristy i Jehovah Andriamanitra mba hiantso an'ireo ho anisan'ilay Fanjakana any andanitra. Nasaina voalohany ny Jiosy, indrindra fa ny mpitondra fivavahana. Nanda ny ankamaroany nandritra ny fanompoan'i Jesosy. Tsy izy ireo ihany anefa no nasaina. Nasehon'i Jesosy fa nisy fanasana faharoa tatỳ aoriana. Ireo Jiosy noheverina ho ambany sy ireo niova ho amin' ny Fivavahana Jiosy no nasaina. Mbola nisy fanasana fahatelo farany, ka ireo noheverin'ny Jiosy ho tsy mendrika teo anatrehan'Andriamanitra no nasaina.—Asan'ny Apostoly 10:28-48.

Hita amin'ny tenin'i Jesosy fa tena marina ny tenin'ilay olona nasaina hoe: "Sambatra izay hisakafo ao amin'ny fanjakan'Andriamanitra."



◇ Ahoana no nanomezan'i Jesosy lesona momba ny fanetren-tena?
◇ Ahoana no tena hahazoana sitraka amin'Andriamanitra rehefa manasa olona? Nahoana ny fanaovana an'izany no mahasambatra?
◇ Inona no tian'i Jesosy hasongadina tamin'ilay fanoharana momba ny sakafo hariva?

# ANDRAIKITRA LEHIBE NY MANARA-DIA AN'I JESOSY

LIOKA 14:25-35

Nampita lesona lehibe i Jesosy, tamin'izy nisakafo tao an-tranon'ny lehiben'ny Fariseo. Nanohy ny diany nankany Jerosalema izy avy eo, ary nisy vahoaka be nanaraka azy. Nahoana? Tena te ho mpanara-dia azy ve izy ireo, na inona na inona nety ho notakina taminy?

Nety ho nanafintohina ny sasany taminy ny tenin'i Jesosy teny an-dalana hoe: "Raha misy manatona ahy nefa tsy mankahala ny rainy sy ny reniny sy ny vadiny sy ny zanany sy ny rahalahiny ary ny anabaviny, eny fa na dia ny ainy mihitsy aza, dia tsy afaka ny ho mpianatro izy." (Lioka 14:26) Inona no dikan'izany?

Tsy te hilaza i Jesosy hoe tsy maintsy mankahala ara-bakiteny ny havany ny mpanara-dia azy. Midika kosa ilay hoe mankahala fa tokony ho latsaka kokoa noho ny fitiavana an'i Jesosy ny fitiavana azy ireo. Tsy tokony hanahaka an' ilay lehilahy tao amin'ny fanoharana momba ny sakafo hariva izy ireo. Tsy nanaiky fanasana lehibe iray izy io satria vao nampaka-bady. (Lioka 14:20) Voalaza fa 'nankahala' an'i Lea i Jakoba razamben'ny Jiosy ary tia an'i Rahely. (Genesisy 29:31) Midika izany fa latsaka kokoa noho ny fitiavany an'i Rahely ny fitiavany an'i Lea rahavaviny.

Mariho fa nilaza i Jesosy hoe tokony hankahalain'ny mpianany 'na dia ny ainy aza.' Midika izany fa tokony ho tia an'i Jesosy mihoatra noho ny itiavany ny ainy ny tena mpianany, ka ho vonona hamoy ny ainy mihitsy raha ilaina. Andraikitra lehibe àry ny hoe mpianatr'i Kristy. Ilaina ny mandinika tsara vao mifidy ny hanao izany.

Mety hiatrika olana sy henjehina ny mpianatr' i Jesosy. Hoy mantsy izy: "Izay tsy mitondra ny hazo fijaliany ka tsy manaraka ahy dia tsy afaka ny ho mpianatro." (Lioka 14:27) Tokony ho vonona ny halam-baraka toa an'i Jesosy àry ny tena mpianany. Nilaza mihitsy aza izy fa hamono azy ho faty ny fahavalony.

Nila nieritreritra tsara ny dikan'ny hoe mpianatr'i Kristy àry ilay vahoaka niara-dia taminy. Nilaza izao fanoharana izao izy mba hanasongadinana an'izany: "Iza aminareo, ohatra, no te hanorina tilikambo nefa tsy mipetraka aloha manao kajy ny amin'izay ho lany, mba hahitana raha manana ny ampy hamitana azy izy, na tsia? Raha tsy manao izany izy, dia mety hametraka



ny fototra nefa tsy ho afaka hamita an'ilay tilikambo." (Lioka 14:28, 29) Raha te ho lasa mpanara-dia an'i Jesosy àry ilay vahoaka, dia tokony ho efa tena tapa-kevitra ny hanatanteraka tsara an'ilay andraikitra. Te hanasongadina izany izy ka nilaza fanoharana iray:

"Mpanjaka iza no handeha hiady amin'ny mpanjaka hafa, ka tsy mipetraka aloha maka hevitra, raha ho vitany na tsia, ny hifanandrina amin'ilay manana miaramila roa alina nefa ny azy iray alina monja? Raha tsy ho afaka hifana-

ndrina aminy izy, dia haniraka ambasadaoro hanao raharaham-pihavanana, dieny mbola lavitra ilay anankiray." Hoy i Jesosy nanamafy izany: "Koa tsy afaka ny ho mpianatro tokoa izay tsy mahafoy ny fananany rehetra."—Lioka 14:31-33.

Mazava ho azy fa tsy ilay vahoaka niara-dia taminy ihany no tiany hilazana an'izany. Tsy maintsy vonona hankatò an'ireo teniny ireo izay rehetra te hanara-dia azy. Midika izany fa izay te ho mpianatr'i Kristy, dia tokony ho vonona hamoy ny zava-drehetra. Mety ho ny fananany izany na ny ainy mihitsy. Ilaina ny misaintsaina sy mivavaka momba izany.

Nilaza i Jesosy avy eo fa ny mpianany no "siran'ny tany." (Matio 5:13) Efa niresaka an'izany izy tamin'ilay Toriteny teo An-tendrombohitra. Miaro ny sakafo tsy ho simba ny sira. Nety ho te hilaza àry i Jesosy fa miaro ny olona ny mpianany, satria manampy azy ireo hifandray tsara amin'Andriamanitra sy tsy ho ratsy fitondrantena. Efa nadiva hifarana ny fanompoan'i Jesosy, ka hoy izy: "Tsara tokoa ny sira, kanefa raha ny sira indray no lasa matsatso, inona no hatao aminy mba hiverenan'ny tsirony?" (Lioka 14:34) Fantatry ny mpihaino azy fa naloto ny sira sasany tamin'izany, satria nifangaro zavatra misy tany ka zara raha azo nampiasaina.

Tian'i Jesosy haseho àry fa tsy tokony hamela ny zotom-pony hihena na dia ireo mpianany efa ela aza. Tsy ho azo ampiasaina toy ny sira



lasa matsatso izy ireo raha mitranga izany. Mety hesoin'ity tontolo ity izy ireo amin'izay. Mbola ratsy noho izany aza, fa tsy ho mendrika eo anatrehan'Andriamanitra izy ireo, ka hanala baraka ny anarany. Nantitranterin'i Jesosy fa ilaina ny manalavitra an'izany, ka hoy izy: "Izay manantsofina hoenti-mihaino, aoka izy hihaino."—Lioka 14:35.

---

◇ Inona no dikan'ilay tenin'i Jesosy hoe tsy maintsy "mankahala" ny havany sy ny "ainy" ny mpianany?

◇ Inona no lesona tian'i Jesosy hampitaina tamin'ilay fanoharana momba ny fanorenana tilikambo sy ilay momba ny mpanjaka sy ny tafiny?

◇ Inona no tian'i Jesosy holazaina rehefa niresaka momba ny sira izy?

# FIFALIANA NOHO ILAY MPANOTA NIBEBAKA

LIOKA 15:1-10

Imbetsaka i Jesosy no nanamafy fa ilaina ny manetry tena. (Lioka 14:8-11) Tena te hahita lehilahy sy vehivavy manetry tena sy maniry hanompo an'Andriamanitra izy. Nety ho mbola nalaza ho mpanota anefa ny sasany taminy.

Hitan'ny Fariseo sy ny mpanora-dalàna fa nahaliana an'ireny olona ireny i Jesosy sy ny hafatra nentiny. Nihevitra azy ireny ho tsinontsinona anefa izy ireo ka nimenomenona hoe: "Ilehio mandray tsara ny mpanota sady miara-mihinana aminy." (Lioka 15:2) Nihevi-tena ho ambony ny Fariseo sy ny mpanora-dalàna ary nataony toy ny vovoka hitsahin'ny tongony ny sarambabem-bahoaka. Tena halany izy ireny ka nantsoiny tamin' ny teny hebreo hoe *'am ha'arets* na "olon'ny tany."



I Jesosy kosa nanaja sy nangoraka ny olona rehetra ary tsara fanahy taminy. Maro tamin' ireo olona ambany saranga àry no tena te hihaino azy, anisan'izany ireo nalaza ho mpanota. Nisy nanakiana azy anefa noho izy nanampy an'ireny olona ireny. Inona àry no tsapany sy nataony?

Mamaly izany ny fanoharana iray mampihetsi-po nolazain'i Jesosy. Toy ilay efa nolazainy tany Kapernaomy izy io. (Matio 18:12-14) Nataony toy ny hoe olo-marina sy voaro tao anaty valan'Andriamanitra ny Fariseo. Nohariny tamin'ny ondry very kosa ny olona ambany.

Hoy izy: 'Iza aminareo moa, raha manana ondry 100 ka very ny anankiray, no tsy hamela ny 99 any an-tany efitra, ka handeha hitady ilay very mandra-pahitany azy? Ary hataony eo antsorony ilay izy rehefa hitany, sady hiravoravo izy. Dia hovoriny ny namany sy ny mpiara-monina aminy rehefa tonga any an-tranony izy, ka hilazany hoe: "Miaraha mifaly amiko, fa efa hitako ilay ondriko very."'—Lioka 15:4-6.

Ahoana no nanazavan'i Jesosy an'izany? Hoy izy: 'Lazaiko aminareo fa hisy fifaliana mihoatra noho izany any an-danitra ny amin'ny mpanota anankiray mibebaka noho ny amin'ny olo-marina 99 izay tsy mila mibebaka.'—Lioka 15:7.

Azo antoka fa taitra ny Fariseo rehefa niresaka momba ny fibebahana i Jesosy. Nihevi-tena ho marina izy ireo ary nieritreritra fa tsy nila nibebaka. Nanakiana an'i Jesosy ny sasany taminy, roa taona teo ho eo talohan'izay, noho izy niara-nisakafo tamin'ny mpamory hetra sy mpanota. Hoy anefa izy: "Tsy tonga hiantso ny marina aho, fa ny mpanota." (Marka 2:15-17) Tsy nahafaly an'ireo tany an-danitra ireo Fari-



seo nihevi-tena ho marina, satria tsy nahatsapa hoe nila nibebaka. Faly kosa ny any an-danitra rehefa misy mpanota tena mibebaka.

Nilaza fanoharana hafa i Jesosy mba hanamafisana fa misy fifaliana be any an-danitra rehefa misy mpanota mibebaka. Zava-nitranga tao amin'ny trano iray ilay izy. Hoy izy: "Iza moa no vehivavy manam-bola madinika drakma folo, ka very ny anankiray, no tsy handrehitra jiro sy hamafa trano ka hitady azy tsara mandra-pahitany azy? Dia hovoriny ny vehivavy namany sy ny mpiara-monina aminy rehefa hitany ilay izy, ka hilazany hoe: 'Miaraha mifaly amiko, fa efa hitako ilay vola very.' "—Lioka 15:8, 9.

Toy ny nanazavan'i Jesosy an'ilay fanoharana momba ny ondry very ny nanazavany an'io. Hoy izy: "Lazaiko aminareo fa mifaly toy izany koa ny anjelin'Andriamanitra rehefa misy mpanota anankiray mibebaka."—Lioka 15:10.

Mba eritrereto ange e! Tena mahaliana an' ireo anjelin'Andriamanitra ny hoe misy mpanota mibebaka. Tena miavaka izany, satria hahazo toerana ambony kokoa noho ny an'ny anjely izay mpanota mibebaka sy tafiditra ao amin'ny Fanjakan'Andriamanitra any an-danitra. (1 Korintianina 6:2, 3) Tsy mialona anefa ny anjely. Ahoana àry no tokony ho fihetseham-pontsika rehefa misy mpanota manatona an'Andriamanitra ka tena mibebaka?



◊ Nahoana i Jesosy no nifandray tamin'ny olona nalaza ho mpanota?

◊ Ahoana no niheveran'ny Fariseo ny sarambabem-bahoaka, nefa ahoana no fomba nitondran'i Jesosy azy ireny?

◊ Inona no tian'i Jesosy hampianarina tamin'ilay fanoharana momba ny ondry very sy ilay vola very?


# NIVERINA ILAY ZANAKA VERY

LIOKA 15:11-32

Azo inoana fa mbola tany Pere, tany atsinanan'ny Reniranon'i Jordana i Jesosy, tamin'izy nilaza an'ireo fanoharana momba ny ondry very sy ny drakma very. Asehon'ireo fanoharana ireo fa tokony ho faly isika rehefa misy mpanota mibebaka sy miverina amin'Andriamanitra. Nanakiana an'i Jesosy ny Fariseo sy mpanora-dalàna, noho izy nandray tsara ny olona toy ireny. Nandray lesona avy tamin'ireo fanoharana ireo ve izy ireo? Tsapan'izy ireo ve izay tsapan'ilay Raintsika any an-danitra rehefa misy mpanota mibebaka? Nilaza fanoharana iray manohina ny fo i Jesosy mba hanamafisana fa mahafaly ny hoe misy mpanota mibebaka.

Momba ny lehilahy iray manan-janaka roa lahy ilay fanoharana, ary ilay zandriny no tena resahina. Tokony ho nandray lesona avy tamin'izay voalaza momba azy io ny Fariseo sy ny mpanora-dalàna ary ny olon-kafa nihaino an'i Jesosy. Tsy tokony hodian-tsy hita koa anefa izay nolazain'i Jesosy momba an' ilay ray sy ilay lahimatoa, satria ianaran-javatra ny toetran'izy ireo. Eritrereto àry izy telo ireo rehefa mandinika an'ilay fanoharana ianao.





Hoy i Jesosy: “Nisy lehilahy nanan-janaka roa lahy. Dia hoy ilay zandriny tamin-drainy: ‘Omeo ahy, ry Dada, ny anjara fananana tokony ho ahy.’ Koa nozarain-drainy tamin'izy roa lahy ny fananany.” (Lioka 15:11, 12) Tsy hoe maty ny dadany ka nangataka ny anjara lovany ilay zandriny. Mbola velona ny dadany. Tiany ho azo *teo no ho eo* anefa ny anjarany, amin'izay izy afaka ny hahaleo tena sy hanao izay tiany. Inona àry no nataony?

Hoy ihany i Jesosy: “Rehefa afaka andro vitsivitsy, dia nangonin'ilay zandriny ny fananany rehetra, ka lasa nankany an-tany lavitra izy. Dia nandanilany foana ny fananany tamin'ny filibana izy.” (Lioka 15:13) Voaro izy tao an-tranon'ny rainy, izay nikarakara azy roa lahy sy nanome izay nilainy. Naleony anefa nandeha tany an-tany hafa. Nandanilany ny lovany re-

hetra izy ary nanaram-po nijangajanga. Sahirana izy tatỳ aoriana. Hoy i Jesosy:

"Koa rehefa laniny ny fananany rehetra, dia nisy mosary mafy nanerana ilay tany ka nihanahantra izy. Lasa mihitsy aza izy nankany amin' ny tompon-tany anankiray tao amin'izany tany izany, ka nisisika hiasa tao aminy. Koa nirahin' io hiandry kisoa tany an-tsaha izy. Satriny ho vokin'ny hanin-kisoa, nefa tsy nisy nanome hanina azy."—Lioka 15:14-16.

Milaza ny Lalàn'Andriamanitra fa biby maloto ny kisoa nefa tsy maintsy niandry kisoa ilay tovolahy. Maty noana izy ka lasa te hihinana ny sakafo fihinan'ny kisoa. "Tonga saina izy" rehefa nijaly sy kivy. Inona no nataony? Nieritreritra izy hoe: "Firifiry akory moa ny olona karamaindraiko no manan-kanina be dia be! Izaho anefa ity ho faty mosary eto. Hiainga aho ka handeha ho any amin-draiko, dia hilazako izy hoe: 'Dada ô, efa nanota tamin'ny lanitra sy taminao aho. Tsy mendrika ny hantsoina hoe zanakao intsony aho. Ataovy toy ny iray amin'ireo olona karamainao aho.'" Dia niainga izy ka nankany amin-drainy.—Lioka 15:17-20.

Nanao ahoana ny fihetsik'ilay rainy? Tezitra ve izy ka nibedy an'ilay zanany noho izy io nanao hadalana ka nandao ny tranony? Tsy niraharaha an'ilay zanany ve izy? Inona no ho nataonao raha ianao ilay ray ary zanakao ilay tovolahy?



◊ Iza no nilazan'i Jesosy an'ilay fanoharana momba ny zanaka very, ary nahoana?

◊ Iza no tena resahina ao amin'ilay fanoharana, ary inona no nitranga taminy?



HITA ILAY ZANAKA VERY

Hoy i Jesosy momba ny fihetseham-pon'ilay ray sy ny fihetsiny: "Raha mbola lavitra [ilay zanany], dia tazan-drainy ary nangoraka azy rainy, ka nihazakazaka ary niantoraka teo amin'ny vozony sady nanoroka azy tamim-pitiavana." (Lioka 15:20) Noraisiny tsara ilay zanany na dia fantany aza fa nanaram-po nanao ratsy. Rehefa nihaino an'izany ny mpitondra fivavahana jiosy izay nilaza fa nahalala sy nanompo an'i Jehovah, takany ve fa faly ilay Raintsika any an-danitra rehefa misy mpanota mibebaka? Takany ve fa mahafaly an'i Jesosy koa izany?

Azo inoana fa hitan'ilay ray hoe nibebaka ny zanany rehefa nahita azy maloka endrika izy. Tonga dia nanao zavatra izy ka nandray azy tamim-pitiavana. Mora kokoa tamin'ilay zanany àry ny nibaboka. Hoy i Jesosy: "Ary hoy ilay zanany taminy: 'Dada ô, efa nanota tamin'ny lanitra sy taminao aho. Tsy mendrika ny hantsoina hoe zanakao intsony aho.' "—Lioka 15:21.

Nandidy an'ireo mpanompony ilay ray hoe: "Mandehana haingana! Mitondrà akanjo lava, ilay tsara indrindra, ka ampiakanjoy azy, ary asio peratra ny tanany sady asio kapa ny tongony. Dia alaivo ilay zanak'omby mifahy ka vonoy. Ary aoka isika hihinana sy hifaly, satria efa maty ity zanako ity fa velona indray, ary efa very fa hita indray." Nanomboka "nifaly izy ireo" avy eo. —Lioka 15:22-24.

Tany an-tsaha ilay zokiny tamin'izay. Hoy i Jesosy momba azy: "Rehefa nody izy, dia nandre mozika sy olona nandihy raha iny izy nanatona ny trano iny. Dia niantso mpanompo anankiray izy, ka nanontany azy izay anton'izany. Koa hoy ilay mpanompo: 'Tonga ny rahalahinao ka namono zanak'omby mifahy rainao, satria tafaverina eo aminy indray izy sady salama tsara.' Tezitra anefa ilay zokiny, ka tsy nety niditra. Dia nivoaka rainy ka niangavy azy, nefa hoy izy tamin-drainy: 'Taona maro izao no nanompoako anao, ary mbola tsy nandika ny didinao mihitsy



aho na indray mandeha aza, kanefa mbola tsy nanome ahy osy iray akory ianao na indray mandeha aza, mba hifaliako miaraka amin'ny namako. Fa raha vao tonga kosa io zanakao io, izay nandany ny fanananao tany amin'ny mpivaro-tena, dia namonoanao ilay zanak'omby mifahy.' "—Lioka 15:25-30.

Iza no nitovy toe-tsaina tamin'ilay zoky, ka nanakiana an'i Jesosy rehefa namindra fo sy niahy ny sarambabem-bahoaka sy ny mpanota izy? Ny mpanora-dalàna sy ny Fariseo. Nilaza an'io fanoharana io i Jesosy satria nokianin'izy ireo rehefa nandray tsara ny mpanota. Tokony handray lesona avy amin'izany izay rehetra manakiana an'Andriamanitra noho izy mamindra fo.

Ny fiangavian'ilay ray an'ilay lahimatoa no namaranan'i Jesosy an'ilay fanoharana. Hoy ilay ray: "Ianao ange, anaka, teto amiko foana e! Ary anao daholo izay rehetra ananako! Koa tsy maintsy mifaly sy miravoravo isika, satria io rahalahinao io dia efa maty fa velona indray, ary efa very fa hita indray."—Lioka 15:31, 32.

Tsy nolazain'i Jesosy izay nataon'ilay lahimatoa taorian'izay. "Mpisorona maro be" anefa "no nanjary nanaiky ny finoana" taorian'ny nahafatesan'i Jesosy sy nitsanganany tamin'ny maty. (Asan'ny Apostoly 6:7) Anisan'izany angamba ny olona sasany naheno an'i Jesosy nilaza an' ilay fanoharana. Nety ho tonga saina sy nibebaka izy ireo ary niverina tamin'Andriamanitra.

Tokony handray am-po ny lesona lehibe ao amin'io fanoharana tena tsara io ny mpianatr'i Jesosy, nanomboka teo. Ianarantsika amin'izy io, ohatra, fa hendry isika raha tsy misaraka amin'ny vahoakan'i Jehovah, ary tsy manaiky ho voasarik'ireo zavatra mahafinaritra any "antany lavitra", izany hoe ity tontolo ity. Miaro sy mikarakara antsika mantsy ilay Raintsika be fitiavana.

Ary ahoana raha sendra nandika ny fitsipik'i Jehovah isika? Tsy maintsy manetry tena isika ary miverina amin'ilay Raintsika, raha te hahazo sitraka aminy indray.

Mbola misy lesona iray koa. Nandray tsara an' ilay zanany sy namela ny helony ilay ray. Ilay zokiny kosa nitana lolompo sady tsy nandray tsara azy. Tokony hamela heloka àry ny mpanompon'Andriamanitra ary handray tsara an'izay mpanota tena mibebaka sy miverina amin'i Jehovah. Tokony ho faly isika satria toy ny "efa maty" ilay rahalahintsika "fa velona indray", ary "efa very fa hita indray."

---

◊ Inona no nataon'ilay ray rehefa niverina ilay zanany?
◊ Inona no toetran'i Jehovah sy Jesosy hita amin'ny fihetsik'ilay ray?
◊ Nahoana no azo lazaina fa toy ny nataon'ilay zanaka lahimatoa ny nataon'ny mpanora-dalàna sy Fariseo?
◊ Inona avy no lesona raisinao avy amin'ilay fanoharan'i Jesosy?

# MIEZAHA HO MALINA KA TSINJOVY NY HOAVY

LIOKA 16:1-13

Nisy mpamory hetra sy mpanora-dalàna ary Fariseo nihaino an'i Jesosy, rehefa nilaza an'ilay fanoharana momba ny zanaka very izy. Tokony ho azon'izy ireo tsara fa mamela ny helok'ireo mpanota mibebaka Andriamanitra. (Lioka 15:1-7, 11) Niresaka tamin'ny mpianany i Jesosy izao, ary nilaza fanoharana momba ny lehilahy manankarena iray. Fantatr'izy io fa tsy nanao ny marina ny mpanompo iray miandraikitra ny ao an-tranony.



Nampangaina ho nandanilany foana ny fananan'ny tompony ilay mpanompo, ka nilaza ny tompony fa horoahina izy. Nieritreritra àry izy hoe: "Inona re no hataoko e? Hesorin'ny tompoko amiko mantsy ny fiandraiketana ny fananany. Ny mitana angady tsy vitan'ny heriko, ny mangataka mahamenatra ahy." Hoy àry izy: "Hitako ny hataoko mba hisy olona handray ahy ho ao an-tranony, rehefa voaroaka aho." Nantsoiny avy hatrany ireo nananan'ny tompony trosa, ka hoy izy: "Toy inona no ananan'ny tompoko aminao?"—Lioka 16: 3-5.

Hoy ilay voalohany: "Menaka oliva injaton'ny bata." Tokotokony ho 2 200 litatra izany. Nanana sahan'oliva midadasika angamba ilay mpitrosa, na mpivarotra menaka oliva. Hoy ilay mpanompo taminy: "Alaivo ilay taratasy fifanekena any aminao ary mipetraha ka soraty haingana hoe dimampolo [1100 litatra]."—Lioka 16:6.

Nanontany mpitrosa iray koa ilay mpanompo hoe: "Ary ianao, inona no ananany aminao?" Hoy izy io: "Varimbazaha injaton'ny kora." Tokotokony ho 22 000 litatra izany. Hoy indray ilay mpanompo: "Alaivo ilay taratasy fifanekena any aminao, ka soraty hoe valopolo." Nesoriny ny 20 isan-jaton'ilay trosa.—Lioka 16:7.

Mbola nitantana ny fananan'ny tompony ilay mpanompo, ka afaka nampihena ny trosa tokony haloa amin'ny tompony. Nahenany àry ilay trosa, ka nana-namana ho afaka hiantra azy izy rehefa very asa.


Fantatr'ilay tompo izay nitranga, tatỳ aoriana. Matiantoka izy nefa nampiaiky azy ny nataon'ilay mpanompo. Noderainy izy io satria 'malina na dia tsy marina aza.' Hoy i Jesosy: "Hita fa malina kokoa noho ny zanaky ny mazava ny zanak'ity tontolo ity, rehefa mifampiraharaha amin'ny mpiarabelona aminy."—Lioka 16:8.

Tsy nanala tsiny ny zavatra tsy nety nataon'ilay mpanompo i Jesosy sady tsy nampirisika ny olona ho fetsifetsy rehefa manao raharaham-barotra. Inona àry no tiany holazaina? Nampirisika ny mpianany izy hoe: "Ataovy izay hahazoana namana amin'ny alalan'ny harena tsy marina, mba horaisin'izany namana izany any amin'ny fonenana mandrakizay ianareo rehefa lany izany harena izany." (Lioka 16:9) Nampianariny hitsinjo ny hoavy sy ho malina ny mpianany. Mila mitsinjo ny hoaviny mandrakizay ny mpanompon'Andriamanitra, izay toy "ny zanaky ny mazava", ka hampiasa tsara ny harenany.

I Jehovah sy ny Zanany ihany no afaka mandray olona ao amin'ny Fanjakana any an-danitra sy ao amin'ny Paradisa an-tany eo ambany fitondran' ilay Fanjakana. Tokony hiezaka mafy ho naman'izy ireo isika, ka hampiasa ny fananantsika mba hanohanana ny asan'ilay Fanjakana. Ho azo antoka amin'izay ny hoavintsika mandrakizay, rehefa tsy hilaina intsony ny volamena sy volafotsy ary ny harena.

Nilaza koa i Jesosy fa izay mendri-pitokisana ka mampiasa tsara ny harenany na ny fananany, dia ho mendri-pitokisana koa rehefa hanankinana zava-dehibe kokoa. Hoy izy: "Koa raha tsy asehonareo fa mendri-pitokisana ianareo amin'ny harena tsy marina, iza no hanankina aminareo ny tena harena [toy ny asan'ilay Fanjakana]?"—Lioka 16:11.

Nasehon'i Jesosy tamin'izany fa betsaka no hantenaina amin'ny mpianany, raha tian'izy ireo ny horaisina "any amin'ny fonenana mandrakizay." Tsy misy tena afaka ny ho mpanompon'Andriamanitra sady ho mpanompon'ny harena tsy marina, na ny fananana. Toy izao no namaranan'i Jesosy ny teniny: "Tsy misy mpiasa an-trano mahay manompo tompo roa, fa ny anankiray ho halany ary ny anankiray ho tiany, na ny anankiray hifikirany ary ny anankiray hohamavoiny. Tsy mahay manompo an'Andriamanitra sy ny Harena ianareo."—Lioka 16:9, 13.



- ◊ Inona no nataon'ilay mpanompo tao amin'ilay fanoharana, mba hahazoana namana hanampy azy any aoriana?
- ◊ Inona ilay "harena tsy marina", ary ahoana no azon'ny Kristianina ampiasana azy ireny mba "hahazoana namana"?
- ◊ Iza no afaka mandray antsika "any amin'ny fonenana mandrakizay", raha mendri-pitokisana isika rehefa mampiasa ny "harena tsy marina"?

# NY FIOVANA TEO AMIN'ILAY MPANANKARENA SY LAZAROSY

LIOKA 16:14-31

Avy nanoro hevitra ny mpianany momba ny fampiasana ny harena i Jesosy. Teo koa ny Fariseo ary tokony ho nandray am-po an'ilay torohevitra izy ireo, satria "tia vola." "Naneso an'i Jesosy" anefa izy ireo rehefa nandre ny teniny. —Lioka 15:2; 16:13, 14.

Tsy natahotra azy ireo i Jesosy fa nilaza hoe: "Ianareo milaza tena ho marina eo anatrehan'ny olona, nefa fantatr'Andriamanitra ny fonareo. Fa izay ataon'ny olona ho ambony dia maharikoriko kosa eo imason'Andriamanitra."—Lioka 16:15.

Efa ela ny Fariseo no 'nataon'ny olona ho ambony.' Hivadika anefa ny rasa. Haetry ireo nohindrahindraina, izany hoe ireo nanan-karena sy nanana fahefana teo amin'ny politika sy fivavahana. Hasandratra kosa ny sarambabembahoaka, izay manaiky hoe mila an'Andriamanitra. Nasehon'i Jesosy mazava tsara fa nisy fiovana lehibe nitranga. Hoy izy:

"Hatreo amin'i Jaona ihany ny Lalàna sy ny Mpaminany. Fa nanomboka teo kosa dia ny fanjakan'Andriamanitra no vaovao tsara torina amin'ny olona, ary misesika ho ao ny karazan' olona rehetra. Fa ho mora kokoa ny hahalevona ny lanitra sy ny tany noho ny tsy hahatanteraka ny tendron-tsoratra iray ao amin'ny Lalàna." (Lioka 3:18; 16:16, 17) Nahoana ireo teny ireo no mampiseho fa hisy fiovana?

Nirehareha ny mpitondra fivavahana jiosy hoe nanaraka ny Lalàn'i Mosesy. Hoy ny Fariseo rehefa nanasitrana an'ilay jamba tany Jerosalema i Jesosy: "Izahay mpianatr'i Mosesy. Fantatray fa niteny tamin'i Mosesy Andriamanitra." (Jaona 9:13, 28, 29) Ny hitarika an'ireo manetry tena mba hino ny Mesia na Jesosy no antony iray nanomezana ny Lalàna. Nantsoin'i Jaona Mpanao Batisa hoe Zanak'ondrin'Andriamanitra



i Jesosy. (Jaona 1:29-34) Nandre momba "ny fanjakan'Andriamanitra" ny Jiosy nanetry tena, indrindra fa ny mahantra, nanomboka tamin'i Jaona nitory. Afaka mandre ny "vaovao tsara" tokoa izay te ho vahoakan'ilay Fanjakana sy te handray soa avy amin'izy io.

Nahavita ny asany ny Lalàn'i Mosesy, satria nitarika ny olona hino ny Mesia. Tsy voatery hitandrina azy io intsony ny olona. Namela ny olona hisara-panambadiana noho ny antony samihafa, ohatra, ny Lalàna. Hoy anefa i Jesosy: "Manitsakitsa-bady izay lehilahy misaraka amin'ny vadiny ka manambady olon-kafa. Ary izay manambady vehivavy nisarahan'ny vadiny dia manitsakitsa-bady." (Lioka 16:18) Tena nampahatezitra an'ireo Fariseo tia namorona lalàna izany tenin'i Jesosy rehetra izany.

Nilaza fanoharana manasongadina ny haben' ilay fiovana i Jesosy. Miresaka lehilahy roa ilay izy, ary nitsimbadika ny fiainan'izy ireo. Handi-

nika azy io isika, ka tadidio fa nihaino teo ireo Fariseo tia vola sy nohindrahindraina.

Hoy i Jesosy: "Nisy lehilahy manankarena nanao akanjo vita tamin'ny lamba volomparasy sy rongony. Niravoravo isan'andro izy sady niaina tao anatin'ny renty. Fa nisy kosa mpangataka atao hoe Lazarosy, napetraka teo am-bavahadiny. Feno fery izy io. Te ho vokin'ny sombin-kanina latsaka avy tamin'ny latabatr'ilay manankarena izy. Ary tonga ny alika nilelaka ny feriny."—Lioka 16:19-21.

Tia vola ny Fariseo ka azo inoana fa izy ireo no tian'i Jesosy holazaina amin'ilay hoe "lehilahy manankarena." Tia manao akanjo mirenty sy lafo vidy koa izy ireo. Nanan-karena izy ireo sady nanana tombontsoa sy voninahitra be. Ny toerana ambony nananany no tiana horesahina amin'ilay akanjo volomparasy fitafin'ny mpanjaka. (Daniela 5:7) Ilay rongony fotsy kosa midika hoe miseho ho marina izy ireo.

Ahoana no fiheveran'ireo nanambony tena sy nanan-karena ireo ny mahantra sy ny sarambabem-bahoaka? Nohambaniany izy ireny ary nantsoiny hoe *'am ha'arets* na olon'ny tany. Nolazainy fa tsy mahalala ny Lalàna izy ireny sady tsy mendrika ny hampianarina an'izany. (Jaona 7:49) Toa an'ireny olona ireny ilay "mpangataka atao hoe Lazarosy." Tiany hohanina na dia ny "sombin-kanina latsaka avy tamin'ny latabatr' ilay manankarena" aza. Noheverina ho ambany

◊ Inona no tsy nampitovy ny fiainan'ny mpitondra fivavahana jiosy sy ny sarambabem-bahoaka?

◊ Inona no nolazain'i Jesosy fa fiovana nitranga nanomboka tamin'i Jaona nitory?

◊ Iza no oharina amin'ilay mpanankarena ao amin' ilay fanoharana, ary iza no toa an'i Lazarosy?



toy ny hoe marary ara-panahy ny sarambabem-bahoaka, tsy misy hafa amin'i Lazarosy feno fery.

Efa ela no nisy an'izany toe-javatra mampalahelo izany. Fantatr'i Jesosy anefa fa hiova be ny fiainan'ireo olona mitovy amin'ilay mpanankarena sy ireo toa an'i Lazarosy.

ILAY FIOVANA

Nilaza an'ilay fiovana lehibe i Jesosy avy eo. Hoy izy: "Tatỳ aoriana, dia maty ilay mpangataka, ary nentin'ny anjely ho any an-tratran'i Abrahama. Ary maty koa ilay manankarena ka nalevina. Rehefa tao amin'ny toeran'ny maty izy, dia niandrandra raha iny izy nijalijaly iny, ka nahita an'i Abrahama teny lavitra teny, sy Lazarosy teo an-tratrany."—Lioka 16:22, 23.

Fantatr'ireo nihaino teo fa efa ela i Abrahama no maty ary ao am-pasana. Milaza mazava ny Soratra Masina fa tsy afaka mahita na miteny ireo ao amin'ny fasana na Sheôl, ary anisan'izany i Abrahama. (Mpitoriteny 9:5, 10) Ahoana àry no fahazoan'ireo mpitondra fivavahana tia vola ny tenin'i Jesosy? Inona no nety ho tian'i Jesosy holazaina momba azy ireo sy ny sarambabem-bahoaka?

Vao avy nilaza fiovana i Jesosy rehefa niteny fa 'hatreo amin'i Jaona Mpanao Batisa ihany ny Lalàna sy ny Mpaminany, fa nanomboka teo



kosa dia ny fanjakan'Andriamanitra no vaovao tsara torina amin'ny olona.' Rehefa nitory i Jaona sy Jesosy Kristy, dia niova ny fiainan'i Lazarosy sy ilay mpanankarena, ka toy ny hoe maty izy ireo. Nahazo toerana vaovao teo anatrehan' Andriamanitra izy ireo nanomboka teo.

Efa ela ireo manetry tena na mahantra no tsy ampy sakafo ara-panahy. Toy ny hoe tsy maintsy nianina tamin'ny 'sombin-kanina latsaka avy tamin'ny latabatry' ny mpitondra fivavaha-



na izy ireo. Nanampy azy ireo anefa ny hafatra momba ilay Fanjakana notorin'i Jaona Mpanao Batisa sy Jesosy, ary noraisiny tsara. Nampianarina azy ireo ny fahamarinana lehibe ao amin' ny Soratra Masina, indrindra fa ny fampianaran' i Jesosy. Toy ny hoe izy ireo indray no nisandratra teo imason'i Jehovah Andriamanitra.

Ireo mpitondra fivavahana nanan-karena sy nanana fahefana kosa nanda ny hafatra momba ilay Fanjakana, izay notorin'i Jaona sy notorin'i Jesosy eran'ilay firenena. (Matio 3:1, 2; 4:17) Nahatezitra na nampijaly azy ireo io hafatra io, satria niresaka momba ny didim-pitsaran' Andriamanitra ho avy, izay toy ny afo. (Matio 3:7-12) Ho maivamaivana ireo mpitondra fivavahana tia vola ireo, raha tsy nitory ny hafatr' Andriamanitra intsony i Jesosy sy ny mpianany. Toa an'ilay mpanankarena ao amin'ilay fanoha-

rana izy ireo. Hoy izy io: “Abrahama Raiko ô, mamindrà fo amiko, ka iraho i Lazarosy hanatsoboka ny tendron’ny rantsantanany ao anaty rano mba hampangatsiatsiaka ny lelako, fa mijaly aho ato amin’ity afo mivaivay ity.”—Lioka 16:24.

Tsy nitranga anefa izany. Tsy niova ny ankamaroan’ny mpitondra fivavahana. Tokony ho nanampy azy ireo hanaiky an’i Jesosy ho Mesia sy Mpanjaka ny zavatra nosoratan’i Mosesy sy ny Mpaminany, nefa nanda tsy hihaino an’izany izy ireo. (Lioka 16:29, 31; Galatianina 3:24) Tsy nanetry tena koa izy ireo ary tsy nanaiky hotaomin’ireo mahantra, izay lasa nankasitrahan’ Andriamanitra satria nanaiky an’i Jesosy. Ny mpianatr’i Jesosy kosa nitory foana ny fahamarinana sady tsy nampihen-danja azy io. Tsy te hampifaly ny mpitondra fivavahana izy ireo na hanamaivamaivana azy. Nasehon’i Jesosy tao amin’ilay fanoharana izany, araka ireto tenin’i “Abrahama” tamin’ilay mpanankarena ireto:

“Tadidio, anaka, fa efa azonao daholo ny zava-tsoanao rehetra nandritra ny androm-piainanao, fa ny an’i Lazarosy kosa ny zava-dratsy. Izao izy ampiononina atỳ, fa ianao kosa mijaly. Sady misy hantsana lehibe efa napetraka koa anie hampisaraka anay aminareo e, mba tsy ho afaka hankany aminareo ny te hiala atỳ, ary tsy ho afaka hiampita mankatỳ aminay ny any.” —Lioka 16:25, 26.

Rariny raha nitranga io fiovana lehibe io. Asehon’izy io fa nitsimbadika ny fiainan’ireo mpitondra fivavahana nieboebo sy ny an’ireo nanetry tena ka nanaiky ny ziogan’i Jesosy. Lasa velombelona sy nahazo sakafo ara-panahy ireo nanetry tena. (Matio 11:28-30) Vao mainka nisongadina io fiovana io volana vitsivitsy tatỳ aoriana, rehefa nosoloana fifanekena vaovao ny fifaneken’ny Lalàna. (Jeremia 31:31-33; Kolosianina 2:14; Hebreo 8:7-13) Nandatsaka ny fanahy masina tamin’ny mpianatr’i Jesosy Andriamanitra tamin’ny Pentekosta taona 33. Niharihary tamin’izay fa izy ireo no nankasitrahany fa tsy ny Fariseo sy ny namany.



- Inona no nolazain’i Jesosy ka nampiseho fa nisy fiovana nitranga?
- Ahoana no nandraisan’ny mpitondra fivavahana ny hafatra notorin’i Jaona sy Jesosy? Inona tao amin’ilay fanoharana no mampiseho an’izany?
- Inona no tian’ireo mpitondra fivavahana hitranga, nefa nahoana no tsy nitranga izany?
- Oviana no tena nisongadina ilay hantsana nanasaraka ny mpitondra fivavahana sy ny mpianatr’i Jesosy?

## NAMPIANATRA TAO PERE I JESOSY TAMIN'IZY HO ANY JODIA

LIOKA 17:1-10 JAONA 11:1-16

Nijanona kely tao Pere tany "ampitan'ny Reniranon'i Jordana" i Jesosy, tamin'izy nianatsimo ho any Jerosalema.—Jaona 10:40.

Niaraka tamin'i Jesosy ny mpianany sy ny "vahoaka be", anisan'izany ny mpamory hetra sy ny mpanota. (Lioka 14:25; 15:1) Nanaraka azy koa ny Fariseo sy ny mpanora-dalàna, izay nanakiana ny teniny sy ny nataony. Betsaka ny zavatra tokony hosaintsainin'izy ireo rehefa avy nihaino ny fanoharan'i Jesosy momba ny ondry very sy ny zanaka very ary ilay mpanankarena sy Lazarosy.—Lioka 15:2; 16:14.

Mbola nieritreritra ny fanakianan'ny Fariseo sy ny fanesoany azy angamba i Jesosy ka niresaka tamin'ny mpianany. Nilaza hevitra efa noresahiny tany Galilia izy.

Hoy, ohatra, izy: "Tsy maintsy misy toe-javatra mahatafintohina, kanefa lozan'izay iavian'izany! ... Koa mitandrema ianareo. Ary teneno mafy ny rahalahinao raha manota, ka mamelà azy raha mibebaka izy. Fa na manota aminao impito aza izy ao anatin'ny indray andro, ka miverina impito eo aminao, manao hoe: 'Mibebaka aho', dia tsy maintsy mamela azy ianao." (Lioka 17:1-4) Tsaroan'i Petera angamba teo ilay fanontaniany hoe hatramin'ny impito ve no hamela heloka.—Matio 18:21.

Ho vitan'ny mpianatra ve ny hampihatra ny tenin'i Jesosy? Nangataka izy ireo hoe: "Ampitomboy ny finoanay." Nanome toky àry izy hoe: "Raha manam-pinoana ianareo, na bitika toy ny voan-tsinapy aza, ary hilaza amin'itsy voaroihazo itsy hoe: 'Aoka ianao hiongotra ka haniry any an-dranomasina!', dia hankatò anareo izy." (Lioka 17:5, 6) Mahavita zavatra lehibe tokoa ny finoana, na dia kely fotsiny aza.

Nasehon'i Jesosy avy eo fa tena ilaina ny manetry tena sy mihevi-tena araka ny antonony ka hoy izy tamin'ny apostoly: "Raha misy aminareo manana mpanompo miasa tany na miandry ondry, ka mody avy any an-tsaha io, iza aminareo moa no hilaza aminy hoe: 'Avia haingana ianao eto, ary mandria ilika hisakafo'? Tsy hilaza aminy kosa ve izy hoe: 'Karakarao ny sakafo harivako, ary anaovy ny aron'akanjonao ka rosoy hanina aho mandra-pitsahatro mihinana sy misotro, ary rehefa vita izany, dia mahazo mihinana sy misotro kosa ianao'? Ho velom-pisaorana an'ilay mpanompo ve izy, satria nanao izay nasainy natao izy io? Toy izany koa ianareo, rehefa vitanareo izay rehetra nasaina nataonareo, dia lazao hoe: 'Mpanompo tsy mahasoa izahay, fa izay tokony ho nataonay no nataonay.' "—Lioka 17:7-10.

Tokony ho takatry ny mpanompon'Andriamanitra tsirairay fa ilaina ny manao loha laharana ny sitrapon'Andriamanitra. Tokony hitadidy koa ny tsirairay fa tombontsoa ny anisan'ny ankohonan' Andriamanitra sy manompo azy.

Toa taoriana kelin'izay no nisy iraka tonga avy any amin'i Maria sy Marta, anabavin'i Lazarosy. Nipetraka tany Betania any Jodia izy telo mianadahy ireo. Hoy ilay iraka: "Tompo ô, marary ilay tsy foinao."—Jaona 11:1-3.

Tsy ketraka noho ny alahelo i Jesosy, na dia reny aza hoe narary mafy i Lazarosy namany. Hoy kosa izy: "Tsy ho fahafatesana no anton'izany aretina izany, fa ho voninahitr'Andriamanitra, mba homem-boninahitra ny Zanak'Andriamanitra." Mbola nijanona roa andro tany amin'ny nisy azy izy. Hoy izy tamin'ny mpianany avy eo: "Andao indray ho any Jodia." Hoy anefa ireo: "Raby ô, vao haingana ange ny Jodianina no nitady hitora-bato anao e! Dia hankany indray ve ianao?"—Jaona 11:4, 7, 8.

Hoy i Jesosy: "Tsy adiny roa ambin'ny folo moa no mazava ny andro? Raha misy mandeha amin' ny antoandro, dia tsy midona amin-javatra izy, satria hitany ny fahazavan'izao tontolo izao. Fa raha misy kosa mandeha amin'ny alina, dia mido-

na amin-javatra izy, satria ny fahazavana tsy ao anatiny." (Jaona 11:9, 10) Toa te hilaza izy fa mbola tsy tapitra ny fotoana natokan'Andriamanitra hanompoany. Nila nampiasa tsara araka izay azo atao ny fotoana fohy nananany àry izy.

Hoy ihany i Jesosy: "Matory i Lazarosy namantsika, fa handeha ho any aho hamoha azy." Toa lasa nieritreritra ireo mpianany fa miala sasatra fotsiny i Lazarosy ary mbola ho sitrana, ka hoy izy ireo: "Tompo ô, ho sitrana izy raha matory." Notsorin'i Jesosy àry hoe: "Maty i Lazarosy. ... Fa andao isika ho any aminy."—Jaona 11:11-15.

Fantatr'i Tomasy fa mety hisy hamono an'i Jesosy any Jodia ka te hanampy azy izy. Hoy àry izy tamin'ireo mpianatra hafa: "Andao koa isika handeha, mba hiara-maty aminy."—Jaona 11:16.



◊ Taiza i Jesosy no nitory?

◊ Inona no zavatra efa nampianarin'i Jesosy ka mbola naveriny, ary inona no zava-nitranga nahatonga azy hampianatra momba ny fanetren-tena?

◊ Inona no vaovao voarain'i Jesosy, ary nahoana i Tomasy no nilaza fa hiara-maty amin'i Jesosy?

# “FANANGANANA NY MATY SY FIAINANA”

JAONA 11:17-37

Avy tany Pere i Jesosy ary efa nanakaiky an’i Betania, tanàna telo kilaometatra teo ho eo tany atsinanan’i Jerosalema. Maty vao haingana i Lazarosy ka mbola nalahelo be i Maria sy Marta anabaviny. Maro no tonga nampionona azy ireo.

Nisy niteny tamin’i Marta hoe tonga i Jesosy ka lasa haingana izy nitsena azy. Nolazainy izay nety ho efa noeritreretin’izy roa vavy nandritra ny efatra andro. Hoy izy: “Tompo ô, raha teto ianao dia tsy maty ny anadahiko.” Mbola nanana fanantenana anefa izy. Hoy izy: “Fantatro fa homen’Andriamanitra anao izay rehetra angatahinao.” (Jaona 11:21, 22) Nino izy fa nety ho mbola afaka hanampy ny anadahiny i Jesosy.



Namaly i Jesosy hoe: “Hitsangana ny anadahinao.” Nihevitra i Marta fa ilay fitsanganana amin’ ny maty eto an-tany nantenain’i Abrahama sy ny olon-kafa no tao an-tsain’i Jesosy. Nino izy fa tena hitranga izany ka hoy izy: “Fantatro fa hitsangana izy amin’ny fananganana ny maty amin’ny andro farany.”—Jaona 11:23, 24.

Nety ho afaka nanamaivana ny fahorian’i Marta avy hatrany ve anefa i Jesosy? Nampahatsiahiviny fa nomen’Andriamanitra hery handresena ny fahafatesana izy. Hoy izy: “Izay maneho finoana ahy, na dia maty aza, dia ho velona indray. Ary izay rehetra velona ka maneho finoana ahy dia tsy ho faty mihitsy.”—Jaona 11:25, 26.

Tsy te hilaza i Jesosy hoe tsy ho faty mihitsy ny mpianany tamin’izany. Na izy aza tsy maintsy ho faty, araka ny efa nolazainy. (Matio 16:21; 17:22, 23) Tiany hasongadina kosa fa mety hahazo fiainana mandrakizay izay maneho finoana azy. Maro no hahazo izany rehefa avy atsangana amin’ny maty. Mety tsy ho faty mihitsy anefa ny olona tsy mivadika, izay velona amin’ny faran’ny rafitr’ity tontolo ity. Afaka matoky ireo rehetra maneho finoana an’i Jesosy fa tsy hijanona mandrakizay ao amin’ny fahafatesana.

Vao nilaza i Jesosy hoe: “Izaho no fananganana ny maty sy fiainana.” Afaka nanangana an’i Lazarosy izay efa maty nandritra ny andro maromaro ve anefa izy? Nanontaniany i Marta hoe: “Mino izany ve ianao?” Hoy i Marta: “Eny, Tompo ô! Mino aho fa ianao no Kristy, ilay Zanak’Andriamanitra, ilay ho tonga eo amin’izao tontolo izao.” Nino izy fa ho afaka hanao zavatra amin’io andro io ihany i Jesosy. Nody haingana àry izy ka nilazany mangingina ny rahavaviny hoe: “Ao ny Mpampianatra, ary antsoiny ianao.” (Jaona 11:25-28) Tonga dia niala tao an-trano i Maria, ary nanaraka azy ny olona satria nihevitra fa ho any am-pasan’i Lazarosy izy.

Nankany amin’i Jesosy anefa i Maria ary niankohoka teo an-tongony sady nitomany. Namerina an’ ilay tenin’ny rahavaviny izy hoe: “Tompo ô, raha teto ianao dia tsy maty ny anadahiko.” Nalahelo be sy ory dia ory i Jesosy nahita an’i Maria sy ny vahoaka nitomany, ka nirotsaka ny ranomasony. Nanohina ny fon’ny olona izany. Nisy nanontany hoe: ‘Raha afaka nampahiratra ny mason’ny jamba i Jesosy, tsy ho hainy ve ny nisakana an’ity iray ity tsy ho faty?’—Jaona 11:32, 37.



◊ Inona no zava-nisy tao Betania tamin'i Jesosy nanakaiky an'io tanàna io?
◊ Inona no zavatra fantatr'i Marta ka nahatonga azy hino ny fitsanganana amin'ny maty?
◊ Ahoana no nampisehoan'i Jesosy fa afaka manangana an'i Lazarosy amin'ny maty izy?

# NATSANGANA TAMIN'NY MATY I LAZAROSY

JAONA 11:38-54

Nihaona teo akaikin'i Betania i Jesosy sy Marta ary Maria, ary nankany amin'ny fasan'i Lazarosy. Lava-bato izy io ary vato no teo amin'ny fidirana. Hoy i Jesosy: "Esory ny vato." Tsy azon'i Marta ny tiany hatao, ka nanahy izy ary nilaza hoe: "Tompo ô, tsy maintsy maimbo izy izao, satria efa efatra andro izay." Hoy anefa i Jesosy: "Tsy efa nilazako moa ianao fa raha mino ianao, dia hahita ny voninahitr'Andriamanitra?"—Jaona 11: 39, 40.

Nesorina àry ilay vato. Niandrandra i Jesosy avy eo ary nivavaka hoe: "Misaotra anao aho, Ray ô, fa efa nihaino ahy ianao. Fantatro fa mihaino ahy foana ianao, fa noho ireto vahoaka mijoro manodidina ahy ireto no nilazako izany, mba hinoany fa ianao no naniraka ahy." Nivava-



ka teo imason'ny olona i Jesosy ka fantatr'ireo nahita izany fa hanao zavatra noho ny herin' Andriamanitra izy. Niantso mafy izy avy eo hoe: "Ry Lazarosy, mivoaha!" Dia nivoaka i Lazarosy. Mbola nisy fehim-paty ny tongony sy ny tanany ary nisy fehy lamba ny tarehiny. Hoy i Jesosy: "Vahao izy, ka avelao handeha."—Jaona 11: 41-44.

Nahita an'io fahagagana io ny Jiosy maro tonga nampionona an'i Maria sy Marta ka lasa nino an'i Jesosy. Nisy kosa nankany amin'ny Fariseo ka nitantara ny nataon'i Jesosy. Novorin'ny Fariseo sy ny lehiben'ny mpisorona àry ny Fitsarana Avo Jiosy, anisan'izany i Kaiafa Mpisoronabe. Nitaraina ny sasany taminy hoe: "Inona no hataontsika, fa manao famantarana maro iny lehilahy iny? Raha avelantsika amin'izao izy, dia hino azy daholo ny rehetra, ary ho avy ny Romanina ka haka ny tempolintsika sy ny firenentsika." (Jaona 11:47, 48) Tsy nahafaly azy ireo ny zavatra nataon'Andriamanitra tamin'ny alalan'i Jesosy. Vavolombelona nahita maso ny "famantarana maro" nataon'i Jesosy anefa no nitantara izany tamin'izy ireo. Ny toerana notanany sy ny fahefany no tena noeritreretiny.

Tsy nino ny fitsanganana amin'ny maty ny Sadoseo ka voa mafy rehefa nitsangana tamin'ny maty i Lazarosy. Hoy i Kaiafa, anisan'ny Sadoseo: "Tsy mahalala na inona na inona ianareo, ary tsy ao an-tsainareo hoe tsara ho anareo raha olona iray no maty ho an'ny vahoaka, toy izay ny firenena iray manontolo no ho rava."—Jaona 11: 49, 50; Asan'ny Apostoly 5:17; 23:8.

'Tsy araka ny nahim-pony no nilazan'i Kaiafa izany.' Andriamanitra no nampiteny azy satria mpisoronabe izy. Te hilaza i Kaiafa fa tokony hovonoina i Jesosy, mba tsy hampihena kokoa ny fahefan'ny mpitondra fivavahana jiosy. Hita tamin'ilay faminaniana nolazain'i Kaiafa anefa fa ny fahafatesan'i Jesosy no anomezany ny vidimpanavotana. Tsy ho an'ny Jiosy ihany izany fa ho an'ny "zanak'Andriamanitra any am-pielezana" koa.—Jaona 11:51, 52.

Vitan'i Kaiafa ny nandresy lahatra ny Fitsarana Avo Jiosy mba hanao tetika hamonoana an'i Jesosy. Tsy fantatra raha i Nikodemosy no nilaza an'ilay tetika tamin'i Jesosy. Anisan'ny Fitsarana Avo Jiosy mantsy izy ary naman'i Jesosy. Na ahoana na ahoana, dia niala teny amin'ny manodidina an'i Jerosalema i Jesosy, ka tsy maty talohan'ny fotoana voatondron'Andriamanitra.



◊ Nanao ahoana ny fihetsik'ireo nahita ny nananganana an'i Lazarosy tamin'ny maty?
◊ Inona no mampiseho fa ratsy fanahy ireo anisan'ny Fitsarana Avo Jiosy?
◊ Na dia nitetika hamono an'i Jesosy aza i Kaiafa, inona no faminaniana nasain'Andriamanitra nambarany?

# NAHAY NANKASITRAKA NY BOKA IRAY

LIOKA 17:11-19

Nankany Efraima, teo avaratratsinanana kelin'i Jerosalema i Jesosy, satria niala an'ilay tetiky ny Fitsarana Avo Jiosy mba hamonoana azy. Nijanona tao niaraka tamin'ny mpianany izy ary tsy hitan'ny fahavalony. (Jaona 11:54) Niainga indray anefa i Jesosy, satria efa akaiky ho tonga ny Paska taona 33. Nianavaratra namakivaky an'i Samaria izy ary tonga hatrany Galilia. Io no diany farany tany, talohan'ny nahafatesany.

Vao niainga kelikely izy dia nahita boka folo lahy, teo anelanelan'ny tanàna kely roa. Mihalevona ny sela amin'ny vatan'ny boka indraindray, ohatra hoe ny sela amin'ny rantsantanany na ny rantsantongony na ny sofiny. (Nomery 12:10-12) Tsy maintsy nitoka-monina ny boka ary nasain'ny Lalàn'Andriamanitra niantsoantso hoe: "Maloto e! Maloto e!"—Levitikosy 13:45, 46.

Tsy nanakaiky an'i Jesosy àry ireo boka folo. Niantso mafy anefa izy ireo hoe: "Ry Jesosy Mpampianatra ô, mba iantrao izahay!" Nahita azy ireo i Jesosy ka niteny hoe: "Mandehana miseho any amin'ny mpisorona." (Lioka 17:13, 14) Hita amin'izany fa nanaja ny Lalàn'Andriamanitra i Jesosy. Ny mpisorona mantsy no nolazain'ny Lalàn'Andriamanitra fa manana fahefana hilaza hoe sitrana ny boka iray. Afaka niaraka tamin'ny olona salama indray izy taorian'izay.—Levitikosy 13:9-17.

Natoky ireo boka folo fa manana hery hanaovana fahagagana i Jesosy. Nankany amin'ny mpisorona àry izy ireo na dia mbola tsy sitrana aza. Novalian-tsoa ny finoan'izy ireo teny an-dalana. Hitan'izy ireo sy tsapany fa sitrana izy.

Nanohy ny lalany ny sivy. Niverina nitady an'i Jesosy kosa ny iray, izay Samaritanina. Fa nahoana? Tena nankasitraka an'izay nataon'i Jesosy izy. Fantany fa Andriamanitra no nanasitrana azy, ka 'nanome voninahitra azy tamin'ny feo avo' izy. (Lioka 17:15) Niankohoka teo anatrehan'i Jesosy izy ary nisaotra, rehefa nahita azy.

Hoy i Jesosy tamin'ny olona teo: "Tsy efa voadio daholo moa izy folo? Fa aiza ny sivy? Dia tsy nisy niverina mba hanome voninahitra an'Andriamanitra afa-tsy ity hafa firenena ity ihany ve?" Niteny tamin'ilay Samaritanina izy avy eo hoe: "Mitsangàna ka mandehana. Ny finoanao no nahasitrana anao."—Lioka 17:17-19.

Nasehon'i Jesosy tamin'izy nanasitrana an'ireo boka folo fa manampy azy i Jehovah Andriamanitra. Sitrana ny iray taminy noho ny zavatra nataon'i Jesosy, ary azo inoana fa teo amin'ny lalana mankany amin'ny fiainana izy io. Tsy mampiasa an'i Jesosy mba hanasitrana toy izany intsony Andriamanitra ankehitriny. Ho afaka handeha eo amin'ilay lalana mankany amin'ny fiainana mandrakizay koa anefa isika, raha mino an'i Jesosy. Mahay mankasitraka toa an'ilay Samaritanina àry ve isika?

---

- ◊ Nankaiza i Jesosy mba hialana tamin'ilay tetika hamonoana azy?
- ◊ Nahoana ireo boka folo no tsy nanakaiky olona? Nahoana i Jesosy no naniraka azy ireo hankany amin'ny mpisorona?
- ◊ Inona no lesona tokony hosaintsainintsika, rehefa mieritreritra an'ilay Samaritanina isika?



# HAHARIHARY NY ZANAK'OLONA

LIOKA 17:20-37

Mbola tany Samaria na tany Galilia i Jesosy. Nanontany azy momba ny fahatongavan'ilay Fanjakana ny Fariseo. Nino izy ireo fa ho tonga amin'ny fomba manetriketrika izy io. Hoy anefa i Jesosy: "Tsy mibaribary ny fahatongavan'ny fanjakan'Andriamanitra, ary tsy hisy koa hilaza hoe: 'Atỳ!' na 'Arỳ!' Fa eo afovoanareo ny fanjakan'Andriamanitra."—Lioka 17:20, 21.


Mety hisy hanatsoaka hevitra hoe ao am-pon' ny mpanompon'Andriamanitra ilay Fanjakany. Tsy hety anefa izany, satria tsy afaka ny ho tao am-pon'ireo Fariseo niresahan'i Jesosy izy io. *Teo afovoan'izy ireo* kosa izy io satria teo amin' izy ireo i Jesosy, ilay voafidy ho Mpanjakan'ny Fanjakan'Andriamanitra.—Matio 21:5.

Nilazan'i Jesosy tsipiriany fanampiny momba ny fahatongavan'ilay Fanjakana ny mpianany, angamba rehefa lasa ny Fariseo. Niresaka momba ny fanatrehany amin'ny maha Mpanjaka izy, ka nampitandrina hoe: "Ho avy ny andro hanirianareo hahita ny anankiray amin'ny andron' ny Zanak'olona, fa tsy hahita ianareo." (Lioka 17:22) Te hilaza izy fa mbola amin'ny hoavy vao hanjaka ny Zanak'olona. Nety ho tsy andrin'ny mpianatra sasany io fotoana io. Tsy maintsy niandry anefa izy ireo mandra-pahatongan'ny fotoana voatondron'Andriamanitra hahatongavan'ny Zanak'olona.

Hoy koa i Jesosy: "Hilaza aminareo ny olona hoe: 'Arỳ!' na 'Atỳ!', nefa aza mandeha na manaraka azy. Fa toy ny tselatra manjelanjelatra ka manazava any amin'ny faritra iray ambanin' ny lanitra ka hatrany amin'ny faritra hafa ambanin'ny lanitra, dia ho toy izany koa ny Zanak'olona." (Lioka 17:23, 24) Ahoana no hiarovana ny mpianatra mba tsy hanaraka mesia sandoka? Nilaza i Jesosy fa ho toy ny tselatra tazana manerana ny faritra midadasika ny fahatongavan' ny tena Mesia. Izay mandinika tsara no hahita mazava ny porofo hoe manjaka ny Mesia.

Niresaka zava-nitranga fahiny i Jesosy mba hampisehoana ny toe-tsain'ny olona amin'izany fotoana izany. Hoy izy: "Toy ny tamin'ny andron' i Noa, dia ho toy izany koa amin'ny andron'ny Zanak'olona. ... Dia toy ny tamin'ny andron'i Lota koa: Nihinana ny olona, nisotro, nividy, nivarotra, namboly ary nanorina trano. Fa tamin' ny andro nivoahan'i Lota avy tao Sodoma dia nilatsaka toy ny orana ny afo sy solifara avy tany an-danitra, ka nandringana azy rehetra. Dia ho toy izany koa amin'ilay andro hampiharihariana ny Zanak'olona."—Lioka 17:26-30.

Tsy nilaza i Jesosy hoe ringana ny olona tamin'ny andron'i Noa sy tamin'ny andron'i Lota, satria nanao ny fanao mahazatra toy ny mihinana, misotro, mividy, mivarotra, mamboly, ary manorina trano. Nanao an'ireo na ny sasany tamin'ireo koa ry Noa sy Lota. Ny olona hafa kosa



nanao an'ireo, saingy tsy niraharaha ny sitrapon'Andriamanitra sy izay hitranga. Nampirisika ny mpianany àry i Jesosy mba hieritreritra ny sitrapon'Andriamanitra sy hazoto hanao izany. Nasehony tamin'izany izay tokony hataon' izy ireo mba ho voavonjy rehefa handringana Andriamanitra.

Nila nitandrina ireo mpianatra mba tsy ho variana tamin'ireo 'zavatra tany aoriany', izany hoe ny zavatra teo amin'ilay tontolo nisy azy ireo. Hoy i Jesosy: "Amin'izany andro izany, izay eo an-tampon-trano aoka tsy hidina haka ny entany ao an-trano, ary izay any an-tsaha aoka koa tsy hiverina any amin'izay zavatra any aoriany. Tsarovy ny vadin'i Lota." (Lioka 17: 31, 32) Lasa vongan-tsira izy.

Mbola niresaka an'izay hitranga mandritra ny fotoana anjakan'ny Zanak'olona i Jesosy, ka hoy izy tamin'ny mpianany: "Amin'izany alina izany, dia hisy roa lahy iray fandriana: Ny iray hoentina ary ny iray havela." (Lioka 17:34) Hisy ho voavonjy àry, fa hisy kosa havela na hamoy ny ainy.

Nanontany ireo mpianatra hoe: "Aiza izany, Tompo ô?" Hoy i Jesosy: "Any amin'izay misy ny faty, dia any koa no hiangonan'ny voromahery." (Lioka 17:37) Ho toy ny voromahery mahita lavitra ireo ho voavonjy. Hiangona eo amin'ilay tena Kristy na ny Zanak'olona izy ireo. Homen'i Jesosy fahamarinana mamonjy aina ireo mpianany manam-pinoana ireo, amin'izay.



---

◊ Nahoana ilay Fanjakana no azo lazaina fa teo afovoan'ireo Fariseo?

◊ Nahoana ny fanatrehan'i Kristy no ho toy ny tselatra?

◊ Nahoana ny mpianatr'i Jesosy no tokony ho mailo mandritra ny fanatrehan'ny Zanak'olona?

# TENA ILAINA NY MIVAVAKA SY MANETRY TENA

LIOKA 18:1-14

Efa nisy fanoharana nolazain'i Jesosy mba hampirisihana ny mpianany ho be fikirizana rehefa mivavaka. (Lioka 11:5-13) Nilaza fanoharana hafa izy mba hanamafisana fa ilaina ny tsy mitsahatra mivavaka. Tao Samaria na Galilia angamba izy tamin'izay.

Hoy izy: "Nisy mpitsara tsy matahotra an'Andriamanitra sady tsy mena-maso olona, tao amin'ny tanàna iray. Ary nisy vehivavy mpitondratena koa tao, izay nandeha tany aminy foana, nanao hoe:



'Mba ataovy re izay hahazoako rariny amin'ilay manana ady amiko any amin'ny fitsarana e!' Tsy nety ilay mpitsara, nandritra ny fotoana elaela. Tatỳ aoriana anefa, dia hoy izy anakampo: 'Na dia tsy matahotra an'Andriamanitra sy tsy menamaso olona aza aho, dia homeko rariny ihany io vehivavy io fa manelingelina ahy tsy misy farany. Amin'izay dia tsy ho tonga lava eto hanorisory ahy izy ka tsy ho zakako intsony.'"—Lioka 18:2-5.

Nanazava i Jesosy avy eo hoe: "Henoy izany tenin'ilay mpitsara izany, nefa izy olona tsy marina. Tsy hataon'Andriamanitra tokoa ve izay hampiharana ny rariny amin'ny olom-boafidiny izay mitaraina aminy andro aman'alina, na dia mahari-po amin'ireo aza izy?" (Lioka 18:6, 7) Inona àry no tian'i Jesosy haseho momba ny Rainy?

Tsy te hilaza i Jesosy hoe mitovy amin'ilay mpitsara tsy manao ny marina i Jehovah. Te hilaza kosa izy hoe: Raha ilay mpitsara tsy manao ny marina aza namaly ny fangatahan'ilay mpitondratena rehefa tsy nitsahatra nangataka izy io, tsy mainka ve fa Andriamanitra! Manao ny marina sy tsara fanahy izy, ary hamaly ny vavaky ny mpanompony raha tsy mitsahatra mivavaka izy ireo. Hoy mantsy i Jesosy: 'Lazaiko aminareo fa hataon'Andriamanitra haingana izay hampiharana ny rariny amin'izy ireo.'—Lioka 18:8.

Matetika no tsy omena rariny ny olona ambany sy ny mahantra, fa ny manana fahefana sy ny manankarena no omena tombony. Tsy manao toy izany Andriamanitra. Hanao ny rariny izy amin'ny fotoana mety, ka hosaziny ny ratsy fanahy fa homeny fiainana mandrakizay ny mpanompony.

Iza no manam-pinoana toy ny an'ilay mpitondratena? Firy no tena mino fa 'hataon'Andriamanitra haingana izay hampiharana ny rariny amin'izy ireo'? Vao avy nilaza fanoharana i Jesosy mba hampisehoana fa ilaina ny tsy mitsahatra mivavaka. Hoy koa izy: 'Rehefa tonga ny Zanak'olona, tena hahita finoana toy izany etỳ an-tany ve izy?' (Lioka 18:8) Te hilaza izy fa mety ho vitsy no tena hino hoe manan-kery ny vavaka, rehefa ho tonga i Kristy.

Nihevitra ny olona sasany nihaino an'i Jesosy fa efa nanana finoana matanjaka. Nihevi-tena ho marina izy ireo ary nanambany ny hafa. Nilaza izao fanoharana izao tamin'izy ireo i Jesosy:

"Nisy roa lahy niakatra nankao amin'ny tempoly mba hivavaka. Ny anankiray Fariseo ary ny anankiray mpamory hetra. Dia nitsangana ilay Fariseo ka nivavaka anakampo hoe: 'Andriamanitra ô, misaotra anao aho fa tsy mba toy ny olon-kafa rehetra izay mpanao an-keriny, tsy marina, mpanitsakitsabady, na toa an'itsy mpamory hetra itsy akory aza. Mifady hanina indroa isan-kerinandro aho, ary ma-

nome ny ampahafolon'ny zava-drehetra azoko.' "—Lioka 18:10-12.

Nalaza ho niseho ho marina sy tia nampiseho izany teny imasom-bahoaka ny Fariseo. Te hanaitra ny hafa izy ireo. Isaky ny alatsinainy sy alakamisy izy ireo no nifady hanina satria ireo no andro tsena, ka maro no nahita azy. Nanome ny ampahafolon'ny zavamaniry madinika mihitsy aza izy ireo. (Lioka 11:42) Nampiseho ny fankahalany ny sarambabem-bahoaka ny Fariseo, volana vitsivitsy talohan'izay. Nilaza izy ireo fa "olom-boaozona ireo vahoaka tsy mahalala ny Lalàna [ny fanazavan'izy ireo ny Lalàna]."—Jaona 7:49.

Hoy ihany i Jesosy: "Nijoro lavidavitra kosa ilay mpamory hetra, ary tsy sahy niandrandra ny lanitra, fa nikapo-tratra foana ka nanao hoe: 'Andriamanitra ô, mamindrà fo amiko mpanota.' " Nanetry tena sy niaiky fahadisoana izy. Hoy i Jesosy: "Lazaiko aminareo fa izany lehilahy izany no hita fa marina noho ilay anankiray, rehefa nidina tany an-tranony. Fa izay manandra-tena no haetry, ary izay manetry tena no hasandratra."—Lioka 18:13, 14.

Nasehon'i Jesosy mazava àry fa ilaina ny manetry tena. Tena nilain'ny mpianany izany, satria mpanamarin-tena ny Fariseo teo amin'ilay fiarahamonina nahalehibe azy ireo sady nanasongadina toerana ambony. Mila manetry tena koa izay rehetra manara-dia an'i Jesosy.



◇ Inona no tian'i Jesosy hampitaina tamin'ilay fanoharany momba an'ilay mpitsara sy mpitondratena?
◇ Inona ilay finoana tian'i Jesosy ho hita rehefa ho tonga izy?
◇ Inona ilay toetra mampiavaka ny Fariseo nefa tsy tokony hananan'ny mpanara-dia an'i Jesosy?

# NY FISARAHAM-PANAMBADIANA SY NY FITIAVANA NY ANKIZY

MATIO 19:1-15 MARKA 10:1-16 LIOKA 18:15-17

Avy tany Galilia i Jesosy sy ny mpianany, niampita ny Reniranon'i Jordana, ary nianatsimo namakivaky an'i Pere. Efa noresahin'i Jesosy tamin'ny Fariseo ny fitsipik'Andriamanitra momba ny fisaraham-panambadiana, tamin'izy tany Pere farany. (Lioka 16:18) Nanontany azy momba izany izy ireo izao mba hitsapana azy.

Nanoratra i Mosesy fa azo nisarahana ny vehivavy iray raha nahitana "zavatra manafintohina." (Deoteronomia 24:1) Tsy nitovy ny antony nolazain'ny olona fa azo nisarahana. Nisy nihevitra fa na zavatra kely aza dia azo nisarahana. Hoy àry ny Fariseo: "Azon'ny lehilahy atao ve ny misaraka amin'ny vadiny na inona na inona antony?"—Matio 19:3.

Nahay namaly i Jesosy ka tsy ny hevitr'olombelona no noresahiny fa ny fikasan'Andriamanitra momba ny fanambadiana. Hoy izy: "Mbola tsy novakinareo ve fa izay namorona ny olona, dia nanao azy ho lahy sy vavy, tany am-piandohana, ka nilaza hoe: 'Noho izany, ny lehilahy dia handao ny rainy sy ny reniny ka hikambana amin' ny vadiny, ary ho nofo iray ihany izy roa'? Koa tsy roa intsony izy, fa nofo iray ihany. Aoka àry izay nampiraisin'Andriamanitra zioga, tsy hosarahin' olona." (Matio 19:4-6) Tsy nanao fandaharana momba ny hisarahan'i Adama sy Eva Andriamanitra, rehefa nanambatra azy ireo ho mpivady.

Hoy anefa ny Fariseo: "Nahoana àry i Mosesy no nandidy ny lehilahy mba hanome taratasy fisaraham-panambadiana rehefa misaraka amin' ny vadiny?" (Matio 19:7) Hoy i Jesosy: "Noho ny hamafin'ny fonareo no namelan'i Mosesy anareo lehilahy hisara-panambadiana, fa tsy mba toy izany tany am-piandohana." (Matio 19:8) Tsy tamin'ny andron'i Mosesy io 'fiandohana' io, fa tamin'i Jehovah namorona ny fanambadiana tany Edena.

Nilaza izao zava-dehibe izao i Jesosy avy eo: "Lazaiko aminareo fa izay misaraka amin'ny vadiny ka manambady olon-kafa, dia manitsakitsa-bady, raha tsy hoe noho ny fijangajangana [grika: *pôrneia*] ihany angaha no antony isarahany." (Matio 19:9) Ny fijangajangana ihany àry no antony azo isarahana, araka ny Soratra Masina.

Hoy àry ny mpianatra: "Aleo tsy manambady raha izany no mahazo ny lehilahy manambady." (Matio 19:10) Tokony hitadidy izay mieritreritra ny hanambady fa maharitra mandrakizay ny fanambadiana.

Nanazava i Jesosy fa misy tsy manambady satria manan-takaitra hatrany an-kibon-dreniny ka tsy afaka manao firaisana. Ny hafa indray novosirina. Misy koa mifehy ny faniriany hanao firaisana ka mijanona ho mpitovo, mba hahafahany hifantoka kokoa amin'ny asan'ilay Fanjakana. Nampirisika ny mpihaino azy i Jesosy hoe: "Izay afaka mitoetra ho tsy manambady, dia aoka izy hanao izany."—Matio 19:12.

Nitondra ny zanany teo amin'i Jesosy ny olona tamin'izay. Nibedy azy ireny anefa ny mpianatra, angamba satria tsy tiany ho voahelingelina i Jesosy. Tezitra tamin'ny mpianatra i Jesosy ka nilaza hoe: "Avelao ny zaza hanatona ahy fa aza mitady hisakana azy, fa an'izay toa azy ny fanjakan'Andriamanitra. Lazaiko aminareo marina tokoa fa izay tsy mandray ny fanjakan'Andriamanitra toy ny ataon'ny zaza, dia tsy ho tafiditra ao mihitsy."—Marka 10:14, 15; Lioka 18:15.

Lesona tsara tokoa izany! Tokony hanetry tena sy ho mora ampianarina toy ny ankizy isika, raha te hiditra ao amin'ny Fanjakan'Andriamanitra. Nasehon'i Jesosy avy eo fa tiany ny ankizy ka notrotroiny sy notsofiny rano. Tiany koa izay rehetra "mandray ny fanjakan'Andriamanitra toy ny ataon'ny zaza."—Lioka 18:17.

# 95

• NILAZA NY FIHEVERAN'ANDRIAMANITRA NY FISARAHAM-PANAMBADIANA I JESOSY
• FANOMEZANA NY FIJANONANA HO MPITOVO
• ILAINA NY MANAHAKA NY ANKIZY



◊ Inona no nataon'ny Fariseo mba hitsapana an'i Jesosy tamin'ny resaka fisaraham-panambadiana?
◊ Inona no nolazain'i Jesosy fa fitsipik'Andriamanitra momba ny fisaraham-panambadiana?
◊ Nahoana ny mpianatr'i Jesosy sasany no nifidy ny tsy hanambady?
◊ Inona no tian'i Jesosy hampianarina rehefa nandray tsara an'ireo ankizy izy?

# NAMALY NY FANONTANIAN'NY TOVOLAHY IRAY MPANANKARENA I JESOSY

MATIO 19:16-30  MARKA 10:17-31  LIOKA 18:18-30

Namakivaky an'i Pere i Jesosy mba ho any Jerosalema. Nihazakazaka nanatona azy ny tovolahy iray mpanankarena ka nandohalika teo anatrehany. "Olona ambony" izy io, angamba mpitantana tao amin'ny synagoga na anisan'ny Fitsarana Avo Jiosy. Hoy izy: "Mpampianatra tsara ô, inona no hataoko mba handovako fiainana mandrakizay?" —Lioka 8:41; 18:18; 24:20.

Namaly i Jesosy hoe: "Nahoana aho no antsoinao hoe tsara? Tsy misy tsara afa-tsy iray ihany, dia Andriamanitra." Nataon'ilay tovolahy anaramboninahitra ilay hoe "tsara", toy ny fanaon'ny raby. Marina fa mpampianatra tsara i Jesosy. Nampahafantariny azy io anefa fa Andriamanitra irery no mendrika hantsoina hoe "Tsara."

Hoy i Jesosy tamin'ilay tovolahy: "Raha te hiditra any amin'ny fiainana anefa ianao, dia tandremo hatrany ny didy." Dia hoy izy: "Inona avy izany?" Nanonona ny dimy tamin'ny Didy Folo i Jesosy, dia ny hoe aza mamono olona, aza manitsakitsa-bady, aza mangalatra, aza mijoro ho vavolombelona mandainga, ary hajao ny rainao sy ny reninao. Nilaza didy lehibe kokoa izy avy eo hoe: "Tiavo ny namanao tahaka ny tenanao."—Matio 19: 17-19.

Hoy ilay tovolahy: "Efa notandremako avokoa izany rehetra izany, ka inona no mbola tsy ampy amiko?" (Matio 19:20) Nihevitra angamba izy fa nila nanao zavatra miavaka mba hahasoa ny hafa, vao ho afaka hiaina mandrakizay. Tsapan'i Jesosy fa niriny mafy ny zavatra nangatahiny, ka "tia azy" izy. (Marka 10:21) Nisy sakana lehibe anefa.

Niraiki-po tamin'ny fananany ilay tovolahy ka hoy i Jesosy: "Zavatra iray sisa no mbola tsy nataonao: Mandehana amidio ny fanananao ka omeo ny mahantra, dia hanana harena any an-danitra ianao, ary andao hanara-dia ahy." Afaka nizara ny volany tamin'ny mahantra tsy nanan-kavaly izy ary nanara-dia an'i Jesosy avy eo. Nitsangana sy



lasa tamin'alahelo anefa izy, ka nety ho nalahelo i Jesosy nahita azy. Niraiki-po tamin'ny 'fananany maro' na ny harenany ilay tovolahy ka tsy nahita ny tena harena. (Marka 10:21, 22) Hoy i Jesosy: "Ho sarotra tokoa ny hidiran'ny mpanam-bola ao amin'ny fanjakan'Andriamanitra!"—Lioka 18:24.

Nahagaga ny mpianatra izany sy ny tenin'i Jesosy taorian'izay hoe: "Mora kokoa ny hidiran'ny rameva ao amin'ny vodifanjaitra, noho ny hidiran' ny mpanankarena ao amin'ny fanjakan'Andriamanitra." Hoy àry izy ireo: "Koa hisy ho voavonjy ve raha izany?" Tsy hisy ho voavonjy tokoa ve satria tsy mora izany? Nibanjina azy ireo i Jesosy ka niteny hoe: "Ny zavatra tsy hain'olombelona dia hain'Andriamanitra."—Lioka 18:25-27.

Nilaza i Petera fa tsy toy ny safidin'ilay tovolahy ny safidin'izy ireo. Hoy izy: "Izahay efa nahafoy ny zava-drehetra ary nanaraka anao, koa inona no ho azonay?" Hahazo valisoa izy ireo satria nanao safidy tsara. Hoy i Jesosy momba izany: "Amin'ny fotoanan'ny fanavaozana, dia hipetraka eo ambony seza fiandrianany be voninahitra ny Zanak'olona. Amin'izay fotoana izay dia hipetraka eo ambony seza fiandrianana roa ambin'ny folo koa ianareo izay efa nanaraka ahy, ka hitsara ny foko roa ambin'ny folon'ny Israely."—Matio 19:27, 28.

Mazava ho azy fa ny fanavaozana ho avy no tao an-tsain'i Jesosy. Hohavaozina ho toy ny tany Edena mantsy ny fiainana eto an-tany. Tsy ho very maina ny sorona nataon'i Petera sy ny mpianatra hafa, satria hovalian-tsoa izy ireo. Hiara-manjaka amin'i Jesosy izy ireo ka hitondra ny tany lasa Paradisa.

Tsy amin'ny hoavy daholo anefa ny valisoa. Efa nahazo ny sasany tamin'izany ny mpianatra. Hoy i Jesosy: "Tsy misy olona efa nahafoy trano na vady na rahalahy na ray aman-dreny na zanaka noho ny fanjakan'Andriamanitra, ka tsy hahazo be lavitra amin'izao andro izao, ary fiainana mandrakizay ao amin'ilay tontolo ho avy."—Lioka 18:29, 30.

Afaka nankafy ny fiarahana tamin'ny mpiray finoana tokoa ny mpianatr'i Jesosy, na taiza na taiza. Akaiky kokoa sy sarobidy kokoa tamin'izy ireo noho ny fianakaviany izy ireny. Toa tsy nahazo an' izany fitahiana izany kosa ilay tovolahy mpanankarena, sady tsy hanjaka ao amin'ny Fanjakan' Andriamanitra any an-danitra.

Hoy koa i Jesosy: "Maro anefa ny voalohany no ho farany, ary ny farany ho voalohany." (Matio 19:30) Inona no dikan'izany?

Anisan'ireo "voalohany" ilay tovolahy satria anisan'ny mpitarika teo amin'ny Jiosy. Mpankatò ny didin'Andriamanitra izy, ka azo nantenaina hahavita zavatra betsaka. Ny harena sy ny fananana anefa no nataony loha laharana. Tsy toy izany kosa ny sarambabem-bahoaka, izay nahatsapa fa nahita ny marina sy ny lalana mankany amin'ny fiainana, rehefa nampianarin'i Jesosy. Toy ny hoe "farany" izy ireo nefa lasa "voalohany." Afaka manantena ny hipetraka eo amin'ny seza fiandrianana any an-danitra miaraka amin'i Jesosy izy ireo, ka hitondra ny tany lasa Paradisa.

---

◊ Iza ilay tovolahy nanatona an'i Jesosy?

◊ Nahoana i Jesosy no tsy nety nantsoina hoe "tsara"?

◊ Inona no valisoa nampanantenain'i Jesosy an'ireo mpanara-dia azy?

◊ Nahoana no lasa "voalohany" ny "farany", ary ny "farany" lasa "voalohany"?

# FANOHARANA MOMBA IREO MPIASA TAO AN-TANIMBOALOBOKA

MATIO 20:1-16

Tao Pere i Jesosy ary avy nilaza hoe: 'Maro ny voalohany no ho farany, ary ny farany ho voalohany.' (Matio 19:30) Nilaza fanoharana momba ny mpiasa tao an-tanimboaloboka izy mba hanamafisana an'izany.

Hoy izy: "Ny fanjakan'ny lanitra dia tahaka ny lehilahy iray nanana tanimboaloboka. Ary nivoaka vao maraina izy mba hanakarama olona hiasa ny tanimboalobony. Ary karama denaria iray isan' andro no nifanekeny tamin'ny mpiasa, dia nalefany nankany an-tanimboalobony izy ireo. Nivoaka indray ralehilahy tamin'ny ora fahatelo teo ho eo, ka nahita olon-kafa nijorojoro fotsiny teny an-tsena. Ary hoy izy tamin'ireo: 'Mandehana any an-tanimboaloboka koa ianareo, dia homeko anareo izay karama ara-drariny tokony ho anareo.' Ary lasa nandeha ireo. Dia nivoaka indray ralehilahy tamin'ny ora fahenina sy fahasivy teo ho eo, ary mbola nanao toy izany koa. Tamin'ny farany, dia nivoaka izy tamin'ny ora fahiraika ambin'ny folo teo ho eo ka nahita olon-kafa nijorojoro, ary hoy izy: 'Nahoana ianareo no nijorojoro fotsiny teto androany tontolo?' Dia hoy ireo taminy: 'Satria tsy nisy nanakarama anay.' Ary hoy ralehilahy: 'Mandehana any an-tanimboaloboka koa ianareo.'"—Matio 20:1-7.

Azo inoana fa i Jehovah Andriamanitra no tonga tao an-tsain'ireo nihaino an'i Jesosy rehefa nandre an'ilay hoe "ny fanjakan'ny lanitra dia tahaka ny lehilahy iray nanana tanimboaloboka." Milaza ny Baiboly fa toy ny tompon'ny tanimboaloboka iray i Jehovah, ary ny firenen'Israely ilay tanimboaloboka. (Salamo 80:8, 9; Isaia 5:3, 4) Toa an'ireo mpiasa tao ny olona nanaovana ny fifaneken'ny Lalàna. Tsy zavatra efa lasa anefa no noresahin'i Jesosy fa zava-nitranga tamin'ny androny.

Noheverina ho misasatra tsy an-kijanona amin' ny asan'Andriamanitra ny mpitondra fivavahana, toa an'ireo Fariseo vao nitsapa an'i Jesosy tamin' ny resaka fisaraham-panambadiana. Toy ireo niasa tontolo andro izy ireo ka nanantena karama feno, izany hoe denaria iray ho an'ny andro iray.

Nihevitra ny mpisorona sy ny mpitondra fivavahana hafa fa kely kokoa ny fanompoana ataon'ny sarambabem-bahoaka, ka toy ireo niasa tapa-potoana tao an-tanimboaloboka izy ireo. Izy ireo no toy ireo nanomboka tamin'ny "ora fahatelo teo ho eo" (9.00 maraina) sy ireo nanomboka tamin'ny ora fahenina sy fahasivy ary fahiraika ambin'ny folo (5.00 hariva).

Noheverina ho "olom-boaozona" ireo nanara-dia an'i Jesosy. (Jaona 7:49) Nanarato na nanao asa vatana hafa izy ireny, tamin'ny ankamaroan'ny fotoanany. Naniraka an'i Jesosy hiantso azy ireny i Jehovah, ilay tompon'ny tanimboaloboka, tamin' ny faramparan'ny taona 29. Nasaina hiasa ho an' Andriamanitra ireny mpianatr'i Kristy ireny. Izy ireny no "farany", izany hoe ireo nanomboka niasa tamin'ny ora fahiraika ambin'ny folo.

Hoy i Jesosy namarana an'ilay fanoharana: "Ary nony hariva ny andro, dia hoy [ilay lehilahy] tamin' ny lehiben'ny mpiasany: 'Antsoy ny mpiasa ary aloavy ny karamany, ka aseseo avy any amin'ny farany mankany amin'ny voalohany.' Rehefa tonga ireo mpiasa izay nanomboka tamin'ny ora fahiraika ambin'ny folo, dia samy nahazo denaria iray avy. Koa rehefa tonga ireo niasa voalohany, dia nihevitra ny hahazo bebe kokoa. Denaria iray isan' olona koa anefa no azony. Koa nimenomenona tamin'ilay tompon'ny tanimboaloboka izy ireo nony nahazo izany, ka nilaza hoe: 'Tsy niasa afa-tsy adiny iray monja ireo farany ireo, kanefa nampitovinao karama aminay. Izahay anefa nisasatra tontolon'ny andro sy niaritra ny hafanana mandoro!' Dia hoy izy tamin'ny iray tamin'ireo: 'Ry sakaiza, tsy manao ny tsy rariny aminao aho. Tsy denaria iray ve no nifanekenao tamiko? Raiso ny anao ka mandehana. Tiako homena toy ny anao ireo farany ireo. Tsy mahazo manao izay tiako amin'ny fananako angaha aho? Sa ianao mialona satria tsara fa-



nahy tamin'ireo sasany ireo aho?' Dia toy izany no hahatonga ny farany ho voalohany, ary ny voalohany ho farany."—Matio 20:8-16.

Nety ho nieritreritra momba an'io tapany farany amin'ilay fanoharana io ny mpianatra. Ahoana no hahatonga ny mpitondra fivavahana jiosy ho "farany", nefa izy ireo nihevitra fa "voalohany"? Ahoana no hahatonga ny mpianatra ho "voalohany"?

Ho lasa "voalohany" na hahazo karama feno ny mpianatr'i Jesosy, izay noheverin'ny Fariseo sy ny hafa ho "farany." Nolavin'Andriamanitra i Jerosalema rehefa maty i Jesosy. Nifidy firenena vaovao kosa izy, dia ny "Israelin'Andriamanitra." (Galatianina 6:16; Matio 23:38) Ireo anisan'io firenena io no tao an-tsain'i Jaona Mpanao Batisa, rehefa niresaka batisa amin'ny fanahy masina izy. Ireo "farany" no voalohany hatao batisa amin'ny fanahy masina sy homena tombontsoa ho vavolombelon' i Jesosy "any amin'ny faritra lavitra indrindra amin'ny tany." (Asan'ny Apostoly 1:5, 8; Matio 3: 11) Takatry ny mpianatra ilay fiovana lehibe noresahin'i Jesosy, ka tsinjony fa tena tsy ho faly amin' izy ireo ny mpitondra fivavahana, izay lasa "farany."

◇ Nahoana isika no milaza fa i Jehovah ilay tompon'ny tanimboaloboka? Iza ireo "mpiasa"?
◇ Inona no fiovana lehibe noresahin'i Jesosy tao amin'ilay fanoharana?
◇ Oviana io fiovana io no lasa niharihary?

# TE HO AMBONY INDRAY IREO APOSTOLY

MATIO 20:17-28 MARKA 10:32-45 LIOKA 18:31-34



Niampita ny Reniranon'i Jordana teo akaikin'i Jeriko i Jesosy sy ny mpianany, rehefa hifarana ny diany nianatsimo avy tany Pere nankany Jerosalema. Nisy olon-kafa koa niara-dia tamin' izy ireo mba hamonjy ny Paska taona 33.

Nialoha an'ireo mpianatra i Jesosy, satria tena te ho tonga ara-potoana tany Jerosalema mba hankalaza ny Paska. Natahotra anefa ny mpianatra. Rehefa maty i Lazarosy talohan'izay ary tany Pere i Jesosy ka ho any Jodia, dia hoy i Tomasy tamin'ny mpianatra hafa: "Andao koa isika handeha, mba hiara-maty aminy." (Jaona 11:16, 47-53) Nampidi-doza àry ny nankany Jerosalema, ary ara-dalàna raha natahotra ny mpianatra.

Tian'i Jesosy ho vonona amin'izay hitranga ny mpianany, ka niresahany mitokana hoe: "Miakatra ho any Jerosalema isika izao. Ary hatolotra amin'ny lehiben'ny mpisorona sy ny mpanoradalàna ny Zanak'olona, ka homelohiny ho faty, dia hatolony amin'ireo hafa firenena ka hataon'ireo ho fihomehezana sy hokaravasiny ary hofantsihany amin'ny hazo fijaliana. Ary hatsangana izy amin'ny andro fahatelo."—Matio 20: 18, 19.

Fanintelony amin'io i Jesosy no nilaza tamin' ny mpianany fa ho faty izy ary hatsangana amin'ny maty. (Matio 16:21; 17:22, 23) Nilaza izy tamin'io fa hofantsihana amin'ny hazo fijaliana. Tsy azon'izy ireo anefa ny tiany holazaina. Nanantena angamba izy ireo fa haorina indray eto an-tany ny fanjakan'ny Israely, ary te hahazo voninahitra miaraka amin'i Kristy ao amin'izany fanjakana izany izy ireo.

Niara-dia tamin-dry Jesosy ny renin'i Jakoba sy Jaona, izay angamba i Salome. Nomen'i Jesosy anarana hoe "Zanaky ny Varatra" ireo apostoly ireo satria nafana fo be. (Marka 3:17; Lioka

9:54) Te hahazo toerana ambony ao amin'ny Fanjakan'i Kristy izy roa lahy, nandritra ny fotoana elaela. Fantatry ny reniny izany ka te hanao zavatra ho azy ireo izy. Nankany amin'i Jesosy àry izy, ka niankohoka teo aminy mba hangataka zavatra. Hoy i Jesosy: "Inona no tadiavinao?" Hoy izy: "Aoka re ireto zanako ireto mba hipetraka eo anilanao e, ka ny iray eo ankavananao, ary ny iray eo ankavianao, ao amin'ny fanjakanao."—Matio 20:20, 21.

Fangatahan'i Jakoba sy Jaona ilay izy raha ny marina. Vao avy nilaza i Jesosy fa halam-baraka sy hatao tsinontsinona izy, ka hoy izy: "Tsy fantatrareo izay angatahinareo. Hainareo ve ny hisotro amin'ny kaopy efa madiva hisotroako?" Hoy izy roa lahy: "Hainay." (Matio 20:22) Toa tsy tena azon'izy ireo anefa ny dikan'izany.

Niteny tamin'izy ireo i Jesosy hoe: "Hisotro amin'ny kaopiko tokoa ianareo. Fa ny hipetraka eo ankavanako sy eo ankaviako, dia tsy anjarako ny manome izany. Fa ho an'izay efa nanomanan'ny Raiko azy ihany izany toerana izany." —Matio 20:23.

Tezitra ny apostoly hafa rehefa nandre ny fangatahan'i Jakoba sy Jaona. Izy roa lahy ireo angamba no tena sahy niresaka ny heviny, rehefa niady hevitra momba an'izay lehibe indrindra ireo apostoly talohan'izay. (Lioka 9:46-48) Nanoro hevitra azy ireo mba hitondra tena toy ny kely indrindra i Jesosy tamin'izay. Hita tamin'ilay fangatahan'izy roa lahy anefa hoe tsy nampihatra an'izany izy 12, fa mbola te ho ambony foana.

Tapa-kevitra ny handamina an'io adihevitra farany io sy ny disadisa vokatr'izy io i Jesosy. Niantso azy 12 lahy àry izy ka nanoro hevitra azy ireo tamim-pitiavana hoe: "Fantatrareo fa manjakazaka amin'ny firenena entiny ireo heverina ho mpitondra, ary manampatra ny fahefany ireo lehibe. Tsy mba toy izany kosa eo aminareo. Fa na iza na iza te ho lehibe aminareo dia tsy maintsy ho mpanomponareo, ary na iza na iza te ho voalohany aminareo dia tsy maintsy manompo ny rehetra."—Marka 10:42-44.

Ny tenany mihitsy no nataon'i Jesosy ohatra hotahafin'ny mpianany. Hoy izy: 'Ny Zanak'olona tsy tonga mba hotompoina fa mba hanompo, ka hanome ny ainy ho vidim-panavotana ho takalon'ny maro.' (Matio 20:28) Nanompo ny hafa nandritra ny telo taona teo ho eo i Jesosy. Mbola hanao izany izy ka ho faty ho an'ny olombelona rehetra mihitsy. Mila manana an'io toe-tsain'i Kristy io ny mpianany, izany hoe vonona hanompo ny hafa fa tsy hotompoina, ary hitondra tena toy ny kely indrindra fa tsy hitady ny ho ambony.

◊ Inona no nataon'i Jesosy mba hanampiana ny mpianany ho vonona amin'izay hitranga?

◊ Inona no nangatahin'ny apostoly roa, ary inona no vokatr'izany teo amin'ny apostoly hafa?


◊ Inona no nataon'i Jesosy mba hanitsiana an'ireo apostoly?

# NANASITRANA JAMBA SY NANAMPY AN'I ZAKAIOSY I JESOSY

MATIO 20:29-34 MARKA 10:46-52 LIOKA 18:35–19:10

Tonga tao Jeriko i Jesosy sy ireo niara-dia tamminy. Lalana iray andro teo ho eo avy tao Jerosalema i Jeriko. Azo lazaina hoe roa ny tanànan' i Jeriko. Niala iray kilaometatra mahery avy teo amin'ilay tanàna vaovao naorina tamin'ny andron'ny Romanina ilay tanàna fahiny. Nivoaka avy tao amin'ilay Jeriko iray i Jesosy sy ny vahoaka ary nanatona an'ilay Jeriko iray hafa. Nisy jamba roa mpangataka nandre ny kotaban'ny vahoaka. Bartimeo no anaran'ny iray.

Ren'i Bartimeo sy ilay namany fa nandalo i Jesosy, ka niantsoantso izy ireo hoe: "Mba iantrao izahay, ry Tompo Zanak'i Davida ô!" (Matio 20:30) Niteny mafy azy ireo mba hangina ny olona, nefa vao mainka niantsoantso izy roa lahy. Ren'i Jesosy izany ka nijanona izy ary naniraka olona hiantso azy ireo. Nankeo amin'ireo jamba àry ny olona, ka niteny tamin'ny iray hoe: "Mahereza, mitsangàna, fa miantso anao izy." (Marka 10:49) Faly be izy ka nesoriny haingana ny akanjony ivelany, ary niantsambotra nankeo amin'i Jesosy izy.



Nanontany i Jesosy hoe: "Inona no tianareo hataoko aminareo?" Namaly izy roa lahy hoe: "Mba ataovy mahiratra ny masonay, Tompo ô!" (Matio 20:32, 33) Nangoraka azy ireo i Jesosy ka nikasika ny mason'izy ireo ary niteny tamin'ilay iray hoe: "Mandehana, ny finoanao no nahasitrana anao." (Marka 10:52) Lasa nahiratra ireo jamba ka azo antoka fa nidera an'Andriamanitra. Nidera an'Andriamanitra koa ny vahoaka rehefa nahita an'izany. Nanara-dia an'i Jesosy izy roa lahy avy eo.

Nisy vahoaka be nanodidina an'i Jesosy rehefa nandalo tao Jeriko izy. Te hahita an'ilay nanasitrana ny jamba ny rehetra. Nifanesika teo amin'i Jesosy ny olona ka tsy nahatazana azy akory ny sasany. Anisan'izy ireo i Zakaiosy, lehiben'ny mpamory hetra tao Jeriko sy ny manodidina. Fohy kely izy ka tsy nahita an'izay nitranga. Nihazakazaka nialoha an'i Jesosy àry izy, ary nianika aviavidia teo amin'ilay lalana. Nahatazana tsara izy teny. Nihananatona i Jesosy ka nahita azy teny ambony hazo, ary nilaza hoe: "Ry Zakaiosy, midìna haingana, fa tsy maintsy mitoetra ao an-tranonao aho anio." (Lioka 19:5) Nidina i Zakaiosy ary nandeha haingana nankany an-tranony mba handray an'ilay vahiny manan-kaja.

Nimenomenona ny olona rehefa nahita an'izany. Nihevitra izy ireo fa mpanota i Zakaiosy ka tsy tokony hivahiny ao aminy i Jesosy. Nanambaka olona mantsy i Zakaiosy rehefa nitaky hetra ka lasa nanan-karena.

Nimenomenona toy izao ny olona rehefa niditra ny tranon'i Zakaiosy i Jesosy: "Lasa niantrano ao amin'ny lehilahy mpanota izy." Hitan'i Je-

sosy anefa fa mety hibebaka i Zakaiosy, ary tsy diso hevitra izy. Nitsangana i Zakaiosy ary niteny taminy hoe: “Tompo ô, omeko ny mahantra ny antsasaky ny fananako, ary izay rehetra nalaiko tsy ara-drariny tamin’ny fanambakana dia honerako avo efatra heny.”—Lioka 19:7, 8.

Nety tsara ny fomba nanaporofoan’i Zakaiosy fa tena nibebaka izy. Nety ho nandray an-tsoratra ny hetra naloan’ny Jiosy izy, ka afaka nikajy ny hetra nalainy. Nianiana izy fa honerany avo efatra heny izay nalainy. Betsaka noho izay notakin’ny lalàn’Andriamanitra izany. (Eksodosy 22:1; Levitikosy 6:2-5) Nampanantena koa izy fa homeny ny mahantra ny antsasaky ny fananany.

Faly i Jesosy nahita hoe nibebaka i Zakaiosy, ka hoy izy: “Androany no tonga tato amin’ity trano ity ny famonjena, satria zanak’i Abrahama koa izy. Fa tonga hitady sy hamonjy ny very ny Zanak’olona.”—Lioka 19:9, 10.

Vao haingana i Jesosy no nifantoka tamin’ireo “very” ka nilaza an’ilay fanoharana momba ny zanaka very. (Lioka 15:11-24) Tena zava-misy kosa no noresahin’i Jesosy teo, dia ny momba an’i Zakaiosy izay toy ny very nefa hita indray. Nety ho nimenomenona sy nanakiana an’i Jesosy ny mpitondra fivavahana sy ny namany, noho izy niahy ny olona toa an’i Zakaiosy. Mbola nitady sy nanampy an’ireo very anisan’ny zanak’i Abrahama anefa izy.



◇ Nety ho taiza i Jesosy no nihaona tamin’ireo jamba roa mpangataka, ary inona no nataony ho azy ireo?

◇ Iza i Zakaiosy ary ahoana no nanaporofoany fa nibebaka izy?

◇ Inona no azo ianarana avy amin’izay nataon’i Jesosy tamin’i Zakaiosy?

# ILAY FANOHARANA MOMBA NY FARANTSA FOLO

LIOKA 19:11-28

Toa mbola tao amin'i Zakaiosy i Jesosy sy ny mpianany, na dia ho any Jerosalema aza. Nihevitra ny mpianatra fa hiorina tsy ho ela ny "fanjakan' Andriamanitra" ary i Jesosy no ho Mpanjaka. (Lioka 19:11) Diso hevitra izy ireo. Efa tsy azon'izy ireo koa hoe tsy maintsy ho faty i Jesosy. Nilaza fanoharana àry i Jesosy mba hahazoan'izy ireo fa mbola ho ela vao hiorina ilay Fanjakana.

Hoy i Jesosy: "Nisy andriandahy nankany antany lavitra mba handray fahefana hanjaka, dia hiverina." (Lioka 19:12) Maharitra ela ny dia toy izany. Mazava hoe i Jesosy ilay "andriandahy." Nankany "an-tany lavitra" izy, izany hoe any an-danitra. Any ny Rainy no hanome azy fahefana hanjaka.

Niantso ny mpanompony folo ilay "andriandahy" talohan'ny hiaingany. Nanome azy ireo farantsa volafotsy iray avy izy, ary niteny hoe: "Manaova raharaham-barotra mandra-pahatongako." (Lioka 19:13) Sarobidy be ny farantsa volafotsy, satria mikarama telo volana mahery ny mpamboly iray vao mahazo farantsa volafotsy iray.

Nety ho fantatry ny mpianatra fa toa an'ireo mpanompo folo tao amin'ilay fanoharana izy ireo. Efa nampitovin'i Jesosy tamin'ny mpijinja mantsy izy ireo. (Matio 9:35-38) Mazava ho azy fa tsy naniraka azy ireo hijinja ara-bakiteny izy. Tiany hitady mpianatra mba hahazo toerana ao amin'ilay Fanjakana kosa izy ireo. Mampiasa an'izay ananany mba hampitomboana ny isan'ireo handova an'ilay Fanjakana ireo mpianatra.

Hoy koa i Jesosy tao amin'ilay fanoharana: "Halan'ireo mpiray firenena taminy [ilay andriandahy]. Koa rehefa lasa izy, dia naniraka ambasadaoro ireo hilaza hoe: 'Tsy tianay ny hanjakan'iny lehilahy iny aminay.' " (Lioka 19:14) Fantatry ny mpianatra fa nanohitra an'i Jesosy ny Jiosy ary nisy aza te hamono azy. Rehefa maty sy niakatra tany an-danitra i Jesosy, dia nasehon'ny ankamaroan'ny Jiosy ny fiheveran'izy ireo azy, ka nenjehin' izy ireo ny mpianany. Nahariharin'izy ireny fa tsy tiany ho Mpanjakany i Jesosy.—Jaona 19:15, 16; Asan'ny Apostoly 4:13-18; 5:40.

Ahoana no nampiasan'ireo mpanompo folo ny farantsa nomena azy, mandra-piverin'ilay 'andriandahy nandray fahefana hanjaka'? Hoy i Jesosy: "Ary niverina izy, tatỳ aoriana, rehefa avy nandray fahefana hanjaka. Dia nampanantsoiny ireo mpanompo nomeny farantsa volafotsy, mba hahitany izay tombony azon'ireo tamin'ny raharaham-barotra. Tonga àry ny voalohany, ka nanao hoe: 'Nahazoana tombony farantsa folo ny farantsanao anankiray, tompoko.' Dia hoy izy taminy: 'Tsara izany, ry mpanompo tsara! Mendri-pitokisana tamin'ny zavatra tena madinika ianao, ka aoka hanam-pahefana amin'ny tanàna folo.' Tonga indray ny faharoa, ka nanao hoe: 'Nahazoana farantsa dimy ny farantsanao anankiray, tompoko.' Hoy koa izy tamin'io: 'Aoka koa ianao hiandraikitra tanàna dimy.' "—Lioka 19:15-19.

Inona no vokany rehefa takatr'ireo mpianatra fa toy ireo mpanompo nampiasa tsara ny fananany mba hanaovana mpianatra maro kokoa izy ireo? Afaka matoky izy ireo fa ho faly i Jesosy, ary hamaly soa azy ireo noho ny fahazotoany. Mazava ho azy fa tsy mitovy ny zavatra iainan'ny mpianatr'i Jesosy rehetra sy izay azony atao ary ny fahaizany. Miezaka foana mba hanao mpianatra anefa izy ireo, ary mankasitraka sy mitahy azy ireo i Jesosy, izay efa nahazo "fahefana hanjaka."—Matio 28: 19, 20.

Mariho kosa ny tenin'i Jesosy rehefa namarana an'ilay fanoharana: "Fa tonga kosa ny [mpanompo] anankiray, ka nanao hoe: 'Intỳ, tompoko, ny farantsanao izay notehiriziko tao anaty lamba. Natahotra anao mantsy aho, satria olona sarotsarotiny ianao, sady maka izay tsy napetrakao no mijinja izay tsy nafafinao.' Dia hoy izy taminy: 'Ny



teninao ihany no itsarako anao, ry mpanompo ratsy! Fantatrao fa olona sarotsarotiny aho, sady maka izay tsy napetrako no mijinja izay tsy nafafiko. Koa nahoana no tsy napetrakao tany amin'ny banky ny volako, mba handraisako azy mbamin'ny zanabola rehefa tonga aho?' Ary hoy izy tamin'ireo nijoro teo anilany: 'Alaivo ilay farantsa any aminy, ka omeo an'ilay manana farantsa folo.' "—Lioka 19: 20-24.

Namoy izay nananany ilay mpanompo, satria tsy nampitombo ny harena tao amin'ny fanjakan' ny tompony. Takatr'ireo apostoly fa hanjaka ao amin'ny Fanjakan'Andriamanitra i Jesosy. Angamba hitan'izy ireo avy tamin'ny teniny momba an' io mpanompo io fa raha tsy mazoto izy ireo, dia tsy hanana toerana ao amin'ilay Fanjakana.

Tsy maintsy ho nandrisika an'ireo mpianatra tsy mivadika mba hiezaka bebe kokoa ilay tenin'i Jesosy. Namarana ny teniny i Jesosy hoe: "Lazaiko aminareo fa izay manana dia homena bebe kokoa, ary izay tsy manana, na izay ananany aza halaina aminy." Nilaza koa izy fa haripaka ny fahavalony, izay 'tsy manaiky hanjakany.' Nanohy ny diany ho any Jerosalema i Jesosy avy eo.—Lioka 19:26-28.

◊ Inona no nahatonga an'i Jesosy hilaza an'ilay fanoharana momba ny farantsa folo?
◊ Iza ilay "andriandahy", ary aiza ilay toerana handehanany?
◊ Iza ireo mpanompo, ary iza ireo mpiray firenena nankahala an'ilay "andriandahy"?
◊ Inona no tsy mampitovy an'ireo mpanompo nahazo valisoa sy ilay mpanompo namoy ny farantsany?





FIZARANA

6

# NY FANOMPOAN'I JESOSY FARANY

"INY AVY INY
NY MPANJAKANAO."
—MATIO 21:5

# NISAKAFO TAO AN-TRANON'I SIMONA TAO BETANIA

MATIO 26:6-13  MARKA 14:3-9  JAONA 11:55–12:11

Nankany Betania i Jesosy rehefa niala tao Jeriko. Niaka-piakarana izy ary namakivaky lalan-dratsy 20 kilaometatra teo ho eo. Any amin'ny 250 metatra eo ho eo any *ambanin'ny* haabon'ny ranomasina i Jeriko ary any amin'ny 610 metatra eo ho eo any *ambonin'ny* haabon'ny ranomasina i Betania. Nipetraka tao Betania i Lazarosy sy ny anabaviny roa. Telo kilaometatra teo ho eo avy tao Jerosalema i Betania ary teo amin'ny ilany atsinanana amin'ny Tendrombohitra Oliva.

Maro ny Jiosy efa tonga tao Jerosalema mba hankalaza ny Paska. Tonga aloha mba "hanadio ny tenany araka ny Lalàna" izy ireo, raha sendra nikasika faty na nanao zavatra nandoto azy ireo. (Jaona 11:55; Nomery 9:6-10) Niangona tao amin'ny tempoly ny sasany taminy. Nifampiresaka izy ireo raha ho tonga hankalaza ny Paska ihany i Jesosy na tsia.—Jaona 11:56.

Samy nanana ny heviny momba an'i Jesosy ny olona. Nisy mpitondra fivavahana te hisambotra sy hamono azy. Efa nanome baiko aza izy ireo hoe izay mahalala ny misy an'i Jesosy dia tokony hilaza, "mba hisamboran'izy ireo azy." (Jaona 11:57) Efa nanandrana namono an'i Jesosy izy ireo taorian'ny nananganany an'i Lazarosy tamin'ny maty. (Jaona 11:49-53) Ara-dalàna raha nisalasala ny olona hoe hiseho vahoaka i Jesosy sa tsia.

Tonga tao Betania i Jesosy ny zoma, "enina andro talohan'ny Paska." (Jaona 12:1) Tamin'ny filentehan'ny masoandro no nanomboka ny andro manaraka, dia ny Sabata 8 Nisana. Tonga talohan'ny Sabata àry i Jesosy. Tsy nahazo niainga tany Jeriko tamin'ny Sabata izy, izany hoe ny zoma amin'ny filentehan'ny masoandro ka hatramin'ny asabotsy amin'ny filentehan'ny masoandro. Voararan'ny lalàna jiosy izany. Azo inoana fa nankao amin-dry Lazarosy izy, toy ny nataony taloha.

Nanasa an'i Jesosy sy ny namany hisakafo i Simona, mponina tao Betania, ny asabotsy hariva.



Nasainy koa i Lazarosy. Antsoina hoe "Simona boka" i Simona, satria angamba boka izy fa nositranin'i Jesosy. Vehivavy mazoto miasa i Marta ka izy no nikarakara ny vahiny. Nanao zavatra manokana ho an'i Jesosy kosa i Maria, ary niteraka adihevitra izany.

Nanokatra tavoahangy vatosanga na tavoahangy kely i Maria. Nisy "menaka manitra nilanja iray livatra" tao, ary "narda tena izy ilay menaka." (Jaona 12:3) Lafo be ilay izy satria nitovy vidy tamin'ny karama herintaona teo ho eo, izany hoe denaria 300. Nararak'i Maria tamin'ny lohan'i Jesosy sy ny tongony ilay menaka. Nofafany tamin'ny volondohany ny tongotr'i Jesosy avy eo. Namerovero eran'ny trano ilay menaka.

Tezitra ny mpianatra ary nanontany hoe: "Nahoana no lanilanina foana toy izao iny menaka manitra iny?" (Marka 14:4) I Jodasy Iskariota aza niteny hoe: "Fa nahoana no tsy namidy denaria telonjato iny menaka manitra iny, ka nomena ny



mahantra?" (Jaona 12:5) Tsy tena niahy ny mahantra anefa izy, fa nangalatra ny tao amin'ny boatim-bolan'ny mpianatra.

Niaro an'i Maria i Jesosy ka niteny hoe: "Nahoana ianareo no mitady hanorisory an-dravehivavy? Tsara ny nataony tamiko. Fa eo aminareo foana ny mahantra, fa izaho kosa tsy ho eo aminareo foana. Nanisy an'iny menaka manitra iny tamin'ny vatako izy, mba hanomanana ny fandevenana ahy. Lazaiko aminareo marina tokoa fa na aiza na aiza itoriana ity vaovao tsara ity eran'izao tontolo izao, dia holazaina koa ny nataon-dravehivavy, ho fahatsiarovana azy."—Matio 26:10-13.

Efa iray andro mahery izay i Jesosy no tao Betania, ary niely ny feo hoe tao izy. Maro ny Jiosy tonga tao amin'i Simona mba hijery an'i Jesosy sady hijery an'i Lazarosy, "ilay natsangany tamin'ny maty." (Jaona 12:9) Nitady hevitra hamonoana an'i Jesosy sy Lazarosy ireo lehiben'ny mpisorona. Nihevitra izy ireo fa nahatonga olona maro hino an'i Jesosy ny nananganana an'i Lazarosy. Ratsy saina tokoa ireo mpitondra fivavahana ireo!

---

◊ Inona no noresahin'ny Jiosy tao amin'ny tempoly?
◊ Nahoana i Jesosy no tsy maintsy tonga tao Betania ny zoma fa tsy ny asabotsy?
◊ Inona no nataon'i Maria ka nahatonga adihevitra, ary inona no nolazain'i Jesosy mba hiarovana azy?
◊ Inona no mampiseho fa ratsy saina ireo lehiben'ny mpisorona?

# NIDITRA TAO JEROSALEMA NITAINGINA ZANAK'AMPONDRA ILAY MPANJAKA

MATIO 21:1-11, 14-17 MARKA 11:1-11 LIOKA 19:29-44 JAONA 12:12-19

Niala tao Betania mba ho any Jerosalema i Jesosy sy ny mpianany ny ampitso, izany hoe ny alahady 9 Nisana. Hoy i Jesosy tamin'ny mpianany roa, rehefa nanakaiky an'i Betifaga teo amin'ny Tendrombohitra Oliva izy ireo:

"Mankanesa ao amin'irỳ tanàna kely tazanareo irỳ. Tonga dia hahita ampondra mifatotra miaraka amin'ny zanany ianareo. Vahao ireo ka ento etỳ amiko. Ary raha misy manontany anareo, dia lazao hoe: 'Misy ilan'ny Tompo azy.' Dia halefany avy hatrany ireo."—Matio 21:2, 3.

Tsy fantatry ny mpianatra fa nisy ifandraisany tamin'ny faminaniana ny toromarik'i Jesosy. Takatr'izy ireo anefa tatỳ aoriana fa tanteraka ilay faminanian'i Zakaria hoe hiditra ao Jerosalema ilay Mpanjaka nampanantenain'Andriamanitra. 'Hanetry tena' io Mpanjaka io, 'ary hitaingina ampondra, dia zanaky ny ampondravavy.'—Zakaria 9:9.

Tonga tao Betifaga ny mpianatra ary naka an' ilay zanak'ampondra sy ny reniny. Nisy nanontany azy ireo hoe: "Fa maninona no vahanareo io zanak' ampondra io?" (Marka 11:5) Navelan'ny olona hoentina ireo biby rehefa fantany hoe nilain'i Jesosy. Nataon'ny mpianatra teo ambonin'ilay ampondra sy ny zanany ny akanjon'izy ireo. Ilay zanak'ampondra anefa no nitaingenan'i Jesosy.

Nihabetsaka ny olona rehefa nihananakaiky an'i Jerosalema i Jesosy. Maro no namelatra ny akanjony teny an-dalana. Nisy koa namelatra "rantsankazo nisy raviny", nalaina teny an-tsaha. Niantsoantso izy ireo hoe: "Mba vonjeo re izy e! Mahazo fitahiana ilay tonga amin'ny anaran'i Jehovah! Mahazo fitahiana ilay fanjakana ho avy, izay an'i Davida razantsika!" (Marka 11:8-10) Nahatezitra ny Fariseo teo izany, ka hoy izy ireo tamin'i Jesosy: "Mpampianatra ô, teneno ny mpianatrao." Hoy i Jesosy: "Lazaiko aminareo fa raha mangina ireo, dia ny vato no hiantsoantso."—Lioka 19:39, 40.

Nitomany mafy i Jesosy rehefa nahita an'i Jerosalema ary niteny hoe: "Raha mba nahatakatra ny momba ny fiadanana mantsy ianao, na dia amin'ity andro ity aza! Fa miafina amin'ny masonao izany ankehitriny." Ninia tsy nankatò i Jerosalema ka hizaka ny vokany. Naminany i Jesosy hoe: 'Hanangana fefy hazo maranitra manodidina anao ny fahavalonao, ka hohodidininy ianao ary hampahoriny amin'ny lafiny rehetra. Ary hatontany amin'ny tany ianao sy ny zanakao ao aminao, ary tsy havelany hisy vato hifanaingina eo aminao.' (Lioka 19:42-44) Tanteraka ny tenin' i Jesosy ka rava i Jerosalema tamin'ny taona 70.

Nisahotaka ny iray tanàna rehefa niditra tao Jerosalema i Jesosy. Hoy izy ireo: "Fa iza io?" Namerimberina ny vahoaka hoe: "Io no Jesosy mpaminany, avy any Nazareta any Galilia!" (Matio 21:10, 11) Nisy tamin'izy ireo nahita ny nananganan'i Jesosy an'i Lazarosy tamin'ny maty ka niresaka momba izany. Nitaraina ny Fariseo hoe tsy misy azony atao. Nifampiresaka izy ireo hoe: "Lasa manaraka azy izao tontolo izao!"—Jaona 12:18, 19.

Nankao amin'ny tempoly i Jesosy mba hampianatra, toy ny fanaony isaky ny tonga tao Jerosalema. Nanasitrana ny jamba sy ny malemy tongotra izy tao. Tezitra ny lehiben'ny mpisorona sy ny mpanora-dalàna rehefa nahita an'izany sy nandre ny ankizilahy niantsoantso hoe: "Mba vonjeo re ny Zanak'i Davida e!" Hoy izy ireo: "Renao ve izay lazain'ireo?" Namaly i Jesosy hoe: "Mbola tsy novakinareo mihitsy ve ny hoe: 'Avy amin' ny vavan'ny zaza madinika sy ny zaza minono no anomezanao fiderana'?"—Matio 21:15, 16.

Nijerijery ny zava-nisy tao amin'ny tempoly i Jesosy avy eo. Efa hariva tamin'izay ka niala teo izy sy ny apostoly. Niverina tany Betania izy talohan'ny hanombohan'ny 10 Nisana, ary nijanona tany ny alahady alina.

# 102



◇ Oviana i Jesosy no niditra toy ny Mpanjaka tao Jerosalema, ary ahoana no fomba nidirany tao?
◇ Inona no tsapan'i Jesosy rehefa nahita an'i Jerosalema izy, ary inona no faminaniana nolazainy?
◇ Inona no nitranga rehefa nankao amin'ny tempoly i Jesosy?

# NANADIO NY TEMPOLY INDRAY IZY

MATIO 21:12, 13, 18, 19   MARKA 11:12-18   LIOKA 19:45-48   JAONA 12:20-27

Efa nijanona telo alina tao Betania i Jesosy sy ny mpianany, hatramin'ny nahatongavany avy tany Jeriko. Vao maraim-be izy ireo dia nankany Jerosalema, ny alatsinainy 10 Nisana. Noana i Jesosy. Nahita aviavy naniry izy ary nankeny. Nisy voany ve ilay izy?

Faramparan'ny Martsa tamin'izay, nefa volana Jona vao fotoanan'ny aviavy. Nitsimoka aloha kokoa anefa ilay hazo ka efa nisy raviny. Nihevitra àry i Jesosy fa efa mamoa koa ilay izy. Tsy nahita voany anefa izy. Namitaka fotsiny ireo ravina. Hoy àry i Jesosy: "Aoka tsy hisy hihinana voa avy aminao intsony mandrakizay." (Marka 11:14) Nanomboka nalazo avy hatrany ilay hazo. Ny ampitso maraina vao fantatra ny dikan'izany.

Tsy ela dia tonga tao Jerosalema i Jesosy sy ny mpianany. Nankao amin'ny tempoly izy. Efa nijerijery tao izy ny omalin'io. Tsy nijerijery fotsiny izy tamin'ity indray mandeha ity fa nanao zavatra, toy ny nataony tamin'ny Paska taona 30, izany hoe telo taona talohan'izay. (Jaona 2:14-16) "Nandroaka an'izay nivarotra sy nividy tao" izy ary "nanjera ny latabatry ny mpanakalo vola sy ny fipetrahan'ny mpivarotra voromailala." (Marka 11:15) Tsy nisy navelany hitondra entana hanivaka teo an-tokotanin'ny tempoly koa aza.

Nahoana i Jesosy no hentitra be tamin'ireo mpanakalo vola sy mpivarotra biby tao amin'ny tempoly? Hoy izy: "Moa ve tsy voasoratra hoe: 'Ny tranoko hantsoina hoe trano fivavahana ho an'ny firenena rehetra'? Fa ianareo kosa nanao azy ho lava-bato fieren-jiolahy." (Marka 11:17) Nantsoiny hoe jiolahy ireo olona ireo satria nataon'izy ireo lafo loatra ny vidin'ny biby nilaina tamin'ny sorona. Nihevitra azy ireo ho mpanao an-keriny na mpandroba i Jesosy.

Nandre izay nataon'i Jesosy ny lehiben'ny mpisorona sy mpanora-dalàna ary ireo lohandohany tamin'ny vahoaka. Nitady hevitra indray àry izy ireo mba hamonoana azy. Nisy olana anefa. Tsy nahita fomba hamonoana an'i Jesosy izy ireo satria nitangorona mba hihaino azy ny olona.

Tsy ny Jiosy ihany no tonga hankalaza ny Paska fa ireo olona niova ho amin'ny Fivavahana Jiosy koa. Nisy Grika tonga mba hivavaka nandritra an'ilay fety. Nanatona an'i Filipo izy ireo, angamba satria anarana grika ilay hoe Filipo. Nangataka ny hihaona tamin'i Jesosy izy ireo. Tsy nahazo antoka i Filipo hoe nety izany ka nanontany an'i Andrea izy. Toa mbola tao amin'ny tempoly i Jesosy ka niresaka taminy izy roa lahy.

Fantatr'i Jesosy fa andro vitsivitsy sisa dia ho faty izy. Hitany àry fa tsy fotoana fampifaliana an'ireo te hahalala zavatra tamin'izay na fotoana fitadiavana laza. Nilaza an'ity fanoharana ity izy mba hamaliana an'ireo apostoly roa: "Tonga ny fotoana hanomezam-boninahitra ny Zanak'olona. Lazaiko aminareo marina dia marina tokoa fa raha tsy latsaka amin'ny tany ny voa ka maty, dia mitoetra ho voa iray monja izy. Fa raha maty kosa izy, dia mamokatra betsaka."—Jaona 12:23, 24.

Mety ho toa tsy misy dikany ny voa iray. Toy ny hoe "maty" izy io rehefa atao ao anaty tany satria tsy azo lazaina hoe voa intsony. Afaka maniry anefa izy io ary mitombo, ka lasa misy voany maro be. Toy izany koa i Jesosy. Lavorary izy ary tsy nivadika tamin'Andriamanitra mandra-pahafatiny. Afaka manome fiainana mandrakizay ho an'ny olona maro mahafoy tena toa azy àry izy. Hoy izy: "Izay tia ny ainy no hamoy azy, fa izay mankahala ny ainy eo amin'izao fiainana izao kosa, no hiaro azy ho amin'ny fiainana mandrakizay."—Jaona 12:25.

Tsy ny tenany ihany no noeritreretin'i Jesosy teo, satria hoy izy: "Raha misy manompo ahy, dia aoka izy hanaraka ahy, ary izay misy ahy no hisy ny mpanompoko koa. Izay manompo ahy dia homen'ny Ray voninahitra." (Jaona 12:26) Valisoa



lehibe tokoa izany! Hiara-manjaka amin'i Kristy ireo homen'ny Rainy voninahitra.

Hoy i Jesosy rehefa nieritreritra fa hijaly mafy sy hanaintaina be izy rehefa ho faty: "Mitebiteby mafy aho izany! Koa inona àry no holazaiko? Ray ô, vonjeo ho afaka amin'ity ora ity aho." Tsy midika anefa izany hoe tsy te hanao ny sitrapon'Andriamanitra izy, satria hoy izy: "Nefa dia ho amin'ity ora ity no nahatongavako." (Jaona 12:27) Nekeny daholo izay nokasain'Andriamanitra, anisan'izany ny fahafatesany ho sorona.

---

◊ Nahoana i Jesosy no nanantena hahita voa teo amin'ilay aviavy, na dia mbola tsy fotoanan'ny aviavy aza tamin'izay?

◊ Nahoana no nety ny niantsoan'i Jesosy an'ireo mpivarotra tao amin'ny tempoly hoe 'jiolahy'?

◊ Nahoana i Jesosy no nitovy tamin'ny voa, ary inona no tsapany rehefa nieritreritra ny fijaliana sy fahafatesana niandry azy izy?

# NANEHO FINOANA VE NY JIOSY REHEFA NANDRE NY FEON'ANDRIAMANITRA?

JAONA 12:28-50

Niresaka momba ny hahafatesany i Jesosy tao amin'ny tempoly, ny alatsinainy 10 Nisana. Efa akaiky izany ary nanahy izy hoe inona no ho vokatr'izany eo amin'ny anaran'ny Rainy. Hoy àry izy: "Ray ô, omeo voninahitra ny anaranao." Nisy feo mafy avy tany an-danitra namaly hoe: "Efa nanome voninahitra azy aho, ary mbola hanome voninahitra azy indray."—Jaona 12:27, 28.

Very hevitra ireo nandre izany. Nisy nihevitra hoe kotroka no ren'izy ireo. Hoy kosa ny hafa: "Nisy anjely niteny taminy." (Jaona 12:29) I Jehovah anefa no ren'izy ireo niteny. Tsy vao tamin'io no nisy olona nandre ny feon'Andriamanitra, nandritra ny fanompoan'i Jesosy teto an-tany.

Natao batisa i Jesosy telo taona sy tapany talohan'izay ary ren'i Jaona Mpanao Batisa ny feon' Andriamanitra. Hoy ilay feo momba an'i Jesosy: "Io no Zanako malalako, izay sitrako." Nandre ny feon'Andriamanitra koa i Jakoba sy Jaona ary Petera, taorian'ny Paska taona 32. Niova tarehy teo anatrehan'izy ireo i Jesosy tamin'izay ary hoy Andriamanitra: "Io no Zanako malalako izay sitrako. Henoy izy." (Matio 3:17; 17:5) Maro kosa no nandre ny feon'i Jehovah niteny, tamin'ity fanintelony ity.

Hoy i Jesosy: "Tsy ho ahy no nahatongavan'izany feo izany, fa ho anareo." (Jaona 12:30) Nanaporofo ilay feo fa tena Zanak'Andriamanitra sy Mesia nambara mialoha i Jesosy.

Tsy nivadika i Jesosy ka tsy tokony hivadika koa ny olona. Hita amin'ny fiainan'i Jesosy koa fa tena mendrika ny horinganina i Satana Devoly, ilay mpitondra an'izao tontolo izao. Hoy i Jesosy: "Tsaraina ankehitriny izao tontolo izao. Ary horoahina ankehitriny ilay mpitondra an'izao tontolo izao." Tsy ho faharesena ilay fahafatesan'i Jesosy efa akaiky fa ho fandresena. Nahoana? Hoy izy: 'Izaho anefa, rehefa hasandratra hiala amin' ny tany, dia hitaona ny karazan'olona rehetra ho amiko.' (Jaona 12:31, 32) Afaka mitaona ny olona ho aminy i Jesosy noho ny fahafatesany teo amin' ny tsato-kazo, ka lasa misy olona afaka miaina mandrakizay.

Hoy ny vahoaka rehefa nilaza i Jesosy fa "hasandratra" izy: "Renay tamin'ny Lalàna fa haharitra mandrakizay i Kristy, koa nahoana ianao no milaza fa tsy maintsy asandratra ny Zanak'olona? Fa iza izany Zanak'olona izany?" (Jaona 12:34) Efa nahita porofo maro ny vahoaka ary nandre ny feon'Andriamanitra mihitsy. Tsy nanaiky anefa ny ankamaroany hoe Zanak'olona *tokoa* i Jesosy sady Mesia nampanantenaina.

Efa nilaza i Jesosy tany aloha fa 'fahazavana' izy. (Jaona 8:12; 9:5) Hoy izy tamin'ny vahoaka: "Kely sisa no itoeran'ny mazava eo aminareo. Mandehana dieny mbola eo aminareo ny mazava, mba tsy ho resin'ny haizina ianareo. ... Minoa ny mazava dieny mbola eo aminareo izy, mba ho tonga zanaky ny mazava ianareo." (Jaona 12: 35, 36) Niala teo izy avy eo, satria mbola tsy tokony ho faty ny 10 Nisana. Tamin'ny Paska 14 Nisana izy vao 'nasandratra' na nofantsihana teo amin'ny tsato-kazo.—Galatianina 3:13.

Rehefa dinihina ny fanompoan'i Jesosy, dia hita fa fahatanterahan'ny faminaniana ilay hoe tsy hino azy ny Jiosy. Naminany i Isaia fa ho jamba ny mason'ilay vahoaka ary ho donto ny fony ka tsy hiverina izy ireo ary tsy ho sitrana. (Isaia 6:10; Jaona 12:40) Mafy loha ny ankamaroan'ny Jiosy ka nanda ny porofo hoe i Jesosy ilay Mpanafaka nampanantenaina, na ilay lalana mankany amin'ny fiainana.

Nino an'i Jesosy tokoa i Nikodemosy sy Josefa avy any Arimatia ary ny olona ambony hafa. Hanao zavatra mba hanehoana finoana ve anefa izy ireo? Sa hiahotra satria matahotra ny ho voaroaka ao amin'ny synagoga na tia "ny voninahitra avy tamin'ny olona"?—Jaona 12:42, 43.

Nohazavain'i Jesosy izay tafiditra amin'ny hoe mino azy. Hoy izy: "Izay mino ahy, dia tsy izaho ihany no inoany, fa ilay naniraka ahy. Ary izay mahita ahy, dia mahita an'ilay naniraka ahy." Iankinan'ny aina ny fahamarinana notorin'i Jesosy sy nasain'Andriamanitra nampianariny. Afaka nilaza àry izy hoe: "Izay mandà ahy ka tsy mandray ny teniko, dia manana izay mitsara azy. Ny teny nolazaiko no hitsara azy amin'ny andro farany." —Jaona 12:44, 45, 48.

Namarana ny teniny toy izao i Jesosy: "Tsy araka ny nahim-poko no nitenenako, fa ny Ray izay naniraka ahy no nandidy ahy ny amin'izay holazaiko sy hoteneniko. Ary fantatro fa ny didiny no fiainana mandrakizay." (Jaona 12:49, 50) Fantatr' i Jesosy fa tsy ho ela izy dia handatsaka ny rany ho sorona ho an'ireo maneho finoana azy.—Romanina 5:8, 9.



◇ Oviana avy no nandrenesana an'Andriamanitra niresaka momba an'i Jesosy?

◇ Iza ireo olona ambony nino an'i Jesosy, ary inona no nety ho nahatonga azy ireo tsy ho sahy haneho ny finoany teo imason'ny olona?

◇ Inona no fototra hitsarana ny olona "amin'ny andro farany"?

# NAMPIASA AVIAVY IZY MBA HAMPIANARANA MOMBA NY FINOANA

MATIO 21:19-27   MARKA 11:19-33   LIOKA 20:1-8

Niala tao Jerosalema i Jesosy ny alatsinainy tolakandro ka niverina tany Betania, teo amin'ny ilany atsinanan'ny Tendrombohitra Oliva. Azo inoana fa tao amin-dry Lazarosy sy Maria ary Marta namany izy, nandritra ny alina.

Nankany Jerosalema indray i Jesosy sy ny mpianany ny ampitso, izany hoe ny 11 Nisana maraina. Tamin'io i Jesosy no farany nankao amin'ny tempoly. Io koa no andro farany nitoriany tamin' ny vahoaka, talohan'ny nankalazany ny Paska sy nanaovany ny Fahatsiarovana voalohany ary ny nitsarana sy namonoana azy.

Nahita an'ilay hazo nozonin'i Jesosy ny omalin' io i Petera, rehefa nandalo teo amin'ny Tendrombohitra Oliva izy ireo. Hoy izy: "Raby ô, jereo fa nalazo ilay aviavy nozoninao."—Marka 11:21.

Nahoana no nozonin'i Jesosy mba halazo ilay aviavy? Hoy izy nanazava ny antony: "Lazaiko aminareo marina tokoa fa raha mba manam-pinoana ianareo ka tsy misalasala, dia ho vitanareo izay nataoko tamin'ilay aviavy. Ary tsy izany ihany fa raha hilaza amin'ity tendrombohitra ity ianareo hoe: 'Mialà eto ka mianjerà any an-dranomasina', dia hitranga tokoa izany. Ary ho azonareo izay rehetra angatahinareo amim-bavaka, rehefa manam-pinoana ianareo." (Matio 21:21, 22) Naveriny indray àry ilay hevitra hoe mahafindra tendrombohitra ny finoana.—Matio 17:20.

Nozonin'i Jesosy àry ilay hazo, mba hampianarana ny mpianany hoe ilaina ny mino an'Andriamanitra. Hoy izy: "Raha ny amin'izay rehetra angatahinareo amim-bavaka, dia minoa hoe efa azonareo sahady izany, dia ho azonareo izany." (Marka 11:24) Lesona lehibe ho an'izay rehetra manara-dia an'i Jesosy io. Ny apostoly no tena nila an'izany satria niatrika fitsapana izy ireo tsy ela taorian'izay. Mbola misy zavatra hafa ifandraisan'ilay aviavy nalazo sy ny finoana anefa.

Namitaka ny endrik'ilay aviavy, ary toy izany koa ny firenen'Israely. Nanao fifanekena tamin' Andriamanitra izy ireo, ary hoatran'ny hoe nankatò ny Lalàny raha nojerena ivelany. Hita anefa fa sady tsy nanam-pinoana ilay firenena no tsy namokatra voa tsara, tamin'ny ankapobeny. Ny Zanak'Andriamanitra aza nolaviny! Nozonin'i Jesosy mba halazo àry ilay aviavy tsy namokatra, mba hampisehoana an'izay hiafaran'io firenena tsy nanam-pinoana sy tsy namokatra io.

Tonga tao Jerosalema i Jesosy sy ny mpianany taoriana kelin'izay. Nankao amin'ny tempoly sy nampianatra tao i Jesosy araka ny fanaony. Nety ho mbola tao an-tsain'ny lehiben'ny mpisorona sy ny anti-panahy ny nataon'i Jesosy tamin'ireo mpanakalo vola, iray andro talohan'io. Nanohitra azy àry izy ireo ka nanontany hoe: "Fahefana avy aiza no anaovanao an'izao? Ary iza no nanome anao ny fahefana hanao an'izao?"—Marka 11:28.

Hoy i Jesosy: "Hanontany zavatra iray aminareo aho. Koa raha valianareo aho, dia holazaiko aminareo koa hoe avy aiza ny fahefana anaovako an'izao. Avy any an-danitra sa avy amin'ny olona no nahazoan'i Jaona fahefana hanao batisa? Mba valio aho." Ireo nanontany indray no nanontaniana. Nikaon-doha mba hamaly an'i Jesosy ny mpisorona sy anti-panahy. Hoy izy ireo: "Raha hoy isika hoe: 'Avy any an-danitra', dia hilaza izy hoe: 'Nahoana àry ianareo no tsy nino azy?' Ho sahintsika anefa ve ny hilaza hoe: 'Avy amin'ny olona'?" Natahotra ny vahoaka mantsy izy ireo "satria nihevitra an'i Jaona ho tena mpaminany ny vahoaka rehetra."—Marka 11:29-32.

Tsy hitan'ireo mpanohitra izay valiny tokony holazaina, ka hoy izy ireo: "Tsy fantatray." Hoy àry i Jesosy: "Izaho koa tsy hilaza aminareo hoe fahefana avy aiza no anaovako an'izao."—Marka 11:33.

# 105



◊ Nahoana no niavaka ny 11 Nisana?

◊ Inona avy no lesona nampianarin'i Jesosy tamin'ny alalan'ilay aviavy nozoniny?

◊ Inona no nolazain'i Jesosy tamin'ireo mpanohitra ka lasa tsy nahateny izy ireo?

# FANOHARANA ROA MOMBA NY TANIMBOALOBOKA

MATIO 21:28-46   MARKA 12:1-12   LIOKA 20:9-19

Vao nanontany an'i Jesosy ny anti-panahy sy ny lehiben'ny mpisorona hoe iza no nanome azy fahefana hanao zavatra. Tsy nahateny izy ireo noho ny valin-tenin'i Jesosy. Nilaza fanoharana nampiharihary ny toetran'izy ireo i Jesosy avy eo.

Hoy izy: "Nisy lehilahy nanan-janaka roa lahy. Nankeo amin'ny voalohany izy ka niteny hoe: 'Andeha, anaka, miasa any an-tanimboaloboka anio.' Ary namaly io hoe: 'Eny, tompoko, handeha aho', nefa tsy nandeha izy. Dia nankeo amin'ny faharoa ralehilahy ka niteny toy izany koa. Fa hoy ny navalin'io: 'Tsy handeha aho.' Nanenina anefa izy nony avy eo, ka nandeha ihany. Iza amin'izy mirahalahy no nanao ny sitrapon-drainy?" (Matio 21:28-31) Mazava hoe ilay faharoa, satria nandeha ihany izy.

Hoy i Jesosy tamin'ireo mpanohitra azy: "Lazaiko aminareo marina tokoa fa efa mialoha anareo ho any amin'ny fanjakan'Andriamanitra ny mpamory hetra sy ny mpivaro-tena." Toa an'ilay zanaka faharoa ny mpamory hetra sy mpivaro-tena. Tsy nanompo an' Andriamanitra izy ireo tamin'ny voalohany, nefa nibebaka ka lasa nanompo azy. Toa an'ilay zanaka voalohany kosa ny mpitondra fivavahana, satria nilaza ho nanompo an'Andriamanitra nefa tsy tena nanao an'izany. Hoy àry i Jesosy: "Tonga teo aminareo i Jaona [Mpanao Batisa] nampianatra ny lalan'ny fahamarinana, kanefa tsy nino azy ianareo, fa ny mpamory hetra sy ny mpivaro-tena kosa nino azy. Ary na nahita izany aza ianareo, dia tsy nanenina avy eo, mba hahafahanareo hino azy."—Matio 21:31, 32.

Nilaza fanoharana hafa i Jesosy mba hampisehoana fa ratsy fanahy koa ireo mpitondra fivavahana. Hoy izy: "Nisy lehilahy iray nanao tanimboaloboka, ka namefy azy manodidina sy nihady lavaka famiazam-boaloboka ary nanangana tilikambo. Nampanofainy tamin'ny mpamboly izy io, ary lasa nankany an-tany hafa izy. Rehefa tonga ny fotoam-piotazana, dia naniraka mpanompo ho any amin'ireo mpamboly izy mba handray ny ampahany amin'ny vokatry ny tanimboaloboka avy tamin'ireo. Nalain'ireo anefa ilay mpanompo ka nokapohiny, dia nalefany nody maina. Naniraka mpanompo hafa indray ralehilahy ho any amin'ireo mpamboly, nefa nokapohin'ireo teo amin'ny lohany ilay mpanompo sady nalany baraka. Ary naniraka olon-kafa indray ralehilahy, nefa novonoin'ireo ho faty iny. Mbola naniraka hafa koa izy, fa ny sasany nokapohin'ireo, ary ny sasany novonoiny ho faty."—Marka 12:1-5.

Azon'ireo mpihaino ve ilay fanoharana? Tadidin' izy ireo angamba ilay tenin'i Isaia hoe: "Ny taranak' Israely no tanimboalobok'i Jehovah Tompon'ny tafika, ary ny mponin'i Joda no tanimboly tena tiany. Nanantena foana izy fa hisy fitsarana ara-drariny, kanjo fandikan-dalàna no hitany!" (Isaia 5:7) Mitovy amin'io ilay fanoharan'i Jesosy. I Jehovah no tompon'ilay tanimboaloboka, ny firenen'Israely no tanimboaloboka, ary ny Lalàn'Andriamanitra no fefy niaro azy ireo. Naniraka mpaminany i Jehovah mba hampianatra ny vahoakany sy hanampy azy ireo hamoa voa tsara.

Nampijalin'ireo "mpamboly" sy novonoiny ho faty anefa ireo 'mpanompo' nirahina tany aminy. Hoy i Jesosy: "Iray sisa no teo [amin'ilay tompon'ny tanimboaloboka], dia ny zanany malalany, ka io no nirahiny farany tany amin'ireo, fa hoy izy: 'Hanaja ny zanako ireo.' Nifampiresaka anefa ireo mpamboly ireo hoe: 'Iny ny mpandova. Andao hovonointsika izy dia ho antsika ny lova!' Koa nosamborin'ireo izy ka novonoiny ho faty."—Marka 12:6-8.

Hoy i Jesosy avy eo: "Koa inona àry no hataon' ilay tompon'ny tanimboaloboka?" (Marka 12:9) Namaly ireo mpitondra fivavahana hoe: "Ho loza tokoa ny handringanany azy, satria ratsy fanahy ireo. Ary ny tanimboaloboka dia hampanofainy amin'ny mpamboly hafa, izay hanome azy ny vokatra amin' ny fotoam-piotazana."—Matio 21:41.

Nanameloka ny tenany àry ireo mpitondra fivavahana, na dia tsy fanahy iniany aza. Anisan'ny "mpamboly" niasa teo amin'ny 'tanimboalobok'i' Jehovah, na ny firenen'Israely, izy ireo. Rariny i Jehovah



raha nanantena azy ireo hamoa voa tsara, anisan' izany ny finoana ny Zanany na ny Mesia. Nijery azy ireo i Jesosy sady niteny hoe: "Mbola tsy novakinareo tao amin'ny Soratra Masina mihitsy ve ny hoe: 'Ny vato nolavin'ny mpanao trano no tonga vato fehizoro lehibe indrindra, ary i Jehovah no nahatonga izany, ka mahagaga eo imasontsika'?" (Marka 12: 10, 11) Hoy àry i Jesosy: "Izany no antony ilazako aminareo hoe: Hesorina aminareo ny fanjakan'Andriamanitra ka izay firenena mamokatra voa mendrika an'ilay fanjakana no homena azy."—Matio 21:43.

Takatry ny mpanora-dalàna sy ny lehiben'ny mpisorona fa izy ireo "no tao an-tsain'i Jesosy tamin'io fanoharana io." (Lioka 20:19) Vao mainka àry izy ireo te hamono azy, satria izy ilay manan-jo ho "mpandova." Natahotra ny vahoaka anefa izy ireo ka tsy sahy namono an'i Jesosy tamin'io fotoana io. Nihevitra azy ho mpaminany mantsy ny vahoaka.

---

◇ Mifanitsy amin'iza ireo zanaka roa lahy tao amin'ilay fanoharan'i Jesosy?

◇ Ao amin'ilay fanoharana faharoa, iza no mifanitsy amin'ny tompon'ilay tanimboaloboka, ilay "tanimboaloboka", ireo "mpamboly", ireo "mpanompo", ary ilay "mpandova"?

◇ Inona no hitranga amin'ireo "mpamboly"?

# NANASA OLONA HANATRIKA FANASAMBE AMIN'NY FAMPAKARAM-BADY ILAY MPANJAKA

MATIO 22:1-14

Rehefa hifarana ny fanompoan'i Jesosy, dia nilaza fanoharana foana izy mba hampihariharihariana ny faharatsian'ireo mpanora-dalàna sy lehiben' ny mpisorona. Te hamono azy àry izy ireo. (Lioka 20:19) Mbola te hampiseho ny faharatsian'izy ireo izy, ka nilaza izao fanoharana izao:

"Ny fanjakan'ny lanitra dia tahaka ny mpanjaka iray nanao fanasambe tamin'ny fampakaram-badin'ny zanany lahy. Ary nirahiny ny mpanompony hiantso an'ireo nasaina ho amin'ilay fanasambe, kanefa tsy nety ireo nasaina." (Matio 22:2, 3) Nilaza hoe "fanjakan'ny lanitra" i Jesosy teo ampiandohan'ilay fanoharany. Tsy maintsy ho i Jehovah Andriamanitra àry ilay "mpanjaka." Tonga dia mazava koa hoe ilay Zanak'i Jehovah nilaza an'ilay fanoharana no zanaky ny mpanjaka. Ireo nasaina kosa dia ireo hiara-manjaka amin'ilay Zanaka ao amin'ny Fanjakan'ny lanitra.

Iza ireo nasaina voalohany? Iza no voalohany nitorian'i Jesosy sy ny apostoly momba an' ilay Fanjakana? Ny Jiosy. (Matio 10:6, 7; 15:24) Nanaiky hanao ny fifaneken'ny Lalàna ny Jiosy tamin'ny 1513 T.K. ka ny fireneny no voalohany afaka ny ho anisan'ilay "fanjaka-mpisorona." (Eksodosy 19:5-8) Oviana izy ireo no nantsoina ho amin'ilay 'fampakaram-bady'? Hita fa nanomboka tamin'ny taona 29 izany, rehefa nanomboka nitory momba ny Fanjakan'ny lanitra i Jesosy.

Ahoana no nataon'ny ankamaroan'ny Israelita rehefa nasaina? Nilaza i Jesosy fa "tsy nety" nandeha izy ireo. Tsy neken'ny ankamaroan'ny mpitondra fivavahana sy ny vahoaka hoe i Jesosy no Mesia sy Mpanjaka voatendrin'Andriamanitra.

Mbola afaka niova hevitra anefa ny Jiosy, satria hoy i Jesosy: "Naniraka mpanompo hafa indray [ilay mpanjaka], ka nilaza hoe: 'Lazao amin'ireo nasaina hoe: "Efa voaomako ny sakafo antoandro, ary efa voavono ny ombiko sy ny biby nohataveziko, ka vonona ny zava-drehetra. Koa tongava atỳ amin'ny fanasambe."' Tsy niraharaha anefa ireo nasaina fa ny iray lasa nankany amin' ny sahany, ny iray nandeha nivarotra, ary ny sisa



nisambotra an'ireo mpanompo, ka nanompa sy nampijaly azy ary namono azy ho faty." (Matio 22:4-6) Nitranga izany tamin'ny vao niorina ny fiangonana kristianina. Mbola afaka ny ho anisan'ilay Fanjakana ny Jiosy tamin'io fotoana io. Nanda an'ilay fanasana anefa ny ankamaroany, ary nampijaly ny 'mpanompon'ilay mpanjaka.' —Asan'ny Apostoly 4:13-18; 7:54, 58.

Inona no vokatr'izany teo amin'ilay firenena? Hoy i Jesosy: "Tezitra ny mpanjaka ka nandefa ny tafiny, ary nandringana an'ireo mpamono olona ireo sy nandoro ny tanànany." (Matio 22:7) Nitranga izany tamin'ny taona 70, rehefa noravan'ny Romanina i Jerosalema 'tanànan'ny Jiosy.'

Tsy nisy azo nasaina intsony àry ve? Mbola nisy satria hoy i Jesosy: "Ary hoy [ilay mpanjaka] tamin'ny mpanompony: 'Efa vonona tanteraka ny fanasambe, kanefa tsy mendrika ireo nasaina. Koa mandehana eny amin'ny lalana mankeny ivelan'ny tanàna, ary asao ho amin'ny fanasambe izay rehetra hitanareo.' Dia lasa nankeny an-dalana ireo mpanompo ireo ka nanangona izay rehetra hitany, na ratsy fanahy na tsara fanahy. Ary feno olona nandry ilika hisakafo ilay efitra fanaovana fampakaram-bady."—Matio 22:8-10.



Nitranga izany rehefa nampian'ny apostoly Petera ho lasa Kristianina ireo tsy Jiosy sy ireo tsy nanaraka ny Fivavahana Jiosy. Nahazo ny fanahy masina i Kornelio manamboninahitra romanina sy ny fianakaviany tamin'ny taona 36. Lasa afaka ny ho ao amin'ilay Fanjakan'ny lanitra noresahin' i Jesosy koa àry izy ireo.—Asan'ny Apostoly 10:1, 34-48.

Nasehon'i Jesosy fa tsy ireo rehetra tonga tao amin'ilay fanasambe no nankasitrahan'ilay "mpanjaka." Hoy izy: "Rehefa niditra ny mpanjaka mba hijery ireo nasaina, dia nahita lehilahy iray tsy nanao akanjo fitondra amin'ny fampakaram-bady izy. Koa hoy izy taminy: 'Ry sakaiza, nahoana ianao no niditra tato, nefa ianao tsy manao akanjo fitondra amin'ny fampakaram-bady?' Tsy nahateny ralehilahy. Hoy ny mpanjaka tamin'ny mpanompony: 'Afatory ny tanany sy ny tongony ka atsipazo ho any amin'ny haizina any ivelany izy. Any izy no hitomany sy hitoloko.' Fa maro no asaina, nefa vitsy no fidina."—Matio 22:11-14.

Nety ho tsy azon'ireo mpitondra fivavahana nihaino an'i Jesosy ny tiany holazaina sy izay nety ho vokatry ny teniny. Tezitra anefa izy ireo ary vao mainka tapa-kevitra ny hamono an'ilay nahatonga azy ireo ho afa-baraka.

◇ Tao amin'ilay fanoharan'i Jesosy, iza ilay "mpanjaka", iza ilay "zanany lahy", ary iza ireo nasaina voalohany?

◇ Oviana ireo Jiosy no nasaina ary iza no nasaina taorian'izy ireo?

◇ Inona no dikan'ilay hoe maro no asaina nefa vitsy no fidina?

# VITAN'I JESOSY NY NIALA TAMIN'NY FANDRIK'IREO NANOHITRA AZY

MATIO 22:15-40 MARKA 12:13-34 LIOKA 20:20-40

Tezitra ny mpanohitra an'i Jesosy, satria nilaza fanoharana mampiharihary ny faharatsian'izy ireo izy. Nanao tetika àry ny Fariseo ka nanakarama ny mpianatr'izy ireo mba hamandrika azy. Nataony izay hitenenan'i Jesosy zavatra azo iampangana azy any amin'ny governora romanina.—Lioka 6:7.

Hoy izy ireo: "Mpampianatra ô, fantatray fa marina ny teninao sy ny fampianaranao, ary tsy mizaha tavan'olona ianao, fa marina ny fampianaranao ny lalan'Andriamanitra. Koa azo atao ve sa tsia ny mandoa hetra amin'i Kaisara?" (Lioka 20:21, 22) Tsy voafandrik'ilay fandokafana i Jesosy. Fantany fa mpihatsaravelatsihy sy fetsy izy ireo. Ho azon'izy ireo ampangaina ho mikomy amin'ny Romanina i Jesosy raha nilaza hoe 'tsy tokony handoa hetra.' Raha niteny indray izy hoe 'tokony handoa hetra', dia nety ho diso fandray ny teniny ny olona ka hanohitra azy satria izy ireo tsy te hofehezin'ny Romanina.

Hoy àry i Jesosy: "Nahoana ianareo no mamandrika ahy, ry mpihatsaravelatsihy? Asehoy ahy ny vola madinika andoavana ny hetra isan-dahy." Nitondra denaria iray ireo, ka hoy izy: "Sarin'iza io ary an'iza io soratra eo io?" Hoy ireo: "An'i Kaisara." Nilaza toromarika mety tsara i Jesosy avy eo. Hoy izy: "Aloavy amin'i Kaisara àry izay an' i Kaisara, fa amin'Andriamanitra kosa izay an' Andriamanitra."—Matio 22:18-21.

Nahay namaly i Jesosy ka gaga izy ireo sady tsy nahita holazaina ary lasa. Mbola nisy niezaka



namandrika azy anefa avy eo. Ny Sadoseo indray no nanatona azy rehefa tsy nahafandrika azy ny Fariseo.

Tsy nino ny fitsanganana amin'ny maty ny Sadoseo. Nanontany momba an'izany sy momba ny fitondrana loloha àry izy ireo, ka nanao hoe: "Mpampianatra ô, nilaza i Mosesy hoe: 'Raha misy lehilahy maty tsy niteraka, dia tsy maintsy mampakatra ny vady navelany ny rahalahiny mba hiteraka hamelo-maso ny maty.' Koa nisy fito mirahalahy teto aminay. Nanambady ilay voalohany, ary maty. Tsy niteraka anefa izy ka namela ny vadiny ho an'ny rahalahiny. Toy izany koa ny faharoa sy ny fahatelo, hatramin'ny fahafito. Ary maty koa ilay vehivavy tamin'ny farany. Koa rehefa hitsangana ny maty, ho vadin'iza amin'izy fito mirahalahy ravehivavy? Fa efa samy nanambady azy daholo izy rehetra."—Matio 22:24-28.

Nanaiky ny asa soratr'i Mosesy ny Sadoseo, ka naka teny avy tao i Jesosy. Hoy izy: "Diso hevitra ianareo satria samy tsy fantatrareo na ny Soratra Masina na ny herin'Andriamanitra. Fa rehefa hitsangana ny maty, dia tsy hampaka-bady izy na havoaka hampakarina, fa ho tahaka ny anjely any an-danitra. Raha ny amin'ny maty izay hatsangana, tsy novakinareo ve ny ao amin'ny bokin'i Mosesy, tao amin'ny fitantarana momba ilay voaroy, dia ny nilazan'Andriamanitra taminy hoe: 'Izaho no Andriamanitr'i Abrahama sy Andriamanitr'i Isaka ary Andriamanitr'i Jakoba'? Tsy mba Andriamanitry ny maty izy, fa an'ny velona. Koa diso hevitra mihitsy ianareo." (Marka 12:24-27; Eksodosy 3:1-6) Nampitolagaga ny vahoaka ny valin-teniny.

Vitan'i Jesosy ny nampangina ny Fariseo sy Sadoseo, ka niray hina mba hitsapa azy indray izy ireo. Hoy ny mpanora-dalàna iray: "Mpampianatra ô, inona no didy lehibe indrindra ao amin' ny Lalàna?"—Matio 22:36.

Namaly i Jesosy hoe: "Ny voalohany dia izao: 'Mihainoa, ry Israely ô: Jehovah Andriamanitsika dia Jehovah iray ihany. Koa tiavo i Jehovah Andriamanitrao amin'ny fonao manontolo sy ny tenanao manontolo sy ny sainao manontolo ary ny herinao manontolo.' Ny faharoa dia izao: 'Tiavo ny namanao tahaka ny tenanao.' Tsy misy didy lehibe noho ireo."—Marka 12:29-31.

Hoy àry ilay mpanora-dalàna: "Mpampianatra ô, marina izay nolazainao hoe: 'Iray ihany Izy, ary tsy misy afa-tsy Izy.' Ary sarobidy lavitra noho ny fanatitra dorana sy ny sorona rehetra ny fitiavana azy amin'ny fo manontolo sy ny fahaiza-misaina manontolo ary ny hery manontolo, sy ny fitiavana ny namana tahaka ny tena." Tsy diso ny teniny, ka hoy i Jesosy: "Tsy lavitra ny fanjakan' Andriamanitra ianao."—Marka 12:32-34.

Nampianatra tao amin'ny tempoly i Jesosy nandritra ny telo andro, izany hoe ny 9 sy 10 ary 11 Nisana. Faly nihaino azy ny olona sasany, toa an'ilay mpanora-dalàna. Tsy toy izany kosa ny mpitondra fivavahana. 'Tsy sahy nanontany azy intsony' izy ireo.

---

◇ Inona no nataon'ny Fariseo mba hamandrihana an'i Jesosy, ary inona no vokany?

◇ Ahoana no namalian'i Jesosy an'ireo Sadoseo nitady hamandrika azy?

◇ Rehefa namaly an'ilay mpanora-dalàna i Jesosy, inona no nolazainy fa tena lehibe?

# NOMELOHIN'I JESOSY IREO MPANOHITRA AZY

MATIO 22:41–23:24 MARKA 12:35-40 LIOKA 20:41-47

Tsy vitan'ireo mpanohitra ny nanala baraka an'i Jesosy sy ny namandrika azy mba ho azo atolotra ny Romanina. (Lioka 20:20) Mbola tao amin'ny tempoly i Jesosy ny 11 Nisana. Izy indray no nanontany azy ireo sy nampiharihary hoe iza marina izy. Hoy izy: "Ahoana ny hevitrareo momba an'i Kristy? Zanak'iza moa izy?" (Matio 22:42) Hoy ireo: "Zanak'i Davida." Efa fantatry ny rehetra mantsy fa ho avy amin'ny taranak'i Davida i Kristy, na ny Mesia.—Matio 9:27; 12:23; Jaona 7:42.

Hoy i Jesosy: "Nahoana àry i Davida no niantso azy hoe 'Tompo', araka ny nambaran'ny fanahy masina taminy, ka nilaza hoe: 'Hoy i Jehovah tamin'ny Tompoko: "Mipetraha eto ankavanako mandra-panaoko ny fahavalonao ho eo ambany tongotrao"'? Koa raha niantso azy hoe 'Tompo' àry i Davida, ahoana no maha zanany azy?"—Matio 22:43-45.

Nanantena ny Fariseo fa mety hanafaka azy ireo amin'ny fifehezan'ny Romanina ny iray amin' ny taranak'i Davida. Nampiasa ny Salamo 110:1, 2 anefa i Jesosy mba hanaporofoana fa tsy mpitondra olombelona fotsiny ny Mesia. Niantso azy hoe Tompo i Davida ao. Hipetraka eo ankavanan' Andriamanitra izy ary hampihatra ny fahefany. Tsy nahateny ny mpanohitra noho ny valin-tenin'i Jesosy.

Niresaka tamin'ny mpianany sy ny olona maro teo i Jesosy avy eo. Nampirisihiny izy ireo mba hitandrina tamin'ny mpanora-dalàna sy Fariseo, izay 'nipetraka teo amin'ny toeran'i Mosesy' mba hampianatra ny Lalàn'Andriamanitra. Hoy i Jesosy: "Ataovy sy araho izay rehetra lazainy aminareo, kanefa aza manao izay ataony, satria miteny izy nefa tsy manao."—Matio 23:2, 3.

Noporofoin'i Jesosy avy eo fa mpihatsaravelatsihy ny Fariseo. Hoy izy: "Halehibeaziny ny azy ilay boaty ataony ody fiarovan-tena, izay misy andininy ao amin'ny Soratra Masina." Nasian'ny Jiosy sasany boaty kely nisy andininy fohy avy tao amin'ny Lalàna ny handriny na ny sandriny. Nohalehibeazin'ny Fariseo anefa ny boatiny mba ho hita fa nazoto nitandrina ny Lalàna izy. Nasaina nanisy mikiramborambo tamin'ny morontongotr'akanjo koa ny Israelita, fa ny an'ny Fariseo nataony lava be. (Nomery 15:38-40) Te "ho hitan' ny olona" mantsy izy ireo.—Matio 23:5.

Nety ho te halaza koa ny mpianatr'i Jesosy ka hoy izy taminy: 'Aza mety hantsoina hoe Raby ianareo, satria iray ny mpampianatra anareo, ary mpirahalahy avokoa ianareo rehetra. Ankoatra izany, dia aza miantso na iza na iza ho rainareo eto an-tany, fa iray ny Rainareo, dia Ilay any an-danitra. Aza mety hantsoina koa hoe "mpitarika" ianareo, fa iray ny Mpitarika anareo, dia i Kristy.' Inona àry no tokony hataon'ireo mpianatra, ary ahoana no tokony hiheverany ny tenany? Hoy i Jesosy: "Izay lehibe indrindra aminareo dia tsy maintsy ho mpanomponareo. Izay manandra-tena no haetry, ary izay manetry tena no hasandratra." —Matio 23:8-12.

Nilaza loza misesisesy hanjo ny mpanohitra azy i Jesosy avy eo. Hoy izy: "Lozanareo mpanora-dalàna sy Fariseo mpihatsaravelatsihy! Fa hidianareo eo anoloan'ny olona ny fanjakan'ny lanitra, ka ianareo tsy miditra, ary izay miditra tsy avelanareo hiditra."—Matio 23:13.

Nanameloka ny Fariseo i Jesosy. Tsy niraharaha an'izay noheverin'i Jehovah ho zava-dehibe mantsy izy ireo, fa nitsara araka ny heviny fotsiny. Hoy, ohatra, izy ireo: "Raha misy mianiana amin'ny tempoly, dia tsy mampaninona izany, fa raha misy mianiana amin'ny volamenan'ny tempoly kosa, dia tsy maintsy mitana ny teny nataony izy." Toy ny jamba izy ireo. Ny volamenan' ny tempoly mantsy no zava-dehibe kokoa taminy noho ny tempoly, izay toerana anompoana an'i Jehovah. Tsy noraharahain'izy ireo koa 'izay ma-



vesa-danja kokoa tao amin'ny Lalàna, dia ny manao ny rariny sy ny mamindra fo ary ny ho mendri-pitokisana.'—Matio 23:16, 23; Lioka 11:42.

Nilaza i Jesosy fa "mpitarika jamba" izy ireo. 'Tantavanin'izy ireo ny moka amin'ny zava-pisotrony, nefa ateliny ny rameva.' (Matio 23:24) Notantavaniny ny moka tamin'ny divay, satria nilaza ny Lalàna fa maloto ny moka. Toy ny nitelina rameva anefa izy ireo satria tsy niraharaha an'izay mavesa-danja kokoa tao amin'ny Lalàna. Maloto koa ny rameva, araka ny Lalàna, saingy lehibe lavitra noho ny moka.—Levitikosy 11:4, 21-24.

---

◇ Nahoana ny Fariseo no tsy nahateny rehefa nanontanian'i Jesosy momba ny tenin'i Davida ao amin'ny Salamo 110?

◇ Nahoana ny Fariseo no nanalehibe an'ilay boaty misy andinin-teny sy nanalava ny mikiramborambo amin'ny morontongotr'akanjony?

◇ Inona no torohevitra nomen'i Jesosy ny mpianany?

# NY ANDRO FARANY NANKANESAN'I JESOSY TAO AMIN'NY TEMPOLY

MATIO 23:25–24:2 MARKA 12:41–13:2 LIOKA 21:1-6

Mbola nahariharin'i Jesosy fa mpihatsaravelatsihy ny mpanora-dalàna sy Fariseo, tamin'ny andro farany nankanesany tao amin'ny tempoly. Notsoriny fa mpihatsaravelatsihy izy ireo, ka nilaza izao sarin-teny izao izy: "Diovinareo ny ivelan'ny kaopy sy ny vilia, nefa ny ao anatiny feno zavatra norobaina sy feno fanaranam-po. Ry Fariseo jamba, diovy aloha ny atin'ny kaopy sy ny vilia, mba hadio koa ny ivelany." (Matio 23:25, 26) Nitandrina be ny Fariseo mba hanaraka ny lalàna momba ny fahadiovana sady nataony tsara be ny fisehoany ivelany. Tsy nandinika ny toetrany anefa izy ireo sady tsy nanadio ny fony.

Nazoto nanorina sy nandravaka fasana ho an'ny mpaminany koa izy ireo. "Zanak'ireo namono ny mpaminany" anefa izy ireo, hoy i Jesosy. (Matio 23:31) Marina izany satria nitady hamono an'i Jesosy izy ireo. (Jaona 5:18; 7:1, 25) Mpihatsaravelatsihy tokoa izy ireo.

Nolazain'i Jesosy avy eo izay miandry an'ireo mpitondra fivavahana ireo raha tsy mibebaka izy ireo. Hoy izy: "Ry bibilava, taranaky ny menarana, hataonareo ahoana no fandositra ny fanamelohana ho any amin'ny Gehena?" (Matio 23:33) Fandoroana fako ny Lohasahan'i Hinoma (Gehena), izay tsy lavitra teo. Ilazana ny fandringanana mandrakizay miandry ny mpanora-dalàna sy Fariseo ratsy fanahy izy io.

Ho "mpaminany sy olon-kendry ary mpampianatra ampahibemaso" hisolo tena an'i Jesosy ny mpianany. Ahoana no hitondran'ny olona azy ireo? Hoy i Jesosy tamin'ireo mpitondra fivavahana: 'Ny [mpianatro] sasany hovonoinareo ho faty sy hofantsihanareo amin'ny hazo fijaliana, ary ny sasany hokaravasinareo ao amin'ny synagoganareo sy henjehinareo isan-tanàna. Amin'izay dia hanody anareo ny ran'ny olo-marina rehetra nalatsaka teto ambonin'ny tany, nanomboka tamin'ny ran'i Abela olo-marina ka hatramin'ny ran'i Zakaria, izay novonoinareo.' Nampitandrina i Jesosy hoe: "Lazaiko aminareo marina tokoa fa hanody an'ity taranaka ity izany rehetra izany." (Matio 23:34-36) Tanteraka izany tamin'ny taona 70, rehefa noravan'ny Romanina i Jerosalema ka Jiosy ana hetsiny no maty.

Nalahelo i Jesosy nieritreritra an'izany zavatra mahatsiravina izany ka hoy izy: "Ry Jerosalema, ry Jerosalema, izay mpamono ny mpaminany sy mpitora-bato an'izay irahina ho any aminy! Impiry aho no te hanangona ny zanakao, tahaka ny fanangon' ny reniakoho ny zanany ao ambany elany! Tsy nety anefa ianareo. Hilaozana ny tranonareo ka havela ho anareo." (Matio 23:37, 38) Azo antoka fa nieritreritra ny mpihaino hoe inona io 'trano' io. Nety ho ilay tempolin'i Jerosalema izay tsara tarehy sy toa narovan'Andriamanitra ve izy io?

Hoy i Jesosy avy eo: "Lazaiko aminareo fa tsy hahita ahy intsony ianareo manomboka izao, mandra-pilazanareo hoe: 'Mahazo fitahiana ilay tonga amin'ny anaran'i Jehovah!'" (Matio 23:39) Naka teny tao amin'ny Salamo 118:26 izy teo. Izao ilay faminaniana ao: "Hotahina anie Ilay ho tonga amin'ny anaran'i Jehovah! Avy ao an-tranon'i Jehovah no irarianay fitahiana ho anareo." Mazava ho azy fa tsy nisy olona tonga tamin'ny anaran'i Jehovah intsony tao amin'ny tempoly rehefa rava izy io.

Nankao amin'ilay toerana nisy ny vata fandatsaham-bola tao amin'ny tempoly i Jesosy avy eo. Nisy lavaka kely fandatsahana fanomezana ny tampon'ireo vata. Nahita Jiosy maro nandatsaka vola i Jesosy ary anisan'izany ny mpanankarena izay "nandatsaka vola madinika be dia be." Nandinika mpitondratena nahantra iray nandatsaka 'vola madinika roa faran'izay kely vidy' izy avy eo. (Marka 12:41, 42) Azo antoka fa fantany hoe tena nahafaly an'Andriamanitra ny fanomezan'ilay vehivavy.

Nantsoin'i Jesosy ny mpianany ary hoy izy: "Lazaiko aminareo marina tokoa fa io mpitondratena mahantra io no nandatsaka betsaka kokoa noho izay rehetra nandatsaka vola tao amin'ny vata fa-

ndatsaham-bola." Fa nahoana? Hoy i Jesosy: 'Izy rehetra nandatsaka avy tamin'ny ambim-bavany, fa ravehivavy kosa na mahantra aza, dia nandatsaka izay rehetra nananany, dia ny fivelomany rehetra.' (Marka 12:43, 44) Tena tsy nitovy tamin'ny an'ny mpitondra fivavahana ny toe-tsain'ilay vehivavy sy ny zavatra nataony.

Hoy ny mpianatra iray rehefa nandao ny tempoly i Jesosy tamin'io 11 Nisana io: "Mpampianatra ô, jereonao ange ireto vato sy trano ireto e!" (Marka 13:1) Tena lehibe ny vato sasany tamin'ny rindrin' ny tempoly, ka hoatran'ny hoe matanjaka sy haharitra ilay tempoly. Mahagaga àry ilay tenin'i Jesosy hoe: "Hitanao ve ireo trano be ireo? Tsy havela hisy vato hifanaingina mihitsy eto ka tsy harodana."—Marka 13:2.

Namakivaky ny Lohasahan'i Kidrona i Jesosy sy ny apostoly avy eo, ary niakatra teo amin'ny toerana iray teo amin'ny Tendrombohitra Oliva. Tafaraka tamin'i Petera sy Andrea ary Jakoba sy Jaona teo i Jesosy, taorian'izay. Nahatazana an'ilay tempoly tsara tarehy izy ireo teo.



◊ Inona no nataon'i Jesosy tamin'ilay andro farany nankanesany tao amin'ny tempoly?
◊ Inona no nolazain'i Jesosy fa hitranga amin'ny tempoly?
◊ Nahoana i Jesosy no nilaza fa nanome bebe kokoa noho ireo mpanankarena ilay mpitondratena?

# NANGATAKA FAMANTARANA NY APOSTOLY

MATIO 24:3-51 MARKA 13:3-37 LIOKA 21:7-38



Talata tolakandro tamin'izay ary efa hifarana ny 11 Nisana. Efa hifarana koa ny fotoana nanaovan' i Jesosy asa mafy teto an-tany. Nampianatra tao amin'ny tempoly foana izy nandritra ny andro. Nitoetra tany ivelan'i Jerosalema kosa izy rehefa alina. Tena liana tamin'ny fampianarany ny olona ka 'tonga vao maraina teo aminy tao amin'ny tempoly mba hihaino azy.' (Lioka 21:37, 38) Taorian'izay, dia nipetraka teo amin'ny Tendrombohitra Oliva izy sy ny apostoliny efatra, izany hoe i Petera, Andrea, Jakoba, ary Jaona.

Nanatona azy mitokana izy efa-dahy. Nanahy momba ny tempoly izy ireo satria vao avy nilaza i Jesosy fa ho rava izy io ka tsy havela hisy vato hifanaingina eo aminy. Mbola nisy zavatra noeritreretin'izy ireo koa anefa. Efa nampirisika azy ireo i Jesosy taloha hoe: 'Aoka ianareo ho vonona lalandava, satria amin'ny ora tsy ampoizinareo no ho avy ny Zanak'olona.' (Lioka 12:40) Efa niresaka momba ilay "andro hampiharihariana ny Zanak'olona" koa izy. (Lioka 17:30) Nisy ifandraisany tamin'ny zavatra vao nolazainy momba ny tempoly ve ireo teniny ireo? Tena te hahafanta-javatra ireo apostoly. Hoy izy ireo: "Lazao aminay hoe rahoviana no hitranga izany, ary inona no ho famantarana ny fanatrehanao sy ny fifaranan'ny rafitr'ity tontolo ity?"—Matio 24:3.

Nety ho ny faharavan'ilay tempoly tazana tsy lavitra teo no tao an-tsain'izy ireo. Nanontany momba ny fanatrehan'ny Zanak'olona koa izy ireo. Tadidin'izy ireo angamba ilay fanoharan'i Jesosy momba ny "andriandahy nankany an-tany lavitra mba handray fahefana hanjaka, dia hiverina." (Lioka 19:11, 12) Tian'izy ireo ho fantatra koa hoe inona no tafiditra amin'ilay hoe "fifaranan'ny rafitr'ity tontolo ity."

Tamin'ny an-tsipiriany ny valin-tenin'i Jesosy. Nolazainy ny famantarana hoe rahoviana no ho rava ilay tontolo jiosy nisy tamin'izany, anisan' izany ny tempoly. Io famantarana io koa no hanampy ny Kristianina atỳ aoriana mba hahalala hoe rahoviana ny 'fanatrehan'i Jesosy' sy hoe efa akaiky ve ny fifaranan'ny rafitr'ity tontolo ity.

Hitan'ny apostoly hoe tanteraka ilay faminanian'i Jesosy rehefa nandeha ny fotoana. Tanteraka tamin'ny andron'izy ireo ny zavatra maro noresahiny. Efa vonona àry ireo Kristianina mailo tsara, rehefa nanakaiky ny fandravana ny tontolo jiosy sy ny tempoly tamin'ny taona 70, izany hoe 37 taona tatỳ aoriana. Tsy tanteraka tamin' ny taona 70 sy talohan'izay daholo anefa ny faminanian'i Jesosy. Ahoana àry no hahalalana fa efa manjaka izy ary manomboka ny fanatrehany? Nolazain'i Jesosy tamin'ny apostoly ny valin' izany.

Nilaza i Jesosy fa hisy 'ady sy filazana ady, hisy firenena hitsangana hamely firenena, ary hisy fanjakana hamely fanjakana.' (Matio 24:6, 7) Nilaza koa izy fa "hisy horohoron-tany lehibe, ary hisy areti-mandringana sy mosary any amin'ny toerana samy hafa." (Lioka 21:11) Nampitandrina ny mpianany izy hoe: "Hisambotra sy hanenjika anareo ny olona." (Lioka 21:12) Hisy mpaminany sandoka ary maro no ho voafitaka. Hitombo ny fandikan-dalàna ka hihamangatsiaka ny fitiavan'ny olona maro. Nilaza koa izy fa 'hotorina

---

◊ Nahoana ny apostoly no nanontany momba ny hoavy? Inona koa no nety ho nanitikitika ny sain'izy ireo?

◊ Oviana no nanomboka tanteraka ny faminanian'i Jesosy, ary tamin'ny fomba ahoana?

◊ Inona avy ireo zava-mitranga hahafantarana fa efa manatrika i Kristy?

maneran-tany ny vaovao tsaran'ilay fanjakana, ho vavolombelona amin'ny firenena rehetra, vao ho tonga ny farany.'—Matio 24:14.

Tanteraka nandritra ny nandravan'ny Romanina an'i Jerosalema sy taloha kelin'izay ny ampahan'ilay faminanian'i Jesosy. Mbola nisy fahatanterahany lehibe kokoa ve anefa? Tsy hitanao ve ny porofo fa amin'ny androntsika no tanteraka ny ampahany lehibe indrindra amin'izy io?

Nilaza i Jesosy fa hisy "zava-maharikoriko mahatonga faharavana", ary anisan'ny famantarana ny fanatrehany izany. (Matio 24:15) Nipoitra io zava-maharikoriko io tamin'ny taona 66. Tsy iza izy io fa ny miaramila romanina, izay nitondra faneva toy ny sampy. Nitoby nanodidina an'i Jerosalema izy ireo ary nanomboka nandrava ny mandany. (Lioka 21:20) Nitsangana tao amin'ny toerana tsy tokony hisy azy àry ilay "zava-maharikoriko", izany hoe tao amin'ilay noheverin'ny Jiosy ho "toerana masina."

Hoy koa i Jesosy: "Hisy fahoriana lehibe izay mbola tsy nisy toa azy hatramin'ny niandohan' izao tontolo izao ka mandraka ankehitriny, sady tsy hisy intsony." Noravan'ny Romanina i Jerosalema tamin'ny taona 70. Fahoriana lehibe tokoa tamin'izay satria olona ana hetsiny no maty, ary rava ilay 'tanàna masin'ny' Jiosy sy ny tempoly tao. (Matio 4:5; 24:21) Mbola tsy rava hoatr'izany ilay tanàna ary mbola tsy nahita hoatr'izany ny Jiosy. Nifarana tamin'io koa ny fivavahana narahin'izy ireo nandritra ny taonjato maro. Tena hahatsiravina àry ny zavatra hitranga any aoriana, rehefa ho tanteraka amin'ny fomba lehibe kokoa ilay faminanian'i Jesosy.

## AZA MANARY TOKY NA HO SAROTRA AZA NY HOAVY

Mbola tsy tapitra ny zavatra tian'i Jesosy holazaina momba ny famantarana ny fanatrehany sy ny faran'ny rafitr'ity tontolo ity. Nampitandrina ny apostoly izy mba tsy hanaraka "Kristy sandoka sy mpaminany sandoka." Nilaza izy fa na ny "olom-boafidy" aza dia handraman'izy ireny hofitahina, "raha azony atao." (Matio 24:24) Tsy ho voafitaka anefa ny olom-boafidy. Ho hita maso ireo Kristy sandoka, fa tsy ho hita maso kosa ny fanatrehan'i Jesosy.

Niresaka momba ny fahoriana lehibe kokoa hitranga amin'ny faran'ny rafitr'ity tontolo ity i Jesosy, ka hoy izy: "Ho maizina ny masoandro, tsy hanome hazavana ny volana, ho latsaka avy any an-danitra ny kintana, ary hohozongozonina ny herin'ny lanitra." (Matio 24:29) Tsy fantatr'ireo apostoly nandre an'ireo teny mampihoron-koditra ireo hoe inona marina no hitranga. Azo antoka anefa fa hahatsiravina ilay izy.

Inona no ho vokatr'ireo zavatra mampihorohoro ireo amin'ny olona? Hoy i Jesosy: "Hisy ho safotra noho ny tahotra sy ny fiandrasana izay zavatra ho tonga ambonin'ny tany onenana. Fa hohozongozonina ny herin'ny lanitra." (Lioka 21:26) Ny fotoana manjombona indrindra eo amin'ny tantara no noresahin'i Jesosy teo.

Mampahery anefa fa nilaza tamin'ny apostoly i Jesosy hoe tsy ny rehetra no ho kivy rehefa 'ho avy amin-kery sy voninahitra lehibe ny Zanak' olona.' (Matio 24:30) Efa nilaza izy fa hanao zavatra Andriamanitra "noho ny olom-boafidy." (Matio 24:22) Inona àry no tokony ho tsapan'ireo mpianatra tsy mivadika ireo, rehefa nandre an' ireo zavatra mampahatahotra nolazain'i Jesosy? Nampahery azy ireo i Jesosy hoe: "Rehefa manomboka mitranga izany, dia mijoroa ka mitrakà fa efa manakaiky ny fanafahana anareo."—Lioka 21:28.

Ahoana kosa no hahalalan'ireo mpianatr'i Jesosy hiaina amin'io fotoana io fa efa akaiky ny farany? Nilaza fanoharana momba ny aviavy i Jesosy. Hoy izy: "Raha vao mitsimoka ny rantsany ka mandravina, dia fantatrareo fa akaiky ny fahavaratra. Toy izany koa ianareo, rehefa hitanareo izany rehetra izany, dia fantaro fa efa akaiky izy, eny, efa eo am-baravarana. Lazaiko aminareo marina tokoa fa tsy ho lany mihitsy ity taranaka ity, mandra-pisehon'izany rehetra izany."—Matio 24: 32-34.

Tokony ho takatr'ireo mpianatra àry fa efa akaiky ny farany, rehefa miseho ireo lafiny maro amin'ilay famantarana. Te hampitandrina an'ireo mpianany hiaina amin'io fotoana miavaka io i Jesosy, ka niteny hoe:

"Fa tsy misy mahalala ny amin'izany andro sy ora izany, na ny anjely any an-danitra, na ny Zanaka, afa-tsy ny Ray ihany. Fa toy ny andron'i Noa, dia ho toy izany koa ny fanatrehan'ny Zanak' olona. Fa tamin'izany andro izany, fony mbola tsy tonga ny safodrano, dia nihinana sy nisotro, nampaka-bady sy navoaka hampakarina ny olona, mandra-pahatongan'ny andro nidiran'i Noa tao amin'ny sambofiara. Ary tsy niraharaha izy ireo mandra-pahatongan'ny safodrano, izay nifaoka azy rehetra. Dia ho toy izany koa ny fanatrehan' ny Zanak'olona." (Matio 24:36-39) Nampahatsiahy an'ilay Safodrano tamin'ny andron'i Noa i Jesosy teo. Nisy fiantraikany eran-tany izy io.

Azo antoka fa takatr'ireo apostoly nihaino an'i Jesosy teo amin'ny Tendrombohitra Oliva fa tokony ho mailo foana izy ireo. Hoy i Jesosy: "Mitandrema sao ny fonareo hovesaran'ny fihinanana tafahoatra sy ny fibobohan-toaka ary ny fanahiana eo amin'ny fiainana, ka tsy hampoizinareo ny hahatongavan'izany andro izany aminareo, fa ho tampoka toy ny fandrika. Fa ho tonga amin'izay rehetra monina ambonin'ny tany manontolo izany. Koa miambena hatrany, ary mitalahoa mandrakariva mba ho afa-mandositra izany zavadrehetra tsy maintsy ho tonga izany ianareo, ka ho afaka hitsangana eo anatrehan'ny Zanak'olona."—Lioka 21:34-36.

Nasehon'i Jesosy indray fa tsy izay hitranga ao anatin'ny am-polony taona no tiany holazaina, na izay hitranga ao Jerosalema fotsiny, na hoe zavatra hahakasika ny Jiosy irery. Zavatra "ho tonga amin'izay rehetra monina ambonin'ny tany manontolo" kosa no tiany horesahina.

Nampirisika ny mpianany izy mba ho mailo foana sy hiambina ary ho vonona. Nanamafy an' izany izy ka nilaza ity fanoharana ity: 'Fantaro izao: Raha fantatry ny tompon-trano hoe amin'ny fotoam-piambenana fahafiry no hahatongavan' ny mpangalatra, dia ho niari-tory niambina izy ka tsy ho namela ny tranony hovakina. Noho izany, dia aoka koa ianareo ho vonona, satria amin'ny ora tsy eritreretinareo no hiavian'ny Zanak'olona.'—Matio 24:43, 44.

Afaka ny hanana fanantenana anefa ny mpianatr'i Jesosy. Nanome toky azy ireo mantsy izy fa hisy "mpanompo" ho mailo sy hazoto hiasa, rehefa ho tanteraka ilay faminaniany. Niresaka zavatra mora azon'ny apostoly izy avy eo. Hoy izy: "Iza tokoa moa ilay mpanompo mendri-pitokisana sy malina izay notendren'ny tompony hikarakara an' ireo mpanompo ao an-tranony, ka hanome sakafo azy ireo amin'ny fotoana mety? Sambatra izany mpanompo izany raha tonga ny tompony ka mahita azy manao izany! Lazaiko aminareo marina tokoa fa hotendreny hiandraikitra ny fananany rehetra izy." Ahoana anefa raha lasa ratsy fanahy ilay "mpanompo" ka mampijaly ny mpanompo hafa? "Hanasazy azy faran'izay mafy" ny tompony.—Matio 24:45-51; ampitahao amin'ny Lioka 12:45, 46.

Tsy midika ireo tenin'i Jesosy ireo hoe hisy mpanara-dia azy ho lasa ratsy fanahy. Inona àry ny lesona tiany hampitaina tamin'ny mpianany? Tiany ho mailo sy hazoto hiasa foana izy ireo, araka ny hita ao amin'ny fanoharany iray hafa.

◇ Ahoana no nisehoan'ilay "zava-maharikoriko", ary inona no nitranga taorian'izay?
◇ Inona no ho tsapan'ny olona rehefa hitany fa tanteraka ny faminanian'i Jesosy?
◇ Inona no fanoharana nolazain'i Jesosy mba hanampiana ny mpianany hahalala hoe efa akaiky ny farany?
◇ Inona no manaporofo fa ho tanteraka maneran-tany ny faminanian'i Jesosy?
◇ Inona no fampitandreman'i Jesosy an'ireo mpianany hiaina aloha kelin'ny faran'ny rafitr'ity tontolo ity?

# MAMPIANATRA ANTSIKA HO MAILO ILAY FANOHARANA MOMBA NY VIRJINY

MATIO 25:1-13

Namaly ny fanontanian'ny apostoliny momba ny famantarana ny fanatrehany sy ny fifaranan' ny rafitr'ity tontolo ity i Jesosy. Mbola tao antsainy izany ka nilaza fanoharana iray hafa izy mba hampitandremana azy ireo. Hahita ny fahatanterahan'izy io ireo hiaina mandritra ny fanatrehany.

Toy izao no nanombohan'i Jesosy an'ilay fanoharana: "Ny fanjakan'ny lanitra dia ho tahaka ny virjiny folo izay naka ny jirony ka nivoaka hitsena ny mpampakatra. Ny dimy adala, ary ny dimy malina."—Matio 25:1, 2.

Tsy te hilaza akory i Jesosy hoe adala ny antsasaky ny mpianatra handova an'ilay Fanjakana any an-danitra, ary ny antsasany ho malina. Te hilaza kosa izy fa afaka mifidy ny ho mailo na ho varimbariana ny mpianany tsirairay. Natoky anefa izy fa afaka ny tsy hivadika izy ireo ka hotahin'ny Rainy.

Samy nivoaka hitsena an'ilay mpampakatra ny virjiny folo ary te hanotrona azy. Handrehitra ny jirony mba hanazava ny lalana izy ireo rehefa tonga ilay mpampakatra. Te hanome voninahitra ny mpampakatra mantsy ireo virjiny rehefa hoentiny ao amin'ny trano efa nomanina ho azy ilay ampakarina. Inona anefa no nitranga?

Hoy i Jesosy: "Nitondra ny jirony ireo adala, nefa tsy nitondra menaka. Fa ireo malina kosa nitondra menaka tao anaty fitoerany sady nitondra ny jirony. Raha mbola naharitra ela ny



mpampakatra, dia rendremana izy rehetra ka nandeha natory." (Matio 25:3-5) Tsy tonga tamin'ny fotoana nantenain'izy ireo ilay mpampakatra. Toa elaela izy vao tonga ka resin-tory izy ireo. Nety ho tsaroan'ireo apostoly ilay tenin'i Jesosy momba ny andriandahy iray izay nandeha ka 'niverina *tatỳ aoriana,* rehefa avy nandray fahefana hanjaka.'—Lioka 19:11-15.

Inona no nitranga rehefa tonga ilay mpampakatra tao amin'ilay fanoharana? Hoy i Jesosy: "Tamin'ny misasakalina, dia nisy niantsoantso hoe: 'Iny ny mpampakatra! Mivoaha hitsena azy.' " (Matio 25:6) Mailo sy efa vonona ve anefa ireo virjiny?

Hoy ihany i Jesosy: "Ary nitsangana ireo virjiny rehetra ireo ka nanamboamboatra ny jirony. Dia hoy ireo adala tamin'ireo malina: 'Mba omeo amin'ny menakareo izahay, fa efa ho faty ny jironay.' Hoy anefa ny navalin'ireo malina: 'Angamba ireto tsy ho ampy ho antsika, fa mandehana mividy any amin'ny mpivarotra ho anareo.' "—Matio 25:7-9.

Tsy mailo sy tsy vonona ho amin'ny fahatongavan'ilay mpampakatra àry ireo virjiny adala. Tsy ampy ny menaka nentiny ho an'ny jirony ka nila nitady izy ireo. Hoy i Jesosy: "Raha mbola lasa nividy izy ireo, dia tonga ny mpampakatra. Niara-niditra taminy tao amin'ny fanasambe amin'ny fampakaram-bady ireo virjiny efa vonona, ary nohidiana ny varavarana. Taorian'izany dia tonga koa ireo virjiny hafa ka niteny hoe: 'Tompoko, tompoko, vohay izahay!' Hoy ny navaliny: 'Lazaiko aminareo marina tokoa fa tsy fantatro ianareo.' " (Matio 25:10-12) Voa mafy tokoa izy ireo satria tsy vonona sady tsy mailo.

Takatry ny apostoly fa i Jesosy ilay mpampakatra. Efa nampitaha ny tenany tamin'ny mpampakatra mantsy izy. (Lioka 5:34, 35) Ary ireo virjiny hendry? Hoy i Jesosy tamin'izy niresaka momba ny "ondry vitsy" izay homena ny Fanjakana: "Misikìna ary aoka hirehitra ny jironareo." (Lioka 12:32, 35) Takatr'ireo apostoly àry fa ny mpianatra tsy mivadika toa azy ireo no nantsoin'i Jesosy hoe virjiny. Inona àry no tian'i Jesosy hampitaina tamin'io fanoharana io?

Notsorin'i Jesosy izany rehefa namarana an' ilay fanoharana izy. Hoy izy: "Koa miambena hatrany àry, satria tsy fantatrareo na ny andro na ny ora."—Matio 25:13.

Te hilaza amin'ny mpanara-dia azy tsy mivadika àry i Jesosy fa mila 'miambina hatrany' izy ireo mandritra ny fanatrehany. Tena ho tonga izy ka tokony ho vonona sy ho mailo izy ireo, toa an'ireo virjiny malina. Ho zava-dehibe amin'izy ireo foana amin'izay ilay fanantenany ka ho azon'izy ireo ny valisoany.

---

◇ Inona no tsy mampitovy an'ireo virjiny malina sy ireo virjiny adala?

◇ Iza ilay mpampakatra, ary iza ireo virjiny?

◇ Inona no tian'i Jesosy hampitaina tamin'ilay fanoharana momba ny virjiny folo?

# MAMPIANATRA ANTSIKA HAZOTO ILAY FANOHARANA MOMBA NY TALENTA

MATIO 25:14-30

Nilaza fanoharana hafa i Jesosy, raha mbola niaraka tamin'ireo apostoly efatra teo amin'ny Tendrombohitra Oliva. Efa nilaza fanoharana momba ny farantsa izy andro vitsivitsy talohan' izay, tao Jeriko. Nasehony tamin'izay fa mbola ho ela vao ho tonga ilay Fanjakana. Nisy itovizany tamin'ilay fanoharana momba ny farantsa ilay fanoharana nolazainy teto. Valin'ilay fanontaniana momba ny fanatrehany sy ny fifaranan'ny rafitr'ity tontolo ity koa izy io. Nasongadiny fa tsy maintsy mazoto mampiasa an'izay nankinina taminy ny mpianany.

Hoy i Jesosy: "Ny fanjakan'ny lanitra koa dia toy ny lehilahy iray efa handeha ho any an-tany hafa, ka nampiantso ny mpanompony mba hanankinany ny fananany." (Matio 25:14) Efa nampitovy ny tenany tamin'ny lehilahy nankany an-tany hafa mba "handray fahefana hanjaka" izy. (Lioka 19:12) Mora tamin'ny apostoly àry ny nahalala hoe i Jesosy ilay "lehilahy" resahina eo.

Nankinin'ilay lehilahy tamin'ny mpanompony aloha ny harenany vao nandeha izy. Ny fitoriana ny vaovao tsaran'ny Fanjakan'Andriamanitra no tena nimasoan'i Jesosy nandritra ny telo taona sy tapany nanompoany. Nampiofana ny mpianany hanao an'io asa io koa izy. Handeha izy izao ka matoky fa hanohy an'ilay asa izy ireo. —Matio 10:7; Lioka 10:1, 8, 9; ampitahao amin' ny Jaona 4:38; 14:12.

Ahoana no nizaran'ilay lehilahy ny fananany? Hoy i Jesosy: "Ny iray nomeny talenta dimy, ny iray talenta roa, ary ny iray talenta iray, samy araka ny fahaizany avy. Dia lasa nankany antany hafa izy." (Matio 25:15) Nataon'ireo mpanompo inona ireo talenta? Nazoto nampiasa izany ve izy ireo mba hahazo tombony ilay tompony? Hoy ihany i Jesosy:

"Avy hatrany dia nandeha nampiasa ireo talenta dimy ilay nahazo izany, ka nahazo tombony dimy. Torak'izany koa fa nahazo tombony roa ilay nahazo talenta roa. Fa lasa nihady tany kosa ilay nahazo talenta iray monja, ka nanafina an'ilay farantsa volafotsin'ny tompony." (Matio 25:16-18) Inona no nitranga rehefa niverina ilay tompo?

Hoy i Jesosy: "Ela be tatỳ aoriana, dia tonga ny tompon'ireo mpanompo ireo ka nanao ampamoaka an'ireo momba ny kaontim-bolany." (Matio 25:19) Nanao izay rehetra azony natao "araka ny fahaizany avy" ireo mpanompo roa voalohany. Nazoto sy niasa mafy izy ireo ka nahazo tombony tamin'izay nankinina taminy. Samy nahazo tombony avo roa heny ilay nahazo talenta dimy sy ilay nahazo talenta roa. (Nila niasa 19 taona teo ho eo ny olona iray tamin'izany fotoana izany vao nahazo karama nitovy tamin'ny talenta iray.) Nitovy ny teny fiderana



nolazain'ilay tompo tamin'izy ireo hoe: "Tsara izany, ry mpanompo tsara sady mendri-pitokisana! Mendri-pitokisana tamin'ny zavatra vitsivitsy ianao, ka hotendreko hiandraikitra zavatra maro. Miaraha mifaly amin'ny tomponao."—Matio 25:21.

Tsy toy izany kosa anefa ilay mpanompo nomena talenta iray. Hoy izy: "Tompoko, fantatro fa olona sarotiny ianao, fa mijinja eny amin'izay tsy namafazanao ianao ary manangona eny amin'izay tsy nikororohanao. Koa natahotra aho ka lasa nanafina ny talentanao tao anaty tany. Iny ny anao." (Matio 25:24, 25) Tsy mba napetrany tany amin'ny banky akory ilay vola, sitrany ahay nahazo zana-bola ilay tompony. Nataony izay tsy hitomboan'ny fananan'ny tompony.

Rariny àry raha niantso azy hoe "mpanompo ratsy fanahy sady kamo" ilay tompony. Nalaina taminy ilay talenta ka nomena an'ilay mpanompo vonona hiasa mafy. Nametraka izao fitsipika izao ilay tompo avy eo: "Izay rehetra manana dia homena bebe kokoa ka hanana be dia be, fa izay tsy manana kosa, na izay ananany aza, dia halaina aminy."—Matio 25:26, 29.

Nanan-javatra maro hosaintsainina ny mpianatra rehefa avy nandre an'io fanoharana io. Tsapan'izy ireo fa tena sarobidy ilay tombontsoa hanao mpianatra, izay nankinin'i Jesosy taminy. Tian'i Jesosy koa raha mazoto manao io asa io izy ireo. Tsy manantena anefa izy hoe tsy



maintsy hitovy ny vitan'izy rehetra rehefa mitory. Hita amin'ilay fanoharana fa tokony hanao araka izay vitany ny tsirairay, "araka ny fahaizany avy." Tsy midika anefa izany hoe faly i Jesosy raha kamo ny mpanara-dia azy, ka tsy manao izay fara heriny mba hampitomboana ny fananan'ny Tompony.

Azo antoka fa faly ireo apostoly rehefa nomena toky hoe: "Izay rehetra manana dia homena bebe kokoa."

◇ Ao amin'ilay fanoharana momba ny talenta, iza no mifanitsy amin'ilay tompo ary iza no mifanitsy amin'ireo mpanompo?

◇ Inona avy ny lesona nampitain'i Jesosy tamin'ilay fanoharana momba ny talenta?

# HITSARA NY ONDRY SY NY OSY I KRISTY MPANJAKA

MATIO 25:31-46



Avy nilaza an'ilay fanoharana momba ny virjiny folo sy momba ny talenta i Jesosy, teo amin'ny Tendrombohitra Oliva. Namaly ny fanontanian'ny apostoly momba ny famantarana ny fanatrehany sy ny fifaranan'ny rafitr'ity tontolo ity izy tamin'izay. Ilay fanoharana momba ny ondry sy ny osy no namaranany ny teniny.

Noresahin'i Jesosy aloha izay hitranga. Hoy izy: "Rehefa tonga ny Zanak'olona amin'ny voninahiny, miaraka amin'ny anjely rehetra, dia hipetraka eo amin'ny seza fiandrianany be voninahitra izy." (Matio 25:31) Nasehon'i Jesosy tsara fa izy no mpandray anjara fototra ao amin'ilay fanoharana. Matetika mantsy izy no niantso ny tenany hoe "Zanak'olona."—Matio 8:20; 9:6; 20:18, 28.

Rahoviana io fanoharana io no ho tanteraka? Ho tanteraka izy io rehefa 'tonga amin'ny voninahiny' i Jesosy miaraka amin'ny anjely, ary hipetraka eo amin'ny "seza fiandrianany be voninahitra." Efa nilaza izy fa 'ho avy amin-kery sy voninahitra lehibe ao amin'ny rahon'ny lanitra ny Zanak'olona' miaraka amin'ny anjeliny. Rahoviana? 'Aorian'ilay fahoriana avy hatrany.' (Matio 24:29-31; Marka 13:26, 27; Lioka 21:27) Ho tanteraka àry ilay fanoharana rehefa ho tonga amin'ny voninahiny i Jesosy. Inona no hataony amin'izay?

Hoy i Jesosy: "Rehefa tonga ny Zanak'olona ... dia hangonina eo anatrehany ny firenena rehetra. Ary hanavaka ny olona izy, toy ny mpiandry ondry manavaka ny ondry amin'ny osy. Ary hametraka ny ondry eo ankavanany izy, fa ny osy eo ankaviany."—Matio 25:31-33.

Nataon'i Jesosy teo ankavanany ny ondry satria ankasitrahany. Hoy izy: "Ary hilaza amin'izay eo ankavanany ny mpanjaka hoe: 'Avia ianareo izay notahin'ny Raiko, mandovà ny fanjakana

izay nomanina ho anareo hatramin'ny nanorenana izao tontolo izao.'" (Matio 25:34) Nahoana ireo ondry no ankasitrahan'ilay Mpanjaka?

Hoy ilay Mpanjaka: "Noana aho dia nomenareo hanina. Nangetaheta aho dia nomenareo hosotroina. Nivahiny aho dia nampiantranoinareo. Nitanjaka aho dia nampitafianareo. Narary aho dia nokarakarainareo. Tany am-ponja aho dia novangianareo." Nanontany an'ilay mpanjaka ireo ondry na "olo-marina" hoe oviana izy ireo no nanao izany. Hoy ilay Mpanjaka: "Araka izay nataonareo tamin'ny iray amin'ny kely indrindra amin'ireto rahalahiko ireto no nataonareo tamiko." (Matio 25:35, 36, 40, 46) Tsy tany an-danitra izy ireo no nanao an'ireo zavatra tsara ireo satria tsy misy marary na noana any. Tsy maintsy ho soa natao tamin'ny rahalahin'i Kristy mbola teto an-tany àry izany.

Ary ireo osy teo ankavia? Hoy i Jesosy: "Hoy kosa [ilay Mpanjaka] amin'izay eo ankaviany: 'Mialà amiko ianareo voaozona, ka mandehana any amin'ny afo maharitra mandrakizay izay voaomana ho an'ny Devoly sy ny anjeliny. Fa noana aho nefa tsy nomenareo hanina, nangetaheta nefa tsy nomenareo hosotroina. Nivahiny aho nefa tsy nampiantranoinareo, nitanjaka nefa tsy nampitafianareo, narary sy tany am-ponja nefa tsy nokarakarainareo.'" (Matio 25:41-43) Mendrika ny hohelohina izy ireo, satria tsy nikarakara tsara ny rahalahin'i Kristy mbola teto antany nefa tokony ho nanao izany.



Fantatr'ireo apostoly fa haharitra mandrakizay ny vokatr'io fitsarana amin'ny hoavy io. Hoy mantsy i Jesosy: "Dia hamaly an'ireo [ilay Mpanjaka] hoe: 'Lazaiko aminareo marina tokoa fa araka izay tsy nataonareo tamin'ny iray amin'ireto kely indrindra ireto no tsy nataonareo tamiko.' Ary ho any amin'ny fandringanana mandrakizay ireo, fa ny olo-marina kosa ho any amin'ny fiainana mandrakizay."—Matio 25:45, 46.

Misy zavatra betsaka hosaintsainin'ny mpanara-dia azy ao amin'ilay valin-tenin'i Jesosy tamin'ireo apostoliny. Hanampy azy ireo mba handinika ny toe-tsainy sy ny zavatra ataony izany.

---

◊ Iza ilay Mpanjaka ao amin'ilay fanoharana momba ny ondry sy ny osy? Rahoviana io fanoharana io no ho tanteraka?

◊ Nahoana ireo ondry no mendrika ny fankasitrahan'i Jesosy?

◊ Nahoana ny olona sasany no holazain'i Jesosy hoe osy? Inona no miandry ny ondry sy ny osy?

# EFA AKAIKY ILAY PASKA FARANY NATREHIN'I JESOSY

MATIO 26:1-5, 14-19 MARKA 14:1, 2, 10-16 LIOKA 22:1-13

Avy nampianatra an'ireo apostoly efatra i Jesosy teo amin'ny Tendrombohitra Oliva. Novaliany ny fanontanian'izy ireo momba ny fanatrehany sy ny fifaranan'ny rafitr'ity tontolo ity.

Be atao i Jesosy tamin'iny 11 Nisana iny. Niverina tany Betania izy sy ny apostoliny avy eo satria hatory any. Tamin'izay angamba izy no niteny tamin'izy ireo hoe: "Fantatrareo fa rehefa afaka roa andro dia ho tonga ny Paska, ary hatolotra hofantsihana amin'ny hazo fijaliana ny Zanak'olona." —Matio 26:2.

Toa nitokana i Jesosy sy ny apostoliny ny ampitso alarobia. Niteny mafy ny mpitondra fivavahana izy ny talata sady nampiharihary ny faharatsian'izy ireo. Nitady hevitra hamonoana azy àry izy ireo, ka tsy nisehoseho i Jesosy ny 12 Nisana. Tsy tiany mantsy raha hisy hanakana azy tsy hankalaza ny Paska miaraka amin'ny apostoliny. Natao ny ampitso hariva taorian'ny filentehan'ny masoandro ny Paska, izany hoe tamin'ny fiandohan' ny 14 Nisana.

Tsy nipetrapetraka fotsiny anefa ny lehiben' ny mpisorona sy ny anti-panahin'ny vahoaka, talohan'ny Paska. Nivory teo an-tokotanin'i Kaiafa mpisoronabe izy ireo. Tezitra mantsy izy ireo satria nampiharihary ny faharatsiany i Jesosy. Nikaondoha izy ireo "mba hisamborana an'i Jesosy aminkafetsena, sy mba hamonoana azy ho faty." Rahoviana izy ireo no hanao izany ary ahoana no hataony? Hoy izy ireo: 'Tsy amin'ny fety sao hisavorovoro ny vahoaka.' (Matio 26:4, 5) Natahotra izy ireo satria tian'ny olona maro i Jesosy.

Nisy olona tonga tao amin'ny mpitondra fivavahana tamin'izay. Gaga izy ireo fa i Jodasy Iskariota apostolin'i Jesosy ilay izy. Nataon'i Satana tao an-tsainy ny hamadika ny Tompony. Hoy i Jodasy:



"Homenareo inona aho hamadihako azy ka hanolorako azy aminareo?" (Matio 26:15) Faly erỳ izy ireo ka "nifanaraka fa hanome azy farantsa volafotsy." (Lioka 22:5) Farantsa volafotsy 30 ilay izy. Mariho fa vidina andevo ny sekely 30. (Eksodosy 21:32) Hita amin'izany fa nankahala an'i Jesosy sy nanao tsinontsinona azy ny mpitondra fivavahana. Nanomboka teo àry i Jodasy dia "nitady izay fotoana mety tsara hamadihany an'i Jesosy ka hanolorany azy tamin'ireo, amin'ny fotoana tsy misy olona."—Lioka 22:6.

Nanomboka ny alarobia tamin'ny filentehan'ny masoandro ny 13 Nisana. Io no alina fahenina sady farany nijanonan'i Jesosy tao Betania. Nisy fanomanana farany nila natao ny ampitson'iny mba hankalazana ny Paska. Nila nitady zanak'ondry izy ireo mba hovonoina sy hatsatsika alohan'ny 14 Nisana. Aiza izy ireo no hihinana ny Paska ary iza no hanomana an'ilay izy? Tsy nolazain'i Jesosy ireo tsipiriany ireo. Tsy afaka nampahafantatra an'ireo tamin'ny lehiben'ny mpisorona àry i Jodasy.

Angamba teo am-piandohan'ny alakamisy tolakandro i Jesosy no naniraka an'i Petera sy Jaona. Hoy izy: "Mandehana manomana ny Paska hohanintsika." Hoy izy ireo: "Aiza no tianao hanomananay azy?" Namaly i Jesosy hoe: "Hisy lehilahy iray mitondra siny tany feno rano hifanena aminareo, raha vao miditra ny tanàna ianareo. Araho any amin'izay trano idirany izy. Ary izao no holazainareo amin'ny tompon'ilay trano: 'Hoy ny Mpampianatra aminao: "Aiza ny efitra fandraisam-bahiny azoko ihinanana ny Paska miaraka amin'ny mpianatro?"' Ary izy hampiseho aminareo efitra malalaka any ambony rihana, izay efa misy fanaka. Ao no anomano ny Paska."—Lioka 22:8-12.



Azo antoka fa mpianatr'i Jesosy ilay tompontrano. Nety ho efa nampoiziny hoe hangataka hampiasa ny tranony i Jesosy amin'ny Paska. Hitan'i Petera sy Jaona tokoa izay rehetra nolazain'i Jesosy rehefa tonga tao Jerosalema izy ireo. Nataon'izy ireo vonona àry ilay zanak'ondry sy ny zavatra nilaina tamin'ny Paska, ka afaka nankalaza ny Paska i Jesosy sy ny apostoly 12.


---

◇ Inona no nety ho nataon'i Jesosy ny alarobia 12 Nisana, ary nahoana?
◇ Nahoana no nivory ireo mpitondra fivavahana, ary nahoana i Jodasy no nankany amin'izy ireo?
◇ Iza no nirahin'i Jesosy nankany Jerosalema ny alakamisy, ary inona no nataon'izy ireo tany?

# NAMPIANATRA HANETRY TENA IZY TAMIN'ILAY PASKA FARANY

MATIO 26:20 MARKA 14:17 LIOKA 22:14-18 JAONA 13:1-17

Nanomana ny Paska tany Jerosalema i Petera sy Jaona, araka ny toromarik'i Jesosy. Nankany i Jesosy sy ny apostoly folo avy eo. Efa nilentika tsikelikely ny masoandro rehefa nidina ny Tendrombohitra Oliva izy ireo. Io no andro antoandro farany nandalovan'i Jesosy teo, talohan'ny nitsanganany tamin'ny maty.



Tsy ela izy ireo dia tonga ary nankao amin'ilay trano hihinanany ny Paska. Niakatra ny tohotra izy ireo ary nankao amin'ilay efitra malalaka tao ambony rihana. Efa vonona izay rehetra nilaina tamin'ny Paska. Tsy andrin'i Jesosy io fotoana io satria hoy izy: "Mba niriko mafy ny hiara-mihinana ity Paska ity aminareo, alohan'ny hijaliako." —Lioka 22:15.

Taona maro talohan'izay, dia lasa fanao rehefa mankalaza ny Paska ny mampitampita kaopy misy divay. Nandray kaopy àry i Jesosy, nisaotra an'Andriamanitra, ary niteny hoe: "Raiso ity ka isotroy, ary ampitampitao amin'ny tsirairay aminareo. Fa lazaiko aminareo fa manomboka izao, dia tsy hisotro ny vokatry ny voaloboka intsony aho mandra-pahatongan'ny fanjakan'Andriamanitra." (Lioka 22:17, 18) Tokony hazava àry fa tsy ho ela izy dia ho faty.

Nisy zava-nitranga tsy nahazatra nandritra an' ilay sakafo. Nitsangana i Jesosy, nesoriny ny akanjony ivelany, naka servieta izy, ary nasiany rano ilay koveta teo akaiky teo. Ny tompon-trano no nampanasa ny tongotry ny vahininy, raha ny nahazatra. Angamba ny mpanompony no nasainy nanao izany. (Lioka 7:44) Tsy nisy tompon-trano anefa teo, ka i Jesosy no nanao an'ilay asa. Afaka nanao izany daholo ny apostoly, saingy tsy nisy nanao. Nety ho mbola nihevi-tena ho ambony izy ireo. Menatra anefa izy ireo rehefa nosasan'i Jesosy ny tongony.

Hoy i Petera rehefa nanatona azy i Jesosy: "Sanatria! Tsy hanasa ny tongotro ianao." Hoy i Jesosy: "Raha tsy hosasako ianao dia tsy misy iombonanao amiko." Namaly i Petera hoe: "Tompo ô, tsy ny tongotro ihany àry fa ny tanako sy ny lohako koa." Gaga be angamba izy satria hoy i Jesosy: "Izay efa avy nandro dia tsy mila hosasana afa-tsy ny tongony ihany, fa efa madio ny tenany manontolo. Ary efa madio ianareo, saingy tsy ianareo rehetra."—Jaona 13:8-10.

Nosasan'i Jesosy ny tongotr'izy 12 lahy, anisan'izany ny an'i Jodasy Iskariota. Nanaovany ny akanjony ivelany avy eo ary nandry ilika indray izy mba hisakafo. Hoy izy: "Fantatrareo ve izay nataoko taminareo teo? Ianareo miantso ahy hoe



'Mpampianatra' sy 'Tompo', ary marina ny anareo satria izany tokoa aho. Koa izaho, na dia Tompo sy Mpampianatra aza, nanasa ny tongotrareo, dia mba tokony hifanasa tongotra koa ianareo. Fa modely no nomeko anareo, mba hanaovanareo araka izay nataoko taminareo. Lazaiko aminareo marina dia marina tokoa fa ny mpanompo tsy lehibe noho ny tompony, na izay irahina noho ilay naniraka azy. Raha fantatrareo izany, dia sambatra ianareo raha manao izany."—Jaona 13:12-17.

Tena hain'i Jesosy ny nampianatra ny mpanara-dia azy hanetry tena. Tsy tokony hitady ny ho voalohany izy ireo, na hieritreritra hoe ambony noho ny hafa ka mila tompoina. Tokony hanahaka an'i Jesosy kosa izy ireo. Tsy voatery hanasa ny tongotry ny hafa izy, fa tokony hanetry tena sy tsy hiangatra ka ho vonona hanompo ny hafa.

◇ Inona no nolazain'i Jesosy nandritra ny sakafon' ny Paska ka nahitana fa ho faty tsy ho ela izy?
◇ Nahoana no tsy nahazatra ny nahita an'i Jesosy nanasa ny tongotry ny apostoliny?
◇ Inona no lesona nampitain'i Jesosy tamin'izy nanasa ny tongotry ny apostoliny?

# NY SAKAFO HARIVAN'NY TOMPO

MATIO 26:21-29 MARKA 14:18-25 LIOKA 22:19-23 JAONA 13:18-30

Nampianatra ny mpianany hanetry tena i Jesosy, rehefa nanasa ny tongotr'izy ireo. Nihinana ny sakafon'ny Paska izy ireo avy eo, tamin'iny takariva iny. Toa taorian'izay i Jesosy no nanonona an'ity faminanian'i Davida ity: "Ilay olona tsara fihavanana tamiko, izay nitokisako, sy niara-nihinana ny mofoko tamiko, dia nanainga ny voditongony hamely ahy." Hoy izy avy eo: "Hamadika ahy ny iray aminareo."—Salamo 41:9; Jaona 13:18, 21.

Nifampijery ny apostoly ka samy nanontany hoe: "Izaho ve izany, Tompo ô?" I Jodasy Iskariota koa aza mba nanontany. Teo akaikin'i Jesosy i Jaona ka nasain'i Petera nanontany hoe iza izany. Nanakaiky an'i Jesosy àry i Jaona ka hoy izy: "Iza izany, Tompo ô?"—Matio 26:22; Jaona 13:25.

Namaly i Jesosy hoe: "Ilay homeko ny sombimofo atsoboko ao anaty vilia no izy." Natsobony tao anaty vilia ny sombi-mofo avy eo ary nomeny an'i Jodasy, sady hoy izy: "Handeha ny Zanak'olona, araka ny voasoratra momba azy, nefa lozan' izay olona nampiasaina hamadihana ny Zanak'olona! Tsara kokoa ho an'izany olona izany raha tsy teraka akory." (Jaona 13:26; Matio 26:24) Niditra tao amin'i Jodasy i Satana avy eo. Efa ratsy toetra i Jodasy nefa vao mainka nanaiky hanao ny sitrapon'ny Devoly ka lasa "zanaky ny fandringanana." —Jaona 6:64, 70; 12:4; 17:12.

Hoy i Jesosy tamin'i Jodasy: "Ataovy haingana izay ataonao." Tany amin'i Jodasy ny boatim-bola ka nihevitra ny apostoly hafa fa tokony hanao fanomezana ho an'ny mahantra izy, na te hilaza i Jesosy hoe: "Vidio izay ilaintsika amin'ny fety." (Jaona 13:27-30) Nandeha nitady fomba hamadihana an'i Jesosy anefa i Jodasy.

Nisy zava-baovao natombok'i Jesosy tamin'io takariva nihinanana ny Paska io. Nandray mofo izy, nanao vavaka fisaorana, ary nanapaka ny mofo. Nomeny ny apostoly izany ary hoy izy: "Ity no va-



tako izay homena ho anareo. Ataovy hatrany izao ho fahatsiarovana ahy." (Lioka 22:19) Nampitampitaina ilay mofo ary samy nihinana ny apostoly.

Noraisin'i Jesosy ny kaopy nisy divay avy eo ary nanao vavaka fisaorana izy. Nampitampitainy tamin'ny apostoly izany ary samy nisotro izy ireo. Hoy i Jesosy momba ilay kaopy: "Ity kaopy ity no fifanekena vaovao miorina amin'ny rako, izay halatsaka ho anareo."—Lioka 22:20.

Nankalaza ny fahatsiarovana ny nahafatesany àry i Jesosy. Tokony hankalaza azy io ny mpanaradia azy isaky ny 14 Nisana. Mampahatsiahy antsika izy io fa nanao zavatra i Jesosy sy ny Rainy, mba ho afaka amin'ny ota sy ny fahafatesana ireo manam-pinoana. Nanasongadina ny nanafahana ny Jiosy ny Paska, fa ny tena fanafahana an'ireo mino an'i Jesosy kosa no asongadina rehefa Fahatsiarovana.

Nilaza i Jesosy fa "halatsaka ho an'ny maro ho famelan-keloka" ny rany. Maro no ho voavela heloka, anisan'izany ny apostoly tsy mivadika sy ny mpianatra hafa tsy mivadika. Izy ireo no hiaraka amin'i Jesosy ao amin'ny Fanjakan'ny Rainy.—Matio 26:28, 29.

---

◊ Inona no faminaniana noresahin'i Jesosy momba ny namany iray, ary ahoana no nanazavany an'ilay izy?

◊ Inona no nasain'i Jesosy nataon'i Jodasy, nefa ahoana no nandraisan'ny apostoly hafa ny teniny?

◊ Inona ilay fankalazana vaovao natombok'i Jesosy, ary inona no antony ankalazana azy io?



# NIADY IZY IREO HOE IZA NO LEHIBE

MATIO 26:31-35   MARKA 14:27-31   LIOKA 22:24-38   JAONA 13:31-38

Nanasa ny tongotry ny apostoly i Jesosy, tamin'ilay takariva farany niarahan'izy ireo. Nampianatra azy ireo hanetry tena sy hanompo ny hafa izy tamin'izany. Nilain'izy ireo izany satria hita hoe nanana fahalemena izy ireo. Tena tia an'Andriamanitra izy ireo nefa mbola nieritreritra be hoe iza no lehibe indrindra amin'izy ireo. (Marka 9:33, 34; 10:35-37) Niharihary indray ilay fahalemen'izy ireo tamin'ilay takariva.

"Nifanditra mafy" ny apostoly "hoe iza no noheverina ho lehibe indrindra teo aminy." (Lioka 22:24) Azo antoka fa tena nalahelo i Jesosy nahita azy ireo nifamaly indray. Inona no nataony?

Tsy nibedy azy ireo noho ny fisainany sy ny toetrany i Jesosy fa nanam-paharetana, ka nampisaintsaina hoe: 'Ny mpanjakan'ny firenena manjakazaka aminy, ary izay manana fahefana eo aminy dia atao hoe Mpanao soa. Fa tsy tokony ho tahaka izany ianareo. Fa iza moa no lehibe kokoa: Ilay mandry ilika hisakafo sa ilay manompo?' Nampahatsiahy azy ireo an'izay efa nataony foana i Jesosy ka hoy izy: "Fa izaho dia mpanompo teo aminareo."—Lioka 22:25-27.

Tsy lavorary ny apostoly nefa nifikitra tamin'i Jesosy na teo aza ny zava-tsarotra maro. Hoy àry i Jesosy: "Manao fifanekena aminareo aho, toy ny nanaovan'ny Raiko fifanekena tamiko, ho amin'ny fanjakana." (Lioka 22:29) Tsy nivadika tamin'i Jesosy izy ireo. Nanome toky azy ireo i Jesosy fa hiara-manjaka aminy izy ireo, noho ilay fifanekena ataony amin'izy ireo.

Nofo ihany anefa ireo apostoly sady tsy lavorary, na dia nanana an'izany fanantenana kanto izany aza. Hoy i Jesosy tamin'izy ireo: "Mitaky ny hahazoany anareo i Satana mba hosivaniny toy ny vary." (Lioka 22:31) Miparitaka ny vary rehefa sivanina. Nampitandrina koa izy hoe: "Hahafoy ahy daholo ianareo anio alina, noho izay hanjo ahy. Fa voasoratra hoe: 'Hamely ny mpiandry aho, dia hiparitaka ny andian'ondry.' "—Matio 26:31; Zakaria 13:7.

Natoky tena i Petera ka niteny hoe: "Na hahafoy anao daholo aza ny rehetra noho izay hanjo anao, izaho kosa tsy mba hahafoy anao mihitsy!" (Matio 26:33) Namaly i Jesosy hoe mbola tsy maneno indroa ny akoho dia handa azy i Petera. Hoy ihany i Jesosy: 'Efa nitalaho ho anao aho mba tsy ho levona ny finoanao. Ary raha vao tafarina ianao, dia ampaherezo ny rahalahinao.' (Lioka 22:32) Nanizingizina anefa i Petera hoe: "Na hiara-maty aminao aza aho, dia tsy handa anao mihitsy." (Matio 26:35) Niteny toy izany koa ny apostoly hafa.

Hoy i Jesosy tamin'ny mpianany: 'Kely sisa no iarahako aminareo. Hitady ahy ianareo, ary lazaiko aminareo koa ankehitriny izay nolazaiko tamin'ny Jiosy hoe: "Izay alehako tsy azonareo aleha."' Hoy ihany izy: "Omeko didy vaovao ianareo, dia ny mba hifankatiavanareo. Toy ny nitiavako anareo no tokony mba hifankatiavanareo koa. Raha mifankatia ianareo, dia izany no hahafantaran'ny olona rehetra fa mpianatro ianareo."—Jaona 13:33-35.

Hoy i Petera rehefa niteny i Jesosy hoe kely sisa no iarahako aminareo: "Fa ho aiza ianao, Tompo ô?" Namaly i Jesosy hoe: "Izay alehako tsy azonao anarahana ahy ankehitriny, fa hanaraka ahy ihany ianao any aoriana." Tsy azon'i Petera izany ka hoy izy: "Tompo ô, fa nahoana aho no tsy afaka manaraka anao ankehitriny? Na ny aiko aza hafoiko noho ianao."—Jaona 13:36, 37.

Noresahin'i Jesosy avy eo fa tsy nila nitondra fitoeram-bola sy kitapom-batsy ny apostoly rehefa nirahiny hitory eran'i Galilia. (Matio 10:5, 9, 10) Hoy izy: "Nisy nahory anareo ve?" Hoy izy ireo: "Tsy nisy!" Ahoana kosa no tokony hataony amin'ny hoavy? Hoy i Jesosy: "Aoka izay manana fitoeram-bola hitondra izany, ary toy izany koa



izay manana kitapom-batsy. Ary aoka izay tsy manan-tsabatra hivarotra ny akanjony ivelany ka hividy sabatra. Fa lazaiko aminareo fa tsy maintsy ho tanteraka amiko izao voasoratra izao: 'Ary natao ho isan'ny tsy tan-dalàna izy.' Fa efa eo am-pahatanterahana izao izay voasoratra mahakasika ahy."—Lioka 22:35-37.

Ilay izy hofantsihana eo amin'ny tsato-kazo miaraka amin'ny mpanao ratsy na olona tsy tan-dalàna no tiany horesahina. Henjehina mafy ny mpanara-dia azy aorian'izay. Nihevitra ny apostoly fa efa vonona ka nilaza hoe: "Ireto misy sabatra anankiroa, Tompo ô!" Hoy i Jesosy: "Ampy ireny." (Lioka 22:38) Hampianatra azy ireo lesona lehibe mifandray amin'ireo sabatra ireo i Jesosy tsy ho ela.

---

◊ Inona no nampifamaly ny apostoly, ary inona no nataon'i Jesosy?
◊ Inona no ho vokatr'ilay fifanekena nataon'i Jesosy tamin'ireo mpianany tsy mivadika?
◊ Inona no nolazain'i Jesosy rehefa hitany fa natoky tena be i Petera?

# I JESOSY NO LALANA SY FAHAMARINANA ARY FIAINANA

JAONA 14:1-31

Mbola tao amin'ilay efitra ambony rihana nankalazany ny Fahatsiarovana i Jesosy sy ny apostoliny. Nampahery azy ireo izy hoe: "Aoka tsy hitebiteby ny fonareo. Minoa an'Andriamanitra ary minoa koa ahy."—Jaona 13:36; 14:1.

Nahoana ireo apostoly tsy mivadika no tsy tokony hitebiteby noho i Jesosy handeha? Hoy i Jesosy: "Ao an-tranon'ny Raiko misy fonenana maro. ... Rehefa handeha aho ka hanomana toerana ho anareo, dia ho avy indray ary handray anareo any amiko, ka izay misy ahy no hisy anareo koa." Tsy azon'ny apostoly anefa hoe ilay izy ho any an-danitra no tiany holazaina. Hoy àry i Tomasy: "Tompo ô, tsy fantatray ange izay alehanao e! Ahoana moa no ahafantaranay ny lalana?" —Jaona 14:2-5.

Namaly i Jesosy hoe: "Izaho no lalana sy fahamarinana ary fiainana." Izay manaiky an'i Jesosy sy ny fampianarany ary manahaka azy ihany no hiditra ao an-tranon'ny Rainy any an-danitra. Hoy i Jesosy: "Tsy misy olona mankany amin'ny Ray afa-tsy amin'ny alalako."—Jaona 14:6.

Nihaino tsara i Filipo ary niteny hoe: "Tompo ô, asehoy anay ny Ray dia ampy ho anay izany." Toa te hahita fahitana momba an'Andriamanitra izy, toy ny hitan'i Mosesy sy Elia ary Isaia. Tsara kokoa noho ny fahitana anefa no hitan'ny apostoly. Hoy mantsy i Jesosy: "Izay ela izay no efa niarahako taminareo, ka mbola tsy mahalala ahy ihany ve ianao, ry Filipo? Izay nahita ahy dia nahita ny Ray koa." Nanahaka tanteraka ny toetran'ny Rainy i Jesosy ka toy ny nahita ny Ray ny olona niaraniaina taminy sy nahita azy. Ambony noho ny Zanaka anefa ny Ray, satria hoy i Jesosy: "Tsy araka ny nahim-poko no ilazako ny teny lazaiko aminareo." (Jaona 14:8-10) Hitan'ny apostoly tamin'izany fa nanaiky i Jesosy hoe avy amin'ny Rainy ny fampianarany.

Efa nahita an'i Jesosy nanao fahagagana ny apostoly ary naheno azy nitory ny vaovao tsara



momba ny Fanjakan'Andriamanitra. Hoy i Jesosy: "Izay maneho finoana ahy, dia hanao ny asa ataoko koa. Ary hanao asa lehibe noho izany aza izy." (Jaona 14:12) Tsy te hilaza i Jesosy hoe hanao fahagagana miavaka noho ny nataony izy ireo. Hitory mandritra ny fotoana ela kokoa anefa izy ireo, ary any amin'ny faritra midadasika kokoa sy amin'ny olona betsaka lavitra.

Tsy namela azy ireo hiady irery i Jesosy na dia handeha aza. Nampanantena izy hoe: "Raha mangataka zavatra amin'ny anarako ianareo, dia hataoko izany." Hoy koa izy: "Hangataka amin'ny Ray aho, ka homeny mpanampy hafa ianareo, mba ho eo aminareo mandrakizay, dia ny fanahin' ny fahamarinana." (Jaona 14:14, 16, 17) Nanome toky izy fa hahazo mpanampy hafa izy ireo, dia ny fanahy masina. Nitranga izany tamin'ny Pentekosta.

Hoy i Jesosy: "Kely sisa dia tsy hahita ahy intsony izao tontolo izao, fa ianareo no hahita ahy, satria velona aho dia ho velona ianareo." (Jaona 14:19) Nitafy nofo izy rehefa natsangana tamin'ny maty ary niseho tamin'izy ireo. Natsangany tamin'ny maty koa izy ireo tatỳ aoriana, ka lasa anjely miaraka aminy any an-danitra.

Tsotra nefa marina ity tenin'i Jesosy manaraka ity: "Izay manana ny didiko ka mitandrina izany, dia izy no tia ahy. Ary izay tia ahy kosa dia ho tian' ny Raiko, ary izaho ho tia azy ka hiseho miharihary aminy." Nanontany ilay apostoly atao hoe Jodasy na Tadeo hoe: "Tompo ô, nahoana no hiseho miharihary aminay ianao, fa tsy amin'izao tontolo izao?" Namaly i Jesosy hoe: 'Raha misy tia ahy, dia hitandrina ny teniko izy, ary ho tia azy ny Raiko. Izay tsy tia ahy dia tsy mba mitandrina ny teniko.' (Jaona 14:21-24) Tsy toy ny mpanara-dia an'i Jesosy izao tontolo izao satria tsy manaiky hoe izy no lalana sy fahamarinana ary fiainana.

Ahoana no hitadidian'ny mpianatr'i Jesosy an' izay rehetra nampianariny rehefa lasa izy? Hoy i Jesosy: "Ny mpanampy, dia ny fanahy masina, izay hirahin'ny Ray amin'ny anarako, izy io no hampianatra anareo ny zava-drehetra, ary hampahatsiaro anareo izay rehetra nolazaiko taminareo." Nampahery an'ireo apostoly izany, satria efa hitan'izy ireo fa mahavita zavatra miavaka ny fanahy masina. Hoy ihany i Jesosy: "Fiadanana no avelako ho anareo. Omeko anareo ny fiadanako. ... Aoka tsy hitebiteby na hatahotra ny fonareo." (Jaona 14:26, 27) Nitari-dalana sy niaro an'ireo mpianatra ny Rain'i Jesosy ka tsy nisy tokony hatahoran'izy ireo.

Tsy ela taorian'izay dia hita fa niaro tokoa Andriamanitra. Hoy i Jesosy: "Avy ilay mpitondra an'izao tontolo izao. Tsy manana fahefana amiko anefa izy." (Jaona 14:30) Nahavita niditra tao amin'i Jodasy sy nifehy azy ny Devoly. Tsy nisy fahalemena vokatry ny ota kosa tao amin'i Jesosy, ka tsy afaka nanararaotra izany i Satana mba hahatonga azy hivadika. Tsy afaka nisakana an'i Jesosy tsy hatsangana amin'ny maty koa izy. Nahoana? Hoy i Jesosy: "Araka ny nandidian'ny Ray ahy no ataoko." Natoky izy fa hanangana azy ny Rainy.—Jaona 14:31.

---

- ◊ Ho aiza i Jesosy, ary inona no nolazainy tamin'i Tomasy momba ny lalana mankany?
- ◊ Inona no nety ho tian'i Filipo hataon'i Jesosy?
- ◊ Nahoana ny mpanara-dia an'i Jesosy no nolazainy fa hanao asa lehibe kokoa noho ny nataony?
- ◊ Nahoana no mampahery ny mahalala fa lehibe noho i Jesosy ny Rainy?

# SAMPANY MAMOKATRA IZY IREO SADY NAMAN'I JESOSY

JAONA 15:1-27

Toa efa taorian'ny misasakalina tamin'izay. Niresaka tsy an-kifonofono tamin'ny apostoliny tsy mivadika i Jesosy ka nampahery azy ireo. Mandrisika hanao zavatra ny fanoharana nolazainy.

Hoy izy: "Izaho no tena voaloboka, ary ny Raiko no mpamboly." (Jaona 15:1) Efa noharina tamin'ny voalobok'i Jehovah ny firenen'Israely, taonjato maro talohan'izay. (Jeremia 2:21; Hosea 10:1, 2) Tsy nankasitraka azy ireo intsony anefa i Jehovah. (Matio 23:37, 38) Niresaka hevi-baovao àry i Jesosy tao amin'ilay fanoharana. Izy no voaloboka nambolen'ny Rainy nanomboka tamin'ny taona 29, tamin'izy nohosorany ny fanahy masina. Tsy izy ihany no voaloboka satria hoy izy:

'Izay sampany rehetra tsy mamoa eo amiko dia esorin'ny Raiko daholo. Ary izay mamoa kosa rantsanany hadio mba hamoa bebe kokoa. Efa madio ianareo, noho ny teny nolazaiko taminareo. Tsy afaka mamoa irery ny sampam-boaloboka, raha tsy tafaray amin'ny voaloboka. Tsy afaka mamoa koa ianareo, raha tsy tafaray foana amiko. Izaho no voaloboka ary ianareo no sampany.' —Jaona 15:2-5.

Nampanantena an'ireo mpianany tsy mivadika i Jesosy fa handefa mpanampy izy rehefa lasa. Izany dia ny fanahy masina. Nahazo fanahy masina ny apostoly sy ny olon-kafa, 51 andro taorian' izay, ka lasa sampan'ilay voaloboka. Tsy maintsy tafaray foana amin'i Jesosy ireo "sampany" rehetra ireo. Nahoana?

Nanazava i Jesosy hoe: "Izay tafaray foana amiko, ary izaho tafaray aminy, no mamoa be. Tsy afaka manao na inona na inona mihitsy mantsy ianareo, raha misaraka amiko." Hamoa be ireo "sampany" ireo, izany hoe ireo mpanara-dia azy tsy mivadika, rehefa manahaka ny toetrany sy mazoto mitory ny Fanjakan'Andriamanitra ary manampy olona maro kokoa ho lasa mpianatra. Ahoana raha misy tsy tafaray amin'i Jesosy intsony ary lasa tsy mamokatra? Hoy i Jesosy: 'Raha misy miala amiko, dia hariana eny ivelany izy.' Hoy koa izy: "Angataho izay tianareo fa ho tonga aminareo izany, raha tafaray foana amiko ianareo ka mitoetra ao am-ponareo ny teniko." —Jaona 15:5-7.

Efa indroa i Jesosy no nilaza hoe ilaina ny mitandrina ny didiny. Mbola naveriny izany. (Jaona 14:15, 21) Ahoana no tena anaporofoan'ny mpianany fa mankatò ny didiny izy ireo? Hoy izy: "Tsy miala amin'ny fitiavako ianareo, raha mitandrina ny didiko toy ny itandremako ny didin'ny Ray sy tsy ialako amin'ny fitiavany." Tsy ampy anefa ny hoe tia an'i Jehovah Andriamanitra sy ny Zanany. Hoy mantsy i Jesosy: "Izao no didiko, dia ny mba hifankatiavanareo toy ny nitiavako anareo. Tsy misy manana fitiavana lehibe noho izao, dia ny mahafoy ny ainy ho an'ny namany. Ianareo no namako raha manao araka ny nandidiako anareo." —Jaona 15:10-14.

Nanaporofo ny fitiavany i Jesosy, ora vitsivitsy taorian'izay. Nanome ny ainy izy mba hamonjena an'izay rehetra maneho finoana azy. Tokony handrisika ny mpanara-dia azy hifankatia sy hahafoy tena koa izany. Io fitiavana io no hamantarana azy ireo, araka ny efa nolazain'i Jesosy hoe: "Raha mifankatia ianareo, dia izany no hahafantaran'ny olona rehetra fa mpianatro ianareo."—Jaona 13:35.


Tokony ho zava-dehibe amin'ny apostoly ny niantsoan'i Jesosy azy ireo hoe 'namany.' Nahoana izy ireo no nantsoin'i Jesosy hoe 'namany'? Hoy izy: 'Antsoiko hoe namana ianareo, satria ampahafantariko anareo izay rehetra reko avy tamin'ny Raiko.' Tombontsoa sarobidy ny hoe naman'i Jesosy sy mahalala izay nolazain'ny Rainy azy. Nila 'namokatra hatrany' anefa izy ireo raha te ho namany foana. Nilaza i Jesosy fa raha manao izany izy ireo, dia 'homen'ny Ray azy ireo izay

rehetra angatahiny aminy amin'ny anaran'i Jesosy.'—Jaona 15:15, 16.

Nahavita niaritra fitsapana ireo 'sampany', izany hoe ny mpianatra, satria nifankatia. Nampitandrina i Jesosy fa ho halan'izao tontolo izao izy ireo. Nampahery azy ireo anefa izy hoe: 'Raha halan'izao tontolo izao ianareo, dia fantatrareo fa izaho efa halany talohanareo. Raha anisan'izao tontolo izao ianareo, dia ho tia ny azy izao tontolo izao. Fa satria tsy anisan'izao tontolo izao ianareo dia halan'izao tontolo izao.'—Jaona 15: 18, 19.

Nohazavain'i Jesosy bebe kokoa avy eo hoe nahoana ity tontolo ity no hankahala azy ireo. Hoy izy: 'Noho ny anarako no hanaovany izany rehetra izany aminareo, satria tsy fantany ilay naniraka ahy.' Nilaza i Jesosy fa toy ny hoe nanameloka an'ireo nankahala azy ny fahagagana nataony. Hoy izy: "Tsy ho nanan-keloka izy, raha tsy nataoko teo aminy ny asa mbola tsy nataon'iza na iza. Sady nahita ahy anefa izy izao no nankahala ahy sy ny Raiko koa." Nanatanteraka faminaniana ny fankahalan'ireny olona ireny.—Jaona 15:21, 24, 25; Salamo 35:19; 69:4.

Nampanantena indray i Jesosy fa handefa ny mpanampy, na ny fanahy masina. Afaka mahazo an'io hery lehibe io ireo rehetra manara-dia azy. Hanampy azy ireo izy io mba hamokatra, izany hoe "hanome porofo" na hitory.—Jaona 15:27.



◇ Ao amin'ilay fanoharan'i Jesosy, iza no mifanitsy amin'ny mpamboly sy ny voaloboka ary ireo sampany?

◇ Inona no vokatra tian'Andriamanitra ho hita eo amin'ny sampan'ilay voaloboka?

◇ Inona no tokony hataon'ny mpianatr'i Jesosy mba ho namany, ary inona no nanampy azy ireo hiatrika ny fankahalan'ity tontolo ity?

# “MAHEREZA! IZAHO EFA NAHARESY AN’IZAO TONTOLO IZAO”

JAONA 16:1-33

Efa vonona hiala tao amin’ilay efitra nankalazany ny Paska i Jesosy sy ny apostoly. Betsaka ny zavatra nampitandremany azy ireo, ary hoy izy: “Nilaza izany taminareo aho, mba tsy hialanareo amin’ny finoana.” Nahoana no nety tsara ny nilazany an’izany? Hoy izy: “Horoahin’ny olona hiala amin’ny synagoga ianareo. Eny, ho tonga ny fotoana hiheveran’izay rehetra mamono anareo fa manao fanompoana masina ho an’Andriamanitra izy.”—Jaona 16:1, 2.

Nety ho nampikorontan-tsaina ny apostoly izany. Efa niteny i Jesosy fa ho halan’ity tontolo ity izy ireo, nefa tsy nilaza mivantana izy hoe hovonoina ho faty izy ireo. Nahoana? Hoy izy: ‘Tsy nolazaiko taminareo izany tamin’ny voalohany, satria mbola teo aminareo aho.’ (Jaona 16:4) Nampitandrina azy ireo kosa izy satria efa handeha. Nety ho nanampy azy ireo tsy hiala tamin’ny finoana izany, tatỳ aoriana.

Hoy ihany i Jesosy: “Ho any amin’ilay naniraka ahy aho, kanefa tsy misy manontany ahy ianareo hoe: ‘Ho aiza ianao?’ ” Efa nanontany azy an’izay halehany izy ireo tamin’io hariva io. (Jaona 13:36; 14:5; 16:5) Niresaka fanenjehana anefa i Jesosy ka taitra be izy ireo ary izay no nibahana tao antsainy. Tsy vitan’izy ireo intsony àry ny nanontany momba ilay voninahitra ho azon’i Jesosy na izay ho vokatr’izany eo amin’ny tena mpivavaka. Hoy i Jesosy: “Vonton’alahelo mantsy ny fonareo noho ny nilazako izany taminareo.”—Jaona 16:6.

Hoy i Jesosy avy eo: “Mahasoa anareo ny fandehanako, satria tsy ho tonga aminareo mihitsy ny mpanampy, raha tsy mandeha aho. Fa raha mandeha kosa aho, dia hirahiko ho atỳ aminareo izy.” (Jaona 16:7) Tsy hahazo ny fanahy masina ny mpianany raha tsy maty sy mankany an-danitra i Jesosy. Ho afaka handefa an’io mpanampy io ho an’ny mpianany eran-tany izy amin’izay.

“Hanome porofo hampiaiky an’izao tontolo izao ny amin’ny fahotana sy ny fahamarinana ary ny fitsarana” ny fanahy masina. (Jaona 16:8) Hiharihary hoe tsy mino an’ilay Zanak’Andriamanitra izao tontolo izao. Hiakatra any an-danitra i Jesosy ka ho voaporofo tanteraka fa marina izy ary meloka i Satana, “ilay mpitondra an’izao tontolo izao.”—Jaona 16:11.

Hoy ihany i Jesosy: “Mbola misy zavatra maro tokony holazaiko aminareo, saingy tsy zakanareo izany ankehitriny.” Ho takatry ny mpianany anefa ny “fahamarinana rehetra” rehefa homeny fanahy masina izy ireo. Ho hain’izy ireo koa ny hampihatra an’izany.—Jaona 16:12, 13.

Nilaza koa i Jesosy hoe: “Rehefa afaka kelikely dia tsy hahita ahy intsony ianareo, ary rehefa afaka kelikely indray dia hahita ahy ianareo.” Gaga ny mpianany ka nifanontany ny dikan’izany. Fantatr’i Jesosy fa te hanontany izy ireo ka hoy izy: “Lazaiko aminareo marina dia marina tokoa fa hitomany sy hidradradradra ianareo, fa izao tontolo izao kosa hifaly. Ho ory ianareo, nefa hovana ho fifaliana ny fahorianareo.” (Jaona 16:16, 20) Novonoina i Jesosy ny ampitso tolakandro, ka faly ny mpitondra fivavahana fa ory kosa ireo mpianatra. Natsangana tamin’ny maty anefa i Jesosy ka niova ho fifaliana ny fahorian’izy ireo. Vao mainka faly izy ireo rehefa nomeny fanahy masina.

Noharin’i Jesosy tamin’ny fijalian’ny vehivavy efa hiteraka ny nanjo ny apostoly. Hoy izy: “Manam-pahoriana ny vehivavy rehefa tonga ny fotoana iterahany. Tsy tsaroany intsony anefa ny fahoriany rehefa teraka izy, satria faly izy fa nisy olona nateraka eto an-tany.” Nampahery azy ireo i Jesosy hoe: “Ory koa ianareo ankehitriny, nefa mbola hahita anareo indray aho ka ho faly ny fonareo, ary tsy hisy hanala aminareo izany fifaliana izany.”—Jaona 16:21, 22.



Mbola tsy nangataka zavatra tamin'ny anaran' i Jesosy ny apostoly. Nilaza anefa i Jesosy fa 'hangataka amin'ny anarany' izy ireo. Tsy hoe satria tsy te hanome anefa ny Ray. Hoy mantsy i Jesosy: 'Tia anareo ny Ray, satria ianareo efa tia ahy', izay "solontenan'ny Ray."—Jaona 16: 26, 27.

Nampahery ny tenin'i Jesosy, ka izay angamba no nahatonga ny apostoly hafana fo hilaza hoe: "Izany no inoanay fa avy tamin'Andriamanitra ianao." Nisy fitsapana tsy ela taorian'izay, ka izany no nahitana raha nino tokoa izy ireo. Hoy i Jesosy: "Ho avy ny fotoana, eny, efa tonga tokoa ny fotoana hanaparitahana anareo ho any amin' izay misy anareo avy, ary hilaozanareo ho irery aho." Nanome toky anefa izy hoe: "Nilaza izany taminareo aho mba hananananareo fiadanana amin'ny alalako. Eo amin'izao tontolo izao no ahitanareo fahoriana, nefa mahereza! Izaho efa naharesy an'izao tontolo izao." (Jaona 16:30-33) Tsy nanary azy ireo i Jesosy. Natoky izy fa handresy an'izao tontolo izao koa izy ireo, raha manao ny sitrapon'i Jehovah foana na dia taomin'i Satana sy ny tontolony hivadika aza.

◊ Inona no nolazain'i Jesosy ka nampikorontan-tsaina ny apostoly?
◊ Nahoana ny apostoly no tsy nahavita nanontany an'i Jesosy intsony?
◊ Inona no ohatra nolazain'i Jesosy, rehefa nilaza izy fa hiova ho fifaliana ny fahorian'ny apostoly?

# VAVAKA FAMARANANA TAO AMIN'ILAY EFITRA AMBONY RIHANA

JAONA 17:1-26

Tena tia an'ireo apostoliny i Jesosy ka nampiomana azy ireo fa tsy ho ela izy dia handeha. Niandrandra ny lanitra izy ary nivavaka tamin'ny Rainy hoe: "Omeo voninahitra ny zanakao mba hanomezany voninahitra anao. Fa efa nomenao fahefana amin'ny nofo rehetra izy mba hanomezany fiainana mandrakizay ho an'izay rehetra nomenao azy."—Jaona 17:1, 2.

Fantatr'i Jesosy fa ny fanomezam-boninahitra an'Andriamanitra no zava-dehibe indrindra. Mampahery anefa fa nampanantena fiainana mandrakizay koa i Jesosy. 'Nomena fahefana amin' ny nofo rehetra' izy, ka afaka manampy ny olombelona mba handray soa amin'ny vidim-panavotana. Izay manaraka an'ity teniny ity ihany anefa no handray izany soa izany: "Koa mba hahazoan'izy ireo fiainana mandrakizay, dia ilainy ny mianatra hahalala anao, ilay hany tena Andriamanitra, sy Jesosy Kristy, ilay nirahinao."—Jaona 17:3.

Ilaina àry ny mahafantatra tsara ny Ray sy ny Zanaka, ka mifandray akaiky amin'izy ireo. Ilaina ny miezaka mba hitovy fomba fihevitra amin'izy ireo, sy manahaka ny toetra tsara ananany rehefa mifandray amin'ny hafa. Tokony hekena koa fa zava-dehibe kokoa ny manome voninahitra an' Andriamanitra noho ny mahazo fiainana mandrakizay. Hoy indray i Jesosy momba izany:

"Efa nanome voninahitra anao aho teto antany, satria vitako ny asa nasainao nataoko. Koa ankehitriny, Ray ô, omeo voninahitra eo anilanao aho, dia ilay voninahitra nananako teo anilanao fony mbola tsy nisy izao tontolo izao." (Jaona 17: 4, 5) Nangataka ny hatsangana amin'ny maty i Jesosy mba hahazoany indray an'ilay voninahitra nananany tany an-danitra.

Tsy hadinon'i Jesosy koa izay nataony rehefa nitory. Nivavaka izy hoe: "Ny anaranao efa nampahafantariko ny olona izay nomenao ahy avy tamin'izao tontolo izao. Anao izy ireo ka nomenao ahy, ary efa notandremany ny teninao." (Jaona 17:6) Tsy hoe nanonona ny anaran'Andriamanitra fotsiny i Jesosy tamin'izy nitory. Nampahafantariny an'ireo apostoly ny dikan'ilay hoe Jehovah, izany hoe ny toetran'Andriamanitra sy ny fomba itondrany ny olombelona.

Lasa nahalala an'i Jehovah sy ny andraikitry ny Zanany ary ny fampianaran'izy io ny apostoly. Nanetry tena anefa i Jesosy ka nilaza hoe: "Ny teny nomenao ahy mantsy no nomeko azy ireo, ary noraisiny ka fantany tokoa fa avy taminao aho sady solontenanao. Nino izy fa ianao no naniraka ahy."—Jaona 17:8.

Nasehon'i Jesosy avy eo fa tsy mitovy amin'ny olona eto amin'ity tontolo ity ny mpanara-dia azy. Hoy izy: "Mangataka aminao ho azy ireo aho. Tsy mangataka ho an'izao tontolo izao aho fa ho an'ireo nomenao ahy, satria anao ireo ... Ray Masina ô, arovy izy ireo noho ny amin'ny anaranao izay nomenao ahy, mba ho iray tahaka antsika izy. ... Efa narovako izy ireo, ka tsy nisy ringana na iray aza, afa-tsy ilay zanaky ny fandringanana." (Jaona 17:9-12) I Jodasy Iskariota io "zanaky ny fandringanana" io, ary efa lasa nanao zavatra hamadihana an'i Jesosy izy tamin'izay.

Hoy ihany i Jesosy tao amin'ilay vavaka: 'Halan'izao tontolo izao izy. Tsy ny hanalanao azy eto amin'izao tontolo izao no angatahiko, fa ny mba hiarovanao azy amin'ilay ratsy. Tsy anisan'izao tontolo izao izy, tahaka ahy tsy anisan'izao tontolo izao.' (Jaona 17:14-16) Teo amin'izao tontolo izao ny apostoly sy ny mpianatra hafa, izany hoe teo anivon'ny olona nofehezin'i Satana. Nila niezaka mba ho tafasaraka tamin'izy ireo sy tsy nanao ny ratsy fanaony anefa izy ireo. Ahoana izany?

Tsy maintsy niezaka foana izy ireo mba ho masina, na voatokana hanompo an'Andriamanitra,

ka hampihatra ny fahamarinana ao amin'ny Soratra Hebreo sy izay nampianarin'i Jesosy. Nivavaka i Jesosy hoe: "Mba hamasino amin'ny alalan' ny fahamarinana izy ireo, fa ny teninao no fahamarinana." (Jaona 17:17) Notarihin'ny fanahy masina ireo apostoly tatỳ aoriana, ka nanoratra boky. Lasa anisan'ilay "fahamarinana" manampy ny olona ho masina ireny boky ireny.

Nisy olon-kafa nanaiky ny "fahamarinana" koa anefa tatỳ aoriana. Tsy ho an'ny mpianany efa teo ihany àry no nangatahan'i Jesosy, fa 'ho an'izay mino azy noho ny tenin'ireo mpianany ireo' koa. Inona no nangatahin'i Jesosy ho azy rehetra? Hoy izy tamin'ny Rainy: "Mba ho iray izy rehetra, tahaka anao Ray izay tafaray amiko, ary izaho tafaray aminao, mba ho tafaray amintsika koa izy ireo." (Jaona 17:20, 21) Tsy olona iray ara-bakiteny i Jesosy sy ny Rainy. Iray izy ireo satria mifanara-tsaina foana. Nivavaka i Jesosy mba hiray saina toy izany koa ny mpanara-dia azy.

Nilaza tamin'i Petera sy ny hafa i Jesosy taloha kelin'izay fa handeha izy ka hanomana toerana ho azy ireo, izany hoe toerana any an-danitra. (Jaona 14:2, 3) Niresaka momba izany indray izy tamin'ilay vavaka. Hoy izy: "Ray ô, mba tiako hiaraka amiko any amin'izay misy ahy ireo nomenao ahy, mba hahitany ny voninahitro izay nomenao ahy, satria ianao efa tia ahy talohan'ny nanorenana izao tontolo izao." (Jaona 17:24) Nohamafisiny teo àry fa ela be talohan'ny niterahan'i Adama sy Eva, dia efa tian'Andriamanitra ilay Zanany lahitokana, izay lasa nantsoina hoe Jesosy Kristy.

Hoy i Jesosy teo am-pamaranana: "Efa nampahafantariko azy ny anaranao, ary mbola hampahafantariko ihany, mba ho ao aminy ilay fitiavana izay nitiavanao ahy, ary izaho ho tafaray aminy." (Jaona 17:26) Nasongadiny indray ny anaran'ny Rainy sy ny fitiavan'Andriamanitra ny apostoly sy ireo mbola hanaiky ny "fahamarinana."



- ◊ Inona no dikan'ny hoe mianatra hahalala an'Andriamanitra sy ny Zanany?
- ◊ Inona no nataon'i Jesosy mba hampahafantarana ny anaran'Andriamanitra?
- ◊ Nahoana no lazaina fa tafaray Andriamanitra sy ny Zanany ary ny mpanompony?

# VONTON'ALAHELO IZY KA NIVAVAKA

MATIO 26:30, 36-46 MARKA 14:26, 32-42 LIOKA 22:39-46 JAONA 18:1

Avy nivavaka niaraka tamin'ireo apostoliny tsy mivadika i Jesosy. "Nankany amin'ny Tendrombohitra Oliva izy ireo, rehefa avy nanao hira fiderana." (Marka 14:26) Niantsinanana nankany amin'ny zaridaina iray falehan'i Jesosy izy ireo. Getsemane no anaran'izy io.

Nasain'i Jesosy nijanona ny apostoly valo, rehefa tonga teo amin'io toerana mahafinaritra nisy hazo oliva io izy ireo. Angamba teo amin'ny fidirana mankao amin'ilay zaridaina izany, satria hoy i Jesosy: "Mipetraha eto fa izaho hankerỳ hivavaka." Niditra tao amin'ilay zaridaina i Jesosy avy eo ary nentiny i Petera sy Jakoba ary Jaona. Nanomboka nitebiteby mafy izy ka niteny tamin' izy telo hoe: "Vonton'alahelo aho, toy ny efa ho faty. Mijanòna eto ka miaraha miari-tory amiko." —Matio 26:36-38.

Nihataka kely i Jesosy ary "niankohoka tamin'ny tany ka nanomboka nivavaka." Inona no nangatahiny tamin'io fotoana nampiady saina azy io? Hoy izy: "Ray ô, hainao ny zava-drehetra. Esory amiko ity kaopy ity, nefa aoka tsy izay tiako no hatao, fa izay tianao." (Marka 14: 35, 36) Tsy midika izany hoe tsy te ho Mpanavotra indray izy. Inona àry no tiany holazaina?

Hitan'i Jesosy avy tany an-danitra fa nijaly be ireo novonoin'ny Romanina. Izany koa no niandry azy ka tsy tiany ny nieritreritra an'izany. Efa lasa olombelona nanana fihetseham-po sy afaka nahatsapa fanaintainana mantsy izy. Tena nalahelo koa izy sao ho afa-baraka ny anaran'ny Rainy, satria hovonoina toy ny jiolahy izy. Nahantona teo amin'ny tsato-kazo toy ny mpanevateva an'Andriamanitra izy, ora vitsivitsy taorian'izay.

Nivavaka elaela i Jesosy ary niverina. Hitany natory izy telo ka hoy izy tamin'i Petera: "Tsy afaka niara-niari-tory tamiko adiny iray akory ve ianareo? Miambena sy mivavaha foana mba tsy ho resin'ny fakam-panahy." Tsapany fa niady saina be koa izy ireo sady efa alina be tamin'izay, ka hoy izy: "Mazoto ihany ny saina, saingy ny nofo no malemy."—Matio 26:40, 41.

Nandeha kely indray i Jesosy, ary nangataka tamin'Andriamanitra mba hanaisotra an'ilay "kaopy." Niverina izy avy eo ary hitany fa natory indray izy telo, nefa tokony ho nivavaka mba tsy ho resin'ny fakam-panahy. 'Tsy nahita havaly izy ireo' rehefa niresahan'i Jesosy. (Marka 14:40) Lasa fanintelony i Jesosy ka nandohalika nivavaka.

Tena nanahy i Jesosy satria nety ho afa-baraka ny anaran'ny Rainy noho izy hovonoina toy ny jiolahy. Nihaino ny vavaky ny Zanany i Jehovah ka naniraka anjely iray hampahery azy. Mbola nitalaho tamin'ny Rainy anefa i Jesosy ka "vao mainka nivavaka mafimafy kokoa hatrany." Nanana andraikitra lehibe izy ka niady saina mafy. Niankina tamin'izay nataony mantsy no hahafahany hiaina mandrakizay sy hahafahan'ireo mino azy hiaina mandrakizay. Lasa toy "ny ra nite-

**TOY NY RA NITETE NY HATSEMBOHANY**

Tsy nohazavain'i Lioka dokotera hoe ahoana no nahatonga ny hatsembohan'i Jesosy ho lasa toy ny "ra nitete." (Lioka 22:44) Nety ho nampitahain'i Lioka tamin'ny ra mitete amin'ny ratra ilay hatsembohana. Hoy koa ny Dr. William Edwards, tao amin'ny *Gazetin'ny Fikambanana Amerikanina Momba ny Fitsaboana:* 'Mahalana vao misy ra ny hatsembohana. Mety hitranga anefa izany rehefa miady saina mafy ny olona iray. Be loatra mantsy ny ra ao amin'ny fihary mamoaka hatsembohana ka lasa malemy sy mora triatra ny hodiny.'



te teo amin'ny tany ny hatsembohany."—Lioka 22:44.

Hitan'i Jesosy natory indray ny apostoly rehefa niverina izy, ka hoy izy: "Mbola matory sy miala sasatra ihany ve ianareo amin'ny fotoana toy izao? Efa manakaiky anefa ny ora hamadihana ny Zanak'olona sy hanolorana azy eo an-tanan'ny mpanota. Mitsangàna, andao isika handeha, fa efa manatona ilay mpamadika ahy."—Matio 26:45, 46.

- ◊ Nankaiza i Jesosy sy ireo apostoly rehefa niala tao amin'ilay efitra ambony rihana?
- ◊ Inona no nataon'ireo apostoly telo rehefa nivavaka i Jesosy?
- ◊ Nahoana ny hatsembohan'i Jesosy no lasa toy ny ra nitete?

## NISY NAMADIKA I KRISTY ARY NOSAMBORINA

MATIO 26:47-56   MARKA 14:43-52   LIOKA 22:47-53   JAONA 18:2-12

Efa lasa ela ny misasakalina tamin'izay. Efa nifanaraka ny mpisorona fa sekely volafotsy 30 no homena an'i Jodasy mba hamadihany an'i Jesosy. Nentin'i Jodasy nitady an'i Jesosy àry ny lehiben'ny mpisorona sy ny Fariseo ary ny andia-miaramila romanina sy ny mpitari-tafika iray.

Rehefa noroahin'i Jesosy avy tao amin'ilay sakafon'ny Paska i Jodasy, dia azo antoka fa nankany amin'ny lehiben'ny mpisorona. (Jaona 13:27) Namory mpiambina sy andia-miaramila izy ireo. Nentin'i Jodasy tany amin'ilay efitra nankalazan' i Jesosy sy ny apostoly ny Paska angamba aloha izy ireo. Niampita ny Lohasahan'i Kidrona izy ireo avy eo ary nankao amin'ny zaridainan'i Getsemane. Tapa-kevitra ny hitady an'i Jesosy izy ireo ka nitondra fiadiana sy jiro ary fanilo.

Nitarika an'ireo olona ireo niakatra ny Tendrombohitra Oliva i Jodasy. Nahazo antoka izy hoe taiza i Jesosy. Nijanona matetika tao amin'ilay zaridaina mantsy i Jesosy sy ny apostoly, rehefa nivezivezy teo Betania sy Jerosalema. Alina anefa tamin'io, ka nety ho takon'ny alok'ireo hazo oliva i Jesosy. Nety ho mbola tsy nahita azy koa ireo miaramila, ka ahoana no hamantaran'izy ireo azy? Nanome famantarana i Jodasy. Hoy izy: "Izay horohako no izy, ka sambory ary ento ka ambeno tsara."—Marka 14:44.

Nahita an'i Jesosy sy ny apostoliny tao amin' ilay zaridaina i Jodasy sy ilay vahoaka. Tonga dia nankeo amin'i Jesosy i Jodasy ka niteny hoe: "Manahoana, Raby ô!", sady nanoroka azy. Hoy i Jesosy: "Ry sakaiza, haninona eto ianao?" (Matio 26:49, 50) Izy ihany no namaly hoe: "Oroka ve no entinao hamadihana ny Zanak'olona, ry Jodasy?" (Lioka 22:48) Tapitra teo ny teniny tamin'ilay mpamadika.

Nankeo amin'ny hazavan'ireo jiro i Jesosy ka nanontany hoe: "Iza no tadiavinareo?" Nisy namaly hoe: "I Jesosy, avy any Nazareta." Sahy nilaza i Jesosy hoe: "Izaho no izy." (Jaona 18:4, 5) Taitra be ireo hisambotra azy ka lavo tamin'ny tany.

Tsy nanararaotra nandositra i Jesosy fa nanontany indray hoe iza no notadiavin'izy ireo. Namaly indray ireo hoe: "I Jesosy, avy any Nazareta." Tony tsara i Jesosy niteny hoe: "Efa nolazaiko taminareo fa izaho no izy. Koa avelao handeha ireto raha izaho no tadiavinareo." Efa mafy ny nanjo an'i Jesosy nefa mbola tsaroany ihany ilay teniny hoe tsy havelany hisy ho very ny mpanara-dia azy. (Jaona 6:39; 17:12) Niaro an'ireo apostoliny tsy mivadika tokoa izy ka tsy nisy very izy ireo afa-tsy i Jodasy, "ilay zanaky ny fandringanana." (Jaona 18:7-9) Nangataka àry izy mba havela handeha izy ireo.

Rehefa nanatona an'i Jesosy ireo miaramila vao tena azon'ireo apostoly izay nitranga. Hoy izy ireo: "Hamely amin'ny sabatra ve izahay, Tompo ô?" (Lioka 22:49) Mbola tsy namaly akory i Jesosy dia efa nalain'i Petera ny iray tamin'ireo sabatra roa nentin'ny apostoly. Namely an'i Malko mpanompon'ny mpisoronabe izy avy eo ka nanapaka ny sofiny havanana.

Nokasihin'i Jesosy anefa ny sofin'i Malko ka sitrana. Nampita lesona lehibe i Jesosy avy eo, rehefa nandidy an'i Petera hoe: "Avereno amin'ny tranony ny sabatrao, fa ho fatin'ny sabatra izay rehetra mampiasa sabatra." Vonona ny hosamborina i Jesosy satria hoy izy: "Ahoana no hahatanterahan'ny Soratra Masina, izay milaza fa tsy maintsy ho toy izao no hahatanterahan'izany?" (Matio 26:52, 54) Hoy koa izy: "Ny kaopy nomen'ny Raiko ahy ve tsy tokony hisotroako?" (Jaona 18:11) Nanaiky ny sitrapon'Andriamanitra i Jesosy, ary nekeny hatramin'ny ho faty.

Hoy i Jesosy avy eo tamin'ilay vahoaka: "Mivoaka mitondra sabatra sy kibay toy ny hisambotra mpangalatra ve ianareo? Nipetraka

nampianatra tao amin'ny tempoly isan'andro aho, nefa tsy nosamborinareo. Mitranga anefa izao zavatra rehetra izao mba hahatanterahan'izay voasoratry ny mpaminany."—Matio 26: 55, 56.

Nisambotra an'i Jesosy ilay andia-miaramila sy ilay mpitari-tafika ary ny mpiambina teo amin'ny Jiosy ary namatotra azy. Nandositra ny apostoly rehefa nahita izany. Nisy "tovolahy iray" anefa nijanona teo mba hanaraka an'i Jesosy. I Marka mpianatr'i Jesosy angamba io. (Marka 14:51) Fantatry ny olona izy ary saika hosamborin'izy ireo ka voatery nandositra, ary tavela teo ny akanjony.



◊ Nahoana i Jodasy no nitady an'i Jesosy tao amin'ny zaridainan'i Getsemane?
◊ Inona no nataon'i Petera mba hiarovana an'i Jesosy? Inona anefa no nolazain'i Jesosy?
◊ Inona no nataon'i Jesosy mba hampisehoana fa nanaiky ny sitrapon'Andriamanitra izy?
◊ Iza no nijanona rehefa nandao an'i Jesosy ny apostoly, ary inona no nitranga taminy?

# NENTINA TANY AMIN'I ANASY I JESOSY ARY AVY EO TANY AMIN'I KAIAFA

MATIO 26:57-68   MARKA 14:53-65   LIOKA 22:54, 63-65   JAONA 18:13, 14, 19-24

Nofatorana toy ny jiolahy i Jesosy ary nentina tany amin'i Anasy. I Anasy no mpisoronabe, tamin'i Jesosy nampitolagaga an'ireo mpampianatra tao amin'ny tempoly. (Lioka 2:42, 47) Efa mpisoronabe koa ny zanakalahin'i Anasy sasany, fa i Kaiafa vinantolahiny no mpisoronabe tamin'izay.

Afaka namory an'ireo anisan'ny Fitsarana Avo Jiosy i Kaiafa, tamin'i Jesosy tany amin'i Anasy. Nisy 71 ny mpikambana tao amin'ilay fitsarana, anisan'izany ny mpisoronabe sy ny mpisoronabe taloha.

Nanontany an'i Jesosy "momba ny mpianany sy ny fampianarany" i Anasy. Hoy fotsiny i Jesosy: "Niresaka tamin'ny olona rehetra ampahibemaso aho. Nampianatra foana tao amin'ny synagoga sy ny tempoly aho, dia tany amin'izay nivorian'ny Jiosy rehetra. Ary tsy niafina mihitsy aho rehefa niteny. Fa nahoana no manontany ahy ianareo? Ireo nihaino ny teniko no anontanio."—Jaona 18:19-21.

Namely tehamaina an'i Jesosy ny mpiambina iray nijoro teo, sady nibedy azy hoe: "Izany ve no fomba famalinao ny lehiben'ny mpisorona?" Fantatr'i Jesosy anefa fa tsy nisy ratsy nataony, ka hoy izy: "Raha diso izay nolazaiko, dia porofoy izay diso. Fa raha marina kosa, nahoana no mamely ahy ianao?" (Jaona 18:22, 23) Nasain'i Anasy nentina tany amin'i Kaiafa vinantolahiny i Jesosy avy eo.



Efa tafavory tao an-tranon'i Kaiafa ireo anisan' ny Fitsarana Avo, izany hoe ny mpisoronabe sy ny anti-panahin'ny vahoaka ary ny mpanora-dalàna. Tsy ara-dalàna ny mitsara olona amin'ny alin'ny Paska. Tsy nahasakana azy ireo tsy hanatanteraka ny teti-dratsiny anefa izany.

Tsy nanao ny rariny ny ankamaroan'izy ireo. Efa nanapa-kevitra ny Fitsarana Avo fa tokony hovonoina ho faty i Jesosy rehefa avy nanangana an'i Lazarosy tamin'ny maty. (Jaona 11:47-53) Niray tetika hisambotra an'i Jesosy sy hamono azy koa ny mpitondra fivavahana, andro vitsivitsy talohan' izay. (Matio 26:3, 4) Mbola tsy notsaraina àry i Jesosy dia toy ny efa voaheloka ho faty.

Efa tsy ara-dalàna ilay fivoriana, nefa mbola nitady vavolombelona mandainga hiampanga an'i Jesosy koa ny lehiben'ny mpisorona sy ny olonkafa anisan'ny Fitsarana Avo. Nahita vavolombelona maro izy ireo, saingy tsy nifanaraka ny fiampangan'ireo. Farany dia nisy anankiroa nilaza hoe: "Efa renay izy nilaza hoe: 'Harodako ity tempoly nataon-tanana ity ka hanorina hafa tsy nataon-tanana aho rehefa afaka telo andro.' " (Marka 14:58) Mbola tsy nifanaraka ihany anefa ny tenin'ireo.

Nanontany an'i Jesosy i Kaiafa hoe: "Tsy mamaly akory ve ianao? Ahoana hoy ianao amin'izany iampangany anao izany?" (Marka 14:60) Nangina i Jesosy fa tsy namaly ny fiampangana diso nolazain'ireo olona tsy mifanara-kevitra ireo. Nanandrana tetika hafa indray àry i Kaiafa Mpisoronabe.

Fantatr'i Kaiafa fa tezitra ny Jiosy rehefa misy olona mitonona ho Zanak'Andriamanitra. Efa nitady hamono an'i Jesosy ny Jiosy tamin'i Jesosy nilaza fa Andriamanitra no Rainy. Nihevitra mantsy izy ireo fa "nanao ny tenany ho mitovy amin'Andriamanitra" izy. (Jaona 5:17, 18; 10:31-39) Nampiasa hafetsena àry i Kaiafa ka niteny tamin'i Jesosy hoe: "Mampianiana anao amin'Andriamanitra velona aho hilaza aminay raha ianao no Kristy Zanak' Andriamanitra!" (Matio 26:63) Efa niaiky i Jesosy taloha fa Zanak'Andriamanitra izy. (Jaona 3:18; 5:25; 11:4) Raha tsy nanao izany izy teo, dia nety ho toy ny hoe nanda tsy ho Kristy Zanak'Andriamanitra. Hoy àry izy: "Izaho no izy. Ary ho hitanareo ny Zanak'olona hipetraka eo ankavanan'Ilay Mahery ary ho hitanareo ho avy izy, eny amin'ny rahon' ny lanitra."—Marka 14:62.

Niseho ho taitra i Kaiafa ka nandrovitra ny akanjony ivelany ary niteny hoe: "Nanevateva an' Andriamanitra izy! Inona indray no mbola ilantsika vavolombelona? Efa renareo ilay fanevatevana an'Andriamanitra teo. Ahoana ny hevitrareo?" Namoaka didy tsy ara-drariny ny Fitsarana Avo hoe: "Mendrika ny ho faty izy."—Matio 26:65, 66.

Nataon'izy ireo ho fihomehezana i Jesosy ary nokapohiny. Nisy koa namely tehamaina sy nandrora ny tarehiny. Nosaronan'izy ireo ny tarehin'i Jesosy avy eo sady mbola nasiany tehamaina, ary naneso izy ireo hoe: "Maminania! Iza ilay namely anao teo?" (Lioka 22:64) Mba eritrereto ange izany e! Natao tsinontsinona ilay Zanak'Andriamanitra. Niharan'ny tsy rariny koa izy satria notsaraina nandritra ny alina.

---

◊ Taiza no nitondrana an'i Jesosy voalohany, ary inona no nitranga tany?

◊ Taiza no nitondrana an'i Jesosy taorian'izay, ary ahoana no nataon'i Kaiafa mba hahatonga ny Fitsarana Avo hanameloka an'i Jesosy ho faty?

◊ Inona no nitranga nandritra ny fitsarana an'i Jesosy ka ahitana fa natao tsinontsinona izy?

# NANDA AN'I JESOSY I PETERA

MATIO 26:69-75 MARKA 14:66-72 LIOKA 22:54-62 JAONA 18:15-18, 25-27

Natahotra ireo apostoly rehefa nosamborina i Jesosy, tao amin'ny zaridainan'i Getsemane. Nandao azy àry izy ireo ka nandositra. Niverina anefa ny roa, dia i Petera sy "ny mpianatra iray", izay angamba ny apostoly Jaona. (Jaona 18:15; 19:35; 21:24) Nety ho nahatratra an'i Jesosy izy ireo tamin'izy nentina ho any an-tranon'i Anasy. Nanaraka teny lavidavitra teny izy roa lahy, rehefa nalefan'i Anasy tany amin'i Kaiafa Mpisoronabe i Jesosy. Sady natahotra ny hamoy ny ainy angamba izy ireo no nanahy hoe inona no hanjo an'ilay Tompony.

Fantatry ny mpisoronabe i Jaona, ka tafiditra tao an-tokotanin'i Kaiafa. Nijanona tany ivelan' ny vavahady kosa i Petera. Niverina i Jaona avy eo ary niresaka tamin'ny mpanompovavy iray mpiandry vavahady ka navela hiditra i Petera.

Nangatsiaka tamin'io alina io ka nandrehitra afon-tsaribao ny olona teo an-tokotany. Nipetraka niaraka tamin'izy ireo i Petera ary niandry "mba hahita izay hiafaran'ny" fitsarana an'i Jesosy. (Matio 26:58) Notarafin'ny hazavan'ilay afo i Petera, ka nahita azy kokoa ilay mpiandry vavahady nampiditra azy. Hoy izy: "Tsy anisan' ny mpianatr'io lehilahy io koa ve ianao?" (Jaona 18:17) Nisy olon-kafa koa teo nahalala an'i Petera sy niampanga azy ho niaraka tamin'i Jesosy.—Matio 26:69, 71-73; Marka 14:70.

Tsy hitan'i Petera mihitsy izay hatao. Niezaka niafinafina izy ka nankeo amin'ny fidirana. Nolaviny hoe niaraka tamin'i Jesosy izy. Hoy izy: "Tsy fantatro izy ary tsy azoko izay lazainao." (Marka 14:67, 68) Nanomboka "niozona sy nianiana" koa izy. (Matio 26:74) Midika izany fa nianiana izy hoe marina ny teniny ary raha tsy marina izany dia vonona ny hijaly izy.

Nitohy ihany ny fitsarana an'i Jesosy. Toa tao an-tranon'i Kaiafa teo ambonin'ilay tokotany no nanaovana an'ilay fitsarana. Nety ho nahita an' ireo vavolombelona nivezivezy mba hiampanga an'i Jesosy àry i Petera sy ny olon-kafa teo antokotany.

Niharihary tamin'ny fitenin'i Petera fa avy tany Galilia izy, ka hita fa tsy marina ilay fandavany. Nisy havan'i Malko koa teo. Ny sofin'izy io ilay notapahin'i Petera. Nisy niteny tamin'i Petera àry hoe: "Tsy efa hitako tao amin'ny zaridaina niaraka taminy ve ianao?" Nanda indray i Petera. Fanintelony tamin'io izy no nanda ary nisy akoho naneno, araka ny efa nolazain'i Jesosy. —Jaona 13:38; 18:26, 27.

Toa teo an-davarangana i Jesosy tamin'izay, ka nahatazana an'izay nitranga teo an-tokotany. Nitodika ny Tompo ka nibanjina an'i Petera. Azo antoka fa nalahelo mafy i Petera. Tadidiny ilay tenin'i Jesosy tao amin'ilay efitra ambony rihana, ora vitsivitsy monja talohan'izay. Mba eritrereto ange ny fihetseham-pony rehefa tonga saina izy hoe inona no nataony e! Nivoaka tany ivelany izy ka nitomany tamin'alahelo be. —Lioka 22:61, 62.

Fa nahoana i Petera no nanda an'i Jesosy, nefa natoky erỳ izy fa natanjaka ara-panahy sy tsy hivadika? Namboamboarina ny tena marina, ary nolazaina fa jiolahy i Jesosy na dia tsy nanan-tsiny aza. Afaka niaro azy i Petera nefa tsy nanao izany. Nolaviny kosa ilay "manana ny tenin'ny fiainana mandrakizay."—Jaona 6:68.

Inona no ianarantsika avy amin'izay nanjo an' i Petera? Mety hivadika na dia ny olona manam-pinoana sy tia an'Andriamanitra aza, raha tsy miomana tsara mba hiatrika fitsapana na fakam-panahy tsy ampoizina. Anatra ho an' ny mpanompon'Andriamanitra rehetra ny nanjo an'i Petera.



- ◊ Ahoana no nahafahan'i Petera sy Jaona niditra tao an-tokotanin'i Kaiafa?
- ◊ Inona no nitranga tao an-tranon'i Kaiafa, tamin'i Petera sy Jaona teo an-tokotany?
- ◊ Inona no dikan'ilay Petera niozona sy nianiana?
- ◊ Inona no lesona lehibe ianarantsika avy amin'izay nanjo an'i Petera?

# NOTSARAIN'NY FITSARANA AVO JIOSY ARY NALEFA TANY AMIN'I PILATO

MATIO 27:1-11 MARKA 15:1 LIOKA 22:66–23:3 JAONA 18:28-35

Efa nadiva haraina ny andro tamin'i Petera nanda an'i Jesosy fanintelony. Vita ilay fitsarana sarintsariny, ary samy lasa ireo anisan'ny Fitsarana Avo. Nivory indray izy ireo ny zoma vao maraina, mba ho toy ny hoe ara-dalàna ilay fitsarana nataony ny alin'iny. Nentina teo amin'izy ireo i Jesosy.

Nanontany indray ilay fitsarana hoe: "Lazao aminay raha ianao no Kristy." Hoy i Jesosy: "Na holazaiko aminareo aza, dia tsy hino mihitsy ianareo. Ary raha hanontaniako ianareo, dia tsy hamaly mihitsy." Sahy nilaza anefa i Jesosy hoe izy ilay voaresaka ao amin'ny Daniela 7:13. Hoy izy: "Manomboka izao, dia hipetraka eo ankavanan' ilay Andriamanitra mahery ny Zanak'olona."—Lioka 22:67-69; Matio 26:63.

Nanontany indray izy ireo hoe: "Zanak'Andriamanitra ve izany ianao?" Hoy i Jesosy: "Voalazanareo fa izany aho." Toa marina ilay fiampangana an'i Jesosy ho manevateva an'Andriamanitra, ka mendrika ny ho faty izy. Hoy àry izy ireo: "Inona indray no ilantsika porofo?" (Lioka 22:70, 71; Marka 14:64) Nofatorany i Jesosy ary nentiny tany amin'i Pontio Pilato, governora romanina.

Nety ho nahita an'i Jesosy nentina tany amin'i Pilato i Jodasy Iskariota. Fantany fa voaheloka i Jesosy ka nanenina sy namoy fo izy. Tsy tena nibebaka sy niverina tamin'Andriamanitra anefa izy. Naveriny ireo sekely volafotsy 30, ary hoy izy tamin'ny lehiben'ny mpisorona: "Nanota aho fa namadika olo-marina." Tsy nihontsina akory izy ireo namaly hoe: "Ahoanay inona izany? Raharahanao izany!"—Matio 27:4.

Natsipin'i Jodasy tao amin'ny tempoly ireo farantsa volafotsy 30. Nanampy trotraka ny ratsy nataony izy avy eo ka nanandrana nanantontena. Toa tapaka anefa ilay sampan-kazo namatorany ny tady, ka nilatsaka teny amin'ireo vato teny ambany izy ary potipotika ny vatany.—Asan'ny Apostoly 1:17, 18.

Nentina vao maraina tao an-dapan'i Pontio Pilato i Jesosy. Tsy nety niditra tao anefa ireo Jiosy



nitondra azy. Nihevitra izy ireo fa haloto raha mifandray amin'ny tsy Jiosy, ka tsy ho afaka hihinana ny sakafo tamin'ny 15 Nisana. Io no andro voalohany amin'ny Fetin'ny Mofo Tsy Misy Lalivay. Noheverina ho anisan'ny Paska io fety io.

Nankeny ivelany i Pilato ary nanontany hoe: "Inona no iampanganareo an'io lehilahy io?" Hoy izy ireo: "Tsy ho natolotray anao izy raha tsy mpanao ratsy." Nihevitra angamba i Pilato hoe nanandrana nanery azy izy ireo, ka hoy izy: "Ento izy, ary tsarao araka ny lalànareo." Hoy anefa ny Jiosy: "Tsy azonay atao ny mamono olona." (Jaona 18:29-31) Hita fa te hamono an'i Jesosy ho faty izy ireo.

Nety ho nikorontana ny vahoaka raha novonoin'ny Jiosy tamin'ny Paska i Jesosy. Tsy ho diso teo anatrehan'ny vahoaka anefa ny Jiosy, raha vitany ny niampanga an'i Jesosy ho mpanohitra ny fitondrana romanina ka ny Romanina ihany no namono azy. Nanan-jo hanao izany mantsy ny Romanina.

Tsy nolazain'ny mpitondra fivavahana tamin'i Pilato hoe nomelohin'izy ireo ho nanevateva an' Andriamanitra i Jesosy. Namorona fiampangana hafa izy ireo, ka nilaza hoe: "Ity lehilahy ity hitanay [1] nampikomy ny firenenay, ary [2] nandrara tsy handoa hetra amin'i Kaisara, sady [3] nilaza fa izy no Kristy mpanjaka."—Lioka 23:2.

Solontenan'i Roma i Pilato ka rariny raha nampanahy azy ilay fiampangana an'i Jesosy hoe nilaza tena ho mpanjaka. Niditra tao an-dapa indray àry izy, niantso an'i Jesosy, ary nanontany hoe: "Ianao ve no mpanjakan'ny Jiosy?" Te hilaza izy hoe: 'Nandika ny lalàn'ny Fanjakana Romanina ve ianao, ka nilaza tena ho mpanjaka manohitra an'i Kaisara?' Tian'i Jesosy ho fantatra angamba hoe inona avy no efa ren'i Pilato momba azy, ka hoy izy: "Hevitrao samirery ve izany, sa nisy nilaza taminao ny momba ahy?"—Jaona 18:33, 34.

Niseho ho tsy nahalala ny momba an'i Jesosy i Pilato nefa te hahalala ihany, ka namaly hoe: "Izaho ange tsy Jiosy e!" Hoy koa izy: "Ny firenenao sy ny lehiben'ny mpisorona no nanolotra anao tamiko. Fa inona no nataonao?"—Jaona 18:35.

Ny maha mpanjaka an'i Jesosy no tena niadian-kevitra, ary tsy nitady hiala tamin'io resaka io izy. Azo antoka fa gaga be i Pilato Governora rehefa nandre ny valin-teniny.

**ILAY SAHAN-DRA** Tsy hitan'ny lehiben'ny mpisorona hoe hatao inona ireo sekely volafotsy natsipin'i Jodasy tao amin'ny tempoly. Hoy izy ireo: "Vidin-dra ireto, ka tsy azo arotsaka ao amin'ny toerana masina fitehirizankarena." Nividianany ny sahan'ny mpanefy tanimanga àry ilay vola. Natao fandevenam-bahiny ilay saha ary nantsoina hoe "Sahan-dra."—Matio 27:6-8.



◊ Nahoana ny Fitsarana Avo Jiosy no nivory indray nony maraina?
◊ Ahoana no nahafatesan'i Jodasy, ary natao inona ireo farantsa volafotsy 30?
◊ Inona no niampangan'ny Jiosy an'i Jesosy teo anatrehan'i Pilato, mba hamonoana azy ho faty?

# HITAN'I PILATO SY HERODA HOE TSY NANAN-TSINY IZY

MATIO 27:12-14, 18, 19 MARKA 15:2-5 LIOKA 23:4-16 JAONA 18:36-38

Tsy nafenin'i Jesosy an'i Pilato fa tena mpanjaka izy. Tsy tokony hatahoran'ny Romanina anefa ny Fanjakany. Hoy izy: "Tsy anisan'ity tontolo ity ny fanjakako. Raha anisan'ity tontolo ity ny fanjakako, dia ho niady ny oloko mba tsy ho natolotra tamin'ny Jiosy aho. Tsy avy amin'izany anefa ny fanjakako." (Jaona 18:36) Manana Fanjakana tokoa i Jesosy, saingy tsy eto amin'ity tontolo ity.

Tsy tapitra teo anefa ny resaka. Hoy i Pilato: "Mpanjaka àry ve ianao?" Nilaza tamin'i Pilato i Jesosy fa marina ny teniny. Hoy izy: "Voalazanao fa mpanjaka aho. Izao no nahaterahako, ary izao no nahatongavako ho amin'izao tontolo izao, dia ny hanambara ny marina. Ary mihaino ny feoko izay rehetra miandany amin'ny marina."—Jaona 18:37.

Nilaza tamin'i Tomasy i Jesosy tany aloha hoe: "Izaho no lalana sy fahamarinana ary fiainana." Na i Pilato aza anefa lasa nahalala fa tonga tetỳ an-tany i Jesosy mba hanambara "ny marina", dia ny marina momba ny Fanjakany. Tapa-kevitra i Jesosy fa tsy hiala amin'io fahamarinana io, na dia hamoizany ny ainy aza izany. Nanontany i Pilato hoe: "Inona ny marina?" Tsy niandry valiny anefa izy. Hitany fa efa ampy hitsarany an'i Jesosy ny zavatra reny.—Jaona 14:6; 18:38.

Nankeo amin'ilay vahoaka teo ivelan'ny lapa i Pilato. Toa teo akaikiny i Jesosy rehefa nilaza tamin'ny lehiben'ny mpisorona sy ny naman'izy ireo izy hoe: "Tsy hitako izay helok'ity lehilahy ity." Tezitra ny vahoaka ka nanizingizina hoe: "Mampirisika vahoaka hikomy izy rehefa nampianatra eran'i Jodia, nanomboka hatrany Galilia ka hatratỳ."—Lioka 23:4, 5.

Azo antoka fa gaga i Pilato nahita an'ireo Jiosy nafana fo tafahoatra. Mbola nitabataba ihany ny lehiben'ny mpisorona sy ny anti-panahy, ka hoy i Pilato tamin'i Jesosy: "Tsy renao ve ny hamaroan'ny fiampangany anao?" (Matio 27:13) Tsy namaly i Jesosy. Talanjona i Pilato satria tony tsara izy na dia tafahoatra aza ny fiampangana azy.

Nilaza ny Jiosy fa nanomboka nampianatra tany Galilia i Jesosy, ka fantatr'i Pilato fa Galiliana izy. Nahita hevitra mba tsy hitsarana an'i Jesosy àry i Pilato. Nalefany tany amin'i Heroda Antipasy (zanakalahin'i Heroda Lehibe) i Jesosy. Tao Jerosalema izy tamin'io fotoanan'ny Paska io. I Heroda no nampanapaka ny lohan'i Jaona Mpanao Batisa. Reny tatỳ aoriana hoe manao fahagagana i Jesosy, ka natahotra izy sao dia i Jaona natsangana tamin'ny maty i Jesosy.—Lioka 9:7-9.

Faly àry i Heroda fa hahita an'i Jesosy. Tsy hoe te hanampy an'i Jesosy anefa izy, na hoe te hahita raha mitombina ny fiampangana azy. Te hahalala zavatra fotsiny izy, ary "nanantena hahita azy hanao famantarana." (Lioka 23:8) Tsy nanome fahafaham-po azy anefa i Jesosy. Tsy namaly mihitsy aza izy rehefa nanadihady azy i Heroda. Diso fanantenana i Heroda sy ny miaramilany, ka "nanaraby" an'i Jesosy. (Lioka 23:11) Nampitafiany lamba mangirana izy ary nataony ho fihomehezana. Naverin'i Heroda tany amin'i Pilato izy avy eo. Mpifahavalo i Heroda sy Pilato taloha, nefa lasa mpinamana be.

Nampiantso ny lehiben'ny mpisorona sy ny lohandohany teo amin'ny Jiosy ary ny vahoaka i Pilato, rehefa tonga tany aminy indray i Jesosy. Hoy izy: "Nofotopotorako teo anatrehanareo anefa izy, ary tsy hitako izay helony ny amin'izay iampanganareo azy. Na i Heroda koa aza tsy nahita izay helony, matoa naveriny tatỳ amintsika izy. Tsy nanao zavatra tokony hamonoana azy ho faty izy. Koa hofaiziko izy, ary hafahako."—Lioka 23:14-16.



Tena te hanafaka an'i Jesosy i Pilato, satria fantany fa fialonana no nahatonga ny mpisorona hanolotra azy taminy. Nahita antony hafa hanafahana azy koa izy. Nampita izao hafatra izao taminy mantsy ny vadiny, raha mbola nipetraka teo amin'ny toeram-pitsarana izy: "Aza miditra amin'ny raharaha momba an'io olo-marina io ianao, fa nijaly be aho androany rehefa nanonofy azy." (Matio 27:19) Toa nofy avy tamin'Andriamanitra ilay izy.

Tokony hanafaka an'io lehilahy tsy manan-tsiny io i Pilato. Ahoana anefa no hanaovany izany?

---

- ◊ Ahoana no fomba nilazan'i Jesosy "ny marina" momba ny maha Mpanjaka azy?
- ◊ Inona no nolazain'i Pilato momba an'i Jesosy, nefa inona no nataon'ny vahoaka? Inona no nataon'i Pilato taorian'izay?
- ◊ Nahoana i Heroda Antipasy no faly rehefa hahita an'i Jesosy, ary inona no nataony taminy?
- ◊ Nahoana i Pilato no te hanafaka an'i Jesosy?

# “INDRO NY LEHILAHY!”

MATIO 27:15-17, 20-30 MARKA 15:6-19 LIOKA 23:18-25 JAONA 18:39–19:5

Hoy i Pilato tamin’ireo nangataka ny hamonoana an’i Jesosy: “Tsy hitako izay helony ny amin’izay iampanganareo azy. Na i Heroda koa aza tsy nahita izay helony.” (Lioka 23:14, 15) Nitady hevitra hafa hanavotana an’i Jesosy i Pilato ka niteny hoe: “Araka ny fombanareo koa ange dia tokony hanafaka olona iray ho anareo aho rehefa Paska e! Koa tianareo hafahako ho anareo ve ilay mpanjakan’ny Jiosy?”—Jaona 18:39.

Fantatr’i Pilato fa nisy jiolahy mpandroba sy mpikomy ary mpamono olona atao hoe Barabasy tao am-ponja. Hoy àry izy: “Iza no tianareo hafahako ho anareo: I Barabasy sa i Jesosy ilay antsoina hoe Kristy?” I Barabasy no nofidin’ny vahoaka fa tsy i Jesosy, satria nampirisihin’ny lehiben’ny mpisorona hanao izany izy ireo. Hoy indray i Pilato: “Iza amin’izy roa lahy no tianareo hafahako ho anareo?” Niantsoantso ny vahoaka hoe: “Barabasy.”—Matio 27:17, 21.

Very hevitra i Pilato ka nanontany hoe: “Inona àry no hataoko amin’i Jesosy, ilay antsoina hoe Kristy?” Niara-niredona ny vahoaka hoe: “Aoka hofantsihana amin’ny hazo fijaliana izy!” (Matio 27:22) Mahamenatra ny nataon’izy ireo, satria olona tsy manan-tsiny no tiany hovonoina ho faty. Niangavy i Pilato hoe: “Fa nahoana? Inona no ratsy nataony? Tsy hitako mihitsy izay tokony hamonoana azy ho faty. Koa hofaiziko izy dia hafahako.” —Lioka 23:22.


Nitady fomba hanafahana an’i Jesosy foana i Pilato. Tezitra be anefa ny vahoaka ka niara-nikiakiaka hoe: “Aoka hofantsihana amin’ny hazo fijaliana izy!” (Matio 27:23) Lasa te hamono olona izy ireo satria nataon’ny mpitondra fivavahana izay hahatonga azy ireo hafana fo tafahoatra. Tsy mpanao heloka bevava na mpamono olona anefa no tiany hovonoina fa lehilahy tsy manan-tsiny, izay noarahabaina toy ny Mpanjaka tao Jerosalema dimy andro talohan’izay. Nangina sy nimpirimpirina ny mpianatr’i Jesosy raha teo.

Hitan’i Pilato fa tsy nisy vokany ny ezaka nataony. Vao mainka nisavorovoro ny vahoaka, ka naka rano izy ary nanasa tanana teo anatrehan’izy ireo sady niteny hoe: “Tsy tompon’andraikitra amin’ny fahafatesan’io lehilahy io aho, fa raharahanareo izany.” Tsy nihontsina ilay vahoaka fa niteny hoe: “Izahay sy ny zanakay no ho tompon’andraikitra amin’ny fahafatesany.”—Matio 27:24, 25.

Naleon’i Pilato Governora nampifaly ny vahoaka toy izay hanao ny rariny. Nafahany àry i Baraba-

**KAPOKA AMIN’NY KARAVASY** Miresaka momba an’io fanaon’ny Romanina io ny Dr. William Edwards ao amin’ny *Gazetin’ny Fikambanana Amerikanina Momba ny Fitsaboana*. Hoy izy:

‘Karavasy fohifohy (*flagrum* na *flagellum*) no nampiasaina matetika. Nisy tady hoditra tsotra na tady hoditra narandrana tamin’ilay izy, ary maromaro izy ireo sady tsy nitovy halava. Nisy vy kely boribory na tapa-taolan’ondry maranitra nafatotra tamin’ireo hoditra ary natao mifanelanelana. Namerimberina nikapoka mafy ny lamosin’ilay nokapohina ny miaramila romanina, ka nandratra be ny hoditr’ilay olona ireo vy boribory. Nandidididy ny hoditr’ilay olona sy ny nofo tao ambaniny koa ireo tady hoditra sy taolan’ondry. Naratra hatramin’ny hozatra tany akaikin’ny taolana rehefa nitohy ny fikapohana, ka hita nihetsiketsika ny nofo mitsiratsiraka sy mivoa-dra.’



sy, araka ny notadiavin'izy ireo. Nasainy nesorina kosa ny akanjon'i Jesosy ary nokaravasina izy.

Nentin'ny miaramila tao an-dapan'ny governora i Jesosy. Niangona teo aminy izy ireo ary vao mainka nanao azy ho tsinontsinona. Nandrandrana fehiloha tsilo izy ireo ary notereny hipetraka teo amin'ny lohany izany. Nasiany bararata koa teny an-tanan'i Jesosy havanana ary nampitafiany lamba mena midorehitra toy ny an'ny mpanjaka izy. Naneso azy izy ireo hoe: “Arahaba, ry Mpanjakan' ny Jiosy!” (Matio 27:28, 29) Nororany izy ary nasiany tehamaina imbetsaka. Nalain'izy ireo ilay bararata teny an-tanany ary nikapohany ny lohany. Vao mainka nilentika tamin'ny hodi-dohany ireo tsilo tamin'ilay fehiloha, izay nataon'izy ireo toy ny satroboninahitra hanambaniana azy.

Tena nampiaiky an'i Pilato ny nahita fa tony sy natanja-tsaina foana i Jesosy. Tsy te ho tompon' andraikitra tamin'ny fanamelohana azy àry izy, ka niteny hoe: “Io àry izy fa entiko mivoaka eto aminareo mba ho fantatrareo fa tsy hitako izay fahadisoany.” Nety ho nieritreritra ve i Pilato hoe hiova hevitra ny vahoaka rehefa mahita an'i Jesosy efa mangana sy mivoa-dra? Nitsangana teo anoloan' ilay vahoaka nanana fo vato i Jesosy. Hoy i Pilato: “Indro ny lehilahy!”—Jaona 19:4, 5.

Tena nampiaiky an'i Pilato ny nahita an'i Jesosy tony foana sy nangina, na dia efa maty vono sy feno ratra aza. Toa hita tamin'ny teniny mantsy fa nanaja sy nangoraka an'i Jesosy izy.

---

◊ Inona no nataon'i Pilato mba hanafahana an'i Jesosy, ka tsy hahatonga azy ho tompon' andraikitra tamin'ny famonoana azy?

◊ Inona no nitranga tamin'ny olona nokaravasina?

◊ Inona no mbola natao tamin'i Jesosy rehefa avy nokaravasina izy?

---



# NATOLOTRA NY JIOSY I JESOSY ARY NENTINA HOVONOINA

MATIO 27:31, 32   MARKA 15:20, 21   LIOKA 23:24-31   JAONA 19:6-17

Efa nampijalina sy nohambaniana i Jesosy. Niezaka nanafaka azy i Pilato, saingy tsy nety niova hevitra ny lehiben'ny mpisorona sy ny namany. Ny hamono azy ihany no masaka tao an-tsain'ireo. Tsy nitsahatra niantsoantso izy ireo hoe: "Fantsiho amin'ny hazo fijaliana izy! Fantsiho!" Hoy àry i Pilato: "Entonareo izy ka fantsiho amin'ny hazo fijaliana, fa izaho tsy mahita izay fahadisoany." —Jaona 19:6.

Tsy naharesy lahatra an'i Pilato mba hamono an'i Jesosy noho ny antony politika ny Jiosy, ka nitady antony ara-pivavahana indray. Naveriny ilay fiampangana an'i Jesosy teo anatrehan'ny Fitsarana Avo Jiosy, dia ilay hoe nanevateva an'Andriamanitra izy. Hoy izy ireo: "Izahay manana lalàna, ary araka izany lalàna izany, dia tokony ho faty izy, satria nanao ny tenany ho zanak'Andriamanitra." (Jaona 19:7) Vaovao tamin'i Pilato io fiampangana io.

Niverina tao an-dapa i Pilato ary nitady hevitra hanafahana an'ilay lehilahy efa niaritra ny mafy. Nanonofy momba an'io lehilahy io koa ny vadin'i Pilato. (Matio 27:19) Nampangain'ny Jiosy indray izy io hoe milaza ny tenany ho "zanak'Andriamanitra." Efa fantatr'i Pilato fa avy any Galilia i Jesosy, nefa hoy izy: "Avy aiza ianao?" (Lioka 23:5-7; Jaona 19:9) Nieritreritra angamba izy hoe nety ho efa nisy taloha i Jesosy ary irak'Andriamanitra.

I Jesosy mihitsy no nilaza tamin'i Pilato fa mpanjaka izy nefa tsy anisan'ity tontolo ity ny Fanjakany. Tsy te hilaza tsipiriany fanampiny izy ka nangina. Nandona ny hambom-pon'i Pilato izany ka tezitra izy ary niteny hoe: "Tsy miteny amiko ve ianao? Tsy fantatrao angaha fa manana fahefana hanafaka anao aho, ary manana fahefana hamantsika anao amin'ny hazo fijaliana?"—Jaona 19:10.

Namaly fotsiny i Jesosy hoe: "Tsy ho nanana fahefana amiko velively ianao raha tsy nomena anao avy tany ambony izany. Koa izay nanolotra ahy taminao no meloka kokoa." (Jaona 19:11) Toa tsy nisy olona iray tena noeritreretin'i Jesosy teo. Te hilaza kosa izy fa manan-tsiny kokoa noho i Pilato i Kaiafa sy ny mpiray tsikombakomba taminy ary Jodasy Iskariota.

Nanaitra an'i Pilato ny fihetsik'i Jesosy sy ny teniny ary vao mainka izy natahotra sao irak' Andriamanitra tokoa i Jesosy. Nanandrana nanafaka azy indray àry izy. Nilaza zavatra hafa tsy maintsy ho nampahatahotra an'i Pilato anefa ny Jiosy avy eo. Norahonan'izy ireo i Pilato hoe: "Tsy naman'i Kaisara ianao raha hafahanao io, satria izay manao ny tenany ho mpanjaka dia manohitra an'i Kaisara."—Jaona 19:12.

Nentin'ilay governora teo ivelany indray i Jesosy ary nipetraka teo amin'ny fitoeran'ny mpitsara izy sady niteny hoe: "Io ny mpanjakanareo!" Tsy niova hevitra mihitsy anefa ny Jiosy fa niantsoantso hoe: "Vonoy io! Vonoy io! Fantsiho amin'ny hazo fijaliana izy!" Nitalaho i Pilato hoe: "Hofantsihako amin'ny hazo fijaliana ve ny mpanjakanareo?" Efa ela no tsy tian'ny Jiosy ny fitondran' ny Romanina, nefa sahy niteny ny lehiben'ny mpisorona hoe: "Tsy manana mpanjaka ankoatra an'i Kaisara izahay."—Jaona 19:14, 15.

Tsy nitsahatra nangataka ny hamonoana an'i Jesosy ny Jiosy. Natahotra àry i Pilato ka nilefitra ary nanolotra an'i Jesosy mba hovonoina. Nesorin'ny miaramila ilay lamba mena midorehitra teny amin'i Jesosy ary nampanaoviny azy indray ny akanjony. Nentin'izy ireo i Jesosy ary izy ihany no tsy maintsy nitondra ny hazo fijaliany.

Zoma 14 Nisana tamin'izay, ary efa nanakaiky ny mitataovovonana. Efa tsy natory i Jesosy nanomboka ny alakamisy vao maraina be ary nisesisesy ny fahoriana nanjo azy. Tsy nanana hery hibatana an'ilay tsato-kazo navesatra be intsony àry izy. Sendra nandalo i Simona avy any Kyrena,



tanàna tatsy Afrika, ka noteren'ny miaramila hitondra an'ilay tsato-kazo tany amin'ny toerana hamonoana an'i Jesosy. Maro no nanaraka teny, ary nisy nitomany sy nikapo-tratra noho ny alahelo.

Hoy i Jesosy tamin'ireo vehivavy nalahelo azy: "Aza mitomany ahy intsony, ry zanakavavin'i Jerosalema, fa ny tenanareo sy ny zanakareo itomaniana. Ho avy mantsy ny andro hilazan'ny olona hoe: 'Sambatra ny vehivavy momba, sy ny kibo tsy niteraka ary ny nono tsy ninonoan-jaza!' Dia hanomboka hilaza amin'ny tendrombohitra izy ireo hoe: 'Mianjerà aminay!', ary amin'ny havoana hoe: 'Saròny izahay!' Koa raha izany no ataon'izy ireo amin'izao hazo mbola mando izao, mainka fa rehefa maina ny hazo?"—Lioka 23:28-31.

Ny firenena jiosy no tian'i Jesosy horesahina teo. Toy ny hazo efa ho faty nefa mbola misy mandomando kely izy io, satria mbola teo i Jesosy sy ny Jiosy sasany nino azy. Rehefa tsy ho eo intsony izy ireo, dia ho toy ny hazo maty efa maina ilay firenena, satria ho tafasaraka tanteraka amin' Andriamanitra. Hitomany be ny olona rehefa hampiasa ny tafika romanina Andriamanitra mba handringanana an'ilay firenena.

◊ Inona no niampangan'ny mpitondra fivavahana an'i Jesosy?
◊ Inona no nampahatahotra an'i Pilato?
◊ Ahoana no nataon'ny lehiben'ny mpisorona mba handresena lahatra an'i Pilato hamono an'i Jesosy?
◊ Inona no tian'i Jesosy holazaina amin'ilay hoe hazo "mando" ary avy eo "maina"?

# NIJALY TEO AMIN'NY HAZO FIJALIANA ILAY MPANJAKA TSY MANAN-TSINY

MATIO 27:33-44 MARKA 15:22-32 LIOKA 23:32-43 JAONA 19:17-24

Nentina novonoina tany amin'ny toerana iray tsy lavitra ny tanàna i Jesosy sy ny jiolahy roa. Nantsoina hoe Golgota na Ikarandoha ilay toerana, ary tazana avy lavitra.—Marka 15:40.

Nesorina ny akanjon'izy telo lahy ary nomena divay niharo miora sy zava-mangidy izy ireo. Toa vehivavy tao Jerosalema no nanamboatra an'io ranon-javatra mampitony fanaintainana io. Navelan' ny Romanina hisotro azy io ny olona hovonoina ho faty. Tsy nety nisotro anefa i Jesosy rehefa avy nanandrana an'ilay izy. Nahoana? Te hahatsiaro saina tsara izy mandritra an'io fotoam-pitsapana lehibe io, mba ho afaka ny tsy hivadika hatramin'ny farany.

Natsotra teo amin'ny tsato-kazo i Jesosy. (Marka 15:25) Nofantsihan'ny miaramila ny tanany sy ny tongony ka rovitra ny nofony sy ny hozany ary nanaintaina be. Vao mainka nanaintaina izy rehefa natsangana ilay tsato-kazo, satria nisintona nidina ny vatany ka nitatra ny ratrany. Tsy nanome tsiny an'ireo miaramila anefa i Jesosy. Nivavaka kosa izy hoe: "Ray ô, mamelà azy ireo, fa tsy fantany izay ataony."—Lioka 23:34.

Fanaon'ny Romanina ny mametaka takelaka milaza ny helok'ireo voaheloka ho faty. Izao no nasain'i Pilato nosoratana: "Jesosy avy any Nazareta, Mpanjakan'ny Jiosy." Nosoratana tamin'ny teny hebreo sy latinina ary grika izy io, ka afaka namaky azy io ny ankamaroan'ny olona. Hita amin'izany fa tena tsy tian'i Pilato ireo Jiosy nitaky ny hamonoana an'i Jesosy. Tsy faly ny lehiben'ny mpisorona ka niteny hoe: "Aza soratana hoe 'Mpanjakan' ny Jiosy', fa hoe: Izy no nilaza hoe: 'Mpanjakan'ny Jiosy aho.'" Tsy nanaiky hanao izay tian'izy ireo intsony i Pilato ka namaly hoe: "Izay voasoratro dia voasoratro."—Jaona 19:19-22.

Tezitra be ny mpisorona ka naveriny indray ilay fiampangana diso tany amin'ny Fitsarana Avo Jiosy. Tsy nahagaga raha nihivingivin-doha ny mpandalo sady nanevateva an'i Jesosy hoe: "Tsara ho anao izao ry ilay te handrodana ny tempoly sy hanorina azy ao anatin'ny telo andro! Vonjeo ny tenanao ka midìna avy eo amin'ny hazo fijaliana." Nifampiresaka koa ny lehiben'ny mpisorona sy ny mpanora-dalàna hoe: "Aoka hidina avy eo amin'ny hazo fijaliana izao i Kristy Mpanjakan'ny Israely, mba ho hitantsika ka hinoantsika." (Marka 15:29-32) Na ireo jiolahy teo ankavian'i Jesosy sy teo ankavanany aza nandatsa azy. I Jesosy anefa no tena tsy nanan-tsiny tamin'izy telo.



Nanao an'i Jesosy ho fihomehezana koa ireo miaramila romanina efatra. Nisotro divay marikivy angamba izy ireo ary natolony an'i Jesosy izany mba hanesoana azy. Mazava ho azy fa tsy afaka nandray sy nisotro an'ilay izy i Jesosy. Niresaka momba an'ilay soratra teo ambony lohan'i Jesosy izy ireo, ka nanaraby azy hoe: "Raha mpanjakan'ny Jiosy ianao, dia vonjeo ny tenanao." (Lioka 23: 36, 37) Mba eritrereto ange e! I Jesosy no lalana sy fahamarinana ary fiainana, nefa nampijalina sy natao tsinontsinona izy. Tena tsy mendrika an'iza-

ny izy. Nahavita niaritra anefa izy ary tsy nisy nomeny tsiny na ireo Jiosy nijery azy teo, na ny miaramila romanina naneso azy, na ireo jiolahy roa teo anilany.

Nalain'ny miaramila efatra ny akanjo ivelan'i Jesosy ary nozarainy efatra. Nanao antsapaka izy ireo mba hahalalana hoe ho an'iza ny ampahany tsirairay. Tena tsara ny fitafian'i Jesosy anankiray, satria "tsy nisy zaitra, fa tenona iray ihany hatrany ambony ka hatrany ambany." Hoy ireo miaramila: "Aleo tsy horovitintsika ity, fa andao isika hanao antsapaka hahitana izay hahazo azy." Tanteraka àry ny voalazan'ny Soratra Masina hoe: "Nifampizaran'izy ireo ny fitafiako, ary nanaovany antsapaka ny akanjoko."—Jaona 19:23, 24; Salamo 22:18.

Takatry ny iray tamin'ireo jiolahy taorian'izay hoe tena mpanjaka i Jesosy. Nibedy an'ilay namany izy hoe: "Mbola tsy matahotra an'Andriamanitra ihany ve ianao amin'izao ianao efa voaheloka izao? Rariny isika raha melohina, satria mendrika handray ny valin'asantsika, fa izy kosa, tsy mba nanao zavatra tsy nety." Niangavy an'i Jesosy izy avy eo hoe: "Jesosy ô, tsarovy aho rehefa tonga any amin'ny fanjakanao ianao."—Lioka 23:40-42.

Namaly i Jesosy hoe: "Lazaiko aminao marina tokoa anio fa hiaraka amiko any amin'ny Paradisa ianao", fa tsy ao amin'ilay Fanjakana. (Lioka 23:43) Tsy mitovy amin'izay nampanantenain'i Jesosy ny apostoliny izany. Nampanantena mantsy izy fa hiara-manjaka aminy ao amin'ilay Fanjakana izy ireo. (Matio 19:28; Lioka 22:29, 30) Jiosy io jiolahy io ary nety ho efa reny ny momba an'ilay Paradisa an-tany nomen'Andriamanitra ho fonenan'i Adama sy Eva sy ny taranany. Lasa nanana fanantenana àry ilay jiolahy talohan'ny hahafatesany.



---

◊ Nahoana i Jesosy no tsy nety nisotro an'ilay divay nomena azy?
◊ Inona ilay soratra napetaka teo ambonin'ny lohan'i Jesosy? Inona no nataon'ny Jiosy rehefa nahita azy io?
◊ Nataon'ny miaramila inona ny akanjon'i Jesosy, ary inona no faminaniana tanteraka tamin'izay?
◊ Inona no nampanantenain'i Jesosy ny iray tamin'ireo jiolahy?

# “ZANAK’ANDRIAMANITRA TOKOA IO”

MATIO 27:45-56   MARKA 15:33-41   LIOKA 23:44-49   JAONA 19:25-30

“Ora fahenina” tamin’izay, izany hoe mitataovovonana. Nisy haizina hafahafa ‘nanarona an’ilay faritra manontolo hatramin’ny ora fahasivy’, na tamin’ny telo ora tolakandro. (Marka 15:33) Tsy vokatry ny fanakona-masoandro ilay haizina. Rehefa tsinam-bolana mantsy no misy fanakona-masoandro, nefa fenomanana tamin’izay satria fotoanan’ny Paska. Naharitra ela koa ilay haizina fa tsy minitra vitsy toy ny fanakona-masoandro. Andriamanitra àry no nahatonga azy io.

Alao sary an-tsaina ny vokatr’io haizina io teo amin’ireo naneso an’i Jesosy. Nanatona an’ilay hazo fijaliana ny renin’i Jesosy, Salome, Maria Magdalena, ary Maria renin’i Jakoba kely apostoly.

Niaraka tamin’i Maria renin’i Jesosy ‘teo akaikin’ny hazo fijaliana’ ny apostoly Jaona. Nalahelo be i Maria ka toy ny “voatrobaky ny sabatra”, rehefa nahita an’ilay zanaka naterany sy notezainy nijalijaly teo amin’ny tsato-kazo. (Jaona 19:25; Lioka 2:35) Nanaintaina be i Jesosy nefa mbola nihevitra izay hahasoa ny reniny. Niezaka nanetsika ny lohany nanondro an’i Jaona izy sady niteny tamin’ny reniny hoe: “Io ny zanakao, ravehivavy!” Nanetsika ny lohany nanondro an’i Maria izy avy eo, ary niteny tamin’i Jaona hoe: “Io ny reninao!”—Jaona 19:26, 27.

Nankinin’i Jesosy tamin’ilay apostoly tena tiany ny fikarakarana ny reniny, izay angamba efa maty vady tamin’izay. Fantatr’i Jesosy fa mbola tsy nino azy ny rahalahiny iray tam-po aminy. Nataony àry izay hahazoan’ny reniny an’izay nilainy teo amin’ny fiainana sy teo amin’ny arapanahy. Modely ho antsika tokoa izy!

Hoy i Jesosy rehefa nisinda ilay haizina: “Mangetaheta aho.” Nanatanteraka an’izay voalazan’ny Soratra Masina izany. (Jaona 19:28; Salamo 22:15) Tsapan’i Jesosy fa toy ny hoe tsy niaro azy intsony ny Rainy, ka namela azy iharam-pitsapana faran’izay mafy mba hahitana raha tena tsy hivadika izy. Niantso mafy i Kristy hoe: *“Ely, Ely, lamà sabaktany?”*, izany hoe “Andriamanitro ô, Andriamanitro ô, nahoana no nahafoy ahy ianao?” Tsy nahazo izay nolazainy ny olona sasany nijoro teo ka niteny hoe: “Jereo fa miantso an’i Elia izy.” Nihazakazaka ny iray taminy, nanatsoboka spaonjy tao anaty divay marikivy, nanao izany teo amin’ny bararata iray, ary nanome an’izany mba hosotroin’i Jesosy. Hoy kosa ny hafa: “Avelao izy! Aoka hojerentsika raha ho avy hampidina azy i Elia.”—Marka 15: 34-36.

Hoy i Jesosy avy eo: “Vita!” (Jaona 19:30) Vitany tokoa izay rehetra nampanaovin’ny Rainy azy tetỳ an-tany. Farany dia hoy izy: “Ray ô, apetrako eo am-pelatananao ny aiko.” (Lioka 23:46) Nankininy tamin’ny Rainy ny hery mamelona azy ka natoky izy fa haverin’i Jehovah aminy izany. Nanondrika ny lohany izy avy eo ary maty. Nitoky tamin’Andriamanitra hatramin’ny farany izy.

Nisy horohoron-tany mafy tamin’izay ka nitresaka ny vatolampy. Tena mafy ilay izy ka nisokatra hatramin’ny fasana teny ivelan’i Jerosalema,

**“FANTSIHO AMIN’NY HAZO FIJALIANA IZY!”** Izany no antsoantson’ireo fahavalon’i Jesosy. (Jaona 19:15) *Staorôs* ilay teny grika nadika hoe “hazo fijaliana”, ao amin’ny Filazantsara. Hoy ny boky *Tantaran’ny Lakroa* (anglisy): “Ny hoe *staorôs* dia midika hoe ‘hazo mahitsy’ na tsato-kazo mafy be, toy ireny ataon’ny tantsaha fefy ireny. Izay ihany no dikany.”

ary tafavoaka ny faty. Niditra tao amin'ilay "tanàna masina" ny olona nahita an'ireo faty ary nitantara an'izay hitany.—Matio 12:11; 27:51-53.

Nisy ridao lava be sy matevim-be nanasaraka ny Masina sy ny Masina Indrindra tao amin' ny tempolin'Andriamanitra. Nizara roa hatrany ambony ka hatrany ambany izy io rehefa maty i Jesosy. Hita tamin'izany zava-nitranga mampitolagaga izany fa tezitra tamin'ireo namono ny Zanany Andriamanitra. Nidika koa izany fa lasa azo natao ny niditra tao amin'ny Masina Indrindra, izany hoe ny lanitra.—Hebreo 9:2, 3; 10: 19, 20.

Ara-dalàna raha natahotra be ny olona. Hoy ilay manamboninahitra niandraikitra ny famonoana an'i Jesosy: "Zanak'Andriamanitra tokoa io lehilahy io." (Marka 15:39) Nety ho teo izy rehefa notsaraina teo anatrehan'i Pilato i Jesosy ka nofotopotorana raha Zanak'Andriamanitra tokoa. Niaiky izy izao fa tsy manan-tsiny i Jesosy ary tena Zanak'Andriamanitra.

Taitra noho ilay zava-nitranga tsy nahazatra ny olona sasany ka nody ary "nikapo-tratra", satria nalahelo be sady menatra. (Lioka 23:48) Niaraka tamin'ireo nitazana avy teny lavitra ny vehivavy maro mpianatr'i Jesosy, izay efa niaradia taminy. Tena nampihetsi-po azy ireo izay rehetra nitranga.

- ◇ Nahoana no tsy azo lazaina hoe fanakonamasoandro no nahatonga an'ilay haizina naharitra adiny telo?
- ◇ Inona no modely navelan'i Jesosy mifandray amin'ny fikarakarana ray aman-dreny be taona?
- ◇ Inona no vokatr'ilay horohoron-tany, ary inona no dikan'ilay ridao nizara roa tao amin'ny tempoly?
- ◇ Inona no vokany rehefa nahita ny nahafatesan'i Jesosy sy ny zava-nitranga tamin'izay ny olona?



# NOKARAKARAINA NY VATAN'I JESOSY ARY NALEVINA

MATIO 27:57–28:2   MARKA 15:42–16:4   LIOKA 23:50–24:3   JAONA 19:31–20:1

Zoma harivan'ny 14 Nisana tamin'izay. Nanomboka tamin'ny filentehan'ny masoandro tamin'io ny Sabata 15 Nisana. Efa maty i Jesosy fa mbola velona kosa ireo jiolahy roa teo anilany. Nilaza ny Lalàna fa 'tsy tokony hajanona eo amin'ny tsato-kazo mandritra ny alina ny faty', fa tokony halevina "ny androtr'iny ihany."—Deoteronomia 21:22, 23.

Natao hoe Andro Fiomanana io zoma tolakandro io, satria tamin'io ny olona no nanomana ny sakafo nilaina tamin'ny Sabata sy namita ny asa tsy afaka niandry taorian'izay. Sabata "lehibe" na Sabata roa sosona ilay Sabata 15 Nisana. (Jaona 19:31) Nahoana? Sabata foana ny andro voalohany amin'ny Fetin'ny Mofo Tsy Misy Lalivay, izay maharitra fito andro. (Levitikosy 23:5, 6) Nifanindry tamin'ny Sabata isan-kerinandro na ny andro fahafito anefa ilay izy tamin'io, ka lasa Sabata "lehibe."

Nangataka tamin'i Pilato ny Jiosy mba hatao izay hahafaty haingana an'i Jesosy sy ireo jiolahy roa. Nila notapahina àry ny ranjon'izy ireo. Amin' izay izy ireo tsy afaka mampiasa ny tongony mba hampiakarana ny vatany, dia tsy afaka mifoka rivotra. Notapahin'ny miaramila ny ranjon'ireo jiolahy. Toa efa maty anefa i Jesosy ka tsy notapahina ny ranjony. Tanteraka àry ny Salamo 34:20 hoe: "Arovany daholo ny taolan'izany olona izany, ka tsy misy tapaka ireny na iray aza."



Te hahazo antoka ny miaramila iray fa maty i Jesosy ka nolefoniny ny takibany, teo amin'ny nisy ny fony. "Tonga dia nisy ra sy rano nivoaka." (Jaona 19:34) Tanteraka koa àry ilay hoe: "Hijery an'Ilay nolefoniny izy ireo."—Zakaria 12:10.

Nanatrika ny famonoana an'i Jesosy i Josefa avy any Arimatia, izay "lehilahy mpanankarena." (Matio 27:57) Olo-manan-kaja anisan'ny Fitsarana Avo Jiosy izy. Voalaza fa "tsara toetra sy marina" izy ary "niandry ny fanjakan'Andriamanitra." "Mpianatr'i Jesosy" izy "saingy tsy niseho ho mpianany noho ny fahatahorany ny Jiosy." (Lioka 23:50; Marka 15:43; Jaona 19:38) Tsy nanohana an'ilay didim-pitsarana momba an'i Jesosy àry izy. Sahy nangataka ny fatin'i Jesosy tamin'i Pilato i Josefa. Nanontany an'ilay manamboninahitra niandraikitra ny famonoana an'i Jesosy i Pilato. Nanome toky azy izy io fa tena maty i Jesosy, ka neken'i Pilato ny fangatahan'i Josefa.

Nividy lamba rongony madio sy tena tsara i Josefa ary nesoriny teo amin'ny tsato-kazo ny fatin'i Jesosy, ka nofonosiny an'ilay lamba. Nanampy azy i Nikodemosy, "ilay lehilahy tonga alina tao amin'i Jesosy tamin'ny voalohany." (Jaona 19:39) Nitondra miora sy hazo manitra lafo vidy nilanja 100 livatra teo ho eo (33 kilao teo ho eo) izy. Nofonosiny lamba niaraka tamin'ireo zavamaniry ireo ilay faty, araka ny fanaon'ny Jiosy rehefa handevina.

Nanana fasana mbola tsy nandevenana nolavahana teo amin'ny vatolampy i Josefa, tsy lavitra teo. Nataony tao ny fatin'i Jesosy ary nakodia teo anoloan'ilay izy ny vato be iray. Natao haingana izany, dieny mbola tsy nanomboka ny Sabata. Nety ho nanampy tamin'ny fikarakarana ny fatin'i Jesosy koa i Maria Magdalena sy Maria renin'i Jakoba kely. Nody haingana izy ireo avy eo mba "hanomana zavamaniry mani-pofona sy menaka manitra." (Lioka 23:56) Tiany hahosotra amin'ny vatan'i Jesosy izany aorian'ny Sabata.

Nankany amin'i Pilato ny lehiben'ny mpisorona sy ny Fariseo ny ampitso, izany hoe ny Sabata, ka niteny hoe: "Tsaroanay izay nolazain'iny mpisandoka iny fony fahavelony hoe: 'Hitsangana aho rehefa afaka telo andro.' Koa asaivo atao tsara ambina ny fasana hatramin'ny andro fahatelo, sao ho avy ny mpianany ka hangalatra azy ary hilaza amin' ny olona hoe: 'Efa natsangana tamin'ny maty izy!' Dia ho ratsy noho ny voalohany izany fisandohana farany izany." Koa hoy i Pilato: "Manana mpiambina ianareo. Mandehana ataovy tsara ambina araka izay vitanareo ny fasana."—Matio 27:63-65.

Nankany am-pasana vao maraina be i Maria Magdalena sy Maria renin'i Jakoba ary ny vehivavy hafa, ny alahady. Nitondra zavamanitra izy ireo mba hatao amin'ny fatin'i Jesosy. Nifampiresaka izy ireo hoe: "Iza re no hasaintsika hanakodia ny vato ho afaka amin'ny varavaram-pasana e?" (Marka 16:3) Nisy horohoron-tany anefa. Efa nakodian' ny anjelin'i Jehovah koa ny vato, tsy teo intsony ny mpiambina, ary foana ny fasana.

---

◇ Nahoana ny zoma nahafatesan'i Jesosy no nantsoina hoe Andro Fiomanana, ary nahoana no Sabata "lehibe" tamin'io?

◇ Inona no nataon'i Josefa sy Nikodemosy nifandray tamin'ny fandevenana an'i Jesosy, ary inona no fifandraisan'izy ireo sy Jesosy?

◇ Inona no tian'ny mpisorona hatao, nefa inona no nitranga ny alahady maraina be?

# FOANA NY FASANA FA VELONA I JESOSY!

MATIO 28:3-15 MARKA 16:5-8 LIOKA 24:4-12 JAONA 20:2-18

Azo antoka fa taitra be ireo vehivavy tonga teo am-pasana, satria toa tsy nisy na inona na inona tao. Nihazakazaka i Maria Magdalena nankany amin'i "Simona Petera sy ilay mpianatra anankiray tian'i Jesosy", dia ny apostoly Jaona. (Jaona 20:2) Nahita anjely iray ireo vehivavy nijanona teo am-pasana. Nisy anjely iray "nanao akanjo fotsy lava" koa tao am-pasana.—Marka 16:5.

Hoy ilay anjely iray: "Aza matahotra. Fantatro fa i Jesosy, ilay nofantsihana tamin'ny hazo fijaliana, no tadiavinareo. Tsy ato izy fa efa natsangana, araka ny efa nolazainy. Avia, jereo fa teo no nandriany. Mandehana haingana milaza amin' ny mpianany hoe: 'Efa natsangana tamin'ny maty izy ary hialoha anareo any Galilia.'" (Matio 28: 5-7) "Nangovitra sy nihetsi-po mafy" ireo vehivavy ireo ka nihazakazaka nilaza tamin'ireo mpianatra.—Marka 16:8.

Efa nahita an'i Petera sy Jaona i Maria tamin' izay. Mbola sempotsempotra izy nilaza hoe: "Nisy naka tao am-pasana ny Tompo, ary tsy fantatray izay nametrahany azy." (Jaona 20:2) Tonga dia lasa nihazakazaka i Petera sy Jaona. Haingana kokoa i Jaona ka izy no tonga aloha tany am-pasana. Nitsikilo tao anatiny izy ary nahita an'ireo fehim-paty, nefa tsy niditra.

Tonga dia niditra kosa i Petera rehefa tonga ary nahita an'ilay fehim-paty sy ilay lamba natao teo amin'ny lohan'i Jesosy. Izay i Jaona vao niditra ka nino ny tenin'i Maria. Tsy azon'izy roa lahy hoe natsangana tamin'ny maty i Jesosy, na dia efa noresahiny aza izany. (Matio 16:21) Very hevitra izy ireo ka lasa nody. I Maria kosa niverina teo ampasana ary nijanona teo.

Ireo vehivavy hafa indray nihazakazaka nilaza tamin'ny mpianatra hoe efa natsangana tamin'ny



maty i Jesosy. Nifanena tamin'izy ireo i Jesosy ka nilaza hoe: "Manahoana ianareo!" Avy hatrany izy ireo dia "niankohoka teo anatrehany." Hoy i Jesosy avy eo: "Aza matahotra! Mandehana milaza amin'ny rahalahiko mba ho any Galilia, fa any no hahitany ahy."—Matio 28:9, 10; Lioka 24:8-10.

Nisy horohoron-tany talohan'izay ary nisy anjely niseho. "Tora-kovitra" àry ny miaramila teo ampasana, ka "tsy nahahetsika toy ny maty." Nankany an-tanàna izy ireo rehefa nahazo aina, ary "nilaza tamin'ny lehiben'ny mpisorona ny zava-nitranga rehetra." Nikaon-doha ny anti-panahin'ny Jiosy sy ny mpisorona. Nanapa-kevitra izy ireo fa homena vola ny miaramila, mba tsy hitantara an' izay nitranga fa hilaza hoe: "Tonga alina ny mpianany nangalatra azy raha mbola natory izahay." —Matio 28:4, 11, 13.

Nety ho novonoina ho faty ny miaramila romanina raha resin-tory teo am-perinasa. Nampanantena azy ireo àry ireo mpisorona hoe: "Horesenay lahatra ny governora raha reny izany [ilay lainga hoe natory izy ireo], ka tsy misy tokony hatahoranareo." (Matio 28:14) Noraisin'ireo miaramila ilay vola ary narahiny ny tenin'ny mpisorona. Niely teo amin'ny Jiosy àry ilay lainga hoe nisy nangalatra ny fatin'i Jesosy.

Mbola nitomany teo am-pasana i Maria Magdalena. Niondrika nijery ny tao am-pasana izy ka nahita anjely roa niakanjo fotsy. Ny iray teo an-dohan'ilay nisy an'i Jesosy ary ny iray teo antongotra. Nanontany izy ireo hoe: "Nahoana no mitomany ianao, ravehivavy?" Namaly i Maria hoe: "Nisy naka ny Tompoko, ary tsy fantatro izay nametrahany azy." Nitodika izy ary nahita olonkafa. Namerina ny fanontanian'ireo anjely izy io ary nilaza hoe: "Fa iza no tadiavinao?" Noheverin' i Maria fa mpanao zaridaina izy ka hoy i Maria: "Mba lazao amiko, tompoko, izay nametrahanao azy hakako azy, raha ianao no naka azy."—Jaona 20:13-15.

I Jesosy natsangana tamin'ny maty io niresahan'i Maria io fa tsy fantany. Fantany ihany anefa izy rehefa niantso azy hoe: "Maria!" Ilay fomba mahazatra firesahan'i Jesosy taminy no nahalalany azy. Faly be i Maria ary niteny hoe: *"Rabôny!"* (midika hoe "Mpampianatra!") Namikitra tamin'i Jesosy i Maria satria natahotra sao efa hiakatra any an-danitra izy. Hoy anefa i Jesosy: "Aza mamikitra amiko fa mbola tsy niakatra tany amin'ny Ray aho. Fa mandehana any amin'ny rahalahiko ary lazao aminy hoe: 'Miakatra ho any amin'ny Raiko sy ny Rainareo aho, ary ho any amin' Andriamanitro sy Andriamanitrareo.' "—Jaona 20:16, 17.

Nihazakazaka tany amin'ny toerana nivorian'ny apostoly sy ny mpianatra hafa i Maria avy eo, ary niteny hoe: "Nahita ny Tompo aho!" (Jaona 20:18) Efa nisy vehivavy hafa koa nilaza tamin'izy ireo hoe nahita an'i Jesosy. Noheverin'izy ireo fa "niteniteny foana" anefa ireo vehivavy ireo.—Lioka 24:11.

◇ Rehefa hitan'i Maria Magdalena fa foana ilay fasana, inona no nataony ary inona no nitranga tamin'ireo vehivavy hafa?

◇ Inona no nataon'i Petera sy Jaona rehefa hitan'izy ireo fa foana ilay fasana?

◇ Iza no nifanena tamin'ireo vehivavy nandeha nilaza tamin'ny mpianatra, ary inona no nitranga rehefa niverina teo am-pasana i Maria Magdalena?

◇ Ahoana no nandraisan'ireo mpianatra ny zavatra nolazain'ireo vehivavy?

# NISEHO TAMIN'NY OLONA MARO I JESOSY EFA NATSANGANA TAMIN'NY MATY

LIOKA 24:13-49 JAONA 20:19-29

Kivy ny mpianatra ny alahady 16 Nisana. Tsy azon' izy ireo hoe nahoana no foana ilay fasana. (Matio 28:9, 10; Lioka 24:11) Niala tao Jerosalema i Kleopasy sy ny mpianatra iray hafa tamin'io andro io ary nankany Emaosy. Lalana 11 kilaometatra teo ho eo izany.

Niresaka an'izay nitranga izy ireo teny an-dalana. Tafaraka tamin'izy ireo avy eo ny lehilahy iray tsy fantany. Hoy izy io: "Inona izany iadianareo hevitra etỳ an-dalana izany?" Namaly i Kleopasy hoe: "Vahiny mipetraka irery any Jerosalema angaha ianao no tsy mahalala ny zava-nitranga tany tato ho ato?" Hoy ilay lehilahy: "Zavatra inona?"—Lioka 24:17-19.

Namaly izy ireo hoe: "Ny momba an'i Jesosy avy any Nazareta." Hoy koa izy ireo: 'Nanantena izahay fa izy no voatendry hanafaka ny Israely.' —Lioka 24:19-21.

Notantarain'i Kleopasy sy ny namany an'ilay lehilahy izay nitranga tamin'io andro io. Nitantara izy ireo fa nisy vehivavy nankany amin'ny fasan'i Jesosy ka nahita fa foana ilay fasana sady nahita maso an'ireo anjely nilaza hoe velona i Jesosy. Nilaza izy roa lahy fa nisy olon-kafa koa nankany amin'ilay fasana ka nahita an'izay "nolazain'ireo vehivavy."—Lioka 24:24.

Tsy azon'ireo mpianatra roa lahy ny dikan'ilay zava-nitranga. Diso hevitra izy ireo ary nisy vokany teo amin'ny fony izany. Hentitra àry ilay lehilahy nanitsy azy ireo hoe: "Tsy mieritreritra ianareo, ary votsa fo ka ela vao mino izay rehetra nolazain' ny mpaminany! Moa tsy tokony hiaritra an'izany rehetra izany ve i Kristy, ka hiditra ao amin'ny voninahiny?" (Lioka 24:25, 26) Nohazavainy tamin' izy ireo avy eo ny andinin-teny maro momba an'i Kristy.

Mbola te hihaino an'ilay lehilahy ireo mpianatra roa rehefa tonga teo akaikin'i Emaosy izy telo lahy. Hoy àry ireo mpianatra: "Mijanòna atỳ aminay fa efa ho hariva izao, ary efa hifarana ny andro." Nanaiky ilay lehilahy ary niara-nisakafo izy ireo. Fantatr'izy ireo fa i Jesosy ilay lehilahy rehefa nivavaka sy nanapaka ny mofo izy ary nanolotra izany ho azy ireo. Nanjavona anefa izy avy eo. (Lioka 24:29-31) Izay izy ireo vao tena nino hoe velona i Jesosy.

Falifaly erỳ izy roa lahy nifampiresaka hoe: "Tsy toy ny nisy afo niredareda ve tao am-pontsika tamin'izy niresaka tamintsika teny an-dalana, ka nanazava tsara ny Soratra Masina tamintsika?" (Lioka 24:32) Niverina haingana tany Jerosalema izy ireo ka nahita ny apostoly sy ny olon-kafa niaraka taminy. Mbola tsy nitantara izay nitranga i Kleopasy sy ny namany, dia efa nisy nilaza hoe: "Tena marina fa efa natsangana tamin'ny maty tokoa ny Tompo, ary efa niseho tamin'i Simona!" (Lioka 24:34) Nitantara ny nisehoan'i Jesosy taminy izy roa lahy avy eo. Nahita maso azy koa izy roa lahy.

Taitra be izy rehetra avy eo fa niseho tao amin' ilay efitra nisy azy i Jesosy. Tsy nampino izany satria nihidy ny varavarana noho izy ireo natahotra ny Jiosy. Nijoro teo afovoan'izy ireo anefa i Jesosy ary niteny hoe: "Ho aminareo anie ny fiadanana!" Natahotra izy ireo ary 'nihevitra fa anjely no hitany.' Efa nieritreritra toy izany izy ireo, indray mandeha.—Lioka 24:36, 37; Matio 14:25-27.

Nasehon'i Jesosy an'ireo mpianatra ny tanany sy ny tongony mba hanaporofoana fa tsy nanonofy fotsiny izy ireo na nahita anjely, fa tena i Jesosy nitafy nofo no teo anoloany. Hoy izy: "Nahoana no taitra ianareo? Ary nahoana no manjary misalasala ianareo ao am-ponareo? Jereo ny tanako sy ny tongotro, fa izaho ihany ity. Ary tsapao aho ka jereo fa ny anjely tsy manana nofo sy taolana toy izao ahitanareo ahy izao." (Lioka 24:36-39) Faly be izy ireo sady gaga, nefa mbola tsy tena nino ihany.

# 135

Hoy ihany i Jesosy mba hanampiana azy ireo: "Manan-javatra azo hanina ve ianareo ato?" Nomen'izy ireo sombin-trondro natono izy ka nihinana. Hoy izy avy eo: "Izao no teny nolazaiko taminareo fony aho mbola teo aminareo [talohan'ny nahafatesako], fa tsy maintsy ho tanteraka izay rehetra nosoratana momba ahy ao amin'ny lalàn' i Mosesy sy ao amin'ny Mpaminany ary ny Salamo."—Lioka 24:41-44.

Efa nanampy an'i Kleopasy sy ny namany mba hahazo ny voalazan'ny Soratra Masina i Jesosy. Nampiany indray ireo rehetra tafavory teo ka hoy izy: "Araka izany, dia efa voasoratra fa hijaly i Kristy ka hitsangana amin'ny maty amin'ny andro fahatelo, ary amin'ny anarany no hitoriana any amin'ny firenena rehetra ny fibebahana hahazoana famelan-keloka. Manomboka eto Jerosalema, dia ho vavolombelon'izany ianareo."—Lioka 24: 46-48.

Tsy teo ny apostoly Tomasy tamin'izay. Falifaly erỳ ny hafa andro vitsivitsy tatỳ aoriana nilaza taminy hoe: "Nahita ny Tompo izahay!" Hoy anefa i Tomasy: "Raha tsy hitako ny mariky ny fantsika eo amin'ny tanany ka ataoko eo amin'ilay marika ny rantsantanako, ary ataoko eo amin'ny takibany ny tanako, dia tsy hino mihitsy aho."—Jaona 20:25.

Nivory tao anaty trano mihidy indray ny mpianatra, valo andro tatỳ aoriana, ary teo i Tomasy. Nitafy nofo i Jesosy ary niseho teo afovoan'izy ireo indray sady niteny hoe: "Ho aminareo anie ny



fiadanana!" Hoy izy tamin'i Tomasy: "Ataovy eto ny rantsantananao, ary jereo ny tanako, ary ataovy eto amin'ny takibako ny tananao. Ary aza mba anisan'ny tsy mino intsony fa minoa." Hoy i Tomasy: "Ry Tompoko sy Andriamanitro!" (Jaona 20: 26-28) Izay izy vao tena nino hoe velona i Jesosy ary lasa anjely mahery solontenan'i Jehovah Andriamanitra.

Hoy i Jesosy: "Noho ianao nahita ahy ve no inoanao? Sambatra izay tsy mahita nefa mino." —Jaona 20:29.

---

◊ Inona no nanontanian'ny lehilahy iray an'ireo mpianatra roa ho any Emaosy?

◊ Nahoana no toy ny nisy afo niredareda tao am-pon'ireo mpianatra roa lahy?

◊ Inona no zavatra mahafaly ren'i Kleopasy sy ny namany rehefa niverina tao Jerosalema izy ireo, ary inona no nitranga avy eo?

◊ Inona no naharesy lahatra an'i Tomasy hoe velona i Jesosy?

# TEO AMORON'NY RANOMASIN'I GALILIA

JAONA 21:1-25

Nilaza tamin'ny apostoly i Jesosy ny alina farany niarahan'izy ireo hoe: 'Rehefa hatsangana aho, dia hialoha anareo any Galilia.' (Matio 26:32; 28:7, 10) Maro àry ny mpanara-dia azy nankany Galilia. Inona no tokony hataon'izy ireo any?

Hoy i Petera tamin'ny apostoly enina rehefa tonga tany: "Handeha hanarato aho." Namaly izy enina hoe: "Izahay koa hiaraka aminao." (Jaona 21:3) Tsy nahazo trondro izy ireo nandritra ny alina. Niseho teo amin'ny torapasika i Jesosy rehefa nadiva haraina nefa tsy fantatr'izy ireo. Hoy i Jesosy: "Manan-kohanina ve ianareo, anaka?" Namaly izy ireo hoe: "Tsia!" Hoy i Jesosy: "Atsipazo eo ankavanan' ny sambokely ny harato fa hahazo ianareo." (Jaona 21:5, 6) Nanao izany izy ireo ka nahazo trondro be dia be, ary tsy zakany nakarina ny haratony.

Hoy i Jaona tamin'i Petera: "Ny Tompo io!" (Jaona 21:7) Nisikinan'i Petera avy hatrany ny akanjony, satria tsy nanaovany izany rehefa nanarato izy. Nitsoraka tao anaty ranomasina izy, ary nilomano 90 metatra teo ho eo nankeny amin'ny torapasika. Nandeha mora tamin'ny sambokely kosa ny hafa, sady nisintona an'ilay harato feno trondro.

Rehefa tonga teo amin'ny torapasika izy ireo dia nahita "afon-tsaribao nisy trondro teo amboniny, ary mofo." Hoy i Jesosy: "Itondray amin'ny trondro vao azonareo aho." Notaritin'i Petera ilay harato nisy trondro vaventy 153. Hoy i Jesosy: "Avia hisakafo maraina." Tsy nisy sahy nanontany izy ireo hoe: "Iza ianao?", satria fantany fa i Jesosy io. (Jaona 21:9-12) Fanintelony tamin'io izy no niseho tamin'ny mpianatra maromaro.

Nomen'i Jesosy mofo sy trondro izy ireo. Nijery an'ireo trondro angamba i Jesosy avy eo, ary nanontany hoe: "Ry Simona zanak'i Jaona, tia ahy mihoatra noho ny itiavanao an'iretsy ve ianao?" Tian' i Petera kokoa noho ilay asa tian'i Jesosy hataony ve ny manarato? Namaly i Petera hoe: "Eny, Tompo ô, fantatrao fa miraiki-po aminao aho." Hoy i Jesosy: "Fahano àry ny zanak'ondriko."—Jaona 21:15.

Hoy indray i Jesosy: "Ry Simona zanak'i Jaona, tia ahy ve ianao?" Gaga angamba i Petera ka nanamafy hoe: "Eny, Tompo ô, fantatrao fa miraiki-po aminao aho." Hoy ihany i Jesosy: "Andraso àry ny ondrikeliko."—Jaona 21:16.

Nanontany fanintelony i Jesosy hoe: "Ry Simona zanak'i Jaona, miraiki-po amiko ve ianao?" Nieritreritra angamba i Petera hoe sao dia tsy mino i Jesosy fa tsy hivadika izy. Nafana fo be àry izy namaly hoe: "Tompo ô, ianao mahalala ny zavadrehetra. Fantatrao fa miraiki-po aminao aho." Mbola nanamafy i Jesosy hoe: "Fahano ny ondrikeliko." (Jaona 21:17) Mila mikarakara an'ireo ondry notaomin'Andriamanitra ho ao amin'ny valany tokoa ireo notendren'i Jesosy hitarika.

Nofatorana sy novonoina i Jesosy satria nanao ny asa nampanaovin'Andriamanitra. Nasehony an' i Petera fa ho toy izany koa no hiafarany. Hoy izy: "Fony mbola tanora kokoa ianao, dia ianao ihany no nampiakanjo ny tenanao, ary nankany amin' izay tianao haleha ianao. Fa rehefa mihantitra kosa ianao, dia hanatsotra ny tananao, ka olon-kafa no hampiakanjo anao sy hitondra anao any amin'izay tsy tianao haleha." Hoy anefa i Jesosy: "Manaraha ahy mandrakariva."—Jaona 21:18, 19.

Nahita ny apostoly Jaona i Petera ka nanontany hoe: "Tompo ô, inona kosa no hataon'itsy?" Inona tokoa ny hoavin'ilay apostoly tena tian'i Jesosy? Hoy i Jesosy: "Mampaninona anao moa raha tiako hitoetra mandra-piaviko izy, na tsia?" (Jaona 21: 21-23) Tokony hanara-dia an'i Jesosy i Petera fa tsy hiasa saina hoe inona no ataon'ny hafa. Nasehon'i Jesosy koa fa ho ela velona kokoa noho ny apostoly hafa i Jaona, ary hahazo fahitana momba ny fahatongavan'i Jesosy rehefa lasa Mpanjaka.

Mbola nanao zavatra maro hafa i Jesosy, ka raha nosoratana izany dia tsy ho omby na horonamboky maro aza.

# 136



◊ Inona no mampiseho fa tsy fantatr'ireo apostoly tsara izay tokony hataony tany Galilia?
◊ Ahoana no nahalalan'ny apostoly an'i Jesosy, tamin'izy teo amoron'ny Ranomasin'i Galilia?
◊ Inona no nantitranterin'i Jesosy fa tokony hataon'ireo notendreny hitarika?
◊ Inona no nolazain'i Jesosy mba hampisehoana ny fomba hahafatesan'i Petera?

# OLONA AN-JATONY NO NAHITA AZY TALOHAN'NY PENTEKOSTA

MATIO 28:16-20 LIOKA 24:50-52 ASAN'NY APOSTOLY 1:1-12; 2:1-4

Novorin'i Jesosy teo amin'ny tendrombohitra iray tany Galilia ny apostoly 11, taorian'ny nitsanganany tamin'ny maty. Teo koa ny mpianatra 500 teo ho eo. Nisalasala ny sasany tamin'ny voalohany raha tena natsangana tamin'ny maty i Jesosy. (Matio 28:17; 1 Korintianina 15:6) Resy lahatra anefa izy ireo noho izay nolazain'i Jesosy.

Nilaza i Jesosy fa nomen'Andriamanitra azy ny fahefana rehetra any an-danitra sy etỳ an-tany. Hoy àry izy: 'Koa mandehana, ataovy mpianatra ny olona any amin'ny firenena rehetra, ka ataovy batisa amin'ny anaran'ny Ray sy amin'ny anaran' ny Zanaka ary amin'ny anaran'ny fanahy masina. Ampianaro izy hitandrina izay rehetra nandidiako anareo.' (Matio 28:18-20) Tsy velona fotsiny i Jesosy fa mbola tiany hotorina ny vaovao tsara.

Nirahina hanao mpianatra ireo rehetra mpanara-dia an'i Jesosy, na lehilahy na vehivavy na ankizy. Mety hanandrana hisakana azy ireo tsy hitory sy hampianatra ny mpanohitra, nefa nanome toky i Jesosy hoe: "Efa nomena ahy ny fahefana rehetra any an-danitra sy etỳ an-tany." Inona no dikan'izany? Hoy i Jesosy: "Homba anareo foana aho, mandra-pahatongan'ny fifaranan'ny rafitr' ity tontolo ity." Tsy nilaza izy hoe hahavita fahagagana ireo rehetra mitory ny vaovao tsara. Hanampy azy ireo anefa ny fanahy masina.

Niseho tamin'ny mpianany "nandritra ny efapolo andro" i Jesosy, taorian'ny nitsanganany tamin'ny maty. Nitafy vatana samihafa izy ary "porofo maro tsy azo lavina no nentiny naneho tamin'ireo hoe velona izy." Nampianatra azy ireo "momba ny fanjakan'Andriamanitra" koa izy. —Asan'ny Apostoly 1:3; 1 Korintianina 15:7.

Toa mbola tany Galilia ny apostoly rehefa nasain'i Jesosy niverina tany Jerosalema. Hoy izy rehefa nihaona tamin'izy ireo: "Aza miala eto Jerosalema, fa andraso foana ilay nampanantenain' ny Ray sady efa renareo tamiko. I Jaona mantsy nanao batisa tamin'ny rano, fa ianareo kosa hatao batisa amin'ny fanahy masina, rehefa afaka andro vitsivitsy."—Asan'ny Apostoly 1:4, 5.

Nihaona tamin'ny apostoly indray i Jesosy tatỳ aoriana, ary "nentiny hatrany Betania izy ireo", teo amin'ny ilany atsinanan'ny Tendrombohitra Oliva. (Lioka 24:50) Mbola nino izy ireo fa ho etỳ an-tany ilay Fanjakana, nefa efa imbetsaka i Jesosy no nilaza fa handeha.—Lioka 22:16, 18, 30; Jaona 14:2, 3.

Nanontany ny apostoly hoe: "Tompo ô, izao ve no ampodianao ny fanjakana ho amin'ny Israely?" Hoy fotsiny i Jesosy: "Tsy mila mamantatra ny fotoana na ny vanim-potoana ianareo, fa ny Ray irery ihany no manam-pahefana amin'izany." Nasongadiny indray ilay asa tsy maintsy hataon'izy ireo ka hoy izy: 'Hahazo hery ianareo rehefa tonga aminareo ny fanahy masina, ka ho vavolombeloko any Jerosalema sy eran'i Jodia sy Samaria ary any amin'ny faritra lavitra indrindra amin'ny tany ianareo.'—Asan'ny Apostoly 1:6-8.

Niaraka tamin'i Jesosy teo amin'ny Tendrombohitra Oliva ny apostoly, rehefa nanomboka niakatra tany an-danitra izy. Takon'ny rahona izy ka tsy tazana intsony. Niverina ho anjely izy tamin'izay, na dia nitafy nofo aza rehefa avy natsangana tamin'ny maty. (1 Korintianina 15:44, 50; 1 Petera 3:18) "Nisy roa lahy niakanjo fotsy" niseho teo anilan'ireo apostoly tsy mivadika, raha mbola nibanjina ny lanitra izy ireo. Anjely nitafy nofo ireo. Hoy izy ireo: "Ry lehilahy galilianina, nahoana ianareo no mijoro eto mijery ny lanitra? Iny Jesosy nakarina niala taminareo ho any an-danitra iny, dia ho avy amin'iny fomba iny ihany, toy ilay nahitanareo azy niakatra tany an-danitra."—Asan'ny Apostoly 1:10, 11.

Tsy nankalazaina be ny fialan'i Jesosy teto antany. Ny mpanara-dia azy tsy mivadika ihany no nahita izany. Tsy hankalazaina be koa ny fiverena-

ny, ary ny mpanara-dia azy tsy mivadika ihany no hahalala fa lasa Mpanjaka izy.

Niverina tany Jerosalema ny apostoly ary nivory niaraka tamin'ny mpianatra hafa, nandritra ny andro vitsivitsy taorian'izay. Anisan'izy ireo i 'Maria renin'i Jesosy sy ny rahalahiny.' (Asan'ny Apostoly 1:14) Naharitra nivavaka izy ireo. Anisan'ny nataony antom-bavaka ny fifidianana mpianatra hisolo an'i Jodasy Iskariota, mba ho feno 12 indray ny apostoly. (Matio 19:28) Mpianatra nahita ny asa nataon'i Jesosy sy ny nitsanganany tamin'ny maty no notadiavin'izy ireo. Nanao antsapaka izy ireo hahalalana ny sitrapon'Andriamanitra. Eo no miresaka farany momba ny antsapaka ny Baiboly. (Salamo 109:8; Ohabolana 16:33) I Matia no "voafidy hanampy isa an'ireo apostoly iraika ambin'ny folo." (Asan'ny Apostoly 1:26) Anisan'ireo 70 lahy nirahin'i Jesosy angamba izy.

Tonga ny Pentekosta taona 33, folo andro taorian'ny niakaran'i Jesosy tany an-danitra. Nivory tao amin'ny efitra iray ambony rihana tao Jerosalema ny mpianatra 120 teo ho eo tamin'io fety jiosy io. Tampoka teo dia nisy feo mafy toy ny rivotra mahery nifofofofo nameno ilay trano. Nisy lela maro toy ny afo niseho teo ambonin'ny tsirairay. Nanomboka niteny tamin'ny fiteny samihafa ireo mpianatra rehetra. Nilatsaka ilay fanahy masina nampanantenain'i Jesosy.—Jaona 14:26.



◊ Iza avy no teo rehefa nanome toromarika teo amin'ny tendrombohitra iray tany Galilia i Jesosy, ary inona no nolazainy?

◊ Firy andro i Jesosy no niseho tamin'ny mpianany taorian'ny nitsanganany tamin'ny maty, ary inona no nataony tamin'izany?

◊ Hanao ahoana ny fomba hiverenan'i Jesosy, rehefa jerena ny fomba niakarany tany an-danitra?

◊ Inona no nitranga tamin'ny Pentekosta taona 33?

# TEO ANKAVANAN'ANDRIAMANITRA I KRISTY

ASAN'NY APOSTOLY 7:56

Voaporofo fa efa tena tany an-danitra i Jesosy tamin'ny Pentekosta, izany hoe folo andro taorian'ny niakarany tany. Nandatsaka ny fanahy masina mantsy izy tamin'io. Mbola nisy porofo hafa tatỳ aoriana. Hoy i Stefana mpianatr'i Jesosy, taloha kelin'ny nitoraham-bato azy noho izy sahy nitory: "Io fa hitako ny lanitra misokatra, ary ny Zanak'olona mijoro eo ankavanan' Andriamanitra."—Asan'ny Apostoly 7:56.

Nahazo ny fanahy masina i Davida ka nanoratra hoe: "Hoy i Jehovah tamin'ny Tompoko [Jesosy]: 'Mipetraha eto ankavanako *mandra-panaoko* ny fahavalonao ho fitoeran-tongotrao.'" Niandry ny hilazana taminy an'io didy mazava io i Jesosy rehefa tonga tany amin'ny Rainy tany an-danitra. 'Nanjaka teo anivon'ny fahavalony' izy rehefa tapitra io fotoana niandrasany io. (Salamo 110:1, 2) Inona anefa no nataon'i Jesosy teo am-piandrasana?

Lasa nisy ny fiangonana kristianina tamin'ny Pentekosta taona 33. Nanomboka nanjaka avy tany an-danitra i Jesosy tamin'io, ka ireo mpianany voahosotry ny fanahy no nanjakany. (Kolosianina 1:13) Nitarika azy ireo hanao ny asa fitoriana izy ary nanomana azy ireo ho amin' ny andraikiny. Andraikitra inona? Hatsangana amin'ny maty ireo tsy mivadika mandra-pahafatiny, ary hiara-manjaka amin'i Jesosy.

Anisan'ireo miavaka amin'ireo ho lasa mpanjaka ireo i Saoly, izay fantatra amin'ilay anarana romanina hoe Paoly. Jiosy izy ary efa ela no nazoto nitandrina ny Lalàn'Andriamanitra. Tena voafitaky ny mpitondra fivavahana anefa izy ka nankasitrahany hatramin'ny fitoraham-bato an'i Stefana. "Nandrahona sy nitady handripaka ny mpianatry ny Tompo" izy ka nankany Damaskosy. Nahazo fahefana tamin'i Kaiafa Mpisoronabe izy mba hisambotra ny mpianatr'i Jesosy sy hitondra azy ireo any Jerosalema. (Asan'ny Apostoly 7:58; 9:1) Nisy hazavana nanjelanjelatra nanodidina azy anefa tamin'izy teny an-dalana, ka lavo tamin'ny tany izy.

Nisy feo avy eo nilaza hoe: "Saoly, Saoly, nahoana no manenjika ahy ianao?" Nanontany i Saoly hoe: "Iza moa ianao, tompoko?" Namaly ilay feo hoe: "Izaho no Jesosy izay enjehinao." —Asan'ny Apostoly 9:4, 5.



Nasain'i Jesosy nankany Damaskosy i Saoly ary hiandry toromarika. Tsy maintsy notantanana anefa izy satria lasa jamba noho ilay hazavana mahagaga. Nisehoan'i Jesosy tamin'ny fahitana koa i Ananiasy, mpianatr'i Jesosy tao Damaskosy. Nasain'i Jesosy nankany amin'ny toerana iray izy mba hitady an'i Saoly. Natahotra izy nefa nanome toky azy i Jesosy hoe: "Fanaka voafidy ho ahy izany lehilahy izany, mba hitondra ny anarako any amin'ny hafa firenena sy ny mpanjaka ary ny zanak'Israely." Nahita indray i Saoly ary nanomboka nitory tao Damaskosy, ka "nilaza fa i Jesosy no Zanak'Andriamanitra." —Asan'ny Apostoly 9:15, 20.

Nampian'i Jesosy i Paoly sy ny mpitory ny vaovao tsara hafa ary nanohy an'ilay fitoriana natombok'i Jesosy. Notahin'Andriamanitra izy ireo ka tena nahita vokatra. Nanoratra mantsy i Paoly, 25 taona teo ho eo taorian'ilay nisehoan' i Jesosy taminy, fa efa "notorina tamin'ny zavaboary rehetra eny ambanin'ny lanitra" ny vaovao tsara.—Kolosianina 1:23.

Nisy fahitana maromaro nasehon'i Jesosy an' i Jaona, ilay apostoly tena tiany, taona maro tatỳ aoriana. Hita ao amin'ny Apokalypsy izany. Toy ny hoe nahita maso ny fiverenan'i Jesosy efa lasa Mpanjaka i Jaona. (Jaona 21:22) "Tonga tamin'ny andron'ny Tompo teo ambany herin'ny fanahy masina" i Jaona. (Apokalypsy 1:10) Oviana ny "andron'ny Tompo"?

Hita fa tamin'ny 1914 no nanomboka izy io, rehefa dinihina tsara ny faminanian'ny Baiboly. Nipoaka ny Ady Lehibe I tamin'io taona io. Taorian' izay, dia vao mainka nisy ady, areti-mandringana, mosary, horohoron-tany, ary olana hafa. Ireo no porofo fa efa miseho eran-tany ilay "famantarana" momba ny 'fanatrehan'i Jesosy' sy "ny farany", araka ny noresahin'i Jesosy tamin'ny apostoliny. (Matio 24:3, 7, 8, 14) Torina erantany izao ny vaovao tsaran'ilay Fanjakana, fa tsy any amin'ny faritra nanjakan'ny Romanina ihany.

Inona no dikan'ireo rehetra ireo? Nahazo herin'ny fanahy masina i Jaona ka nanoratra hoe: "Ankehitriny dia tonga ny famonjen'Andriamanitsika sy ny heriny ary ny fanjakany sy ny fahefan'ny Kristiny." (Apokalypsy 12:10) Tena misy ilay Fanjakan'Andriamanitra any an-danitra, izay notorin'i Jesosy hatraiza hatraiza.

Vaovao faran'izay tsara ho an'ny mpianatr'i Jesosy tsy mivadika rehetra izany. Tokony hoeritreretin'izy ireo tsara àry ny tenin'i Jaona hoe: "Noho izany, dia mifalia ry lanitra sy ianareo izay monina ao aminy! Loza ho an'ny tany sy ny ranomasina, fa nidina any aminareo ny Devoly sady tezitra mafy, satria fantany fa fohy ny fotoana ananany."—Apokalypsy 12:12.

Efa tsy miandry eo ankavanan'ny Rainy intsony i Jesosy izao. Efa Mpanjaka am-perinasa izy ary tsy ho ela dia handringana ny fahavalony rehetra. (Hebreo 10:12, 13) Inona àry no zavatra mahafaly miandry antsika?

---


◊ Inona no nataon'i Jesosy rehefa tonga tany an-danitra izy?

◊ Oviana no nanomboka ny "andron'ny Tompo", ary inona no nitranga taorian'izay?

◊ Nahoana isika no tokony hifaly?

# HANOVA NY TANY HO PARADISA I JESOSY ARY HAMITA NY ASA NASAINA NATAONY

1 KORINTIANINA 15:24-28



Vao vita batisa i Jesosy ary mbola tsy nanomboka ny fanompoany akory, dia efa nisy fahavalo tapa-kevitra ny hampivadika azy. Naka fanahy azy imbetsaka ny Devoly. Hoy i Jesosy tatỳ aoriana momba an'io anjely ratsy io: "Avy ilay mpitondra an'izao tontolo izao. Tsy manana fahefana amiko anefa izy."—Jaona 14:30.

Hitan'ny apostoly Jaona tamin'ny fahitana izay hanjo an'ilay "dragona lehibe", dia "ilay menarana tany am-boalohany, ilay antsoina hoe Devoly sy Satana." Hitany fa horoahina avy any an-danitra io fahavalon'ny olombelona io ary ho "tezitra mafy, satria fantany fa fohy ny fotoana ananany." (Apokalypsy 12:9, 12) Manana porofo ny Kristianina fa efa miaina amin'io 'fotoana fohy' io, ary tsy ho ela dia hatsipy ao amin'ny lavaka mangitsokitsoka "ilay dragona, ilay menarana tany am-boalohany." Tsy ho afaka hanao na inona na inona izy mandritra ny 1000 taona. Hanjaka ao amin'ny Fanjakan'Andriamanitra kosa i Jesosy.—Apokalypsy 20:1, 2.

Inona no hitranga eto an-tany amin'io fotoana io? Iza no hiaina eto ary hanao ahoana ny fiainana? I Jesosy mihitsy no namaly izany, ao amin'ilay fanoharana momba ny ondry sy ny osy. Nolazainy tao ny hoavin'ireo olo-marina toy ny ondry, izay miara-miasa amin'ny rahalahin'i Kristy sy manao soa amin'izy ireo. Inona kosa no hanjo an'izay tsy manao an'ireo, izany hoe ireo toy ny osy? Hoy i Jesosy: "Ho any amin'ny fandringanana mandrakizay ireo [ny osy], fa ny olo-marina [ny ondry] kosa ho any amin'ny fiainana mandrakizay."—Matio 25:46.

Azontsika avy amin'izany ny tian'i Jesosy holazaina tamin'ilay jiolahy teo akaikiny tamin'izy novonoina. Tsy nitovy tamin'ny valisoan'ny apostoly tsy mivadika ny valisoa nampanantenain' i Jesosy azy io. Hiara-manjaka amin'i Jesosy

# 139

• NY HIAFARAN'NY ONDRY SY NY OSY
• MARO NO HIAINA AO AMIN'NY PARADISA ETO AN-TANY
• VOAPOROFO FA I JESOSY NO LALANA SY FAHAMARINANA ARY FIAINANA



any an-danitra mantsy ireo apostoly. Hoy kosa izy tamin'ilay jiolahy nibebaka: "Lazaiko aminao marina tokoa anio fa hiaraka amiko any amin'ny Paradisa ianao." (Lioka 23:43) Afaka nanantena àry io lehilahy io fa hiaina ao amin'ny Paradisa, izay toy ny zaridaina kanto. Hiaina ao amin'io Paradisa io koa ny olon-kafa toy ny ondry, izay hahazo ny "fiainana mandrakizay."

Mifanaraka amin'izay nolazain'ny apostoly Jaona izany. Hoy izy momba ny fiainana eto antany amin'ny hoavy: "Eo amin'ny olombelona ny tranolain'Andriamanitra, ary izy hiara-mitoetra amin'izy ireo, ary ireo ho olony, ka Andriamanitra mihitsy no ho eo aminy. Ary hofafany ny ranomaso rehetra amin'ny mason'izy ireo, ka tsy hisy fahafatesana intsony, sady tsy hisy intsony ny alahelo na ny fitarainana na ny fanaintainana, fa efa lasa ny zavatra taloha."—Apokalypsy 21:3, 4.

Tsy maintsy hatsangana amin'ny maty ilay jiolahy mba hahafahany hiaina ao amin'ny Paradisa. Tsy izy irery anefa no hatsangana amin'ny maty. Hoy mantsy i Jesosy: "Ho avy ny fotoana handrenesan'izay rehetra any am-pasana ny feony, dia hivoaka izy ireo. Koa izay nanao ny tsara dia hatsangana ho amin'ny fiainana, fa izay zatra nanao ratsy kosa hatsangana ho amin'ny fanamelohana."—Jaona 5:28, 29.

Ary ireo apostoly tsy mivadika sy ireo olona vitsivitsy hiaraka amin'i Jesosy any an-danitra? Hoy ny Baiboly: "Ho mpisoron'Andriamanitra sy Kristy ireo, ka hiara-manjaka aminy mandritra ny arivo taona." (Apokalypsy 20:6) Lehilahy sy vehivavy avy eto an-tany ireo hiara-manjaka amin'i Kristy ireo. Azo antoka àry fa hahay hangoraka sy ho tsara fanahy izy ireo rehefa hanjaka amin'ny olona eto an-tany.—Apokalypsy 5:10.

Hanampy ny olombelona handray soa amin' ny sorom-panavotana i Jesosy ka hanafaka azy ireo amin'ny ota nolovana. Hanampy ny olona tsy mivadika mba ho lasa lavorary izy sy ireo mpiara-manjaka aminy. Hankafy ny fiainana ny olombelona satria ho tanteraka ilay fikasan'Andriamanitra tany am-boalohany, tamin' izy nandidy an'i Adama sy Eva mba hiteraka sy hameno ny tany. Na ny fahafatesana vokatry ny fahotan'i Adama aza tsy hisy intsony.

Ho vitan'i Jesosy àry izay rehetra nasain'i Jehovah nataony. Hanolotra ny Fanjakana amin'ny Rainy izy amin'ny faran'ny arivo taona ary homeny azy ny fianakavian'olombelona lavorary. Manetry tena tokoa i Jesosy. Hoy ny apostoly Paoly momba izany: "Rehefa nasaina nanaiky ny Zanaka ny zava-drehetra, dia ny Zanaka mihitsy koa no hanaiky an'Ilay nahatonga ny zava-drehetra hanaiky azy, mba ho Andriamanitra no zava-drehetra ho an'ny rehetra."—1 Korintianina 15:28.

Manana anjara lehibe amin'ny fanatanterahana ny fikasan'Andriamanitra tokoa i Jesosy. Ho tanteraka tsikelikely ireny fikasany faran'izay tsara ireny, mandritra ny mandrakizay. Ho hita àry fa tena marina ny tenin'i Jesosy hoe: "Izaho no lalana sy fahamarinana ary fiainana."—Jaona 14:6.

---

◇ Inona no miandry ny Devoly, izay fahavalo lehibe indrindran'ny olombelona?

◇ Iza no ho afaka hiaina mandrakizay, ary hanao ahoana ny fiainana amin'izay?

◇ Inona no ho vitan'i Jesosy amin'ny faran'ny arivo taona, ary inona no hataony aorian'izay?

# TE HANAHAKA AN’I JESOSY VE IANAO? MIEZAHA ÀRY...

## HAHAY HANGORAKA

Lavorary i Jesosy ka mbola tsy niainany ny zavatra maro mahakivy sy mampiady saina ny olombelona. Tena nangoraka ny olona anefa izy. Nikely aina nanampy azy ireo izy, ka nanao mihoatra noho izay nilain’izy ireo mihitsy. Nandrisika azy hanampy ny hafa ny fangorahany. Saintsaino ny ohatra navelany, ao amin’ny Toko 32, 37, 57, 99.

## HO MORA HATONINA

Tsy niseho ho ambony i Jesosy na nihatakataka tamin’ny hafa. Tsy nisalasala nanatona azy àry ny olona maro, na tanora na antitra. Tsapan’izy ireo fa tena niahy azy i Jesosy, ka nahazo aina tsara izy ireo niaraka taminy. Diniho izany ao amin’ny Toko 25, 27, 95.

## HO TIA MIVAVAKA

Nivavaka matetika tamin’ny Rainy i Jesosy ary nafana fo rehefa nivavaka. Nanao izany izy, na nitokana na rehefa niaraka tamin’ny mpanompon’i Jehovah hafa. Nivavaka imbetsaka izy fa tsy rehefa nisakafo ihany. Nivavaka izy mba hisaorana ny Rainy sy hiderana azy ary mba hangatahana ny tari-dalany rehefa handray fanapahan-kevitra lehibe. Diniho ny ohatra navelany, ao amin’ny Toko 24, 34, 91, 122, 123.

## TSY HO TIA TENA

Mbola nikely aina nanampy ny hafa i Jesosy, na dia rehefa afaka niala sasatra sy niala voly aza. Tsy tia tena izy. Modely azontsika arahina akaiky koa izy amin’izany. Ianaro ny fomba nampisehoany an’izany, ao amin’ny Toko 19, 41, 52.

## HAMELA HELOKA

Namela ny heloky ny mpianany sy ny olon-kafa i Jesosy fa tsy nampianatra fotsiny hoe ilaina ny mamela heloka. Saintsaino ny ohatra navelany, ao amin’ny Toko 26, 40, 64, 85, 131.

## HO BE ZOTOM-PO

Efa voalaza mialoha fa tsy hanaiky ny Mesia ny ankamaroan’ny Jiosy, ary hovonoin’ny fahavalony ho faty izy. Azon’i Jesosy natao àry ny nitsitsy tena rehefa nanampy ny hafa. Nazoto nampirisika ny olona hanaraka ny fivavahana marina anefa izy. Modely ho an’ireo rehetra manara-dia azy izy, rehefa sendra olona tsy miraika na manohitra izy ireo. Jereo ny Toko 16, 72, 103.

## HANETRY TENA

Ambony noho ny olombelona tsy lavorary i Jesosy, amin’ny lafiny maro. Mahalala zavatra sy hendry kokoa, ohatra, izy. Lavorary izy ka nahavita zavatra kokoa sy nahira-tsaina kokoa noho ny olon-kafa. Nanetry tena sy nanompo ny hafa anefa izy. Misy lesona momba izany ao amin’ny Toko 10, 62, 66, 94, 116.

## HANAM-PAHARETANA

Nanam-paharetana tamin’ny apostoly sy ny olon-kafa foana i Jesosy, rehefa tsy nahavita nanahaka azy izy ireo na tsy nanaraka ny teniny. Tsy sasatra izy namerimberina nampianatra azy ireo an’izay nilaina mba hifandraisana akaiky kokoa amin’i Jehovah. Saintsaino ny ohatra navelany, ao amin’ny Toko 74, 98, 118, 135.



## FANONDROANA ANDININ-TENY

Manondro ny toko ato amin'ny boky ny tarehimarika aorian'ny andinin-teny.


### MATIO

1:18-25 4
2:1-12 7
2:13-23 8
3:1-12 11
3:13-17 12
4:1-11 13
4:12 18
4:13-22 22
4:23-25 24
5:1–7:29 35
8:1-4 25
8:5-13 36
8:14-17 23
8:18 44
8:19-22 65
8:23-27 44
8:28-34 45
9:1-8 26
9:9-13 27
9:14-17 28
9:18-22 46
9:18, 23-26 47
9:27-34 48
9:35–10:15 49
10:16–11:1 50
11:2-15 38
11:16-30 39
12:1-8 31
12:9-14 32
12:15-21 33
12:22-32 41
12:33-50 42
13:1-53 43
13:54-58 48
13:55, 56 9
14:1-12 51
14:13-21 52
14:22-36 53
15:1-20 56
15:21-31 57
15:32–16:12 58
16:13-27 59
16:28–17:13 60
17:14-20 61
17:22–18:5 62
18:6-20 63
18:21-35 64
19:1-15 95
19:16-30 96
20:1-16 97
20:17-28 98
20:29-34 99
21:1-11 102
21:12, 13 103
21:14-17 102
21:18, 19 103
21:19-27 105
21:28-46 106
22:1-14 107
22:15-40 108
22:41–23:24 109
23:25–24:2 110
24:3-51 111
25:1-13 112
25:14-30 113
25:31-46 114
26:1-5 115
26:6-13 101
26:14-19 115
26:20 116
26:21-29 117
26:30 123
26:31-35 118
26:36-46 123
26:47-56 124
26:57-68 125
26:69-75 126
27:1-11 127
27:12-14 128
27:15-17 129
27:18, 19 128
27:20-30 129
27:31, 32 130
27:33-44 131
27:45-56 132
27:57–28:2 133
28:3-15 134
28:16-20 137

### MARKA

1:1-8 11
1:9-11 12
1:12, 13 13
1:14, 15 20
1:16-20 22
1:21-34 23
1:35-39 24
1:40-45 25
2:1-12 26
2:13-17 27
2:18-22 28
2:23-28 31
3:1-6 32
3:7-12 33
3:13-19 34
3:19-30 41
3:31-35 42
4:1-34 43
4:35-41 44
5:1-20 45
5:21-34 46
5:22-24 47
5:35-43 47
6:1-6 48
6:3 9
6:6-11 49
6:12, 13 50
6:14-29 51
6:17-20 18
6:30-44 52
6:45-56 53
7:1-23 56
7:24-37 57
8:1-21 58
8:22-38 59
9:1-13 60
9:14-29 61
9:30-37 62
9:38-50 63
10:1-16 95
10:17-31 96
10:32-45 98
10:46-52 99
11:1-11 102
11:12-18 103
11:19-33 105
12:1-12 106
12:13-34 108
12:35-40 109
12:41–13:2 110
13:3-37 111
14:1, 2 115
14:3-9 101
14:10-16 115
14:17 116
14:18-25 117
14:26 123
14:27-31 118
14:32-42 123
14:43-52 124
14:53-65 125
14:66-72 126
15:1 127
15:2-5 128
15:6-19 129
15:20, 21 130
15:22-32 131
15:33-41 132
15:42–16:4 133
16:5-8 134

### LIOKA

1:5-33 1
1:34-56 2
1:56 4
1:57-79 3
2:1-20 5
2:21-39 6
2:40-52 10
3:1-18 11
3:19, 20 18
3:21, 22 12
4:1-13 13
4:14, 15 20
4:16-31 21
4:31-41 23
4:42, 43 24
5:1-11 22
5:12-16 25
5:17-26 26
5:27-32 27
5:33-39 28
6:1-5 31
6:6-11 32
6:12-16 34
6:17-49 35
7:1-10 36
7:11-17 37
7:18-30 38
7:31-35 39
7:36-50 40
8:1-3 41
8:4-18 43
8:19-21 42
8:22-25 44
8:26-39 45
8:40-48 46
8:40-42 47
8:49-56 47
9:1-5 49
9:6 50
9:7-9 51
9:10-17 52
9:18-26 59
9:27-36 60
9:37-43 61
9:43-48 62
9:49, 50 63
9:51-62 65
10:1-24 72
10:25-37 73
10:38–11:13 74
11:14-36 75
11:37-54 76
12:1-34 77
12:35-59 78
13:1-21 79
13:22–14:6 82
14:7-24 83
14:25-35 84
15:1-10 85
15:11-32 86
16:1-13 87
16:14-31 88
17:1-10 89
17:11-19 92
17:20-37 93
18:1-14 94
18:15-17 95
18:18-30 96
18:31-34 98
18:35–19:10 99
19:11-28 100
19:29-44 102
19:45-48 103
20:1-8 105
20:9-19 106
20:20-40 108
20:41-47 109
21:1-6 110
21:7-38 111
22:1-13 115
22:14-18 116

22:19-23 117
22:24-38 118
22:39-46 123
22:47-53 124
22:54 125
22:54-62 126
22:63-65 125
22:66–23:3 127
23:4-16 128
23:18-25 129
23:24-31 130
23:32-43 131
23:44-49 132
23:50–24:3 133
24:4-12 134
24:13-49 135
24:50-52 137

**JAONA**

1:6-8, 15-28 11
1:29-51 14
1:32-34 12
2:1-12 15
2:12-22 16
2:23–3:21 17
3:22–4:3 18
4:3-43 19
4:43-54 20
5:1-16 29
5:17-47 30
6:1-13 52
6:14-25 53
6:25-48 54
6:48-71 55
7:1 56
7:2-10 65
7:11-32 66
7:32-52 67
8:12-36 68
8:37-59 69
9:1-18 70
9:19-41 71
10:1-21 80
10:22-42 81
11:1-16 89
11:17-37 90
11:38-54 91
11:55–12:11 101
12:12-19 102
12:20-27 103
12:28-50 104
13:1-17 116
13:18-30 117
13:31-38 118
14:1-31 119
15:1-27 120
16:1-33 121
17:1-26 122
18:1 123
18:2-12 124
18:13, 14 125
18:15-18 126
18:19-24 125
18:25-27 126
18:28-35 127
18:36-38 128
18:39–19:5 129
19:6-17 130
19:17-24 131
19:25-30 132
19:31–20:1 133
20:2-18 134
20:19-29 135
21:1-25 136


## FANONDROANA FANOHARANA

Manondro ny toko ato amin'ny boky ny tarehimarika.


ankizy eny an-tsena 39
aviavy 79
denaria iray no nomena ny mpiasa 97
divay vaovao, siny hoditra tonta 28
drakma hita 85
drakma very 85
fanahy maloto miverina 42
farantsa 100
fototra trano 35
harato tarihina 43
harena nafenina tany an-tsaha 43
lalivain'ny Fariseo 58
lalivay afangaro amin'ny lafarinina 43
manampina akanjo tonta amin'ny tapa-damba vaovao 28
manasa ny mahantra hisakafo 83
mandà fanasana hisakafo 83
manorina tilikambo 84
mifidy ny toerana mihaja indrindra 83
mitana angadinomby 65
mpamafy 43
mpamafy matory 43
mpamboly namono ny zanaky ny tompon'ny tanimboaloboka 106
mpamboly namono olona 106
mpamory hetra sy Fariseo 94
mpanankarena manao trano fitehirizam-bokatra 77
mpanankarena sy Lazarosy 88
mpanarato olona 22
mpanjaka manao fanasambe amin'ny fampakaram-bady 107
mpanjaka mandinika aloha vao mandeha miady 84
mpanjaka nanafoana trosa be 64
mpanompo mendri-pitokisana 78
mpanompo mendri-pitokisana sy malina 111
mpanompo miandry ny fiverenan'ny tompony 78
mpanompo mody avy any an-tsaha 89
mpanompo tsy mamela heloka 64
mpanompo tsy marina 87
Mpiandry Tena Tsara 80
mpiasa ao an-tanimboaloboka 97
mpitondratena sy mpitsara 94
namana be fikirizana 74
ondry sy osy 114
ondry very 63
perla eo anoloan'ny kisoa 35
perla sarobidy 43
rameva miditra amin'ny vodifanjaitra 96
ray vonona hanome 35
reniakoho manangona ny zanany 110
roa lahy ananan'olona trosa 40
Samaritanina tsara fanahy 73
siran'ny tany 35
sombin-kazo eo amin'ny mason'ny rahalahy 35
talenta 113
tantavanina ny moka, atelina ny rameva 109
tena voaloboka 120
trano aorina eo ambony vatolampy 35
vary sy tsimparifary 43
vavahady tery 35
virjiny folo 112
voa latsaka amin'ny tany samihafa 43
voa maty ary avy eo mamokatra 103
voan-tsinapy, Fanjakana 43
voan-tsinapy, finoana 89
vodifanjaitra 96
vorona sy lisy 35
zanaka adala 86
zanaka roa irahina ho any an-tanimboaloboka 106
zanaka very 86


## FANONDROANA EFAJORO


Tonga "ny Andro Fidiovan'izy Ireo" 6
Dia Nahafinaritra 10
Iza Ireo Samaritanina? 19
Olona Nisy Demonia 23
Fanoharana Mifandray Amin'ny Fifadian-kanina 28
Namerimberina Izy 35
Toy ny Ra Nitete ny Hatsembohany 123
Ilay Sahan-dra 127
Kapoka Amin'ny Karavasy 129
"Fantsiho Amin'ny Hazo Fijaliana Izy!" 132

## FAMINANIANA VITSIVITSY MOMBA NY MESIA

| ZAVA-NITRANGA | FAMINANIANA | FAHATANTERAHANY | TOKO |
|---|---|---|---|
| Teraka tany Betlehema | Mika 5:2 | Lioka 2:1-6 | 5, 7, 67 |
| Nandositra tany Ejipta ary niverina | Hosea 11:1 | Matio 2:13-15, 19, 20 | 8 |
| Reny nitomany ny zanany lahy maty, rehefa nisy nitady hamono i Jesosy zaza | Jeremia 31:15 | Matio 2:17, 18 | 8 |
| Nanambara fahafahana ho an'ny babo | Isaia 61:1, 2 | Lioka 4:17-21 | 21 |
| Nipetraka tao Kapernaomy tany Galilia | Isaia 9:1, 2 | Matio 4:13-17 | 22, 67 |
| Nanasitrana marary maro | Isaia 53:4 | Matio 8:16, 17 | 23 |
| Tsy nifanditra teny an-dalana | Isaia 42:1-4 | Matio 12:16-21 | 33 |
| Nilaza fanoharana rehefa nampianatra | Salamo 78:2; Isaia 6:9, 10 | Matio 13:13-15, 34, 35 | 43 |
| Nitaingina zanak'ampondra niditra an'i Jerosalema | Zakaria 9:9 | Matio 21:1-9 | 102 |
| Maro no tsy nino azy | Isaia 6:10; 53:1 | Jaona 12:37, 38 | 104 |
| Namadika azy ny namana nitokisany | Salamo 41:9 | Jaona 13:18, 21 | 117 |
| Niparitaka ny mpianany ka nandao azy | Zakaria 13:7 | Matio 26:31, 54-56 | 118, 124 |
| Nankahalaina tsy amin'antony | Salamo 35:19; 69:4 | Jaona 15:24, 25 | 120 |
| Nifampizaran'ny miaramila ny fitafiany | Salamo 22:18 | Jaona 19:23, 24 | 131 |
| Nangetaheta teo amin'ny tsato-kazo | Salamo 22:15 | Jaona 19:28 | 132 |
| Nolefonina ny vatany rehefa maty izy | Zakaria 12:10 | Jaona 19:34, 37 | 133 |
| Tsy nisy tapaka ny taolany | Salamo 34:20 | Jaona 19:36 | 133 |

Misy fanontanianao ve? Midira ao amin'ny **www.jw.org/mg.** Azonao atao koa ny mifandray amin'ny Vavolombelon'i Jehovah.